Pretra maromaro no nitodi-doha tany amin'ny Prado nandritra ireo enin-taona ireo, fa tsy nisy na iray aza tamin'izy ireo nahatakatra ny tena zava-kendreny. Mety nisy ihany angamba fa nosakanan'ny manam-pahefana tao amin'ny diosezy mba tsy hihaonana. Teo an-kilan'izany anefa dia tonga ny tanora mba hiofana sy hiara-dia[28].

Izany no nanosika an'i Mompera Chevrier hanorina sekoly fanomanana Pretra. Nila folo taona izy vao niaiky fa izy no mpitarika, folo taona vao nilefitra fa izy no mpampiofana ireo Pretra mahantra ho an'ny mahantra.

Fa raha ny amin'ny hoe : ho tonga mahantra miaraka amin'ny mahantra tokoa ny tena, dia lasa nila hevitra tamin'i Curé d'Ars izy, nandinika niaraka tamin'ny mpampikonfesy azy, ary tamin'ny mpitantana azy ara-panahy taloha, ny mpitantana ara-panahy ny Seminera zokiny.

Page 012

Pejy faha-012

… lui ont suffi pour aller, avec la permission de l'archevêché, vivre à la Cité de l'Enfant Jésus.

Au contraire, quand il s'agit de la fondation du Prado, il hésite assez longuement. Il écrit le 17 octobre 1860 : « Que fait le bon frère Pierre ! il m'inquiète toujours ce pauvre jeune homme. Je voudrais bien lui être utile, il est si généreux pour le bon Dieu ; mais il a trop de confiance en mi, il m'attend toujours, il espère toujours que j'entreprendrai quelque chose mais je n'ai pas assez de confiance en moi pour oser

Ireny fiaraha-midinika ireny no nahazoany làlana avy amin'ny Archevêché, honina ao amin'ny Tanànan'i Jesoa Zazakely.

Mifanohitra amin'izay kosa ny momba ny fanorenana ny Prado, nisalasala ela be mihitsy izy araka izao nosoratany tamin'ny 17 Oktobra 1860 izao : « Inona marina àry no ataon'ity Frera Piera sady tovolahy mahonena no mampiahiahy ahy ity ! Te hanampy azy fatratra aho noho izy mahafatra-po ho an'Andriamanitra ; kanefa miandry ahy foana izy vao manao zavatra noho ny fahatokisany ahy tafahoatra,

25 Ms X 20
26 Ms X 20
27 Lettre n°54 (51) [3] à Monsieur l'Abbé Gourdon, 7 novembre 1865, citée p. 15
28 Taratasy ho an'i Mompera Gourdon faha-54, 7 nôvembra 1865. Jereo p. 15

faire des choses que le bon Dieu n'approuverait pas peut-être. Il ne faut pas cependant que pour le sortir d'embarras je m'y mette de moi-même. J'aime peu ce qui attire de l'opposition, des contrariétés de la part de l'autorité, je ne sens pas vraiment mes épaules assez fortes pour porter un si grand poids. Les événements d'ailleurs, ont si mauvaise apparence ; ma santé n'est pas très robuste et par dessus tout, je n'ai pas assez l'esprit éclairé et ingénieux pour prendre à ma charge de pareils soucis. Ma vocation est plutôt d'être dans un petit coin inconnu, ignoré et de faire l'ouvrage qui se présente sans aller trop en avant.[29]

Après l'installation au Prado, le Père Chevrier demeure cependant dans l'anxiété et, semble-t-il, la cause profonde de cette anxiété se révèle peu à peu. Le projet d'école cléricale s'impose à lui de plus en plus. Voici quelques manifestations de son était d'esprit.

« Je sens tellement mon impuissance, mon incapacité, que je dis souvent au bon Dieu : Mon Dieu, est-ce que vous ne vous êtes pas trompé en mettant à la tête d'une grande Œuvre un pauvre être aussi chétif que moi ? Je suis si pauvre, si pécheur, si ignorant, que vraiment si le bon Dieu n'envoie pas quelqu'un pour faire son ouvrage, il ne peut que périr. Que de qualités, que de vertus il faut pour établir quelque chose, pour faire bien comme il faut l'œuvre de Dieu. Je sais bien que Dieu choisit ceux qu'il veut et les plus petits et les plus pauvres souvent pour manifester sa gloire et sa puissance et que tout le monde puisse bien dire : c'est bien Dieu qui a fait tout cela ; mais il faut aussi que ce pauvre être corresponde bien à la grâce ; il faut qu'il soit un homme de prière et de sacrifice et je sens que je résiste toujours à la sainte volonté de Dieu, que je retarde son Œuvre. Il me faudrait quelqu'un là, constamment à côté de moi qui me pousse et me rappelle ce que je dois faire. Que je suis malheureux ! que je suis à plaindre ! Si je ne fais pas ce que le bon Dieu veut, quelle responsabilité, quel jugement, quelle condamnation pour moi ! Pendant bien des années je disais au bon Dieu : Mon Dieu, si vous avez besoin d'un pauvre, me voilà, si vous avez besoin d'un fou, me voilà, et je sentais que j'avais la grâce pour faire tout ce que le bon Dieu aurait demandé de moi, et maintenant qu'il faudrait agir, je suis paresseux, je suis lâche. Oh ! s'il n'y a pas des âmes qui prient pour moi, qui me poussent, je suis perdu. Si le bon Dieu m'envoyait un bon confrère, qui comprit bien l'œuvre de Dieu, alors je me sentirais plus de courage, plus de force, mais seul,…

manantena izy fa hahavita zava-dehibe aho, izaho anefa tsy matoky tena hahavita zavatra mety tsy ho araka ny sitrapon' Andriamanitra. Tsy mety anefa raha izaho mihitsy no manala azy amin'io toetra io. Sao dia mampisy olana sy fanoherana avy any amin'ny mpitondra ka tsy tiako loatra. Reko fa tsy ho zakan'ny soroko ny hilanja izany enta-mavesatra izany. Ny zava-mitranga etsy an-daniny miharatrsy hatrany ; ny fahasalamako miha-ratsy, ary ambonin'izany rehetra izany, izaho olona donto, tsy mahay mamoron-javatra ka ho afa-mizaka asaloha be toy io. Ny antso niantefa tamiko dia ny hiaina mangina tsy fantatr'olona any amin'ny toerana miafina, ary miasa mangina ao »[30].

Niaina tao anatin'ny tebiteby i Mompera Chevrier taorian'ny fifindrany tao amin'ny Prado, niseho tsikelikely teny, hono, ny antony lalina nahatonga io tebiteby io. Nanjary zavatra ilainy maika ny fanatanterahana ilay tetik'asa momba ny sekoly fanabeazana solofo. Ireto manaraka ireto ny fisehon'izany toe-tsainy izany.

« Mahatsapa ny fahosako sy ny tsy fahaizako aho, ka miteny matetika amin' Andriamanitra hoe : Tsy diso fifidy ve Ianao Andriamanitro tamin'ny nametrahanao ahy, olona saozanina, hiloloha andraikitra be toy izao ? Mahantra aho, mpanota, badolahy, koa raha tsy handefasanao olona hanatanteraka an'io asa io, dia ho faty momoka any izy. Mila talenta sy hatsaram-panahy lalina sady betsaka vao afa-mametra-javatra na manatanteraka ny Asan'Andriamanitra. Fantatro tsara fa afa-manendry izay olon-tiany Andriamanitra, ary matetika dia ireo madinika indrindra, ireny mahantra indrindra ireny no fidiny mba hampisongadina ny Voninahiny sy ny Fahefany ka hahafahan'ny olona midera Azy hoe : tena Asan'Andriamanitra tokoa io ; kanefa tsy maintsy mitondra ny anjara birikiny koa ilay badolahy iry mba hiasan'ny fahasoavana ao aminy ; tsy maintsy olona tia vavaka izy, olona mahafoy tena, tsapako anefa fa manohitra mandrakariva izany sitrapon'Andriamanitra izany aho, ka mampitarazoka ny Asany. Ilaiko hisy olona foana eo anilako eo hampahatsiaro sy handrisika amin'izay tsy maintsy ataoko. Mampalahelo sy mahonena aho ô ! Raha tsy ataoko àry ny tian'Andriamanitra ho tanterahiko, andraikitra, fitsarana, fanamelohana toa inona re no mendrika ahy e ! Taona maro no nilazako tamin'Andriamanitra hoe : raha olo-mahantra no tadiavinao, dia inty aho, ry Andriamanitro, raha mitady olona adala ianao, dia eto aho, dia tsapako tamin'izay fa nomen'Andriamanitra ahy avokoa ny fahasoavan-drehetra hanaovana izay mety hangatahiny ; amin'izao fotoana tsy maintsy iasana izao anefa aho kamolahy, kanosalahy : Eny e ! Raha tsy misy olona mivavaka ho ahy, mitan-tsoroka ahy dia ho very aho. Raha izao manko aho no mba

29 Lettre n° 268 (253) [3] A Mesdemoiselles Mercier et Bonnard
30 Taratasy faha-268 ho an'i Tompokovavy Mercier sy Bonnard

Page 013

…toujours seul, je sens que je n'ai pas la force ou il faudrait une grâce extraordinaire que je n'ai pas encore méritée car les grâces de Dieu, il faut les acheter et pour acheter les grâces de Dieu on ne saurait trop faire, surtout quand elles doivent contribuer au salut des âmes et (à) la gloire de l'Eglise.

« Pardon, chère enfant, si je vous parle si ouvertement et que je vous dévoile un peu la tristesse de mon âme, mais c'est afin que je puisse trouver en vous une âme qui prie et qui m'aide à accomplir la sainte volonté de Dieu, car si Dieu a fait le Prado, ce n'est pas certainement pour me donner une propriété de cent mille francs, qu'ai-je à en faire ? j'ai tout donné à Dieu et je ne lui ai demandé que la Sainte Pauvreté pour héritage, il y a donc quelque autre chose. Eh bien ! aidez-moi à faire ce que le bon Dieu demande, surtout cette œuvre de Prêtres pauvres pour les paroisses. Le prêtre, oh ! il n'y a que le prêtre qui puisse faire quelque chose. Le Prêtre, c'est tout… C'est Jésus-Christ sur la terre. Il faut que je sois un autre Jésus-Christ sur la terre afin que ceux qui viendront ici puissent être aussi eux-mêmes d'autres Jésus-Christ vivant, il n'y a que cela qui peut convertir les âmes.[31] »

Les témoins ont rapporté, chacun à sa manière, ce qu'ils ont perçu de cette affaire. Camille de Marguerye, impulsive, portée à prendre ses imaginations pour des réalités, affirme sans nuance :

« Il me disait un jour que l'œuvre de la Première communion n'avait pas été son but principal mais un moyen de préparer et de couvrir l'œuvre principale qu'il avait en vue et qui était la formation des clercs. Cette œuvre aurait rencontré trop d'obstacles s'il l'avait annoncée tout d'abord. »[33]

handefasan'Andriamanitra rahalahy mahazo tsara ny vontoatin' ny Asany dia hanana herim-po sy herim-batana bebe kokoa aho, fa raha...

Pejy faha-013

… izaho irery ihany, dia mahatsiaro tena ho osa dia osa, ka raha tsy misy fahasoavana manokana, dia tsy hanan-kery aho ; kanefa tsy mendrika akory izany fahasoavana tsy maintsy efaina izany, vidina tokoa anie ny fahasoavan'Andriamanitra, tsy hita anefa izay hatao hividianana azy, indrindra amin'ny maha fandraisana anjara amin'ny famonjena fanahy sy ho voninahitry ny Fiangonana azy !

« Azafady ry zanako malala raha mivantana be ny firesahako aminao ary ambarako aminao ny alahelo ato anatiko noho ny faniriako ny hahatonga anao ho olona tia vavaka afa-manampy ahy hanatontosa ny sitrak'Andriamanitra, satria matoa nataon'Andriamanitra ny Prado, dia tsy noho izy te-hanome ahy tany be mitentina iray hetsy farantsa akory, ataoko inona moa ? Efa nomeko azy avokoa izay ahy rehetra ary ny Fahantrana Masina no takalony nangatahiko taminy ho lova, fa tena misy antony hafa ao. Ampio àry aho hanao izay hangatahiny amiko, indrindra fa ity Asan'ny Pretra Mahantra ho an'ny Paroasy ity. Oh ! Ny Pretra, ny Pretra ihany no mahavita zavatra. Ny Pretra irery ihany… I Jesoa Kristy eto an-tany. Tsy maintsy tonga Jesoa Kristy hafa koa aho eto an-tany mba hahatonga an'ireo izay manatona eto ho Jesoa Kristy velona, izany irery ihany no hampibebaka ny fanahy[32].

Samy nitatitra izay fahazoany izany raharaha izany avokoa ny vavolombelona rehetra. I Camille de Marguerye, taitaitra, naka ny nofinofiny ho tena zavatra, dia nilaza an-kitsirano hoe :

« Nambarany tamiko, indray andro, fa ny fanomanana ny Komonio Voalohany dia fanarontsaronana ny tena vontoatin-draharaha fotsiny ihany, fa ny tena izy dia ny Fanofanana Pretra. Ho voasakantsakana loatra anefa izy io raha hambara tsotra be izao »[34].

---

31 Lettre n° 295 (277) [5] à Madame Franchet [1865]. Il me semble que pour bien saisir le sens de cette lettre, il faudrait en reprendre la lecture après s'être familiarisé avec la vie et la pensée du Père Chevrier.

32 Lettre n° 295 (277) [5] ho an'i Tompokovavy Franchet [1865]. Heveriko fa mba hahazoana tsara ny ventin'io taratasy io, dia tsara aloha ny mahafantatra manontolo ny tantaram-piainan'i Mompera Chevrier ary mamaky manontolo io taratasy io avy eo.

33 Camille de Marguerye, PB I, 73 r-v. Cette pénitente du Père Chevrier l'a certainement beaucoup aidé, notamment au point de vue financier, mais elle était plutôt envahissante, aussi le Père la maintenait à distance de son œuvre.

Le confesseur du Père Chevrier, le Père Bruno, capucin, fait prudemment une déclaration en sens opposé :

« Je ne crois pas que le Père Chevrier ait eu d'abord l'idée de fonder une école pour les clercs ni une congrégation de prêtres. Son esprit de foi attendait de la Providence qu'elle lui indiquât et lui fournit les moyens de pourvoir aux besoins de son œuvre ; c'est peu à peu, sous une inspiration surnaturelle que cette idée germa en lui. L'existence que la Providence lui donnait relativement aux besoins matériels lui donnait la confiance qu'il ne serait pas abandonné pour les besoins spirituels. L'œuvre n'a pas reçu l'approbation canonique de Rome, mais il ne fit jamais rien sans l'assentiment et l'approbation de l'Ordinaire[35] »

Ne faut-il pas préférer le témoignage de Sœur Marie qui a vécu toute l'histoire du Prado, depuis le temps où elle était entrée à la Cité de l'Enfant Jésus en 1857 ?

I Mompera Bruno, capucin, mpampikonfesy an'i Mompera Chevrier dia nanambara tamim-pahamalinana ny mifanohitra amin'izany :

« Tsy mino aho fa nanana hevitra hanorina seminera na fikambanana Pretra aloha i Mompera Chevrier. Ny ventim-pinoany dia ny miandry izay sitrak'Andriamanitra ho tanterahiny, ary manome azy ny ilaina rehetra eo am-panatanterahana azy ; nitsiry tsikelikely tao aminy noho ny fanilovana avy any Ambony io hevitra io. Ny fanomezana nomen' Andriamanitra azy tamin'ny alalan'ny zavatra ilaina ety ivelany dia fitaovana nanamafy ny fitokisany fa tsy hilaozan'Andriamanitra izy amin'ny ara-panahy. Tsy nahazo ny fankatoavana ara-dalàna avy any Roma ilay Asa nataony, kanefa tsy nety nanao ninoninona izy raha tsy nahazo alalana avy amin'ny Evekany aloha[36].

Tsaratsara kokoa noho izay angamba ity fanambaran'i Masera Marie izay niaina tanteraka ny tantara, hatramin'ny nahatongavany tao amin'ny Tanànan'i Jesoa Zazakely tamin'ny 1857.

Page 014

« La pensée première du Père Chevrier fut toujours la formation des prêtes, seulement l'exécution ne vint qu'après… Comme je l'ai déjà dit, la création d'une école pour la formation des prêtres était la pensée première du Père Chevrier, mais il n'a pu la réaliser qu'à partir de 1865. Ma part dans cette fondation était de m'occuper de faire les paniers de provision de ces petits enfants qu'on envoyait à alors à la manécanterie de Saint-Bonaventure et qui y dînaient avec les aliments qu'ils y avaient portés. Ils étaient alors seulement trois ou quatre. Ces rapports de nos enfants avec la manécanterie de Saint-Bonaventure furent cause que le Père Jacquier se retira plus tard au Prado[37]

Françoise Chapuis, avec une simplicité pittoresque, confirme bien ce que dit Sœur Marie :

« Le Père Chevrier m'a souvent parlé de l'école cléricale, bien longtemps avant de la fonder. Il y songeait déjà, même avant d'avoir pris ses premiers auxiliaires et il a

Pejy faha-014

« Ny fanofanana Pretra no tena voalohan'eritreritr'i Mompera Chevrier fa ny fanatanterahana azy no avy taty aoriana. Araka ny efa nambarako ny fanorenana sekoly hanofanana Pretra no voalohan-kevitr'i Mompera Chevrier fa tsy afa-nanatanteraka izany izy raha tsy tao aorian'ny 1865. Ny anjara asako tamin'izany dia ny fikarakarana ny sakafon'ireo ankizy nalefa nianatra tany amin'ny sekoly Md. Bonaventure ka ny sakafo antoandron'izy ireo dia izay nomaniko ka nentiny tany. Telo na efatra teo izy ireo. Ny fifandraisana tamin'ireo ankizy ireo tao amin'ny Sekoly Md. Bonaventure no nahatonga an'i Mompera Jacquier hifindra tao amin'ny Prado taty aoriana »[38]

Manamafy amim-pahatsorana mahavariana an'io voalazan'i Masera Marie io i Françoise Chapuis :

« Matetika no niresahan'i Mompera Chevrier tamiko an'io Sekoly fanofanana Pretra io, taloha ela be tamin'ny nanorenana azy. Efa ninofinofisiny talohan'ny

34 Camille de Marguereye, PB I, 73 r.v. Azo inoana fa ity olona nampibebahan'i Mompera Chevrier ity dia nanampy azy be kokoa, indrindra ara-bola, fa saingy mitselontselona loatra ka somary napetrapetrany lavidavitry ny tena asany.
35 Père Bruno, PB I, 24 r.
36 Mompera Bruno PB I, 24 r.
37 Sœur Marie, PB I, 218 r-v
38 Masera Marie, PB I, 218, r-v

beaucoup prié à cette intention. Il me dit un jour alors :

- Françoise, j'ai envie de faire une pépinière de prêtres. J'ai envie d'avoir des prêtres qui soient élevés avec mes enfants, pour qu'ils les comprennent bien.

- Mais, mon Père, comment ferez-vous pour les nourrir ? vous avez déjà beaucoup à faire avec les souscriptions[39]

- C'est vrai, ces souscriptions ne rendent pas, mais j'ai une idée, une idée qui m'humiliera bien car je suis un orgueilleux. Dieu veut, je crois que je m'humilie. Mon idée, c'est d'aller quêter à la porte de l'église de la Charité. Je tendrai mon chapeau ou mon bonnet aux passants et je réciterai mon chapelet pour ceux qui mettront dedans.

- Mon Père, on ne vous mettra que des sous… il n'y aura pas de quoi faire.

- Non, me dit-il, on y mettra aussi des pièces et des papiers.

Dans nos entretiens à ce sujet, il insistait beaucoup sur la nécessité d'avoir des prêtres pieux, simples et comme je lui citais le nom de ses collaborateurs, il me répondit : « Ce n'est pas encore cela, ils ne sont pas assez simples. »[41]

S'agirait-il de la même affaire dans ce qu'a rapporté Sœur Marie-Antoinette Laffaye, cuisinière au Prado ?

« Quand le Père Chevrier eut le projet de fonder l'œuvre du Prado, il y fut beaucoup poussé par le frère Pierre. Nous le racontant plus tard, il nous disait : « j'ai fait tout ce que j'ai pu pour chasser cette idée, mais partout le bon Dieu me poursuivant, malgré tous mes efforts, j'y revenais. » Un jour, poursuivi par ses pensées, il se retira dans un bois et y demeura un jour entier et il pria : « C'est à ce moment-là, nous dit-il, que, vaincu par cette voix intérieure, il dit à Dieu :

nandraisany ny mpanampy azy voalohany sady nivavaka mafy ho an'izany izy. Hoy manko izy tamiko indray andro izay :

Te-hanamboatra taniketsa-na Pretra aho ry Françoise. Te hanana Pretra nobeazina tamin-janako aho, mba hisian'ny fifandraisana tsara amin'izy ireo.

Koa ataonao ahoana àry ny hamelona azy ireo Mompera ? Ianao ity efa sahiram-belona amin'ny fanaovana Boky volamena[40].

Marina izany, tsy mahomby ny fanaovana boky volamena, fa manana tetika hafa izay hanambany ahy aho, kanefa tian'Andriamanitra ny hanetreko tena satria miavonavona aho. Izao no hevitro : handeha hananty rakitra any am-baravaran'ny fiangonana « Charité » aho. Hatsotrako eo amin'ny mpandalo ny satroko dia hanaovako toko sapile izay rehetra mandatsa-drakitra ao anatiny.

Ilavomena fotsiny no hoazonao any Mompera, tsy misy ilàna azy !

Hoy izy namely ahy, hisy hanome vola vy sy taratasy koa !

Tamin'izany resakay izany, dia nantitranterina mihitsy ny ilàna Pretra tia vavaka, tso-piainana, ka rehefa notononiko taminy ny anaran'ireo mpiara-miasa aminy, dia hoy izy : « Tsy mbola izy ireo, satria mbola tsy manana ny tena fahatsorana »[42].

Asa na mbola izany raharaha izany koa no taterin'i Masera Marie Antoinette Laffaye, mpahandron'ny Prado, na tsia fa hoy izy :

« Rahefa nanan-kevitra ny hanorina io Asan'ny Prado io i Mompera, dia tena namporisika azy be mihitsy i Frera Piera. Notantarainy taminay izany taty aoriana ka hoy izy hoe : « Nanao izay vitako mba hialan'io hevitra io tao an-dohako, kanefa enjehin'Andriamanitra amin'io hatrany rehetra any dia mitamberina foana ilay izy na dia miezaka mafy aza aho ». Indray andro, nenjehin'io hevitra io izy ka lasa nisitrika tany ela dia nijanona tao mandra-paharivan'ny andro sady nivavaka : « Tamin'io fotoana io, hoy izy taminay, rehefa resin'io feo ao am-po tsy miloaka io aho, dia nivavaka nanao hoe :

39 Le Père Chevrier avait vu comment opérait Camille Rambaud à la Cité de l'Enfant Jésus. Dans les débuts du Prado, il a cherché, semble-t-il, à se procurer des ressources un peu régulières auprès de bienfaiteurs, par un système de souscriptions.

40 Nahita ny fomba nampiasan'i Camille Rambaud tao amin'ny tanànan'i Jesoa Zazakely i Mompera Chevrier. Tany am-piandohan'ny Prado, hono, dia nitady fanampiana maharitra tamin'ny mpanao soa izy, ka nampiasa ny fomba atao hoe : boky volamena hanoratan'ny mpanome ny anarany.

41 Françoise Chapuis, PB I, 105 v. Celle-ci était une pénitente du Père Chevrier. C'était une âme généreuse, un peu naïve, mais dont le Père appréciait la simplicité évangélique.

42 Françoise Chapuis, PB I, 105 v. olona nampibebahan'i Mompera Chevrier koa izy ity. Tsotra araka ny Evanjely sady nahafoy tena ka tian'i Mompera na dia somary mpiasabe aza.

Si vous avez besoin d'un pauvre, me voilà, si vous avez besoin d'un fou, me voilà. » Depuis ce jour, il ne lutta plus et continua résolument ce que Dieu voulait de lui, son œuvre qui commençait à peine et qui rencontrait tant de contradictions. Lui-même nous dit cela plusieurs fois. « A ce moment, nous dit-il, je vis toutes les peines que j'airais à souffrir.[43]

Sœur Antoinette semble avoir été une sorte de commère plutôt bavarde et curieuse ; aussi ne sommes-nous pas très sûrs de son objectivité. Quoi qu'il en soit, il paraît vraisemblable que la décision ait fini par prendre corps assez brusquement à la suite d'une longue et douloureuse période d'incertitude. Cela serait tout à fait conforme à ce que nous dirons du caractère du Père Chevrier.

En tous cas, à partir de 1866, si le Père est toujours vivement persuadé de la disproportion entre sa personne et l'œuvre à faire, il ne remet jamais en cause la décision prise. Cette fois, pour être sûr de la volonté de Dieu, il a été plus exigeant que dix ans auparavant. Il a voulu des signes particuliers. Il s'en explique dans une lettre du 7 novembre 1865 adressée à l'abbé Gourdon. Celui-ci avait exprimé le désir de rejoindre le Père Chevrier, ce qui ne pourra d'ailleurs se réaliser.

« Que la volonté de Dieu s'accomplisse en toutes choses, en nous comme dans tous les hommes de la terre. Si le bon Dieu le permet, venez, je serai heureux de pouvoir contribuer à une œuvre que je chéris et que je désire depuis bien des années.

La Providence semble faciliter cette réunion et même le demander. J'ai au Prado, un endroit pour loger ceux qui voudraient travailler à l'œuvre, et ce sera avec d'autant plus de plaisir que j'ai quatre élèves que je suis obligé d'envoyer à l'école cléricale de Lyon, n'ayant pas de professeur ici, et combien je serai heureux de les avoir continuellement à la maison pour leur donner cet esprit de simplicité et de pauvreté qui doit être notre but principal.

Si vous avez des élèves, vous pouvez les amener, je puis vous offrir un logement pour

« Raha mila mahantra ianao, inty aho, raha mila adala Ianao, inty aho ». Hatramin'io fotoana io izy dia tsy niady saina intsony fa notohiziny daholo izay nangatahin' Andriamanitra taminy, ny Asa izay vao nanomboka, nefa voasembatsembana aok'izany. Izy mihitsy no nitantara taminay izany im-betsaka. « Amin'izao aho, hoy izy, hitako ny fijaliana rehetra tsy maintsy iaretako »[44].

Toa olona tia resaka sy mpitatibolana ary tia jerijery ity Masera Antoinette ity ka mampisalasala ihany ny fahamarinan'ny voalazany. Na dia izany aza anefa, dia toa marina ihany ny fangalana fanapahan-kevitra tampoka taorian'ny fe-potoana lava feno tebiteby sy fisalasalana. Mifanaraka tsara amin'ny toetran'i Mompera Chevrier holazaintsika aoriana ao izany.

Na manao ahoana na manao ahoana anefa, nanomboka tamin'ny 1866, raha nahatsapa mandrakariva ny elanelana lalina nisy teo amin'ny tenany sy ny Asa ho tanterahina i Mompera Chevrier, dia tsy niverenany mihitsy ny fanapahan-kevitra noraisiny. Tamin'ity indray mitoraka ity, dia somary sarotiny kely izy, mba hahafantarany tsara izay tena sitrapon'Andriamanitra. Nitady famantarana manokana izy. Manazava izany izy ao amin'ny taratasiny ho an'i Mompera Gourdon, tamin'ny 7 Novambra 1865. Naneho ny faniriana hiara-dia amin'i Mompera Chevrier manko io rangahy io, ka toy izao ny nosoratn'i mompera taminy :

« Amin'ny zavatra rehetra, dia aoka ny Sitrapon'Andriamanitra no ho tanteraka, eo amintsika sy eo amin'ny olona rehetra eto an-tany. Raha eken'Andriamanitra dia avia, ho sambatra aho raha afa-miombona anjara amin'ny Asa nolalaiko sy niriko tanatin'ny taona maro. »

Toa nohamoraina sy nangatahin'Andriamanitra izao fihaonana izao. Manana toerana hampiantranoana ireo te-hiasa amin'io Saha io aho ao amin'ny Prado, sady fahafinaretana koa satria misy ankizy efatra voatery halefa any Lyon noho ny tsy fananana mpianatra ato ; akory koa ny hafaliako, hanana azy ireo mandrakariva eto an-trano mba hanabeazana azy ireo amin'ny fahatsorana sy ny fahantrana izay zava-kendrentsika voalohany indrindra.

Azonao entina manaraka anao ny mpianatrao raha misy, fa azoko omena efitrano ho

43 Soeur Antoinette Laffaye, PB 3, 660 v.
44 Masera Antoinette Laffaye. PB 3, 660 v.

8 ou 10 élèves.

Ce qui me le fait désirer, c'est que Monsieur Magand vient de m'écrire quelques heures avant la réception de la vôtre, qu'il ne pouvait continuer cette œuvre des étudiants pauvres, parce que ses ressources ne le lui permettaient pas, qu'il n'en avait que 4 et que ces 4 lui payaient pension. Il ne me semble pas que Notre Seigneur veuille laisser périr une œuvre si agréable qu'il avait commencée. Il veut peut-être que de pauvres prêtres la fassent. Pour moi, je me sens tout disposé à la poursuivre avec l'aide d'un bon confrère. Nous avons ici le commencement ; les élèves et le local, et les ressources de la Providence déjà assez visibles pour ne pas nous faire douter. Ainsi donc, confiance, la bénédiction de Sa Sainteté qui nous a béni et vous aussi, puisqu'il l'a donnée à tous les prêtres qui accepteraient la sainte pauvreté de Jésus-Christ. Venez, je serai bien heureux de vous recevoir, obtenez la permission de Son Eminence et nous commencerons. Quand aux personnes que vous avez formées à la pauvreté,…

an'ny mpianatra valo na folo ianao.

Ny antony aniriako ny fahatongavanao dia satria ora vitsivitsy talohan'ny nandraisako ny taratasinao, nahazo taratasy avy any amin'i Monsenera Magand aho. Nilaza izy fa tsy ho afa-manohy io asa fanasoavana ny mpianatra mahantra io noho ny tsy fahampianan'ny vola eo am-pelatanany, ary efatra monja izy ireo ka tsy maintsy mandoa saram-pianarana. « Tsy noheveriko mihitsy ny hamelan'Andriamanitra ho faty izao asa mahafinaritra natombony izao. Tiany angamba ny hanaovan'ny Pretra mahantra izany asa izany. Ho ahy manokana dia tena vonona dia vonona ny hanohy azy miaraka amin-drahalahy mahafatrapo. Anananay ato daholo ny fitaovana fanombohana : ny mpianatra sy ny trano, ary vola enti-manana dia eo ny Fitiavan'Andriamanitra mitsimbina ary hita maso sy azo tsapain-tànana izany mba hanalana ny fisalasalana. Koa matokia àry e, ny tsodranon'ny Ray Masina nomeny ny Pretra rehetra manaiky hanaraka ny fahantran'i Jesoa Kristy dia nomeny anao koa. Tongava fa ho sambatra aho mandray anao, ataovy izay hahazoana alalana avy amin'ny Kardinaly dia

… continuez à les diriger dans cette voie de Notre Seigneur et plus tard elles nous serons très utiles quand il nous sera donné quelques paroisses pauvres à desservir, si le bon Dieu veut.

hanomboka isika. Fa ho an'ireo olona nofaninao amin'ny Fahantrana kosa tohizo ny fitarihana azy ireo amin'izay lalan'ny Tompontsika izay, ilaintsika mantsy izany any aoriana any raha sitrak'Andriamanitra ny hanome Paroasy mahantra hotantanantsika.

Oh ! J'ai été bien heureux à la lecture de votre lettre, j'ai vu que je n'étais pas seul non plus. J'ai bien deux ou trois confrères qui ont les mêmes vues, mais, vous savez, il y en a vers lesquels le Saint Esprit semble nous porter davantage. Prions bien Dieu durant ces jours, demandons bien que sa sainte volonté s'accomplisse et que les obstacles s'aplanissent. Je vous promets de recommander cette affaire au Saint Sacrifice durant tous ces jours…[45] »

Finaritra be mihitsy aho namaky ny taratasinao, tsy nahatsiaro tena ho irery intsony. Marina fa misy rahalahy mpiara-miasa amiko ato, kanefa fantatrao fa misy olona anankinan'ny Fanahy Masina bebe kokoa ny fitokiantsika. Mivavaha àry isika mafy mandritra ireto andro vitsivitsy ireto, mangataha mafy amin'Andriamanitra mba ho tanteraka izay sitrapony, mba ho foana ny sampona rehetra. Mampanantena anao ny fanolorana ity raharaha ity amin'ny Sorona Masina aho mandritra ireo andro ireo[46]. »

Les signes qui ont convaincu le Père Chevrier peuvent se ramener à quatre : la bénédiction du Pape, l'autorisation de l'archevêque, la protection de la Providence sur la maison du Prado, la rencontre de prêtres orientés dans le même sens.

Azo fintinina ho efatra ireo famantarana nandresy lahatra an'i Mompera Chevrier : ny tsodranon'ny Papa, ny alalana avy amin'ny Arseveka, ny Fiarovan'Andriamanitra ny tranon'ny Prado, ny fihaonan'ireo Pretra miray amin'io Asa io.

Dès 1864, le Père a sollicité une approbation pontificale. Il a dû se contenter d'une

Nitalaho ny fankatoavan'ny Papa izy hatramin'ny 1864. Tsodrano ihany no azony

45 Lettre n°54 (51) [3] à Monsieur l'Abbé Gourdon, 7 novembre 1865. L'abbé Gourdon était alors vicaire à Millery, commune des environs de Lyon.

46 Taratasy faha-54 (51) [3] ho an'i Mompera Gourdon, 7 Novambra 1865. Vikera tao Millery, Kaominina manodidina an'i Lyon i Mompera Gourdon tamin'io.

bénédiction. Cependant, il s'agissait d'une bénédiction au vrai sens du mot. Le Pape avait dit du bien du projet et il en espérait du bien. « l'œuvre est bonne », avait-il déclaré[47].

Le Pape, par ailleurs, renvoyait l'affaire aux évêques. C'est eux qui devraient témoigner de l'opportunité et du succès de l'entreprise. Le Père Chevrier suit cette consigne en l'interprétant à sa manière[49].

Il a bien sûr demandé à son archevêque les permissions qui lui étaient nécessaires et quand l'enjeu lui semblait grave, il savait insister pour obtenir ce qu'on lui avait d'abord refusé.

C'est ainsi qu'il obtint d'organiser lui-même la dernière année de formation des séminaristes Broche, Delorme, Duret et Farissier. Entrés au Grand Séminaire de Lyon, ils étaient diacres en juin 1876. C'est à eux qu'à Rome, au printemps de 1877, le Père Chevrier consacre tout son temps et ses dernières forces en expliquant le Véritable Disciple.

Mais, pour une autre affaire, grave de conséquences, où il ne voit pas clairement la volonté de Dieu, l'opposition de l'archevêque lui est un signe suffisant. Il s'agit du projet d'organisation du Prado en congrégation religieuse. En 1875, conseillé sans doute par un évêque missionnaire, Monseigneur Dubuis, et par les Pères Capucins, le Père Chevrier avait entrepris au moins un certain nombre de consultations mais l'archevêché de Lyon ne se montre pas favorable à ce projet. Le Père pourrait, sans désobéir, faire preuve d'insistance et renouveler certaines démarches, mais il renonce à suivre l'avis de ceux qui le pousseraient à fonder une congrégation religieuse et décide de rester séculier. Enfin, au moment de mourir, il lègue à sa famille spirituelle une consigne claire et nette : « Nous regarderons Monseigneur l'Archevêque comme notre supérieur immédiat.[51]

aloha. Tena tsodrano marina tokoa, ary manana ny heviny manokana. Nanambarany hasoavan'ilay tetik'asa ny Papa ary miandry voka-tsoa be avy aminy koa. « Soa io Asanareo io » hoy izy[48].

Naverin'ny Papa any amin'ny Eveka aloha ny fangatahana. Izy ireo manko no tena mahalala ny ilàna sy ny fahombiazan'izany eo aminy ka mampita azy amin'ny Papa. Narahin'i Mompera Chevrier izany ary nadikany araka ny fahazoany azy ny heviny[50].

Nangataka ny alalana rehetra tamin'ny Arseveka tokoa izy, ary rehefa hitany fa nafampana ny raharaha dia nanaovany lemozy ho azo izay nolavina taminy.

Izany no nahazoany nandamina manokana ny taona famaranana ny fiofanana ho Pretra an-dry Broche, Delorme, Duret ary Farissier. Diakra izy ireo no niditra tao amin'ny Seminera Zokiny ao Lyon tamin'ny volana Jiona 1876. Natokan'i Mompera Chevrier ho azy ireo tany Roma ny lohataona manontolo sy ny fara heriny tamin'ny 1877, nanazavany « Ny Mpianatra Marina » tamin'izy ireo.

Fa tamin'ny toe-javatra iray manan-danja be tokoa ny vokany ka tsy nahitan'i Mompera Chevrier ny Sitrapon'Andriamanitra intsony, dia ampy ho azy tanteraka ny fandavan'ny Arseveka. Ny fandaminana ny Prado ho fikambanan-drelijiozy no voakasik'izany. Tamin'ny 1875, noho ny soso-kevitra avy amin'i Monsenera Dubois, Eveka misionera, sy ireo Mompera Capucins dia nanontany olona maromaro momba izany i Mompera Chevrier, saingy toa tsy rotitra loatra ny tao amin'ny Arsevesen'i Lyon. Mety ho azony natao, na dia tsy nanosihosy ny fanekena aza izy, ny nanao lemozy na nitady lalan-kafa, nefa dia nilaozany io fikasana io, ka nijanona ho Pretra dioseziana izy, na dia nanosika azy mafy hanorina fikambanan-drelijiozy aza ny sasany. Ary farany, dia teo am-pialana aina no nametrahany ity hafatra farany ity ho an'ny fianakaviany ara-panahy : « Horaisintsika ho lehibentsika mivantana i Monsenera Arseveka ».[52]

47 Pp. 305-306
48 Pp. 305-306
49 Ms X 253
50 Ms X 253
51 Ms X 253
52 Ms X 253

La référence au troisième signe, nous l'avons lue sous la plume du Père Chevrier. Il s'agit des « ressources de la Providence déjà assez visibles pour ne pas nous faire douter. »

Nambaran'i Mompera Chevrier tamintsika tao amin'ny taratasiny vao novakina teo ny momba ny famantarana fahatelo : « momba ny ara-bola indray dia ny fitiavan' Andriamanitra no manome azy hita maso azo tsapain-tànana mba tsy hampisalasala. »

Ce n'est pas une simple notation en passant. Nous savons par ailleurs l'attention qu'il y attachait.[53]

Tsy fanamarihana fe fanamarihana fotsiny io, satria fantatsika ny maha-zava-dehibe azy teo aminy[54].

Pour le quatrième signe, on peut dire que le Père Chevrier n'a pas été très exigeant. Il s'est contenté du strict nécessaire en ce domaine. Il écrit à l'Abbé Gourdon : « J'ai vu que je n'étais pas seul », mais toute sa vie il ne pourra que saluer de loin la Terre Promise, car c'est au même prêtre qu'il doit écrire un peu plus tard :

Azo lazaina fa tsy dia sarotiny loatra i Mompera Chevrier momba ny famantarana fahefatra. Nionona tamin'izay tena ilaina izy tamin'io. Izao no nosoratany ho an'i Mompera Gourdon : « Tsapako fa tsy irery intsony aho », kanefa nandritra ny fiainany manontolo, dia tena avy eny lavitra tokoa no niarahabany ny « Tany Nampanantenaina », satria mbola ho an'io Mompera io ihany no nanoratany taoriana kely :

Si nous sommes obligés de rester éloignés de corps, restons unis d'esprit et pratiquons chacun dans notre pouvoir la sainte pauvreté de Notre Seigneur. Cette décision du conseil, quoiqu'elle ne doive pas nous étonner, nous devons la respecter et nous soumettre bien humblement. Ces messieurs ne peuvent deviner le motif qui nous fait agir et ne voient pas non plus la nécessité d'un nouveau prêtre au Prado.[55] »

« Raha voatery hifanalavi-toerana ny vatantsika, ny fo amam-panahintsika kosa mifanakaiky, koa samia miaina ny fahantrana masin'ny Tompontsika. Na dia tsy tokony hahagaga antsika aza io fanapahan-kevitry ny mpanolotsaina ny Arseveka io, dia tsy maintsy hajaintsika ka horaisintsika am-panetren-tena. Tsy voavinavinan'ireo olona ireo ny antony manentana antsika, hany ka lazainy fa tsy hita izay ilàna Pretra Prado iray hafa koa. »[56]

Si on voulait maintenant esquisser un itinéraire spirituel d'Antoine Chevrier, on pourrait donc le voir pleinement conscient de sa vocation personnelle en 1856, après six ans de ministère paroissial ordinaire. Il est décidé à suivre Jésus-Christ de plus près.

Raha tiana hosoritana ny làlana ara-panahin'i Antoine Chevrier, dia ho hita fa tena olona nahatsapa ny fiantsoan'Andriamanitra azy manokana izy tamin'ny 1856, rahefa avy niasa enin-taona tany amin'ny Paroasy. Tapa-kevitra marina izy fa hanara-dia akaikikaiky kokoa an'i Jesoa Kristy.

En 1860, avec la fondation du Prado, il est fermement établi dans cette voie découverte quatre ans auparavant, mais, en même temps, il pressent anxieusement une nouvelle dimension de sa mission. Dieu veut susciter par lui des vocations semblables et, à partir de 1866, il n'a plus de doute sur l'ampleur de cette mission. Il marche désormais humblement mais fermement. Il sait, en particulier, qu'il ne peut pas et ne doit pas laisser à d'autres le soin d'instruire les siens dans la voie de l'Evangile.

Tamin'ny 1860, rehefa nanorina ny Prado izy, dia nitombina tsara tamin'io làlana efa nombany tao anatin'ny efa-taona io, kanefa tsapany ombieny ombieny fa toa tandindomin'adidy mivelatra bebe kokoa io fiantsoana azy io. Avy aminy no sitrak'Andriamanitra hanentanana olona hafa ; hany ka tamin'ny 1866, dia tsy nanana fisalasalana intsony izy fa tena azo antoka io fiantsoana lehibe niantefa taminy io. Nizotra tamim-panetren-tena sy fahamatorana izy. Fantany manokana, fa tsy azony havela ho an'ny hafa ny fampianarana ny Evanjely natokana hataony.

Mais, pour accomplis son destin, Antoine Chevrier doit franchir un nouveau seuil. Il doit consentir à la destruction de l'œuvre à laquelle il s'est donné complètement. Il

Tsy maintsy manao dingana iray vaovao anefa i Antoine Chevrier hanatanterahana izany. Tsy maintsy ekeny ny fandravana ny asa efa nimatimatesany. Natahorana

53 Voir p. 13, témoignage du Père Bruno
54 Jereo p. 13, fanambaran'i Mompera Bruno.
55 Lettre n°57 (54) [6] à Monsieur l'Abbé Gourdon, 3 juin 1866
56 Taratasy faha-57 (54) [6] ho an'i Mompera Gourdon, 3 juno 1866.

avait pourtant beaucoup redouté cette œuvre et ne l'avait entreprise que sur ordre divin, pensait-il.

Dans cette circonstance, on est étonné de voir comment il accepte l'échec en toute humilité, sans rien perdre des certitudes acquises en 1856 et 1866. L'œuvre est de Dieu. C'est en 1878 que vient l'épreuve, quand le Père Jaricot est parti à la Trappe d'Aiguebelle.

« Votre exemple produit des effets admirables ! L'abbé Duret, depuis plusieurs jours, me dit qu'il n'est pas capable de faire le catéchisme, qu'il faut faire son salut avant tout, qu'un homme n'est pas nécessaire à une œuvre si belle, que Dieu saura bien le remplacer, que Dieu ne m'abandonnera pas ; qu'il sent le besoin de retraite et de travailler, qu'il faut qu'il aille à la Grande…

tokoa manko izy io, ary noraisiny ho sitrak'Andriamanitra ny fanombohana azy.

Manoloana an'izany zava-mitranga izany, dia toa mahagaga ihany ny fandraisany ny tsy fahombiazana tamim-panetren-tena, kanefa tsy nanary ny fitokisana tamin'ny 1856 sy 1866. Avy amin'Andriamanitra io asa io. Ny fifindran'i Mompera Jaricot tany amin'ny « Trappe any Aiguebelle » tamin'ny 1878 dia fitsapana ho azy.

« Mitera-bokatra mahavariana ny ohatrao. Milaza amiko manko i Mompera Duret, tao anatin'ny andro maromaro, fa tsy mahay mampianatra katesizy hono izy, ny fanahin'ny tena hono aloha no vonjena, tsy ilaina amin'ny fanatanterahana asa tsara be toy io hono izy, fa hain'Andriamanitra ny mahita olona hasolo azy, ary tsy handao ahy fotsiny amin'izao hono Andriamanitra ; te-hanao laretirety hono izy, te-hiasa, ary te-hifindra any

Page 018

Pejy faha-018

… Chartreuse ; qu'il aurait mieux fait de rester frère et de se dévouer à l'œuvre sans prendre la responsabilité du Prêtre, que cette responsabilité lui fait peur et qu'il a peur du jugement de Dieu ; que, quand il aura passé quelques années à la Grande Chartreuse, il reviendra plus fort et plus sûr de sa vocation ; que pourtant la vocation du Prado est bien belle, qu'il n'en choisira pas d'autre, mais qu'il faut qu'il s'en aille… Je ne sais si, après cette série[57], il ne s'en ira pas.

amin'ny « Grande Chartreuse ; Tsaratsara kokoa ho azy hono no nijanona Frera ka nanokan-tena amin'ny Asa fa tsy nanana ny andraikitry ny Pretra ; mampatahotra azy hono izany andraikitra be izany sy ny fitsaran'Andriamanitra ; rahefa miverina avy any amin'ny « Grande Chartreuse » hono izy dia hahazo hery sy hatoky kokoa ny fiantsoan'Andriamanitra azy ; kanefa hono eo an-kilan'izany tena soa tokoa ny fiantsoana ho Prado, ka tsy hifidy noho io izy, kanefa tsy maintsy mandeha aloha… Asa na handeha ihany izy na tsia aorian'izao fifandimbiasana[58] izao.

L'abbé Farissier a toujours l'envie d'être missionnaire et laisse, de temps en temps, percer son envie d'aller en Chine.

I Mompera Farissier indray te ho misionera foana ka tsy voasitriny intsony indraindray ny faniriany ho any Chine.

L'abbé Broche préfère bien Limonest au Prado et restera, je pense, avec Monsieur Jaillet.

I Mompera Broche indray tia kokoa an'i Limonest toa izay Prado ka ataoko fa hijanona any miaraka amin'Ingahy Jaillet.

L'abbé Delorme n'a pas de santé et ne pourra faire seul, malgré son courage ; il aurait besoin de passer quelques mois à la campagne et le départ de ses compagnons ne l'encouragera guère.

I Mompera Delorme kosa tsy salama ka tsy mahavita tena na dia be herim-po aza. Ilainy ny fipetrahana volana vitsivitsy any ambanivohitra sady tena handreraka azy be koa ny fisarahana amin'ireo namany.

Si la chose réussit ainsi, je prierai messieurs les latinistes d'aller au séminaire et je ne pourrai reprendre des enfants pour la Première Communion. Je ne me sens ni la santé,

Raha tahaka izao ny fahombiazana, dia iangaviako ireo « Latinista » ireo ho any amin'ny Seminera ary tsy ho afaka handray ankizy amin'ny Komonio Voalohany

57 Au Prado il y avait, tous les six mois une cérémonie de Première communion. Le catéchisme préparatoire durait cinq à six mois et on appelait Série cette période de préparation. Au temps du Père Chevrier, cela n'évoque pas l'idée d'un travail en série, comme on peur le penser aujourd'hui.

58 Nisy fandraisana komonio voalohany isaky na enim-bolana tao amin'ny Prado. Naharitra dimy na enim-bolana ny fanomanana, ary natsoina hoe : fifandimbiasana io fe-potoana io. Tsy mitovy hevitra velively amin'ny fifandimbiasana ankehitriny ny nantsoina tamin'izany tamin'i Monpera Chevrier.

ni le courage de faire maintenant comme autrefois. Le bon Dieu m'avait donné des aides, de bons coadjuteurs, il me les reprend : que son saint nom soit béni. Le bon Dieu me prouve d'une manière évidente qu'il n'a besoin de personne pour faire son œuvre. Vous dites tous que le bon Dieu n'a besoin de personne, qu'il fera bien sans vous, c'est évident ; je pense qu'après nous le bon Dieu enverre d'autres qui feront mieux que nous ; c'est ma seule consolation et ma seule espérance car j'éprouverais tout de même une certaine peine de voir le Prado désert et sans enfant lorsque, pendant dix-huit ans, il a été le lieu de tant de sueurs et de travaux de conversions.

Allez-vous en tous prier et faire pénitence dans le cloître. Je regrette de ne pouvoir y aller moi-même, car j'en ai bien plus besoin que vous, étant plus âgé et, par conséquent, ayant beaucoup plus de péchés que vous. Mais, si je n'y vais pas, j'irai peut-être à Saint Fons et j'aurai la consolation d'avoir fait des trappistes et des Chartreux et des missionnaires, si je n'ai pas réussi à faire des catéchises ; quoique, ce me semble, ce doit être aujourd'hui, le besoin de l'époque et de l'Eglise.

A Dieu, mon cher ami, priez pour nous et pour moi surtout qui pensais avoir fait quelque chose, une œuvre, et je vois que je n'ai rien fait. Puisse cette humiliation m'instruire et expier de tous mes péchés d'orgueil et autres de ma vie.

Votre frère en Jésus-Christ, délaissé sur la croix.[59]

Remarquons la pensée exacte du Père Chevrier. Il se déclare peiné si le travail…

intsony aho. Tsy afa-manao tahaka ny taloha intsony manko aho satria sady tsy salama no mihareraka. Nanome mpanampy ahy Andriamanitra dia nalainy tamiko indray izy ireo : isaorana anie ny Anarany masina. Porofoina amiko mazava tsara fa tsy manavakavaka izy ka mila an'izay rehetra afaka hanao ny Asany. Lazainareo rehetra fa tsy mila n'iza na iza Andriamanitra hanao ny asany ary rahefa tsy eo isika dia haniraka olon-kafa hasolony antsika Izy, ary hahavita tsaratsara kokoa noho isika izy ireo ; marina tsy azo lavina izany, ary manamafy ny fanantenako sy manamaivana ny alaheloko, satria tena halahelo marina tokoa aho raha hilaozana fotsiny amin'izao tsy hisy olona ny Prado ; izay nitsembohana tsy nitandroana hasasarana ary nampibebahana olona nandritra ny valo ambin'ny folo taona.

Mandehana mivavaka sy manao asa fivalozana any am-pitokana-monina daholo ianareo. Anenenako ny tsy mba hahafahako ho any satria mila izany bebe kokoa noho ianareo aho ; noho izaho antitrantitra kokoa ; izany hoe be fahotana kokoa. Fa tsy ho any aho ; mety ho any Saint Fons aho angamba ; ary amin'izay aho mba hahazo fiononana satria afa-nanabe trapista ; chartreux, misionera fa tsy katesista fotsiny ; izany angamba hoy aho no tena ilain'ny Fiangonana sy ny toetr'andro ankehitriny.

Veloma, ry sakaiza malala,mivavaha ho anay, indrindra ho ahy izay mba nihevitra ny nanao zavatra, hay tsy nahavita ninoninona akory. Anatra ho ahy anio izao fanambaniana ahy izao ka ho entiko hanonerana ny fahotam-piavonavonako sy ny ota hafa teo amin'ny fiainako.

Ny rahalahinao ao amin'i Jesoa Kristy nilaozana teo amin'ny hazofijaliana[60]. » Marihintsika ny tena hevitra lalin'i Mompera Chevrier. Lazaina fa malahelo mafy izy raha hofoanana fotsiny.

Niala tao amin'ny Prado ry Monpera Farissier sy Delorme taorian'ny nahafatesan'i Mompera Chevrier. I Mompera Broche kosa nandimby toerana an'i Mopera Duret. Izy izany no lehiben'ny Prado fahatelo amin'izao

Page 019

Pejy faha-019

qui se fait au Prado est interrompu mais il voit clairement que l'échec porte sur le travail de formation apostolique commencé avec l'école cléricale. « Je croyais avoir fait des catéchistes et je vois que je n'ai rien fait. » Et cela se produit au moment où il

asa natomboka ao amin'ny Prado izao, hitany mibaribary anefa fa ny tsy fahombiazana dia teo amin'ny fanofanana natomboka tao amin'ny sekoly fanomanana pretra : « Noheveriko ho nanofana mpampianatra katesizy aho, nefa

59 Lettre n°153 (88) [12] [A Jean-Claude Jaricot] [Prado.] 9 avril 1878. Les abbés Farissier et Delorme quitteront le Prado après la mort du Père Chevrier. L'abbé Broche succèdera à l'abbé Duret et sera ainsi le troisième supérieur du Prado.

60 Lettre n°153 (88) [12] [Ho an'i Mompera Jean-Claude Jaricot] [Prado.] 9 avrily 1878.

ne lui est plus possible de recommencer. En effet, la lettre au Père Jaricot est du 9 avril 1878. Le Père Chevrier est déjà malade depuis longtemps. Il n'assistera pas à la destruction de son œuvre mais il devra s'en aller le 2 octobre 1879 en remettant à Dieu le soin de consolider ce qui n'avait fait que commencer.

hay tsy nahavita ninoninona akory. » Teo amin'ny fotoana tsy nahafahany niverin-dàlana intsony no nitrangan'izany toe-javatra izany. Ary ny taratasy ho an'i Mompera Jaricot dia tamin'ny 9 Avrily 1878. Efa narary ela i Mompera Chevrier tamin'io. Tsy nanatrika ny famotehana ny asany izy kanefa kosa nametraka ny fanamafisana izay natombony teo am- pelatanan'Andriamanitra rahefa niala aina tamin'ny 2 oktobra 1879.

Il nous est bien difficile d'évaluer la portée de l'ultime épreuve du Père Chevrier. Dieu seul en connaît les effets. Mais, à la lumière de la Sagesse divine, cette épreuve n'est-elle pas pour nous un signe, n'est-elle pas le sceau apposé par Dieu à la vie d'Antoine Chevrier suscité pour évangéliser les pauvres et surtout pour en former d'autres à cette mission ?

Sarotra ho antsika ny hanao tombana amin'ny havesaran'ny fitsapana farany nozakan'i Mompera Chevrier. Andriamanitra irery no mahalala ny vokany. Fa noho ny fahazavana avy amin'ny fahendren'Andriamanitra, moa ve tsy Famantarana ho antsika izy ireny, moa ve tsy fitombok'Andriamanitra eo amin'ny fiainan'i Antoine Chevrier izay nentaniny hitory ny Evanjely amin'ny mahantra, ary indrindra indrindra hanofana olon-kafa ho amin'izany Iraka lehibe izany ?

Cette épreuve est aussi un sceau apposé au Véritable Disciple. Ce livre sort de l'expérience du Christ faite par Antoine Chevrier à Noël 1856.

Fitomboka napetraka amin'» Ny Mpianatra Marina » koa io fitsapana io. Niainga tamin'ny fibanjinan'i mompera Chevrier an'i Kristy tamin'ny Noely 1856 io boky io.

Il sort de son expérience de prêtre pauvre pour les pauvres, à la Cité de l'Enfant Jésus, au Prado, à la paroisse du Moulin-à-Vent.

Niainga avy amin'ny atrik'asa nataon'ny pretra mahantra ho an'ny mahantra tao amin'ny tanànan'i Jesoa Zazakely, tao amin'ny Prado, tao amin'ny Moulin-à-Vent.

Il sort de son consentement à la tâche demandée par Dieu : former des catéchistes[61]

Niainga avy amin'ny fanekeny ny asa nangatahin'Andriamanitra taminy dia ny « hanofana katesista »[62].

Et il est resté inachevé. Ceux qui voudraient un ouvrage de littérature spirituelle ou un traité de théologie pastorale ne peuvent qu'être déçus. A celui qui se sent appelé dans la même voie qu'Antoine Chevrier, il suffit de dire : prends et lis. Si l'ouvrage, dès les premières pages te semble inachevé, c'est providentiel. En le lisant, tu ne pourras oublier comment Dieu a demandé à l'auteur de mettre la dernière main à son ouvrage, non pas en achevant un livre, mais en s'unissant à Jésus-Christ délaissé sur la croix.

Dia nijanon-tsy vita teo. Ireo izay te-hahita boky na laha-tsoratra ara-panahy, na famoasan-kevitra ara-teôlôjika pastoraly dia miala maina. Izay mahatsiaro tena fa voaantso hizotra amin'ny làlana nomban'i Antoine Chevrier kosa dia ampy azy ny hilazana hoe : « Raiso dia vakio ». Raha hitanao hatreo am-piandohana fa mbola tsy nifarana ny boky, dia noho ny fitondran'Andriamanitra daholo izany. Ary eo am-pamakiana azy, dia tsarovy mandrakariva ny fomba nentin'Andriamanitra nanentana ilay mpanoratra tamin'ny farany, tsy mba hoe hamita boky fa hoe : fiombonana amin'i Jesoa Kristy nilaozana teo amin'ny hazofijaliana.

Portrait du Père Chevrier

Endrik'i Mompera Chevrier

Il faut maintenant tenter un portrait du Père Chevrier. C'est nécessaire pour pouvoir le comprendre en le lisant.

Hilazalaza kely ny momba ny endrik'i Mompera Chevrier isika. Ilaina tokoa izany mba hahazoana izay nosoratany.

C'est nécessaire mais bien difficile à faire.

Ilaina kanefa tena sarotra atao.

61 C'est pourquoi Sœur Marie peut dire en toute vérité : « le Père Chevrier s'est peint lui-même dans son Véritable Disciple de Jésus-Christ. » PB I, 220 v.

62 Izany no nahatonga an'i masera Marie hilaza marina hoe : « Ao amin' Ny Mpianatra Marin'i Jesoa Kristy no nametrahan'i Mompera Chevrier ny sariny » (PB I, 220V).

Nous ne pouvons jamais réussir à dire parfaitement un homme, quel qu'il soit et nous restons toujours bien loin d'exprimer le mystère profond de son être. Mais en vivant avec quelqu'un on acquiert, par familiarité, une certaine perception de son mystère et on peut inviter les autres à entrer aussi dans cette familiarité.

Tsy ho vita na oviana na oviana ny milaza ny tena endrik'olona anankiray ; tsy hohitantsika na oviana na oviana ny zava-miafina ao anatiny ao. Fa rehefa niara-niaina ela sy nifanerasera taminy maharitra, dia mba misy ihany zavatra tsapa ka azo lazaina na angatahina amin'ny hafa ny ilazany azy.

Page 020

Pejy faha-020

Seule une connaissance de ce genre permet d'interpréter correctement la pensée d'un auteur à travers un livre. Je ne prétends pas qu'il suffise d'avoir lu ces pages d'introduction pour lire correctement le Père Chevrier, je veux seulement indiquer la voie pour y arriver.

Ilaina izany fahalalana izany, mba hahazoana tsara izay heverin'ny mpanoratra hampitaina ao amin'ny asa soratra napetrany. Tsy milaza akory aho fa ampy hahazoanao ny hevitry ny boky manontolo nataon'i Mompera Chevrier izao savaranonando izao, fa mba ho làlana iray hahatongavana amin'izany.

Pour se familiariser avec Antoine Chevrier, il faut du temps. C'est d'ailleurs vrai de tout le monde. C'est spécialement vrai pour le Père. Personnalité vigoureuse, nous le verrons, mais cachée sous un abord effacé, on a pu dire insignifiant[63], elle met du temps à se dévoiler. Il n'est pas brillant et il a horreur de ce qui n'est que brillant. Il préfère le vrai, le solide, le grand, même s'ils ne le sont pas en apparence, et il a remarqué que l'ostentation est très souvent une tentation pour dissimuler aux autres et à soi-même une indigence dans le domaine de l'essentiel. « Pauvres, simples et propres, rien de ce qui paraît, de ce qui est clinquant, élégant, qui excite la curiosité ; il faut que tout soit grave, modeste, solide. Le beau et le grand peuvent être très simples : ainsi un calice en or peut être très simple et cependant il sera beau et grand.[64] »

Lava dia lava tokoa ny fotoana hifaneraserana amin'i Antoine Chevrier vao mety hahalala azy tsara. Toa izany daholo tokoa moa ny olon-drehetra. Fa tena manana ny fahamarinany manokana ho azy. Toetr'olona mirijarija, araka izay ho hitantsika, saingy miafina ambadiky fahamaontinana tsy misy toa azy ka lazain'ny sasany hoe : tsy misy fotony[65], ela dia ela tokoa vao miseho ny maha-izy azy. Tsy mba mangirana izy, ary tena matahotra lozan-tany ny mangirangirana fotsiny. Ny tena izy no tiany, ny mafy, ny vaventy na dia tsy miseho ety ivelany aza izany toetra izany, ary nomarihany mihitsy fa ny fizahozahoana dia fomba anankiray hanafenana amin'ny hafa sy amin'ny tena ny kilema tsy hahaiza-manavaka ny tena izy. « Mahantra, tsotra, madio, tsy misy haingony, na rendrarendra na hatsaram-bika mety hampitsiry ny fitsiriritana, tsy maintsy hentitra, maontina, mafy sady mateza ny zavatra tena ilaina. Mety ho lehibe sady mahafinaritra ny zava-tsotra. Ny kalisy volamena dia mety ho tsotra kanefa sady ngeza no mahafinaritra. »[66]

Le Père Chevrier écrivait cela à propos des objets du culte. Sans y penser, il a tracé son propre portrait. Faut-il voir en cela le caractère lyonnais d'Antoine Chevrier et une marque d'ascendance dauphinoise ? Il aurait transposé au plan spirituel une tendance bien connue à réduire les signes extérieurs de sa richesse pour mieux la préserver. C'est possible.

Nosoratany io momba ny fitaovana ampiasaina amin'ny Sorona Masina. Fa tsy noheveriny mihitsy fa ny endriny no nambarany ao. Mila fantarina amin'izany koa ve ny toetra maha-Lyonnais an'i Antoine Chevrier sy ny marika napetraky ny maha-taranaka avy any Dauphiné azy ? Mety ho nafindrany any amin'ny ara-panahy ny famantarana ivelany nandaozany ny harem-beny mba hitahirizany azy maharitra. Mety ho marina izany.

Antoine Chevrier est certainement lyonnais, très lyonnais ; mais en quoi l'est-il exactement ? Ces sortes de choses sont vivement senties mais toujours difficiles à

Tena Lyonnais ary dia Lyonnais tanteraka i Antoine Chevrier fa amin'inona marina àry no maha-Lyonnais azy. Sarotra dia sarotra ny mamaritra ny zavatra toy izany na

63 Six, p. 12.
64 P. 298.
65 Six, p. 12
66 P. 298

préciser.

Ceux qui ne sont pas lyonnais semblent reconnaître, à coup sûr, les lyonnaiseries d'Antoine Chevrier. Ses amis lyonnais sont plus circonspects.

Pauvreté lyonnaise du Père Chevrier, par exemple. Mais ses conceptions économiques sont aux antipodes de celles de ses concitoyens, il ne veut pas avoir de revenus et n'a pas la religion du travail. Il veut que, dans sa chambre, tout parle de la pauvreté de Bethléem, tandis que ses concitoyens préféraient dans des maisons sans allure extérieure, trouver un intérieur confortable et esthétique. Il ne veut pas se lancer dans la construction d'églises grandes et riches, pendant que ses confrères, avec leurs paroissiens, n'hésitaient pas à faire démonstration de richesse pour manifester leur piété.

Pourtant, c'est vrai, la vie du Père Chevrier porte l'empreinte du monde où il est né et qui l'a formé.

C'est le fils unique de petites gens, des laborieux, désireux de monter dans l'échelle sociale. Milieu porté à se mettre du côté de l'autorité qui fait régner l'ordre favorable à ses ambitions plutôt qu'à se solidariser avec les révolutionnaires, mais milieu populaire ; et Antoine Chevrier gardera toute sa vie un fond de mentalité populaire.

Page 021

Or, à l'âge de quatorze ans, il entre dans le milieu clérical.

A l'époque, plus encore que de nos jours, ce milieu veut former des futurs prêtres, non seulement à la vie spirituelle, à la culture humaniste gréco-latine, à la science théologique, à la pratique du ministère, mais aussi à un style de relations humaines dites « convenances ecclésiastiques ».

Antoine Chevrier a accepté l'idéal sacerdotal qu'on lui a présenté et ne l'a jamais renié. C'est une chose qu'il faut se garder d'oublier. Le Père Chevrier a beaucoup reçu de tous ceux qui ont contribué à sa formation et on a pu relever l'influence sans doute décisive du Supérieur du Grand Séminaire sur son avenir.[67]

dia tsapa tokoa aza ny fisiany.

Ny olona tsy Lyonnais dia mahafantatra an-kitsirano ny maha zanak'i Lyon an'i Antoine Chevrier. Fa ireo Lyonnais namany kosa somary miolakolaka ihany.

Fahantrana maha-Lyonnais an'i Mompera Chevrier, ohatra. Tena mifanohitra lavitra amin'ny fandraisan'ny mpiara-monina taminy ny fampivoarana ny fiheverana azy. Tsy mila karama izy ary tsy manompo asa. Ny ao an-taniefitranony dia nampanehoany ny fahantran'i Betilehema, ny mpiara-monina taminy anefa dia nankafy kokoa ny trano tsotra ety ivelany fa mirantiranty ao anatiny. Tsy tiany ny manorina trano fiangonana ngeza sy marevaka, fa ireo rahalahiny kosa tsy nisalasala mihitsy nanorina trano goavana sady tsy manafin-karena miaraka amin'ny vahoakan'ny Paroasiny, mba hampisehoany ny fitiavam-bavaka.

Marina anefa fa nisoritra teo amin'ny fiainan'i Mompera Chevrier ny takaitra navelan'ny fotoan'andro nahaterahany sy nahabe azy.

Zanaka lahitokan'olo-madinika, tia asa, niandrandra fiakarana teo amin'ny fiaraha-monina. Fiaraha-monina niray petsapetsa tamin'ny fitondrana mba hampanjaka ny filaminana ka tsy niray loha tamin'ny mpirotaka, kanefa fiaraha-monin'ny vahoaka madinika, fisainan' ny vahoaka madinika io.

Pejy faha-021

Izao anefa, niditra tao amin'ny fiaraha-monin'ny Pretra izy raha mbola efatra ambin'ny folo taona fotsiny.

Tamin'izany fotoana izany, ireo miomana ho pretra, dia tsy olona beazina amin'ny ara-panahy ihany, fa vao mainka manoatra ny amin'izao androntsika izao aza : tao ny fanabeazana ny maha-olona « Greco-Latine » ; tao ny fahalalana teôlôjika, tao ny fampiharana ny fitondram-piangonana, fa tao ihany koa ny fifandraisan'ny olona samy olona nomena anarana hoe : « fomba amam-panaon'ny olom-piangonana ».

Natolotra an'i Antoine Chevrier ny tanjona kendren'ny fiainana maha-pretra, nekeny ary tsy nivadihany mihitsy. Aza adino io. Nandray zava-tsoa maro be tamin'ireo rehetra nandray anjara tamin'ny fanabeazana azy izy, azo singanina amin'izany ny lanjan'ny fahefan'ny lehiben'ny seminera zokiny momba ny ho aviny[68].

67 Six, p. 63-71.
68 Six, pp. 63-71

En même temps, il s'est laissé instruire docilement des convenances ecclésiastiques et, au sortir du séminaire, il sait parler de la messe en disant « l'auguste sacrifice »[69].

Nandritra izany fotoana izany dia nianarany koa ireo fomba amam-panaon'ny olom-piangonana hany ka rehefa nivoaka ny seminera izy dia mba afaka nilaza hoe : « Sorona Masina » rehefa niresaka Lamesa[70].

Sa passion pour l'Evangile et son amour des pauvres feront craquer la couche de vernis et le Père Chevrier sera rendu à son sens populaire original. Cela se voit dans son langage.

Ny fankafizany ny Evanjely sy ny fitiavany ny mahantra no nampihintsana ny taniravo nantentina rehetra ka namerina tamin'i Mompera Chevrier indray ny tena fototra nitrangany. Eo amin'ny fomba fiteniny no ahitana izany.

Après 1856, lorsqu'il a retrouvé le contact journalier avec le peuple, son style évolue rapidement et ses lettres ont désormais une simplicité qui tranche avec celles de la période précédente.

Rahefa nifanerasera mivantana tamin'ny vahoaka indray izy taorian'ny 1856, dia nivoatra haingana ny fombany ary niha tsotra be ny taratasiny raha nampitahaina tamin'ireo teo aloha.

« J'envoie, par Monsieur Broche, qui a eu la bonté de s'en charger, une topette de sirop de mou de veau et des pâtes de guimauve pour le bon ami Delorme. Ayez en bien soin et ne négligez rien pour le guérir. Achetez chez les sœurs ce qui est nécessaire. S'il était possible de lui faire avaler chaque matin deux œufs frais et un peu de vin, ça pourrait lui faire du bien à la poitrine délicate.

« Alefako miaraka amin'Ingahy Broche izay nanaiky hitondra azy, ron'avokavon-janak'omby sy kobam-» gimôvy » ity ho an'i sakaiza tiana Delorme. Tsaboy tsara izy, ary aza misy atao ambanin-javatra izay mety hahasitrana azy. Vidio ao amin-dry Masera izay rehetra ilaina. Mety hanamaivana ny aretin-tratrany ny mitelina atody vao, roa isa-maraina ka arahina divay kely, raha toa ka azo atao.

Parlez-en à Monsieur le Directeur à qui j'en ai déjà dit un mot.

Efa niresaka tamin'i Mompera Lehibenareo aho, ka ampahatsiahivo azy.

Nos fêtes se sont heureusement bien passées.

Vita soa aman-tsara tokoa ny fetinay.

Nous prions toujours pour vous. Soyez toujours bien sages.

Mivavaka mandrakariva ho anareo izahay. Hendre tsara mandrakariva.

A bientôt une plus longue lettre. Il est tard de la nuit. Salut.[71]. »

Aoriana indray manoratra lavalava. Efa alim-be ny andro. Veloma »[72].

Comme Antoine Chevrier est à l'aise avec cette thérapeutique populaire des bonnes gens de la Guillotière !

Tena manavanana an'i Antoine Chevrier tokoa ny fitsaboana nentin-drazana ampiharin'ny olona ao Guillotière ao.

Cependant, le vernis des convenances ecclésiastiques tient bon et, même soumis à rude épreuve, il en reste toujours quelque chose. Le Père Chevrier n'hésite pas à donner du « Cher et vénéré confrère » à ses correspondants prêtres et quand il stigmatise les pantoufles comme signe d'embourgeoisement il écrit sans songer à plaisanter que « cette chaussure respire la délicatesse »[73]

Mbola tavela anefa ny tentin'ny fomba amam-panaon'ny olom-piangonana, ka na dia tao anatin'ny fitsapana mahery vaika aza, tsy afaka tanteraka. Tsy nampisalasala an'i Mompera Chevrier mihitsy no niantso hoe : « ry rahalahy malala hajaina » ireo Pretra nifanoratany, ary raha lazainy fa fanambarana ny maha mpanefoefo ny kiraro pantofla, dia soratany tsy misy somonga fa « mampiseho ny fahalemena » io kiraro io[74].

Il ne faut pas être trop étonné non plus de retrouver chez lui les traces d'une emphase

Aza gaga koa anefa raha mahita ao aminy ny taratry ny tantara nampisy toe-tsaina

69 Lettre n°2 (2) A Madame… (Cousine) Grand Séminaire. 22 Mai 1850
70 Taratasy faha-2 (2) A Madame… (Zanak'olona iray tampo) Grand Séminaire. 22 mey 1850
71 Lettre n°85 (90) [A Jean Broche] [Prado, mai 1872]
72 Taratasy faha-85 (90) [Ho an'i Jean Broche] [Prado, mey 1872]
73 P. 294.
74 P. 294

romantique qui était dans l'esprit du temps. Cet esprit avait sa part d'influence dans le langage ecclésiastique. Il ne faut pas se laisser effaroucher…

hafa be tamin'ny fotoan'androny. Nanana ny lanjany manokana teo amin'ny fitenin'ny Pretra io toe-tsaina io. Aza mety hampitahorina

Page 022

Pejy faha-022

… par des expressions qu'on ramène à leurs vraies dimensions en les replaçant dans le contexte romantique de l'époque.

amin'ny fomba fiteny izay naverina amin'ny tena heviny ka nosoloina fiteny miangolangola kokoa fampiasa tamin'izany.

Le Père Chevrier parle du corps comme d'un bourbier, un marais infect, ou de la nourriture nécessaire au corps comme nous mettant au rang des bêtes. Au lieu de voir dans ces expressions une influence persistante du jansénisme[75] il suffit de faire la transposition pour reconnaître simplement que nous n'avons pas toujours facilement la maîtrise de notre corps et que, par ailleurs, les fonctions nutritives sont en nous tout à fait analogues à celles des animaux.

Oharin'i Mompera Chevrier amin'ny fota-mandrevo na honahona maloto ny vatan'ny olombelona, ny sakafo ilain'ny vatana mampilahatra antsika amin'ny biby. Aza raisina ho vokatry ny fampianarana « Jansénisme[76] ireny fomba fiteny ireny fa ny tena tiany hambara amin'ny fanoharana dia hoe tsy misy olona mahafolaka tanteraka ny vatany, eo anilan'izay ny sakafo hanintsika koa anie dia mitovitovy amin'ny an'ny biby koa saingy izy voavoatra sy voakolokolo fotsiny ihany e !

La valeur de l'ensemble est trop bien affirmée pour être remise en question par ces détails.

Tsy manala ny tena ventiny amin'ny boky anefa ireny antsimpirian-javatra madinika ireny satria tena matotra dia matotra tokoa ny voalaza ao.

Que l'Evangile ait rendu Antoine Chevrier à son origine populaire est bien. Mais le plus remarquable n'est pas là. Il faut plutôt admirer comme l'Evangile lui a permis de donner toute sa mesure. Les semences de grandeur déposées en tout enfant du peuple, ont germé, se sont épanouies chez Antoine Chevrier sous l'effet de l'Evangile. Ni servile, ni agressif à l'égard des autres milieux sociaux, sans cesser d'être lui-même, il pouvait en imposer à telles qui se croyaient de grandes dames.

Raha naverin'ny Evanjely any amin'ny vahoaka madinika fototra nitsiriany i Mompera Chevrier dia tena zava-tsoa tokoa izany. Mbola tsy ao ny tena ifantohan'ny saina aman'eritreritra. Fa ny tena mahatalanjona dia ny nanomezan'ny Evanjely azy ny hery mba hahafahany mitory azy araka ny tena izy. Nitsiry tao amin'i Antoine Chevrier ny masombolin'ny fahamboniana napetraka tao amin'ny zana-bahoaka rehetra ary niroborobo aoka izany ny fivelarany noho ny Evanjely. Tsy mba nandady teo anatrehan'ny lehibe izy, tsy mba tezitezi-poana na be fandrahonana na tamin'ny mahantra na tamin'ny mpanankarena, fa dia mitovy ihany ny fitondrany ny tenany, hany ka nanana hery nampilefitra izay olona noheverina ho faran'ny manan-daza.

Camille de Margency avait bien remarqué qu'il ne témoignait nul empressement à l'égard des riches, tout en tant très poli avec eux, comme avec tout le monde d'ailleurs[77].

Hoy manko i Camille de Marguerye : « Tsy nanavahany an'iza na iza ny fanajana olona, na mpanankarena izany na malahelo, tsy nanaitra azy manokana mihitsy ny mpanankarena »[78].

Il me semble que son sens de la dignité est un aspect très caractéristique de ce que je voudrais faire comprendre ici. Il a la dignité d'un homme du peuple qui n'a pas de sentiment d'infériorité en face des autres classes sociales, qui ne se laisse éblouir ni

Ny fananany ny fanajan-tena dia endrika iray manokana tiako ho soritana eto. Olon-tsotra nahay nanaja tena izy ka tsy nanan-kenamaso nanoloana ireo noheverina fa ambony toerana ara-tsosialy, tsy sodokan'ny harena na ny fahefana na ny fari-

75 Pp. 176, 184, cf. Introduction au renoncement à soi-même, p. 162.
76 Pp. 176, 184, jereo savaranonando amin'ny fandavan-tena p. 162.
77 PB I, 75 v.
78 PB I, 75v.

par la fortune, ni par le pouvoir, ni même par l'instruction que peuvent détenir les autres : « Raison pour raison, j'aime autant la mienne que la vôtre[79]. » Cela se remarque particulièrement dans l'indépendance du jugement chez le Père Chevrier : il ne se laisse pas enfermer dans une mentalité.

Et ce sens populaire de la dignité humaine a été avivé par la conscience qu'il avait de la grandeur de la mission sacerdotale. Son indépendance de jugement est dictée par sa fidélité évangélique et il a bien vu que, pour être vraiment prêtre, il ne devait soumettre sa mission qu'au Christ, aux envoyés du Christ et à nul autre.

Ce développement humain sous l'influence de l'Evangile se marque encore dans sa manière d'écrire. Plus d'une fois, sous l'empire de la conviction et tout imprégné des textes de l'Evangile et de saint Paul, il s'exprime avec une véritable éloquence qui porte la marque de sa personnalité profonde. Nous espérons que la disposition typographique adoptée pour cette édition du Véritable Disciple permettra de percevoir plus facilement les passages où apparaît le…

pahaizana nananan'ny sasany. Tsy nisy nampihontsina azy ireny. « Raha samy vazo ihany, izaho tsy mita rano »[80] hoy izy. Misongadina mihitsy izany teo amin'ny fandanjalanjany ny zava-miseho. Tsy nandevozin'ny toe-tsain-tokana izy fa tena olona nanana ny naha izy azy.

Ny fahambonian'ny iraka maha-pretra izay niredareda tao aminy no fompitra nampirehitra io fahamendrehana olon-tsotra voajanahary tao aminy io. Ny Evanjely nitokisany no nanentana ny fandanjalanjany manokana ny zava-misy, ary niteny fa mba ho tena pretra marina tokoa, dia i Kristy irery ihany sy amin'ireo nirahiny no anankinana ny Antso noraisina sy nekena fa tsy amin'olon-kafa.

Mbola misongadina ao amin'ny fomba fanoratany koa izany fivelaran'ny fahamendrehana maha-olon-tsotra izany. Matetika, tsy in-droa na in-telo izy no mitanisa ny Evanjely, sy Md. Paoly tsy ampihambahambana fa mahatonga anao mamaky azy ho resy lahatra fa tena iainany ary ao anaty rany mihitsy ny Evanjely. Antenaina fa rahefa mamaky tsara ny an-dalana voasoratra momba ny Ny Mpianatra Marina isika dia hahatsikaritra izany voalaza rehetra izany ao amin'ny asasoratr'i Mompera Chevrier.

Page 023

Pejy faha-023

…style propre du Père Chevrier. En voici un exemple tiré de ses lettres, particulièrement frappant.

« Courage donc, chers enfants, ne vous ennuyez pas des petites contrariétés qui peuvent survenir, il faut s'y habituer. Ce sont les souffrances et les humiliations qui font les hommes véritables ; un homme qui n'a rien souffert et rien enduré ne sait rien et il n'est bon à rien. Ceux qui sont toujours flattés, caressés et honorés ne sont que des pattes mouillées[81]. En contraste avec l'homme véritable, on voit le pauvre type mou comme une chiffe.

Le Père Chevrier n'écrit pas tout le temps avec son style personnel, il fait comme la

Inty misy ohatra iray nalaina tamin'ireo taratasiny tena manintona ny saina aman'eritreritra.

« Mahereza àry, ry zanaka malala, aza mety ho sorena noho ny sembatsembana madinika mety hitranga fa mbola ho zatra ianareo. Ny fiaretana ny mafy sy ny fandresena ny sarotra no manefy ny tena lehilahy. Ny lehilahy tsy mba manana ninoninona niaretana na nijaliana dia tsy misy ilàna azy satria tsy mahay ninoninona. Ireny voasafosafo, voatambitamby, ary voadokadoka lava ireny dia olon-kanosa mataho-potaka »[82] Teny malefadefaka « ry zanaka malala » « ny sembatsembana madinika ». Avy eo amin'izay miakatra ilay feo « tena lehilahy ». Ny toy io no atao hoe teny tsy azo ivalozana fa marina tsy misy tomika. « Ny lehilahy tsy mba nanan-java-niaretana na nijaliana dia tsy misy ilàna azy satria tsy mahay n'inoninona ».

Tahaka ny an-kamaroany amintsika, dia tsy isaky ny manoratra i Mompera

79 Ms VIII 34.
80 Ms VIII 34.
81 Lettre n°130 (143) [A Maurice Daspres] Rome, 25 avril [1877]. L'expression patte mouillée signifie, en langage populaire, un personnage flasque comme un chiffon mouillé.
82 Taratasy faha-130 (143) [Ho an'i Maurice Daspres] Rome, 25 Aprily [1877]. Olona tsy manana sitrapo fa mangorera lava no dikan'ny hoe : kanosa mataho-potaka.

plupart d'entre nous. Mais il était nécessaire de mettre ce style en lumière car c'est dans ces moments d'éloquence personnelle que la bouche révèle le trésor caché au fond du cœur[83].

Chevrier no mampiasa io maha-Lyonnais azy io. Nilaina anefa ny nanazava an'io satria ny vava hono, mamoaka ny anatin'ny fo[84].

Deux aspects du caractère du Père Chevrier ressortent davantage à travers ses écrits, ses lettres en particulier et sont utiles à connaître pour le lire : un fond de tempérament passionné et une intelligence réaliste.

Zavatra roa loha maneho bebe kokoa ny toetra maha Chevrier an'i Mompera Chevrier koa no tsara ho fantarina mba hahazoana izay voasorany, indrindra amin'ny taratasiny, dia ireto : olona toa mahery setra ary olo-matsilo saina mifantoka amin'ny zava-misy. Raha namaky an'io, iza àry no mbola sahy hitaraina na hidridridridry na hanohitra ny fahamarinan'izany. Miampanga tena ho « tsy misy ilàna azy » izy amin'izay. Ary mba hamalifaly ny mpamaky, dia indro miverina amin'ny fomba fiteny maha-Lyonnais azy i Mompera Chevrier raha milaza hoe : kanosa mataho-potaka. Ampifandrafesiny eto ny « tena lehilahy » sy ny olona « malemy tsy marary » fa matahotra ny hiatrika adidy sy andraikitra.

Il a un fond de tempérament passionné. Je ne pense pas qu'on puisse l'imaginer comme un homme véhément, autoritaire, obstiné pour arriver à ses fins. Ce n'est pas un homme emporté par une passion sentimentale. Il est assez naturellement doux et effacé et c'est un réaliste qui n'aime pas la sentimentalité. Mais il n'en est que plus profondément passionné. Ce caractère passionné se traduit par les expressions absolues qu'il emploie assez souvent pour livrer son expérience spirituelle. Comme tous ceux dont la vie est unifiée par une passion, il recourt au tout et au rien pour s'exprimer, comme saint Jean de la Croix[85]

Olona be fikirizana izy. Tsy milaza aho fa tia hetraketraka, manjakazaka mafy loha tsy azo ahodina i Mompera Chevrier mba hahatongavany amin'izay kendreny. Tsy olona nentim-po mora sendaotra izy. Olona malemilemy fanahy izay izy, ary tsy mieboebo na tia sehoseho ; olon'ny tena izy fa tsy olon'ny sentosento. Ary io no tena mahaliana azy. Ary io toetra io no mahatonga ilay fomba tsy azo ivalozana ilazany ny tena masaka ao amin'ny ati-panahiny rahefa mizara ny traikefa ara-panahiny izy. Tahaka ireo rehetra ampiasain'io toe-panahy liana ny tena marina io, dia tsy mihambahamba izy mampiasa ny teny hoe rehetra na tsy misy, toa an'i Md. Jean de la Croix[86].

Quoi qu'il en soit, on peut dire qu'une méditation assidue de l'Evangile et de saint Paul, ont fourni au Père Chevrier des moyens d'expression bien adaptés à son tempérament.

Na izany na tsy izany anefa, dia ny fandinihana lalina ny Evanjely sy i Md. Paoly no nahazoan'i Mompera Chevrier fomba fiteny tsy misy holakolaka mifandraika amin'ny toetra nomen-Janahary azy.

Il a une intelligence réaliste. Cela ne signifie pas un homme terre à terre, mais…

Olona matsilo saina mifantoka amin'ny zava-misy i Mompera Chevrier. Tsy anambarana velively io fa olona mirefarefa amin'ny tany izy, fa entina

83 Cf. Luc 6, 46.

84 Jereo Lk 6 : 46.

85 Nous savons que le 20 mars 1868, le Père Chevrier était chez les Pères Carmes pour y prier un peu le Bon Dieu et étudier la pauvreté de Notre Seigneur (Lettre n°64 (67) [4] A Monsieur l'Abbé Jaricot, Lyon, 20 mai 1868). Il a pu connaître les œuvres de saint Jean de la Croix chez ces Carmes. (Traduction du Père Cyprien de la Nativité au XVIIIème siècle ou de l'abbé Gilly en 1865.)

86 Fantatsika fa ny 20 Marsa 1868 dia tany amin-dry Mompera Carmes i Mompera Chevrier mba handinika misimisy kokoa ny Fahantran'i Jesoa Kristy Tompontsika. (Taratasy faha-64 (67) [4] Ho an'i Mompera Jaricot, Lyon, 20 mey 1868). Namantatra ny asan'i Md. Jean de la Croix tao izy. (Dikatenin'i Mompera Cyprien de la Nativité tamin'ny taonjato faha XVII, na ny an'i Mompera Gilly tamin'ny 1865).

un esprit pénétrant qui sait réfléchir sur ce qu'il a vécu. Comme l'a bien montré J.-F. Six c'est, en d'autres termes, un expérimental[87].

Il semble qu'il ait peu d'imagination, ce qui explique que son expression manque généralement d'éclat. Cela explique aussi qu'il ne sache guère trouver des titres attirants. Sa manière est aux antipodes de celle des journalistes. Ceux-ci, en voulant attirer l'attention du public, risquent d'y arriver au détriment de la vérité et du respect des lecteurs. Les titres des journaux sont trop souvent trompeurs. Le Père Chevrier en arrive, lui aussi, à mettre des titres trompeurs, mais c'est par un excès opposé. Sous une apparence terne se cachent des richesses. Il annonce par exemple : Renoncement à son esprit, et il traite bien de cela, mais il s'agit aussi de nous dire comment l'Esprit souffle où il veut et fait faire aux saints des choses admirables et leur fait tirer toutes leurs inspirations et leurs pensées de l'amour infini de Dieu[89].

On peut encore noter à ce sujet qu'il emploie rarement des comparaisons imaginées, inventées. On trouve, par exemple, dans le Véritable Disciple, la comparaison de l'arbre artificiel. Si le Père Chevrier arrive bien à se faire comprendre dans ce passage, du point de vue littéraire ce n'est pas du meilleur crû[91].

Au contraire, il sait fort bien exploiter tout ce qu'il a observé et il arrive, en utilisant son expérience, à exprimer de manière brève et frappante ce qu'il veut dire. Par exemple, si nous avons observé l'éloquence avec laquelle un ouvrier qui aime son travail sait en parler, nous comprenons la portée de cette simple remarque : « Que les mystères de Notre Seigneur vous soient si familiers que vous puissiez en parler comme d'une chose qui vous est propre, familière, comme les gens savent parler de leur état, de leur vêtement, de leurs affaires[93]. »

hilazana fa ity lehilahy ity dia tena olona mahay mandinika ny zava-misy eo amin'ny fiainana, olona manana traikefa[88] hoy i J.F.Six.

Toa hoe olona tsy be nanana nofinofy loatra izy ka zary tsy mba manaitra firy ny zavatra ambarany. Mazava ho azy amin'izany koa ny tsy mba nahitany lohateny manintona amin'ny bokiny. Mifanao atsimo sy avaratra amin'ny fomban'ny mpanao gazety ny fombany. Ny mpanao gazety manko, mba hahazoana olona hamaky betsaka, dia manisy lohateny indraindray mifanipaka amin'ny tena marina sy ny fanajana ny mpamaky. Mamitaka matetika ny lohatenin-gazety. I Mompera Chevrier indray kosa, mba mahita lohateny manodoka ihany, saingy mifamadika amin'ny an'ny mpanao gazety. Ao ambadiky ny manjavozavo no anitrihany ny harem-be. Lazainy amin'ny lohateny, ohatra : « Fandavana ny sain'ny tena », hohazavainy io aloha fa rahefa avy eo, dia hampafantariny antsika amin'izay ny hoe : « Ny Fanahy Masina mitsoka amin'izay tiany aleha », ary mampanao ny olomasina « zava-mahatalanjona » ary mampaneho amin'izy ireo » ny aingampanahy sy ny fiheverana ny fitiavan'Andriamanitra tsy misy fetra »[90].

Mahalana dia mahalana izy amin'izany vao mba mampiasa fanoharana noforoniny. Hita ao amin'ny Ilay Mpianatra Marina ohatra, ny fanoharana momba ilay sarisarin-kazo. Sarotra dia sarotra ny mahazo ny tiany hambara amin'io raha ny fomba fametrahany azy no jerena[92].

Mifanohitra amin'izany anefa, raha zavatra hitany no hadihadiany, noho ny traikefa ananany sy ny fahaizany mandini-javatra, dia tafitany tsara tokoa, amin'ny teny fohy sady hentitra ny fanambarana azy. Ohatra, raha mba tsikarintsika ny fitantaran'ny mpiasa iray ny asa tiany, dia ho azontsika mora foana ity manaraka ity : « Mba ho tahaka ny fitantaran'ny olona ny momba ny asa tiany, ny fitafiany, ny fananany anie no mba fahalalanareo koa ny Misterin'ny Tompontsika ka ataonareo toa zavatra anananareo, iainanareo, resahinareo, an-davan'andro »[94].

87 Six p. 86, par exemple.
88 Six, p. 86, ohatra.
89 P. 228.
90 P. 228.
91 Pp. 220-221
92 P. 220-221.
93 Lettre n°64 (67) [4] A Monsieur l'Abbé Jaricot, Lyon, 20 mai 1868
94 Lettre n°64 (67) [4] Ho an'i Mompera Jaricot, Lyon, 20 mey 1868

Ce don naturel, transformé par la grâce, s'est exercé spécialement dans l'intelligence de l'œuvre de Dieu, intelligence qui s'est faite plus pénétrante au fur et à mesure que s'élargissait et s'enrichissait son expérience spirituelle[95] et apostolique.

Niaraka niasa tamin'ny fahasoavan'Andriamanitra io fanomezana voajanahary io, ary niorim-paka lalina tao aminy koa ny fahendren'Andriamanitra hita teo amin'ny asany ka nihamatotra hatrany hatrany arakaraky ny fotoana nahazoany nampivelatra sy nampitombo azy teo am-perinasa ara-panahy[96] sy apôstôlika.

Page 025

Pejy faha-025

Cette caractéristique personnelle du Père Chevrier nous aide à comprendre plusieurs choses.

Manampy antsika hahatakatra zavatra maromaro io toetra manokana nananan'i Mompera Chevrier io.

D'abord sa lenteur à prendre une décision puis sa fermeté pour garder les décisions acquises, enfin la force persévérante pour réaliser. Lenteur à se décider, c'est peut-être là qu'on voit la plus nette lacune de son tempérament. Il pèse longuement le pour et le contre et semble ne pas oser se lancer.

Ny fahavotsany mandray fanapahan-kevitra aloha, avy eo ny fitanany hentitra dia hentitra ny fanapahan-kevitra noraisiny, ary farany ny faharetany nanatanteraka azy. Ity fahavotsana maka fanapahan-kevitra ity angamba no azo lazaina fa tsy fahampiana teo amin'ny toetrany. Lanjalanjainy maharitra dia maharitra ny mety sy ny tsy mety vokatry ny fanatanterahana ny fikasana iray, hany ka heverina ho toa ny tsy sahy miroboka izy.

Cette prudence est peut-être la trace d'une ascendance rurale dauphinoise. Sans nul doute elle manifeste aussi un désir de ne faire que ce que Dieu veut. Mais, contrairement à d'autres qui ont été aussi bien que lui des hommes de Dieu, il n'est pas l'homme qui imagine l'avenir et qui, entraîné par sa vision intérieure, essaye de la réaliser. Il a besoin de s'appuyer, disons-le encore une fois, sur l'expérience, sur le réel. C'est pourquoi il a besoin de signes, quand il s'agit de réalités qui ne peuvent être perçues directement.

Mety ho fahamalinana nateraky ny fiaraha-monina nipoiran'ny ankohonany io, dia ny fiaraha-monina tambanivohitra any « Dauphiné ». Tsy isalasalana anefa fa maneho ny faniriana tsy hanatanteraka afa-tsy ny sitrak'Andriamanitra izany. Fa raha ampitahaina amin'ireo olon'Andriamanitra toa azy i Mompera Chevrier, dia tsy mba nirotoroto naminavina ny ho avy sy nanatontosa izany. Nilainy tokoa ny fiankinana tamin'izay rehetra efa vita sy ny tena misy marina. Izany no nilany famantarana raha tojo zavatra atao tsy hita maso mivantana izy.

Mais les décisions prises ainsi, fondées sur une expérience humaine et spirituelle, ne sont pas remises en question par les difficultés quotidiennes ; celles-ci ne se situent pas au même plan et ne peuvent contredire les certitudes acquises.

Tsy niverin-dàlana tamin'ny fanapahan-kevitra noraisiny izy noho izany, na inon-kidona na inon-kihatra teo amin'ny fiainana an-davan'andro ; satria tsy manohitra ny fizotry ny zavatra tanterahina sy efa ela niotrehana intsony ireny.

Ainsi donc, le Père Chevrier reste longtemps perplexe, surtout s'il s'agit d'une affaire

Toa sahiran-kirana tokoa izy, noho izany, indrindra raha zavatra tsapatsapaina no

95 Expérience spirituelle. Nous retrouverons plusieurs fois cette expression. Il est bon d'expliquer ce que l'on veut dire par là. On parle d'expérience pour signifier qu'il s'agit d'une connaissance directe en quelque sorte, une rencontre de personne à personne. On dit que cette rencontre est spirituelle, c'est-à-dire qu'elle est l'œuvre du Saint Esprit en nous et qu'il manifeste sa présence. Par conséquent spirituel ne désigne pas, dans ce cas, ce qui resterait purement et simplement au niveau des idées. Spirituel, signifie réel, plus réel que tout. Mais il s'agit de la réalité mystérieuse de Dieu qui ne peut être rencontré que dans la foi. Tout croyant fait une expérience spirituelle dans le fait même de croire. Mais, pour aller au bout de cette expérience, il ne faut pas seulement affirmer : Dieu existe, il y a un seul Dieu en trois personnes. Il me faut prendre conscience qu'en disant Père ou en m'adressant au Christ, je suis vraiment à tu et à toi avec le Père, avec le Fils, dans la grâce de l'Esprit Saint. « Hors de moi, nous ne pouvez rien faire. (Jn 15, 5) « Ce n'est pas que de nous-mêmes nous ayons qualité pour revendiquer quoi que ce soit comme venant de nous ; non, c'est Dieu qui nous a donné qualité, qui nous a qualifiés comme ministres d'une alliance nouvelle. » (2 Co 3, 5-6) Le Père Chevrier commente : « Savoir que tout bon sentiment, toute bonne pensée de foi et d'amour viennent de Dieu lui-même et l'en remercier. » (p. 118)

96 Traikefa ara-panahy : Hahita matetika an'io teny io isika ka tsara raha hasiana fanazavana ny tiany hambara : Traikefa ; asa natao mivantana ka nahalalana fomba matotra sy maharitra Ara-panahy : ny tena misy ao am-po sy ny ati-panahin'ny olona miorina amin'ny fahamarinan'ny Misterin'Andriamanitra ka asehon'ny finoana. Ny finoana no mitondra izany traikefa ara-panahy izany ao am-pon'ireo rehetra mino.

où il faut aller à tâtons. Mais ce n'est pas un hésitant et, sans être opiniâtre, il exécute avec persévérance ce qu'il a éprouvé comme étant la volonté de Dieu. Révélatrices de sa propre personnalité, ces lignes écrites à propos de Paul du Bourg, compagnon de Camille Rambaud : « Il ne compte pas assez sur la Providence de Dieu qui vous a toujours conduits, il n'ose pas, il ne croit pas assez, il n'a pas cette foi en l'œuvre qui fait la force d'un homme qui commence, entreprend et poursuit avec vigueur[97]

Nous verrons un peu plus loin la recherche laborieuse du Père Chevrier pour adopter un plan de composition de son livre. On peut dire que son manque d'imagination et son désir spontané de suivre l'expérience ne lui facilitait pas la tâche. C'est tout le contraire du romancier.

Page 026

Cette intelligence réaliste explique aussi sa manière d'aimer la vérité. Ce n'est pas un spéculatif et, s'il aime la vérité, c'est en homme d'action. Ce qu'il peut y avoir d'un peu timoré dans son caractère est compensé par le sens réaliste qu'il a de la vérité. La vérité est pour lui quelque chose à faire parce qu'on en a goûté la force. Il la fait patiemment, comme un travailleur laborieux.

Ce sens de la vérité qu'il faut faire est bien marqué, chez le Père Chevrier, par l'usage qu'il fait du mot véritable (dont il se sert plus souvent que du mot vrai). On reconnaît le véritable à une certaine efficacité qui vient de l'amour : le véritable disciple suit son Maître, les hommes véritables ne sont pas des bons à rien[99], la famille spirituelle est véritable quand elle rend les services dont les membres ont besoin[100], le véritable pauvre vit réellement la pauvreté, etc.

Même si cela correspond à des dispositions nouvelles, on voit aussi comment cela est inspiré par l'Evangile de saint Jean, où il est si souvent question de vérité.

tian-ko tanterahina. Kanefa tsy olon'ny fisalasalana izy ary tsy kizintina koa, fa tiany ny manatanteraka am-pitoniana sy amim-paharetana izay heveriny ho sitrapon'Andriamanitra. Mampiseho izany toetrany izany indrindra ity sombiny amin'ny taratasy nosoratany momba an'i Paul du Bourg naman'Ingahy Camille Rambaud ity : « Tsy mba miantehitra loatra amin'ny fitondran'Andriamanitra niankinanao mandrakariva izy, tsy sahy, tsy ampy finoana, tsy manana ilay finoana manentana ny olona hanatanteraka ny asa natomboka, tohizina ary zohina an-kavitrihana »[98].

Ao aoriana ao isika dia hahita ny vinavina kasain'i Mompera Chevrier handaminana ny bokiny. Azo lazaina fa tena sahirana tokoa izy amin'ny tsy fananany faminavinana sy nohon'ny fikasany hanaraka izay traikefa efa vitany. Tena tsy mpamoron-tantara mihitsy izy.

Pejy faha-026

Manambara ny fitiavany ny fahamarinana ihany koa izany fahiratan-tsaina mifantoka amin'ny zava-misy izany. Tsy mba olon'ny fitaka izy, ary raha tia fahamarinana aza, dia olona mpanatanteraka koa. Izay toa tsy ampy kely voatanisa mikasika ny toetrany izay anefa dia voatototry ny fitiavany ny tena marina. Ho azy, ny marina no tsy maintsy atao satria efa nandramana ny heriny sy ny vokany. Ary toy ny mpiasa feno fitiavana ny asany no nanatontosany azy tamim-paharetana.

Ny fahatsapan'i Mompera Chevrier io marina tsy maintsy atao io no nahatonga azy nifidy io teny marina fa tsy hafa mitovy hevitra aminy, amin'ny bokiny ka ampiasainy matetika dia matetika : fantatra amin'ny vokatra aterany noho ny fitiavana ny tena marina. Manara-dia ny Tompony ny Mpianatra tena marina ; ny tena lehilahy marina dia tsy mba olon-ko azy fotsiny[101]. Ny fianakaviana ara-panahy tena marina dia manompo ireo rantsambatany mila izany[102] ; miaina ny tena fahantrana ny tena mahantra marina, sns…

Mifanaraka tsy misy tomika amin'ny Evanjelin'i Md. Joany ny tanisa momba io marina io, na dia heverina fa zava-boajanahary aza.

97 Lettre n°20 (19) [5] A Monsieur Camille Rambaud [Cité,] 15 avril 1859. Encore une phrase bien frappée.
98 Taratasy faha-20 (19) [5] Ho an'i Ry Camille Rambaud [Cité,] 15 Avrily 1859 : Fehezan-teny iray tena manaitra koa io.
99 Cf Lettre citée p. 23
100 Cf. p. 152
101 Jereo taratasy voatsiahy p. 23.
102 Jereo p. 132.

Le réalisme du Père Chevrier le conduit à une sorte d'humanisme évangélique. Son sens de la pauvreté, par exemple, lui fait comprendre qu'une seule réalité s'impose à nous en ce monde, et c'est l'homme. Il est tout à fait dans la ligne de l'Evangile : la vie, le corps, c'est-à-dire l'homme, sont plus que la nourriture et que le vêtement[103]. Dans la ligne de saint Paul aussi[104].

Nialoha lalana amin'ny fitandroana ny zon'olombelona araka ny Evanjely izany i Mompera Chevrier amin'io fitandrovany ny zava-misy iainana io. Ny fandraisany ny fahantrana, ohatra, dia mampahatsapa azy fa zavatra iray ihany no tsy maintsy tandrovina eto an-tany : dia ny maha olona ny olona. Ary tena manaraka tokoa ny Evanjely izy eto : ny aina, ny vatana, izany hoe : ny olona, dia ambonimbony kokoa noho ny sakafo sy ny fitafiana[105]. Milaza izany koa i Md. Paoly[106].

Pour lui, ce qui comte, c'est l'Homme-Dieu et la transformation de l'homme à l'image de l'Homme-Dieu, c'est l'emploi des moyens que Dieu a voulu prendre pour cela et, avant tout, c'est trouver les hommes que Dieu veut envoyer pour cette œuvre de restauration de l'homme.

Ho azy, ny tena zavatra tsy maintsy imasoana, dia ny hahitana ny Endrik'Andriamanitra ao amin'ny olona ka hahatonga ny olona ho Olona – Andriamanitra, ny zavatra rehetra nomen'Andriamanitra dia ampiasaina hahatonga ny olona ho Endrik'Andriamanitra sy ho Olona – Andriamanitra, ka alohan'izany dia tsy maintsy tadiavina ny olona tian'Andriamanitra hanatontosa izany asa-panavaozana ny olona izany.

Et il est attentif dans l'homme à ce qui est plus humain. C'est pourquoi il a spontanément le sens de la grandeur incomparable de tous, particulièrement des petits que l'on est tenté de mépriser. Ce qui fait le grand homme est, en effet, bien peu de chose en comparaison de ce qui fait la valeur de toute personne humaine. Et cette manière de rendre hommage à l'homme est encore toute évangélique[107].

Tena manan-kasina tokoa ny Ain'olombelona teo aminy satria Ain'Andriamanitra. Notandroviny fatratra io maha-olona io. Izany no nahazoany manokana ny hevitry ny fahamboniana tsy misy itovizana ananan'ny tsirairay, indrindra ireo madinika ahilikiliky ny mpiara-belona. Tsinotsinona eo anatrehan'ny soatoavina maha-olona ny maha-olo-malaza ny olona iray. Dia mbola mifandray tanteraka amin'ny Evanjely koa io lafiny voatanisa io[108].

Le Père Chevrier un expérimental ? Il n'est pas exagéré de dire que derrière chaque indication, orientation, commentaire donnés par le Père Chevrier, il y a une expérience. Il nous livre la réflexion suscitée par sa propre vie. C'est cette vie, cette expérience qu'il faut saisir derrière les phrases de son livre :

Tena olona mpanandrakandrana tokoa ve i Mompera Chevrier ? Tsy tafahoatra loatra ny filazana fa ao ambadiky ny fanamarihana, sori-dàlana, famakafakana nomen'i Mompera Chevrier, dia misy fanandramana daholo. Atolony antsika eo amin'ny fiainany izany. Ireo fiainany sy ny traikefa azony tamin'ireo andrana notanterahiny sy nodinihiny ireo no tsara horaisina ao amin'ny asa soratra napetrany ho antsika.

« la connaissance de Jésus-Christ produit nécessairement l'amour[109] ! »

« Tsy maintsy mitondra antsika amin'ny fitiavana ny fahalalana an'i Jesoa Kristy »[110] !

« Les femmes dévotes surtout, invitent beaucoup les prêtres à venir les voir, surtout

« Ireo vehivavy tia vavaka no manasa ny Pretra, matetika, ary ny an-kamaroany

103 Mt 6, 25
104 Cf. Eph 4, 24
105 Jereo Mt 6 :25.
106 Jereo Ef 4 : 24.
107 Cf. Mt 18, 10
108 Jereo Mt 18 : 10.
109 P. 115.
110 P. 115.

celles qui n'ont rien à faire[111]…

Page 027

« Il y en a, malheureusement, qui croient que, parce qu'ils font une œuvre, qu'ils ont telle ou telle charge, que tout le monde doit les aider, les bien recevoir, leur donner[113]. »

Parfois, le Père Chevrier livre simplement les observations qu'il a faites mais souvent ces observations provoquent des réflexions un peu ironiques, une sorte de tendance à la satire sociale dont on trouvera maints exemples dans le Véritable Disciple. D'autres fois, il s'agit d'une intuition psychologique pénétrante et lucide. Enfin, il s'agit aussi de son expérience spirituelle personnelle et de son expérience apostolique, notamment l'expérience de la collaboration apostolique.

Cette ouverture du Père Chevrier à l'expérience était encore facilitée par son ouverture aux autres. Il n'était pas sentimental mais il était certainement très sensible. Cette sensibilité le faisait communier aux joies et aux souffrances des autres. On retrouvera cette sensibilité à travers l'importance qu'il donne à la douceur et à la compassion chez l'homme apostolique[115], importance donnée à l'esprit de famille, à l'affection dans la famille spirituelle[116].

Pour en terminer avec ce portrait du Père Chevrier, il faut dire que c'était une personnalité profondément unifiée et pacifiée dans la foi au Christ. Cette foi était vraiment pour lui la preuve des réalités qu'on ne voit pas[119] et ces réalités étaient pour lui les plus fondamentales, les plus attirantes. Quand il en parle, il aime se servir de l'adjectif beau.

amin'izy ireny, tsy manan-katao[112] ».

Pejy faha-027

« Indrisy, misy mihevitra fa noho izy manao asa soa, na mitana andraikitra toa izao na toa itsy, dia tsy maintsy manampy azy daholo ny olon-drehetra, tsy maintsy raisina amim-panajana izy, tsy maintsy homen-javatra izy »[114]

Indraindray i Mompera Chevrier dia manolotra am-pahatsorana ny zavatra nodinihiny, kanefa ao ambadik'ireny koa toa misy esoeso, notsoahina teo amin'ny zava-misy ara-piaraha-monina hita ombieny ombieny ao amin' Ny Mpianatra Marina. Indraindray koa anefa dia vokatry ny fandinihana toe-tsaina lalina sy mazava izy ireny. Ary farany dia tena vokatry ny, traikefa ara-panahy manokany sy ny traikefa apostolika nananany indrindra fa ireo izay niarahany nanatanteraka tamin'ireo Pretra namany.

Nanamora izany fisokafan'i Mompera Chevrier izany ny fifandraisany mivelatra tamin'ny olon-kafa. Olona mora tohina na dia tsy olona nentim-po fotsiny aza. Io no niombonany mandrakariva tamin'ny hafaliana sy ny fahorian'ny olona. Mbola hohitantsika ao aoriana ao ny fanomezany lanja mavesatra tokoa io fiontanam-po sy halemem-panahy tsy maintsy ananan'ny olona apôstôlika io[117], ny lanjan'ny fananana ny toe-tsaina maha mpianakavy ny mpianakavy, ny fifankatiavana eo amin'ny Fianakaviana ara-panahy[118].

Mba hamaranantsika ity filazana ny Endrik'i Mompera Chevrier ity, dia tsy maintsy hambara ny maha-olon'ny firaisan-kina sy fiadanan'i Kristy azy noho ny finoany. Ho azy io finoana io no porofon'ny fisian'ny zava-tsy hita maso[120], ary ireny fisian'ny tsy hita ireny dia fototra manintona indrindra. Hany ka rahefa miresaka an'ireny izy dia tiany ery ny mampiasa ny teny hoe : « mahafinaritra ».

111 P. 178.
112 P. 178.
113 Pp. 310-311.
114 Pp. 310-311.
115 Pp. 371-379 ; 434-435.
116 P. 152.
117 Pp. 371 – 319 ; 434 – 345.
118 P. 152.
119 Cf. Hé 11, 1.
120 Jereo Heb 11 : 1

Que c'est beau Jésus-Christ ! Que c'est beau la foi ! Les paroles du Christ, quelles belles paroles ! Le prêtre pauvre, qu'il est beau cet homme ! De telles expressions étaient fréquentes dans la bouche et sous la plume du Père Chevrier. Ainsi en témoigne le Père Duret son premier successeur en rapportant ses paroles :

« …O mes enfants, Jésus-Christ, le Verbe fait chair, c'est la lettre vivante que Dieu a envoyée au monde et le monde l'ignore. Oh ! il faut la lire à genoux, avec un grand respect. Il vous faut étudier Jésus-Christ et l'aimer, vous attacher à Lui et Le suivre. » Et le Père Duret continue :

Il voulait qu'on insistât beaucoup au catéchisme sur la divinité de Jésus-Christ. Il nous y exhortait souvent : « c'est la base de la vie chrétienne, ajoutait-il, on ne connaît pas assez nos, on ne croit pas ou on ne croit que très superficiellement, très vaguement à sa divinité. Il faut absolument amener le monde à croire en Jésus-Christ-Dieu ; c'est la vérité fondamentale qu'il faut mettre dans l'âme de nos enfants. Jésus-Christ est notre Maître, Jésus-Christ est notre Modèle, Jésus-Christ est notre voie, notre vie. » Ces paroles étaient constamment sur ces lèvres, l'étude de Jésus-Christ ravissait son âme et lorsqu'il nous parlait de Notre Seigneur, je l'ai entendu plus d'une fois s'écrier…

Mahafinaritra i Jesoa Kristy ! Mahafinaritra ny finoana !. Ny tenin'i Jesoa ataony hoe : Tena mahafinaritra izy ireo. Ny Pretra mahantra : Mahafinaritra io olona io. Fampiasany matetika izany na teo amin'ny resany na tao amin'ny sora-tànany. Manamarika manokana izany i Mompera Duret nandimby toerana azy voalohany teo amin'ny fitondrana ny fikambanana, ka hoy izy : »

O ry zanako malala, i Jesoa Kristy, teny tonga nofo, no taratasy velona nalefan'Andriamanitra ho an'izao tontolo izao fa tsy nandray azy izao tontolo izao. Am-pandohalihana anefa no tsy maintsy hamakiana Azy, amim-panajana fatratra. Tsy maintsy ianaranareo i Jesoa Kristy ary tiavinareo, ifikiranareo sy arahinareo ». Dia tohizin'i Mompera Duret izany ka hoy izy :

Notakiany mihitsy ny hanatitranterana ny maha-Andriamanitra an'i Jesoa Kristy, any amin'ny Katesizy. Nankahereziny matetika amin'izany izahay : « Fototry ny fiainan'ny Kristianina io : tsy ampy ny fahalalana ny Tompontsika, tsy mino na mino fa ety ivelany fotsiny ary tsy latsa-paka io maha-Andriamanitra Azy io ny olona. Tsy maintsy taomina mihitsy ny olona hino an'i Jesoa Kristy Andriamanitra : fototry ny fahamarinana tsy maintsy apetraka ao anatin'ny fanahin'ny zanatsika io. I Jesoa Kristy no Lalantsika sy Fiainantsika ». Tsy afaka tao am-bavany ireo teny ireo. Ny fianarana an'i Jesoa Kristy dia zavatra tena mampiravo azy, ary rehefa miresaka momba ny Tompontsika taminay izy, dia nandre azy matetika tokoa aho nilaza tamim-

Page 028

Pejy faha-028

…avec enthousiasme et l'accent d'une forte conviction : « Que c'est beau Jésus-Christ, mes enfants, que c'est beau !»[121] »

Comme on a pu le constater, ce portrait du Père Chevrier n'a pas eu la prétention de délimiter ce qui serait de la nature et ce qui serait de la grâce. Une telle entreprise serait d'ailleurs, pour bien des raisons, contestable.

Peut-être pensera-t-on que le portrait est trop flatteur. N'avait-il aucun défaut ? Il avait certainement des déficiences. J'ai relevé son peu d'imagination, sa lenteur à se décider. J'ai noté aussi comment il se ressentait des limites de son milieu et de son époque. Qu'il ait dû lutter aussi, comme chacun de nous, contre l'orgueil et l'égoïsme,

piotanana sy feo feno hery amam-pikasana hoe : « Mahafinaritra anie Jesoa Kristy, rankizy e, tena mahafinaritra be mihitsy » ?[122]

Mety ho tsikaritra eto am-pamakiana azy fa tsy voafetra amin'ireo voasoratra ireo ny endrika maha olona voa-janahary sy ara-pahasoavana an'i Mompera Chevrier. Raha izany manko no tanana ho izy dia tsy marina mihitsy ary azo toherina an-kitsirano.

Mety halaim-panahy koa ny sasany hilaza fa toa feno fidokafana azy fotsiny ilay endrika. Tsy nanan-kilema mihitsy ve izy ? Nanana ny fahalemeny tahaka ny olombeona rehetra izy. Voalazako izany raha nanamarika ny tsy fananany toe-tsaina maminavina loatra aho, ny fahavotsany mandray fanapahan-kevitra. Teo ihany koa ny voatsiahiko amin'ny toetrany voafetra eo amin'ny manodidina azy sy ny

121 PB 4, 1065 v-1066 r.
122 PB 4, 1065v – 1066 r

c’est indubitable.

Mais il est difficile de se faire une idée exacte des limites des hommes marquants. D’une part, ceux qui apportent leur témoignage, surtout si une réputation de sainteté est en jeu, sont spontanément portés, non pas à embellir mais à dire des choses conventionnelles. Qu’on écoute les discours d’éloges funèbres ou autres, en tous milieux, religieux, rationalistes, académiques ! Donc, il est bien difficile d’avoir des renseignements.

D’un autre côté, lorsqu’un type d’homme est bien réussi, on ne peut pas lui reprocher d’avoir des limites. On souhaite seulement que beaucoup d’hommes aient aussi peu de déficiences.

C’est ma conviction qu’Antoine Chevrier a été très réussi en son humanité. Après avoir été rebuté par certains aspects de sa personne, je dois avouer sincèrement que plus je l’ai connu, plus je me suis attaché à lui et j’ai mieux compris quelle valeur humaine avait développé en lui la grâce évangélique. On a dit que c’était un homme ordinaire. Je dirais plutôt qu’il avait tout pour rester un homme très ordinaire mais que son attachement au Christ et sa volonté de le suivre ont révélé les véritables virtualités de sa nature.

Au contraire des hommes plus brillants, apparemment plus humanistes, parmi ses contemporains, n’ont pas su se délivrer de leur temps et construire pour l’avenir une œuvre durable.

Ce destin est même une leçon : la valeur d’un homme ne se dessine que sous le regard de Dieu[123]

Elaboration du Véritable Disciple

Après avoir retracé l’histoire au sein de laquelle est né le Véritable Disciple, on pourrait tenter une histoire du livre lui-même, à partir des divers essais du Père Chevrier[125].

fotoan’andro niainany. Tahaka antsika rehetra dia niady tamin’ny fiavonavonana sy ny fitiavan-tena izy, tsy azo lavina io.

Vao mainka sarotra kokoa anefa ny maminavina ny fetran’ny olona manana ny maha-izy azy. Etsy an-daniny, ireo rehetra nanambara ny momba azy, indrindra fa raha ny laza maha-olomasina azy no banjinina, dia voatarika hilaza, tsy hoe handravaka akory, ny zavatra mendrika sy manan-kaja vitany. Na aiza na aiza andrenesanao kabarim-pandevenana, eo amin’ny fiaraha-monina rehetra, ara-pinoana, ara-pahalalana, ara-toetsaina, dia izay tsara, soa, mitondra vokatra tsara ho an’ny akanga sisa nanamborana no lazaina. Sarotra noho izany ny fanadihadiana.

Etsy an-kilany indray, raha hita tena tanteraka ilay olona, dia tsy mety ny manome tsiny azy amin’ny fetra nisy teo aminy. Ny tena irina aza, dia mba ho maro ny olona no ho vitsy kilema toa azy.

Koa ho ahy manokana, dia tena resy lahatra aho fa i Mompera Chevrier dia tena olona tanteraka ary mahomby. Nisy manko ny fotoana namparikoriko ahy na dia ny mijery azy fotsiny aza, fa rahefa nahalala azy tsara, niara-niaina taminy, dia tena niraikitra am-po taminy aho, ary nahatsikaritra ny tena soa toavina maha-olona vokatry ny fahasoavan’ny Evanjely tao aminy. Lazaiko eto amim-pahatsorana izany. Voalaza fa olon-tsotra tsy dia manahoana loatra izy. Izaho indray milaza fa nananany avokoa ny toetra maha-olon-tsotra, fa ny firaiketany tamin’i Jesoa Kristy sy ny finiavany hanaraka azy no mampakatra ireo hery manentana ny natiora ho lavorary.

Nisy dia nisy anie olona niaina tamin’ny androny, azo lazaina fa nahay, tia olona, kanefa tsy vitan’ny hoe tsy afa-nanoatra noho ny zava-nisy, fa tena tsy nahatsangan-javatra maharitra ho an’ny ho avy akory e !

Anatra lehibe io : ny maha-izy azy ny olona iray dia tsy voasoritra raha tsy eo ambany mason’Andriamanitra[124].

Famolavolana ny Mpianatra Marina

Raha toy izany àry ny fitantarana ny sehatra nahaterahan’ny boky Ny Mpianatra Marina, dia andeha indray handramana hosoritana ny tantaran’ilay boky, miainga avy any amin’ny fikarohan’i Mompera Chevrier[126].

123 Cf. 1 Samuel 16, 7 ; Jérémie 17, 10 ; 20,12.

124 Jereo I Sam, 16, 7 ; Jer. 17, 10 ; 20, 12

125 Les manuscrits du Père Chevrier présentent une succession d’ébauches de plus en plus développées. (cf. p. 37)

126 Fanandramana maro no voarakitra ao amin’ny asa soratra navelan’i Mompera Chevrier, ary miha-mivelatra arakaraka ny fotoana izany ? Jereo p. 37.

On sait avec certitude, qu'il faut commencer par un règlement de vie écrit en décembre 1857.

La continuité d'orientation entre le règlement de 1857 et le texte auquel travaille le Père Chevrier, vingt ans plus tard, à Rome, est frappante. Il est non moins frappant de constater que les premiers écrits abordent d'emblée le thème de l'imitation de Jésus-Christ notre modèle.

« Etudier Jésus-Christ dans sa vie mortelle, dans sa vie eucharistique, sera toute mon étude.

Imiter Jésus sera tout mon désir, le but unique de toutes mes pensées, la fin de toutes mes actions.

Je veux vous ressembler, ô mon Divin Sauveur, quel modèle plus sûr pourrais-je prendre. Faites que je sois tellement semblable, conforme à vous, que je ne fasse qu'un avec vous, que je suis véritablement et dignement votre représentant sur la terre et quand aux pouvoirs et quant aux vertus.

Je vous prends pour mon maître et mon modèle, je serai votre disciple et votre image, éclairez-moi et fortifiez-moi.

Le prêtre est la plus parfaite image de Jésus sur la terre, il est le prêtre du Dieu de la crèche, du Dieu qui s'humilie jusqu'à prendre ce qu'il y a de plus infirme, de plus abject et se confondre parmi ses créatures dégradées par le péché. Il est prêtre du Dieu de la crèche, du Dieu de la croix, du Dieu qui a livré son sang pour ses bourreaux, qui a été patient dans les souffrances et les mépris.

Le prêtre est établi pour faire revivre toutes les vertus, les exemples de Jésus-Christ, il doit être la plus parfaite image de Jésus-Christ sur la terre.[127]

« Imiter Jésus, voilà donc mon but unique, la fin de toutes mes pensées et actions, l'objet de tous mes vœux et désirs. Sans cela, je ne ferai jamais un bon prêtre et ne travaillerai jamais efficacement au salut des âmes.

Fantatra mazava, fa ny fitsipi-piainana tamin'ny Desambra 1857 no tsy maintsy hanombohana.

Ny fifanohizan'ny sori-dalana tao amin'ny fitsipika natao tamin'ny 1857 sy ilay lahatsoratra nentin'i Mompera Chevrier niasa tany Roma roapolo taona taty aoriana, dia tena mahatalanjona tokoa. Tsy latsaka izany koa ny fahagagana rahefa tsikaritra fa ny voasoratra teo aloha dia miainga mivantana avy amin'ny « Fangalan-tahaka an'i Jesoa Kristy modelintsika ».

« Mianatra an'i Jesoa Kristy eo amin'ny fiainany mety maty, eo amin'ny fiainany ao amin'ny Eokaristia, no ho fianarako tokana. »

Maka tahaka an'i Jesoa no ho faniriako manontolo, tanjona tokan'ny fandinihako, fiafaran'ny asako rehetra.

Te hitovy Aminao aho, Ry Andriamanitra Mpanavotra ahy, satria tsy misy modely mahatoky hafa azoko alain-tahaka. Ataovy tena mitovy tanteraka Aminao aho ka ho tonga iray ihany isika, ary ho tena solontenanao marina sy mendrika tokoa aho, eto an-tany na eo amin'ny fahefana na eo amin'ny hatsaram-panahy.

Raisiko ho Mpampianatra ahy sy ho modeliko Ianao, ho mpianatrao sy ho endrikao aho ka hazavao sy hamafiso.

Ny Pretra no endrik'i Jesoa lavorary indrindra eto an-tany, izy no mpisoron'Ilay Andriamanitra tao an-tranon'omby, Ilay Andriamanitra nietry tena ka naka ny endriky ny farofy indrindra, ny maharikoriko indrindra, ary nifangaro amin'ny zava-boaary navarin'ny fahotana. Izy no Pretran'Ilay Andriamanitra tao an-tranon'omby, Ilay Andriamanitra teo ambony Lakroa, Ilay Andriamanitra nahafoy ny Ràny ho an'ny mpamono Azy, naharitra tamin'ny fijaliana sy ny fanaratsiana.

Napetraka hanome aina indray ny hatsaram-panahy rehetra, sy ny ohatra velona nomen'i Jesoa Kristy ny Pretra, ka noho izany dia izy no tsy maintsy ho endrika lavorary indrindra maneho an'i Jesoa Kristy eto an-tany. »[128]

« Maka tahaka an'i Jesoa àry no tanjona tokana kendreko, fiafaran'ny fieritreretako sy ny asako rehetra, zava-kendren'ny fikasako sy ny faniriko. Raha tsy misy izany, dia tsy ho tena Pretra marina na oviana na oviana aho, ary tsy hitera-bokatsoa na

127 Ms X 8-9.
128 Ms X 8-9

Etudier Jésus, voilà mon étude.

Imiter Jésus, ô mon Dieu, que ce mot renferme de sens ![129] »

Dans la suite, l'insistance porte sur suivre Jésus-Christ : une imitation qui est le fruit de la connaissance et de l'union. Le Père Chevrier est devenu plus consciemment mystique dans l'apostolat et c'est cette voie qu'il veut enseigner.

Dans quel ordre ranger les divers essais ? Ce n'est pas notre but. Nous avons plutôt cherché à désigner le texte le plus élaboré. Mais à travers l'ensemble, se dessine assez bien la manière du Père Chevrier dans le développement de sa pensée.

Il part toujours de son intuition essentielle qu'il explicite de plus en plus, en reprenant sans cesse le travail.

La manière de procéder du Père Chevrier pour composer rejoint d'ailleurs celle qu'il emploie pour instruire. Qu'il s'agisse de prédication aux fidèles, de…

oviana na oviana ho an'ny famonjena fanahy izay asa ataoko.

Mianatra an'i Jesoa, Io no fianarako.

Maka tahaka an'i Jesoa, O ry Andriamanitra ô, mafonja anie ny hevitr'izany é ! »[130]

Manaraka an'izany, dia ny « fanarahana an'i Jesoa Kristy » indray no antitranteriny : vokatry ny fahalalana sy ny firaisana ny fakan-tahaka. Lasa mpibanjina an'Andriamanitra fanahy iniana teo amin'ny apôstôlà i Mompera Chevrier, ary io làlana io no tiany hampianarina.

Atao ahoana àry no handaminana ireo fanandramana efa natao ? Tsy any mihitsy ny zava-kendrenay. Mikaroka izahay mba haneho ny lahatsoratra voavolavola indrindra. Saingy hita misoritra amin'ny ankapobeny ny fomba nentin'ny Mompera Chevrier namelabelatra ny heviny.

Miainga avy amin'ny tsirin-kevitra fototra izy, dia manitatra sy manamafy azy eo am-pamerenana ombieny ombieny ny asa.

Mitovy amin'ny ataon'ny mampianatra ihany ny fomba nampiasainy tamin'izany. Na teo amin'ny toriteny ho an'ny mpiangona izany, na teo amin'ny fampianarana.

Page 030

Pajy faha-030

…catéchisme aux enfants ou de formation sacerdotale, il emploie ce qu'on pourrait appeler une méthode globale.

Pour justifier cette méthode, le Père Chevrier peut se placer à divers niveaux.

Quand il s'agit de catéchisme, pensant aux enfants souvent incultes pour lesquels était fait le Prado, il écrit : « Il faut toujours aller du gros au fin. On veut toujours aller au fin. Il faut s'en tenir au gros et n'aller au fin qu'autant que les gens en sont capables[131]. »

Mais, ce faisant, il ne s'agit pas seulement de s'adapter aux aptitudes intellectuelles déficientes d'un auditoire. Il s'agit de retrouver une loi fondamentale de la connaissance religieuse (et de toute connaissance pourrons-nous ajouter). La foi est,

Katesizy tamin'ny ankizy, na teo amin'ny fanofanana ireo ho Pretra, dia nampiasainy hatrany ilay antsoina hoe : « paika malalaka ».

Mba hanamarihana io fomba fiasa io, dia azo atao ny mametraka an'i Mompera Chevrier amin'ny ambaratongany maro.

Momba ny katesizy, noho ny fahitany an'ireo zaza tsy mahay ninoninona matetika, ka nahatonga azy hamorona ny Prado ho azy ireo, dia izao no voasorany : « Raiso amin'ny an-kapobeny aloha vao mandray ny an-tsipiriany. Ny an-tsipirihany mandrakariva no tian-ko azo. Ny bolongany aloha aroso izay vao manome ny vovony rahefa hita fa afa-mandray izany ny olona[132].

Tsy noho ny mpihaino votsa saina ao amin'ny Katesizy ihany anefa no ampiasana io fomba io. Tena ny fototry ny fampitam-pahalalana ara-pinoana mihitsy no voakasika eto. Azo lazaina aza hoe fampitam-pahalalana rehetra. Ny vontoatin'ny

129 Ms X 24.
130 Ms X 24
131 Ms VII 553.
132 Ms VIII 553

par essence, une connaissance synthétique, globale, parce qu'elle est adhésion à quelqu'un. Avant de répondre à la question que devons-nous prêcher ? Le Père Chevrier a répondu à celle-ci : Qui devons-nous prêcher ?

finoana manko dia sady voafintina no malalaka satria firaiketana amin'Olona tokana. Alohan'ny hamaliana ny fanontaniana inona no toriantsika ? Dia hoy i Mompera Chevrier hoe : Iza no torintsika ?

Il procède selon le même principe avec les séminaristes. Il a composé plusieurs cahiers à l'usage des jeunes élèves de l'école cléricale et ces cahiers ont tout naturellement servi de prélude à ce qu'il voulait faire pour les aînés, ceux auxquels il a fait faire profession au moment où ils allaient entrer en philosophie, au grand séminaire diocésain.

Io fomba io koa no nampiasaina amin'ny Seminarista. Nanamboatra kahie maromaro ho an'ny mpianatra tao amin'ny Sekoly fanofanana Solofo izy, ary nialoha lalana ny zavatra rehetra nomaniny ho an'ireo zoky nampanaoviny fiekem-pinoana alohan'ny nanirahany azy ireo hianatra filôzôfia tany amin'ny seminera Zokiny an'ny Diosezy.

A travers les nombreux écrits du Père Chevrier, il nous a semblé pouvoir retrouver le cheminement suivant dans le développement de sa pensée.

Teo am-pamakiana ny asa-soratra maro dia maro nataon'i Mompera Chevrier, dia izao no mety ho tsikaritRay momba ny fivelaran'ny heviny :

L'intuition essentielle s'exprime d'abord sous cette forme : Connaître Jésus-Christ, c'est tout.

Fintininy amin'ny andian-teny fohy ny Ventin-kevitra : « Mahalala an'i Jesoa Kristy, izay ihany ».

Puis c'est le mot connaître qui se développe : connaître, aimer et imiter ou suivre. Connaître et suivre entreront d'ailleurs en concurrence pour exprimer d'un seul mot tout le contenu, conformément à ce qu'on trouve dans l'Ecriture, par exemple en saint Jean.

Avy eo, velabelariny ny hevitry ny teny hoe : mahalala : mahalala, mitia, maka tahaka na manara-dia. Araka ny Soratra Masina, ao amin'i Md. Joany, ny mahalala sy manara-dia, dia hevitra tsy azo sarahina.

« La vie éternelle, c'est qu'ils te connaissent, toi le Véritable Dieu et ton envoyé, Jésus-Christ[133]. »

« Ary izao no fiainana mandrakizay dia ny mahalala Anao hany Andriamanitra tokana sy Jesoa Kristy izay nirahinao[134]

« Qui me suit ne marchera pas dans les ténèbres mais aura la lumière de la vie[135]. »

« Izay manaraka Ahy, tsy mba mandeha amin'ny haizina fa hanana ny fahazavan'ny fiainana. »[136]

Ensuite, c'est le nom de Jésus-Christ qui évoque, non seulement sa personne mais aussi sa vie et se développe dans le « Tableau de Saint Fons », la Crèche, le Calvaire, le Tabernacle[137]. Suivre Jésus-Christ, c'est donc devenir comme lui pauvre, crucifié, mangé. Chacun de ces trois aspects sera lui-même explicité.

Manaraka avy eo ny anaran'i Jesoa Kristy manambara, ankoatra ny maha-olona azy, ny fiainany manontolo, voasoritra ao amin'ny « Tableau de Saint-Fons », dia ny Tranon'omby, ny Kalvery, ny Tabernakla[138]. Ny manara-dia an'i Jesoa Kristy izany, dia miova ho toa Azy mihitsy : mahantra, fantsihana, hohanina. Dia porofoina mazava tsara tsirairay avy ireo teny telo ireo.

Enfin, le tout aussi sera développé ipso facto, tout au long du livre en conséquence des développements précédents. On saura qu'avoir l'Esprit de Dieu c'est tout, tout pour soi-même, tout pour une communauté. Avoir le nécessaire et savoir…

Ary farany, ny teny hoe : « Izay ihany dia tena voavelabelatra mihitsy ombieny ombieny ao anatin'ny boky manontolo. Fantatra ohatra ireto : rehefa manana ny fanahin'Andriamanitra, dia izay ihany, ho an'ny tena irery ihany ; ho an'ny

133 Jn 17, 3
134 Jn 17 :3
135 Jn 8, 12
136 Jn 8, 12
137 Ce tableau en trois parties est appelé, au Prado, le Tableau de Saint-Fons. (cf. annexe V, p. 533)
138 Io no sary hosodoko misy fizarana telo io dia antsoina ao amin'ny Prado hoe : "Tableau de Saint Fons". (Jereo Tovana V p. 533)

kôminôte irery ihany. Manana izay ilaina ihany ny mifaly...

Page 031

Pejy faha-031

…s'en contenter, c'est tout. Aimer Dieu et instruire les pauvres, c'est tout. Et sous mille autres formes moins littérales, on retrouve ce tout, le prix inestimable de chaque aspect de la vie, dès lors qu'il s'agit de la conformité au Christ.

amin'izany. Tia an'Andriamanitra sy mampianatra ny mahantra, izay ihany. Rahefa mahafaoka ny fiainana miaraka amin'i Kristy dia ampiasainy amin'ny fomba maro samihafa io teny io, mba hanambarany fa tena lafo vidy tokoa anie izany fiainana izany amin'ny lafiny rehetra.

Pour exposer sa pensée, le Père Chevrier empruntait volontiers à d'autres leurs schémas. On est pratiquement sûr que les trois parties du tableau de Saint-Fons ne sont pas de son invention. Du reste cette manière d'aborder le mystère de notre conformité au Christ est plus que classique et la réflexion spirituelle y tend plus ou moins spontanément.

Mindrana fomba famelabelarana amin'olon-kafa an-tsitrapo mihitsy izy indraindray mba hampitana ny heviny. Hita mazava izany amin'ny fampiasana ireo andian-kevitra telo fonosin'ny « Tableau de Saint Fons ». Manamora kokoa ny fanazavana mikasika ny misterin'ny finoana mantsy io fomba io na dia heverina fa efa ela ka toa lany andro aza.

Avec le cahier intitulé *le Sacerdoce*, le Père Chevrier met vraiment un livre en chantier. Il a essayé de suivre un plan qui semble inspiré en partie par celui d'un traité de théologie car les premiers chapitres donnent une division abstraite du sujet : But, excellence… nature de cette union (à Jésus-Christ), sa nécessité, ses effets.

Amin'ilay kahie iray mitondra ny lohahevitra hoe : « ny maha-pretra » dia tena boky iray goavana mihitsy no natombok'i Mompera Chevrier. Nandramany narahina ny filamatra iray mikasika ny famelabelarana teôlojia satria ny toko voalohandohany ao dia mitsinjara ho fizarana manjavozavo toa ny hoe : zava-kendrena, hatsarana… fomba nahatongavan'izany firaisana (amin'i Jesoa Kristy) izany, ny liana azy, ny vokany.

Finalement, le Père Chevrier adopte le plan qu'il a trouvé dans l'Evangile. « Si quelqu'un veut venir après moi, qu'il se renonce lui-même, qu'il prenne sa croix et qu'il me suive[139]. »

Tamin'ny farany anefa dia filamatra notsoahiny avy ao amin'ny Evanjely no nampiasain'i Mompera Chevrier. « Raha misy te-hanaraka Ahy, aoka izy handà ny tenany, sy hitondra ny hazo fijaliany, ka hanaraka Ahy ».[140]

Le vouloir venir après lui est le fruit de la connaissance de Jésus-Christ, cette connaissance qui produit nécessairement l'amour et donne l'élan pour répondre à l'appel de celui qui dit : « viens ».

Ny fitiavana hanaraka Azy dia vokatry ny fahalalana an'i Jesoa Kristy, fahalalana miteraka fitiavana hamaly ny antso hoe : « Avia ».

Cette réponse se réalise en renonçant à soi-même, en portant sa croix et en suivant le Maître.

Tanteraka io famaliana ny antso io, rehefa mandà ny tenany ny olona nantsoina ka vonona hitondra ny hazofijaliana eo am-panarahan-dia ny Mpampianatra.

A force d'étudier l'Evangile et Saint Paul, le Père Chevrier ayant amassé des matériaux et recueilli des observations, doit compléter ce plan. D'autres paroles de Jésus l'y invitent. Au renoncement à soi-même, il faut ajouter le renoncement à la famille et au monde[141] et le renoncement aux biens de la terre[142].

Voatery nofenoiny io filamatra tao amin'ny Evanjely io, rehefa avy namaky sy nandinika fatratra ny Evanjely sy i Md Paoly i Mompera Chevrier. Misy tenin'i Jesoa hafa koa manko nanasa azy hanao izany. Ny teny hoe : « fandavan-tena » dia tsy maintsy nampiana hoe : « fandavana ny fianakaviana, fandavana an'izao tontolo

139 Mt 16, 24
140 Mat 16 :24
141 Cf. Mt 10,37 ; Jn 15, 19

Pour traiter chaque partie, le Père Chevrier suit des méthodes diverses. Il emprunte, par exemple, à des analyses psychologiques, quand il divise le renoncement à soi-même selon quatre domaines : corps, cœur, esprit et volonté.

Il est toujours à la recherche d'une certaine logique et celle-ci n'est pas toujours facile à découvrir ni pour lui, ni pour ses lecteurs. Il arrive qu'on puisse retrouver une sorte de progression spirituelle dessinée à travers le plan. Dans ce cas, d'ailleurs, on peut relever des hésitations sur l'ordre à suivre qui n'est pas exactement le même dans les divers manuscrits.

Il arrive aussi que l'ordre est simplement dicté par la succession des choses dans l'Evangile. Par exemple, dans la dernière partie du Véritable Disciple, il est d'abord question de suivre Jésus-Christ dans le jeûne. C'est qu'en effet l'Evangile nous montre Jésus jeûnant quarante jours au désert avant d'inaugurer sa prédication. Puis vient la prière qui est associée au jeûne dans l'Ecriture.

Enfin, l'ordre du développement est encore marqué par l'expérience apostolique…

izao[143], fandavana ny haren'ny tany »[144].

Fomba maro samihafa no narahiny mba hamelabelarany ny fizarazarana tsirairay. Nalainy ohatra ny fanadihadiana toe-tsaina rahefa niresaka mikasika ny fandavantena izy, ka nozarainy efatra : vatana, fo, saina, finiavana.

Mikaroka mandrakariva fifanjohin-kevitra izay tsy dia mora hita loatra izy, na ho azy manokana na ho an'ny mpamaky. Tsapa fa misy fizorana ara-panahy miandalana ao amin'ny filamatra. Eo an-daniny kosa anefa dia toa misy fisalasalana kely teo am-pandaminana ny asa soratra.

Indraindray koa io fandaminan-kevitra io, dia nampanarahany an-kitsirano ny fipetrany ao amin'ny Evanjely ao. Rahefa miresaka momba ny fanarahana an'i Jesoa Kristy amin'ny fifadian-kanina izy, ohatra, ao amin'ny fizarana farany, amin'ny Ny Mpianatra Marina. Voalazan'ny Evanjely tokoa manko fa nifady hanina efapolo andro tany an-taniefitra i Jesoa vao nanomboka nitory ny Vaovao Mahafaly. Avy eo tohiziny amin'ny vavaka mifandray amin'ny fifadian-kanina, ao amin'ny Soratra Masina.

Ary farany, dia ny traikefa apôstôlika

Page 032

Pejy faha-032

…du Père Chevrier. C'est sans doute le cas des derniers chapitres du livre comme on le montrer plus loin[145]

Quoiqu'il en soit dans le détail de l'exactitude historique du cheminement que nous venons de retracer, on pourra retenir qu'aucune ligne du Véritable Disciple n'a de sens, sinon à la lumière de l'intuition originelle : « Tout est renfermé dans la connaissance de Jésus-Christ[147]. » Hors de cette lumière, on ne peut aboutir qu'à de fausses interprétations.

nananany no tena mana-marika ny famelabelaran-kevitr'i Mompera Chevrier. Manaporofo izany ireo toko faramparany ao amin'ny boky holazaina atsy aoriana kely[146].

Na izany aza ny an-tsipiriany ara-tantara marin'ny lalana nomban'i Mompera Chevrier izay hitantsika hatram'izao, dia azontsika tànana mafy tokoa fa tsy misy na dia an-dalany iray aza, ao amin'ny boky Ny Mpianatra Marina, manana ny heviny raha tsy hazavain'ny aingam-panahy fototra : « Mifantoka amin'ny fahalalana an'i Jesoa Kristy daholo ny rehetra »[148]. Ivelan'io fahazavana io, lainga

142 Cf. Lc 14, 33
143 Mat 10 :37 ; Jn 15 :19
144 Lk 14 :33
145 Cf. pp. 43, 338
146 Jereo pp. 43, 338
147 P. 113

sy fitaka no sisa.

Il est également hors de doute que le mouvement qui parcourt le Véritable Disciple est aussi celui qu'on retrouve à travers le Tableau de Saint-Fons.

Tsy isalasalana koa fa ny fizotry ny dinika ao amin'ny boky Ny Mpianatra Marina dia notarafina tamin'ny Tableau de Saint-Fons.

La première partie du Véritable Disciple est tournée vers le mystère de l'Incarnation et ce que produit la connaissance de ce mystère, une communion au Christ, source d'appauvrissement, d'abaissement. C'est la Crèche. Du même mouvement, celui qui a su devenir pauvre est disponible pour prendre la Croix déjà présente à sa vie de pauvreté. Alors, il est en mesure, devenu bon pain, de travailler en parfaite union avec le Pain vivant descendu du ciel, en le suivant partout et en tout, pour donner la vie au monde.

Ny fizarana voalohany ao amin'ny boky Ilay Mpianatra Marina dia mitodika amin'ny Misterin'ny Fahatongavana ho nofo sy ny vokatra ateraky ny fahalalana izany mistery izany, dia ny firaisana amin'i Kristy, loharanom-pitiavana ny fahantrana sy ny fanetren-tena. Io no tranon'omby. Miaraka amin'izay, ny olona nahay nitia ny fahantrana dia vonona hitondra ny hazofijaliana izay efa raiki-tapisaka eo amin'ny fiainana maha mahantra azy. Ary noho izany, noho izy nanjary mofo, dia afa-miara-miasa tanteraka amin'Ilay Mofo velona nidina avy any an-danitra izy, ka manaraka azy amin'ny zavatra rehetra na aiza na aiza, mba hanomezana aina an'izao tontolo izao.

A quel genre de livre aboutit ainsi le Père Chevrier ?

Boky inona tokoa re no tian'i Mompera Chevrier havoaka ?

Nous avons déjà remarqué qu'il est en contact constant avec son public. Le texte est pour ainsi dire mis à l'épreuve au fur et à mesure car il est composé en dialogue avec les usagers.

Efa nomarihintsika fa teo am-pifandraisana mivantana mandrakariva tamin'ny olona izy no nanoratra. Nosedraina ombieny ombieny mihitsy izany ny lahatsoratra satria vokatry ny fifanakalozan-kevitra no namoronana azy.

A Rome, au printemps de 1877, le Père vit avec ses premiers disciples. C'est dans cette période que le Père écrit à Joseph Jaricot : « Je travaille à mon Vrai Disciple. Je l'explique tous les jours. Nous allons commencer à voir la pratique ; c'est là qu'il y aura probablement quelques difficultés[149]. »

Tany Roma, tamin'ny lohataona 1877, niara-niaina tamin'ireo mpianany voalohany i Mompera Chevrier. Tamin'io fotoana io izy no nanoratra tamin'i Josefa Jaricot : « Manao ny Mpianatra Marina aho ato. Manazava azy isan'andro. Hanomboka hampihatra azy izao ; ka eo angamba no hahitana fahasahiranana kely »[150].

Les conditions dans lesquelles a été élaboré ce livre sont encore les conditions pour lesquelles il est fait actuellement. Il faut sans hésiter appliquer à ce cas ce que dit par ailleurs le Père Chevrier au sujet du catéchisme : « ce n'est pas le livre qui instruit, c'est le prêtre[151]. »

Mitovy tsy misy valaka amin'ny toe-javatra ankehitriny ny zava-nisy tamin'ny famolavolana io boky io. Tsy an-kisalasalana no ampiharana ny tenin'i Mompera Chevrier momba ny fampianarana Katesizy, raha ny mikasika ity boky ity no tenenina. Hoy manko izy : « Tsy ny boky no mampianatra fa ny Pretra »[152].

Le livre du Père Chevrier est tout à fait en situation quand il est entre les mains d'un prêtre chargé de formation sacerdotale qui le commente en suscitant le dialogue avec les séminaristes.

Raha Pretra manofana tanora ho Pretra no mampiasa ny bokin'i Mompera Chevrier, ka fifanakalozan-kevitra amin'ny seminarista no anombohany izany dia tena mahomby mihitsy.

148 Jereo p. 113
149 Lettre n°148 (83) [7] [A Jean-Claude Jaricot] [Rome, fin avril 1877]
150 Taratasy faha-148 (83) [7] [Ho an'i Jean-Claude Jaricot] [Roma, faran'ny volana avrily 1877]
151 P. 450.
152 P. 450

C’est un manuel si l’on veut, en ce sens qu’il est normalement fait pour être mis entre les mains de l’élève et surtout tenu en mais par un prêtre qui veut établir la conversation avec les élèves[153].

Ceci est encore appuyé par la conception de la formation qu’avait le Père…

Boky novolavolaina ho an’ny mpianatra kanefa kosa ampiasain’ny Pretra hampidirany resaka amin’ny mpianany[154].

Mbola ny fahazoan’i Mompera Chevrier ny fanofanana tiany homena ny

…Chevrier. Il s’en est expliqué dans le Véritable Disciple lui-même. La grande méthode est de prendre avec soi, pour instruire, reprendre, mettre en action, comme a fait Jésus avec les douze[155].

mpiofana ho Pretra ihany no manamafy izany. Izy ihany no manazava izany ao amin’ny Ny Mpianatra Marina. Ny tena paika mahomby dia izao, raisina miaraka amin’ny tena mba hampianarina, dia raisina indray, dia asaina mampihatra, tahaka ny nataon’i Jesoa tamin’izy roa ambin’ny folo lahy[156].

Ainsi donc ce manuel de formation sacerdotale est fait pour maintenir le responsable de la formation au niveau du mystère caché dans cette tâche. Le Christ prend avec lui, pour les former, ceux qu’il appelle à sa suite. Mystère qui se réalise à travers la personne de ceux qui ont mission de former à la vie évangélique.

Natao ho an’ny mpanabe, manofana Pretra àry io boky io, mba hitanana azy ireo amin’ny ambaratongan’ny mistery miafina amin’izany andraikitra izany. Alain’i Kristy miaraka aminy mba hofanina ireo nantsoiny hanaraka Azy. Mistery tanteraka eo amin’ny olona irahina hiantsoroka fanofanana amin’ny fiainana araka ny Evanjely io.

Le Véritable Disciple est un livre de formation sacerdotale parce qu’il ne se contente pas de décrire un comportement extérieur du prêtre, mais qu’il est surtout attentif à l’esprit qui produit ce comportement et à la source où l’on puise cet esprit. Or puiser à cette source et se familiariser avec cet esprit, voilà bien l’essentiel de la formation sacerdotales. Et ceci nous explique qu’on prêtre puisse utiliser ce livre jusqu’au terme de sa course ; il faut sans cesse puiser le même esprit à la même source que jadis, pour être, comme on dit aujourd’hui, en état de formation permanente.

Boky fanofanana ho Pretra Ny Mpianatra Marina satria tsy ny toetra ivelany tsy maintsy hananan’ny Pretra fotsiny ihany no lazaina ao anatiny, fa ao indrindra indrindra ny toe-panahy manentana io toetra io sy ny loharano iavian’io toe-panahy io. Koa ny manovo amin’io loharano io, sy ny miaina an’io toe-panahy io no tena ventiny amin’ny fanofanana Pretra. Mazava loatra araka izany fa azon’ny Pretra ampiasaina mandra-maty io boky io ; tsy maintsy tovozina tsy an-kijanona ao amin’ny loharano niandohany ny toe-panahy, mba haharitra ny vokany. Io ilay antsoina ankehitriny hoe : fiofanana maharitra.

Manuel de formation sacerdotale et description d’un type de prêtre, ces deux aspects du livre sont présents jusque dans le titre donné à l’ouvrage par le Père Chevrier, le Prêtre selon l’Evangile ou le Véritable Disciple de Notre Seigneur Jésus-Christ.

Sady boky ho an’ny fanofanana ho Pretra no fitanisana ny toetra tsy maintsy ananan’ny Pretra ho an’ny mahantra : ireo lafiny roa ireo dia misongadina mihitsy ao amin’ny boky, eny fa na dia ny anaran’ilay boky aza dia nataon’i Mompera Chevrier hoe : « Ny Pretra araka ny evanjely na Ny Mpianatra Marin’i Jesoa Kristy Tompontsika ».

153 Cela ne veut pas dire que le manuel en question ne puisse être utilisé en d’autres conditions et par d’autres que des séminaristes. Une longue expérience montre bien que des gens ont trouvé dans ce livre ce qu’ils cherchaient sans avoir nécessairement besoin d’un maître pour le commenter.

154 Tsy milaza io fa tsy azon’olon-kafa ampiasaina io boky io. Azon’ny rehetra ampiasaina izy io na dia tsy misy Pretra aza ; Voaporofo hatramin’ny ela izany.

155 P. 122

156 P. 222

Faut-il donner la prépondérance à l'un ou à l'autre ? Certains, pour des raisons de fidélité historique, d'autres pour des raisons d'adaptation à la mentalité actuelle, pensent qu'il faut opter pour la première partie du titre[157].

Au Prado, on a l'habitude de dire le Véritable Disciple. Lors du procès de canonisation, l'usage paraît déjà établi et, d'ailleurs, il est indiscutable que le Père Chevrier employait ce titre[159].

Une raison toute pratique plaide en faveur de cet usage ; la locution Véritable Disciple est plus rapide et plus commode à prononcer que l'autre. Le Père Chevrier employait sans doute souvent ce titre, peut-être pour cette raison.

Pourtant, il faut faire une autre suggestion car, à mon avis, le Père Chevrier pourrait avoir des raisons bien pesées de préférer le second titre.

D'une part, il tient à caractériser l'attitude essentielle du prêtre ou du futur prêtre comme étant celle du disciple qui acquiert la connaissance de Jésus-Christ. L'ouverture du livre en est la preuve manifeste[161].

D'autre part, l'expression Véritable Disciple est employée équivalemment par Jésus dans Saint-Jean et s'applique aux apôtres.[163]

Mety omena lanjany bebe kokoa ve ny voalohany noho ny faharoa ? Arakaraky ny olona sy ny tantara io, ka ny sasany milaza fa metimety kokoa ilay voalohany[158].

Ao amin'ny Prado, dia mahazatra kokoa ny hoe : Ny Mpianatra Marina. Tamin'ny fanadihadiana hananganana ho olo-masina dia efa raikitra koa io, ary raha nety ho re ny feon'i Mompera Chevrier ankehitriny dia tsy niadivan-kevitra mihitsy ny fampiasany an'io tapany faharoa io[160].

Moramora tononina kokoa ilay faharoa noho ilay voalohany ka mety ho izay no nifidianan'i Mompera Chevrier azy.

Tsaratsara kokoa anefa, hoy aho ny manome soso-kevitra hoe : mety ho nisy antony manokana nifidianan'i Mompera Chevrier io tapany faharoa io.

Etsy an-daniny, dia notanany mafy mihitsy ny hanana Pretra voaofana ka maneho eo amin'ny fihetsiny manontolo io fahalalana an'i Jesoa Kristy io, mba ho mendrika hantsoina hoe : mpianany. Manamafy an'izany ny fanokafana ny boky[162].

Etsy an-kilany indray ny hoe : Mpianatra Marina dia Teny nampiasain'i Jesoa ao amin'i Md. Joany ary miantefa amin'ny Apôstôly[164].

Page 034

Enfin, la famille spirituelle du Père Chevrier ne comprend pas que des prêtres. Les frères et les sœurs ont été présents à ses côtés avant les prêtres. C'est de plein droit qu'ils peuvent considérer le Véritable Disciple écrit aussi pour eux. Et, avec tous ceux-ci, les laïcs, aussi ont trouvé dans le Véritable Disciple une aide qui continue celle que le Père Chevrier a pu donner aux laïcs de son entourage.

Pejy faha-034

Ary farany dia izao : tsy Pretra daholo ny olona ao amin'ny Fianakavian'i Mompera Chevrier. Ry Frera sy ry Masera no nanotrona azy talohan'ny Pretra. Koa rariny sy hitsiny raha mba mitaky izy ireo fa ho azy koa no nanoratana ny boky Ny Mpianatra Marina. Tsy mijanona amin'izy ireo ihany anefa, fa maro dia maro koa ny lahika nanovo fahasoavana tamin'ny alalan'io boky io, ary manohy izay efa

157 Cf. Six, p. 379. – L'édition espagnole du VD (Desclée de Brouwer, 1961 et 1963), n'a traduit que la première partie du titre.
158 Jereo Six, p. 379. Ny dikanteny espaniola dia nampiasa ny tapany voalohany ihany.
159 Cf. Lettre citée page 32. En fait, un seul manuscrit a le double titre, le manuscrit principal. Partout ailleurs on trouve seulement le Véritable Disciple.
160 Jereo taratasy voatsiahy p. 32. Ny sora-tanana voalohany ihany no mitondra azy roa.
161 P. 45.
162 P. 45
163 Cf. Jn 8, 31 ; 15, 8. On sait que saint Ignace d'Antioche aussi a des expressions équivalentes : "Je suis le froment de Dieu et je suis moulu par la dent des bêtes, pour devenir le pain immaculé du Christ… C'est quand le monde ne verra même plus mon corps que je serai véritablement disciple de Jésus-Christ. » (Ignace d'Antioche, épître aux Romains IV, 1 et 2.) On voit que ce martyr, condamné aux bêtes vers l'an 110, avait découvert, bien avant le Père Chevrier, qu'il faut être du bon pain, bien cuit par la mort à soi-même. (LP n°53, 22 janvier 1866.)
164 Jereo Jn 8 : 31 ; 15 : 18

nataon’i Mompera Chevrier tamin’ny fotoan’androny.

Il est par ailleurs évident que si des prêtres acceptent de vivre en véritables disciples de Jésus-Christ, ils seront, par le fait même, prêtres selon l’Evangile. Libre à chacun par conséquent, de préférer l’un ou l’autre titre.

Marina koa anie fa raha manaiky ny hiaina araka ny Evanjely ny Pretra dia tena Mpianatra Marina izy amin’izany e ! Safidy malalaka be izany ny fampiasana ny anaran’ny boky.

A quels livres s’est référé le Père Chevrier en écrivant le Véritable Disciple ?

Boky inona indray ary no mba nataon’i Mompera Chevrier tantsoroka raha namolavola Ny Mpianatra Marina izy ?

Outre une Bible latine, il a pu avoir à sa disposition diverses traductions mais il faut se rappeler que les éditions de la Bible n’étaient pas, à l’époque, ce qu’elles sont aujourd’hui.

Ankoatra ny Baiboly amin’ny teny latinina iray, dia nanana Baiboly voadika amin’ny teny hafa izy. Tsara ho fantatra anefa fa tsy mitovy amin’ny dikan-teny ankehitriny mihitsy ny dikan-teny tamin’ny androny.

Pour les Evangiles, il se servait abondamment du volume de Mastaï-Ferretti : les Evangiles unis. Cette manière de tisser les uns à travers les autres les textes des quatre Evangiles remonte à l’antiquité et, à plusieurs reprises au cours de l’histoire de l’Eglise, on a essayé ainsi de vulgariser le texte évangélique.

Momba ny Evanjely indray dia nampiasainy fatratra tokoa ny bokin’i Mastaï–Ferretti. « Ny Evanjely mitambatra ». Hatramin’ny fahagola no efa nisy ny fampifandraisana ny Evanjely efatra toa io, ary hita ombieny ombieny tao amin’ny tantaran’ny fiangonana ny fanamorana ny dikan-teny momba ny Evanjey mba hahazoan’ny vahoaka azy tsara.

Le Père Chevrier se servait assidûment de Mastaï-Ferretti, parce qu’il avait ainsi sous la main le texte intégral de Evangiles. Il recommandait l’ouvrage autour de lui.

Nampiasain’i Mompera Chevrier tokoa io boky io satria mijery ihany izy dia mahita ny Evanjely efatra tsy nanalana. Ary nentaniny ny manodidina azy hampiasa io boky io.

A l’heure actuelle, avec le progrès des études bibliques, une telle méthode de travail n’est plus de mise. Nous avons à notre disposition des synopses des quatre Evangiles.

Tsy mety intsony izany amin’izao androntsika izao. Ny fampifandraisana « sinoptika » no ampiasaintsika.

Il faut retenir du goût du Père Chevrier pour l’ouvrage de Mastaï-Ferretti, son désir de ne rien laisser de côté du texte évangélique.

Tsara ho tanana amin’io paikan’i Mompera Chevrier io dia ny finiavany tsy hamela hisy hipika na dia kely aza ny voasoratra ao anatin’ny Evanjely.

Lorsqu’il s’agit de l’Ancien Testament, le Père Chevrier cite le plus souvent en latin et il fait de même pour le Nouveau Testament, quand il semble citer de mémoire. La plupart du temps il s’agit de passages qui lui sont familiers grâce à l’usage qu’en fait la liturgie dans le missel ou le bréviaire.

Raha tenenina indray ny Testamenta Taloha, dia tamin’ny teny latinina no nilazan’i Mompera Chevrier azy, tahaka izany koa no nataony momba ny Testamenta Vaovao raha mampahatsiaro izy. Matetika dia ireo teny fampiasa matetika ao amin’ny misely romanina na breviera ka manavanana tsara azy ireny andian-teny ireny.

Le Père Chevrier avait bien le désir de se référer à l’Ecriture toute entière[165] mais il donne une place éminente à l’Evangile et on peut dire qu’il y recourt sans cesse. Pourtant, en même temps, il donne une place importante à tout le Nouveau Testament et particulièrement aux Epîtres de saint Paul.

Naniry mafy mihitsy i Mompera Chevrier ny ho afaka mitodika amin’ny Soratra Masina[166] manontolo, fa ny Evanjely no tena nomeny ny toerana voalohany ka nidododododoany tsy tapaka. Tsy nataony ambanin-javatra kosa anefa ny Testamenta Vaovao, indrindra ny Taratasin’i Md. Paoly.

165 Dans un cahier qui renferme une étude sur la prière, il a fait rechercher les références à travers toute la Bible. Il étudie aussi les annonces prophétiques de Jésus-Christ.

166 Misy fikarohana natao mikasika ny fivavahana mifandray amin’ny Baiboly sy ny fanambaran’ny Mpaminany an’i Jesoa Kristy, amin’ny kahie iray.

Ne soyons pas étonnés de rencontrer certaines interprétations maladroites…

Page 035

…ou même inexactes de textes scripturaires. Par exemple, page 195, à propos de Romains 6, $_{13}$: « que vos membres lui soient des armes de justice », le Père Chevrier commente : « Armes de justice pour vous punir ». Cette application à la mortification corporelle restreint considérablement la portée du mot « justice » pour saint Paul.

Autre exemple, page 149, à propos de la parole de Jésus à Marie, aux noces de Cana. Dans cette traduction et ce commentaire, le Père Chevrier est tout simplement tributaire de Mastaï-Ferretti auquel il fait confiance.

A l'époque, il n'y a pas encore de cours spécial d'Ecriture Sainte dans les séminaires.

Cependant, tout compte fait, les maladresses sont rares car le Père Chevrier ne recherche pas une nouvelle interprétation de l'Evangile mais les conséquences pratiques de l'Evangile dans sa vie, par la lecture assidue, la méditation, l'oraison. Ainsi, l'imprégnation évangélique qui s'est produite lui assure une interprétation essentiellement droite.

En dehors des références scripturaires, on trouve, dans le Véritable Disciple, un certain nombre d'autres références mais elles ne peuvent donner des indications des lectures du Père Chevrier. Ce sont quelques adages scolastiques, ou de ces maximes latines qu'affectionnaient autrefois les ecclésiastiques. L'une d'entre elles est une phrase de saint Augustin, déformée[167].

Il y a quelques allusions à divers personnages. Allusions au Curé d'Ars, cela ne saurait nous étonner puisque le Père Chevrier a connu le saint curé. Référence à Antoine ermite, à saint Benoît, à saint François d'Assise et autres, connus sans doute par les Vies des Saints classiques à l'époque et par les lectures du bréviaire. Le Père Chevrier recommande la lecture de la Vie des Saints. On sait que le Curé d'Ars avait donné une

Aza atao mahagaga koa raha indraindray toa misy dika vilana kely tsy nahy, tafiditra amin'ny fivoasan'i Mompera Chevrier ny Testamenta Vaovao,

Pejy faha-035

indrindra ny Taratasy. Ohatra, ao amin'ny takila 195, raha miteny mikasika ny Rômanina 6, 13 izy : « Ny rantsam-batanareo hataony fiasàna fanaovam-pahamarinana ». Dia hoy i Mompera Chevrier : « fanaovam-pahamarinana mba hanasaziana anareo ». Mampihen-danja ny tian'i Md. Paoly hambara momba ny fitsaran'Andriamanitra ny fampiharana toy izany amin'ny fampijalian-tena.

Ohatra hafa, takila 149, raha miresaka momba ny tenin'i Jesoa amin'i Maria, tao amin'ny fampakaram-bady tao Kana izy. Ao amin'ny dikan-teny sy ny fivoasany azy, dia tena nozanahin'i Mastaï-Ferretti tokoa i Mompera Chevrier, noho ny fitokisany azy.

Mbola tsy nisy fampianarana manokana fandalinana Soratra Masina manko tamin'izany fotoana izany tao amin'ny Seminera, ka tsy mahagaga loatra.

Rahefa noheverina sy nodinihina anefa dia vitsy dia vitsy tokoa ny fitavozavozana toy ireny tao amin'ny Mompera Chevrier, satria tsy ny fikarohana fivoasana Evanjely vaovao no vaindohan'asa notanterahiny, fa ny vokatra azo tsapain-tanana entin'ny Evanjely eo amin'ny fiainany, avy amin'ny famakiana azy tsy tapaka, ny fandinihana azy, ny vavaka. Koa avy amin'izany no nahatonga ny Evanjely haninteraka ny fiainany manontolo ka nampahitsy azy fatratra.

Ankoatr'izay, dia ahitana an-dalana maromaro nalaina tamin'ny boky hafa koa ao anatin'Ny Mpianatra Marina kanefa tsy dia mazava loatra ny vokany teo amin'ny fomba nentin'i Mompera Chevrier namaky azy. Ny an-kamaroany amin'izy ireny dia ohabolana na teny filamatra latinina nankafizina fatratra teo amin'ny fiaraha-monin'ny Pretra tamin'ny fotoan'androny. Fehezan-teny notsoahina tao amin'i Md. Augustin saingy niova endrika ny iray tamin'ireny[168].

Misy koa filazalazana olona sasany, toy ny amin'i Curé d'Ars. Tsy mahagaga io satria olona mifankahalala tsara izy mianaka. Fampahatsiahivana an'i Md. Antoine mpitokamonina, Md. Benoît, Md. François d'Assise, sy ny hafa koa, izay fantany tamin'ny famakiana ny fiainan'ny olomasina, fanao tamin'izany andro izany sy ny fanaovana breviera. Nohafaran'i Mompera Chevrier tokoa ny famakiana ny

167 P. 330.
168 P. 330

bonne place à ce travail.

Mais tout cela, en définitive pèse très peu en regard de la masse des citations scripturaires. Le Père Chevrier était très conscient de la situation. Il en voyait les inconvénients mais il n'avait pas le choix. Pour remplir sa mission, il ne pouvait que procéder de cette manière[169].

Pratiquement, au moins pour les parties du Véritable Disciple intitulées *Suivez-moi*, le Père Chevrier semble avoir employé la méthode suivante.

1° - Il recherche personnellement, dans l'Evangile et dans saint Paul, les passages qui ont trait au sujet étudié. Il prend une feuille de papier presque toujours assez longue car il aime les dispositions verticales. Il note au fur et à mesure les passages d'Ecriture par une phrase qui résume chaque passage et il fait suivre d'un numéro qui renvoie soit aux Evangiles Unis de Mastaï-Ferretti, soit à une traduction de saint Paul ; voici, par exemple, le début d'une étude de ce genre :

Page 036

Suivez-moi dans mes souffrances.
Il naît dans une étable (27) (c'est-à-dire, Luc 2, 7).
Les anges donnent aux bergers sa pauvreté pour signe auquel ils le reconnaîtront (28) (C'est-à-dire, Luc 2, 12).
Etc.[171]

2° - Il reprend cette liste et cherche à l'ordonner logiquement, par exemple en distinguant les actions et les enseignements de Jésus-Christ. Parmi les manuscrits, on trouve des ébauches de plans et aussi des feuilles où le Père a noté de nouveau les mêmes passages ; mais cette fois, l'ordre n'est plus le même ; il suit le plan ébauché.

3° - Le Père Chevrier fait alors intervenir une autre main que la sienne. A un séminariste ou à une sœur ou l'une de ses pénitentes, il confie la préparation d'un cahier. Sur les pages du cahier (format écolier 17 x 23), il fait tracer deux marges de

fiainan'ny olomasina. Fantatra koa fa nomen'i Curé d'Ars toerana manokana io karazan'asa iray io.

Tsy manome lanjany firy eo amin'ny vesatry ny boky nampiasainy anefa ireny. Ary fantatr'i Mompera Chevrier mazava tsara izany. Tsapany ny tsy fahampiany fa tsy afa-manoatra izy. Izay ahavitany soa aman-tsara ny Iraka nekeny atao no nimasoany[170].

Teo amin'ny famolavolana ny fizarana sasany ao amin'Ny Mpianatra Marina, anisan'izany ilay nitondra ny lohahevitra hoe : *« Manaraha ahy »*, dia toa izao manaraka izao indray ny paika nampiasain'i Mompera Chevrier.

1° - Nokarohiny manokana tao amin'ny Evanjely sy i Md. Paoly izay mifandraika amin'izany lohahevitra izany. Ravin-taratasy lavalava mandrakariva no nampiasainy noho ny fitiavany ny taratasy ampitsanganana. Nosoratany arakaraka izay nahitany azy ny Soratra Masina, tamin'ny alalan'ny fehezan-teny kely namintina azy, dia nasiany mari-pilaharana mankany amin'ny boky nangalany azy, na ny Evanjely mitambatra nataon'i Mastaï-Ferretti, na ny taratasin'i Md. Paoly. Ireto misy ohatra vitsivitsy momba izany :

Pejy faha-036

Manaraha ahy mijaly.
Teraka tao an-tranonomby Izy (27) (izany hoe : Lioka 2, 7).
Nomen'ny Anjely ny mpiandry ondry ho famantarana azy ny fahantrany (28) (izany hoe : Lioka, 2, 12).
Sns…[172]

2° - Alainy indray io lisitra io, dia alahany arakaraky ny fotoana nanaovan'i Jesoa Kristy ilay asa na nilazany ilay Teny. Tamin'ireo sora-tanany koa no nahitana fanomanana filamatra hafa, nandaharany ireo fehezan-teny voafantina, saingy tsy mitovy intsony ny filaharany. Narahiny arak'izany ilay filamatra efa voasoritra.

3° - Nindrana tanana hafa noho ny azy koa i Mompera Chevrier, seminarista, masera, mpanampy azy, mba hanoritra ny taratasy namolavolany ny asany. Matetika dia kahien'ny mpianatra mirefy 17 x 23 no nampiasainy, ka notsipihina

169 Cf. Lettre citée page 10, notre 1.
170 Jereo taratasy voatsiahy takila 10, fanamarihana I
171 Ms XII 665. Ce manuscrit rassemble une cinquantaine de passages évangéliques.
172 Ms XII 665. Soratanana ahitana fitanisana ny Evanjely miisa 50

40 à 50 mm, l'une à gauche, l'autre à droite.

Dans la partie centrale, on copie le texte intégral des citations d'Ecriture indiquées par le Père Chevrier.
Dans la marge de gauche, on reproduit les phrases du Père qui résument le texte correspondant et qui forment ainsi une suite de sous-titres.
La marge de droite reste libre, destinée en principe aux commentaires du Père Chevrier… qui seront parfois écrits à gauche ou en pleine page. Ce faisant, il modifie parfois la rédaction des sous-titres.

4° - Il semble que, normalement, devait toujours suivre un autre travail.
En collectionnant tous les commentaires de la marge de droite, le Père Chevrier a l'ébauche du texte destiné au Véritable Disciple.
Mais, pour les derniers chapitres, cette dernière phase du travail n'a été qu'esquissée et même, en certains cas, elle n'a pas été abordée.
Par conséquent, nous pouvons considérer les textes des derniers chapitres comme des études préparatoires, surtout à partir de *Suivez-moi dans ma charité*[173].
Après examen assez minutieux des manuscrits, il semble que cette vue correspond vraiment à la réalité ; mais n'oublions pas que le Père Chevrier ne s'enfermait pas dans un système. Qu'il s'agisse de composer un livre ou de gouverner sa maison, il obéissait toujours à deux impératifs : il sentait vivement la nécessité d'une certaine organisation pour être efficace et il recevait toujours les leçons de l'expérience, modifiant sans cesse l'organisation mise en place.

Page 037

Notre édition

Puisque le Père Chevrier s'est repris à plusieurs fois pour la rédaction de son livre, il a fallu faire un choix parmi le grand nombre de manuscrits qu'il a laissés. Une part très importante du travail a été fournie par le Père Emile Desroche et Sœur Renée de Limairac.

Pour un grand morceau, du début jusqu'à la fin du *Renoncement à soi-même*, le choix

mitsangana eo amin'ny 40 na 50mm eo amin'ny lafiny roa, an-kavia sy an-kavanana.
Nadika tsy misy diso teo amin'ny faritra afovoany ny Soratra Masina voatondro.
Teo an-kavia ny fehezan-teny namaritan'i Mompera Chevrier azy ho lohahevitra.
Navelany hadio kosa ny teo an-kavanana mba hahazoany mametraka ny fivoasana.

4° - Mbola hisy hafa mety hanaraka ireo amin'ny an-kapobeny.
Rahefa nangoniny ary ny fivoasana teo an-kavanana, dia nahazoany ny fanombohana Ny Mpianatra Marina.
Marihina anefa fa tsy vita toa izany ny toko maromaro faramparany.

Ka noho izany azonay lazaina fa mbola famolavolana ihany ny hita amin'ireo faramparany ireo, indrindra manomboka amin'ny hoe : « Manaraha ahy amin'ny fitiavako »[174].
Rahefa nodinihina akaiky ny soratanana, dia mifanaraka amin'ny tena izy io voalaza eo ambony io. Aoka tsy hohadinoina fa i Mompera Chevrier anie ka tsy mba olona voafototry ny fomba fiasa tokana e ; na teo amin'ny famolavolana boky na teo amin'ny fitondrana ny tranony, dia zavatra roa loha ihany no nandidy azy : ny fandaminana mitondra vokatra sy ny fampianarana vokatry ny traikefa izay manova matetika fandaminana efa napetraka.

Pejy faha-037

Ny fanontana ny bokintsika

Ary satria nisafotofoto be ihany ireo taratasy soratanana maro dia maro navelan'i Mompera Chevrier, noho ny asany naverimberiny im-betsaka teo am-pamolavolana ny bokiny, dia tsy maintsy nisafidy izay mety indrindra izahay. I Mompera Emile Desroche sy i Masera Renée de Limairac no nanana ny tombondahiny lehibe indrindra tamin'ny fandaminana izany.

Hatreo amin'ny fiandohan'ny boky ka hatreo amin'ny « Fandavan-tena », izay

173 P. 415.
174 P. 415

est tout fait car un gros cahier, formé de cahiers reliés, représente certainement l'état le plus achevé du travail du Père Chevrier. Une grande partie du cahier reste en blanc. Le Père Chevrier avait l'intention de reproduire sur ces pages blanches les textes préparés sur d'autres fascicules[175].

tapany lehibe indrindra, dia mba maivamaivana ihany ny asa satria efa mba voaoman'i Mompera Chevrier tao ilay kahie ngeza be efa voazaitrany tsara. Azo noheverina ho vita tanteraka io asa io. Tsy mbola nisy soratra ny am-pahany be tamin'io kehie io. Mbola saika hadikan'i Mompera Chevrier tao angamba ny sisa tavela tamin'ireo karine kely marobe sisa[176].

Heureusement, nous avons aussi le plan de son ouvrage ; plusieurs fois modifié, ce plan aurait peut-être subi encore des changements dans une rédaction définitive mais on ne voit pas ce qui aurait motivé des modifications importantes. Dans les introductions particulières aux diverses parties, nous indiquerons les quelques hésitations qu'on peut avoir à ce sujet.

Soa ihany fa nanananay ny fandaharany ny asa nokasainy hovitaina. Matetika novany loatra io fandaminana io, ary mbola mety novany kely indray aza angamba alohan'ny nandikany azy madio tsara, kanefa araka ny fahitanay azy dia toa tsy nisy nilana izany loatra. Hambaranay ombieny ombieny izay mety mampisalasala na tsy mazava loatra mikasika izany.

Faire mourir, dit saint Paul, les membres de l'homme terrestre qui est en vous, la fornication, l'impureté, les pensées honteuses, les mauvais désirs. Car ce sont ces choses qui attirent la colère de Dieu. (Col 3, 5)

Le corps n'est point fait pour l'impureté mais pour le Seigneur,

Ary rahefa mamelona ny sola kely ao an-tampon-doha na « tonsure », dia mandohalika mba ho mariky ny fahatsiarovana ny fandaozana ny vatana sy ny fiandrianan'ny fanahy eo amin'izao tontolo izao sy ny zava-poany rehetra.

3° Fandavana ny fahotan'ny vatana ny fandavana ny vatana.

Hoy koa i Md. Paoly amin'izany Koa aoka ny fahotana tsy hanjaka amin'ny tenanareo mety maty amin'ny filan-dratsiny, ary aoka ny ratsambatanareo tsy hatolotra ho an'ny fahotana hataony fiasana fanaovan-dratsy. (Rôm 6, 12)
Aoka ary hanaiky hotarihin'ny Fanahy ianareo dia tsy hahatanteraka izay kasain'ny nofo, satria mifanohitra ny fanirian'ny nofo sy ny an'ny fanahy, ary ny fanirian'ny fanahy mifanohitra be amin'ny an'ny nofo. Mifanao atsimo sy avaratra izy roa.
Ny asan'ny nofo manko dia izao : fijangajangana, fahalotoana, fijejojejoana, fanompan-tsampy, fanaovana ody mahery, fifankahalana, fifandirana, fialonana, fahatezerana, ady lahy, fifampiandaniana, fitokoana, fitsiriritana, famonoana olona, fimamoana, filerana, sy ny heloka maro hafa toy izany, ka lazaiko anao indray toy ny efa nataoko fahiny, fa izay manao izany dia tsy mba handova ny fanjakan'Andriamanitra mihitsy. (Gal 5, 19)
Miharihary amin'ireo kabary mafonja dia mafonja ireo àry fa tsy maintsy mandà ny fahotana ao amintsika isika ary tsy hanaiky na oviana na oviana ny fanirian'ny nofo, ary hamola-batana tsy hatao fitaovana ho an'ny fahotana.
Hitantsika koa fa ny tena fahotan-dehibe, fototry ny hafa dia ireto : ny fahalotoana, ny fahatendan-kanina, ny fahakamoana, ka noho izany tsy maintsy miady mafy isika mba handositra ireo karazam-pahotana telo ireo.

Tsy maintsy andosirana ny fahalotoana.

Koa ataovy maty àry ny rantsam-batanareo hoy i Md. Paoly, dia ny an'ny ety an-tany, izany hoe : ny fijangajangana, ny fahalotoana, ny fahavetavetana, ny fanirian-dratsy, ary ny filan-dratsin'ny nofo izay fanompoan-tsampy, fa izany rehetra izany no mahatonga ny fahatezeran'Andriamanitra. (Kôl 3, 5)
Tsy natao ho an'ny fahalotoana ny vatana fa ho an'Andriamanitra,

Et le Seigneur est pour le corps. (1 Co 6, 13)
La volonté de Dieu est que vous soyez saints et que vous vous absteniez de toute impureté, que chacun de vous sache posséder le vase de son corps saintement et honnêtement, non point en suivant les mouvements de la concupiscence comme font les païens qui ne connaissent pas Dieu, car Dieu ne nous a point appelés pour être impurs, mais pour être saints. (1 Th 4, 3)

ary Andriamanitra ho an'ny vatana. (1 Kôr 6, 13)
Ny fanamasinanareo ny tenanareo no sitrapon'Andriamanitra, dia ny hifadianareo ny fijangajangana, sy ny fahaizanareo tsirairay avy manana ny fanaky ny tenanareo amin'ny fahamasinana sy fananan-kaja, fa tsy amin'ny filandratsin'ny nofo araka ny fanaon'ny jentily izay tsy mahalala an'Andriamanitra, satria nantsoin'Andriamanitra ho masina ianareo. (1 Tes 4, 3)

D’après ces paroles, nous devons renoncer à toute impureté, à toute sensualité, à tout désir déshonnête et savoir posséder le vase de son corps saintement et honnêtement.

Le corps est naturellement porté à l’impureté et à toutes ces jouissances sensuelles et déshonnêtes.
Notre corps est comme un bourbier, un marais infect.
A la surface, l’eau paraît claire et pure mais au fond, il y a une vase immonde.

Dès que l’on vient à jeter dans cette eau un corps étranger ou qu’un vent léger vient effleurer la surface, l’eau s’agite et se trouble aussitôt et la vase du fond remonte et rend toute cette eau impure.

Ainsi en est-il de notre pauvre corps, tant que rien ne l’agite ni le trouble, il paraît calmes et pur à la surface.
Mais dès qu’un corps étranger vient à y pénétrer ou que le vent léger d’une pensée ou d’une affection passe dessus, alors il s’agite, il se trouble.
La vase impure remonte à la surface et alors naît le trouble, l’agitation, l’impureté, le plaisir honteux qui se trouve dans ce mélange d’un corps étranger qui a pénétré dans notre esprit, notre cœur ou notre corps.

Ce qui est opposé à la pureté, car la pureté ne souffre aucun mélange, aucun contact ; tien ne doit pénétrer en nous sinon Dieu qui est la pureté même, le corps est au Seigneur, il lui appartient, lui seul a le droit d’en jouir[1 a].

C’est donc à tout mélange étranger, à tout contact qu’il faut renoncer pour rester entièrement pur et savoir, comme dit saint Paul, posséder le vase de son corps saintement et honnêtement.
Saint Paul compare notre corps à un vase : de même que, quand on porte une liqueur précieuse dans un vase fragile, on fait attention, on marche avec précaution, on fait en sorte de ne le pencher ni à droite, ni à gauche, de peur d’en répandre quelques gouttes, de même devons-nous porter avec précaution le vase de notre corps pour le conserver toujours dans les bornes de la chasteté et de l’honnêteté.

Adidintsika izany, arak’ireo teny ireo ny mandà izay rehetra mahatarika amin’ny fahalotoana, ny filan-dratsy, ny faniriana tsy mendrika, mba hitahirizana ny fanaky ny vatantsika am-pahamasinana sy ara-drariny.
Misy fitongilanana any amin’ny fahalotoana ny vatana noho ny maha-nofo aman-drà azy, dia toy izany koa ny amin’ny filan-dratsy sy ny vetaveta isan-karazany.
Sahala amin’ny fota-mandrevo iandronan’ny loto ny vatantsika.
Ety ivelany toa mba rano mangarahara sy madio, fa ao ambany ao tena fota-masiso mahatsiravina.
Raha vao ilatsahan-javatra kely fotsiny ety amboniny dia mivoapotaka sy fofona maharikoriko avy ao ambany ao : tsio-drivotra ihany dia efa mampamofona ny fofona ratsy avy ao anatiny, ka ilay natao hoe rano madio ; mangarahara iny kay fota-mandry masiso.
Mahonena hoy aho ity vatantsika ity fa toy izany izy, satria raha tsy misy manetsika na manakorontana azy, dia mamitsaka mody madio ery izy.
Fa raha vao misy zavatra avy eny ivelany tafatsofoka ao aminy ao, na tsio-kevitra kely manetsi-pitia azy, dia mirehitra sy misahotaka izy.
Mitranga daholo ny maloto rehetra ao aminy, teraka ny filan-dratsy, ny fahalotoana vokatry ny faniriana mahamenatra vokatra avy amin’ny taharon’ny avy ivelany sy ny niotrika tao anaty, ka mandrendrika ny fanahy sy ny fo na ny tenantsika manontolo.
Mifanohitra amin’ny fahadiovam-po izany satria ny fahadiovam-po tsy manaiky hifangaro na hifampikasokasoka amin’ny loto ; tsy misy zavatra azo leferina hiditra ao anatintsika afa-tsy Andriamanitra irery ihany, satria fahadiovana Izy. Azy ny Vatana, Izy no Tompony, Izy irery ihany no manan-jo hampiasa azy, araka izay tiany. [1 a]

Ireny fifangaroana sy fifampikasohana ireny àry no tsy maintsy lavina mba hitahirizana manontolo ny fahadiovam-po ka hahaizana mampiasa ny fanaky ny tenantsika am-pahamasinana sy ara-drariny hoy i Md. Paoly.
Ampitahain’i Md. Paoly amin’ny fanaka fasian-drano manko ny tenantsika ka sahala amin’ny fitondrana tavoahangy feno toaka sarobidy mora vaky, ka tandremana fatratra, sao dia mitongilana ka raraka, na mitanila havia na havanana ka mety ho very, ka entina am-pahamalinana no tsy maintsy itondrana azy, mba ho voatahiry mandrakariva ny fahadiovany sy ny tsy fananany tsiny.

---

1. Ms XI 648 – C’est-à-dire que nous sommes à Dieu et qu’il n’y a que lui qui a le droit de pénétrer en nous, parce que lui seul en est le maître, lui seul ne le souille pas, comme les rayons de soleil ne souillent pas l’eau dans laquelle le soleil pénètre, au contraire, ils ne la rendent que plus elle et plus radieuse, ainsi en est-il du Seigneur.

Ms XI 648. Izany hoe : an’Andriamanitra isika, ary tsy misy afa-tsy Izy irery ihany no mahazo miditra ao amintsika ao, satria Izy irery ihany no tsy mandoto ; tahaka ny tana-masoandro mitsofoka ao anaty rano ka manadio azy amin’ny loto, no ataon’ny tompontsika. Fa raha zavatra hafa noho izany kosa no miditra ao, dia

Tandis que quand un objet étranger s'y plonge, il la trouble et l'obscurcit ; ainsi les créatures étrangères font de même dans notre cœur quand elles y pénètrent.

==========

a Pp. 22 et 163-164.

Page 177

Règles de pureté.

Renoncer à tout acte contraire à la pureté.

Pour se conserver pur, il faut renoncer à tout plaisir défendu dans son corps, à toute agitation, émotion, qui trouble la chair et lui procure des sensations sensuelles,

à toute action coupable, ou agréable, telles que caresses, attouchements inutiles qui peuvent émouvoir la chair et lui être agréable.
Il faut renoncer non seulement à ce qui nous concerne nous-mêmes, à ce qui regarde notre corps, mais aussi à tout ce qui peut venir des créatures et ne pas permettre à une créature d'entrer dans notre cœur en dehors de Dieu[293]

Eviter tout ce qui peut nous faire tomber dans le péché.

Notre Seigneur nous parle en termes énergiques, quand, nous parlant de la nécessité d'éviter toute occasion de pécher dans ce genre, il nous dit : Si votre œil vous scandalise, arrachez-le, si votre main… (Mt 5, 29)

Renoncer à toute affection trop naturelle.

Il faut renoncer à toute affection trop naturelle, pour qui que ce soit ; on reconnaît qu'une affection est trop naturelle, quand on pense souvent à une personne, qu'on aime à y penser, que cette pensée attendrit le cœur, réveille les sens, que l'on recherche la compagnie et la société de ces personnes.
Il arrive même souvent que le désir de faire du bien à ces personnes, de leur être utiles spirituellement, n'est qu'un précieux prétexte qui nous cache le mal qui est en nous.

manankorotana sy manamaizina azy. Dia toy izany no ataon'ny zavatra avy eny ivelany ao amin'ny fontsika raha tafiditra ao izy.

==========

a Pp. 22 et 163-164.

Pejy faha-177

Fitsipi-pahadiovam-po.

Lavina izay fomba fanao rehetra mifanohitra amin'ny fahadiovam-po.

Mba hitanana ny fahadiovana, dia tsy maintsy lavina ny fahafinaretana voarara rehetra momba ny vatana, ny fangitakitahana, ny fihetseham-po manakorontana ny nofo ka mandrisika azy amin'ny fientanana taova ao amin'ny vatana,
ny asa meloka na manome fahafinaretana toy ny safosafo, fikasihana tsy ilaina mety hanaitra ny nofo sy mitondra fahafinaretana ho azy.
Tsy izay mikasika ny tenantsika ihany no tsy maintsy lavina, raha mijery ny tenantsika isika, fa izay rehetra mety ho avy amin'ny zava-boaary rehetra ihany koa ka tsy hamelantsika na dia zava-boahary iray aza, ivelan'Andriamanitra, hiditra ao am-pontsika ao.[294]

Alavirina izay rehetra mety handavo antsika amin'ny fahotana.

Hentitra be ny tenin'ny Tompontsika, momba izany tamin'ny nilazany hoe : Raha ny masonao iray no manafintohina anao, dia esory, raha ny tananao… (Mt 5, 29)
Ny fanalavirana izay rehetra mety handavo antsika amin'ny fahotana no tiany antitranterina tamin'io.

Lavina ny fitiavana natoraly loatra.

Tsy maintsy mandà ny fitiavana mirona loatra amin'ny zava-boaary isika na iza na iza izany. Ny ahafantarana io fironam- pitiavana io, dia ny fahatsiarovan-dava olona iray, ka tiana ny mahatsiaro azy, dia mampangoraka ny fo io fahatsiarovana io, sady mamoha ny taova sasany, dia tadiavina ny fiaraha-monina amin'ireny olona ireny.
Zava-mitranga aza indraindray ny faniriana hanao soa ara-panahy ireny karazan'olona ireny dia famitahan-tena fotsiny, fa zavatra hafa no kotrehina ao am-badika ao, dia mody takonana io ratsy amin'ny tenantsika io.

293 Dans le langage ecclésiastique de l'époque, les créatures désignent les personnes humaines, et assez souvent les femmes en particulier. Il ne s'agit pas des êtres créés en général.
294 Ny vehivavy indrindra no lazaina amin'ny hoe zava-boaary teo amin'ny fiteny ekleziastika, tamin'ny fotoan'andron'i Mompera Chevrier, fa tsy ny voaary manontolo tsy akory.

Etre modeste dans ses regards.

Il faut éviter des regards affectueux ou prolongés pour qui que ce soit et surtout sur des personnes du sexe différent.
C'est par le regard que l'amour entre dans le cœur et va jusque dans le corps pour l'émotionner.
On ne doit jamais fixer personne en face, surtout dans les yeux, outre que cela n'est pas honnête ni convenable, c'est tout à fait contraire à la chasteté et à la modestie chrétienne.

Il y a des personnes qui ont l'habitude de fixer ceux à qui ils parlent ; cela indique toujours une tendance à l'affection et un désir d'être aimé.

Page 178

David est tombé dans le péché, parce qu'il a commencé à regarder.
Eve a regardé le fruit défendu et son regard prolongé a enflammé en elle la concupiscence et l'a fait tomber dans le mal.
Job avait fait un pacte avec ses yeux.
Quiconque aura regardé une femme pour la convoiter a déjà commis l'adultère dans son cœur.
Que si ton œil te scandalise, arrache-le…

Eviter tous les rapports inutiles avec les femmes.

Nous voyons dans l'Evangile les apôtres très étonnés de voir Jésus parler à la Samaritaine, cependant c'était sur le chemin, dans un lieu public.

Cet étonnement des apôtres nous découvre toute la conduite de Notre Seigneur Jésus-Christ avec les femmes, avec quelle réserve il leur parle et quels exemples de prudence il donne à cet égard.

Pour nous, suivre ces exemples de Notre Seigneur :

nous ne recevrons point de femmes seules dans notre chambre, nous recevrons les femmes dans un parloir public,

il faut que les portes du parloir soient vitrées,
on peut recevoir dans sa chambre les femmes, quand elles sont accompagnées de leur mari ou de leurs enfants, mais jamais seules, et que cela peut être nécessaire dans certains cas particuliers.

Maontina amin'ny fijery.

Alaviro ny fijerena feno fitia na maharitra, na iza na iza, fa indrindra raha eo amin'ny lahy sy ny vavy no tenenina.
Avy amin'ny fijerena mantsy no idiran'ny fitiavana ao am-po, ka am-piotanany ny tena manontolo.
Aza mibanjina olona avy eo anoloana mihitsy, aza mijery azy ao anaty maso, fa an-koatra ny tsy fahalalam-pomba sy ny tsy rariny dia fitarihana manohitra ny fahadiovam-po izany, ary tsy mifanaraka mihitsy amin'ny fahamaontinana kristianina.
Misy olona za-dratsy mibanjina ny olona iresahany ; mitory mandrakariva fitongilanam-pitia sy faniriana ho tiavina io fihetsika io.

Pejy faha-178

Lavo tamin'ny fahotana i Davida satria nanomboka nijery.
Nijery ilay voankazo voarara tsy hohanina i Eva, ka ny fijereny azy loatra no nandrehitra ny filandratsy tao aminy dia lavo tamin'ny ratsy izy.
Nifanaiky tamin'ny masony i Joba.
Na iza na iza mijery vehivavy iray mba haniriana azy, dia efa nijangajanga sahady tao am-pony.
Raha ny masonao ilany no manafintohina anao ; esory izy…

Alaviro ny fifaneraserana tsy ilaina amin'ny vehivavy.

Hitantsika ao amin'ny Evanjely ny hatairan'ny Apôstôly nahita an'i Jesoa niresaka irery tamin'ilay vehivavy samaritana, izany aza anefa teo an-dalana, toeram-pifaneraseran'ny olona.
Manambara amintsika ny fomba rehetra nitondran'i Jesoa Kristy Tompontsika ny tenany nanoloana ny vehivavy io fahatairana teo amin'ny Apôstôly io, ny fifehezan-tena nentiny niresaka taminy, ny oha-pahamalinana omeny antsika amin'izany.

Io ohatra nomen'i Jesoa Kristy Tompontsika io dia manentana antsika :

tsy handray vehivavy irery mihitsy any amin'ny efitranontsika any, fa raha tsy maintsy mandray vehivavy manokana isika, dia ao amin'ny efitra firesahana hitan'olona voatokana ho an'izany no hanaovana azy,
ary misy fitaratra ny varavaran'io efitra firesahana io,
raha miaraka amin'ny vadiny na ny zanany anefa ny vehivavy dia azontsika raisina ao an-taniefitranontsika, fa tsy izy irery na oviana na oviana, ary raha tsy tena zavatra manokana tena ilaina dia ilaina tsy ahafaha-manoatra.

Ne pas faire de visites aux femmes sans nécessité.

Nous devons nous interdire des visites inutiles et fréquentes aux femmes et personnes dévotes, que l'on fait souvent pour passer son temps, par agrément ou par légère affection.
Ces visites ne font qu'entretenir une affection souvent trop naturelle, on ne s'occupe ordinairement que de choses inutiles et frivoles ; les femmes interrogent, questionnent, veulent savoir ce qui se passe dans les cures, les maisons, les œuvres ; on se laisse aller à des médisances, à des indiscrétions, des imprudences qui, plus tard, ont des suites fâcheuses.

Les femmes dévotes surtout, invitent beaucoup les prêtes à venir les voir, surtout celles qui n'ont rien à faire. Ces visites finissent toujours par scandaliser le prochain qui est toujours plus porté à juger en mal qu'en bien et on finit souvent par devenir le sujet des conversations de tout un quartier ou d'une paroisse.

On ne saurait combien cet article est important et combien de prêtres se sont perdus par des visites inutiles.

Tsy mamangy vehivavy raha tsy tena ilaina.

Tsy maintsy ialantsika ireny famangiana tsy ilaina sy matetika any amin'ny vehivavy, ny olona tia vavaka, mba hanalana andro na hamalifalian-tena na amin'ny alalan'ny fitsimoham-pitiavana kely.
Ireny famangiana ireny mantsy no mamporisika ny fitiavana natoraly, noho izy sady tsy ilaina no maivana ka mampiditra fakam-panahy, be fanontaniana, te-hahalala, te-hanadihady ny zava-misy ao amin'ny tokantranon'ny pretra ao manko ny vehivavy, sokirina daholo na ny ao an-trano na ny asa atao ; dia velona ny fifosàna ny fanambarana tsiambaratelo, tonga ny tsy fahamalinana mampidi-doza any aoriana.
Ny vehivavy tia vavaka indrindra no manasa ny pretra matetika ; mba hamangy azy any an-trano, indrindra ireo tsy manan-katao. Manafintohina ny sasany izay tia mitsingoloka mijery ny ratsy fa tsy ny tsara mandrakariva ireny famangiana ireny, hany ka isika manao azy no ataon'ny olona anton-dresaka na any amin'ny kartie na any amin'ny paroasy.
Mafonja dia mafoja ny lazain'ity andininy iray ity eo amin'ny fiainantsika, ary iarahantsika mahalala fa ny tsy fitandremana ireny famangiana tsy ilaina ireny dia nahavery pretra marobe tokoa.

Page 179

Agir avec prudence et réserve dans les rencontres, les promenades, les voyages où l'on peut se rencontrer avec des femmes.

Il faut, par prudence, éviter de tenir des conversations trop longues avec des femmes dans la rue, si on rencontre quelque personne de sa connaissance et que l'on ait quelque chose de sérieux ou de nécessaire à dire ; il faut être court et bref dans ces rencontres. Et, sans être impoli ni malhonnête, savoir se dégager honnêtement de leur compagnie, disant qu'on ne peut rester plus longtemps.

Il ne convient pas non plus d'aller et venir dans une rue avec une femme.
Il faut aussi éviter de faire des promenades avec les femmes, à pieds ou en voiture, cela ne convient pas du tout.
Nous ne saurions trop prendre de précautions sur ce sujet, dans les temps mauvais et corrompus où nous vivons.
Il ne faut pas donner aux autres l'occasion de dire du mal de nous ; ils en disent assez sans que nous leur donnions la cause.
Il faut bien consulter les règles de la prudence et de la sagesse avant d'entreprendre

Pejy faha-179

Fahamalinana sy fitandremana eo amin'ny fihetsika rahefa mifanojo amin'ny vehivavy eny am-pitsangatsanganana, eny am-pivahinianana.

Noho ny fahamalinana dia alavirina ny resaka lavabe amin'ny vehivavy eny an-dalana, raha mifanena amin'ny olom-pantatra ka misy zavatra sady lehibe no ilaina tsy maintsy lazaina aminy, dia atao resaka fohy sy tsy mitaretra loatra. Ary izany dia atao amim-pahalalam-pomba sy amim-pitandremana ny rariny ; rahefa mamaran-dresaka ka hisaraka aminy dia mba mahaiza tsara miera ara-pomba, satria maika ka tsy afa-mijanona ela loatra.
Tsy mety koa ny mivezivezy miaraka amin'ny vehivavy eny amin'ny arabe.
Alaviro ny fitsangatsanganana miaraka amin'ny vehivavy, na an-tongotra, na amin'ny fiara, fa tena tsy mety mihitsy.
Tsy ho ampy fahamalinana na oviana na oviana isika amin'io, indrindra amin'izao fotoan-dratsy sy lo iainantsika izao.
Aza omena vahana hanaratsiana antsika mihitsy ny sasany, tsy manao ratsy aza isika haratsiany ka mainka ve fa manome vahana azy.
Tsara mihitsy ny hahaizana ny fitsipi-pahamalinana sy fahendrena alohan'ny

des voyages avec des femmes, ce qui est toujours très désagréable pour soi-même, et aussi souvent scandaleux pour les autres, surtout lorsqu'on va dans les hôtels.

Ce que nous disons des femmes s'entend aussi des religieuses qui ne sont pas moins sujettes à la critique que les autres.

Eviter toute familiarité avec les femmes.

Nous devons éviter toute familiarité ou témoignage extérieur d'affection avec les femmes, tels que embrassements, rapprochements, serrements de mains ou autres choses semblables qui, sans être toujours des péchés mortels, sont trop souvent des péchés véniels, attestent une affection trop naturelle, réveillent les sens et scandalisent le prochain quand il s'en aperçoit.

Notre Seigneur, en disant à Madeleine, après sa résurrection, noli me tangere [ne me retiens pas], nous montre par là que si autrefois il lui avait permis de lui embrasser les pieds, quand elle était pécheresse, c'était pour lui montrer qu'il acceptait ses larmes et ses regrets, mais que maintenant elle n'avait plus besoin de ces signes extérieurs pour l'aimer et qu'il fallait savoir se sevrer de toutes ces marques extérieures quand on était sérieusement à Dieu, pour mener une vie vraiment spirituelle.
Il y a des gens qui cherchent à vous baiser la main (c'est l'usage dans beaucoup de pays d'embrasser la main du prêtre), on peut le laisser faire aux hommes sans inconvénient.
Quant aux femmes, il faut savoir distinguer celles qui le font réellement par respect pour le prêtre, et celle qui le font seulement pour avoir le plaisir de vous embrasser la main et par un sentiment d'affection naturelle ; à ces dernières, il faut le leur interdire en retirant sa main.

Page 180

Quand une fois on est prêtre et même dès que l'on porte la soutane, on ne doit plus embrasser en public ses sœurs, ses cousines, ses parents, ni les tutoyer, surtout celles qui sont jeunes.

Quant aux parentes âgées, telles que mères, tantes, femmes âgées, on ne doit le faire que lorsque cela paraît convenable et nécessaire, dans certaines circonstances, aux fêtes, au retour de voyage.
On ne peut cependant refuser les embrassements de ces personnes quand on voit surtout qu'elles le font avec tant de simplicité.

hanapahan-kevitra hivahiny miaraka amin'ny vehivavy, satria sady manahirana ny tena mandrakariva ireny no manafintohina ny sasany indrindra raha mandry amin'ny tranom-bahiny.
Izay voalazantsika izay dia mahakasika ny vehivavy rehetra na lahika na relijiozy, noho ny fitsikerana ataon'ny hafa.

Alavirina ny fahazarana loatra amin'ny vehivavy mifandray amin'ny tena

Fahazaran-doatra ety ivelany manambara fifandraisana fitia tsy dia manaja ny tena no alavirina indrindra rahefa misy fifandraisana na fifaneraserana amin'ny vehivavy, toy ny oroka, fifamihinana, fifandraisan-tanana sy ny sisa toy izany ; eny fa na dia tsy fahotana mahafaty aza izy ireny, dia tsy ilaozan'izay fahotana madinika mitarika amin'ny fitia natoraly tsy voafehy, mamoha ny filan-dratsin'ny nofo ary manafintohina ny namana izay mahita izany.
Noli me tangere [Aza mikasika Ahy], hoy ny Tompontsika tamin'i Madeleine taorian'ny nitsanganany tamin'ny maty. Tian'i Jesoa ho fantantsika tamin'izany fa raha navelany hanoroka ny tongony izy fahiny, mbola mpanota, dia mba hanekeny ny ranomasom-pivalozana sy ny fanenenany, fa ankehitriny kosa, tsy ilainy intsony ny famantaram-pitiavana ety ivelany, nety taloha, mba hitiavana azy, fa amin'izao, dia ilay fiainam-panahy marina no katsahina sy ivelomana.
Misy olona te hanoroka ny tananao, (fomba fanao any amin'ny firenena maro ny manoroka ny tanan'ny pretra) mety havela hanao izany tsy misy tsininy ny lehilahy.

Fa ny vehivavy kosa, dia aoka izay manao izany ho fanajana ny pretra ihany no avela manoroka, fa tsy izay rehetra mila fahafinaretana tsy akory, dia omena tànana horohana daholo, na izay hita manam-pitia natoraly hafahafa ; esory haingana ny tànanao raha vao mahatsikaritra ireto farany ireto ianao.

Pejy faha-180

Raha vao voahasina ho pretra ianao, na vao mitondra akanjo rebareba fotsiny mihitsy aza, dia efa tsy tokony hanoroka imasom-bahoaka intsony na ny anabavinao, na ny havanao, na ny Ray aman-dreninao ; tsy tokony hifanao ialahy aminy intsony indrindra fa ireo mbola tanora.
Ho an'ireo zokiolona indray, toy ny reny, nenitoa, vavy antitra, dia mba tandrovina tsara ho amin'ny fotoana tena ilàna azy no mifanoroka aminy, toy ny andro lehibe. Ohatra : fety, fiverenana avy any lavitra.
Tsy mety kosa anefa ny mandà ny orok'ireto farany ireto, raha tena amim-pahatsorana no anomezany azy.

Il faut cependant éviter de le faire en public, parce qu'il y a toujours des yeux méchants qui ajoutent de la malice et de la méchanceté où il n'y a pas lieu.

Embrassements affectueux entre personnes de même sexe.

Attrait réciproque inter virum et mulierem.

Dieu a mis entre l'homme et la femme une attraction toute naturelle parce qu'ils ont été créés l'un pour l'autre et que c'est par une grâce toute surnaturelle et un secours tout spécial qu'ils peuvent vivre séparés l'un de l'autre et se passer l'un de l'autre.
Ceci existant, il faut une grande grâce de Dieu pour se garantir d'un certain plaisir naturel à se trouver ensemble, à vivre ensemble et à se rendre mutuellement les secours que la Providence a mis à la disposition de l'un pour l'autre.
Il faut donc prendre garde à soi dans les rapports avec les femmes parce que, lors même que l'on a renoncé à une femme comme épouse, on n'a pas détruit en soi le sentiment naturel qui nous porte vers elles, et quand on s'aperçoit que l'on éprouve une affection, quelque légère qu'elle soit, pour une personne, femme, il faut de suite se mettre en garde pour s'en détourner ; et quand on s'aperçoit de son côté qu'une femme nous aime tant soit peu, il faut de même l'éloigner de nous pour ne pas lui donner l'occasion de nous aimer davantage.
Il doit être très difficile à un homme de vivre avec une femme sans éprouver quelque tentation d'affection à son sujet, et réciproquement, il doit être très difficile à une femme de vivre avec un homme et de le servir sans éprouver aussi quelque tentation d'affection à son sujet ; s'il n'y a pas une grâce spéciale qu'ils doivent puiser l'un et l'autre et constamment dans la prière, la communion et les règles d'une grande prudence et d'une grande réserve vis-à-vis l'un de l'autre.
Pour nous rendre la chasteté plus facile sous ce rapport, pour pratiquer mieux l'esprit de mortification et de pénitence à l'exemple de saint Paul, nous ne prendrons point de femmes à notre service particulier, mais nous prendrons un homme, un garçon ou deux qui seront employés au service de l'église et de la maison.

En cas de maladie, si nous n'avons pas d'homme capable, nous pouvons prendre une garde-malade parmi les religieuses ou les femmes âgées.

Fa ny tena alaviro, dia ny anaovana izany eny imasom-bahoaka rehetra eny, satria misy ny maso ratsy mahay mitatibolana ka mampitombo resaka, mampisy ny tsy misy.
fifanorohana amim-pitiavana amin'ny lahy samy lahy.

Mifampisarika ny lahy sy ny vavy.

Nataon'Andriamanitra hifampisarika ny lahy sy ny vavy satria natao hifanatona izy ireo eo amin'ny natiora, ka tsy afa-mifamoy na misaraka, na miaina samy irery raha tsy fahasoavana manokana avy any ambony no manohana azy.
Noho ny fisian'izany, dia mila ny fahasoavan'Andriamanitra manokana mba hahafoizana ny fahafinaretana natoraly hiaina miaraka sy hifanasoa arak'izay nandaharan'Andriamanitra ny fiarahan'ny lahy sy ny vavy.
Tsy maintsy mailo àry isika, amin'ny fifandraisana amin'ny vehivavy, satria na dia nahafoy tena tsy hanorina tokan-trano aza isika, ka tsy hanana vehivavy ho vady, dia tsy maty ao amintsika tsy akory ny fientanam-po voa-janahary manintona antsika aminy, hany ka raha vao tsikaritsika izany fanintonana mankany amin'ny vehivavy izany, dia tapaho haingana ; etsy an-daniny indray raha tsikaritsika fa misy vehivavy mitia antsika, alaviro haingana koa izy mba tsy hitomboan'izany fitia izany ao aminy.
Tena sarotra ho an'ny lehilahy tokoa anie ny manilika ny fakam-panahy eo amin'ny fiarahana amin'ny vehivavy ê ; dia toy izany koa, sahirana dia sahirana tokoa ny vehivavy miara-monina amin'ny lehilahy sy manompo azy nefa tsy hanam-pitia azy na halaim-panahy aminy akory, raha tsy eo ilay fahasoavana manokana tovoziny amin'ny fivavahana sy ny kominio ary ny fitsipi-pahamalinana sy fahamailoana ngeza dia ngeza eo amin'ny an-daniny sy ny an-kilany.
Mba ho mora amintsika ny fahadiovam-po, manoloana izany fifaneraserana izany, mba hampiharantsika ny famolahan-tena sy ny asa fivalozana notahafina tamin'i Md. Paoly, dia aoka isika tsy haka vehivavy hiasa manokana ho antsika, fa lehilahy na tovolahy iray na roa, vonon-kiasa ho an'ny fiangonana sy ny trano ipetrahantsika no alaina.
Raha marary isika ka tsy mahita lehilahy afa-miandry antsika any, dia relijiozy vavy na anti-bavy no iangavio hanao izany.

Ne pas recevoir de cadeaux de la part des femmes.

Les cadeaux entretiennent l'affection et les rapports mutuels.
On ne peut rien recevoir pour soi, mais on peut recevoir des choses pour l'église, pour

Aza mandray fanomezana avy amin'ny vehivavy.

Mampirehi-pitia sy fifandraisana natoraly ny fanomezana atolotra na raisina.
Tsy mahazo mandray fanomezana ho an'ny tena irery, fa mety ny mandray

la communauté, les pauvres, des choses qui peuvent servir à tout le monde.

Ne pas aller chez les religieuses sans nécessité.

Les religieuses ne sont pas plus exemptes de la critique que les autres et elles le sont peut-être même davantage, quand elles sont assidues et qu'elles fréquentent trop souvent les prêtres ou que l'on va trop souvent chez elles.
On ne doit aller chez elles que par nécessité et, si on y va, ne pas s'y asseoir, remplir un devoir, mais ne jamais s'y arrêter pour y causer, passer son temps, tenir des conversations inutiles.

Eviter les caresses trop affectueuses avec les enfants.

Nous sommes tellement portés au mal que nous trouvons, même dans les enfants quelque fois, une occasion de réveiller en nous la concupiscence, surtout quand ils ont quelques qualités naturelles, quelques grâces extérieures ; l'affection naît souvent de ces qualités et elles nous portent à des embrassements, à des caresses inconvenantes, qui réveillent les sens et portent au péché.

Il faut veiller sur ces rapports, même avec les enfants ; non pas qu'il faille éviter tout témoignage d'affection et de tendresse, puisque nous voyons Notre Seigneur lui-même embrasser les petits enfants ; mais il faut le faire dans un but honnête, pour les attirer et les porter à Dieu et non pour se satisfaire.

Eviter toute parole grossière, équivoque ou déshonnête. (Eph 4, 29)

Il est difficile de garder entièrement la chasteté.

Moyens de garder la chasteté.

La vigilance.
La prière
Le travail
La pénitence
Avoir une grande estime de la chasteté.
Renouveler de temps en temps son vœu de chasteté.

Page 182

fanomezana ho an'ny Fiangonana, ho an'ny Mpiara-miaina, ho an'ny mahantra, ary zava-mahasoa ny be sy ny maro.

Aza mankany amin'ny relijiozy vavy raha tsy misy antony ilana izany.

Tsy mba afa-bela amin'ny tsikera ny relijiozy vavy, vao mainka koa aza mirongatra ireny fitsikerana ireny amin'ny maha olom-boatokana azy ; ka raha mifanosihosy be loatra na vangian'ny pretra matetika loatra izy ireo, dia ho voaenjika mafy.
Mba tena antony lehibe no handehanan'ny pretra any amin'izy ireo, ary raha misy dia any, aza mipetraka, raha tsy hoe hanao katesizy na hitarika fivoriana na hanao ny adidy maha-pretra ; fa aza mijanona ela any mba hiresaka na hanala hamohamo, na handany fotoana.

Aza manafosafo zaza mihitsy.

Mitongilana mafy loatra amin'ny ratsy isika, hany ka na dia amin'ny ankizy tsy manan-tsiny aza indraindray ahitantsika hirika handrehetana ny filan-dratsin'ny nofo, indrindra raha manan-talenta na hatsarana ivelany voanjanahary mahasarika izy ireo. Ireny hatsarana ireny no matetika miteraka ny fitia ka mitarika orokoroka sy safosafo manorisory ary mamoha ny filan'ny vatana dia mandrendrika amin'ny fahotana.
Tandremo àry ireny fifaneraserana ireny, na dia amin'ny ankizy aza, tsy hoe ahiliho any izay mba mety ho fanambatambazana na fanehoam-pankasitrahana, satria ny Tompontsika mihitsy no nanoroka ny zazakely, fa ataony amim-pahamarinana sy ara-drariny izany mba hisintonana azy ho an'Andriamanitra fa tsy hahazoantsika fahafinaretana tsy akory.

Aza miteny ratsy, alaviro ny resaka tsy loa-body na tsy marina. (Ef 4, 29)

Sarotra ny mitana ny fahadiovam-po tanteraka.

Fitaovana enti-mitana ny fahadiovam-po.

Ny fitandremana.
Ny fivavahana.
Ny asa.
Ny asa fivalozana.
Ny Fankamamiana ny fahadiovam-po.
Ny fanavaozana matetitetika ny voadin'ny fahadiovana.

Pejy faha-182

Résumé et conclusions pratiques.

Renoncer à tout acte contraire à la pureté.
Renoncer à toute affection trop naturelle.
Garder la modestie dans ses regards.
Eviter tout rapport inutile avec les femmes.
Ne pas recevoir de femme seule dans sa chambre.
Ne pas faire de visite aux femmes sans nécessité.
Agir avec prudence et réserve dans les rencontres, promenades, voyages.
Eviter toute familiarité avec elles, même avec celles de sa famille.

Ne point prendre de femme à son service particulier.
Ne point recevoir de cadeaux de leur part pour soi-même.
Ne pas aller chez les religieuses sans nécessité.
Eviter les caresses trop affectueuses même avec les enfants.
Eviter les paroles grossières, équivoques ou déshonnêtes.
Veiller, prier et travailler pour garder la chasteté.
Avoir une grande estime de la chasteté.
Et renouveler chaque année son vœu de chasteté.

Il faut renoncer à la gourmandise, deuxième péché du corps.

(il y a beaucoup de choses dans ce chapitre qui doivent entrer dans le chapitre de la pauvreté)

La gourmandise est le deuxième péché du corps auquel il faut renoncer.
Il ne s'agit pas ici de ces excès qui font perdre la raison, ce serait une abomination de voir des âmes privilégiées, appelées par Dieu à une vocation si sainte que celle du sacerdoce, se laisser aller à de pareils excès et déshonorer leur habit et leurs frères en faisant, comme dit saint Paul, un dieu de leur ventre.

Il s'agit ici de ce qui blesse la modestie, la mortification, la pauvreté et de savoir comment un véritable disciple de Jésus-Christ doit prendre sa nourriture.

Le corps recherche naturellement sa nourriture ; elle lui a été donnée par Dieu pour la conservation de sa vie. Mais, si on ne modère pas cette action, ardeur naturelle à prendre la nourriture, si la foi ne vient pas modérer cette action toute animale, on s'y porte avec avidité et gourmandise, on recherche trop ce qui est bon, on savoure les mets, on en prend plus que le nécessaire, on le considère avec jouissance, on mange avec avidité, on boit, on mange plutôt par satisfaction et plaisir que pour satisfaire une nécessité de la vie, ou bien on n'est jamais content de rien, c'est toujours trop chaud,

Famintinana sy fampiharana.

Mandà izay hetsika rehetra manohitra ny fahadiovana.
Mandà izay fitia rehetra natoraly loatra.
Mitana ny fahamaontinana eo amin'ny maso.
Manalavitra ny fifandraisana tsy ilaina amin'ny vehivavy.
Tsy mandray vehivavy irery ao an-taniefitranon'ny tena.
Tsy mamangy vehivavy any an-tranony raha tsy misy antony lehibe.
Fahamalinana sy fitandremana no ilaina amin'ny fihaonana na fivahinianana.
Alavirina ny fahazarana tsy misy fanajana loatra aminy eny fa na dia amin'ny fianakaviana aza.
Tsy mandray vehivavy hiasa manokana ho an'ny tena.
Tsy mandray fanomezana avy amin'ny vehivavy ho an'ny tena.
Tsy mandeha any an-tranon-drelijiozy vavy tsy misy antony manokana.
Tandremana ny fifanosihosena amin'ny ankizy.
Alavirina ny teny ratsy, ny resaka tsy loa-body na tsy marina.
Mitandrema, mivavaha, miasà mba hitandrovana ny fahadiovana.
Mankamamia ny fahadiovam-po,
Havaozy matetitetika ny voadin'ny fahadiovana.

Fahotam-batana faharoa ny fahatendan-kanina ka tsy maintsy lavina.

(Misy zavatra maro mbola ho tafiditra any amin'ny toko miresaka fahantrana ato)

Fahotana faharoan'ny vatana tsy maintsy lavina ny fahatendan-kanina.
Ny resahina eto dia tsy ireny hadalan-kanina tafahoatra loatra ireny, satria ho zava-manohehitra ny fahitana fanahy voatokana, nantsoin'Andriamanitra ho amina asa manokana, sady masina dia masina, maha-pretra manao voky an-tenda, manala baraka ny akanjony sy ny rahalahiny, amin'ny fanaovana andriamanitra ny kibony hoy Md. Paoly.
Ny resahina eto dia ireo mety mandratra ny fahamaontinana, ny famolahan-tena, ny fahantrana, ary ny fahaizana ny tokony ho fomba fihinanan'ny tena mpianatra marin'i Jesoa Kristy.
Mitady sakafo tokoa ny vatana ; Andriamanitra no manome azy izany mba hahavelona azy, fa raha tsy hay ny mametra io asany io, raha baranahany io hafanana manentana azy hihinana io, raha tsy fehezin'ny finoana izany asa ilaina hahavelona izany, dia habibiana sisa, filerana sy tsy fahalalana onona ; andramana daholo izay eo, tadiavina ny matsirotsiro kokoa, dia miletra mihoatra ny ilaina, dia ankamamiana ery izany dia milentika hatramin'ny vatan'orona na mifandrombaka toa maty mosary, dia migoka ohatry ny siny loaka, ka tsy mihinana mba ho velona

trop froid, trop salé, trop mauvais, trop clair, trop épais.

Paroles et exemples de Notre Seigneur sur ce sujet.

Nous pouvons tirer des paroles que Notre Seigneur Jésus-Christ a dites sur ce sujet, et des exemples qu'il

Page 183

nous a donnés, toutes les leçons qui nous sont utiles pour régler notre conduite dans cette matière.

Dans sa tentation dans le désert, lorsque le démon lui dit de faire un miracle pour apaiser sa faim, Jésus lui répondit :

L'homme ne vit pas seulement de pain mais de toute parole qui sort de la bouche de Dieu.

Dans une autre circonstance, Jésus ayant soif, se tenait sur le bord du puits de Jacob et attendait patiemment qu'une circonstance le favorisât pour boire ; arrive une Samaritaine qui vient puiser de l'eau ; il demande à boire et trouve dans cela l'occasion de l'instruire et de lui donner l'eau vive de la foi.

Ses apôtres arrivant, lui disent : Maître, mangez ; et il réponde ces admirables paroles :

J'ai une nourriture que vous ne connaissez pas, ma nourriture est de faire la volonté de mon Père.

Ailleurs, il dit qu'il est lui-même la nourriture :

Je suis le pain vivant qui suis descendu du ciel ; celui qui mange de pain, vivra éternellement.

Vos pères ont mangé la manne dans le désert et ils sont morts ; celui qui mangera le pain que je lui donnerai ne mourra jamais.

Par ces paroles, Jésus-Christ nous montre que notre première nourriture est la Parole de Dieu, que nous devons avoir plus d'ardeur pour nourrir notre âme que pour nourrir notre corps, que notre véritable nourriture, c'est Jésus-Christ lui-même, puisqu'il est le pain vivant qui donne la vie.

Tandis que le pain de la terre n'est qu'un pain de mort :

Vos pères ont mangé la manne dans le désert, et ils sont morts.

Celui qui mangera de ce pain ne pourra jamais.

Que nous devons avoir pour les œuvres de Dieu et sa divine parole, autant d'ardeur

intsony fa miletra mba hahazo fahafinaretana, tsy mahay mifaly amin'izay misy aza, vao mainka miha sarotiny koa : ity mafana loatra, ity mangatsiaka loatra, ity be sira loatra, io ratsy loatra, matsatso loatra io ro mazava io ; marihitra loatra ilay saosy etsy.

Teny sy ohatra nomen'ny tompontsika momba izany.

Azontsika tsoahina amin'ny Teny nomen'i Tompontsika Jesoa Kristy sy ny ohatra nampianariny momba an'io toe-javatra io,

Pejy faha-183

ka hakantsika lesona ifehezan-tena ireto manaraka ireto.

Tany an-taniefitra, nony nalain'ny demony fanahy hanao fahagagana hanova ny vato ho mofo mba hanalana ny hanoanany, dia izao no navalin'i Jesoa :

Tsy ny mofo ihany no iveloman'ny olona fa ny teny rehetra aloaky ny vavan'Andriamanitra koa.

Tamin'ny fotoana iray, nangetaheta i Jesoa, dia nipetraka teo amoron'ny fantsakan'i Jakoba, niandry izay olona hanovo rano mba hosotroiny, dia tonga ilay vehivavy Samaritana hantsaka rano ; nangataka rano hosotroina Izy, ary nahita hirika hampianarana azy ny fanomezana ny rano mahavelona ho an'ny finoana.

Tonga ny Apôstôliny ka niangavy azy hoe : Ry Mpampianatra ô, avia àry misakafo ; fa novaliany teny mahasondriana izy ireo hoe :

Manan-kanina tsy fantatrareo Aho ; ny sakafoko dia ny manatanteraka ny sitrapon'ny Raiko.

Any ho any indray, dia lazainy fa Izy mihitsy no sakafontsika.

Izaho no mofo velona nidina avy any an-danitra, ka izay mihinana amin'izany mofo izany dia ho velona mandrakizay.

Ny razanareo tany an-taniefitra dia voky mana nefa maty ihany, fa izay mihinana ny mofo homeko kosa tsy ho faty na oviana na oviana.

Asehon'i Jesoa Kristy antsika amin'ireo teny ireo fa ny sakafontsika voalohany dia ny tenin' Andriamanitra ; fa tokony hanana hafanam-po bebe kokoa isika hamahana ny fanahy toy izay ny vatana ; fa ny tena sakafontsika marina dia i Jesoa Kristy mihitsy, satria Izy no mofon'aina mahavelona.

Fa ny mofon'ny tany kosa, dia mofo tsy mahavelona mandrakizay :

Nihinana ny mana ny razanareo tany an-taniefitra nefa mbola maty ihany.

Fa izay mihinana amin'ity mofo ity tsy ho faty na oviana na oviana.

Tokony hanana hafanam-pò amin'ny asan'Andriamanitra sy ny Teniny masina

que les gens du monde en ont pour la nourriture de leur corps.

Ma nourriture, c'est de faire la volonté de mon Père.
Nous ne devons pas ajouter plus d'attention ou d'importance à cette nourriture du corps que Jésus en apportait lui-même, quand, ayant soif, il attendait patiemment quelqu'un qui vint lui donner à boire sur le bord du puits de Jacob, quand, ayant faim, il broyait des épis dans ses mains avec ses apôtres, quand ayant faim, il cherche des figues sur un figuier de Jérusalem ou qu'il refuse de faire un miracle au démon, pour satisfaire sa faim.

D'après ces paroles du divin Maître, nous devons conclure que le disciple, à l'exemple du Maître, doit prendre sa nourriture avec foi, humilité, reconnaissance et sobriété.

Prendre sa nourriture avec foi.

En prenant cette nourriture matérielle, nous devons penser à cette nourriture spirituelle et divine qui est la seule véritable, puisque celle-là seule nous conduit à la vie éternelle et que la nourriture corporelle ne peut nous faire échapper…

isika, farafaharatsiny mitovy amin'ny olon'izao tontolo izao miezaka hitady sakafo ho an'ny vatany.
Ny haniko dia ny manao ny sitrapon'ny Raiko.
Tahaka ny niandrasan'i Jesoa Kristy tamim-paharetana, na dia nangetaheta mafy aza Izy, ka nipetraka teo amorom-pantsakana, izay olona hanovo rano, no tsy maintsy hakantsika fampianarana fa tsy omen-danja na omena toerana ambonimbony kokoa noho ny an'ny fanahy ny sakafom-batana, na tamin'izy noana ka nikosoka vary tamin'ny tanany niaraka tamin'ny Apôstôliny, na tamin'izy noana ka nitady aviavy tamin'ilay Aviavy tao Jerosalema, na tamin'ny nandavany tsy hanao ilay fahagagana nangatahin'ny demony mba ho voky.
Avy amin'ireo tenin'ny Mpampianatra avy amin'Andriamanitra ireo no hamehezantsika ny fitondran-tena tsy maintsy hanarahan'ny mpianatra ny ohatry ny mpampianatra azy, ka rahefa misakafo isika dia manàna finoana sy fanetren-tena, mahaiza mankasitraka, ary mba mahalalà onona.

Misakafo am-pinoana

Rahefa misakafo ara-batana isika, dia aoka hahatsiaro mandrakariva ilay sakafom-panahy avy amin'Andriamanitra, sady tokana no marina, satria io irery ihany no mampahazo ny fiainana mandrakizay, fa ny sakafom-batana fotsiny kosa tsy mahasakana…

à la mort, que notre véritable nourriture est Jésus-Christ, sa parole divine, sa chair sacrée, son sang adorable,
qu'un jour nous serons appelés à ce festin éternel du ciel où nous nous nourrirons de la lumière éternelle qui sera notre vie.

Avec humilité.

Cette nourriture animale nous met au rang des bêtes : comme elles nous mangeons l'herbe des champs, les fruits des arbres et les animaux de la terre, que nous devons manger qu'autant que nous l'avons bien gagné, par le travail puisqu'il nous a été dit, après le péché : tu mangeras ton pain à la sueur de ton front.

Que nous sommes indignes de vivre puisque le pécheur qui offense Dieu ne mérite pas de vivre, puisqu'il emploie sa vie à outrager Dieu, et que celui qui ne sert pas son Maître est indigne de vivre.

ny fahafatesana ; fa ny tena sakafo marina ho antsika dia i Jesoa Kristy, ny Teniny Masina, ny nofony masina, ny rany itsaohana ;
ary indray andro any dia asaina handray anjara amin'izany hanim-be tsy manam-pahataperana mandrakizay izany isika, ka hanim-py ho antsika amin'izany dia ny fahazavany mandrakizay izay mamelona antsika.

Amim-panetren-tena.

Io sakafom-batana io, dia mampitovy laharana antsika amin'ny bibi : tahaka ny biby rehetra dia mihinana ny ahitry ny saha isika, mihinana ny voan'ny hazo, mihinana ny bibin'ny tany ; ary tsy homana raha tsy azontsika amim-pahamendrehana izany, noho ny asa natao satria taorian'ny fahotana dia voalaza fa : ny hatsembohan'ny handrintsika no hinanantsika hanina.
Tsy mendrika ho velona izay manisy ratsy an'Andriamanitra noho izy maniratsira azy mandritra ny fiainany manontolo, ary izay tsy manompo ny Tompony dia tsy mendrika ny ho velona.

Avec reconnaissance.

Parce que tout vient de Dieu et que c'est lui qui nous envoie chaque jour les aliments qui nous sont nécessaires pour vivre.
C'est lui qui couvre chaque année la terre de fleurs et de fruits pour nourrir les hommes et met à notre disposition les animaux de la terre, de la mer et de l'air pour nous nourrir, et qu'il nous nourrit nous autres, d'une manière encore plus particulière et plus providentielle que les autres et que nous ne devons jamais oublier les prières qui précèdent et suivent les repas à l'exemple du divin Maître qui rendait toujours grâces à son Père dans ces moments.

Ces prières sont :

avant le déjeuner, le Benedicite simple
et les grâces de même
avant le dîner, nous dirons en abrégé celles du bréviaire
soit Kyrie eleison
Christe eleison
Kyrie eleison
Pater
Benedicite, Dominus ; nos et ea quae sumus sumpturi
[Que la main droite du Christ nous bénisse, nous
et ce que nous allons prendre]
benedicat dextera Christi.
[Que la main droite du Christ nous bénisse,
nous et ce que nous allons prendre]
après le repas, Agimus tibi gratias

Pater [Notre Père]
Benedicamus Domino [Nous te bénissons Seigneur]
Fidelium animae
au souper, les mêmes prières que pour le dîner.

Amim-pankasitrahana.

Satria avy amin'Andriamanitra ny zavatra rehetra ary Izy no manome antsika isan'andro izay ilaintsika toy ny sakafo ivelomantsika.
Ilay mandrakotra ny tany mandavan-taona, voninkazo sy voankazo mba hamelomana ny olombelona, ary nanolotra ho fihinantsika ny bibin'ny tany sy ny ranomasina, mbamin'ny rivotra iainantsika, ary mbola mamelona antsika manokana amin'ny fomba miavaka amin'ny hafa, noho ny fandaharam-pitiavany ho antsika, ka tsy ahafahantsika manadino ny vavaka mialoha na mamarana ny sakafo ataontsika, araka ny ohatra nomen'ny Mpampianatra avy amin'Andriamanitra, izay tsy nitsahatra nisaotra ny Rainy tamin'ireny fotoana ireny.

Ireto ny vavaka atao :

Alohan'ny sakafo maraina : Andriamanitra tsofy rano…
tsotra toy izany koa ny fisaorana
Alohan'ny sakafo antoandro, dia afohezina ny ao amin'ny breviera ka
Na Kyrie eleison (Tompo ô, mamindrà fo aminay)
Christe eleison (Kristy ô, mamindrà fo aminay)
Kyrie eleison (Tompo ô, mamindrà fo aminay)
Pater (Rainay)
Benedicite, Dominus ; nos et ea quae sumus sumpturi
[Andriamanitra ô, tsofy rano izahay sy ny hanina
Hohaninay]
benedicat dextera Christi.
Ary ny tanan-kavanan'i Jesoa Kristy anie
hitsodrano anay sy izay hohaninay]
Aorian'ny sakafo : Agimus tibi gratias [Andriamanitra misaotra Anao izahay…]
Pater [Rainay…]
Benedicamus Domino [Misaotra Anao izahay Tompo…]
Fidelium animae [Enga anie handry am-piadanana…]
Dia toa io koa amin'ny sakafo hariva.

Avec sobriété.

Nous devons manger pour entretenir la vie du corps, nous devons nous contenter du nécessaire et na pas aller au-delà.
Parce que le surplus est plus nuisible qu'utile, de quelque façon que ce soit.

Amim-pahalalana onony.

Mihinana isika mba hitanana ny fiainan'ny vatantsika ka mifalia amin'izay tena ilaina fa aza manoatra.
Ny mihoatra mazana manimba fa tsy mahasoa na amin'inona na amin'inona.

Saint Paul le remarque souvent dans ses épîtres,

Sobrius esto [Sois sobre. (2 Tm 4, 5)]

La sobriété est la gardienne de la chasteté ; ceux qui mangent et boivent au-delà du nécessaire ne peuvent être chastes que très difficilement.

Vinum res luxuriosa [Le vin porte à l'excès. (ProV 20, 1)]

La sobriété nous laisse toujours le corps libre et dispos, tandis que l'intempérance, même légère, nous ôte l'ardeur au travail, nous engourdit ou nous agite et nous porte à beaucoup de fautes intérieures et extérieures.

Saint Jean-Baptiste dans le désert vinum et siceram non bibet. [il ne boira ni vin, ni liqueur fermentée. (Lc 1, 15)]
Tous les saints ont été d'une grande sobriété pour la nourriture.

Ne pas se servir trop abondamment,
avides, délicats, gloutons, trop manger.

Sobriété et mortification.

Il y a la sobriété pendant le repas.
Il y a aussi la sobriété et mortification hors des temps des repas.
C'est tout à fait contraire à la mortification de manger à chaque instant, d'avoir des friandises dans sa chambre ou dans sa poche et d'en prendre à chaque instant, sans nécessité.
Quand on va à la cuisine ou ailleurs, de prendre des fruits, des raisins, pommes ou autres, pour le seul plaisir de les goûter, de les manger.

Ces habitudes indiquent un homme sans retenue, sans mortification et qui se laisse aller à tous les désirs de sa chair, sans les réprimer.

Il faut agir en tout avec réserve et modération.
La gourmandise nous porte beaucoup à voler, et cela sans nous en apercevoir, car ces gourmandises sont très souvent des petits vols faits au prochain.

Et le scandale qui en résulte pour le prochain, surtout pour les enfants qui sont portés à

Manamarika izany matetika i Md. Paoly ao amin'ny taratasiny.

Sobrius esto [Mahalalà onony (2 Tim 4, 5)]

Ny fahalalana onony no mpiambina ny fahadiovam-po. Sarotra ho an'ireo mihinana sy misotro mihoatra ny ilaina ny mitana ny fahadiovam-po.

Vinum res luxuriosa [Mpamazivazy ny divay, mpitabataba ny toaka, koa izay mimamo amin'ireny tsy mba hendry. (Oh 20, 1)]

L'obéissance est le plus court moyen d'arriver à la perfection et au renoncement.

En faisant le sacrifice de sa volonté, on fait par là même le sacrifice de son esprit et de son cœur, puisque la volonté est l'expression des pensées de l'esprit et des attachements du cœur.

L'obéissance est le moyen le plus court pour établir l'ordre et l'union dans une maison, et aussi la force.

fanahinareo toy ny olona mbola hampamoahina izy ireo, mba ho an-kafaliana no anaovany an'izany fa tsy an'alahelo satria tsy hahasoa anareo izany. (Heb 13, 17)

Amim-pitiavana.

Hoy i Md. Piera manafatra antsika noho ianareo efa nandio ny fonareo tamin'ny fanarahana ny fahamarinana sy efa nilatsa-tena tamin' izany hanaraka ny fitiavana marina ny rahalahy, dia mifankatiava fatratra amin'ny fo tokoa. (1 Pi 1, 22)

Mba ho tombontsoantsika ny andidiana antsika.
Ho tombontsoantsika no anekentsika.

Hasoavan'ny fanekena.

Fanekena no tiako sy ilaiko fa tsy sorona dorana. (Mt 12, 33 ; Heb 10, 8)

Mari-pitiavana lehibe indrindra omentsika an' Andriamanitra ny fanekena.

Ny Tompontsika mihitsy no mametraka izany antoka ho antsika izany :
Izay mandray ny didiko sy mitandrina azy no tia ahy marina tokoa. (Jo 14, 21)

Ny fitiavana an'Andriamanitra dia ny fitandremana ny didiny. Izany fitandremana ny didiny izany no ahafantarantsika fa tia an' Andriamanitra marina tokoa isika. (1 Jo 5, 2)
Izay mitandrina ny tenin' Andriamanitra ka manatanteraka azy, dia onenan'ny fitiavanan' Andriamanitra marina tokoa. (1 Jo 2, 5)
Dia hoy koa ny Tompontsika : Mba ho fantatr'izao tontolo izao fa tiako ny Ray, dia izay andidiany ahy no ataoko. (Jo 14, 31)

Famantaram-panajana sy fitiavana azo antoka indrindra ny lehibe ny fanekena Azy.

Lalana fohy indrindra mankany amin'ny fahalavorariana sy ny fandavan-tena ny fanekena.

Raha mahafoy ny sitraponao ianao, dia foinao miaraka amin'izay koa ny sainao, ny fonao, satria maneho ny atin-kevitra, atin-tsaina, atim-po ny sitrapo.

Lalana tsotra indrindra ilasian'ny filaminana sy ny fifankazahoana am-po ao an-trano ny fanekena, sady hery rahateo.

La force

Celui qui écoute la parole de Dieu et la met en pratique est semblable à un homme qui bâtit sur le rocher, rien ne peut l'ébranler... "Celui qui écoute et ne fait pas, bâtit sur le sable. (Mt 7, 24-26)

Il en est de même des communautés.
Funis triplex non rumpitur. [Le cordeau triple ne rompt pas. (Qo 4, 12)]

L'obéissance est la seule véritable marque de salut.

Ce ne sont pas tous ceux qui me disent : Seigneur ! Seigneur ! qui entreront dans le royaume des cieux, mais celui qui fait la volonté de mon Père qui est dans les cieux, celui-là entrera dans le royaume des cieux.
Beaucoup me diront au grand jour : Seigneur, Seigneur, n'avons-nous pas prophétisé en votre nom, et, en votre nom, chassé les démons, et, en votre nom, opéré beaucoup de prodiges ? Et alors je leur dirai hautement : Je ne vous ai jamais connus, retirez-vous de moi, artisans d'iniquité. (Mt 7, 21-23)

L'obéissance est aussi le moyen le plus sûr d'établir en nous la paix, la tranquillité d'esprit et de cœur.

Paix aux hommes de bonne volonté ! (Lc 2, 14)
Celui qui m'a envoyé est avec moi et il ne me laisse jamais seul, parce que je fais toujours ce qui lui plaît. (Jn 8, 29)
L'homme obéissant racontera ses victoires. (Pr 21, 28)
Comme j'entends, je juge et mon jugement est juste, parce que je ne cherche pas ma volonté mais la volonté de celui qui m'a envoyé (Jn 5, 30)
Celui qui obéit se met à l'abri de toute responsabilité vis-à-vis de Dieu et de sa conscience.[b]

L'obéissance est aussi le moyen dont Dieu se sert pour nous élever à des degrés supérieurs.[1]

Courage, bon et fidèle serviteur, parce que tu as été fidèle dans les petites choses, je t'établirai sur des grandes. (Mt 25, 33)

_____

1. Ms X 253 - Nous ferons de l'obéissance notre vertu principale et comme étant celle

Hery.

Izay mihaino ny tenin' Andriamanitra ka mitandrina azy dia tahaka ny olona iray nanorin-trano eo ambony vatolampy, tsy hisy hampihontsina azy. Izay mihaino fa tsy mitandrina azy kosa dia sahala amin'ny olona manorin-trano eo ambony fasika. (Mt 7, 24)
Dia tahaka izany koa ao amin'ny Kominote.
Funis triplex non rumpitur. [Tsy tapaka mora ny tady randran-telo. (Kôh 4, 12)]

Antoka tokan'ny famonjena ny fanekena.

Tsy izay manao hoe : Tompoko, Tompoko no hahazo ny fanjakan'ny lanitra, fa izay manatanteraka ny sitrapon'ny Raiko izay any an-danitra, io ihany no hiditra any amin'ny Fanjakan'ny Lanitra.
Maro no hilaza amiko amin'ny farandro : Tompoko, Tompoko ô, naminany tamin'ny anaranao anie izahay ê, nandroaka demony tamin'ny anaranao, nanao zava-mahagaga tamin'ny anaranao. Fa izaho kosa hamaly azy hoe : Mialà amiko ianareo fa tsy mahalala anareo mihitsy Aho, ianareo mpanao ratsy. (Mt 7, 21-23)

Lalana azo antoka indrindra hahazoana fiadanan-tsaina sy ny fiadanam-po ao amintsika ny fanekena.

Ary fiadanana ho an'ny olombelona tsara sitrapo ! (Lk 2, 14)
Ato amiko ilay naniraka ahy ary tsy avelany irery aho satria izay sitrany hatrany no ataoko. (Jo 8, 29)
Hahay mitantara fandresena ny olona mahay manaiky. (Oh 21, 28)
Izay reko no entiko mitsara, ary fantatro fa marina ny fitsarako satria tsy manao ny sitrapoko aho, fa manatanteraka ny sitrapon' Ilay naniraka ahy. (Jo 5, 30)
Ny olona manaiky dia esorina amin'ny andraikitra ateraky ny nanirahana azy eo anatrehan' Andriamanitra sy ny feon'ny fieritreretany.[b]

Lalana tian'Andriamanitra hanandratana antsika ambonimbony kokoa ny fanekena.[b]

Mahereza ry mpanompo mahafatra-pô, fa nahatoky tamin'ny zavatra madinika ianao ka ampiandraiketiko zava-dehibé kokoa. (Mt 25, 23)

_____

1. Ms X 253 - Ny fanekena no raisintsika ho fototry ny hatsarampanahintsika, sy

qui peut le plus contribuer à la gloire de Dieu, au bon ordre d'une maison et à la sanctification de nos âmes.

==========

Note b : Etre à l'abri de toute responsabilité. C'est-à-dire que Dieu ne tient pas pour coupable celui qui a obéi, même si celui-ci a l'impression qu'à la place de son supérieur, il aurait donné un autre ordre.

Page 261

Les plus belles promesses sont faites à l'homme obéissant.

Celui qui a mes commandements et les garde est celui-là qui m'aime ; or celui qui m'aime sera aimé de mon Père et moi je l'aimerai et je me manifesterai à lui. (Jn 14, 21)
Et mon Père l'aimera, et nous viendrons en lui et nous ferons en lui notre demeure. (Jn 14, 23)
Si vous gardez mes commandements, vous demeurerez dans mon amour, comme moi-même j'ai gardé les commandements de mon Père et je demeure dans son amour. (Jn 15, 10)

C'est la méditation du juste.

Mens justi meditabitur obedientiam. [L'esprit du juste méditera l'obéissance. (Pr.15, 28)]

Conclusions pratiques.

Page 263

(Conclusion du renoncement à soi-même)

Page 265

Avec les pages de conclusion sur le renoncement à soi-même, le ton ne s'adoucit pas. On reprend le mot de l'Evangile : haïr sa propre vie.

Ce serait une erreur néfaste de comprendre qu'il faut avoir des sentiments de haine pour soi-même. Ce comportement morbide ne procurerait rien de bien à l'œuvre de Dieu.

entintsika manome voninahitra an'Andriamanitra handaminana ny tranontsika sy hanamasinantsika ny fanahintsika.

==========

Naoty b : NOTE NON TRADUITE

Pejy faha-261

Ny olona mahay manaiky no nomeny ny fampanatenana tsara indrindra.

Izay manana ny didiko ka mitandrina azy no tia ahy ; ary izay tia ahy dia tia'ny Raiko ka hotiaviko sy hampahalalako ahy. (Jo 14, 21)

Ary hotiavin'ny Raiko izy, dia honina ao aminy izahay. (Jn 14, 23)

Raha mitandrina ny didiko ianareo, dia hankao aminy ary honina ao aminy izahay. (Jn 15, 10)

Fandinihan' ny olomarina.

Mens justi meditabitur obedientiam. [Mahitsy sy manaiky ny sain'ny olomarina. (Oh 15, 28)]

Fehiny enti-miaina

Pejy faha-263

(Fenin'ny fandavan-tena)

Pejy faha-265

Tsy mihamalefaka akory ny feo amin'izao toko famaranana ny fandavan-tena izao. Mbola miverina ny tenin'ny Evanjely hoe : Mankahala ny ain ny tena.

Hadisoana mihoam-pampana anie ny fiheverana fa tsy tiana na hankahalaina ny tena. Tsy mitondra na inona na inona eo amin'ny asan' Andriamanitra io fihetseham-pon'ny maty io.

L'abnégation de quelqu'un ne se juge par au niveau des sentiments qu'il a envers lui-même mais à la manière dont il va son chemin.[408]

Celui qui entretient des sentiments, flatteurs ou haineux envers lui-même est replié sur lui. Il fait donc tout le contraire de ce que demande l'Evangile. C'est le malheureux état de ceux qui n'ont pas renoncé à eux-mêmes.[410]

Le Père Chevrier indique un certain nombre de moyens à prendre pour arriver à ce renoncement[412]*. Il ne fait que reprendre les moyens généralement prescrits ou recommandés à l'époque, notamment dans les séminaires et surtout les communautés religieuses. Certaines de ces manières de faire n'ont plus guère cours aujourd'hui. D'autres manières se sont instaurées qui visent le même but ; mais elles sont mieux adaptées à ce que nous sommes.*

On peut noter l'attention spéciale du Père Chevrier à un effort communautaire pour progresser ensemble dans la vie évangélique. Pour cela, il a cherché comment rendre efficace pour l'avancement d'une maison, l'exercice classique de la coulpe.[414]

Quant au règlement[416]*, il est utile de savoir que le Père Chevrier a composé et recomposé maints règlements pour sa maison. Il ne cherchait pas le règlement définitif. Il voulait que tout se passe, autant que possible, dans l'unité et que chacun sache bien ce qu'il avait à faire. Mais il trouvait normal que l'organisation propre à un groupe*

Tsy eo amin'nyfihetseham-pon'ny olombelona manko no azo itsarana izany fandavan-tena tanteraka izany, fa amin'ny fanarahana ny lalana nofidina harahina.[409]

Tsy afa-rnivelatra mihitsy ny olona mihiboka ao amin'ny tenany irery. Manohitra ny Evanjely izy amin' izany. Toetra mamohehitra ananan'ireo tsy te-handà tena io.[411]

Manome sori-dalana maromaro hahatongavana amin'izany fandavan-tena izany i Mompera Chevrier.[413] *Ny efa voatondro harahina tamin'ny fotoan' andro niainany no noraisiny, indrindra tany amin'ny seminera sy ny fiainan-drelijiozy. Tsy azo iainana loatra ny sasany amin'ireny ankehitriny, fa misy fomba hafa iainana azy kosa izay mitarika ho any amin'ny tanjona kendrena, kanefa mifandraika tsara amin'ny fiainana ankehitriny.*

Ao ohatra ilay ezaka miaraka hiainana ny Evanjely ao amin'ny kominote. Tamin'izay no nikarohany ny fomba hahitam-bokatsoa bebe kokoa amin'ny fiampangan-tena am-pahibemaso,[415] *eo amin'ny fampandrosoana ny trano. Eo amin'ny lafiny fitsipika kosa dia ampahatsiahivina fa namolavola fitsipika maro be ho an'ny tranony i Mompera Chevrier.*

Tsy ny fitsipika[417] *maharitra no tadiavina, fa ny hahazoan'ny tsirairay mandray anjara amin'ny fampandehanana rehetra, ao anatin'ny firaisan-kina lalina sady mateza ka hahaizany izay tsara tsy maintsy hataony fa tsy nohadinoiny mihitsy anefa fa ny olo-maro miara-miaina*

soit remise à la responsabilité commune de ce groupe. Il n'hésitait pas à écrire

dia tsy maintsy manana lamin'asa iombonanafantatry ny isam-batan'olona

408 Cf. p. 270, note 1
409 Jereo p. 270, Nôty 1
410 P. 271.
411 P. 271.
412 P. 272.
413 P. 272.
414 P. 274.
415 P. 274.
416 P. 257.
417 P. 257.

aux quatre séminaristes du Prado, seuls à Rome :

J'ai reçu votre règlement de vie ; tâchez d'y être fidèles ; modifiez-le selon la nécessité et que la charité soit votre grande règle.[418]

Page 267

Notre Seigneur veut que nous portions ce renoncement à nous-mêmes jusqu'à nous haïr nous-mêmes.

Quiconque vient à moi et ne hait pas son père et sa mère..
et même sa propre vie,
ne peut être mon disciple. (Lc 14, 26)
Il faut donc se haïr soi-même,
il faut haïr son corps, ses pensées terrestres, ses affections naturelles, cette volonté perverse : haïr tout ce qui vient de soi et non de Dieu.

Qui aime son âme la perdra. (Jn 12, 25)

L'âme et l'esprit, différence entre les deux, selon le sens de l'Ecriture.
L'esprit vient de Dieu.
L'âme est ce qui est en nous, qui tient à nous, qui participe à nos misères, à nos penchants, à nos passions, c'est la vie animale, terrestre.

L'âme, c'est soi-même, avec ses misères, ses passions ; l'âme a participé au péché d'Adam, elle reçoit d'Adam la tache du péché et en a tous les funestes effets ; tandis que l'esprit, c'est cet esprit de Dieu que nous recevons dans notre baptême et notre confirmation et qui nous fait vivre d'en haut.
Qui aime son âme, c'est-à-dire qui aime son âme en suivant ses désirs, ses penchants, ses passions ; qui aime son âme en tenant à ses idées, ses caprices, ses jugements terrestres, se perd.
Ceux qui s'aiment, se perdent, parce qu'ils s'aiment contre la volonté de Dieu, contre le devoir, malgré leur conscience et préfèrent leur plaisir, leur satisfaction à la volonté

miara-miaina ka mitaky aminy ny andraikitra tsy maintsy raisiny. Tsy nisalasala mihitsy izy nanoratra tany amin'ireo Seminarista pradoziana efa-dahy nonina irery tany Roma :

Voaraiko ny fitsipipiainanareo ka mahareta amin'ny fanatanterahana azy ; azonareo atao ny manitsy azy araka ny zava-misy sy ny zava-mitranga iainanareo, ary ny fifankatiavana no aoka ho fitsipika fototra arahinareo.[419]

Pejy faha-267

Tian'ny Tompontsika hipaka any amin'ny fankahalana ny aintsika mihitsy ny fandavana ny tenantsika.

Izay te-hanaraka ahy nefa tsy mankahala ny rainy sy ny reniny...
eny fa na dia ny ainy aza,
dia tsy ho mpianatro mihitsy. (Lk 14, 26)
Tsy maintsy mankahala tena izany isika,
tsy maintsy ankahalaina ny vatana, ny hevitry ny tany, ny fitia natoraly, ity sitrapo ratsy ity, ankahalaina izay avy amin'ny tena manokana fa tsy avy amin' Andriamanitra.

Izay tia ny fanahiny no hahavery Azy. (Jo 12, 25)

Ny maha samy hafa ny fanahy sy ny saina ao amin'ny Soratra Masina
Ny fanahy dia avy amin'Andriamanitra.
Ny saina izay ao amintsika, mitoetra ao amintsika, miombona amin'ny fahoriantsika sy ny fitongilanantsika, amin'ny fahalianantsika, izany hoe ny fiainana maha-biby, maha an'ny tany antsika.
Ny saina dia ny maha-olona antsika, miaraka amin'ny fahoriany sy ny fahalianany ; nandray anjara tamin'ny fahotan'i Adama izy ka nandova ny lotom-pahotana sy ny vokany rehetra ; fa ny fanahy kosa dia ilay avy amin'Andriamanitra, noraisintsika tamin'ny Batemy sy ny fankaherezana ka mampiaina antsika ny ain' Andriamanitra.
Izay tia ny sainy, izany hoe, manaraka ny faniriany, ny fitongilanany, ny fahalianany ; mitana ny heviny, ny fiangetsanany, ny fitsarany araka ny maha-tany azy, dia ho very.
Izay tia tena no ho very satria tsy mahita intsony ny sitrapon' Andriamanitra ao aminy izy fa ny tenany ihany no arahiny ka toheriny ny adidiny, ny feon'ny fieritreretany, ary aleony ny fahafinaretana ao aminy toa izay ny sitrapon'

418 Lettre n°115 (106) [A François Duret] Prado, fin novembre 1876.
419 Taratasy faha-115 (106) [Ho an'i François Duret] Prado, faran'ny volana nôvembra 1876.

de Dieu.

Qui hait son âme en ce monde, la conserve pour la vie éternelle. (Jn 12, 25)

[qui hait son âme en ce monde, c'est-à-dire :] ses passions, ses penchants, ses idées terrestres et mondaines, opposées à l'Evangile et aux vertus chrétiennes,

tout ce qui vient de soi, de son cœur, gâté, corrompu,

qui fait marcher son corps dans la pénitence, le jeûne et la prière, qui sait commander à son corps et le faire obéir...

Qui veut conserver sa vie la perdra. (Mt 16, 25)

Qui veut conserver sa vie au dépend de la loi de l'Evangile, de Dieu, de la religion, du règlement de vie, pour le soin inutile de son corps, par la mollesse, la négligence, la paresse, la gourmandise les soins excessifs, perd son âme.

Qui perdra sa vie à cause de moi, la retrouvera. (Mt 16, 25)

Par le travail, la pénitence, la mortification, les souffrances la mort, comme ont fait tant de saints, qui ont été les martyrs de tous les instants par les souffrances continuelles de la vie qu'ils ont endurées pour Dieu et pour les âmes ; ils retrouveront la vie qu'ils auront perdue, vie meilleure, plus heureuse...

Heureux effets que produit en nous le renoncement à nous-mêmes.

Il nous purifie de nos défauts.
Le renoncement à nous-mêmes nous dégage de tout ce qui est mauvais en nous, nous purifie d'abord de nos défauts, de nos passions ; dépouillez vous du vieil homme.
C'est ce premier travail qui est la base essentielle de la vie évangélique, sans laquelle il ne peut rien y avoir de bon en nous.

Il nous rend apte à pratiquer la vertu.

Par le renoncement à nous-mêmes, nous devenons aptes à la vertu, alors la vertu ne trouve plus d'obstacle en nous.
Nous pouvons pratiquer facilement, avec la grâce de Dieu, l'humilité, la douceur, la charité, la pauvreté.

Andriamanitra.

Izay mankahala ny sainy eto an-tany no hahatahiry azy ho amin'ny fiainana mandrakizay. (Jo 12, 25)

[Izay mankahala ny sainy eto an-tany, Izany hoe :] ny fahalianany, ny fitongilanany, ny heviny araka ny maha-tany azy araka ny maha an'izao tontolo izao azy, ka mifanohitra amin'ny Evanjely sy ny hatsaram-panahy kristianina :
izay avy ao anaty ao, avy amin'ny fo, lo, voaloto,

ka mampizotra ny tenany amin'ny fivalozana, ny fifadian-kanina sy ny vavaka, mahay mandidy ny tenany sy mampanaiky azy...

Izay te hitahiry ny ainy no hanary azy. (Mt 16, 25)

Izay mitahiry ny ainy tsy araka ny Evanjely, tsy araka an'Andriamanitra sy ny lalàny, tsy araka ny finoana, tsy araka ny fitsipi-piainany, fa manara-batana fotsiny, manenjika ny tsy ilaina, ny fahalemena, ny fahakamoana, ny ankambo, ny hatendàna : izany hoe ny fikarakaram-batana diso tafahoatra no manary ny fanahy.

Izay manary ny ainy noho ny amiko no hahatahiry azy. (Mt 16, 25)

Avy amin'ny asa, sy ny asa fivalozana, ny famolahan-tena, ny fijaliana, ny fahafatesana tahaka ny nataon'ireo olomasina tsy tambo isaina, ireo martiry nandritra ny taona rehetra niaritra ny fijaliana mafy dia mafy noho ny fitiavana an'Andriamanitra sy ny famonjena ny fanahy. Ireny no hahatahiry ny aina nariany, dia ilay aina feno' hatsarana, feno hasambarana...

Voka-tsoa ateraky ny Fandavan-tena ao amintsika.

Mandio ny lotontsika izy.
Manala antsika amin'ny ratsy rehetra izy ; dioviny ny kilemantsika rehetra, ny fahalianantsika ; endaho ilay olona tranainy.
Io asa io no fototry ny fiainana ny Evanjely, ary raha tsy izany dia tsy misy zava-tsoa ao amintsika ao.

Noho ny Fandavan-tena dia afa-miaina ny hatsaram-panahy isika.

Tsy mahita sakana hidirana ao amintsika intsony manko ny hatsaram-panahy noho ny fandavan-tena ao amintsika.
Koa noho ny fahasoavan' Andriamanitra dia mora amintsika ny miaina ny fanetren-tena, ny hamoram-pà, ny fifankatiavana, ny fahantrana.

Celui qui a renoncé à lui-même et qui a poussé le renoncement jusqu'à la haine de lui-même, il ne trouvera pas difficile de s'abaisser aux yeux de lui-même et du prochain, il ne trouvera pas difficile de supporter les humiliations, les mépris du monde, d'être regardé comme l'ordure des rues, la balayure du monde, puisque déjà il se hait et se méprise lui-même ; il a renoncé à tout ce qui peut l'honorer, lui être agréable ; si on le frappe sur la joue gauche, il présentera volontiers la droite.

Celui qui a renoncé à lui-même ne trouvera pas difficile de pratiquer la pauvreté, au contraire, il aimera à être pauvre, à se faire petit, à être privé de beaucoup de choses, à être au rang des pauvres ; il a renoncé à la gloire, à l'estime du monde, à tout ce qui brille dans le monde.
Celui qui a renoncé à lui-même ne trouvera pas difficile de pratiquer la charité, ne tenant pas à lui, il ne craindra pas de se déranger, de se dévouer pour les autres, de faire deux mille pas quand on lui en demande mille, de servir les autres, puisqu'il se considère comme le dernier de tous.

Tsy ho safo-kenatra na oviana na oviana eo anatrehan'ny hafa sy manoloana ny tenany mihitsy ny olona mandà ny tenany, eny fa na dia mietry ambany dia ambany aza, tsy sarotra ho azy mihitsy ny miatrika ny fanambaniana, ny fanaratsian'izao tontolo izao, na dia ny fijerena azy ho zezika na firingan-dàlana aza, fako mandehandeha, satria efa halany ny tenany, efa noharatsiany, efa nolaviny ny voninahiny sy ny fahafinaretana hany ka raha kapohina ny takolany havia dia atolony koa ny havanana.
Ny olona mandà ny tenany dia hiaina mora dia mora ny fahantrana, tiany dia tiany ny hahantra, tiany ny ho isan'ny madinika indrindra, ny tsy fahampiana, itovizana amin'ny mahantra ; nolaviny ny rehareha, ny fideran'izao tontolo izao sy ny famirapiratany.
Mora dia mora ho azy noho izany ny miaina ny fifankatiavana satria tsy tompon'ny tenany intsony izy ka tsy voaelingelina fa afa-manompo ny sasany, ary mahavita bebe lavitra noho izay angatahina aminy eo amin'ny fanompoana ny namana, satria afa-mihevi-tena izy fa farany indrindra.

Page 269

Pejy faha-269

Il fait de nous des hommes nouveaux.

Si quelqu'un est en Jésus Christ, il est devenu une nouvelle créature ; ce qui était vieux est passé, tout est devenu nouveau. (2 Co 5, 17)
Le renoncement à nous-mêmes nous rend capables de recevoir les grâces abondantes qui nous sont nécessaires pour devenir d'autres créatures en Jésus Christ, le vieil homme se détruisant peu à peu, l'homme nouveau se forme en nous de plus en plus, par la grâce du Saint Esprit.[1]

De véritables enfants de Dieu.

Parce que, en détruisant le vieil homme, nous naissons à une vie nouvelle, et s'accomplit cette parole du Sauveur Si vous ne devenez comme de petits enfants, vous n'entrerez pas dans le royaume de Dieu (Mt 18, 3) ; ce qui nous empêche de devenir petits enfants, ce sont nos défauts naturels ; en les détruisant, nous renaissons. Ce qui est né de la chair, est chair (Jn 3, 6) ; nous détruisons en nous ce qui est de la chair pour acquérir l'esprit des enfants de Dieu.

Des hommes tout célestes.[a]

Comme le premier homme est terrestre, dit saint Paul, ses enfants sont terrestres et comme le second est céleste, ses enfants sont célestes ; comme nous avons porté

Mahatonga antsika ho olom-baovao ny fandavan- tena.

Ny olona miaraka amin'i Jesoa Kristy dia manjary voary vaovao ; niendaka manko ilay olona tranainy ka niova ho vaovao tanteraka. (2 Kôr 5, 17)
Mampahazo fahasoavana be dia be itoviazantsika amin'i Jesoa Kristy, ka mahatonga antsika ho olom-baovao ny fandavan-tena. Tsy voaendaka fotsiny ilay olona tranainy fa tena potika tsikelikely mihitsy, ary ilay olom-baovao mahazo vahana tsara noho ny herin'ny Fanahy Masina.[1]

Tena zanak'Andriamanitra marina tokoa.

Satria, rahefa potika ilay olona tranainy, dia teraka indray ao amin'ny fiainana vaovao isika, dia tanteraka ny tenin'ny Mpamonjy antsika hoe : raha tsy tonga toy ny zazakely ianareo, dia tsy hiditra any amin'ny fanjakan'ny lanitra mihitsy (Mt 18, 3) ; ary ny tsy mahatonga antsika ho toy ny zazakely, dia ny kilema natoraly ; koa rahefa nialantsika, nopotehintsika izy ireny, dia teraka indray isika. Izay ateraky ny nofo dia nofo, izay ateraky ny fanahy dia fanahy (Jo 3, 6) ; Dia potehintsika izay nofo fotsiny mba hiainantsika ny fanahy maha-zanak' Andriamanitra antsika.

Olon'ny lanitra.[a]

Ary satria avy amin'ny tany ilay olona voalohany, dia tany ny taranany, fa noho ilay olona faharoa avy an-danitra dia an'ny lanitra kosa ny taranany, hoy i Md.

l’image de l’homme terrestre, portons maintenant l’image de l’homme céleste. (1 Co 15, 47-49)
J’ai été crucifié avec Jésus Christ, et je vis, ou plutôt ce n’est pas moi qui vis, c’est jésus Christ qui vit en moi ; car si je vis maintenant dans ce corps mortel, j’y vis en la foi du Fils de Dieu qui m’a aimé et s’est livré pour moi. (Ga 2, 19-20)

Regardez-vous comme morts au péché et vivants pour Dieu seul en Jésus Christ, Notre Seigneur. (Rm 6, 11)
Pour nous, nous vivons déjà dans le ciel.

Nostra conversatio in caelis est. [Notre cité est dans les cieux (Ph 3, 20)][b]

Quand nous nous sommes débarrassés de nous-mêmes, nous sommes légers

Paoly, koa sahala amin'ny nanendrentsika ilay olon'ny tany no itondrantsika ny endrik' ilay olon'ny lanitra. (1 Kôr 15, 47-49)
Nofantsihina niaraka tamin'i Jesoa Kristy aho dia velona ; ny marimarina kokoa dia tsy izaho intsony no miaina fa i Jesoa Kristy no miaina ato amiko ; satria raha mbola miaina ao anatin'ity vatana mora simba ity aho ankehitriny, dia miaina ny finoana ilay Zanak' Andiamanitra nitia ahy sy nahafoy ny ainy ho ahy. (Gal. 2, 19-20).
Hevero ho maty amin'ny fahotana ianareo, fa velona kosa ho an'Andriamanitra irery ihany ao amin'i Jesoa Kristy Tompontsika :' (Rôm 6, 11)
Efa miaina ny lanitra isika izao.

Nostra conversatio in caelis est. [Any andanitra ny fanjakantsika (Fil 3, 20)][b]

Maivamaivana ery isika rahefa ilaozantsika ny maha-olon'ny tany antsika,

_____

1. Ms XI 131 - XII 19.
Dépouillez-vous du vieil homme et revêtez-vous de l'homme nouveau qui, par la connaissance de Dieu se renouvelle selon l'image de celui qui l'a créé. (Col 3, 9-10).
Avant de se revêtir, il faut se dépouiller. (Ms XI 131).
Quand on s'est dépouillé, on peut se revêtir de l'homme nouveau.(Ms XII 19)

==========

Note a : Sur le sens de céleste, voir p 142.
Note b : Le Père Chevrier traduit lui-même : Notre conversion est toute céleste. (cf. p. 270). Cela restreint considérablement le sens de cette phrase de saint Paul. On traduit mieux, aujourd'hui, Notre cité est dans les cieux.

_____

1. Ms XI 131 - XII 19.
NON TRADUIT

NON TRADUIT

==========

Naoty a : NON TRADUIT
Naoty b : NON TRADUIT

Page 270

Pejy faha-270

et nous montons au ciel par l’esprit et le cœur, n’étant plus retenus par les pensées et les affections terrestres.

Notre conversation est toute céleste.

Quelle différence d’idées, de pensées, de conversation, entre une âme qui a renoncé à elle-même, et une âme qui est remplie d’elle-même.
Vous êtes morts et votre vie est cachée avec Jésus Christ, en Dieu, et lorsque paraîtra Jésus Christ, votre vie vous paraîtra aussi avec lui dans la gloire. (Col 3, 4)

Si vous vivez selon la chair, vous mourrez ; mais si vous faites mourir, par l’esprit les

dia miakatra moramora any an-danitra ny saina amam-po satria tsy voatanan'ny hevitra sy ny fitiavan'ny tany intsony.

Lasa resaky ny lanitra ny resantsika.

Samy hafa mihitsy ny fiheverana sy ny resaka ataon'ny fanahy nahay nandà tena sy ny fanahy feno fitiavan-tena.
Mary ianareo izao, fa miafina miaraka amin'i Jesoa Kristy ny ainareo, ao amin'Andriamanitra, fa rahefa hiseho i Jesoa Kristy dia hiseho miaraka aminy ao anatin'ny voninahiny koa ny ainareo. (Kôl 3, 4)
Raha velona ara-nofo ianareo, dia ho faty ; fa raha vonoinareo amin'ny asan'ny

oeuvres de la chair vous vivrez, parce que ceux qui sont poussés par l'esprit de Dieu sont enfants de Dieu. (Rm 8, 13-14)
Celui qui a renoncé à lui-même ne se trouble de rien, il ne fait nulle attention aux injures, aux mépris, aux délaissements, à toutes ces misères qui troublent tant l'âme qui est remplie d'elle-même.[1]

Il n'est point non plus affecté des louanges et des honneurs et des éloges ; il est indifférent à tout cela et conserve toujours la paix, la tranquillité de l'âme et du cœur ; il ne tient à rien, ni à lui-même, ni aux créatures, ni aux biens de la terre ; il vit dans une complète liberté d'esprit vis-à-vis de tout et il a l'entière liberté des enfants de Dieu.

Ubi Spiritus ibi libertas. [Où est l'Esprit, là est la liberté. (2 Co 3, 17)]

Heureuse est la maison où les sujets ont renoncé à eux-mêmes.

Quand, dans une maison, règne ce véritable renoncement, on ne trouve plus des âmes qui ne s'occupent que d'elles-mêmes et des autres ; tout le monde s'occupe de Dieu et des âmes pour les porter à Dieu et les sauver ; alors règne la paix, la joie, la charité, l'union, la force et l'entraînement au bien et l'amour.

Quand, au contraire, dans une maison, il n'y a pas ce renoncement à soi-même il y a alors des oeuvres de la chair dont parle Notre Seigneur et saint Paul, son apôtre ; et ces oeuvres sont : l'impureté, la mollesse, l'avarice, le larcin, la méchanceté, la fraude, l'œil mauvais, l'orgueil, la folie, les inimitiés, les

Fanahy ny asan'ny nofo, dia ho velona ianareo, satria izay entanin'ny Fanahin' Andriamanitra dia zanak' Andriamanitra. (Rôm 8, 12)
Tsy mitebiteby na amin'inona na amin'inona ny olona nandà ny tenany. Tsy henony ny tevateva, ny fanaratsiana, tsy fantany akory ny fanilahana sy ny fahoriana mampitera-kovitra ny fanahy tia tena, fa ny lalany ihany no izorany. Ny fitiavan-tena ihany manko no mitondra hakiviana sy fahasorenana.[1]
Tsy mampihontsina azy akory ny fandokafan'izao tontolo izao, sy ny voninahitra amam-panajany ; heveriny ho toy ny tsy misy akory ireny fa ny fiadanam-po, ny fahatonian-tsaina amam-panahy no tehiriziny ; tsy mifikitra amin'ireny mandalo fotsiny ireny izy, eny fa na dia amin'ny tenany sy ny zavaboary ary ny haren'ny tany aza ; iainany ilay tena fahafahan' ny fanahy maha zanak' Andriamanitra azy.

Ubi Spiritus ibi libertas. [Izay misy ny Fanahin'Andriamanitra no misy ny fahafahana tena izy. (2 Kôr 3, 17)]

Sambatra ny trano onenan'ny mpiara-monina samy mandà ny tenany.

Raha mahazo vahana ao amin'ny trano iray anie ny fandavan-tena, ka tsy hisy olona hanompo ny tenany intsony na ny sasany, fa tena Andriamanitra mihitsy no ifanotofany tompoina e, ary ny famonjena ny fanahy ka hitondra azy any amin' Andriamanitra no imasoan' izy mianakavy. Eo amin'izay vao hanjaka ny fiadanana, ny hafaliana, ny fifankatiavana, ny firaisan-kina, ny hery, ny fitaomana hanao soa, dia izay no fitiavana.

Fa raha ny mifanohitra amin'izay kosa no hita, dia tonga ilay asan'ny nofo lazain'i Jesoa Kristy sy i Md. Paoly Apôstôliny hoe : ny vokatry ny nofo dia ireto : ny fahalotoana, ny fahalemena, ny fahihirana, ny halatra, ny fiangarana, ny fahalianan-dratsy, ny maso ratsy, ny fiavonavonana, ny fahadalana, ny fankahalana, ny fifandirana, ny fitsitokotokoana,

---

1. Ms XI 132, Ms X 193 - Celui qui a renoncé à soi-même ne se trouble de rien, il ne fait pas attention à toutes ces petites misères du monde, aux injures, aux mépris, aux insultes, aux coups même. Il va son chemin. (Ms XI 132)

C'est parce qu'on n'a pas renoncé à soi-même que l'on est toujours dans la tristesse, l'ennui, le découragement. (Ms X 193)

---

1. Ms XI 132, Ms X 193 - « Izay nanda ny tenany dia tsy mihontsina na amin'ny inona na inona, tsy mitandrina amin'ireny fahantrana madinika eto amin'izao ireny izy, amin'ny ompa, amin'ny fanhakalana, amin'ny ompa, amin'ny vono aza. Manohy ny lalana izy. »
NON TRADUIT

divisions, les jalousies, les animosités, les querelles, les divisions, les dissensions, les

ny fialonana, ny habibiana, ny fizarazarana, ny fiandaniana, ny hevi-diso, ny

hérésies, l'envie et d'autres encore qui font de cette maison une maison du monde et non une maison de Dieu, parce que ce n'est plus le règne de Dieu qui existe mais le règne de soi-même et, quand on voit cela on peut dire avec vérité, comme saint Paul disait aux corinthiens :
Adhuc carnales estis. [Vous êtes encore charnels (1 Co 3, 3)]
Vous êtes encore charnels, c'est-à-dire vous vous conduisez selon la chair et non selon l'esprit de Dieu.
Cette maison n'est pas le règne de Dieu.

Malheureux état de ceux qui n'ont pas renoncé à eux-mêmes.

Celui qui n'a pas renoncé à lui-même est toujours dans le trouble, l'agitation, l'inquiétude ; il réfléchit continuellement sur ce qui se passe autour de lui, il pense à ce que l'on dit, à ce qu'on lui a fait et croit toujours qu'on a dit ou fait quelque chose contre lui. Il est continuellement dans un état de jalousie, de susceptibilité, de soupçon ; il croit toujours qu'on en fait plus pour les autres que pour luI ; il s'occupe continuellement des autres et de lui-même ; il est toujours en l'air pour se plaindre et chercher des consolations et des satisfactions, parce qu'il est toujours dans l'ennui, le trouble et l'inquiétude ; ces troubles, ces inquiétudes, ne sont rien au fond que de petits riens qui seraient dissipés par une seule pensée de foi et d'amour de Dieu, d'humilité ; mais parce qu'il n'y a, dans ces âmes, ni foi, ni humilité, ni amour de Dieu, ni force, ni action alors elles ne peuvent rien supporter et ces petits riens sont des montagnes pour elles et elles regardent comme insupportable ce à quoi les autres ne feraient nulle attention ; tout cela vient de l'amour de soi-même, de l'attachement à soi.
Qu'elles sont malheureuses ces âmes qui se recherchent continuellement qui ne s'occupent que d'elles !
Quelle vie insupportable pour elles-mêmes et pour les autres et pour ceux qui les gouvernent ![1]

(on place ici le Ms 51 qui s'étend sur les bas des pages 271 à 273)

1. Ms XII 51.

L'amour de soi-même.

Le véritable amour de soi, pour son bien, pour la gloire de Dieu ; nous sommes à Dieu et au prochain, nous ne sommes pas à nous-mêmes exclusivement.

L'amour de soi, quand il arrive à un certain degré qui s'appelle égoïsme, est la

fitsiriritana sy ny sisa tsy voatanisa nefa mitera-boka-dratsy mahatonga ilay trano ho fonenan'ny ratsy fa tsy fonenan'Andriamanitra satria tsy anjakan'Andriamanitra intsony, fa anjakan'ny fitiavan-tena ; ary raha izany no hita dia hevero sy diniho ny maha-marina ilay tenin'i Md. Paoly ho an'ny kôrintianina hoe :
Adhuc carnales estis. [Mbola olon'ny nofo fotsiny ianareo (1 Co 3, 3)]
Mbola olon'ny nofo fotsiny ianareo, miaina araka ny nofo fa tsy araka an'Andriamanitra.
Tsy anjakan'Andriamanitra izany trano izany.

Toetra tsizarizary ananan'ny olona tsy mandà tena.

Mitebiteby lava, mihotakota-dava, miahiahy mandrakariva ; lasa saina lalina eo am-pandinihana ny zava-miseho manodidina azy na ny teny izany na ny atao, ka heveriny fa anoherana azy daholo ireny rehetra ireny. Feno fialonana mandrakariva izy, mitsingolo-dava, manendrikendrika, mihevitra foana izy fa ny sasany ihany no totofantsoa fa izy jerem-potsiny ary apetrapetraka hoatry ny lamban'ny mpiasa, tsy sarahiny amin'ny fiheverana ny sasany mihitsy ny tenany ; mitarain-dava izy, mikaroka famalifaliana sy fahafinaretana, soren-dava manko, mitebiteby lava, mahin-dava, zavatra kely misinda ho azy raha mba manana finoana kely fotsiny ny fitiavan'Andriamanitra sy ny fanetren-tena ; fa noho ny tsy fisian'ny finoana, ny fanetren-tena, ny fitiavana ao amin'ireny olona ireny, tsy misy hery, tsy misy asa tsara, dia tsy mahalefitra na inona na inona izy fa heverina ho tendrombôhitra hanototra azy daholo ny vongam-pasika farany izay kely, ka izay tsinontsinona ho an'ny sasany akory dia lazainy fa tsy azo leferina. Avy amin'ny fitiavan-tena daholo anie izany rehetra izany. Avy amin'ny firaiketana amin'ny nofo fotsiny.
Mahonena anie ny olona hoatr'izany ê ! tsy mitady afa-tsy ny tenany, tsy manompo afa-tsy ny tenany !
Fiainana mamohehitra ho azy sy ho an'ny sasany fa indrindra ho an'izay voatendry hitondra azy dia ny lehibeny ![1]

(Mametraka eto ny Ms 51, izay ambanin'ny pejy faha-271 ka hatramin'ny pejy faha-273)

1. Ms XII 51.

Ny fitiavana ny tena.

Ny fitiavana marina ny tena ka hitera-boka-tsoa ho azy, ho voninahitr' Andriamanitra ; an' Andriamanitra manko isika, sy an'ny namana fa tsy an'ny tenantsika manokana.
Areti-mandoza tsy azo sitranina sady mamirifiry indrindra ny fitiavan-tena

plus terrible des maladies.
Le grand défaut de cet amour, c'est l'égoïsme.
Il y a l'égoïsme qui vient du cœur et l'égoïsme qui vient de l'orgueil de l'esprit.

L'égoïste fait tout rapporter à lui, ne voit que lui, ne cherche que lui ; il veut que tout revienne à lui, il est jaloux, susceptible, méchant, exigeant, rancuneux, soupçonneux, curieux.

Le culte du moi.

Il est toujours à chercher si on l'aime ou si on ne l'aime pas ; il est malade pour un manque d'égard, pour une prévenance qu'on aura pour un autre ; il ne veut pas que les autres fassent quelque effort, dans la crainte qu'ils soient récompensés aussi.

Point de dévouement.

Il ne supporte pas qu'on travaille pour lui.

Il se plaint de tout le monde, dans la crainte qu'on le blâme lui-même ou qu'on estime les autres plus que lui.
Il n'aime personne, il n'aime que lui-même.
Il ne cherche que lui dans tout ce qu'il fait, dans tout ce qu'il dit ; on voit qu'il se recherche, qu'il ne cherche que des satisfactions du cœur ; il est content de voir les autres humiliés parce qu'il lui semble que ça le relève ; il est triste de voir les autres honorés et bien faire, parce qu'il croit que ça l'abaisse.
Il est content du mal qui arrive aux autres et il est triste du bien qui leur arrive.

Quel triste état que l'amour de soi-même, que d'être égoïste ! quel malheur ! quelle vie triste il mène ! toujours dans l'inquiétude, l'ennui, le chagrin. Aussi vous le voyez : il n'est jamais en place, il court toujours, il est toujours inquiet, toujours malheureux.

Celui qui aime son âme, la perdra. (Jn 12, 25)
Celui qui hait son âme, la conserve. (Jn 12, 25)
Celui qui perd son âme, la retrouvera. (Mt 16, 25)

A ces gens-là, il faut toujours leur dire de belles choses ; on ne peut leur dire la vérité, parce que la vérité les tuera ; ils croient qu'on exagère, qu'on ne les connaît pas ; ce sont toujours les autres qui ont tort et jamais eux-mêmes ; ils n'ont pas le temps de s'occuper d'autre chose que d'eux-mêmes ; leur devoir est négligé.

tafahoatra.
VERIFIER TRADUCTION
Misy fitiavan-tena avy ao am-po, misy fitiavan-tena avy amin'ny fiavonavonan'ny saina.
Tsy mihevitra afa-tsy izy irery, tsy mahita afa-tsy izy irery, tsy mitady afa-tsy izy irery ; izy irery ihany no heveriny ho misy hany ka feno fialonana, feno haratsiam-panahy, sarotiny, be lolom-po, mpanendrikendrika, tia jerijery izy.

Ny fanompoan-tena

Mila karohina mandrakariva izany na misy na tsy misy ; marary izy raha tsy voakarakara toy ny ikarakarana ny sasany ; tsy tiany ny iezahan'ny sasany sao dia hahazo valisoa izy ireo...

Fahafoizan-tena tsy misy.

Tsy zakany leferina ny isahiranana aminy manokana, sao dia hanala baraka azy.
Itarainany daholo ny olon-drehetra, matahotra ny hotsiniana manko izy, ary manahy sao dia ankasitrahana mihoatra azy ny hafa.
Tsy misy olon-tiany afa-tsy izy irery.
Tsy misy aminy na dia potika fanetren-tena kely akory aza.
PASSAGE NON TRADUIT

Mahafaly azy ny fahavoazan'ny hafa. Mampalahelo anie ny olona tia tena toy izany.
Fahavoazana tsy mihoatra izany : fiainana mahonena ; tebiteby lava, alahelo lava ; koa jereo amin'izany na toerana aty na tsy toerany ! tsy tafapetraka mihitsy manko izy fa mandeha lava, mahin-dava manko ; tsy mahita hasambarana mihtsy.

Izay tia ny fanahiny no hahavery azy. (Jo 12, 25)
Izay mankahala ny ainy no mahatahiry azy. (Jo 12, 25)
Izay mahafoy ny ainy no hahita azy indray. (Mt 16, 25)

Ho azy ireny manko dia zava-tsoa ihany no tiany hohenoina tsy tiany ny ilazana ny tena marina, satria mamono azy ny fahamarinana ; mampitombo resaka hono, fitiavana tsy hahalala azy hono, ny sasany ihany mantsy no manan-tsiny ho azy fa tsy izy mihitsy. Tsy mba manam-potoana hikarakarana zavatra hafa an-koatra ny tenany izy, ary ny adidiny dia tsy

Le remède à tout cela est l'humilité et la charité.

Page 272

Un peu de renoncement à elles-mêmes ferait disparaître tout cela et mettrait la paix et le contentement dans leurs âmes, qui n'existeront jamais tant qu'elles se laisseront conduire par l'attachement à [elles-mêmes].

C'est Dieu qui nous a enseigné cela et quand le Maître parle, il dit la vérité.

Mon Dieu, donnez-nous à tous ce vrai renoncement à nous-mêmes afin que, détachés de nous, nous puissions vous aimer et servir le prochain et n'être jamais arrêtés dans les voies de la justice, du dévouement et de la charité.

Moyens à prendre pour arriver à ce renoncement à nous-mêmes.

Il faut :

1. Demander sincèrement à Dieu la grâce de se connaître soi-même, son défaut dominant, ses défauts particuliers, et avoir un véritable désir de s'en corriger.
2. Choisir un ami véritable qui nous fasse connaître nos défauts et nous avertisse charitablement quand nous tombons dans quelques fautes
3. Faire chaque jour son examen particulier sur son défaut dominant, sur la partie du renoncement qui nous concerne et sur la vertu opposée à ce défaut.
4. Faire à notre supérieur (ou a celui que nous avons choisi comme moniteur), l'aveu de nos principales fautes dans ce genre et demander toujours une pénitence.
5. Faire chaque semaine sa coulpe ou l'aveu public de ses manquements extérieurs.
6. Tenir le chapitre chaque mois, où l'on doit recevoir avec humilité les reproches ou remarques que l'on a pu faire sur notre conduite extérieure.
7. Se confesser chaque semaine et s'y préparer sérieusement, pour obtenir la contrition parfaite et un vrai amendement de sa vie.[Voir Ms 51]

misy vitany.
Ny fanafodin'ireo rehetra ireo dia ny fanetren-tena sy ny fitiavana.

Pejy faha-272

Raha mba mahay mandà tena kely fotsiny anefa izy, dia tsy hisy ireny rehetra ireny, fa ho fiadanana sy hafaliana ary fahafinaretana no hanjaka ao aminy. Fa noho io fandavan-tena io tsy misy, dia zava-doza no miseho noho ny firaiketana amin'ny nofo fotsiny.
Andriamanitra anie no mampianatra antsika an'izany ary ny Mpampianatra rahefa miteny dia ny marina no lazainy.
Andriamanitra ô ! mba omeo anay rehetra io fandavana marina ny tenanay io, mba hitiavanay Anao amin'ny fo amam-panahinay manontolo rahefa voafongotra tao aminay ilay firaiketana amin'ny nofonay, amin'izay izahay dia ho afa-manompo ny namanay ka hanao ny rariny sy ny hitsiny am-pazotoana ny fitiavana tsy hisy sakantsakana.

Ny atao mba hahatongavana amin'izany fandavan-tena izany.

Tsy maintsy :

1. Mangataka am-pitokiana amin'Andriamanitra ny fahasoavany mba hahalalanao marina ny tenanao, ny kilema be ao aminao, sy ny kilemanao manokana ka hahazoanao faniriana sy hery hiala aminy tanteraka.
2. Mifidy namana mahatoky hanambara aminao marina ny kilemanao ka hampahatsiaro anao am-pitiavana an'izany raha lavo ianao.
3. Isan'andro dia manaova fandinihan-tena momba ny kilema be ao aminao, momba ny fandavan-tena mahakasika anao, momba ny hatsaram-panahy mifanohitra amin'io kilema io.
4. Manatona ny lehibenao na izay nofidinao hitantana anao ara-panahy, dia ampangao aminy ny hadisoana vitanao ary mangataha asa fivalozana.
5. Isan-kerin'andro, manaova fiampangan-tena am-pahibemaso momba ny hadisoana ivelany vitanao.
6. Isam-bolana, miatreha fihaonam-be hihainoanao ny fanamarihana hitsaranao ny hadisoana ivelany mety ho vitanao dia miovà toetra.
7. Mandraisa ny sakramentan'ny fampihavanana isan-kerin'andro, ka omano tsara, manaova fanenenana tsara indrindra mba hanovanao tanteraka ny fiainanao.[Jereo Ms 51]

La coulpe.

La coulpe, c'est l'aveu public de ses fautes extérieures, non intérieures, les fautes intérieures regardent le confesseur.
Les fautes extérieures qui font partie de la coulpe sont les fautes :

contraires au règlement
contraires à son emploi

et les défauts de caractère.
Il y a certainement une grande grâce attachée à l'accusation publique de ses fautes extérieures, si on le fait comme il faut.
Pour le faire humblement et avec fruit, il faut le faire à genoux et, après avoir dit ce que l'on sait, prier ses frères ou supérieurs de nous dire ce qu'ils auraient pu remarquer en nous qui serait opposé, contraire au bon exemple et à l'édification que nous nous devons mutuellement les uns les autres, pour la gloire de Dieu et le salut du prochain, et demander une pénitence.

On doit faire la coulpe tous les huit jours et fixer un jour et une heure pour cet exercice, afin qu'il se fasse régulièrement, parce qu'il est très important.
Cet exercice nous empêche de tomber dans le relâchement, nous force à faire attention à nous-mêmes et met une sanction publique à nos fautes ce qui n'est pas peu excitant pour les faibles, afin qu'ils fassent davantage attention à eux-mêmes.
Pour rendre la coulpe et l'examen particulier plus faciles, nous avons fait des petites cartes sur lesquelles sont indiqués les différents articles du règlement et les divers points qui peuvent faire le sujet de notre examen et de notre accusation ; on peut et doit se servir de ces cartes pour noter chaque Jour ses manquements et les accuser au jour de la coulpe. C'est la dernière manière de faire ; ce moyen ne doit être employé que quand la maison marche bien ;
autre moyen indiqué plus long mais plus efficace :
Avant de faire la coulpe, on commence par lire l'abrégé du règlement, afin de se renouveler dans l'esprit de l'œuvre, voir sommairement ses

obligations et se préparer ainsi avec humilité à l'aveu de ses fautes et à la pénitence qui doit nous être imposée pour nos manquements.

Fiampangan-tena am-pahibemaso.

Ny hadisoana ety ivelany no ampangaina ao fa tsy ny fahotana anaty tsy akory.
Any amin'ny konfesy no miampanga ny any anaty.
Ireto avy no ampangaina dia ny fahadisoana ivelany :

manohitra ny fitsipika
manohitra ny asa nankinina amin'ny tena

ary ny hadisoan-toetra.
Ahazoam-pahasoavana lehibe izany raha atao araka ny tena tokony ho izy.

Koa mba hanaovana azy amim-panetren-tena sy hitondrany voka-tsoa, dia ataovy eo am-pandohalihana izy, ka rahefa voalazanao izay tianao holazaina, dia iangavio koa ny rahalahinao hilaza izay hitany fa tsy nety teo amin'ny toetranao ka mifanohitra amin'ny oham-pitondran-tena tsara sy ny fifampitondran'ny mpirahalahy mba hanomezam-boninahitra an'Andriamanitra sy ho famonjena ny fanahy ; avy eo mangataha famelana sy asa fivalozana.
Isaky ny havaloana no tsy maintsy anaovana io fiampangan-tena io, ka ataovy matotra tsara ny andro sy ny ora fanaovana izany satria tena zava-dehibe io.
Sady manakana antsika tsy ho lavo izy io, no mamporisika antsika hitandrin-tena koa, ka na dia ilay fanambarana am-pahibemaso sy ny valin-keloka ho azo eo fotsiny aza dia efa mampivarahontsana ny kanosa.
Mba hanamora ny fandinihan-tena, na ny fiampangan-tena ampahibemaso, dia misy karatra kely efa voaomana ho an'izany, raha tahiny ka mirindra tsara ny fifampitondrana ao an-trano.

Lavalava kokoa indray ity kanefa mahasoa :
Vakina aloha ny famintinana ny fitsipika, mba hihavaozana sy hivontosana ny toe-panahy enti-manatanteraka ny asa anirahana,

dia dinihina ny andraikitra nankinina amin'ny tena, mba hiomanana amim-panetren-tena amin'ny fiampangana sy ny fivalozana mifandraika amin'ny hadisoana.

Moyen de rendre la coulpe utile aux particuliers et efficace pour l'avancement d'une maison.

Moyen de rendre la coulpe efficace et utile à toute la maison :
Outre le règlement général de la maison, l'emploi et le caractère, qui doivent faire le sujet ordinaire de la coulpe de chaque semaine, il sera bon de fixer pour un mois ou pour plus longtemps, un sujet particulier, en commençant par le premier article du renoncement à la famille et au monde, ensuite à soi-même, c'est-à-dire à son corps, esprit, etc. ; on reste sur le même sujet jusqu'à ce qu'on ait obtenu un bon résultat général et, quand on a obtenu ce résultat, on passe au sujet suivant ; c'est ainsi que l'on peut parcourir tous les articles du Véritable disciple de Jésus Christ et arriver ainsi à quelque résultat heureux pour toute la communauté.
Ce moyen paraît long et laborieux mais il paraît aussi plus sûr et plus facile. Il faut que les supérieurs soient fermes et persévérants ; commencer par montrer la nécessité d'une vertu, de tel acte de renoncement et, quand tout le monde en sent la nécessité, chacun doit travailler de tout son courage pour y arriver.
On peut, même on doit, lire avant la coulpe l'article qui a rapport au sujet d'examen, chaque fois, tant que l'on n'est pas arrivé à le remplir exactement ; sans cela, on n'arrivera jamais à rien de solide et de durable ; les choses se font sans assez de sérieux et on ne peut arriver à cette union d'esprit et de cœur qui se trouve dans la poursuite des mêmes vertus, l'ensemble d'une même vie.[420]

Mba hahasoa sy hitera-bokatra ho an'ny isam-batan'olona ny fiampangan-tena, dia izao no atao :

NON TRADUIT
Ankoatra ny fitsipika, ny adidy aman'andraikitra, ny toetra izay fototry ny fiampangan-tena isan-kerin'andro,dia manokana foto-kevitra iray ho an'ny volana anankiray na lavalava kokoa, ka atombohy amin'ny fandavana ny fianakaviana sy izao tontolo izao ; dia tohizo amin'ny fandavan-tena izany hoe : ny vatana, ny saina sy ny sisa, dia mahareta eo aloha mandra-pahatsapana fa nahazoam-bokatra tsara ankapobeny izany. Avy eo amin'izay vao maka ny foto-kevitra manaraka : raha vitanareo izany dia hovoadinikareo daholo ny andininy rehetra ao amin'ny Mpianaira Marin'i Jesoa Kristy, ka hahatongavana amin'ny toetra sambatra kokoa.
Sady lava no mitaky asa sy faharetana izany kanefa sady azo antoka no mora tanterahina. Ilaina noho izany eo amin'ny mpitondra ny toetra hentitra sy maharitra. Ataovy izay hahatsapan'ny isam-batan'olona ny ilàna ny hatsaram-panahy sy ny fandavana voalahatra, dia samy hilofo hanatanteraka izany izy ireo.
Raha tsapa fa mbola tsy hita ny vokatra, dia vakio mihitsy alohan'ny fiampangan-tena ny andininy voatondro. Raha tsy atao hentitra sy matotra tsara mantsy ny asa iray, dia aleo tsy manao satria ilaina dia ilaina ny fiombonam-po sy saina mba hitomboan'ny hatsaram-panahy eo amin'ny mpiara-miaina.[421]

Page 275

Pejy faha-275

Troisième condition : Renoncer aux biens de la terre[422]

Page 277

Fepetra fahatelo : Fandavana ny Harren'ny tany p. 275[423]

Pejy faha-277

Le chapitre que voici est un des plus étendus du Véritable Disciple. Plus loin, le sujet sera abordé de nouveau sous la titre "Suivez-moi dans ma pauvreté"[424]. En annexe, on trouvera encore un autre texte : "Pensées sur la pauvreté - Le prêtre,

Ity toko ity no anisan'ny lava indrindra ato amin'ny Mpianatra Marina. Mbola hiverenana manko izy rahefa miresaka : Manaraha Ahy ao amin'ny Fahantrako.[426] Any amin'ny pejy fanampiny, dia mbola hisy ny Dinika momba ny

420 Ici prend fin le manuscrit principal du Véritable Disciple.
421 Note n'a pas été traduite
422 Ms XII 71-128.
423 Ms XII 71-128.
424 P. 403

homme dépouillé".[425]

Cela correspond à La place tenue par la pauvreté dans la pensée et la vie du Père Chevrier.

Un temps, il a songé parler de la pauvreté au sens large, le sens qu'on trouve dans l'Evangile : "Heureux les pauvres en esprit"[428]*. Sous le titre général de pauvreté, on trouve ce fragment :*

Or, nous possédons trois sortes (de) biens,
les biens de la terre,
les créatures,
et nous-mêmes.
Pour être à Jésus Christ, il faut donc renoncer à ces trois sortes de biens.[429]

Des cahiers ont été préparés dans cette perspective, mais le Père Chevrier les a corrigés et le titre général de pauvreté a disparu. Le mot est réservé pour la pauvreté au sens strict, par rapport aux biens matériels.

Pourquoi cela, alors que l'Evangile l'invitait à conserver le sens large ? C'est que le Père Chevrier a ressenti fortement un danger. A force de parler de pauvreté au sens large, de pauvreté intérieure, les premiers disciples du Père en arrivaient à conclure qu'ils pouvaient fort bien vivre comme tout le clergé de l'entourage. Mais le Père pensait que Dieu avait fait le Prado pour qu'il y eût des prêtres pauvres[431]*. Des prêtres réellement, visiblement pauvres parce qu'il y a toujours des pauvres parmi nous, des pauvres qui n'ont certes ni le loisir, ni le goût de cultiver une pauvreté*

fahantrana - Ny pretra, olona voaendaka.[427]

Ny mahatonga izany dia noho ny anjara toerana nomen'i Mompera Chevrier ny fahantrana tao an-tsainy sy ny fiainany.

Nieritreritra izy aloha ny hiresaka ny fahantrana amin'ny ankapobeny hita ao amin'ny Evanjely hoe : Sambatra ny mahantra am-panahy. (Mt 5, 3). Koa tao amin'io lohateny ankapobeny Isly Fahantrana io, dia nahitana izao manaraka izao :

Isika anefa manana karazan-karena telo :
ny haren'ny tany,
ny zavaboary,
Ny tenantsika.
Koa raha te ho an'i Jesoa Kristy marina dia tsy maintsy lavina ireo karazan-karena telo ireo.[430]

Nanomana kahie maro momba izany i Mompera Chevrier, saingy nony nahitsiny ny voasorany dia nanjavona ilay lohahevitra ankapobeny hoe : ny fahantrana, ka notanany ilay hevitra tena hentitra mahakasika ny harena hita maso.

Fa nahoana àry kanefa ny Evanjely mamporisika azy hitana ny hevitra ankapobeny ? Nahatsapa loza mihantona iray i Mompera Chevrier : ny firesahana fotsiny ihany ny fahantrana am-panahy, dia raisin'ireo mpianany voalohany ho ao anaty ihany, ka hahatonga azy ireo hangoron-karena hitan'ny maso toy ireo pretra maro tamin'izany fotoana izany. Ny fikasany anefa dia nataon' Andriamanitra ny Prado mba hisy pretra tena mahantra marina tokoa.[432] *Pretra tena mahantra marina sady hitan'ny maso ny fahantrany, satria misy mandrakariva ny olo-mahantra, izay tsy mba hoafa-mandalina izany fahantrana ara-panahy izany mihitsy*

426 P. 403
425 Annexe III p. 517
427 Tovana III p. 517.
428 Mt 5, 3.
429 Ms XI 609
430 Ms XI 609.
431 LP citée p. 14
432 Taratasin'i mompera Chevrier, p. 14.

tout intérieure, des pauvres frustrés de leur part dans les biens de la terre et dont la clameur parvient aux oreilles du Seigneur.[433]

Il écrit de Rome, en avril 1877 :

> Quant à nos jeunes abbés, je sens que mon autorité est bien faible. Duret et Delorme semblent mieux entrer dans nos pensées et mieux comprendre la pauvreté et la vie du Prado. Broche et Farissier ont beaucoup de raisonnements, Broche surtout, ne dit rien et semble avoir d'autres idées arrêtées, il raisonne, il est savant ; l'autorité de MM. Jaillet, Dutel et du séminaire ont du poids sur eux. Il faut prier".[435]

Sur le manuscrit intitulé "Suivez-moi dans mes souffrances"[437]*, sont rajoutées au début ces lignes :*

> Notre Seigneur a porté extérieurement le caractère de la pauvreté et de la souffrance. Ceux qui ne l'ont qu'intérieurement risquent bien de ne pas l'avoir du tout".[439]

Enfin, sur le cahier même où il traite du renoncement aux biens de la terre il griffonne quelques mots au début du cahier. Ces mots sont le schéma d'un entretien préalable qui se résume probablement ainsi :

> Il faut que nous nous mettions bien d'accord sur une même orientation de vie pour agir dans l'unité ; ce sera notre force.
>
> Ce que nous allons dire de la pauvreté repose sur la connaissance de Jésus Christ, sur sa parole et ses exemples. En procédant ainsi, nous construisons sur le roc.

satria sady very fanantenana noho izy tsy nomena anjara harena eto an-tany, no mitoreo ka henoin'ny Tompo.[434]

Tamin'ny volana avrily 1877, dia izao no nosoratany avy any Roma :

> Raha miresaka an'ireo Pretrantsika tanora ireo aho, dia mahatsapa fa tsy manana fahefana firy amin'izy ireo. I Duret sy Delorme no toa mba efa tafiditra amin'ny hevintsika sy mandray tsara ny fahantrana ary ny fiainan'ny Prado. Miady hevitra be kosa i Broche sy i Farissier. I Broche indrindra, sady tsy miteny no toa efa manana fanapahan-kevitra ao an-dohany ao ka toa tsy ho azo ahodina, mandresy lahatra satria manam-pahaizana ; voataizan-dry ingahy jaillet sy Dutel mantsy ka misy lanjany be ho azy ny fiainany tao amin'ny seminera. Mivavaha mafy.[436]

Nampiany izao teny manaraka izao eo am-panombohana ny lohahevitra hoe : Manaraha Ahy ao anatin'ny fijaliako.[438]

> Nitondra ny mariky ny fahantrana sy ny fijaliana tety ivelany ny Tompontsika, koa izay mihevitra fa ny ao anatiny ihany no izy, dia aoka hahalala fa mety tsy manana azy mihitsy.[440]

Ary farany, ao anatin'ny kahie mirakitra ny famelabelarany ny momba ny fandavana ny haren'ny tany, dia misy soratsoratra vitsivitsy toa karazana fandaharana resadresaka, ka azo fintinina toy izao manaraka izao :

> Aoka hifanaraka hevitra tsara isika manoloana ny soridalam-piainantsika, mba hahafahantsika manao ezaka iombonana sy fiaraha-mientana fa hery lehibe ho antsika izany.
> Ny resahintsika amin'ny fahantrana dia miorina amin'i Jesoa Kristy, amin'ny Teniny sy ny ohatra nomeny. Raha manao izany isika dia manorin-trano eo ambony vatolampy.

433 Cf. Jc 5, 4
434 Jereo Jak 5, 4.
435 Lettre n°147 (82) [6] [A Jean-Claude Jaricot] [Rome, avril 1877]
436 Taratasy faha-147 (82) [6] [ho an'i Jean-Claude Jaricot] [Rome, avril 1877]
437 P. 473
438 P. 473
439 P. 477
440 P. 477.

Cette mise en pratique de la pauvreté n'est peut-être pas très répandue, mais ce doit être justement le caractère particulier de notre famille, comme d'autres choses peuvent caractériser d'autres groupes.[441]

On imagine volontiers qu'au moment d'aborder cette épineuse question de pauvreté avec les séminaristes, sentant son autorité bien faible, il éprouve le besoin de revenir avec eux aux convictions fondamentales qui, seules, peuvent entraîner une adhésion profonde à la vie de pauvreté.

Le Père Chevrier sentait son autorité bien faible auprès de ses premiers disciples. Pourtant, sur cette question de pauvreté, il parle avec autorité.

Il parle franchement du manque de pauvreté dans le clergé. Il déplore qu'un asservissement à de petites choses comme les modes dans les habits, même ecclésiastiques empêchent d'aller grandement.[443]

Il ne mâche pas Les mots pour dire que le quêteur qui s'enrichit de cette manière est un trompeur et même que quêter sans nécessité, c'est un vol.[445]

Il dénonce les conséquences apostoliques de cette situation : elle crée un obstacle

Tsy dia fahita loatra mantsy ny fampiharana ny fahantrana toy izao, kanefa dia izany indrindra no tsy maintsy mampiavaka manokana ny fianakaviantsika, ohatra ny zavatra hafa mampiavaka ny sasany.[442]

Azo vinavinaina àry ny antony niverenany indray niaraka tamin'ireo seminarista tany amin'ny fotom-pampianarana mba hiainan'izy ireo marina tokoa ny fahantrana satria mahatsapa izy fa tsy ninoan-teny loatra, sady manindrona dia manindrona ilay resaka fahantrana.

Tsapan'i Mompera Chevrier fa osa dia osa tokoa ny fahefany teo amin'ireo mpianany voalohany. Kanefa eto amin'ity resaka fahantrana ity dia tena henjana tokoa ny teniny.

Nolazainy tsotra tamim-pahamarinana ny tsy fisian'izany fahantrana izany teo amin'ny pretra. Lazainy amin' alahelo aza fa ny fanandevozan'ny fitafy be lamaody teo amin'ny pretra dia toa sakana be handrosoana amin'ny lalindalina kokoa.[444]

Tsy nitsitsy teny mihitsy izy nanantitrantitra fa ny mpangataka rakitra fanomezana mba hanan-karena dia sady mpamitaka no mpangalatra, satria tsy tokony hatao tsy misy antony lehibe ny fangataham-panomezana.[446]

Ampangainy ny vokadratsin'io fomba io eo amin'ny asa aman-draharaha anirahana ny Fiangonana ; sakana

à l'annonce de l'Evangile aux pauvres qui voient dans la religion, une religion d'argent.[447]

D'où lui vient cette autorité ?

Elle lui vient de l'expérience. Tout ce qu'il recommande, il l'a vécu. Il a mis à l'épreuve ce genre de vie avant de le proposer à d'autres. Il applique ici le principe

ho an'ny fitoriana ny Evanjely manko io eo amin'ny mahantra noho ny fahitany fafivavaham-bola ny fivavahantsika, dia mihemotra izy.[448]

Avy aiza io fahefany io ?

Avy amin'ny traikefa nananany. Efa niainany avokoa izay nanafarana rehetra. Efa voasedrany tao aminy avokoa ireny vao natolony ny hafa.

441 P. 283
442 P. 283
443 Cf. p. 293, note 1
444 Jereo p. 293, Nôty 1
445 P. 311
446 P. 311
447 P. 315
448 P. 315

d'éducation qu'il a donné : Suis-moi, fais comme moi, je ne te demande pas des choses plus difficiles que je ne le fais moi-même[449]. La meilleure description qu'on puisse avoir de la vie du Père Chevrier au milieu des pauvres, dans le quartier du Prado, se trouve dans ce chapitre.

Et on y trouve en même temps la vie que menaient les pauvres du quartier. Il parle d'expérience parce qu'il a su se faire proche des pauvres, les écouter, les aimer, les comprendre. Il sait qu'il y a des choses qui font crier dans le monde des pauvres et il est sensible à ce cri[451]. Il sait que jamais un pauvre volontaire religieux ne souffrira autant que les pauvres du monde[452]. Il sait que, pour les gens de son quartier porter des souliers à caoutchouc, voire une médaille d'or, est un luxe réservé à des privilégiés.[453] Les temps ont changé, mais la leçon demeure.

Alors, le Père Chevrier parle avec force parce qu'il défend le droit des pauvres à entendre l'Evangile. C'est pour ne créer aucun obstacle à l'Evangile qu'il veut se contenter du nécessaire dans les églises et qu'il désire exercer gratuitement les fonctions du ministère.[457]

L'autorité d'Antoine Chevrier lui vient de l'expérience, elle vient plus encore de sa foi. Il parle parce qu'il croit[459]. Tout ce qu'il dit sur la pauvreté du prêtre manifeste avec quel sérieux il compte sur le salaire promis à l'ouvrier de l'Evangile qui fait son travail : Dieu l'a promis.[460] La parole de Dieu est là et il veut que nous ayons confiance.[461]

Mampihatra ny fanabeazana fototra nomeny izy eto : Manaraha ahy, izay ataoko atao, fa tsy mampanao anao zavatra tsy vitako aho.[450] Amin'ity toko ity no tena azo amantarana ny fiainan'i Mompera Chevrier teo anivon'ny mahantra tao amin'ny Prado.

Hita ao koa ny fomba fiainan'ny mahantra tao. Raha miresaka traikefa izy dia satria hainy ny nanatona ny mahantra, nihaino azy ireo, nitia azy ireo, nahatsapa ny nilainy. Fantany fa nisy toe-javatra mampitoreo ny mahantra eo amin'izao tontolo izao, ary nampientana azy izany toreo izany.[454] Fantany tsara fa tsy hijalijaly kokoa noho ny mahantra eo anivon'izao tontolo izao ny mahantra an-tsitrapo.[455] Fantany koa fa ho an'ny olona tao amin'ny kartieny, ny fananana kiraro fingotra na medaly volamena, dia tena natokana ho an'ny mpanefoefo.[456] Nivoatra sy niova ny toetr'andro, fa mitoetra kosa ny fampianarana.

Henjan-teny i Mompera Chevier satria miaro ny zon'ny mahantra handray ny Evanjely izy. Izay tena ilaina ao am-piangonana ihany no notadiaviny ary maimaim-poana ny nanaovany ny asa maha-pretra azy noho io fiarovany ny zon'ny mahantra handray tsy misy sakana ny Evanjely io.[458]

Fahefana notovozina avy amin'ny traikefa niainany ny an'i Antoine Chevrier, ka nentanin'ny finoana lalina. Izay ninoany no noteneniny.[462] Izay rehetra nolazainy mikasika ny fahantran'ny Pretra, dia manambara ny fandraisany tao am-pony lalina ny tenin'ny Evanjely momba ny karama nampanantenaina ny mpiasan'ny Evanjely : Andriamanitra no nampanantena.[463] Tenin' Andriamanitra io, ary tiany hatoky Azy isika.[464]

449 P. 222
450 P. 222
451 Ms XII 184.
452 Annexe 522.
453 P. 294.
454 Ms XII 184.
455 Tovana, p. 522.
456 P. 294.
457 Pp. 297, 311.
458 Pp. 297, 311.
459 Cf. 2 Co 4, 13.
460 P. 309.
461 Cf. p 318, note 1
462 2 Kôr 4, 13.
463 P. 309

Cette foi d'Antoine Chevrier est simple. Elle est grande. Elle voit la grandeur de la mission apostolique, du ministère du prêtre[465]*, la grandeur de l'œuvre à faire, qui doit se régler non d'après la quantité de revenus que nous avons mais d'après la charité.*[466]

Cette foi engendre une pauvreté généreuse pour les autres, pauvreté de celui qui estime qu'on ne paie jamais assez les sueurs de l'ouvrier et du pauvre.[469]

Finoana tsotra koa io an'i Antoine Chevrier io. Finoana lehibe tokoa. Finoana mahita ny fahambonian'ny Asa nanirahana ny Apôstôly, ny asa aman-draharaha maha-pretra[467]*, ny halehibeazan'ny asa atao, ka tsy tanterahina arakaraky ny vola ananana, fa arakaraky ny fifankatiavana.*[468]

Miteraka fitiavana hanampiana ny hafa ny fahantrana, fahantrana mahatsapa fa tsy voavidim-bola na oviana na oviana ny hatsembohan'ny mpiasa sy ny mahantra.[470]

Page 280

Une pauvreté respectueuse de la justice, qui n'achètera ou ne fera travailler que si on peut payer de suite[471]*. Une pauvreté réaliste qui ne proclame pas avec désinvolture "Dieu payera bien"*[472]*, qui sait qu'un tiens vaut mieux que deux tu l'auras.*[473] *Une pauvreté source de paix et d'équilibre car elle unifie la vie autour de l'Unique nécessaire, la chose importante, essentielle qu'il faut faire bien, après quoi le reste va bien aussi.*[474]

Le Père Chevrier parle avec autorité aussi et surtout parce qu'il parle pour le Prado. Il est bien clair que son autorité spirituelle n'est pas engagée de la même manière en tout ce qu'il dit. Autre chose est de savoir s'il faut porter ou non une tunique de laine grise ou marron et autre chose de savoir s'il faut se contenter du

Pejy faha-280

Fahantrana manaja ny rariny, tsy mividy zavatra na mampikarama mpiasa raha tsy manana ny vola ampy hatao tolo-bonona.[475] *Fahantrana tena mihatra ka tsy miteniteny foana raha milaza fa hoefan'Andriamanitra tsara daholo*[476] *izay nafoy ho azy, ary mahalala tsara fa ny inty raiso, tsaratsara kokoa noho ny hoe : homeko ianao fa andraso.*[477] *Fahantrana loharanom-piadanana sy fahatoniana satria mandrindra ny fiainana iraisan'Ilay Tena Ilaina indrindra dia Ilay tsy manam-paharoa, tian-ko azo sy tian-ko tratrarina ka rahefa manana azy, dia manaraka ny sisa rehetra ary tena handeha tsara tokoa.* [478]

Mahitsy ary misy safariny fa tena hentitra ny tenin'i Mompera Chevrier satria ho an'ny Prado no ilazany azy. Mazava ho azy amin'izany fa io fahefana ara-panahy io dia tena voatokana mihitsy ho an'io fikambanana naoriny io fa tsy mety ho raisina loatra amin'ny ankapobeny. Samy hafa manko ny hoe mitondrà atin'akanjo volon-

---

464 Jereo p. 318, Nôty 1
465 P. 309
466 P. 319
467 P. 309.
468 P. 319.
469. P. 302, note 2
470 P. 302.
471 P. 301
472 Cf. p. 321, note 2.
473 P. 320
474 P. 299
475 P. 301.
476 P. 321.
477 P. 320.
478 P. 299.

nécessaire dans le vêtement[479]*. Cependant même les détails d'application inadaptés pour notre situation actuelle ont un sens qu'il faut découvrir et conserver. Un prêtre qui a voulu vivre parmi les pauvres, non plus dans la banlieue de Lyon, mais dans la banlieue d'une grande ville d'Asie a pu écrire : "Combien je redécouvrais toute la force et toute l'actualité du Véritable Disciple, jusque dans ses détails. Les détails sur la pauvreté dans le logement, pauvreté dans le vêtement qui finissent par nous paraître presque mesquins en Europe où nous sommes habitués à un haut standard de vie, trouvent tout leur réalisme ici".*

Pour comprendre profondément la pensée du Père Chevrier, il faut savoir quelque chose de la vie des pauvres qui l'entouraient. Sur ce point J.F. Six apporte une contribution irremplaçable.[481]

Le jugement du Père Chevrier sur les Providences[483]*, ces ateliers qui font crier dans le monde*[484] *se comprend fort bien quand on sait de quoi il s'agissait. Ces espèces de couvents-ateliers où étaient recueillis des enfants, des jeunes délinquants ou des filles repenties, travaillaient pour des salaires très inférieurs, enlevant ainsi du travail aux ouvriers.*[485]

Quand il est question d'affaires temporelles[489]*, il s'agit de caractériser le but réel d'une entreprise. Dieu sait si le Père a connu les travaux et les soucis d'un économe ! Il ne s'est pas déchargé paresseusement sur les autres de tout ce qu'il fallait faire pour que tout le monde soit nourri, logé, vêtu dans la maison du Prado qui comptait une centaine de personnes. Mais jamais il n'oubliait le but du Prado : bien faire le catéchisme,*[490] *c'était le but de la Maison du Prado, évangéliser les pauvres*[491]*, c'est le but de toutes Les communautés du Prado.*

davelona na matroka sy ny hoe miomàna amin'izay tena ilaina indrindra,[480] *raha ny fitafiana no tenenina. Tsara anefa ny mandalina tsara izany rehetra izany na dia hita aza fa efa nilaozan'ny toetr'andro ireny amin'izao fotoana iainantsika izao, mba hahalalana ny vontoatiny ka hitehirizana azy. Nisy pretra iray te-hiaina tany ambanivohitr'i Azia fa tao ambanivohitr'i Lyon, nanoratra hoe : « Tsapako hatramin'ny antsipirihany ny hery raiketin'ny « Mpianatra Marina. » Ny antsipirihany eo amin'ny fahantran'ny toeram-ponenana, eo amin'ny fahantran'ny fitafiana, izay hita ho toy ny hafahafa amintsika aty Eorôpa mandroso, dia tena manana ny maha-izy azy mihitsy any aminay any.*

Mba hahatakarana bebe kokoa ny hevitr'i Mompera Chevrier dia tsy maintsy fantarina ny fiainan'ny mahantra manodidina azy. I J.F Six no mitondra fahazavana tsy misy toa azy ho antsika mikasika izany[482]*.*

Mora takarina toa izany koa ny hevitr'i Mompera Chevrier momba ny « Les Providences »[486] *izay toeram-piasana nampivarahontsana an'izao tontolo izao*[487] *ny fahitana azy. Toa sady toeram-piasana no tranon-drelijiozy nandraisana ankizy, tanora nania, zazavavy nanenina karamaina vary masaka ka mandrombaka ny asa tokony ho an'ny sasany.*[488]

Eo amin'ny lafiny fananana ara-nofo[492] *indray, dia tsy maintsy takarina ny tanjon'ny fanorenana natao. Andriamanitra irery no mahalala ny fahatsapan'i Mompera Chevrier ny fahasahiranan'ireny olona voatendry hitantana ny fananana iombonana ireny. Tsy niala bala mihitsy izy na nanilika tamin'ny hafa izay tokony hatao mba ho voky, hitafy tsara ireo olona aman-jatony tao amin'ny Prado. Tsy nohadinoiny velively anefa ny tanjon'ny Prado : mampianatra tsara ny katesizy*[493]*, mitory ny Evanjely amin'ny mahantra*[494] *tanjona iombonan'ny Kominote rehetra ao*

479 P. 293
480 P. 293.
481 Cf. p. 6
482 P. 6.
483 P. 304
484 Ms XII 184
485 P. 304
486 P. 304.
487 Ms XII 184.
488 Ms XII 184.
489 P. 304.
490 P. 299.
491 Lettre n°121 (117) [A Claude Farissier] [Rome, 22 mai 1877]

Page 281

Pour maintenir fermement cette orientation, il a imaginé l'institution des pères et mères temporels, dont il esquisse le rôle[495]*. L'idée lui en était venue pendant son séjour à la Cité de l'Enfant Jésus, où il avait vu une oeuvre apostolique menacée de se transformer en entreprise de logements à bon marché. Ce projet du Père Chevrier ne semble pas au point. Le plus certain, c'est qu'il veut garder toute sa liberté d'apôtre dans l'emploi des revenus*[496] *et qu'il consent à utiliser des revenus uniquement pour les maisons de formation, ce qu'il appelle "écoles et maîtrises".*[497]

La question de la gratuité du ministère n'a pas été sans difficulté. Il en voyait l'importance, il trouvait des directives claires dans la préface du Rituel romain, un document émané du Saint Siège, et il se heurtait, dans la pratique, à une coutume contraire.[501] *On n'a peut-être pas assez remarqué la contradiction précise entre les dispositions du rituel et la coutume.*

D'après le rituel, dans certaines conditions, le ministre peut recevoir un don fait à l'occasion du ministère accompli, mais on reconnaît à l'évêque le pouvoir d'interdire même cette concession et donc d'imposer une gratuité rigoureuse.

La coutume rencontrée par le Père Chevrier établit, au contraire, le principe général de l'offrande, selon un tarif officiel. Cette fois, le pouvoir de l'évêque impose

Pejy faha-281

Mba hampaharitra izany soridalana izany, dia nitsiry tao an-tsain'i Mompera Chevrier ny hevitra hanorina fikambanan'ny Ray sy reny mpiahy ara-pitaovana ka efa nosoritany ny anjara asany.[498] *Tamin'ny fotoana nandalovany tao amin'ny « cité de l'Enfant-Jésus », no nahitany an'io. Io toerana manao asa soa io anefa dia notandindomin'ny faharavana satria lasa toeram-pangoronan-karena miandalana amin'ny fampanofana trano amin'ny sarany mora dia mora. Tsy matotra loatra anefa ilay hevitra amin'ny fahitan'i Mompera Chevrier azy. Ny tena azo itokisana dia tiany ny mitana ny fahafahana malalaka amin'ny fanatanterahana ny asan'ny Apôstôly nanirahana azy*[499]*, na teo amin'ny fitantanana ny vola izay nafatony manokana tany amin'ny toeram-piofanana nomeny anarana hoe : « écoles et maîtrises »*[500]*.*

Tsy mora ny fampiharana ny asan'ny pretra maimaim-poana. Tao amin'ny « rituel romain » manko no nahitany azy, kanefa mifanao atsimo sy avaratra amin'ny fomba fanao izay voasoratra ao amin'io sori-dalan'ny Fiketrahana Masina io. Tsy nisy nahatsikaritra loatra izany fifanoherana[502] *eo amin'ny fomba nahazatra sy ny voasoratra izany koa moa, ka toa nandeha ho azy ny raharaha teo aloha.*

Voasoratra ao mantsy ny hoe : amin'ny fotoana sasantsasany, dia azon'ny pretra atao ny mandray fanomezana noho ny asa vitany amin'ny raharaha maha-pretra azy, fa miankina tanteraka amin'ny fahefan'ny Eveka kosa ny fanafoanana ireny tolotra ireny mba hampiharihary fa tsy maintsy atao maimaim-poana ny raharaha maha-pretra.

Tsy arak'izany voasoratra izany anefa ny zava-niainana sy ny fomba nahazatra tamin'ny andron'i Mompera Chevrier, fa tena nisy sarany voafetra ary tsy maintsy

---

492 P. 304.
493 P. 299.
494 Taratasy faha-121 (117) [Ho an'i Claude Farissier] [Roma, 22 mey 1877].
495 p. 305
496 P. 305
497 P. 309
498 P. 305
499 P. 305
500 P. 309.
501 P. 3I3
502 P. 3I3

la non-gratuité et il faut recourir à une permission exceptionnelle pour exercer gratuitement le ministère. Dans l'abstrait, les théologiens moralistes arrivaient fort bien à montrer qu'il y avait, dans tous les cas, gratuité. La chose était moins claire dans l'esprit des usagers ou plutôt elle était trop claire. Pour tout acte de ministère il fallait payer.

Pratiquement, lorsque le Père Chevrier a voulu exercer gratuitement le ministère dans la paroisse qu'on Lui avait confiée aux environs de Lyon, l'évêché de Grenoble, dont dépendait la paroisse, a refusé la permission. C'était en 1869.[503]

Nous avons peut-être ici la raison pour laquelle le Père Chevrier a modifié le plan du chapitre sur la pauvreté. Primitivement, il avait prévu une partie spéciale intitulée : "4°- Exercer gratuitement le ministère[505]*. Ce titre a été rayé dans plusieurs plans et le sujet introduit sous le titre plus général : "Ne rien demander à personne". C'est plus discret. Mais le Père ne renonce pas à son idée et il tient à nous dire que Pie IX l'avait trouvée "bonne".*[506]

La parole d'Antoine Chevrier fait toujours autorité pour le Prado, aujourd'hui. Nous sommes bien avertis que, dans cette vocation, "les richesses et les trésors perdent les maisons ; la pauvreté les conserve et les entretient dans la vigueur et la charité.[509]

Page 282

L'élévation générale du niveau de vie n'est pas un motif qui puisse nous détourner de la pauvreté. Au contraire. Car lorsque "le luxe est à son comble, que tout le monde recherche le bien-être, la commodité, le confortable, il faut que le prêtre, au contraire recherche la pauvreté".[511]

aloa ny asa angatahina amin'ny pretra. Ary fahefan'ny Eveka no nandidy izany, ka raha te hanao asa maimaim-poana ny pretra iray, dia tsy maintsy mangataka alalana manokana. Na manao ahoana na manao ahoana anefa, hoy ny teolôjiana ara-môraly, dia misy maimaim-poana hatrany ny asa maha-pretra. Ny tsy mazava loatra dia ny fomba fampiharana azy, ka nibaribary tamin'ny olona ny hoe : tsy maintsy handoavam-bola.

Porofo iray mitohoka amin'ny tendany ny nandavan'ny Evekan'i Grenoble ny fangatahan'i Mompera Chevrier hanao maimaim-poana ny asa maha-pretra azy tao amin'ny paroasy niandraiketany tamin'ny taona 1869.[504]

Mety ho izany no antony nanavaozan'i Mompera Chevrier ny fandaharana ny toko momba ny fahantrana. Tany am-boalohany dia nanokanany andininy manokana mihitsy ny fanaovana maimaim-poana ny asa maha-pretra[507]*. Nofafany ireo andininy ireo, ary napetrany amin'ny ankapobeny hoe : Aza mitaky ninoninona amin'ny olona. Moramora kokoa ny milaza azy, fa ny tena izy, dia tsy niala tamin'ilay heviny tany am-piandohana izy, ary nilaza mihitsy fa nankasitrahan'ny Papa Pie IX mihitsy fa tsara ilay hevitra.*[508]

Manan-danja eo amin'ny Prado mandraka ankehitriny io tenin'i Mompera Antoine Chevrier io. Nampitandremany antsika fa noho ny antso maha pretra pradozianina, dia very ny harena sy ny tahiry miafin'ny trano ; fa ny fahantrana no mitahiry sy mampitombo azy amin'ny fomba hentitra sy feno fitiavana.[510]

Pejy faha-282

Tsy antony manokana manala antsika amin'ny fiainana ny fahantrana ny fisondrotan'ny vidim-piainana ankapobeny, ny mifanohitra amin'izany no marina satria raha vao manjaka ao an-trano ny figalabonana sy ny rendrarendra samihafa, any amin'izao tontolo izao any, dia tokony hikatsaka mandrakariva ny fahantrana ny

503 Six, 294
504 Six 294.
505 Ms 175
506 P. 314
507 Ms 175.
508 P. 314
509 P. 319
510 P. 319
511 P. 291

En tout temps et sous toutes les latitudes, il restera vrai que "se contenter du nécessaire.. : comprend tout l'ensemble de la vie évangélique[513], que l'esprit de pauvreté consiste à ne nous considérer "comme maîtres propriétaires de rien", mais à regarder "toutes choses comme étant à Dieu et aux pauvres".[514]

Et les consignes ont été résumées de telle manière qu'elles se gravent à jamais dans nos mémoires :

"Si vous ne suivez pas les règles de la pauvreté, de la sagesse, de la prudence, Dieu ne vous doit rien. Il aura soin de vous tant que vous serez vraiment pauvres et que vous souffrirez en silence - Etre appelé de Dieu - Chercher le royaume de Dieu - Travailler - Etre pauvre - Ne pas faire d'imprudence".[517]

Les consignes sont claires. Mais La phrase du Père Chevrier reste toujours vraie : "Nous allons commencer à voir la pratique : c'est là qu'il y aura probablement quelques difficultés".[519]

Il y a aussi une autre difficulté. En livrant ces consignes au public, tout le monde peut alors demander des comptes au Prado ; tous les pauvres surtout, s'ils les connaissaient, pourraient nous dire : Où en êtes-vous ? que faites-vous ? Hélas ! nous sommes loin du compte ; mais Dieu s'est montré extraordinairement fidèle envers des ouvriers bien peu consciencieux.

Page 283

Nécessité d'une règle
Union

Pretra[512].

Na amin'ny fotoana inona, na aiza na aiza, dia tano ho marina fa ny fiononana amin'izay tena ilaina dia fiainana marina tokoa ny Evanjely[515], ary ny toe-panahin'ny mahantra dia tsy mamela antsika hihevitra mihitsy fa sady tompony no mpanapaka amin'inoninona isika, fa mpandraharaha nanankinan'Andriamanitra ny fananany sy ny fananan'ny mahantra.[516]

Baiko mazava sy hentitra tsy azontsika hadinoana ity manaraka ity :

« Raha tsy manaraka ny sori-dalan'ny fahantrana sy ny fahendrena ary ny fahamalinana ianareo, tsy manan-trosa aminareo Andriamanitra. Hikolokolo anareo fatratra izy, raha mahantra marina ianareo ka mitoloko mangina. – Olona voaantson'Andriamanitra - Katsaho ny Fanjakan'Andriamanitra, - Miasà – Tonga mahantra – Aza manaonao foana.[518]

Mazava izany baiko izany, ary marina mandrakariva ity tenin'i Mompera Chevrier ity hoe : « Hampihatra azy isika izao, koa miomana fa tsy ho vita mora izany[520].

Eritrereto ary mandiniha tena fa rahefa mampiharihary ho fanta-bahoaka izao baiko izao ny Prado, dia vonona handray koa ny fitakiam-balin'ny hoe : Aiza ho aiza amin'izany no misy antsika izao ? Indrisy mantsy fa mbola lavitra isika ; fa Andriamanitra kosa tsy mivadika na oviana na oviana amin'ireo mpanompony tsy dia mbola tonga saina loatra.

Pejy faha-283

Ny ilana ny fitsipika
Fiombonana

512 P. 291
513 P. 290
514 P. 289
515 P. 290
516 P. 289
517 Ms XII 199
518 Ms.XII 199
519 Lettre n°148 (83) [7] [A Jean-Claude Jaricot] [Rome, fin avril 1877]
520 Taratasy faha-148 (83) [7] [Ho an'i Jean-Claude Jaricot] [Roma, faran'ny volana avrily 1877]

Force

Notre règle, c'est Jésus Christ,
sa parole, ses exemples.
fondement solide, inébranlable.

C'est ce qui caractérise une oeuvre,
une congrégation.

Véritable disciple de Jésus Christ,
fond...[521]

Hery

I Jesoa Kristy no fitsipika ho antsika,
ny teniny, ny ohatra nomeny,
fototra mafy orina tsy voahozongozona.

Ny mampiavaka ny asa iray,
ny fikambanana iray.

Mpianatra marin'i Jesoa Kristy,
foto-kevitra…[522]

Page 285

Comment nous devons renoncer aux biens de la terre.

En étudiant sérieusement la doctrine de Notre Seigneur Jésus Christ et des apôtres, sur le renoncement aux biens de la terre.

Nous trouvons que, pour pratiquer la pauvreté évangélique, il faut,

1°) Renoncer d'esprit et de cœur aux biens de la terre.

2°) Se contenter du nécessaire.

3°) Donner à qui demande.

4°) Ne pas se mêler d'affaires temporelles.

5°) Ne rien demander à personne, sinon dans les cas prévus par le règlement.

6°) Ne pas s'inquiéter de l'avenir.

7°) Compter sur Dieu seul.

1°) Renoncer d'esprit et de cœur à tous les biens de la terre.

C'est la condition formelle que Notre Seigneur exige de quiconque veut venir à lui. Quiconque d'entre vous ne renonce pas à tout ce qu'il possède, ne peut être mon disciple. (Lc 14, 33)

Pejy faha-285

Fomba manao ahoana no tsy maintsy handavantsika ny haren'ny tany :

Eo amin'ny fianarana matotra tsara ny foto-pampianaran'i Jesoa Kristy Tompontsika sy ireo Apôstôly mikasika ny fandavana ny haren'ny tany,

dia hitantsika fa mba hiainana ny fahantrana araka ny Evanjely dia tsy maintsy :

1°- Lavina amin'ny saina sy ny fo ny haren'ny tany

2°- Mahay mionona amin'izay tena ilaina,

3°- Manome an'izay mangataka,

4°- Tsy mitsabatsabaka amin'izay fitantanan-karena,

5°- Tsy mangataka ninoninona na amin'iza na amin'iza afa-tsy izay voasoritra ao amin'ny fitsipika.

6°- Tsy miahiahy ny ho avy,

7°- Miankina amin'Andriamanitra irery ihany.

1°) Lavina amin'ny saina sy ny fo ny haren'ny tany rehetra.

Fepetra tsy azo ivalozana takian'ny Tompontsika amin'izay te hanara-dia azy io. Raha tsy mahafoy ny fanananareo ianareo, dia tsy mendrika ny ho mpianatro akory. (Lk 14, 33)

---

521 Pour comprendre cette page voir p. 278.
Suivent 4 pages qui reproduisent le texte sur les 5 conditions qu'on a trouvées, pp. 133-137.

522 Mba hazahoana ny tiana hambara eto dia jereo P. 278.
Misy pejy 4 mamerina ny efa voalaza momba ireo fepetra 5 izay hita ao amin'ny pp. 133-137.

C’est la condition expresse qu’il exige de ce jeune homme riche de l’Evangile qui demande à être parfait ; il avait accompli toute la loi et Notre Seigneur lui dit : Une seule chose te manque encore, si tu veux être parfait, va, vends ce que tu possèdes et donne-le aux pauvres et tu auras un trésor dans le ciel ; puis, viens et suis-moi. (Mc 10, 21)
Mais lui, entendant cela, affligé de cette parole, s’en alla triste, car il était fort riche et avait de grands biens.
Et Jésus, le voyant devenir triste, regarda autour de lui et dit à ses disciples : Que ceux qui ont de l’argent entreront difficilement dans le royaume de Dieu !

Fepetra henjam-be notakiany tamin’ilay tovolahy mpanankarena ao amin’ny Evanjely nangataka ny mba ho lavorary ; mitandrina ny didy izy ary hoy ny Tompontsika taminy : zavatra iray no tsy ampy aminao : mandehana, amidio ny fananana rehetra ary omeo ny mahantra ny vidiny, dia avia manaraha ahy, fa hanana tahiry any an-danitra ianao. (Mk 10, 21).
Nalahelo anefa izy nandre izany teny izany satria mpanefoefo loatra ka niondrika dia lasa nody.
Nahita azy nitanondrika sy nalahelo i Jesoa ka nijery ny manodidina azy ary nilaza tamin’ny mpianany hoe : Sarotra ho an’ny mpanakarena ny hiditra amin’ny Fanjakan’Andriamanitra !

(Les richesses rendent le salut très difficile, presque impossible ; c’est pour cela qu’il faut renoncer d’esprit et de cœur, sinon réellement.)

En vérité, en vérité, je vous le dis, qu’un riche entrera difficilement dans le royaume des cieux. (Mt 19, 23)
Les disciples étaient stupéfaits de ce langage.
Mais Jésus, prenant de nouveau la parole dit : Je vous le dis encore, mes bien-aimés, qu’il est difficile à ceux qui se confient dans leurs richesses d’entrer dans le royaume de Dieu. Car il est plus facile à un chameau de passer par le trou d’une aiguille qu’à un riche d’entrer dans le royaume de Dieu.
En entendant ces choses, ses disciples étaient grandement étonnés et se disaient : Qui donc pourra être sauvé ?
Et Jésus, les regardant, leur dit : Aux hommes, cela est impossible, mais ce qui est impossible aux hommes, est possible à Dieu, car tout est possible à Dieu. (Mc 10, 24-27)

(Mahasarotra ny famonjena ny harena, saika nofinofy fotsiny aza, izany no antony tsy maintsy handaozana azy amin’ny fo sy ny saina tanteraka)

Lazaiko marina dia marina aminareo fa sarotra ho an’ny mpanankarena ny hiditra amin’ny fanjakan’ny lanitra. (Mt 19, 23)
Gaga ny mpianatra nandre izany teny izany,
fa hoy indray i Jesoa : Lazaiko anareo indray anaka fa sarotra ho an’izay miraiki-po amin’ny harena ny hiditra amin’ny Fanjakan’ Andriamanitra. Moramora kokoa ho an’ny rameva ny hiditra amin’ny vody fanjaitra noho ny mpanankarena hiditra any amin’ny Fanjakan’Andriamanitra.
Koa iza àry no hotafiditra any ? hoy izy ireo gaga sy talanjona !

Fa nijery azy ireo i Jesoa ka niloa-bava hoe : Sarotra izany ho an’ny olombelona, fa izay tsy vitan’olombelona, vitan’ Andriamanitra mora foana satria tsy misy tsy vitan’Andriamanitra. (Mc 10, 24-27)

On ne peut servir deux maîtres.

Nul ne peut servir deux maîtres, car ou il haïra l’un et aimera l’autre, ou il supportera l’un et méprisera l’autre. (Mt 6, 24)
Ainsi, vous ne pouvez servir Dieu et l’argent. (Mt 6, 24)

Tsy misy afa-manompo Tompo roa.

Tsy misy afa-manompo tompo roa, fa na ho tiany ny iray dia hankahalainy ny iray, na hekeny ny iray dia ho laviny ny iray. (Mt 6, 24).
Ka noho izany dia tsy ho afa-manompo an’Andriamanitra sy ny vola miaraka ianareo. (Mt 6, 24)

Où est votre trésor, là aussi est votre cœur. (Mt 6, 21)

Izay misy ny harenareo no misy ny fonareo. (Mt 6, 21)

Epines.

Les richesses sont des épines qui étouffent la bonne semence de la parole de Dieu.

Tsilo.

Tsilo manenda ny voa tsara nafafin’ny tenin’ Andriamanitra ny harena. (Mt 13, 22)

Source et racine de toutes sortes de maux d'afflictions et de peines.

Ceux qui veulent devenir riches tombent dans la tentation et dans les pièges du diable et en désirs inutiles et pernicieux qui précipitent les hommes dans l'abîme de la perdition et de la damnation.
L'amour des richesses est la racine de tous les maux et quelques-uns en étant possédés se sont égarés de la foi et se sont embarrassés dans une infinité d'afflictions et de peines. (1 Tm. 6, 9)[1]

Vendre ce que l'on a et s'amasser un trésor spirituel.

Ne craignez pas, petit troupeau, car il a plu à votre Père céleste de vous donner le royaume de Dieu. (Lc 12, 32)

_____

1. Ms XII 243 - Le luxe et la richesse, dans un religieux ou un prêtre, sont le scandale des peuples, la ruine des âmes et le plus grand obstacle au salut.

Sady loharano no fototra ipoiran'ny ratsy sy ny alahelo ary ny fahoriana.

Lavon'ny fakam-panahy sy ny fandriky ny demony ireo te hanan-karena : sady maniry loza manko izy no mikatsaka zava-poana mamarina ny olona any amin'ny hantsan'ny fahaverezana mandrakizay.
Ny fitiavan-karena no fototry ny ratsy rehetra ary misy very finoana noho izany satria sahiranin'ny tebiteby sy ny fahoriana tsy hita noanoa ! (1 Tim 6, 9).[1]

Amidy ny ananana dia manangona tahiry ara-panahy.

Aza matahotra ry ondry vitsy, sitraky ny Rainareo any an-danitra ny hanome anareo ny Fanjakan'Andriamanitra. (Lk 12, 32)

_____

1. Ms XII 243 - Fanafintohinana ho an'ny vahoaka, fanapotehana ny fanahin'ny olona, ary sakana lehibe ho an'ny famonjena azy ny figalabonana ao anatin'ny harena eo amin'ny relijiozy sy ny pretra.

Vendez ce que vous avez, donnez-le aux pauvres.
Faites-vous des bourses qui ne s'usent pas, amassez-vous dans le ciel un trésor qui ne s'épuise pas, dont les voleurs ne puissent approcher et que les vers ne puissent corrompre. (Lc 12, 33)
C'est pour cela que Notre Seigneur demande de ceux qui veulent le suivre ce grand renoncement à tous les biens de la terre et d'être disposés à le suivre, lui qui n'a pas une pierre pour reposer sa tête.[1]

Le Fils de l'homme n'a pas où reposer sa tête.

Un jeune homme, rempli d'admiration pour Jésus Christ, avait formé le désir de le suivre et dit à Jésus : Seigneur, je vous suivrai partout où vous irez.

Jésus lui répondit : Les renards ont leurs tanières, les oiseaux ont leurs nids, mais le Fils de l'homme n'a pas où reposer sa tête. (Lc 9, 57-58)

Il ne faut plus songer à retourner dans le monde, même pour ses affaires.

Il répond à un autre qui lui demande la permission d'aller arranger ses affaires avant

Amidio izay anananareo, dia omeo ny mahantra ny vidiny.
Manaova kitapom-bola tsy tontan'ny ela ho anareo, dia rakitra tsy mety lany any an-danitra, tsy azon'ny mpangalatra idirana sy tsy simban'ny kalalao. (Lk 12, 33).

Antony manokana nahatonga ny Tompontsika hangataka ny fahafoizana ny haren'ny tany amin'ireo te-hanara-dia azy izany mba hiainany ny fiainana eo aminy satria tsy mba nanana na dia vato iray iondanana akory izy.[1]

Tsy mba manana na dia vato iray iondanana akory aza ny zanak'olona.

Nisy tovolahy iray nankasitraka tsara ny nataon'i Jesoa Kristy, ka naniry mba hanaraka azy nilaza taminy hoe : Tompo ô, hanaraka anao aho na aiza na aiza halehanao.
Dia hoy i Jesoa taminy : Ny amboadia manan-davaka, ny voromanidina manana ny akaniny, fa ny zanak'olona tsy mba manana na dia vato iray iondanana akory aza. (Lk ; 9, 57-58).

Aza mihevitra hiverina any amin'izao tontolo izao intsony na dia misy anton-draharaha aza.

Hoy indray izy namaly an'ny anankiray nangataka taminy handamina ny fananany

de le suivre : Quiconque, ayant mis la main à la charrue, regarde derrière lui, n'est point propre au royaume de Dieu. (Lc 9, 62)

Saint Jean.

C'était la pratique de saint Jean dans le désert.
Quelle pauvreté réelle il avait, vivant dans le désert ! Il avait un vêtement de poils de chameau, une ceinture de cuir autour des reins et sa nourriture était des sauterelles et du miel sauvage, et tous les habitants de Jérusalem et de toute la Judée venaient à lui. (Mt 3, 4-5)

Les apôtres.

C'était la pratique des apôtres, qui avaient tout quitté et qui l'avaient suivi.
Nous avons tout quitté et nous vous avons suivi. (Mc 10, 28)

Premiers chrétiens.

C'était aussi la pratique des premiers chrétiens ; nous voyons dans les actes des apôtres, que toute la multitude de ceux qui croyaient n'était qu'un cœur

alohan'ny hanarahany azy : Izay efa nametraka ny tanany amin'ny angadin'omby ka mitodika any aoriana, dia tsy mendrika ny Fanjakan'Andriamanitra mihitsy. (Lk 9, 62)

Md. Joany.

Izao no fiainan'i Md. Joany tany an-taniefitra. Fahantrana izany, tonga lafatra mihitsy. Monina any an-taniefitra ! Akanjo sy fehikibo hodi-drameva ; ary ny sakafony dia valala sy tantely remby kanefa ny mponin'i Jerosalema sy i Jodea manontolo nirohotra nanatona azy daholo. (Mt 3, 4-5)

Ny Apôstôly.

Izany koa no nataon'ny Apôstôly : nandao ny zavatra rehetra dia nanaraka azy.
Indro fa nilaozanay ny zavatra rehetra mba hanarahanay anao. (Mk 10, 28)

Ny kristianina voalohany.

Dia toa izany koa no nataon'ireo Kristianina voalohany hitantsika ao amin'ny boky mitantara ny Asan'ny Apôstôly :

---

1. Ms XII 160 - Si nous ne pouvons vendre nos biens, nous devons au moins y renoncer d'esprit et de cœur ; regarder nos biens et tout ce que nous possédons, même les plus petites choses, comme n'étant pas à nous, mais à Dieu et aux pauvres ; mettant en pratique ce que nous dit saint Paul : "le temps est court ; que ceux qui pleurent soient comme ne pleurant pas, ceux qui se réjouissent comme ne se réjouissant pas, ceux qui achètent comme ne possédant pas". (1 Co 7, 29-30)

---

1. Ms XII 160 - Raha tsy afa-mivarotra ny harentsika isika, farafaharatsiny mba lavina amin'ny fo amam-panahy izy. Hevero ho toy ny an' Andriamanitra sy ny mahantra izay ananantsika rehetra, araka ny lazain'i Md. Paoly hoe : fohy ny fotoana, aoka izay mitomany ho toy ny tsy mitomany, izay mifaly ho toy ny tsy mifaly, izay mividy ho toy ny tsy manana inoninona. (1 Kôr 7, 29-30)

et qu'une âme ; nul ne considérait ce qu'il possédait comme étant à lui en particulier, mais toutes choses étaient communes entre eux.
Il n'y avait point de pauvres parmi eux, parce que tous ceux qui possédaient des fonds de terre ou des maisons les vendaient et en apportaient le prix qu'ils mettaient aux pieds des apôtres, et on les distribuait ensuite à chacun, selon qu'il en avait besoin (Ac 4, 32)
C'était aussi le conseil de saint Paul aux chrétiens, disant : le temps est court ; que ceux qui pleurent soient comme ne pleurant point ceux qui se réjouissent comme ne se réjouissant point, ceux qui achètent comme ne possédant point, enfin ceux qui usent du monde comme n'en usant pas, car la figure de ce monde passe (1 Co 7, 29-31)

fa niray fo sy fanahy ny mpino rehetra tsy nisy nihevitra izay nananany ho azy manokana fa niraisan'izy rehetra izay teo aminy.
Tsy nisy nahantra teo amin'izy ireo satria izay nanana tany na trano dia nivarotra azy ireny ary nametraka ny vidiny teo an-tongotry ny Apôstôly, izay nizarazara azy araka izay nilain'ny tsirairay. (Asa, 4, 32)

Dia izany koa no torohevitr'i Md. Paoly ho an'ny kristianina, fa hoy izy : fohy ny fotoana, aoka izay mitomany ho toy ny tsy mitomany, ireo mifaly ho toy ny tsy mifaly, ireo mividy ho toy ny tsy manana ninoninona, ary ireo manararaotra izao tontolo izao ho toy ny tsy manararaotra satria mandalo ny endrik'izao tontolo izao. (1 Kôr 7, 29).

Tout ce qui est à moi est à vous.

Et Notre Seigneur exprime très bien en deux mots comment nous devons nous conduire par rapport aux choses de la terre, quand, parlant des rapports de biens qu'il a avec son Père, de cette communauté qui existe entre lui et son Père, il dit : Tout ce qui est à moi, est à vous et tout ce qui est à vous, est à moi. (Jn 17, 10)
Pour entrer dans cette disposition d'esprit, nous devons regarder toutes choses comme étant à Dieu et aux pauvres ; nous ne sommes maîtres de rien, propriétaires de rien devant Dieu, nous sommes seulement les économes du bon Dieu et les distributeurs des biens des pauvres.

Nous pouvons nous en servir selon notre nécessité, mais il faut être disposé à le donner à quiconque en a besoin.
C'est cette première disposition d'âme qui détruit en nous cet esprit de propriété, qui est si opposé à la charité, à la pauvreté, au dévouement et au sacrifice.

Quoi de plus choquant, en effet, d'entendre dire à chaque instant, dans une maison de frères en Jésus Christ et de véritables pauvres : c'est à moi, c'est ma chambre, c'est mon lit, c'est ma montre, c'est ma table, c'est à moi, je ne veux pas que vous le touchiez.
Celui, au contraire, qui entre dans cet esprit de Jésus Christ, il ne tient à rien, ni à ses biens, ni à son logement, ni à ses meubles, ni à ses vêtements, ni à son argent, ni à sa bourse, ni à rien ; ni à rien de ces choses terrestres auxquelles le monde tient tant ; sa devise à lui est celle-ci : tout ce qui est à moi, est à vous. Si quelqu'un vient et qu'il soit pauvre et qu'il ait besoin de quelque chose, il lui dit : le voilà, voilà ma chambre, voilà mon lit, voilà mon vêtement, voilà ma bourse ; tout ce qui est à moi, est à vous.

Qu'il est beau cet homme qui ne tient à rien et qui dit aux pauvres du bon Dieu : tout ce qui est à moi, est à vous ! et qui se dépouille ainsi jusqu'à devenir aussi pauvre que les plus pauvres ; comme les saints qui ne pouvaient souffrir de voir des hommes plus pauvres qu'eux et qui donnaient tout jusqu'à ce qu'ils n'aient plus rien à donner, alors ils se donnaient eux-mêmes.

Page 289

Règles concernant ce premier article.

Anao daholo izay ahy rehetra.

Mazava dia mazava mihitsy ny filazan'ny Tompontsika amin'ny teny fohy ny fomba itondrantsika tena manoloana ny zavatry ny tany amin'ny fanambarany ny firaisana fananana amin'ny Rainy hoe : Izay ahy dia Anao, ary izay rehetra anao dia ahy avokoa. (Jo 17, 10)
Koa mba hahatafiditra antsika tsara amin'izany toe-panahy izany, dia tsy maintsy miezaka isika hanana izao fomba fijery izao : an'Andriamanitra sy ny mahantra ny zavatra rehetra, tsy tompon'inoninona isika, tsy manam-bary iraiventy akory eo anoloan'Andriamanitra, mpiandry omby volavita, tsy tompony fa mpamerin-doha, mpitantana ny haren'Andriamanitra, mpitsinjara izany amin'ny mahantra.
Azontsika angalana ny ilaintsika izy io, fa tsy maintsy vonona koa isika hanome izay mila izany indrindra, na iza izy na iza.
Izany toe-panahy voalohany izany no manesotra ao am-pontsika ilay toe-tsaina mpangorona manohitra ny fitiava-namana sy ny fahantrana ary ny fahafoizan-tena sy ny fandavan-tena.
Eo amin'ny mpirahalahy tena mahantra, miombom-pananana ao amin'i Jesoa Kristy anie ka fanafintohinana tsy misy toa azy mihitsy ny fandrenesana hoe : ahy io, efitranoko io, fandriako io, famantaranandroko io, latabatro io, ahy io ka tsy tiako ho kasikasian'iza na iza.
Ny olona tafiditra ao anatin'ilay toe-panahin'i Jesoa Kristy kosa, tsy mifikitra amin'inona na inona, na amin'ny fananany izany, na amin'ny fonenany, na amin'ny fanaka ao an-tranony, na amin'ny fitafiany, na amin'ny volany, na amin'ny kitapom-bolany, na amin'inona na amin'inona e, na amin'ireny haren'ny tany zava-poana ifikiran'izao tontolo izao ireny ; ny tarigetrany dia izao : Izay rehetra ahy, dia Anao avokoa. Raha misy mahantra tonga eo, ka mila zavatra, dia raisiny ary ilazany hoe : ity ary e, iny ny tranoko, iny ny fandriako, iny ny fitafiako, iny ny kitapom-bolako ; izay rehetra ahy dia Anao avokoa.
Tsara bika mahafatifaty ery anie no fiheverana ny olona tsy voafehin'inoninona ka afa miteny amin'ny mahantra irahin'ny Tompo eo aminy hoe : Anao daholo izay ahy rehetra ! ary mahafoy tanteraka ka zary lasa mahantra noho ny mahantra indrindra ; tahaka ireo olomasina tsy mahatanty mihitsy ny mahita olona mahantrahantra kokoa noho izy, ka manome azy ireny ny fananany rehetra, ka rehefa tsy nanan-komena intsony izy dia ny tenany no natolony.

Pejy faha-289

Fitsipika momba io andininy voalohany io.

Pour mettre donc en pratique ce premier conseil évangélique de la pauvreté, Nous ne nous regarderons comme maîtres ou propriétaires de rien, mais nous regarderons toutes choses comme étant à Dieu et aux pauvres.
Nous mettrons en commun tout ce que nous avons, pour nous en servir ou le donner aux pauvres selon la volonté de nos supérieurs.
Il y aura une chambre commune où nous mettrons tout ce que nous avons et, quand nous aurons besoin de quelque chose, nous le demanderons à celui qui est chargé de nous le donner.
Nous n'aurons pas de bourse particulière, nous ne recevrons rien pour nous personnellement ; il y aura un tronc général où nous déposerons toutes les offrandes.

(Chaque mois.[a])

Nous ne prendrons rien sans permission ; nous ne garderons que ce qui est nécessaire à notre usage personnel et, de temps en temps, on visitera notre vestiaire, notre chambre et nos placards, pour voir s'il n'y a rien de contraire à la pauvreté et au détachement.[1]
On garde la propriété des biens immeubles, terres, maisons, mais on perd la jouissance des revenus.
A 40 ans, ou après dix ans de religion, nous pourrons distribuer nos biens et en faire trois parts : une à la famille, la deuxième aux pauvres et la troisième aux oeuvres.

Mettre en commun les revenus que l'on peut retirer de ses biens patrimoniaux ou d'ailleurs.
La communauté doit pourvoir à tous les besoins personnels et extérieurs de chaque membre et on doit se faire un bonheur et un devoir de charité de s'entraider les uns les autres, de pourvoir joyeusement à tous les besoins de ses frères, et même à ceux de la famille au premier degré, quand cela est jugé nécessaire.
Notre devise est cette parole de Notre Seigneur : Tout ce qui est à moi, est

Mba hanatanterahana io andininy voalohany amin'ny torohevitry ny Evanjely momba ny fahantrana io ary, dia aoka isika tsy hihevitra ho tompon'inoninona, fa izay rehetra eo amintsika dia raisintsika ho fananan'Andriamanitra sy ny mahantra daholo.
Hataontsika ho fananana iombonana avokoa izay eo amintsika mba hahafahantsika mampiasa azy na hanome azy ny mahantra arakaraky ny sitrapon'ny lehibentsika.
Hanokanana efitrano iray iombonana hitehirizana ny fananantsika rehetra, ka izay mila zavatra ao dia tsy maka raha tsy efa avy nangata-dalana tamin'ny olona nomena andraikitra hitantana azy.
Tsy hanana kitapom-bola manokana isika, ary tsy handray inoninona ho antsika samirery : ny fanomezana atolotra antsika dia harotsaka ao amin'ny kitapo iombonana daholo.

(Isam-bolana.[a])

Tsy tokony haka na inona na inona isika raha tsy efa nahazo alalana, ary tsy hitana ho antsika manokana, afa-tsy izay tena ilaina ka hosavaina matetitetika ny efitranontsika, ny fitafiantsika, ny vata fitehirizantsika akanjo mba hahalalana sao dia misy zavatra manohitra ny fahantrana sy ny fahafoizana ao.[1]
Tanana ny fananan-tany, trano, fa afoy kosa ny fampiasana ny vokatra avy aminy.

Rahefa feno efapolo taona isika, na efa niaina folo taona tao amin'ny fikambanana, dia azontsika atao ny mitsinjara telo ny fananantsika : ny ampahatelony ho an'ny fianakaviana, ny ampahatelony ho an'ny mahantra, ary ny ampahatelony ho an'ny asa aman-draharaha sahanintsika.
Iombonana daholo ny vokatra azo avy amin'ny lova na fanomezana hafa avy any ivelany.
Andraikitry ny kominote ny miahy izay ilain'ny isam-batan'olona ao aminy ka raisina ho hasambarana sy adidy ny fifampitsimbinana an-kafaliana sy ny fifanampian'ny mpirahalahy, eny fa na dia eo amin'ny rahalahy ara-nofo aza raha hita fa tena ilaina.

Iray ihany eto ny tarigetrantsika dia ity tenin'ny Tompontsika ity hoe : Anao avokoa izay ahy rehetra,

---

1. Ms XII 251 - Tout disposé à changer de logement, de livres, de vêtements, si on le juge convenable, si c'est utile aux autres, par charité, convenance ; ne s'attacher à rien pour être tout à Dieu. On s'attache souvent à un rien, on ne veut pas s'en dessaisir, on y tient. Par l'accomplissement de cet article, on détruit en soi tout attachement aux plus petites choses et on se trouve dans la disposition de donner, de prêter, de rendre

1. Ms XII 251 - Vonona mandrakariva hiova efitrano, boky, fitafiana, raha izany no hita fa ilaina hitsimbinana ny sasany am-pitiavana, tsy miraikitra amin'inona na inona mba ho an'Andriamanitra irery. Matetika manko miraiki-po amin'ny tsinontsinona isika, tsy te hiala aminy isika ka mifikitra eo. Koa avy amin'ny fitandremana ity andininy ity, no ahafahantsika manome, mampindrana, manampy sy mitsinjo ny hafa

service à qui a besoin et à pratiquer cette communauté de biens qui existait chez les premiers chrétiens et que nous devrions faire revivre dans nos maisons.

==========

Note a : Note marginale. Il s'agit d'indiquer un rythme pour cette visite des affaires personnelles de chacun.

toy ny nataon'ireo Kristianina voalohany ka izany no tokony hiainantsika indray any amin'ny kominote misy antsika.

==========

Naoty a : Fanamarihana eo an-tsisiny anambarana hoe : isaky ny hafiriana no atao ny fisavana.

à vous et tout ce qui est à vous, est à moi, selon les règles de la charité, de la prudence et de l'obéissance.
On peut avoir pour les autres, mais jamais pour soi.
Les prêtres garderont les honoraires de leurs messes, non pour eux, mais pour les pauvres ; parce qu'il convient que les prêtres puissent donner quelque chose aux pauvres, quand on leur demande.

N.B.On laisse aux prêtres les honoraires des messes pour les besoins de leur famille, quand ils ont des parents pauvres à soutenir. La communauté fournit le surplus quand cela ne suffit pas et, quand cela est plus que suffisant, on remet le surplus en communauté ; on ne peut pas en user pour soi, mais pour les pauvres.
Bienheureux les pauvres d'esprit car le royaume des cieux est à eux ! (Mt 5, 3)

2°) Se contenter du nécessaire.

Voilà un article très important : il comprend tout l'ensemble de la vie évangélique.
C'est ce que Notre Seigneur recommande à Marthe quand [il était] dans sa maison ; elle se plaignait de ce que sa sœur Marie ne lui aidait pas à préparer le repas ; et Jésus la reprend en lui disant : Marthe, Marthe, vous vous troublez et vous vous embarrassez dans le soin de beaucoup de choses ; or, une seule est nécessaire : Marie a choisi la meilleure part qui ne lui sera pas ôtée (Lc 10, 41-42), lui faisant entendre par là qu'il ne faut pas tant se tourmenter pour les choses de la terre, mais qu'il faut plutôt s'occuper des choses du ciel ; mais que, pour les choses terrestres, il faut se contenter du strict nécessaire. Unum necessarium. (Lc 10, 42)[523]
C'est encore ce que saint Paul nous dit clairement quand, écrivant à son cher fils Timothée, il lui dit : Nous n'avons rien apporté en ce monde et il est certain que nous ne pouvons non plus rien en emporter ; ayant donc de quoi nous nourrir et de quoi

ary ahy daholo izay rehetra anao, noho ny fifankatiavana sy ny fahamalinana ary ny fanekena.
Manàna ho an'ny sasany fa tsy ho an'ny tena.
Ny volan-damesa dia tanan'ny pretra, tsy ho an'ny tenany fa ho an'ny mahantra ; satria famendrehana ho an'ny Pretra ny fahafahana manome ny mahantra mangataka aminy.

N.B : Raha manana fianakaviana mahantra mila fanampiana ny pretra dia tanany ho an'izany ny saran-damesany, ka raha tsy ampy dia mandray anjara ny kominote ; ny mihoatra kosa dia tsy maintsy arotsaka ao amin'ny kitapo iombonana fa tsy azo tanana ho an'ny tena satria fanan'ny mahantra io.
Sambatra ny mahantra am-panahy fa azy ireny ny Fanjakan'ny lanitra ! (Mt 5, 3)

2°) Mionona amin'izay tena ilaina

Andininy lehibe koa ity : mahafaoka ny ankapoben'ny fiainana ny Evanjely.
Io ilay nanafaran'ny Tompontsika an'i Marta tamin' izy namangy azy tany an-tranony : Nitaraina mantsy i Marta fa tsy mba nanampy azy mahandro hono i Maria ; fa somary nitezitra azy kely i Jesoa nanao taminy hoe : ô ry Marta, ô ry Marta, be tebiteby sy maro tadiavina ianao kanefa zavatra iray ihany no tena ilaina : nifidy ny anjara soa indrindra i Maria ka tsy hoesorina aminy mihitsy izany. (Lk 10, 41-42), ny tiany ho fantany tamin'izany dia aza mamono tena amin'ny fikatsahana ny zavatry ny tany, fa katsaho aloha ny zavatry ny lanitra ; fa raha ny zavatry ny tany dia mionona amin'izay tena ilaina indrindra. (Lk 10, 42)[524]
Ary mbola izany koa no nosoratan'i Md. Paoly ho an'i Timote zanany : Tsy nitondra ninoninona nankeo amin'izao tontolo izao isika ary tsy hahatondra ninoninona raha handao azy, koa rahefa manan-kohanina sy hitafiana dia aoka hiaina amin'izany. (1

523 Ce passage de Saint Luc donne quelques difficultés aux exégètes. On en propose des traductions diverses par exemple celle-cI : "Tu t'inquiètes et tu t'agites pour beaucoup de choses : pourtant il en faut peu, une seule même".
524 NON TRADUIT

nous vêtir, nous devons être contents. (1 Tm 6, 7-8)
Pour nous conformer donc à cet enseignement de Notre Seigneur et de saint Paul, nous devons nous contenter du nécessaire.
Ce nécessaire se rapporte au logement, à la nourriture et au vêtement.

Nécessaire dans le logement.

L'étable de Bethléem à la naissance de Jésus Christ ne pouvait être un logement plus pauvre. La maison de Nazareth, telle qu'on la voit encore à Lorette, était pauvre.

Pendant sa vie publique, Notre Seigneur n'avait souvent d'autre logement

Tim 6, 7)
Koa mba hifanaraka amin'izany hafatry ny Tompontsika sy i Md. Paoly izany ny fiainantsika, dia aoka isika hahay hianina amin'ny zavatra tena ilaina mihitsy,
na eo amin'ny trano fonenana, na eo amin'ny sakafo na eo amin'ny fitafiana.

Ny ilaina indrindra eo amin'ny trano fonenana.

Tsy nisy fonenana mahantra noho ny tranon'ombin'i Betilehema nahaterahan'i Jesoa Kristy angamba. Ary ny tranony tao Nazareta, araka ny hita ao Lorette, dia tena mahantra tokoa.
Nandritra ny fiainany teo anivom-bahoaka, dia tsy mba nanam-ponenana

que la solitude des montagnes, le jardin des oliviers ; et il dit que les renards ont leurs tanières, les oiseaux ont leurs nids mais le Fils de l'homme n'a pas où reposer sa tête. (Lc 9, 58, Mt 8, 20).

Saint Paul dit qu'il n'a point d'habitation permanente. Non habemus hic manentem civitatem sed futuram inquirimus. (He 13, 14) [nous n'avons pas ici-bas de cité permanente, mais nous sommes à la recherche de la cité future]
Pour entrer dans cet esprit de pauvreté de Notre Seigneur, nous retrancherons de notre logement tout ce qui sent le luxe, la vanité, le superflu, l'inutile.

Nous n'admettrons dans nos chambres ni tapisserie, ni boiserie, ni glace, ni fauteuil, ni marbre, ni dorure, ni peinture, ni aucun ornement qui puisse plaire à l'œil ou au goût ou contenter la vanité, l'amour-propre ou le bien-être. Tout doit respirer la simplicité, la pauvreté et la souffrance de l'étable[525] ; murs grossiers ou crépis au mortier ;

deux ou trois chaises en paille grise ou en bois ; une table, un bureau en bois simple, sans ornement ;
un crucifix en bois peint ;
un prie-Dieu simple qui pourrait servir de placard au besoin ;
un placard simple s'il est nécessaire ou quelques chevilles de bois recouvertes d'un rideau ou même encore sans rideau ;

afa-tsy ny fitokana-monin'ny tendrombohitra sy ny tanimbolin'ny oliva ny Tompontsika. Izy mihitsy aza no manambara fa ny amboadia manan-davaka, ny voromanidina manana ny akaniny, fa ny Zanak'olona tsy manana na dia vato iray aza hiondanany. (Lk 9, 58, Mt 8, 20).
Dia hoy koa i Md. Paoly : Non habemus hic manentem civitatem sed futuram inquirimus [Fa fonenana mandalo no antsika eto an-tany fa mitady ny ho avy isika] (Heb 13, 14)
Mba hiorim-paka lalina ao am-pontsika ao àry izany toe-panahim-pahatran'ny Tompontsika izany dia samia miezaka mba hanala eo amin'ny trano fonenantsika izay rehetra miendrika efoefo, zava-poana, haingitraingitra, tsy mahasoa.
Tsy ampidirintsika ao amin'ny efitranontsika mihitsy ny karipetra, ny hazo voasikotra, ny fitaratra, ny marbra, ny hoso-bolamena, ny seza voasosona, ny hosodoko na izay rehetra azo lazaina hoe ravaka manintona ny maso ka mampangetaheta fahafinaretana, fitiavan-tena, fifaliam-batana. Aoka ho feno fahatsorana, fahantrana, sy fiaretam-piafiana daholo tahaka ny tranon'omby[526] izay eo aminareo, rindrina mihanjaka na rotsipeta ;
seza baolina miloko matroka roa na telo, na seza hazo ; latabatra iray, birao vita amin'ny hazo tsotra iray, tsy misy filatrony.
Kristy mifantsika, vita amin'ny hazo miloko iray,
fandohalihana tsotra azo hitehirizan'entana iray ;
larimoara hazo, tsotra dia tsotra iray raha ilaina na tsatokazo voafefy lamba, na tsaratsara kokoa aza tsy voafefy ;

525 L'étable. Sous entendu : de Bethléem. C'est une référence à la Crèche, mystère de pauvreté.
526 Note non traduite

un lit composé de deux tréteaux supportant trois planches de sapin,

une paillasse, un ou deux draps, un traversin ; mais jamais une étoffe de soie ou travaillée ; on peut y assujettir à la tête une petite traverse en bois pour soutenir le traversin ; on peut mettre une couverture sur la paillasse, si on en a besoin ; en cas de maladie, on peut avoir un matelas ;

quelques images, cadre de bois simple sans couleur ni vitre, ni peinture ;

quelques rayons sur la table, pour mettre les livres et les cahiers ;
s'il est nécessaire, des rideaux en lustrine verte ou bleue aux croisées [fenêtres] ;
Il faut qu'en entrant dans notre chambre on y trouve et on y respire la pauvreté, la simplicité et la souffrance.
Il faut retrancher tout ce qui sent le bourgeois, le bien-être, la commodité ; il ne faut pas qu'en entrant chez nous on puisse dire : il est bien ; ce n'est pas mal ; il faut qu'on puisse dire : il souffre.[1]
Aujourd'hui où le luxe est à son comble, que tout le monde recherche le bien-être, la commodité, le confortable, il faut que le prêtre, au contraire, recherche la pauvreté et la souffrance, afin qu'il puisse être un exemple au milieu du monde.

_____

1. Ms X 249 - Nous tiendrons à ce que notre chambre se rapproche le plus possible de celle des pauvres.

Page 292

Vos estis lux mundi. (Mt 5, 14) [Vous êtes la lumière du monde]
Ut videant opera vestra bona et glorificent Patrem. (Mt 5, 16) [(Que votre lumière brille aux yeux des hommes) afin qu'ils voient vos oeuvres et glorifient le Père]

Il faut bien se garder de se faire pauvre pour être vu des hommes et attirer leur compassion et paraître sage ; malheur à celui qui aurait de telles intentions !

Mais il faut faire cela par amour pour Notre Seigneur, pour imiter sa sainte pauvreté et aller à l'opposition du monde, puisque nous sommes pour éclairer le monde et nous opposer à ses maximes, et ses usages.

Le nécessaire dans la nourriture.

fandriana hazo iray ka tongo-droa ampifandraisina amin'ny hazofisaka kesika roa na telo, NON TRADUIT
kidoro bozaka iray, lamba firakotra iray na roa, ondan-dava iray fa tsy ondana voazaitra miravaka na landy na oviana na oviana, mety asiana hazo mitsivalana kely ao an-doha mba hampiangana ny ondandava ; Azo ampiana bodofotsy iray eo ambony kidoro bozaka raha ilaina ; raha marary kosa dia manan-jo hahazo kidoro voasesika rofia na lamba,
sary masina vitsivitsy, azo asiana sisiny hazo tsotra tsy miloko tsy misy fitaratra talantalana,
fasiam-boky sy kahie
ary raha tena ilaina, dia lambam-baravaran-kely maitso na manga tena tsotra indrindra.
Aoka ho tsapa mihitsy ny rivotry ny fahantrana sy ny fahatsorana ary ny fihafiana raha miditra ao an-taniefitranontsika ny olona.
Esory tao ny fiainan'andriana, ny fahafinaretam-batana, ny metimety. Ataovy izay tsy hilazan'izay olona miditra ao amintsika hoe : miadana, tsy ratsy. Aleo aza izy hilaza hoe : mijaly.[1]
Amin'izao fotoana anjakan'ny rendrarendra izao mantsy ka itadiavan'ny olona ny fahafinaretam-batana, ny metimety, ny manasoaso, dia tsy maintsy mikaroka ny fahantrana sy ny fijaliana ny pretra mba ho ohatra velona ho an'izao tontolo izao.

_____

1. Ms X 249 - Hiezaka isika mba hifanakaiky amin'ny an'ny mahantra indrindra ny efitranontsika.

Pejy faha-292

Vos estis lux mundi. (Mt 5, 14) [Ianareo no fahazavana izao tontolo izao]
Ut videant opera vestra bona et glorificent Patrem. (Mt 5, 16) [(Aoka hazava eo imason'ny olona tahaka izany koa ny fahazavanao) mba hahitany ny asa soa ataonareo ka hanomezany voninahitra ny Rainareo Izay any an-danitra]

Tandremo mihitsy sao dia mody miseho ho mahantra mba hisintonana ny fangorahan'ny olona na hianan-kendry : loza ho an'izay voan'izany fakam-panahy izany.
Ataovy ho fitiavana ny Tompontsika avokoa izany mba hanahafana ny fahantrana masina teo aminy ka hanoherana ny fomban'izao tontolo izao satria natao ho fahazavan'izao tontolo izao isika, hanohitra ny zava-kendreny sy ny fomba fiainany.

Izay ilaina indrindra amin'ny hanin-ko hanina.

Il est assez difficile de traiter cet article, vu que les besoins de chacun varient selon leur âge, leur tempérament et les circonstances, l'appétit.
Chacun doit avoir son nécessaire et le prendre avec simplicité et liberté de conscience.

La charité nous fait un devoir de le donner et la sagesse nous défend de ne juger personne en ce qui concerne les besoins de nos frères ;
l'un prend plus, l'autre moins, chacun doit consulter sa conscience et ses besoins et garder la règle du nécessaire selon son tempérament.

Pour observer la règle du nécessaire en général, nous retrancherons de la table tout ce qui sent le luxe, la bonne chère, la gourmandise.
Les instruments de la table seront en métal ordinaire ; jamais en or ou argent, ni argenté.
Les assiettes et les plats, en terre ou faïence, pas en porcelaine.
La table sera unie, et propre, sans nappe ni ornement, excepté les jours où nous recevrions un évêque à notre table.
On servira autant que possible le vin et l'eau dans un pot de terre et non dans des bouteilles.
Chacun aura son couvert et sa serviette.
Le matin : une soupe, avec un ou deux desserts.
A dîner : [deux][527] plats et deux desserts ; on peut servir un potage avant, mais il n'est pas de règle.
Le soir : soupe, un plat et deux desserts.
Nous devons nous abstenir de liqueurs, de café, de vins fins.
Il n'y a que dans les cas extraordinaires que ces choses sont permises : cas de réceptions ou d'invitations nécessaires.

Sarotra ferana ity andininy iray ity satria ny hanin-ko hanina dia miovaova arakaraka izay ilain'ny tsirairay, amin'ny taonany, ny toe-tsainy, ny fahazotoany homana.
Koa noho izany aoka ny tsirairay samy hahazo ny anjarany ka handray izany am-pahatsorana sy fahafahan'ny feom-pieritreretany.
Mandidy antsika hanome izany ny fitiava-namana ary mandrara antsika tsy hitsara olona amin'izay ilainy ny fahendrena.
Mety hahalany bebe kokoa noho ny hafa ny sasany ; anjaran'ny tsirairay ny mihaino ny feon'ny fieritreretany sy ny filàny ka hitandrina ny fitsipiky ny ilaina indrindra arakaraka ny toe-tsainy.
Mba hiainana ny tena ilaina indrindra àry, dia tsy hasiantsika filatron-kanina maneho efoefo na fitiavan-kanina na hatendan-kanina mihitsy eo ambony latabatra.
Fitaovana tsotra no ampiasaina, tsy volamena na volafotsy, eny fa na dia hoso-bolafotsy aza.
Ny lovia, tanimanga fa tsy bakoly.
Tsotra ny latabatra, madio ary tsy asiana lamba mandrakotra azy afa-tsy amin'ny andro handraisantsika Eveka miara-misakafo amintsika.
Tavoara tanimanga no asiana ny rano sy ny divay fa tsy tavoahangy.

Samy manana ny azy ny sotro sy ny lamba famaohana.
Amin'ny maraina : lasopy sy tsindrin-tsakafo iray na roa.
Amin'ny antoandro, karazan-kanina roa, tsindrin-tsakafo [roa][528] ; azo atao ny mandroso lasopy kely fa tsy voatery.
Amin'ny hariva, lasopy, karazan-kanina iray, tsindrin-tsakafo roa.
Foano mihitsy ny zava-pisotro mahamamo voatavana, ny kafe, ny toaka,
raha tsy hoe amin'ny andro iray manokana dia manokana.

Page 293

(Cet article peut se placer dans celui de la charité).

On doit se faire un honneur et un bonheur de recevoir à sa table les pauvres, les nécessiteux, se rappelant les paroles du Maître : quand vous donnerez à dîner ou à souper, ne conviez ni vos amis, ni vos parents, ni vos frères, ni vos voisins qui sont riches, de peur qu'ils ne vous invitent à leur tour et ne vous rendent ce qu'ils ont reçu de vous.

Pejy faha-293

(Azo atao amin'ny andininy mikasika ny fitiava-namana ity andininy ity)

Raiso ho voninahitra sy hafaliana ny mandray ny mahantra, ny tsy manan-ko hanina hisakafo miaraka aminareo, tsarovy ny tenin'ny Mpampianatra hoe : raha manasa olona hiara-mihinana aminareo ianareo, dia aza miantso ny sakaiza na ny Ray amandreny na ny rahalahy na ny mpifanolo-bodirindrina manan-katao, sao dia hasainy koa ianareo ka hovaliany eo ny nataonareo taminy.

527 Le manuscrit porte "deux" qui a été rayé et au-dessus, est inscrit "trois", rayé aussi.
528 NON TRADUIT

Mais, lorsque vous faites un festin, conviez-y les pauvres, les boiteux, les estropiés, les aveugles et vous serez heureux de ce qu'ils n'auront pas de quoi vous rendre car cela vous sera rendu dans le ciel.

(Cet article peut se trouver dans le renoncement aux créatures et au monde).

Il faut éviter d'aller dîner chez les autres, sans une très grande nécessité et de faire des invitations car ces dîners sont toujours des occasions, des pertes de temps, des causeries inutiles, souvent mauvaises, et contraires à la charité et aussi de dépenses folles et de gourmandises qu'un véritable pauvre de Jésus Christ ne doit pas se permettre.
Donner l'hospitalité et la table à ceux qui se présentent, à ceux qui ont besoin, aux voyageurs fatigués, aux pauvres, oui ; quand la charité est le motif de nos actions, on peut toujours le faire, mais quand elles n'ont d'autre motif que notre gloire, notre satisfaction, notre gourmandise ou un passe-temps, jamais. Voir l'article de la gourmandise... simplicité et pauvreté.

Nécessaire dans le vêtement.

Dans l'origine, la grâce seule était notre vêtement ; mais, après le péché, la honte est devenue notre partage et Dieu nous a donné, pour nous humilier, un vêtement de peaux de bêtes. Le vêtement nous a donc été donné pour nous couvrir et non pour nous enorgueillir.
Malheureusement, le vêtement est trop souvent, pour un grand nombre, une occasion et une source de vanité, de recherche de satisfaction, d'amour-propre, d'ostentation, d'orgueil.[1]
Pour éviter tout cela et entrer dans l'esprit de Notre Seigneur, nous devons nous contenter du nécessaire dans le vêtement, comme dit saint Paul et ne pas en faire une affaire de vanité ou d'amour-propre.
Se contenter d'une étoffe pauvre et simple.
Ne point mettre de recherche dans la forme, éviter tout ce qui sent le fin, le

Fa rahefa manao fanasam-be ianareo, antsoy ny mahantra, ny kilemaina, ny tapa-tongotra aman-tanana, ny jamba, dia ho sambatra ianareo satria tsy ho voavaliny aminareo eto an-tany ny nataonareo taminy fa hovaliana aminareo kosa any an-danitra.

(Mety ho hita any amin'ny fandavana ny zavatry ny tany ity andininy ity)

Alaviro mihitsy ny fandehanana misakafo an-tranon'olona tsy misy antony lehibe, ny fanaovana fanasàna satria ireny toe-javatra ireny no mahatarika ny fandaniam-potoana, resaka mandany jiro, fosafosa mifanohitra amin'ny fitiava-namana, ny fandaniam-poana sy ny hatendan-kanina tsy tokony ho hita ao amin'ny mahantran'i Jesoa Kristy mihitsy.
Ampiantranoy sy omeo hanina ny vahiny, ny mila fanampiana, ny mpivahiny reraky ny dia, ny mahantra indrindra indrindra ; raha ny fitiava-namana no hery manentana antsika amin'izany dia adidy mihitsy ny manatanteraka azy, fa raha sanatria kosa fitiavam-boninahitra, fahafinaretana, hatendan-kanina, fanariam-potoana : aza atao na oviana na oviana. (Jereo ny andininy momba ny hatendan-kanina : fahatsorana, fahantrana).

Izay ilaina indrindra eo amin'ny fitafiana.

Tany ampiandohana dia ny fahasoavana irery ihany no fitafiantsika ; fa taorian'ny fahotana, dia nanjary lovantsika ny henatra ka nomen' Andriamanitra hoditra biby isika hanakonantsika henatra sy hampietry tena antsika.

Nomena hanakonantsika henatra izany ny fitafiana fa tsy hireharehana. Indrisy anefa, ho an'ny an-kamaroan'ny olona, dia natao ho filan-dera, filam-pahafinaretana, fitiavan-tena, fanambonian-tena sy fiavonavonana ny fitafiana.[1]
Mba hialana amin'izany ka hiainana ny toe-panahin'ny Tompontsika, dia hiezaka hionona amin'izay tena ilaina indrindra isika amin'ny fitafiana, araka ny hafatr'i Md. Paoly ka tsy handray azy ho filan-dera sy fitiavan-tena.
Mionona amin'ny ravin-damba sady tsotra no mahantra.
Aza mifikitra amin'ny bikan-jaitra tonga lafatra mihitsy,

---

1. Ms X 646 - C'est le luxe et la vanité qui ont inventé toutes ces recherches, les modes dans les habits, même ecclésiastiques. Nous devons rechercher ce qu'il y a de plus simple, de plus tôt fait et on ne doit rechercher en rien la vanité, la recherche, la bonne façon, le fin. Les gens du monde, les tailleurs, mettent toujours quelque chose de ce monde dans ce qu'ils font, un petit ton, une petite grâce, une petite couture ici, un petit point là, pour faire mieux aller. Est-ce qu'un homme de Dieu doit s'attacher à cela ? II faut éviter tout cela et aller grandement, pas s'attacher à de petites choses, se

Ms X 646 - Ny filan-dera sy ny efoefo anie no nitarika tamin'ny fitadiavana lamaody ireny, eny fa na dia teo amin'ny olon'ny Fiangonana aza e ! Ny tsotra indrindra tadiavina, ny mety ho vita haingana fa aza mila dera. Ny olon'izao tontolo izao sy ireo manjaitra dia mitady zavatra manokana hatrany mba hampisongadina azy ireo sy hahatsaratsara azy. Ny olon'Andriamanitra koa ve tokony hiraiki-po amin'izany ? Tokony hohalavirina izany rehetra izany, ka miaina malalaka amin'ny tsy firaiketana amin'y zavatra madinika, ary tsarovy mandrakariva fa natao hitafiana fotsiny ny lamba

rappeler que le vêtement est pour se cacher et non pas pour se rechercher.

Page 294

goût, la recherche, la beauté, l'élégance ; tout cela est inutile et ne sert qu'à contenter l'amour-propre et à plaire aux hommes.
Pour éviter donc tout cela et plaire à Jésus Christ pauvre et simple, imiter les saints, en particulier saint Jean-Baptiste et saint François :

Nous retrancherons de nos habits tout ce qui sent le luxe et la vanité.
Nous ne porterons point d'étoffes fines ou précieuses, ni soie, ni velours ni broderie, ni liseré, ni franges, ni aucune fantaisie du monde.
Notre soutane sera en drap de serge, ample et large, sans queue et sans taille prononcée ; boutons de même étoffe et à distance.

Notre ceinture sera en laine, sans frange ; ou bien, mieux encore, si on nous le permet, un gros cordon noir qui tiendra lieu du cordon de saint François.
Un manteau de même étoffe que la soutane, à collet droit et à manches, descendant jusqu'aux genoux.
Un chapeau simple.
Une tunique de laine grise ou marron, pour nous conformer au règlement de saint François.[529]
Tous les autres vêtements seront en laine grise ou marron ou de serge.

Nous ne porterons aucun ornement extérieur tel que chaîne de montre ou même des objets de dévotion extérieurs.
Nous aurons une petite poche sur le côté gauche pour porter notre crucifix et nous en servir dans le besoin.
On peut porter, en été, un petit camail de même étoffe.

Il faut éviter de porter des souliers ou pantoufles en drap ou étoffe, velours brodé, etc. cette chaussure respire la délicatesse, la prétention, la recherche ; souliers ordinaires, lacés, sans caoutchouc ; des sandales seraient bien préférables.
Vestiaire de chacun :
deux soutanes,
trois chemises,

fa tsy zavatra natao hisongadina sy ho hitan'ny olona.

Pejy faha-294

mba hamalifaliana ny hetaheta, ny bika, ny hatsaran-tarehy, tsy misy ilaina izany fa sady famalifaliam-batana no fitadiavana ho hitan'ny olona fotsiny.
Mba hialana amin'izany ary, ka hahitana sitraka avy amin'i Jesoa Kristy mahantra sy tso-piainana, dia makà tahaka ny olomasina, indrindra i Md. Joany Batista sy i Md. François.
Esory eo amin'ny akanjotsika izay rehetra maneho harena sarobidy ilàna dera.
Aza mampiasa ravi-damba malefaka manasohaso na saro-bidy toy ny lasoa sy ny velory, na zaitra ravaka na misy ramborambony fanaon'izao tontolo izao.
Ravin-damba matevina sady henjana no anaovana ny akanjo rebarebantsika, migolobaka ny zaitrany, tsy misy ramborambony, mitovy loko aminy ny bokotra ary mifanelanelana.
Vita amin'ny volon'ondry ny fehikibo, tsy misy ramborambony koa ; na tsaratsara kokoa, tady hoatry ny an'i François, raha eken'ny lehibe !
Akanjo mafana mitovy loko sy ravindamba amin'ny akanjo rebareba, mahitsy ny vozony ary misy tanany, ka hatreo an-dohalika ny halavany.
Satroka tsotra.
Atin'akanjo volon'ondry volon-davenona na volon-tsôkôla, mba hitoviantsika amin'i Md. François.
Ny fitafiana sisa rehetra dia atao amin'ny ravin-damba volon'ondry avokoa ka na izy ho volon-davenona na ho volon-tsôkôla.
Tsy misy ravaka ivelany azontsika entina na dia rojom-pamantaran'andro aza.

Hasiana paosy kely eo an-kavia hitondrantsika ny lakroa, mba hahafahantsika mampiasa azy amin'ny fotoana ilàna izany.
Azontsika atao koa ny mitondra akanjo manify kely amin'ny andro mafana fa lamba mitovy amin'ny akanjo ihany no anaovana azy.
Alaviro koa ny mitondra kiraro vita amin'ny ravin-damba voamboaradara na velory sns, mitory fahalemena sy fanambonian-tena ary fitiavan-dera loatra ireny ; kiraro tsotra misy fehiny, tsy misy fingotra, ny tena tsara aza, dia kapa.
Ny isan'ny fitafiana tokony hananan'ny isam-batan'olona :
Akanjoa rebareba roa,
lobaka telo,

529 Le Père Chevrier était du Tiers-Ordre Franciscain. Il n'avait pas trouvé d'autre cadre juridique pour le Prado qui était globalement rattaché au Tiers-Ordre.

douze mouchoirs de poche.

Se contenter du nécessaire.

Bienheureux les pauvres d'esprit car le royaume des cieux est à eux. (Mt 5, 3)

C'est une grande richesse que la piété et la modération d'un esprit qui se contente de ce qui suffit pour les besoins de la vie présente. (1 Tm 6, 6)
C'est un article très important et dont il faut bien se pénétrer pour ne pas

mosara roa ambin'ny folo.

Mionona amin'izay tena ilaina indrindra.

Sambatra ny mahantra am-panahy, fa azy ireo ny Fanjakan'ny lanitra. (Mt 5, 3).

Harem-be tsy misy toa azy anie ny fitiavam-bavaka sy ny fahatonian-tsaina mahay mihanina amin'izay ampy ivelomany e ! (1 Tim.6, 6)
Andininy lehibe sady manan-danja tsy maintsy atao latsa-paka ao am-po mba tsy

sortir de la véritable pauvreté, parce que la véritable pauvreté et l'esprit de pauvreté se trouvent renfermés dans ce mot :
Avoir le nécessaire et savoir s'en contenter.
C'est parce qu'on ne sait pas se contenter du nécessaire que l'on manque à la pauvreté.[1]
On commence bien par la pauvreté mais, peu à peu, on trouve que ce n'est pas assez commode, pas suffisant, que ce n'est pas assez solide, pas assez propre... que ça ne dure pas assez et mille autres raisons spécieuses ; et alors, on ajoute, on change, on embellit, on trouve que c'est plus convenable, que ça dure plus et peu à peu, on se trouve d'avoir une chambre commode, à l'aise, où rien ne manque ; d'avoir une table confortable où l'on trouve au-delà du nécessaire d'avoir des habits convenables, qui durent davantage, qui sont plus solides et mieux en rapport avec les goûts du monde ; de changement en changement, on arrive à faire comme le monde et à perdre l'esprit de pauvreté.
Le monde ne cesse de dire : Ah ! que vous êtes mal logés, mal couchés, mal nourris, mal habillés ! faites donc comme ceci, faites donc comme cela.

A nous de répondre au monde comme Notre Seigneur répondit à saint Pierre : Retire-toi, Satan ; vous m'êtes un sujet de scandale, parce que vous ne goûtez point les choses de Dieu mais celles des hommes. (Mt 16, 23)
Celui qui a l'esprit de pauvreté, il a toujours de trop, il tend toujours à retrancher ; celui qui a l'esprit du monde n'a jamais assez, il n'est jamais content, il lui faut toujours quelque chose de plus.
Le vrai pauvre de Jésus Christ va toujours en retranchant, en diminuant.
Celui qui a l'esprit du monde va toujours en croissant, en augmentant.
Celui qui a l'esprit de pauvreté se dit en lui-même : j'ai bien encore plus qu'il ne faut, il y a tant de pauvres qui n'ont pas tant que moi, tant de pauvres qui souffrent et qui manquent du nécessaire ; et moi, quel droit ai-je donc d'être mieux logé, mieux nourri,

hampivezivezy ny tena fahantrana marina satria ato anatin'ireto teny ireto ny tena fahantrana marina sy ny toe-panahy enti-manana azy :
Manana ny tena ilaina indrindra ary mahay mionona amin'izany
Ny tsy fahaizana mihanina amin'izay ilaina indrindra manko no tsy hahafaha-miaina ny toe-panahin'ny fahantrana.[1]
Atomboka ilay fahantrana dia ialana tsikelikely satria tsy ahazoam-pahafinaretana, tsy ampy, tsy mafy, tsy madio… fa lasa lavitra dia omena daholo izao antony rehetra mamohehitra an'arivony izao ; dia ampiana, hatsaraina, dia hita fa mendrimendrika kokoa, maharitraritra kokoa, dia tsikelikely miravaka ny efitrano, tsy misy zava-tsy hita ao satria ahazoam-pahafinaretana, dia ampitomboina toa izany koa ny hanin-kohanina, tsy misy avela tsy ho eo, na dia tsy ilaina aza ; dia zairina ny akanjo metimety, mafimafy, maharitraritra, mifanaraka kokoa amin'ny ilain'ny toetr'andron'izao tontolo izao ; miova, dia farany lasa manahaka an'izao tontolo izao fa tsy eo intsony ilay toe-panahin'ny fahantrana.
Tsy mitsaha-milaza izao manaraka izao anie izao tontolo izao : mba ratsy lahy ny fonenanareo, ny fandrianareo, ny sakafonareo, ny fitafianareo, koa ataovy toa izao sy toa ity !
Fa mba mahaiza mamaly azy toy ny namalian'ny Tompontsika an'i Piera hoe : Mialà amiko ry Satana fa zary fanafintohinana ho ahy ianao satria tsy araka ny zavatr'Andriamanitra ny tianao fa zavatry ny olombelona. (Mt 16, 23).
Ny olona miaina ny fahantrana dia mahatsapa mandrakariva fa be loatra ny ananany ka tiany anesorana ; fa ny olon'izao tontolo izao kosa dia tsy mety manana ny ampy mihitsy fa ny hanovona ihany no ao an-tsainy ao.
Ny tena mahantra marin'i Jesoa Kristy, mampihena, manala mandrakariva.
Manovona sy manampy lalandava kosa ny olon'izao tontolo izao.
Ny olona manana ny toe-panahin'ny fahantrana dia efa miteny amin'ny tenany hoe : Mbola mihoatra noho ny ilaiko ny ananako ; sesehena anefa ny mahantra tsy manana mihoatra ny ahy ka mijaly tsy manana ny ilainy akory ; zo avy aiza àry no ananako

mieux vêtu que les pauvres du bon Dieu ?

Là où il n'y a pas à souffrir quelque chose, il n'y a pas de véritable pauvreté.[2]

C'est en se pénétrant de cet esprit que, peu à peu, on se dépouille de tout ce qui n'est pas nécessaire ; on a horreur de tout ce qui sent le luxe, la vanité…

trano fialofana tsara, sakafo mahavoky, lamba fitafiana mihoatra noho ny mahantran'Andriamanitra ?

Raha tsy mba mandre mamirifiry noho ny tsy fahampiana ianao dia mihevera fa tsy mahantra am-panahy ianao izay.[2]

Eo am-pandraisana ho latsa-paka lalina ao am-po izany toetra izany no hirosoana miandalana amin'ny fiendahana hiala amin'ny tsy ilaina loatra ka mahatonga ny tena handositra ny fitaovana saro-bidy, ny rendrarendra,

---

On a mis là l'intégrale du manuscrit qui s'étend sur les pages 295 et 296

1. Ms X 698 - Se contenter du nécessaire, article important. Réflexion sur cet article. Qu'il est difficile de se contenter du nécessaire ! On cherche toujours à embellir, à orner, à rendre plus facile, plus aisé. Ce qui rend plus facile, plus aisé, n'est plus le nécessaire et il est plus facile d'embellir que de rester dans le nécessaire, dans ce juste milieu qui constitue la vertu, que de s'élever. Le nécessaire dans le vêtement, le logement la nourriture, il vaut [mieux] rester en deçà que d'aller au-delà, il vaut [mieux] souffrir que d'être à l'aise... dans l'ornementation des églises et des lieux... "regnum Dei intra vos est". (Le règne de Dieu est en vous. (Lc 17, 21) Le pauvre manque souvent du nécessaire.

2. Ms XII 248. X 721

Observation : C'est parce qu'on ne veut pas se contenter du nécessaire que l'on manque très souvent à la pauvreté et que l'on fait ou fait faire beaucoup de dépenses inutiles. Que de choses inutiles, qui ne sont pas nécessaires et dont on pourrait bien se passer ! mais on cherche malheureusement ses aises, ses commodités dans le logement, le vêtement, la nourriture, et alors on sort de cette voie de pauvreté, si agréable à Notre Seigneur. Sous le plus léger prétexte, on fait agrandir, embellir, arranger et alors cette sainte pauvreté disparaît et ce n'est plus le nécessaire, c'est le beau, le confortable, l'agréable. Avant de faire quoi que ce soit, il faut toujours se demander à soi-même et aux autres : puis-je m'en passer ? est-ce absolument nécessaire ? Et alors, si on peut s'en passer absolument, ne pas le faire. Est-ce que les pauvres de la terre ont toujours eux-mêmes le nécessaire ? est-ce que les pauvres n'ont pas à souffrir ? Là où il n'y a rien à souffrir, il n'y a pas pauvreté ; la véritable pauvreté est une souffrance. (Ms XII 248)

Règles de pauvreté : "Le disciple n'est pas plus que le Maître". Quel droit ai-je d'être mieux traité, mieux logé, mieux nourri que Jésus Christ, que les apôtres, que les pauvres eux-mêmes ? Le pauvre qui travaille ne nous fait-il pas honte ? Eh quoi ! nous mangeons de bons morceaux et les autres n'auront que du pain noir, quel droit avez-vous ? Les autres travailleront toute la journée péniblement, et vous, vous ne ferez

---

Eto ny manuscrit tontolo izay teo ambanin'ny pejy faha-295 sy 296

1. Ms X 698 - NON TRADUIT

2. Ms XII 248. X 721
NON TRADUIT

NON TRADUIT

rien, quel droit avez-vous devant Dieu ? (Ms X 721).

Page 296

le brillant, le voyant et que l'on choisit toujours ce qu'il y a de plus pauvre et de plus simple. Pourvu que ça me couvre, pourvu que ça tienne, c'est tout ce qu'il faut. Ça peut encore durer, gardons-le.[1]
C'est une erreur de croire que les choses extérieures, grandes, belles, distinguées, apparentes, donnent par elles-mêmes de l'estime, de la confiance ou de l'autorité ; que c'est par là qu'on attire le monde et que l'on gagne les âmes à Dieu ou à soi ; c'est [une] erreur !
Ces choses extérieures peuvent bien frapper pour un moment, désigner extérieurement ceux qui commandent, ceux qui ont l'autorité et ceux à qui nous devons le respect et l'obéissance mais ces choses là ne les donnent pas par elles- mêmes. C'est la vertu, c'est la charité qui inspirent réellement la confiance et l'amour des peuples.
Il ne faut pas croire que parce qu'on aura de belles robes, de beaux manteaux de belles maisons, de beaux ameublements, de beaux ornements, on attirera le monde et gagnera leur confiance. Non, c'est la vertu.
Si ces choses extérieures eussent été nécessaires, Notre Seigneur Jésus Christ les aurait bien employées ; mais non. Il les a rejetées bien loin de lui. Il n'a eu pour maison qu'une étable, pour lit qu'un peu de paille, pour parents que des gens pauvres et pour mourir une rude croix. Et il disait : quand je serai élevé sur la croix, j'attirerai tout à moi.

Ce n'est donc pas par le luxe et la grandeur qu'il a attiré le monde, mais par la pauvreté et la souffrance.
Les saints employaient-ils d'autres moyens ?
Saint Jean-Baptiste dans son désert n'avait qu'une peau de chameau sur les

_____

1. Ms XII 249 - On ne craindra pas de raccommoder ses vêtements de s'accommoder de ce qu'il y a de plus pauvre et de plus simple.

Pejy faha-296

ny mangirangirana, ny madera ka ifidianana izay mahantra sy tsotra indrindra. Rahefa mahatafy sy mahatohana dia ampy izay. Mbola mety haharitra ity ka tanako.[1]

Fahadisoan-kevitra mihitsy ny hinoana fa ny zavatra hita ety ivelany, goavana, manjelatra, kanto, tsara bika, dia misintona ho tia azy, azo itokisana, manome fahefana, manome hery hisintonana an'izao tontolo izao, ka mampahazo fanahy ho an'Andriamanitra na hanatona ny tena ; tena hevi-diso tsy misy toa azy izany !
Mety manaitra vetivety foana ireny famantarana ivelany fotsiny, ny mpanapaka, ny manam-pahefana, ireo izay tokony hohajaintsika sy ekentsika, fa tsy avy amin'izy ireny velively no iaviany. Ny hatsaram-panahy sy ny fitiavana no tena manentana fitokisana sy ny fitiavan'ny vahoaka.
Aza mino mihitsy fa noho ny fananana akanjo tsara tarehy, akanjo mafana, trano tsara bika, fanaka kanto, firavaka marevaka sy haingo madera no hahasintonana an'izao tontolo izao sy hahazoana ny fitokisana. Tsia. Ny hatsaram-panahy irery ihany.
Raha nilaina ireny zavatra ety ivelany ireny, dia inoy marimarina tokoa fa tsy maintsy nampiasain'i Jesoa Kristy Tompontsika. Tsy izany velively anefa. Nariany lavitra azy mihitsy. Tranon'omby no mba hany fonenany, fihinanambilona no hany fandriany, olo-mahantra saika fadiranovana no mba hany Ray aman-dreniny, ary rahefa ho faty izy dia hazo mitanambokovoko. Ary hoy Izy hoe : rahefa hasandratra eo ambony hazofijaliana aho, dia hosintoniko mankamiko ny olon-drehetra.
Koa tsy tamin'ny haren-tsarobidy na ny fiamboniana no nisintonany an'izao tontolo izao, fa tamin'ny fahantrana sy ny fijaliana.
Nampiasa fitaovana hafa noho izany ve ny olomasina ?
I Md. Joany Batista tany an-taniefitra, nanana nihoatra ny hodi-drameva

_____

1. Ms XII 249 - Aza matahotra na menatra mihitsy hanampina ny lambanareo rovitra ka hankafy ny mahantra sy ny tsotra !

Page 297

épaules et une ceinture de cuir autour de ses reins, et toute la Judée venait à lui.

Et saint François d'Assise, qui courait les pieds nus et un sac sur le dos, attachait-il de

Pejy faha-297

teny an-tsorony sy teny an-tehezany ? kanefa i Jodea manontolo nidododododo nanatona azy.
Ary i Md. François d'Assise, olona tsy mba nikiraro na nanao kapa, nibaby kitapo

l'importance à ces frivolités ? et cependant que d'âmes il attirait à lui ! il comptait de son vivant dix mille religieux qui avaient embrassé sa vie.

C'est la vertu qui attire les âmes et gagne les cœurs à Dieu.
Il y en a qui parlent de rang, de dignité et qui, sous ce prétexte spécieux, croiraient s'avilir et se rabaisser en se faisant pauvre, en s'habillant comme un pauvre, en vivant comme un pauvre, en fréquentant les pauvres, en faisant comme les pauvres.

Ils croiraient se déshonorer en prenant la forme d'un pauvre, et c'est pourtant ce que faisait Notre Seigneur.
Il s'est fait pauvre et c'est précisément ce que les pharisiens lui reprochaient quand ils disaient aux apôtres : Votre Maître est toujours avec les pécheurs et les publicains. (Mt 9, 11)

[Nécessaire dans les églises]

Nous devons porter cet esprit de pauvreté et de simplicité et nous contenter du nécessaire jusque dans nos églises et dans les objets du culte.
Il ne faut rien dans nos églises et dans nos ornements qui excite la curiosité ou la jalousie des fidèles.

Nos églises, nos autels, nos ornements doivent être simples et modestes.

Le plus bel ornement d'une église, c'est le prêtre.
Le plus beau lustre d'une église, c'est le prêtre.

La plus belle cloche d'une église, c'est le prêtre.
Le plus beau meuble d'une église, c'est le prêtre.

Mettez un prêtre saint dans une église de bois, ouverte à tous les vents, il attirera et convertira plus de monde dans son église de bois qu'un autre prêtre dans une église d'or.
C'est le prêtre qui donne la vie ; ce ne sont ni les pierres, ni les calices, ni les ornements, ni les lustres, ni les beaux autels, ni les belles chaires qui convertissent ; elles attirent pour la curiosité, elles ne convertissent pas, ni ne guérissent.

Et aujourd'hui, cependant, on travaille beaucoup plus à faire de belles églises, de belles cures, qu'à faire des saints.

C'est qu'il est plus facile de faire une belle église que de faire un saint.
Et on ne pourra jamais remplacer la sainteté par les plus belles choses extérieures.

nandehandeha ve heverinareo fa niraiki-po tamin'ireny zava-poana ireny ? Ny zava-nisy marina anefa, olona firy, fanahy firy no voasintony hankeo aminy ! Tamin'ny fahavelony fotsiny anie dia efa nanisa iray alina ny relijiozy nanara-dia azy.
Ny hatsaram-panahy no manintona ny olona ka mitondra ny fo ho an'Andriamanitra.
Ny laharam-boninahitra, ny fahefana, hoy ny sasany tsy mahay mandinika, satria matahotra sao dia hadrohadroin'ny sasany na hohambaniana raha manao mahantra, miakanjo toy ny mahantra, miaina toy ny mahantra, mifanerasera amin'ny mahantra, manaraka ny fanaon'ny mahantra.
Heverina ho fahafaham-baraka ny fiainan'ny mahantra kanefa dia io mihitsy no nalain'ny Tompontsika.
Nietry tena ho mahantra izy ka nolatsain'ny farisiana nilaza tamin'ny Apôstôly hoe : Ny Mpampianatrareo miara-mihinana amin'ny poblikana sy ny mpanota. (Mt 9, 11)

[Ny tena ilaina ao am-piangonana]

Ampiharintsika hatrany am-piangonana sy amin'ny fitaovana enti-misorona koa io toe-panahin'ny fahantrana sy fahatsorana io.
Aza asian-javatra hafahafa mandranitra ny fahalianana sy ny fialonana eo amin'ny mpino mihitsy na eo amin'ny fitaovana entintsika misorona, na eo amin'ny lamba maha-mpisorona antsika.
Tsotra, maontina, ireo no toetra tsy maintsy hita ao amin'ny fiangonantsika sy ny fitaovana ao aminy.

Raha misy ravaka tsara indrindra ao am-piangonana dia ny pretra io.
Ny pretra no jiro manjelanjelatra indrindra ao. Ny pretra no fitaratra tsara indrindra ao.
Ny pretra no lakolosin'ny fiangonana tsara indrindra.
Ny pretra no fanakan'ny fiangonana tsara indrindra

Ametraho pretra masina anankiray ao amin'ny fiangonan-kazo, midanadana fa hahasintona sy hampibebaka olona maromaro kokoa izy noho ny pretra iray hafa ao anatin'ny fiangonany vita amin'ny volamena.
Ny pretra no manome ny aina : tsy ny vato, tsy ny kalisy, tsy ny ravaka na ny akanjo, tsy ny fitaratra, tsy ny fanaovan-jiro, tsy ny ôtely kanto, tsy ny fitorian-teny miezinezina no mampibebaka ny olona ; nanintona ny masom-batana fotsiny izy fa sady tsy mampivalo no tsy manasitrana.
Amin'izao fotoana izao anefa dia omen-danja bebe kokoa ny fanorenana trano fiangonana sy fonenan'ny pretra : tena kanto sy miezinezina, noho ny fitarihana ny olona ho masina.
Moramora kokoa manko ny manao trano toy izay manao olomasina.
Ary tsy ho voasolon'inoninona ety ivelany mihitsy ny fahamasinana.

Un jour les apôtres montraient le temple à Notre Seigneur et lui faisaient admirer les belles pierres qui le composaient et Notre Seigneur leur dit que ce temple serait détruit et qu'il n'en resterait pas pierre sur pierre. C'est la

destinée de toutes les grandes choses. Il n'y a que la vertu qui reste et a de bonnes racines et produit de bons fruits.

Notre Seigneur n'avait rien de toutes ces choses extérieures, ni temple, ni maison. Les arbres, les montagnes, le rivage de la mer, voilà son abri et cependant tout le monde courait à lui pour le voir et l'entendre.

C'est que[530] ; il tirait toute sa puissance de lui-même, de sa vertu, de sa sainteté ; virtus de illo exibat. (Lc 6, 19)
N'attachons donc pas de l'importance à toutes ces choses extérieures ; servons-nous en, mais sans y ajouter trop d'importance et ne faisons pas passer l'accessoire avant le principal, les pierres avant la vertu, les ornements avant la sainteté.

Martha, Martha, sollicita es et turbaris erga plurima (Lc 10, 41) [Marthe, Marthe, tu t'inquiètes et t'agites pour beaucoup de choses]

Nous nous contenterons du nécessaire, même pour les objets du culte ; pauvres, simples et propres ; rien de ce qui paraît, de ce qui est clinquant, élégant, qui excite la curiosité ; il faut que tout soit grave modeste, solide. Le beau et le grand peuvent être très simples : ainsi un calice en or peut être très simple et cependant il sera beau et grand. Rien surtout de ce qui excite la curiosité ou l'envie des gens, rien de ce qui sent la profusion.

On met facilement de la vanité, de la recherche, de l'élégance dans les aubes, les surplis, les ornements, l'ornementation. On recherche ce qui est joli, gracieux, on sort vite de la simplicité parce que ceux qui travaillent ces choses, n'ayant pas l'esprit de pauvreté, y mettent leur goût, leur mondanité ; si on ne les reprenait, on sortirait tout de suite de l'esprit de simplicité et de pauvreté et on est dominé par les idées des marchands ou du monde. Les surplis et les aubes doivent être en toile forte et solide ; on ne doit que très peu les empeser, y mettre seulement quelques plis ; on doit très

Indray andro natoron'ny apôstôly ny Tompontsika ny tempoly ka nampiderainy azy ny vato soa nanaovana azy. Ny Tompontsika anefa nanambara taminy fa horavana tsy hisy vato roa mifananongoa intsony io tempoly io raha afaka fotoana vitsy.

Izany no tsy maintsy hiafaran'ny fanorenana goavana sy madera asan-tanan'olombelona. Ny hatsaram-panahy irery ihany no maharitra sy mateza satria sady latsa-paka no mitondra voka-tsoa.
Tsy mba manana na inona na inona tamin'ireny zavatra ivelany ireny ny Tompontsika, tsy tempoly, tsy trano. Ny hazo maniry, ny tendrombohitra, ny sisin-dranomasina no mba fialofany kanefa nirohotra nankeo aminy daholo ny olona mba hahita sy hihaino azy.
Satria[531] avy ao aminy ihany ny fahefany, avy amin'ny hatsaram-panahiny sy ny fahamasinany ; hery nivoaka avy ao aminy.virtus de illo exibat (Lk 6, 19)
Aza asiana lanjany firy loatra àry ny zavatra ety ivelany ; ampiasao izy fa aza iraiketana, aza miteny lango imason'ny vary, ka ny tena zavatra indray no atakalo ny fanampiny, ny vato tsy ambonin'ny hatsaram-panahy, ny ravaka tsy ambonin'ny fahamasinana na oviana na oviana.
Martha, Martha, sollicita es et turbaris erga plurima (Lc 10, 41) [Marta, Marta, maro tadiavina sy be tebiteby ianao]

Hianina amin'izay tena ilaina isika na dia eo amin'ny fitaovana enti-mivavaka aza ; mahantra, tsotra nefa madio dia ampy izay, na dia tsy hita, tsy mamirapiratra, tsy kanto mahasarika ny fitiavan'ny maso aza. Ny ilaina dia izay hentitra, maontina, mateza. Mety ho tsotra koa anie ny kanto sy ny goavana e, mety ho tena tsotra mihitsy ny kalisy volamena, kanefa tsy manakana ny maha-kanto sy goavana azy izany. Alaviro mihitsy izay mety hisintona ny fitiavan'ny maso sy ny fitsiriritan'ny sasany na ny fanirian-dratsiny.
Mora amintsika mihitsy mantsy ny mandala ny fahajejoana sy fitiavan-dera ary fahalianam-bika amin'ny akanjo fotsy, ny salotra, ny fitafy entintsika misorona sy mandravaka. Karohina daholo izay mety ho meva, mahasondriana dia ilaozana mora foana koa ny fahatsorana satria ny mpanjaitra sy ny mpivarotra anie tsy te-hahalala izany fahantrana ka izay tiany no apetany eo mba hivarotany ny fomban'izao tontolo izao miaraka amin'ny asan-tanany. Raha tsy hanarina izy dia miara-miala amin'ny fahatsorana sy ny fahantrana koa ianao, dia anjakan'ny saim-bolam-barotra sy ny

530 De lui sortait une force gui les guérissait tous.
531 Satria nisy hery niala taminy ka nahasitrana azy rehetra.

rarement se servir d'aubes brodées, seulement les très grands [jours] solennels et encore cela n'est pas nécessaire. On dit toujours : mais c'est pour le bon Dieu, il faut bien que cela soit beau ; illusion ! le bon Dieu se moque bien de nos beautés et colifichets surtout ; il faut servir Dieu en esprit et en vérité, c'est l'essentiel et, ordinairement, plus on met de choses extérieures moins il y a de l'intérieur ; plus on s'occupe des choses extérieures, moins il y a de fond intérieur. Instruire le monde, voilà l'essentiel.

Nous devons représenter la crèche et le calvaire ; laissons aux autres le soin de représenter les mystères glorieux.
Pour nous, contentons-nous de la petitesse et de la pauvreté, c'est là notre lot et nous ne devons pas en sortir ; les pauvres ne doivent pas sortir de leur rang, même pour le bon Dieu. Ne pas s'exposer à agir par ostentation et orgueil et plutôt pour satisfaire sa vanité que pour plaire à Dieu.

Page 299

Devenons des saints, cela vaudra mieux que tout le reste.
Et, en devenant saints, tout le reste nous viendra sans que nous nous inquiétions...

C'est une grande richesse que la piété et la modération d'un esprit qui se contente de ce qui suffit pour les besoins de la vie présente. (1 Tm 6, $_{6}$).

Unum est necessarium. [Une seule chose est nécessaire]

Marie a choisi la meilleure part qui ne lui sera pas ôtée.
Cet unique nécessaire pour nous, c'est de bien catéchiser et de prier, le reste n'est rien. On attache beaucoup d'importance à ces riens et ces choses extérieures deviennent toujours des causes de dispute, de querelles : l'un veut d'une manière, l'autre d'une autre ; peu importe. Oh ! comme on garderait la paix et l'union et la charité si on s'appliquait avant tout au seul nécessaire l'amour de Dieu. Pietas ad omnia utilis est exercitatio corporalis ad modicum (1 Tm 4, $_{8}$) [La piété est utile à tout, les exercices corporels, eux, ne servent pas à grand chose.] ; cet extérieur est peu, caro non prodest quidquam (Jn 6, $_{63}$) [La chair ne sert de rien] ; ainsi que ce soit blanc, noir, peu importe, pourvu que cela n'empêche pas d'aimer le bon Dieu.

Il faut nous rappeler que nous sommes pauvres, que nous vivons d'aumônes nous ne sain'izao tontolo izao koa. Ravin-damba tsotra sy mafy ary mateza no anaovana salotra sy rebereba fotsy, tsy mila pilitiny be loatra ; ny rebareba fotsy voapeta-kofehy dia ho an'ny andro fety be ihany, raha ilaina. Hoy mantsy ny sasany matetika : ilàna hatsaram-bika ny zavatra enti-manompo an'Andriamanitra, taniravo natentina izany hoy aho, tsy marina, ataon'Andriamanitra inona izay hatsaram-bikan'akanjonareo ? Eram-panahy sy fahamarinana no anompoana an'Andriamanitra dia izay ihany, ka arakaraky ny ifikirantsika amin'ny ety ivelany no anafoanantsika ny ao anaty ; aza variana amin'ny akanga tsara soratra ka manary ny akoho taman-trano. Ampianaro ny olona fa izany no zava-dehibe indrindra.
Tandindon'ny tranon'omby sy ny kalvery isika ; aleo ny sasany mba ho tandindon'ny mistery be voninahitra.
Ho antsika, mahaiza miaiky fa bitika sy tsinontsinona ary mahantra isika, aza ialana io anjara soa io ; mahantra, dia mahantra izay fa aza mitsoaka an-daharana, na dia ho an'Andriamanitra aza. Aza mitono tena amin'ny fizahozahoana sy ny fiavonavonana, tsy ho an'Andriamanitra velively izany fa fanomezana vahana ny fahajejoana.

Pejy faha-299

Izay hahatonga antsika ho olomasina katsahina, avelao any ny sisa rehetra.
Ary raha tonga olomasina isika, dia ho azontsika tsy amin'ahiahy avokoa ny sisa rehetra.
Harem-be tsy manam-paharoa anie ny fitiavam-bavaka sy ny fandaminan-tsaina afa-mihanina amin'izay ilain'izao tontolo izao e (1 Tim 6, 6)

Unum est necessarium. [Tokana ihany tena ilaina]

Nifidy ny anjara tsara indrindra i Maria ary tsy hoesorina aminy mihitsy izany.
Zavatra iray ihany no tena ilaina ho antsika dia ny mampianatra tsara ny katesizy, mivavaka tsara, dia izay, tsinontsinona ny sisa rehetra. Misy manome lanjany betsaka ny zava-poana eny ivelany ireny, kanefa ireny no mpitondra ny ady sy ny fifandirana mandrakariva, iry mitady an'izao, itsy mila azy ho toy ity. Tsy misy fotony ireny. Eny mantsy, tena ho voatana tokoa ny fandriam-pahalemana, ny firaisan-kina, ny fifankatiavana raha eo marina ny fahaiza-mihanina amin'ny hany tokana ilaina, dia ny fitiavana an'Andriamanitra. Pietas ad omnia utilis est exercitatio corporalis ad modicum (1 Tm 4, $_{8}$) [Ny asa ara-batana dia mahasoa kely ihany fa ny fivavahana no tena mahasoa be]. Tsy lasa lavitra ny ety ivelany, caro non prodest quidquam [tsy mahasoa firy ny ara-nofo] (Jo 6, 63) ; tsinontsinona na loko fotsy na mainty, ny tena ilaina dia mba tsy hanakana amin'ny fitiavana an'Andriamanitra izy.
Aza hadino mihitsy fa mahantra isika, asa fiantrana no ivelomantsika, tsy afaka

devons pas faire comme les riches qui peuvent faire des dépenses sans blesser la pauvreté ; vouloir faire comme les riches serait sortir de notre rang, nous ressemblerions à ces pauvres qui portent de beaux habits et qui n'ont rien dessous ; nous devons garder notre rang et glorifier Notre Seigneur dans notre pauvreté, comme le riche doit le glorifier dans la grandeur et l'opulence. Prenons et gardons toujours ce qu'il y a de plus simple et de plus pauvre ; entre deux choses, toujours choisir ce qu'il y a de plus simple et de plus pauvre. N'ayons pas cette manière de toujours vouloir faire du nouveau, de toujours chercher à embellir, à orner, à parer ; on perd son temps à s'occuper de ces choses et on laisse le solide et le seul nécessaire ; devenir des saints et instruire le monde.

Une seule chose est nécessaire : aimer Dieu, pour chacun de nous ; instruire les pauvres pour les prêtres et ceux qui y sont destinés. Instruire et guérir, le reste n'est rien. On se casse la tête, on se froisse pour des riens. L'un veut une chose, l'autre en veut une autre ; l'un veut d'une manière, l'autre d'une autre manière et on se dispute, on se boude pour des (riens).

Ne nous occupons donc pas de ces choses inutiles, une seule chose est nécessaire : bien faire son catéchisme. Quand une chose importante se fait bien le reste va bien aussi.

Page 300

3°) Donner à qui demande. (Lc 6, 29)

Dans son instruction à ses apôtres, Notre Seigneur, voulant leur inspirer la charité autant que le détachement des choses de la terre, leur dit :

Si quelqu'un vous prend votre manteau laissez-lui encore votre robe.

Donnez à tous ceux qui vous demandent et ne redemandez point votre bien à celui qui vous l'emporte. (Lc 6, 30)

Prêtez sans rien espérer et vous serez les enfants du Très Haut qui est bon envers les ingrats et les méchants. (Lc 6, 35)

Voilà jusqu'où Notre Seigneur veut que nous portions le détachement des choses de la terre, jusqu'à donner à qui nous demande tant que nous avons quelque chose à nous, jusqu'à ne pas redemander notre bien à qui l'emporte.

Pouvait-il porter plus loin l'esprit de détachement et de douceur ?

Combien ces paroles renferment de détachement, de douceur et de charité ! combien

mihitsy isika hanao fandaniana hoatry ny mpanankarena tsy hanimba ny fahantrana ; mitsoaka an-daharana isika raha manao ny fanaon'ny mpanana, manahaka ny an'ireny mahantra tsara fitafy ireny kanefa tsy misy ninoninona ao ambany ao. Tsy maintsy tanantsika ny laharantsika ary omentsika voninahitra ny Tompontsika ao anatin'ny fahantrantsika, sahala amin'ny anomezan'ny mpanana voninahitra azy ao amin'ny filomanosana amin'ny fahamboniana sy ny fiandrianana. Raiso ary tano mandrakariva ny tsotra sy mahantra indrindra. Raha misafidy zavatra roa ianao, dia ilay tsotra sy mahantra alaina. Aza mba tia vao, manentina ho kanto, fa mandany andro fotsiny izany, satria fanariana ny mafy sy ny mateza ilaina indrindra ; ho tonga masina, mampianatra an'izao tontolo izao.

Zavatra iray loha ihany no ilaina : samy ho tia an'Andriamanitra ny tsirairay ; hampianatra ny mahantra ny pretra sy ireo izay voaantso amin'izany. Mampianatra sy manasitrana, tsy ilaina ny sisa. Mivaky loha, sy misafoaka amin'ny tsinontsinona. Samy manao izay saim-patany eo, dia samy mitady izay tiany, dia mifanditra dia midongy kanefa dia zavatra tsinontsinona anie.

Aza manenjika zava-tsy izy. Tokana ihany no ilaina ; mampianatra tsara ny katesizy. Raha vita tsara ny matoan'adidy, mandeha ho azy ny sisa.

Pejy faha-300

3°) Manomeza izay mangataka.

Nampianatra ny Apôstôliny ny Tompontsika, ary noho ny fitiavany hampitsiry lalina ao an-tsain'izy ireo ny fifankatiavana sy ny fahafoizana ny zavatry ny tany dia hoy izy :

Raha misy te haka ny lambanao, dia afoizo ho azy koa ny akanjonao.

Omeo izay rehetra mangataka aminao, ary raha misy mifaoka ny anananao dia aza mitaky izany aminy intsony. (Lk 6, 30)

Mampisambora fa aza mitaky ninoninona aminy mba ho zanaky ny Rainareo any an-danitra tokoa ianareo, dia Izy ilay mampiposaka ny masoandrony amin'ny tsara fanahy sy ratsy fanahy. (Lk 6, 35)

Diniho tsara ary, hatraiza no tian'ny Tompontsika hahatongavantsika amin'ny fahafoizana ny zavatry ny tany, hatrany amin'ny fanomezana izay rehetra mangataka raha mbola manan-komena koa isika ; hatrany amin'ny fahafoizana ny ananantsika ho an'izay nandrombaka azy.

Mbola azo alefa lavidavitra noho izany ve ny toe-panahin'ny fahafoizana sy ny fahamoram-po ?

Fahafoizana, fahamoram-po, fifankatiavana lalina anie no fonosin'ireo teny ireo e ! ary

l'accomplissement de ces paroles, ou plutôt l'esprit nous met à l'abri de tout sentiment de trouble, de rancune, d'ennui de procès, d'agitation, de haine et nous maintient dans le calme, la paix de l'âme !

C'est presque toujours l'attachement aux biens de la terre qui nous fait refuser l'aumône à ceux qui nous demandent.
Parmi ceux qui nous demandent, on distingue : les pauvres, les ouvriers qui ont travaillé pour nous, les marchands, les emprunteurs, les chicaneurs et les voleurs.
Notre Seigneur entre lui-même dans tous ces détails et nous marque la conduite que nous devons tenir dans ces circonstances pour être de véritables disciples de Jésus Christ.

(Pauvres des paroisses dont on n'est pas chargé).[532]

Quant aux pauvres, nous ne devons jamais refuser de donner à tout pauvre qui nous demande l'aumône et lui donner tout ce que nous pouvons en argent, en vêtement, en nourriture et aussi le logement s'il est nécessaire.

Notre Seigneur ne fait pas d'exception : donnez à qui demande. (Lc 6, 29)
Les prétextes que l'on prend souvent pour ne rien donner en disant que ce sont des paresseux, qu'ils pourraient travailler, qu'on ne les connaît pas, ne sont que des prétextes pour déguiser notre attachement et notre avarice ; donnez à qui demande, selon votre pouvoir, selon vos moyens ; mais ne refusez à personne et si vous n'avez pas d'argent ou que nous ne pouvons rien donner, nous devons faire l'aumône spirituelle et dire comme saint Pierre : Je n'ai ni or, ni argent ; mais ce que j'ai, je te le donne. (Ac 3, 6), en leur donnant quelque petite chose : image, chapelet et priant Dieu pour eux.
Pour accomplir ce précepte du Seigneur, il y aura, dans chaque maison, un..

ny fanatanterahana ireo teny ireo, na ny marimarina kokoa ny toe-panahy entiny, no manala antsika amin'ny fisavoritahana, ny hotakotaka, ny lolom-pò, ny sorisory eny amin'ny fitsarana, ny tebitebin-tsaina, ny fankahalana, ka mametraka antsika ao anatin'ny fahatoniana sy ny fiadanan-tsaina sy ny fiadanam-pò !
Ny firaiketana amin'ny zavatry ny tany mandrakariva anie no mahatonga antsika tsy hanao asa fiantrana amin'ny mpangataka.
Anisan'ireo mangataka amintsika ireo, misy ny mahantra, ny mpiasantsika, ny mpivarotra, ny mpindrana, ny mpisoloky ary ny mpangalatra.
Nidiran'ny Tompontsika amin'ny an-tsipirihany mihitsy izany ka nomeny antsika ny sori-dalana tsy maintsy izoran'ny Mpianatra Marin'i Jesoa Kristy.

(Ireo mahantra avy amin'ny paroasy hafa)[533].

Raha ny mahantra no resahina dia tsy azontsika atao na oviana na oviana ny mandefa azy mody tanam-polo na iza izy na iza, na avy aiza izy na avy aiza. Tsy maintsy omentsika zavatra ny mahantra tonga mangataka eo amintsika, araka izay azontsika omena azy na vola, na akanjo, na sakafo eny fa na dia trano honenana aza raha ilaina.
Tsy nanavaka mihitsy ny Tompontsika, omeo izay mangataka, hoy izy. (Lk 6, 29)
Aza mba mamorona antony tsy hanomezana mihitsy, toy ny hoe : kamo tsy te hiasa, olona afaka miasa, olon-tsy fantatra ; antony foromporonina tsy hanomezan-javatra ny mahantra daholo ireny mba hanafenana ny firaiketantsika sy ny fahihirantsika ; omeo izay rehetra mangataka, araka izay fahefantsika manao izany, araka izay ananantsika ; fa aza mandroaka na iza na iza, raha tsy manam-bola ianao na tsy manan-komena mihitsy, dia manaova fanomezana ara-panahy tahaka ny nataon'i Md. Piera : Tsy manam-bolamena na volafotsy homena anao aho, fa izay ananako no omeko anao, dia omeo zavatra kely toy ny sary, sapile izy dia mivavaha ho azy.
Mba hanatanterahana izany didin'ny Tompotsika izany, dia hanokanana

prêtre chargé de distribuer les aumônes et, quand on sortira, on aura toujours quelques sous dans sa poche pour donner aux pauvres que l'on rencontrera.

Quant aux créanciers et aux ouvriers qui ont travaillé pour nous il est de toute justice de les payer, non seulement quand ils le demandent mais même de suite après leurs travaux : Dignes est operarius mercede sua [L'ouvrier est digne de son salaire (Lc 10,

pretra anankiray isan-trano hiandraikitra ny fizaram-piantrana amin'ny mahantra. Ary rahefa mivoaka any ivelany ianareo, dia mba asio vola madinika ihany any am-paosinareo ho an'ny mahantra.
Mikasika ny mpivarotra sy ny mpiasantsika kosa, dia tena rariny sy hitsiny ny handoavana ny volany, na dia tsy mitaky aza izy, ny tena mety dia ataovy tolo-bonona daholo raha vao vita ny asa. Dignes est operarius mercede sua [Mendrika ny karamany

532 Note a. Cette question pratique est venue à l'esprit du Père Chevrier ; il l'a notée en marge, sans plus.
533 NON TRADUIT

7, Lv 19, 13)], et c'est une faute de les faire attendre et on ne doit jamais ni acheter, ni faire travailler qui que ce soit, si on ne peut les payer de suite. Il vaut mieux souffrir et attendre soi-même que de s'exposer à faire attendre ou faire souffrir les autres.[1]
Quant aux emprunteurs, il faut leur prêter ce que l'on peut et sans intérêt. Prêtez sans intérêt (Lc 6, 35), dit Notre Seigneur.
Mais il vaut bien mieux donner que de prêter ; on donne ce que l'on peut et alors tout est terminé, surtout quand il s'agit d'argent généralement, les gens qui empruntent ne peuvent pas rendre et alors arrivent mille peines, mille difficultés.

Si on compte sur ce que l'on a prêté pour payer ou faire face à quelques affaires, on se trouve alors dans l'embarras et on nuit aux autres pour avoir rendu service à quelqu'un ; et souvent ce service que vous avez rendu à votre prochain devient une cause de froideur et d'éloignement, s'il ne va pas jusqu'à la brouille et à la méchanceté ; si vous redemandez ce que vous avez prêté et qu'il ne puisse pas vous le rendre, comme cela arrive presque toujours, il vous reçoit mal et trouve bien mal de votre part de redemander si tôt... et le malheur ne fait qu'aigrir...

Quand on [vous] demande 100 francs à emprunter, il vaut mieux donner 50 francs ou 20 francs, si on le peut et n'avoir plus rien à réclamer ; par ce moyen, on fait une bonne action, on n'est pas obligé de redemander à ces pauvres qui ne peuvent pas rendre et on conserve l'amitié et la charité avec tout le monde.
S'il ne s'agissait pas d'argent mais s'il s'agit simplement d'objets particuliers, tels qu'ustensiles, vêtements ou autre objet, ça n'a pas le même inconvénient et encore ne faut-il prêter vraiment que ce que l'on a réellement l'intention de donner, afin de n'avoir pas la déception de ne plus le revoir.
Toutefois l'accomplissement de cette parole nous aide grandement à pratiquer la pauvreté parfaite et si réellement on veut arriver à devenir vraiment pauvre, on n'a qu'à prêter à tous ceux qui demandent et à donner tout ce qu'on demande, vous êtes sûr de n'avoir bientôt plus rien à vous.

Ms XII 253 - Ce serait manquer gravement à la pauvreté que de refuser de payer ses dettes, de les renvoyer à un autre jour (...) il faut tâcher de payer toujours au comptant ce que l'on achète, parce que le fournisseur peut avoir besoin de son argent ; et ne pas payer tout de suite, quand on le peut, c'est garder de l'argent qui ne nous appartient pas et manquer à la pauvreté et manquer à la charité, parce que le fournisseur peut en avoir besoin.

ny mpiasa]. (Lk 10, 7 ; Lev 19, 13). Hadisoana ny mampiandry olona amin'ny azy, ka aza mitrosa mihitsy mba tsy hampijaly ny sasany. Aleo lavitra manan-trosa amin'olona ka mijaly, toy izay mampijaly olona amin'ny volany any aminao.[1]
Ireo misambotra amintsika indray dia omeo fa aza asiana zanany. Mampisambora tsy amin-janany (Lk 6, 35), hoy ny Tompontsika.
Ny tena mety aza, dia aleo manome toy izay mampisambotra, omeo izay azo omena dia vita, indrindra ny ara-bola. Matetika manko, matoa izy misambotra dia tsy manan-koraisina izy izay, ka zohim-pahoriana sy alahelo lava eny noho ny fahasarotan'ny fiainany.
Ho sahirana mafy manko ianareo raha ny nampisamborinareo no andrasanareo handoavana ny volan'ny hafa aty aminareo ; matetika aza sahala amin'ny hoe : mampijaly ny havana ny fanavotana ny hafa ; io fanavotana ny hafa io koa anie ka manjary loharanom-pihafahafana sy fandosirana raha takiana aminy ny trosanao e, indraindray aza miteraka ady sy habibiana ; raha hotakianao aminy izay nosamboriny taminao, kanefa tsy manan-kandoavana izy, zava-misy izany, dia ratsy be ny fandraisany anao, omeny tsiny ianao fa mitaky aloha loatra,… dia miampy trotraka ny fahoriana, ary miha-mangidy…
Raha misambotra 2000 ariary aminao izy, omeo ariary 1000 na ariary 400, raha manana ianao, dia aza takiana aminy mihitsy ; amin'izay ianao nahavita asa soa ; tsy azonao atao ny mitaky amin'ny mahantra ny famerenana izay nomenao azy : mitahiry ny firaisan-kina sy ny fifankatiavana koa anie izany.
Raha tsy vola fa fanaka na fitaovana toy ny lovia aman-tsotro na fitafiana na hafa toy izany indray no resahiny, dia zavatra hafa indray iny, kanefa, aza mampindrana izay tsy foinao homena tanteraka sao diso fanantenana satria tsy ho voaverina aminao toy ny teo mihitsy iny.
Na izany na tsy izany anefa dia manampy antsika hiaina ny fahantrana lavorary ity fitsipika ity satria tena mamporisika hizotra amin'izany fahantrana marina izany, ny fampisamborana izay te hisambotra sy ny fanomezana izay rehetra mangataka ; amin'ny farany ianao minoa marimarina fa tsy hanam-baraventy ho anao intsony.

Ms XII 253 - Fandikana mavesa-danja ny fahantrana ny tsy fandoavan-trosa na dia mangatak'andro fotsiny aza (…) Manaova tolo-bonona ihany fa izany no tena mety, raha mividy zavatra satria mba mila ny volany ny mpamatsy ; hitazona vola tsy anao manko ianao raha mitrosa manam-bola ka sady misoloky no manitsakitsaka ny fahantrana sy ny fitiava-namana.

Quant aux chicaneurs, Notre Seigneur nous dit : Si quelqu'un veut plaider contre vous, pour vous prendre votre manteau, laissez-lui encore prendre votre robe. (Mt 5, 40)
Voilà jusqu'où nous devrions porter l'esprit de détachement dans le monde pour éviter toutes contestations avec le monde pour les choses de la terre.
Rien de plus opposé à l'esprit de pauvreté que ces contestations journalières qui arrivent dans le monde et, très souvent, même entre des personnes pieuses et chrétiennes ; on se dispute pour des riens, pour un chiffon, pour une patte, pour un sou on se brouille on garde de la haine, de la rancune jusqu'à la mort ; n'est-ce pas là ce qui arrive dans un grand nombre de familles, surtout dans les partages ?

Oh ! évitons bien cet esprit de rapacité et d'avarice et rappelons toujours dans ces cas ces paroles du Maître : Si on veut vous prendre votre manteau, donnez encore votre robe (Lc 6, 29), plutôt que de vous disputer et de vous chicaner pour des choses, si petites, si viles, si terrestres.

Les âmes grandes et spirituelles ont l'esprit au-dessus de la terre et leur cœur est au ciel : Là où est votre trésor, là est aussi votre cœur. (Mt 6, 21)

Pour entrer dans cet esprit de détachement et de mépris des choses de la terre nous éviterons toutes contestations, toutes disputes en ce qui concerne les choses de la terre ; pas de procès avec personne.[1]
C'est encore opposé à l'esprit de détachement que de trop contester avec les marchands, de trop marchander, de liarder [c'est-à-dire : discuter, marchander pour économiser un liard, un sou], ne faut-il pas que l'ouvrier et le marchand gagnent [leur] vie ? Donnons ordinairement, ou à peu près, ce qu'on nous demande[2] ; il faut bien avoir un peu de confiance en ceux qui nous vendent ou nous fournissent. Si nous n'avons pas confiance en eux n'allons pas chez eux. Si nous savons qu'ils nous trompent, n'y retournons pas ; tâchons d'avoir à faire toujours à de braves gens.
Il y en a aussi qui ne veulent jamais se rapporter aux ouvriers, il faut toujours des tiers pour examiner, pour mesurer ; ne vaut-il pas mieux s'entendre aimablement et faire les choses à la bonne foi ? Toutes ces précautions ne viennent que du manque de confiance et de bonne foi ; tant pis pour ceux qui nous trompent ! ils n'emporteront rien dans l'autre monde.
Agissons avec simplicité et bonne foi ; ayons un peu de confiance dans les autres, quand même ils ne le mériteraient pas.

Momba ny mpisoloky indray dia hoy ny Tompontsika : raha misy te hiady aminao mba hahazoana ny lambanao, afoizo ho azy koa ny akanjonao. (Mt 5, 40)
Hatrany no tsy maintsy iainantsika ny fahafoizana an'izao tontolo izao mba hialana amin'ny fifanolanana ateraky ny zavatry ny tany aminy.
Fanoherana tsy misy toa azy ny toe-panahin'ny fahantrana anie ireny fifandirana isan'andro eo amin'izao tontolo izao ireny e ! ary matetika aza eo amin'ny samy mpivavaka tsara, samy kristianina : mifanditra amin'ny tsinontsinona, vori-damba na ireny karazana haingo asalotra ireny dia mampisavorovoro, itondrana fankahalana sy lolom-po mandrapahafaty ! tsy zava-mitranga eo amin'ny fianakaviana maro ve izany, indrindra eo amin'ny fizaran-dova ?
Eny e ! Alaviro im-pito mandifitr'olona io toe-panahim-papango sy fahidiana io, ary tsarovy mandrakariva amin'ireny fotoana ireny ny hafatry ny Mpampianatra hoe : raha misy te hifaoka ny lambanao, omeo azy koa ny akanjonao. (Lk 6, 29)Aleo izany, toy izay hifamaly sy hifanditra amin'ny zavatra kely tsy misy vidiny mirefarefa amin'ny tany.
Ny olona matotra sy avo fihevitra ara-panahy, dia mitombin-tsaina ambony lavitry ny tany satria any an-danitra ny fony. Izay misy ny harenareo no misy ny fonareo. (Mt 6, 21)
Ho fampiharana io lafiny iray momba ny famoizana sy fanamavoana ny zavatry ny tany io, dia alaviro izay mety ho fifandirana na fifanolanana momba ny zavatry ny tany ; aza mifampitory na amin'iza na amin'iza.[1]
Anisan'ny fanitsahana io toe-panahin'ny famoizana an'izao tontolo izao io koa ny fifandirana tafahoatra amin'ny mpivarotra, ny miady varotra loatra mba hitsitsiana ilavoamena ; mihevitra angaha ianareo fa tsy mba manan-jo hahazo ny ilainy hivelomany ny mpiasa sy ny mpivarotra ? Omeo lalandava izy, na arakaraka izay angatahina amintsika.[2] Matokisa ireo olona mivarotra amintsika sy mamatsy antsika. Aza mankeo aminy intsony raha tsy matoky azy. Raha mamitaka antsika izy, aza miverina eo aminy intsony ; fidio ny mpivarotra sy ny mpamatsy azo itokisana.
Ny sasany indray tsy te-hifandray mivantana amin'ny mpiasa ka mila mpanelanelana hanera mandrakariva, na handini-javatra na handrefy. Tsy tsaratsara kokoa ve ny mifandinika amim-pitiavana sy mifampatoky marina ? Ny fiahiahiana sy ny tsy fahampiam-pitokisana daholo anie no mitarika an'ireny faneràna ireny e ! Raharahan'izay mamitaka fa tsy hitondra ninoninona any an-koatra izy.
Ataovy am-pahatsorana sy fitokisana ny zava-drehetra. Mba matokia ny sasany na dia tsy mendrika izany aza izy.

1. Ms XII 254 - Ne jamais aller en justice pour des choses semblables, à moins qu'on exige évidemment des choses tout à fait injustes et sur lesquelles on n'ait aucun droit. Mais ne jamais traduire soi-même en justice, mais attendre qu'on soit traduit soi-même.
2. Ms XII 253 - Pour gagner quelques sous, on perd l'estime, la charité on se fait traiter d'avare, d'ambitieux, d'égoïste. Soyons large avec l'ouvrier qui travaille ; il a bien ses peines ; on ne paie jamais assez les sueurs de l'ouvrier et du pauvre.

Page 303

Il vaut mieux que l'on dise de nous : c'est un imbécile, je l'ai bien attrapé, il l'a bien payé ; que si on disait de nous : c'est un avare, c'est un chicaneur on n'en finit jamais avec lui ; il se ferait pendre poux un sou.

Combien ces réflexions que l'on fait malheureusement trop souvent à l'égard des personnes religieuses sont nuisibles à la religion et opposées à l'esprit de Jésus Christ !
Dans tout, il faut être large et généreux et ne pas manquer à la charité.

Il y en a qui, sous prétexte d'esprit de pauvreté, de vertu d'économie, de bonne gestion, de savoir faire, de bien conduire le ménage, sont toujours à marchander, à calculer, à courir de côté et d'autre. Tout cela n'est souvent que prétexte pour cacher l'avarice, l'attachement aux choses de la terre ou la crainte de manquer et la défiance en la Sainte Providence.
Soyons pour les autres comme vous voulez que le bon Dieu soit pour vous, large et miséricordieux.
C'est la sagesse de l'Esprit-Saint qui donne aux âmes cette sagesse pour tenir ce juste milieu qui fait que l'on pratique le détachement et qu'en même temps on conserve les intérêts de Dieu et de ses pauvres.
Quant aux voleurs, on ne peut pas prendre grand chose à celui qui n'a rien et qui ne tient à rien ; ce conseil du Sauveur : Ne redemandez pas votre bien à celui qui vous l'emporte (Lc 6, 30), est pour nous faire éviter les procès, les haines, les tribunaux, les disputes, les soupçons injustes, les jugements téméraires, nous faire conserver la paix au dedans de nous-mêmes et nous faire pratiquer la douceur et la charité et le détachement, quand même on nous prend notre bien. Par là, on évite les troubles de

1. Ms XII 254 - Aza mba miakatra fitsarana amin'ny zavatra toy ireny raha tsy hita marina fa tsy rariny mihitsy ny zava-takiana ary tsy ananan-jo. Fa ianareo, aza mba mitory fa miandrasa hotoriana.

2. Ms XII 253 - Mba hahazoana ilavoamena kely, dia hariana ny fankasitrahana, ny fifankatiavana ; dia ataon'ny olona hoe : kahihitra, mpianjonanjona, tia tena. Malalaha tànana amin'ny mpiasa manao ny asany ; manao ny ainy tsy ho zavatra izy ary mba mijaly koa. Tsy ho voavidim-bola na oviana na oviana ny hatsembohan'ny mpiasa sy ny mahantra.

Pejy faha-303

Aleo lavitra antsoin'ny olona hoe : vendram-belona mora ambakaina, tena voa mafy, nandoa ny tsy novidiny ; toy izay lazainy hoe ; kahihitra tsy ihinanan'alika hodim-bomanga, mpanambaka tsy mataho-tody, sarotra ifanarahana, aleony ahantom-bozona noho ny vola.
Mifanohitra lalina amin'ny toe-panahin'i Jesoa Kristy anie ireny resak'olona ireny, indrindra raha mahakasika ny mpitondra fivavahana e ; tena manivaiva ny finoana sy ny fiangonana mihitsy.
Manàna fifankatiavana amin'izay rehetra atao, malalaha tànana ary manomeza amim-pahafoizan-tena.
Ny sasany indray mody ny fampiharana ny fahantrana, ny fahaiza-mitsitsy sy ny fahaiza-mitantana ny raharahan-tokantrano no hirahirainy dia mitoto atsy, mirebika aroa miady varotra, mikajy ; kanefa fanafenana ny fahihirana sy ny firaiketam-po amin'ny zavatry ny tany, tahotra sao dia tsy hanana ny ampy, tsy fahatokisana ny fitondran'Andriamanitra no tena mibahana ao am-pony ao.
Raha irinareo halala-tànana sy mpamindra fo ho anareo Andriamanitra dia manaova izany amin'ny sasany aloha.
Fahendrena avy amin'ny Fanahy Masina no manome ny fanahy io fahaizana mandanjalanja io ka ahafahan'ny olona mampihatra ny fahafoizana sy mitahiry izay kendren'Andriamanitra sy ny mahantra.
Raha ny mpangalatra no hasian-dresaka dia izao fotsiny ihany : inona moa no angalarina aminao raha sady tsy manana ianao no tsy mifikitra amin'inoninona ? Hoy ny Mpamonjy : Aza takina amin'izay nifaoka azy taminao ny fanananao. (Lk 6, 30) Mampahalala antsika izy amin'izany fa tsy maintsy halavirina ny fitoriana, ny fankahalana, ny fitsarana, ny adiady, ny fanendrikendrehana, ny fitsaratsarana olona foana, mba hanana ny fiadanam-pò ao anatintsika ao ka hampiharantsika ny

l'esprit, les recherches inutiles, la perte de temps, les mensonges, car celui qui a volé ne voudra pas l'avouer.

Si on nous prend quelque chose, il faut penser que ceux qui nous le prennent en avaient besoin et plus besoin que nous ; qu'ils n'osaient pas nous le demander et que le bon Dieu le permet pour nous forcer à pratiquer le détachement et la charité.
Tout doit tourner à bien pour celui qui est juste.
Si on vient à découvrir le voleur, il faut lui donner ce qu'il a volé, si on le peut et surtout s'il ne peut le rendre, en lui disant qu'il aurait mieux fait de nous le demander, qu'on pourrait bien le faire punir mais que, par amour pour Dieu et le bien de son âme, on lui pardonne et on le lui donne afin qu'il ne soit pas damné pour cela.

Par ce moyen, on évite beaucoup de troubles, de misères, d'inquiétudes ; le Seigneur est glorifié ; nous avons fait un grand acte de vertu et nous aurons gagné probablement notre frère à Dieu parce que les exemples de douceur, de détachement et de charité convertissent bien plus les âmes que la poursuite et la sévérité.

Notre Seigneur, après nous avoir donné ces règles de conduite si élevées, si opposées à nos idées terrestres, ajoute : Si vous faites ces choses, vous serez

fahalemem-panahy sy ny fifankatiavana ary ny fahafoizana, eny fa na dia rombahina aza izay kely mba eo amintsika. Miala avy hatrany miaraka amin'izay koa ny tebitebin-tsaina, ny fitadiavana tsy ahitam-bokany, ny fanariam-potoana, ny lainga fa tsy hanambara ny nataony na oviana na oviana mantsy ny mpangalatra.
Raha misy maka ny zavatra eo aminareo, dia hevero fa matoa izy maka dia misy ilàny azy izay, misy ilàny azy bebe kokoa noho isika, tsy sahiny angatahina amintsika, ary avelan'Andriamanitra ataony mba hiainantsika ny fahafoizana sy ny fitiava-namana.
Ho an'ny olomarina dia mahasoa daholo ny zava-drehetra.
Raha tahiny ka hita ilay mpangalatra dia omeo azy avokoa izay rehetra nangalariny indrindra raha tsy manan-kanonerana azy izy, ary lazao aminy fotsiny fa tsaratsara kokoa raha nangataka tamintsika izy, ary azontsika atao ny manasazy azy, fa mba ho fitiavana an'Andriamanitra sy ho famonjena ny fanahiny dia avelantsika heloka izy ary omentsika mba tsy hahavery azy mandrakizay ny nataony.
Be ny tebiteby sy ny ahiahy ombam-pahoriana afak'izany toetra izany ; nahazo voninahitra ny Tompo, niaina hatsaram-panahy goavam-be isika, angamba aza, azontsika ho an'Andriamanitra iny rahalahy iny satria mitondra olona hibebaka bebe kokoa ny halemem-panahy sy ny fahafoizana ary ny fitiava-namana toy izay miolotra amin'ny fitoriana sy ny fahasiahana.
Rehefa avy nanome antsika izany fitsipi-pitondran-tena ambony dia ambony, mifanohitra dia mifanohitra amin'ny hevitsika mirefarefa amain'ny tany izany ny Tompontsika dia nanampy hoe : Raha manao izany zavatra izany ianareo,

Page 304

Pejy faha-304

les enfants du Très-Haut qui est bon envers les ingrats et les méchants et fait pleuvoir sur les justes et les injustes. (Mt 5, 45)

dia ho tena zanak'Ilay Rainareo any an-danitra, Ilay mampiposaka ny masoandrony amin'ny tsara fanahy sy ny ratsy fanahy ary mandatsaka ny ranonorana amin'ny marina sy ny tsy marina. (Mt 5, 45)

4°) Ne pas se mêler d'affaires temporelles.

Le ministère du prêtre est un ministère tout spirituel.
Quand Notre Seigneur envoie ses apôtres, il ne les envoie pas pour s'occuper du monde, travailler, bâtir, faire le commerce ; mais il les envoie pour prêcher et guérir ; voilà les deux grandes missions que Jésus Christ leur confie : prêcher et guérir. Je vous envoie comme mon Père m'a envoyé. (Jn 20, 21)

Les apôtres qui avaient reçu les enseignements du Sauveur, nous donnent l'exemple de ce devoir, ainsi que nous le voyons dans les Actes des apôtres, regardant le soin des pauvres comme une occupation qui les absorbait trop et prenait un temps qui devait

4) Tsy mitsabaka amin'ny fandraharahana ara-nofo.

Ny asa anirahana ny pretra dia asa aman-draharaha ara-panahy ihany.
Rahefa maniraka ny Apôstôliny ny Tompontsika, tsy maniraka azy ireo hikarakara izao tontolo izao, hiasa, hanorin-trano, hivarotra, fa maniraka azy hitory teny, hanasitrana. Ireo no iraka roa lehibe nankinin'i Jesoa Kristy taminy : hitory sy hanasitrana. Tahaka ny nanirahan'ny Ray ahy no indro anirahako anareo koa. (Jo 20, 21)
Ireo Apôstôly izay nandray izany fampianaran'ny Mpamonjy izany no manome ohatra antsika amin'ny fanatanterahana io adidy io, araka ny ahitantsika azy ao amin'ny Asan'ny Apôstôly ; hitany fa naka fotoam-be loatra tamin'izy ireo ny fikarakarana ny

être employé entièrement au spirituel. Ils établirent des diacres pour s'occuper des pauvres et ils gardèrent pour eux la prière et la prédication comme étant leur occupation unique et véritable : nos vero oratione et praedicationi instantes erimus. (Ac 6, 4)

Saint Paul le dit formellement dans ses épîtres à Timothée : Que celui qui est enrôlé dans le service de Dieu ne s'embarrasse point dans les affaires du siècle pour ne s'occuper qu'à plaire à celui à qui il s'est donné. (2 Tm 2, 4)[534].

Il ne faut donc point s'embarrasser dans les affaires temporelles.
C'est-à-dire qu'il faut laisser de côté toute occupation de biens, de terres, de cultures, d'affaires, de ventes, d'achats, de négoce, tout ce qui sent le commerce ou qui se fait pour gagner de l'argent ; tout ce qui met en rapport avec les hommes d'affaires ; il faut laisser ces choses aux laïcs : les prêtres ne doivent pas y toucher du bout des doigts.[536]
Il faut employer de bons laïcs pour tout ce qui concerne les affaires temporelles. Pour nous conformer à cet esprit de l'Evangile, nous éviterons de créer des maisons ou providences[538] où l'on s'occupe à des travaux manuels ; le prêtre à la tête de ces maisons de travail est obligé de s'occuper de toutes sortes de choses, de menuiserie de ferronnerie, de cordonnerie, de ventes, d'achats, avoir des correspondances, des rapports avec des hommes d'affaires, avoir des magasins, des dépôts ; on dirait vraiment un négociant en entrant dans la chambre ou la maison de ces directeurs.

mahantra, fotoana tena sarobidy hikarakarana ny ara-panahy. Koa nanangana diakra izy ireo mba hisahana ny mahantra ary notanany ny fivavahana sy ny fitorian-teny izay hany raharaha tokana sy marina nanirahana azy. nos vero oratione et praedicationi instantes erimus [Ary izahay kosa hikely aina amin'ny fivavahana sy ny fitorian-teny]. (Asa 6, 4)
Hentitra mihitsy ny taratasin'i Md. Paoly ho an'i Timote momba izany : Aoka izay nandatsa-tena ho an'ny fanompoana an'Andriamanitra tsy hisahirana amin'ny fandraharahana an'izao tontolo izao fa hanao izay hahafaly an'ilay nanomezany ny tenany. (2 Tim 2, 4).[535]
Aza misahirana amin'ny fikarakarana ny fananana ara-nofo.
Ny hevitr'izany dia izao : avelao ho an'ny lahika ny fikarakarana ny fananana, ny tany, ny fambolena, ny fandraharahana, ny varotra, ny fividianana, ny fiantohana sy izay rehetra mahakasika ny fivarotana na fidiram-bola ; izay rehetra mampifandRay amin'ny mpandraharaha ; tsy misy tokony hidiran'ny pretra amin'izany mihitsy.[537]
Omeo ny lahika tsara sitrapo ny fikarakarana ny fananana ara-nofo. Ary mba hiainantsika tsara io toe-tsain'ny Evanjely io, dia alaviro mihitsy ny manorina trano na « providences » fanaovana asan-tànana ; miloloha entan-tsy sahaza azy mantsy ny pretra misahana ireny trano ireny : fandrafetan-kazo, fandrafetam-by, fanaovan-koditra, fivarotana, fividianana, fifandraisam-barotra, fananam-pitehirizana ; tena mpiato-barotra mihitsy ny fiheverana ireny tale ireny raha vao miditra ny trano na ny efitranony ianao.

Page 305

Pejy faha-305

Notre but doit être tout spirituel et nous ne devons prendre les enfants, comme les grandes personnes, que pour les instruire, leur apprendre leur religion, et non pour les faire travailler.
On ne trouve pas à redire qu'un enfant de bonne famille ou même de simples ouvriers, passe trois ans, quatre ans, dix ans à l'école ou dans des pensionnats sans rien faire, seulement pour son instruction ou son éducation et on nous trouvera à redire, à nous, de garder pendant cinq mois des enfants pauvres pour les former à la vie chrétienne,

Ny ara-panahy no kendrentsika, ka tsy tokony handray ankizy na olon-dehibe hampiasaina isika, fa hampianatra azy ireo ny fivavahana.

Dimy volana no andraisantsika ny ankizy mahantra hampianarina sy hanabeazana azy amin'ny fiainana kristianina dia fosafosaina any rehetra any isika ; any ho any anefa misy ankizy ampidirina ho kilasimandry tsy manao ninoninona mandritra ny telo, efatra, folo taona, zanak'olo-mihaja, zanaky ny mpiasa tsotra, tsy mba misy mpiteny

534 Note a. Cette traduction de II Tim.2, 4 n'est plus admise aujourd'hui. Ce texte de saint Paul n'a qu'un rapport très lointain avec la préoccupation du Père Chevrier, il peut tout au plus fournir une comparaison. On traduit en effet : Dans le métier des armes, personne ne s'encombre des affaires de la vie civile, s'il veut donner satisfaction à qui l'a engagé.
535 Tsy ekena intsony ankehitriny io fandikan'i Mompera Chevrier ny 2 Tim 2, 4 io. Lavitra dia lavitra ny fifandraisany ; fanoharana aza angaha mbola nanahirana.
536 Note b. Dans la pensée du Père Chevrier il s'agit d'affaires, de propriétés qu'on lui aurait données et qu'il aurait fallu exploiter, faire valoir pour que les revenus fassent vivre le Prado. Il ne refuse pas de mettre la nain à la pâte pour faire marcher la maison du Prado. Sa vie l'a montré. (Cf. p. 280).
537 Misy toerana natolotra an'i Mompera Chevrier tsy maintsy trandrahana mba hamokarana no nahatonga io heviny io, ho fampandehanana ny Prado.
538 Note c. Pour les Providences voir p. 280.

leur apprendre leurs devoirs, sans les faire travailler.[539]
Il faudrait peu comprendre l'importance de l'éducation ou de l'instruction pour nous reprocher ce peu de temps qu'ils passent sans travailler... temps que nous trouvons nous-mêmes pas même toujours suffisant.
Nous ne désapprouvons pas cependant un petit travail d'occupation d'un instant dans le courant de la journée, travail d'occupation utile... utile à la maison, moral, propre à occuper leur corps et à leur apprendre à se tirer d'embarras, tel que se raccommoder, préparer les repas, nettoyer, laver, faire des chapelets bêcher un petit jardin, etc. nous n'avons point de domestiques et nous devons faire notre ouvrage, voilà notre travail : être menuisier, maçon, plâtrier, balayeur, laver, raccommoder ; mais nous rejetons tout métier : usine, fabrique, travail pour le dehors, tout travail qui sent le commerce, qui se fait pour gagner de l'argent. Tout ceci est l'affaire de bons laïcs et non l'affaire des prêtres.

C'est encore pour nous conformer à cet esprit et de pauvreté et d'éloignement pour tout ce qui sent le monde, que nous ne posséderons ni terres, ni biens, ni maisons, en dehors des maisons que nous habitons.
Nous ferons en sorte de n'avoir que le nécessaire en fait d'habitation : maison, cour et jardin, pour n'avoir pas à s'occuper de culture, de ferme, d'ouvriers, de domestiques ou de fermiers. Toutes ces choses entraînent toujours avec elles beaucoup d'inconvénients et d'embarras et sont opposées à la pauvreté évangélique et nous jettent dans toutes sortes d'embarras qu'il faut éviter.
Si le bon Dieu nous envoie des biens pour nos Providences, nos écoles et nos oeuvres, nous établirons des pères ou des mères temporels qui possèderont ces biens, les feront valoir en leur propre nom, en auront la direction, la gestion et en donneront les revenus au supérieur général qui les distribuera lui-même aux différentes oeuvres, sans que ces personnes aient à se mêler de l'emploi de ces revenus.[541]

akory. Mampianatra adidy manko isika fa tsy mampianatra asan-tànana.[540]
Tsy azon'ny olona tsara fa zava-dehibe ny fampianarana sy ny fanabeazana ka andatsany antsika ny fotoana kely hitantsika fa tsy ampy, andraisantsika ny zanany ka tsy iasany.
Tsy mandà ny asa madinidinika manabe olona isika, asa kely ao anatin'ny fotoana fohy sy voafetra nefa mahasoa ny ao an-trano, môraly, fampiasan-tena hialana amin'ny fahasahiranana, toy ny fanjairana ny akanjo rovitra, fanomanan-tsakafo, fandiovana, fanasana, fanamboarana sapile, fanaovana zaridaina kely…sns, tsy manana mpiasa an-trano mantsy isika ary tsy maintsy manao ny tena asantsika, izay no asantsika : mpandrafitra, mpanao trano, mpandalotra, mpamafa, mpanasa, mpanjaitra ; lavintsika ankitsirano kosa ny fanaovana anton-draharaha : orinasa, famoronan-javatra, asa ho an'ny any ivelany fampidiram-bola manambolombolo varotra. Asan'ny lahika ireny fa tsy asan'ny pretra. Mbola izany toe-panahin'ny fahantrana sy ny fanalavirana izao tontolo izao izany no manentana antsika ka tsy hananantsika fananana, trano, tany ivelan'izay onenantsika.
Amin'izany dia samia manao izay azony atao mba hionona amin'izay tena ilaina raha ny fonenana no resahina : trano, tokontany, zaridaina, mba hialana amin'ny fandraharahana ny fambolena, ny fiompiana, ny mpiasa an-trano, na ny mpiompy.
Mitarika voka-dratsy manahirana mandrakariva ireny toe-javatra ireny, manohitra ny fahantran'ny Evanjely ary mamarina antsika ao anatin'ny hantsana tiantsika halavirina.

Raha sitrak'Andriamanitra ny hanome fananana ho an'ny « Providences »-ntsika, ny sekolintsika, ny sahan'asantsika, dia hanangana Ray sy reny mpitantana ny ara-nofo isika handraharaha ireny fananana ireny, izy ireo no hikarakara sy hampamokatra ary hampivoatra azy, izy ireo no ho tompony sy ho mpitantana ary taleny, ka handrotsaka ny vokany amin'ny lehibe jeneraly izay hitsinjara izany amin'ny isan-trano, mba tsy hanelingeina ny tena asa anirahana antsika.[542]

Page 306

Tout cela doit se faire sous la direction générale des supérieurs ecclésiastiques de la

Pejy faha-306

Eo ambany fitarihan'ny lehiben'ny fikambanana daholo no tsy maintsy anatanterahana

539 Note a. Pourquoi cet abbé Chevrier ne transformait-il pas son Prado en couvent-atelier ? Il aurait eu des revenus assurés, on lui aurait, avec joie, fourni du travail (...contre un salaire de misère !) Il savait qu'on faisait de telles critiques à son égard.
540 NON TRADUIT
541 Note b. Sur cette idée du Père Chevrier voir p. 281 et LP n°22 Juin 1959
542 NON TRADUIT

congrégation.
Il faut distinguer le travail que l'on fait par humilité, par obéissance, par nécessité, pour gagner sa vie, comme faisait saint Paul, et un travail qui sent le commerce, qui se fait pour gagner de l'argent et entraîne avec lui des embarras d'affaires, des rapports, des dérangements tout à fait opposés au ministère.[1]
Il y a un travail qui est dans l'esprit de pauvreté, qui est même nécessaire utile et conforme à l'esprit évangélique, puisque Jésus Christ dit qu'il n'est pas venu pour être servi mais servir (Mt 20, 28) ; le pauvre doit travailler et faire ce qu'il peut pour gagner sa vie.[2]

5°) Ne rien demander à personne.

Quand Notre Seigneur Jésus Christ envoie ses apôtres dans le monde, il leur dit : Allez, enseignez toutes nations, baptisez-les au nom du Père, du Fils et du Saint Esprit. (Mt 28, 19)
N'ayez ni or, ni argent, ni monnaie dans vos ceintures ; ni double vêtement, ni chaussures mais des sandales. (Mt 10, 9-10 ; Mc 6, 8-9)
En quelque maison que vous entriez, dites d'abord : Que la paix soit dans cette maison ! (Lc 10, 5)
Mangez et buvez ce qu'on vous donnera, l'ouvrier est digne de son salaire et de sa nourriture. (Lc 10, 7)
Et ailleurs : Ne vous inquiétez pas en disant : Que mangerons-nous, que boirons-nous ou de quoi nous vêtirons-nous ? Votre Père céleste sait que vous en avez besoin. (Lc 12, 30)
Cherchez le royaume de Dieu et tout le reste vous sera donné par dessus. (Mt 6, -33)

Quand donc le Maître envoie ses ouvriers, apôtres dans le monde, il ne les envoie pas pour quêter, demander, bâtir, construire, s'établir dans le monde, il les envoie pour enseigner, instruire et baptiser. Voilà la grande fin.

Et s'ils travaillent pour lui, il leur promet de leur donner leur salaire.
Quand on fait travailler un ouvrier, on doit le payer ; l'ouvrier est digne de son salaire ; puisque c'est Dieu qui envoie, il se charge de ses ouvriers.
Quand donc nous allons dans un endroit quelconque, la première chose à

izany rehetra izany.
Aza afangaro ny asa velon-tena atao am-panetren-tena sy am-panekena ary tena ilaina, araka ny voalazan'i Md. Paoly sy ny asam-barotra ampidiram-bola, mitera-pahasahiranana sy fanelingelenana maro samihafa amin'ny tena asan'ny pretra.[1]

Misy ny asa mifanentana tsara amin'ny fahantrana, tena ilaina, mahasoa ary mifanaraka amin'ny Evanjely, satria tonga hanompo aho fa tsy hotompoina hoy i Jesoa Kristy ; tsy maintsy miasa araka izay vitany ny mahantra mba hamelomany tena.[2]

5) Tsy mangataka ninoninona na amin'iza na amin'iza

Hoy i Jesoa Kristy Tompontsika maniraka ny Apôstôliny ho any amin'izao tontolo izao : Mandehana, mampianara ny firenena rehetra, manaova batemy azy amin'ny anaran'ny Ray sy ny Zanaka sy ny Fanahy Masina. (Mt 28, 19)
Aza mitondra volamena na volafotsy na vola madinika any am-balahanareo, na akanjo roa, na kiraro fa ny tongotra asiana kapa. (Mt 10, 9-10 ; Mc 6, 8-9)
Amin'izay mampiantrano anareo, ilazao hoe : Fiadanana ho an'ity trano ity. (Lk 10, 5)

Hano sy sotroy izay atolotra anareo fa mendrika ny karamany ny mpiasa. (Lk 10, 7)

Any ho any indray misy hoe : Aza miahiahy hoe inona no hohaninay anio, na inona no hosotroinay na inona no hotafianay ? Fantatry ny Rainareo any an-danitra izay ilainareo. (Lk 12, 30)
Katsaho aloha ny Fanjakan'Andriamanitra dia homena anareo ho fanampiny ny sisa rehetra. (Mt 6, 33)
Koa raha maniraka ny mpiasany, Apôstôly, ho any amin'izao tontolo izao ny Mpampianatra, tsy maniraka azy hananty rakitra, hangataka, hanorin-trano ka honina ao anatin'izao tontolo izao, fa hampianatra hanome fahalalana, hanao batemy no anirahany azy. Izay no tanjon-dehibe tsy maintsy tratrarina.
Ary raha tena miasa marina ho Azy izy ireo dia ampanantenainy karama.
Raha mampiasa olona dia tsy maintsy mandoa ny karamany ; mendrika ny karamany ny mpiasa ; Andriamanitra no maniraka, Izy no miandraikitra ny mpiasany.
Koa na aiza na aiza àry halehantsika, ny zavatra voalohany

---

1. Ms XII 185 - Ainsi faire travailler les latinistes pour leur apprendre à pratiquer l'humilité, leur faire comprendre ce que c'est que de gagner sa vie, la peine que les autres ont pour faire croître les fruits, pour tenir leur linge propre ; il faut au contraire

1. Ms XII 185 - Ampianaro miaina ny fanetren-tena ny seminarista mandalina ny teny latinina, ampianaro izy hahay hamelon-tena, hahatsapany ny fijalian'ny hafa mba hahazo vokatra ; ampanasao azy ny lambany mba hadio ; ampanaovy azy am-

faire par humilité et pauvreté tout le travail de la maison : nettoyer, laver, blanchir les murs... employer le moins possible les ouvriers du dehors, faire soi-même le travail.

2. Ms XII 151 - "Mais c'est que nous avons voulu nous donner nous-mêmes pour modèles, afin que vous nous imitassiez en travaillant pour manger". (2 Th 3, 7). Petits travaux humbles, utiles aux maisons, pour donner l'exemple du travail et de l'humilité. Jésus travaillait.

panetren-tena sy am-pahantrana daholo ireny asa an-trano ireny : fanadiovana, fanasana, fandaloran-drindrina, mbà ny tena ihany no manao ny asan'ny tena fa tsy hanakaramana ny hafa.

2. Ms XII 151 - Izany no ohatra omenay anareo mba hiasanareo hahazoanareo velon-tena (2 Tes. 3, 7). Asa madinika sady mahasoa no manetry ; i Kristy koa anie mba niasa.

Page 307

Pejy faha-307

faire, c'est d'instruire, de faire le catéchisme, de baptiser, de guérir, de rendre service à tout le monde ; voilà notre première mission. Si on commence par bâtir, arranger, aligner, acheter, demander, quêter, on ne fait pas l'œuvre de Dieu : on fait l'œuvre matérielle.

Il faut commencer par l'œuvre spirituelle. L'œuvre matérielle ne vient qu'après.[1]
Quand les apôtres ont parcouru le monde, ils n'ont pas commencé par quêter, demander, construire et bâtir des maisons, des églises. Non.
Ils ont commencé par planter une croix et, au pied de cette croix, ils instruisaient le monde ; ou ils instruisaient dans les synagogues, les maisons ; et quand le monde se convertissait, les fidèles construisaient eux-mêmes les églises parce qu'ils en sentaient la nécessité.[1 a]
La conversion du monde passe avant tout.
Il ne faut pas laisser les âmes pour courir après les pierres ; à quoi servent les pierres quand on a pas des âmes ? Il faut donc faire passer l'œuvre spirituelle avant tout ; instruire, catéchiser, voilà le premier devoir à remplir.[2]
Si on n'a pas ce qu'il faut, peu importe. Notre Seigneur avait-il ce qu'il fallait quand il est venu sur la terre ?
Avait-il ce qu'il fallait dans ses voyages dans la Galilée, la Judée, la [Décapole] ?
Avait-il ce qu'il fallait quand il était sur sa croix ?
S'il y a à souffrir, tant mieux ! l'œuvre de Dieu n'en sera que plus solide et

tsy maintsy hatao dia ny mampianatra, mampahalala, manao katesizy, manao batemy, manasitrana, manao soa olona. Izay no iraka voalohany ho antsika. Tsy ny asan'Andriamanitra no ataontsika raha ny fanorenan-trano na ny fanamboarana na ny fanitsiana na ny fividianana na ny fangatahana sy ny fanatazan-drakitra no anombohantsika azy. Asan'ny ara-nofo izany.
Atombohy amin'ny asa ara-panahy. Manaraka aoriana ny asa ara-nofo.[1]
Raha nitety an'izao tontolo izao ny Apôstôly, tsy ny fanatazan-drakitra, tsy ny fangatahana, tsy ny fanorenan-trano na fiangonana no nanombohany ny asany. Tsia.
Nanatsatoka lakroa izy ary nampianatra teo am-potony ; nampianatra tao anaty sinagôga, tany an-trano ; ary rahefa nibebaka izao tontolo izao, izay vao nanorina trano fiangonana ny mpino satria nilainy izany, ary izy ihany no nanorina azy.[1 a]

Ampibebaho aloha ny olona.
Aza ilaozana manenji-bato ny olona, fa tsy misy ilàna ny vato raha tsy misy olona aloha. Katsaho aloha ny ara-panahy : mampianatra, mampahalala, manao katesizy, izany no tena adidy voalohany indrindra tsy maintsy efaina.[2]
Na tsy manana ny ampy aza tsy maninona. Fa angaha ny Tompontsika nanana ny ampy raha tonga teto an-tany ?
Nanana ny ampy ve izy nitety an'ny Galilea sy Jodea ary Dekapôly ?
Nanana ny ampy ve izy teo ambony Lakroa ?
Raha misy tsy maintsy ihafiana vao mainka koa tsara. Maha mafy orina ny asan'Andriamanitra izany ary

---

1. Ms XIl 262 - Nous devons donc commencer les œuvres et les paroisses par évangéliser, catéchiser, prier, répandre la vie spirituelle, laissant à Dieu le soin de nous envoyer de l'argent ou des maisons ; à quoi servent les maisons et l'argent, si on ne fait pas l'œuvre de Dieu ? N'est-ce pas mettre l'accessoire avant le principal que de

1. Ms XII 262 - Tokony hatombokantsika àry ny asa ka hotohizan'ireo paroasy amin'ny vavaka, katesizy, fitoriana ny Evanjely sy fampielezana ny fiainana ara-panahy ; avelao hiasa Andriamanitra ka izy no handefa vola sy trano amintsika ; inona moa no ilana vola sy trano raha tsy hanao ny asan'Andriamanitra isika ? Moa ve tsy ny

commencer par des maisons, des quêtes, des visites ?... Que savez-vous si Dieu vous appelle à cette œuvre ? Que savez-vous si Dieu veut cette oeuvre que vous méditez ? si vous êtes dignes de cette église que vous voulez fonder, cette oeuvre que vous voulez construire ? Commencez d'abord par les âmes.

2. Ms XII 264 - Que penser de ceux qui ne pensent qu'à bâtir, qu'à embellir leur cure, leur église ? qui, pour cela, ne font que courir chez les maires, les préfets, les messieurs, les dames ? Hélas ! ils laissent les âmes pour courir après les pierres. On n'a pas besoin de tant d'affaire pour convertir. Nous ne sommes pas envoyés pour bâtir mais pour convertir. Aujourd'hui, on n'a jamais tant construit d'églises et de cures et jamais il n'y a eu si peu de foi et de religion. On ne doit bâtir ou faire des choses extérieures que quand on y est forcé et quand on a largement de quoi y subvenir sans se déranger.

==========

Note a. La description est un peu rapide et romancée. Le Père Chevrier a dans la tête des images populaires montrant les apôtres au pied d'une croix. Il ne faut pas oublier la place tenue par la quête dans les épîtres de saint Paul.. mais le Père a tout de même bien compris l'exemple du grand saint Paul. (cf. p. 313)

zavatra tsinontsinona no imasoantsika voalohany : trano, rakitra, famangiana ?... Fantatrareo ve raha antsoin'Andriamanitra ho amin'io asa io ianareo ? Fantatrareo ve raha tian'Andriamanitra io asa heverinareo io ? raha mendrika io Fiangonana tianareo haorina io ianareo sy io asa tianareo hatao io ? Atombohy amin'ny asa ara-panahy aloha.

2. Inona ny hevitrareo momba ireo pretra izay tsy mihevitra afa-tsy ny hanorina sy hanatsara ny tranony sy ny fiangonany ? Ka izany no mahatonga azy ireo hanatona ireo mpitondra eo an-toerana : ban'ny tanàna, lehibem-paritra, lehilahy sy vehivavy ? Indrisy ! Naleony mikarakara ny harena toy izay ny fanahy. Tsy ilaina izany rehetra izany mba hampibebaka ny olona. Tsy hanorina no nanirahina antsika fa hampibebaka. Ankehitriny, tsy arakaraky ny anorenana trano fonenana sy fiangonana no mampitombo ny finoana sy ny fivavahana. Tsy tokony hiasa loha amin'ny asa fanorenana toy izany raha tsy efa voatery na hanao izany na efa manana ny ampy tanteraka amin'ny fanatanterahana azy ankalalahana.

==========

Naoty a : NON TRADUIT

Page 308

ne réussira que mieux ; on attire plus et on gagne plus d'âmes à Dieu par la pauvreté et la souffrance que par le bien-être et les richesses.

Les fidèles nous donneront bien mieux ou plutôt seront bien mieux disposés à nous donner, quand ils nous verront pauvres et souffrants.
Si le bon Dieu ne nous envoie pas des ressources, c'est une preuve qu'il veut que nous souffrions et que nous méritions, par la souffrance, ce dont nous avons besoin.

Que nous manquons de prudence et de sagesse en allant trop vite ! présomption.

C'est peut-être aussi une preuve que le bon Dieu ne veut pas cette oeuvre ou que nous sommes pas dignes de la faire, de l'établir, de la bien conduire ; et qu'il vaut mieux ne pas l'entreprendre que de vouloir la faire par force.
Toute oeuvre de Dieu doit d'abord porter le cachet de la pauvreté et de la souffrance.

Pejy faha-308

vao mainka koa aza mampahomby azy ; mahasarika olona maromaro kokoa ho an'Andriamanitra isika ao anatin'ny fahantrana sy ny fihafiana toy izay ao anatin'ny harena sy ny filibàna.
Hazoto hanome ho antsika moramora kokoa ny kristianina raha hitany fa mahantra sy mihafy isika.
Matoa tsy andefasan'Andriamanitra fanampiana isika, dia satria tiany ho porofoina ny ilantsika fihafiana, ary ao anatin'izany no hahamendrika antsika hahazo izay ilaintsika rehetra.
Tsy ampy fahamalinana sy fahendrena isika raha mirotoroto loatra, matoky tena loatra manko.
Mety ho porofo koa izany fa tsy ankasitrahin'Andriamanitra loatra ilay asa, satria tsy mendrika ny hanatanteraka azy isika, tsy mendrika hametraka, tsy mendrika hitantana ; koa aleo izy hajanona toy izay hanaovana an-keriny.
Tsy maintsy mitondra ny fitomboky ny fahantrana sy ny fihafiana daholo aloha ny asan'Andriamanitra rehetra.

D'ailleurs, les quêtes n'entraînent-elles pas avec elles de grands inconvénients ? ne faut-il pas perdre beaucoup de temps pour aller chez l'un, chez l'autre atteindre Monsieur, Madame, faire salon, dire beaucoup de paroles inutiles même quelquefois des mensonges ; vanter ce que l'on fait et même souvent ce que l'on ne fait pas ? raconter les peines que l'on a ou que l'on a pas, entendre des paroles flatteuses, de louanges ? et on ne revient souvent qu'avec l'esprit du monde et rempli de fadaises ; en faisant ainsi, est-ce faire l'œuvre de Dieu ?et le bon Dieu attache-t-il le succès de son oeuvre à lui à des choses si vaines et si puériles ?
On dira qu'il y a beaucoup de mérite à faire la quête. Oui, sans doute, il y a peines, affronts, humiliations ; mais il y a aussi du mérite à souffrir et à attendre tout de la Providence.

Et les gens du monde ne sont-ils pas très souvent fatigués de voir continuellement à leur porte des quêteurs ? et on ne leur donne souvent qu'à regret et on ne manque pas de blâmer et de critiquer ces quémandeurs continuels.
D'ailleurs ce ne sont ni les terres, ni les maisons, ni l'or, ni l'argent qui font les oeuvres de Dieu. Ce sont les hommes, des hommes généreux, dévoués qui savent souffrir, animés de l'esprit de Dieu. Voilà ce qu'il faut pour faire les oeuvres.

Donnez-moi une âme qui soit généreuse, dévouée, qui sache souffrir elle vaudra plus qu'un million ; et quand, à côté de cette âme, il s'en joint une autre du même désir et marchant vers le même but et unies ensemble par l'amour de Dieu, l'œuvre est fondée.[543]
C'est l'Esprit-Saint qui le dit : Bienheureux l'homme pur et sans tache, qui ne court pas après l'or et n'a pas placé sa confiance dans l'argent et les trésors il fera des choses admirables pendant sa vie. (Si 31, 8-9)

Be dia be tokoa anie ny fahavoazana entin'itony fanatazan-drakitra itony é ! ny fotoana lany hankanesana atsy sy aroa ; ny hanakarana an-drangahy na ramatoa ao aminy ; ny fipetrahana hiresaka, ny rediredy tsy mahasoa, indraindray lainga varirarakа ; fandokafana ny asa vita nefa tsy natao akory ; fitantarana ny sorisory manjo ny tena na dia tsy misy akory aza ; fihainoana fiderana manasohaso… Hany ka rahefa tafaverina avy any, feno fanahin'izao tontolo izao ny fo sy ny saina, dia matsatso ; dia mbola asan'Andriamanitra ihany ve no atao amin'izany ? Dia mba anankinan'Andriamanitra fahombiazana ihany ve ny zavatra tsinontsinona toa izany ?
Lazaina angamba fa ahazoam-pahamendrehana be ny fitetezan-trano hahazoan-drakitra. Eny é, tsy hisalasalana izany, misy fiaretana, misy fanevatevana, misy fanambaniana ; kanefa bebe kokoa ny fahamendrehana eo am-pihafiana sy ny fiandrasana ny fitondran'Andriamanitra.
Tsy mba madisadisa amin'ny fahitany pretra mangataka lava eo antokonam-baravarany angaha ny olon'izao tontolo izao ? matetika dia henatra no anomezany ary latsa sy tsikera no manaraka ao an-damosin'ilay mpangata-dava.
Na ahoana na ahoana, tsy ny tany, tsy ny trano, tsy ny volamena, tsy ny volafotsy mihitsy no manao ny asan'Andriamanitra. Ny olona, olona tsara sitra-pò, mahafoy tena, mahay mihafy, entanin'ny Fanahin'Andriamanitra no manao azy. Izany no ilaina amin'ny asan'Andriamanitra.
Omeo fanahy mazoto, mahafoy tena, mahay mihafy aho, fa hahavita be lavitra izy noho ny tapitrisa ; ary raha tonga hanampy azy, hiray hina aminy, hiara-dia aminy ao anatin'ny fitiavana an'Andriamanitra ny fanahy iray mitovy aminy, dia tafiorina ilay sahan'asa tian'Andriamanitra atao.[544]
Ny Fanahy Masina no milaza hoe : sambatra ny olona madio fo tsy misy pentina, tsy manenjika volamena, tsy manankina ny tokiny amin'ny volafotsy sy ny rakitra sarobidy ; fa hahavita zava-tsoa igagana izy mandritra ny andro iainany. (Ekl 31, 8)

Page 309

Quand on fait le bien spirituel, le temporel vient toujours. Dieu l'a promis.

Si nous donnons pour une once de biens spirituels, Dieu nous donnera cent livres de biens temporels. C'était notre devise en commençant le Prado.

On comprend que des laïcs faisant une oeuvre demandent l'aumône pour la faire, la continuer, l'agrandir.

Pejy faha-309

Rahefa katsahina ny harena ara-panahy dia manaraka azy moramora foana ny ara-nofo.
Fampanantenan'Andriamanitra izany. Raha nanome harem-panahy iray kapoaka isika, dia honeran'Andriamanitra zato kilao amin'ny harena ara-nofo izany. Izay no tarigetrantsika raha nanomboka ny Prado isika.
Mazava ho azy amin'izany fa raha tsy mpino no mametraka sahan'asa toy ny antsika dia voatery izy mangataka fiantrana hanombohana sy hanohizana ary hanitarana azy.

543 Note a. Une belle phrase qui exprime une forte conviction.
544 NON TRADUIT

Mais le prêtre, lui si riche, si puissant, qui possède tous les trésors célestes, qui distribue les dons de Dieu, a-t-il besoin d'aller courir chercher de l'argent pour lui ou pour les autres ?

Tout le monde a besoin de lui, les pauvres et les riches plus encore que les pauvres. Il est le médecin des âmes, le consolateur de tout le monde ; il donne à tout le monde les dons de Dieu ; les gens ont plus besoin de lui que lui n'a besoin des autres ; il donne plus que personne ne lui donnera ; et ce qu'on leur donne n'est rien en comparaison de ce qu'il donne lui-même, il est plus riche que tous les riches de la terre et les riches ont plus besoin de lui que lui n'a besoin des riches.

Si donc le prêtre connaît ses richesses et s'il sait distribuer comme il faut les grâces de Dieu, il ne manquera jamais des biens de la terre.
Et courir après les biens de la terre, c'est annoncer publiquement sa misère spirituelle, c'est avouer qu'il ne travaille pas selon Dieu, puisque Dieu ne le paie pas, c'est avouer qu'il ne donne rien au monde puisque le monde ne lui donne rien.

Le prêtre qui donne au monde la vie spirituelle n'a pas besoin de s'occuper des choses temporelles. Dieu les lui enverra au delà. Cherchez le royaume de Dieu et sa justice et le reste vous sera donné par surcroît. (Mt 6, 33)

Le prêtre qui travaille pour Dieu sera d'abord nourri et entretenu par les pauvres et puis après viendront les riches, c'est la règle.[1]

Indications pratiques.

Pour observer cette règle de pauvreté, de foi et de confiance en Dieu, nous nous proposons d'abord de ne nous occuper exclusivement en tout que des oeuvres de Dieu et de faire passer l'œuvre de Dieu avant tout ; de ne jamais commencer par le temporel mais de commencer par le spirituel, de ne point solliciter les gens du monde à nous donner quoi que se soit, de ne jamais employer aucun de ces moyens humains assez en usage dans le monde pour avoir de l'argent tels que loterie, concert, soirées, réunions, sermons et autres où l'on fait des quêtes. Tous ces moyens d'attirer l'argent ne sentent pas la charité, la confiance, l'humilité ; il ne faut pas tirer de l'argent, ni forcer le monde à nous en donner.

Ny Pretra anefa, olona manan-karena indrindra, manam-pahefana indrindra, azy daholo ny tahirin'ny lanitra, izy no mitsinjara ny fanomezan'Andriamanitra rehetra, ka ilainy àry ve, hoy ianareo, ny fihazakazahana hangata-bola etsy sy eroa, ho azy na ho an'ny hafa ?
Ilain'ny olon-drehetra izy, ny mahantra, ny mpanan-karena indrindra indrindra. Izy no mpitsabo ny fanahy, mpanambitamby ny olon-drehetra, izy no mizara amin'ny olon-drehetra ny fanomezan'Andriamanitra. Ny olona rehetra aza mila azy bebe kokoa noho izy mila ny olona hafa. Manome bebe kokoa izy tsy tahaka ny anomezana azy ; tsinontsinona akory izay omena azy raha ampitahaina amin'izay omeny ; manan-karena lavitra kokoa izy noho ny mpanan-karena rehetra eto an-tany mitambatra. Ary mila azy bebe kokoa ireo mpanan-karena ireo toy izay izy mila ny mpanan-karena.
Koa raha mba fantatry ny Pretra ny harem-be ananany, ka hainy tsara ny mitsinjara ny fahasoavan'Andriamanitra, dia tsy ho orin-javatry ny tany na oviana na oviana izy.
Ary ny fanenjehana ny fananan'ny tany, dia fitoriana am-pahibemaso ny fahoriana ara-panahin'ny tena, fibabohana miharihary fa tsy miasa araka ny sitrapon'Andriamanitra, satria tsy aloan'Andriamanitra ny karamany, fibabohana ihany koa fa tsy manome ho an'ny olona izy ka tsy omen'ny olona ninoninona.
Tsy ilain'ny Pretra manome ny aim-panahy ho an'ny olona ny fandraharahana harena ara-nofo. Halefan'Andriamanitra ho azy avy ao ambadika izany. Katsaho aloha ny Fanjakan'Andriamanitra sy ny Fahamarinany dia homena anareo ho fanampiny ny sisa rehetra. (Mt 6, 33)
Ampisakafoin'ny mahantra sy karakarainy aloha ny Pretra miasa ho an'Andriamanitra, izay vao manaraka ny mpanan-karena, fitsipika io.[1]

Fampiharana.

Ho fitandremana io fitsipi-pahantrana sy finoana ary fitokisana an'Andriamanitra io, dia makà fikasana matotra tsara fa ny asan'Andriamanitra irery ihany aloha no ataontsika vain-dohan-draharaha, na amin'inona na amin'inona ; ary tsy hanomboka ninoninona amin'ny ara-nofo fa ny ara-panahy aloha. Tsy hangataka na hiangavy na inona na inona avy amin'ny olon'izao tontolo izao ; tsy hampiasa na oviana na oviana ireny fomba entin'izao tontolo izao mitady vola ireny : loka, rindran-kira, alim-pandihizana, fivorivoriana, toriteny, sy ny sisa tsy voatanisa mety hanatazan-drakitra. Tsy misy mitory fitiavana ny namana ireny fomba ireny, tsy ao aminy ny fitokisana, ny fanetren-tena ; aza sintonina an-keriny ny volan'olona.

---

1. Ms XII 266 - Le prêtre n'est-il pas envoyé pour soulager et guérir ? Or que de malades, que de pauvres dans le monde... (...) Cherchons Dieu et ne nous inquiétons pas du reste ; vivons pauvrement et dans la charité et nous deviendrons bien trop

Ms XII 266 – Tsy nirahina hanasitrana moa ny Pretra ? Firifiry anefa ny marary, ny mahantra eo amin'izao tontolo izao… (…) Katsahintsika Andriamanitra ary aza miahiahy ny sisa ; hiaina am-pahantrana sy ao anatin'ny fifankatiavana isika dia

riches...

Page 310

Il faut, au contraire, que tout l'argent ou biens que nous recevons soit tout à fait l'argent de la Providence et que les fidèles nous le donnent librement volontairement, affectueusement, spontanément. Nous pouvons faire connaître nos besoins à ceux qui nous le demandent, mais non à ceux qui ne nous le demandent pas. Nous pouvons aller chez ceux qui nous disent d'aller chez eux pour aller chercher quelque chose[1] mais non chez ceux qui ne nous connaissent pas ou ne nous disent rien. Nous pouvons faire la quête à l'église en disant pour quel motif, chacun donne ce qu'il veut. Nous pouvons aller à la porte d'une église, comme les pauvres, demander l'aumône.

(Il est bien défendu de faire payer ses services, de solliciter des parents dont nous avons les enfants, de leur demander quoi que ce soit, ce serait perdre sa liberté d'action, s'exposer à des bassesses perdre sa dignité et aller contre l'esprit de Jésus Christ. On est plus heureux de donner que de recevoir, rendre service à tout le monde sans intérêt)

Dans tous les cas, c'est l'argent de la Providence et non un argent sollicité, tourmenté, qu'on ne donne souvent qu'à regret, et pour se débarrasser de nous. Nous pouvons encore, par esprit de pauvreté, d'humilité et de pénitence aller demander l'aumône pour nous mêmes, comme un pauvre, demandant de porte en porte ou sur le chemin, sans rien dire... il y a la quête du pauvre qui demande du pain quand il a faim... Celle-ci n'est pas défendue quand elle est réellement nécessaire et qu'elle est pour soi.

Quand nous n'avons rien, nous devons d'abord travailler comme saint Paul afin de n'être à charge à personne et, quand nous ne pouvons subvenir à nos besoins, nous devons diminuer nos dépenses et vendre ce que nous avons de trop. Il arrive souvent que l'on a beaucoup de choses inutiles que l'on a beaucoup d'abondance, que l'on n'est pas réellement pauvre et c'est pour cela que l'on ne reçoit pas ; alors vendez ce que vous avez de trop et travaillez pour gagner votre vie et Dieu vous enverra ce qui vous manque.
Ce n'est que lorsqu'on a tout vendu ce que l'on a de trop et que l'on travaille comme

hanjary mpanefoefo igagana…

Pejy faha-310

Ny tena mety aza, ary izany no tsy maintsy atao, dia izao : ny vola na fananana omena antsika dia ankinintsika amin'ny fitondran'Andriamanitra ny zavatra rehetra manontolo, ary ny kristianina manolotra azy dia manao izany amim-pahafahana, an-tsitrapo, am-pitiavana tanteraka tsy irahina na iangaviana fa manira-tena. Azontsika atao ny mampahalala ny ilaintsika amin'izay manontany izany amintsika, fa tsy amin'izay tsy manontany tsy akory. Azontsika atao ny mankany amin'ny olona manasa antsika handalo any aminy haka zavatra kely[1], fa tsy any amin'ny olon-tsy fantatra tsy akory, na tsy mampilaza amintsika. Azontsika atao ny mananty rakitra ao am-piangonana rahefa nampahafantarintsika ny antony, dia avelao ny olona hanome izay foiny. Azontsika atao koa ny mangatam-piantrana toy ny ataon'ny mahantra, eny am-baravaran'ny fiangonana.

(Rarana mafy mihitsy ny mampandoa vola ny asa fanompoana ataon'ny Pretra, ny miangavy amin'ny Ray aman-drenin'ny ankizy karakaraintsika, ka mangataka na inona na inona aminy fa nanary ny fahafahantsika izany, mitono-tena amin'ny fahambanian-tsaina, manala ny fahamendrehana, manohitra ny toetran'i Jesoa Kristy. Sambatra kokoa ny manome noho ny mandray ; manao soa tsy misy tambiny ny olona rehetra.)

Ao anatin'izany rehetra izany dia aoka tsy hohadinoina fa vola nomen'andriamanitra io, fa tsy vola nangatahina an-keriny, arahin'alahelo, nomena tsy satry mba hialantsika teo. Azontsika atao koa ny mangatam-piantrana ho antsika sahala amin'ny ataon'ny mahantra rehetra, fa atao amim-panetren-tena sy amim-pivalozana ary amim-pahatsiarovan-tena fa mahantra marina isika, ka mangataka eny an-dàlana, eny am-baravaran'olona, tsy miteny tsy mivolana… misy manko ny rakitra ho an'ny mahantra mangataka mofo hohaniny raha noana izy… tsy voarara izany raha tena marina sy ilaina tokoa ho an'ny tena.

Rahefa tsy manana ninoninona isika, dia tsy maintsy miasa, hoy i Md. Paoly, mba tsy hanavesatra ny sasany, ary raha tsy mahavita tena intsony isika, dia ahenao ny fandaniana ary amidio izay mihoatra ny ilaina. Matetika mantsy be loatra ny zava-tsy ilaina ananantsika, migalabona loatra isika, tsy tena mahantra marina akory, ka tsy misy mpiantra, tsy mahazo ninoninona ; amidio àry izay mihoatra ny ilainareo ary miasà mba ho velona dia halefan'Andriamanitra ho anareo izay tsy ampy.

Raha tsy efa lany namidy ny tafahoatra amin'ny fananana, ka efa avy niasa mafy

de véritables pauvres, que l'on peut aller demander, si réellement on manque du nécessaire. Et, quand on demande, le faire toujours avec humilité, réserve et prudence et se rappeler bien toujours que personne ne [nous] doit rien. Il y en a, malheureusement, qui croient que, parce qu'ils font une œuvre qu'ils ont telle ou telle charge, que tout le monde doit les aider, les bien

sahala amin'ny tena mahantra, izay vao afa-mangataka raha tena hita marina fa tsy manana ny tena ilaina intsony. Ary raha mangataka, dia mangataha amim-panetren-tena mandrakariva, manàna fifehezan-tena sy fahamalinana, ary mahatsiarova fa tsy manan-trosa aloa aminao ny olona. Misy mihevitra manko, indrisy, fa noho izy manao asa fanasoavana, noho izy miandraikitra izao sy izao, dia voatery hanampy azy ny olona rehetra,

---

1. Ms XII 264 - ... et encore ferons-nous bien d'y envoyer d'autres personnes…

1. Ms XII 264 - … ny metimety kokoa aza, mandefa solon-tena any isika.

recevoir, leur donner ; ceux-là ne sont que des orgueilleux ; ils ne méritent que des coups de bâton et ne sont pas dignes de faire l'œuvre de Dieu. Les quêteurs sont souvent des gens sacrifiés pour le spirituel et pour leur vocation.

Il arrive aussi que l'on s'habitue à la quête et que souvent on ne quête plus pour avoir le strict nécessaire mais pour s'agrandir, pour arranger, pour s'accommoder, pour s'enrichir. Alors, on ne fait plus l'œuvre de Dieu : c'est l'œuvre du diable parce que Dieu a dit : Malheur aux riches ! (Lc 6, 24) et celui qui devient riche par la quête n'est qu'un trompeur et tombe dans les pièges du diable.[1]

Ne recevoir que des choses conformes à la pauvreté.
Ne rien recevoir pour soi en particulier mais pour les œuvres et les maisons.

Ne pas recevoir sans permission et, si l'on reçoit quelque chose le remettre au supérieur qui en dispose selon qu'il le juge convenable et le donne à qui il croit devoir le donner.

Ne rien demander á personne dans les fonctions du saint ministère.

Notre Seigneur, donnant ses instructions à ses apôtres, leur dit aussi ces paroles : Vous avez reçu gratuitement, donnez gratuitement. (Mt 10, 8)
Ce conseil de perfection que Notre Seigneur recommande à ses apôtres, saint Pierre le recommande aussi aux prêtres de l'Eglise et saint Paul le met à exécution dans toute sa rigueur, dans sa conduite envers les fidèles de Corinthe, de Thessalonique et d'Ephèse et de toute l'Achaïe et le rituel romain en parle dans sa préface adressée aux prêtres.

Saint Pierre, écrivant aux prêtres et évêques, leur dit : Paissez le troupeau de Dieu qui

tsy maintsy mandray azy tsara, manome azy izay tadiaviny ; mpiavonavona fotsiny ireny ; ny mendrika azy dia ny velin-kibay fa tsy mendrika ny hanao ny asan'Andriamanitra izy. Tsy afaka manao asa ara-panahy sy hamaly tsara ny antson'Andriamanitra miantefa aminy matetika ny olona mpangata-drakitra.
Lasa fomba mahazatra koa ity fanatazan-drakitra ity hany ka mazàna tsy noho ny filàna izay tena tsy maintsy ananana intsony no anaovan'ny sasany azy fa mba hanitarana, hanamboarana, higalabonana, hananan-karena. Amin'izay fotoana izay dia tsarovy fa tsy manao asan'Andriamanitra ianao fa manao asan-demony. Loza ho anareo mpanan-karena ! (Lk 6, 24) hoy Andriamanitra. Ary izay mangoron-karena amin'ny rakitra dia sady mpamitaka no mpisoloky voafandriky ny demony.[1]
Aza mandray afa-tsy izay mifanaraka amin'ny fahantrana.
Aza mandray na inona na inona ho an'ny tenanareo, fa mandraisa ho an'ny mahantra sy ny trano.
Aza mandray na inona na inona tsy nahazoan-dàlana, ary rahefa izany, dia apetraho eo am-pelantanan'ny lehibe ; anjarany indray ny mitsinjara azy arak'izay hitany fa mety, na manome azy an'izay hitany fa mila izany.

Amin'ny asa masina nanirahana anao, aza mitaky na inona na inona.

Hoy koa ny Tompontsika nanafatra ny Apôstôliny : nomena maimaim-poana ianareo ka manomeza maimaim-poana koa. (Mt 10, 8)
Nanafaran'i Md. Piera ny pretran'ny Fiangonana io torohevitry ny Tompontsika tamin'ny Apôstôliny io ; i Md. Paoly kosa nampihatra azy mafy tokoa tamin'ny fiainany nanoloana ireo kristianina tany Kôrinto, Tesalônika, Efezy, Azia, ary ny sori-dàlam-pisoronana romanina dia mirakitra azy koa ao amin'ny savaranonandony ho an'ny pretra :
Hoy àry i Md. Piera amin'ny Pretra sy ny Eveka : Fahano ny ondrin'Andriamanitra

vous est confié, veillant sur sa conduite, non par une nécessité forcée mais par une affection toute volontaire, qui soit selon Dieu, non par un honteux désir du gain mais par une charité désintéressée. (1 P 5, 2)
Saint Paul s'exprime avec vigueur et nettement sur ce point et nous montre jusqu'où il pousse le détachement et la charité sur ce point.
Voilà ce qu'il dit aux corinthiens : Si nous avons semé en vous des biens spirituels, est-ce une grande chose que nous recueillions de vos biens temporels ? Si d'autres se servent de ce pouvoir à votre égard, pourquoi n'en userions nous pas plutôt qu'eux ? Mais nous n'en avons point usé et nous souffrons, au contraire de toutes sortes d'incommodités pour n'apporter aucun obstacle à l'Evangile de Jésus Christ (1 Co 9, 11-12). Dieu a ordonné à ceux qui annoncent l'Evangile de vivre de l'Evangile ; pour moi, je n'ai usé d'aucun de ces droits et je ne vous écris

napetraka iandraiketanareo, aoka ianareo hitandrina azy ireo, tsy an-terivozona fa an-tsitrapo araka an'Andriamanitra, tsy amim-pitiavam-bola fa an-jotom-po. (1 P 5, 2)

Mafy sady henjana ny tenin'i Md. Paoly amin'io lafin-javatra iray io, ary atorony antsika, hatraiza no niainany ny famoizana sy ny fifankatiavana amin'izany.
Izao no nosoratany ho an'ny Korintianina : Raha namafy ny zava-panahy taminareo izahay dia tsy rariny ve raha mba mijinja ny anananareo araka ny nofo kosa ? Ary raha ny hafa aza afaka miombona amin'ny anananareo, tsy mainka va fa izahay ? Tsy nampiasa izany fahefana izany anefa izahay fa mihafy amin'ny zavatra rehetra, mba tsy hanampontsampona ny Evanjelin'i Kristy. (1 Kôr 9, 11-12) Tsy fantatrareo va fa izay manao ny raharaha masina dia mivelona amin'ny zavatry ny tempoly, ary izay manompo eo amin'ny otely, dia miombona amin'ny otely ? Toy izany koa no nandidian'ny Tompo fa izay mitory ny Evanjely, dia hahazo fivelomana amin'ny Evanjely. Izaho anefa dia sady tsy nampiasa izany fahefana izany no tsy nanoratra ity mba hitaky izany hatao amiko.

---

1. Ms XII 210 - Quêter sans nécessité, c'est un vol, c'est pour s'enrichir, pour bâtir. Quêter par habitude : ça devient une routine.

---

1. Ms XII 210 - Halatra bevava ny fangatahan-drakitra tsy misy antony lehibe, fangoronan-karena tsy an-drariny, mba hanorenana. Fahazaran-dratsy mamoafady.

point ceci afin qu'on en use ainsi envers moi, puisque j'aimerais mieux mourir que de souffrir que quelqu'un me fit perdre cette gloire d'évangéliser gratuitement (1 Co 9, 14-15)
Ecrivant dans un autre temps aux mêmes fidèles, il leur dit encore : C'est la troisième fois que je me prépare pour aller chez vous et ce sera encore sans vous être à charge parce que c'est vous que je cherche et non pas votre bien. Ce n'est pas aux enfants à amasser des trésors pour leurs pères mais aux pères à amasser des trésors pour leurs enfants. Aussi, pour ce qui est de moi, je donnerai volontiers tout ce que j'ai et je me donnerai encore moi-même par dessus, pour le salut de vos âmes, quoi qu'ayant tant d'affection pour vous, vous en ayez si peu pour moi. (2 Co 12, 14-15)
Dans ses adieux aux évêques d'Ephèse, il dit : Veillez en vous souvenant que durant trois ans je n'ai point cessé, jour et nuit, de vous exhorter chacun de vous, avec larmes et maintenant je vous recommande à Dieu et à la parole de sa grâce. (Ac 20, 31-32)

Je n'ai désiré recevoir de personne ni or, ni argent, ni vêtement et vous savez vous-

Aleoko maty, toy izay ny voninahitro amin'izany no hofoanan'olona, satria nomena adidy hitory ny Evanjely maimaim-poana aho, ary safidim-poko tanteraka no nandraisako izany. (1 Kôr 9, 11)
Dia izao koa no nosoratany tamin'izy ireo, andro hafa : Indro fanin-telony izao no vonona ho any aminareo aho, nefa tsy hahavaky tratra anareo ; satria tsy ny fananananareo no tadiaviko, fa ny tenanareo ; ary tsy ny zanaka no tokony hihary ho an'ny Ray aman-dreny, fa ny Ray aman-dreny no tokony hihary ho an'ny zanany. Ho ahy, dia sitrako mihitsy ny handany sy holanina manontolo ho an'ny fanahinareo, na dia ho arakaraka ny fitomboan'ny fitiavako anareo aza no ho fihenan'ny fitiavanareo ahy. (2 Kôr 12, 14-15).
Hoy indray izy nanao veloma ny Evekan'ny Efezy : Koa miambena re, ary tsarovy lahy fa telo taona maninjitra anie aho no tsy nitsahatra andro aman'alina nananatra anareo tsirairay tamin-dranomaso ! Ary ankehitriny, ankiniko amin'Andriamanitra sy amin'ny tenim-pahasoavany ianareo, dia amin'ilay mahay mandavorary sy manome lova anareo miaraka amin'izay efa masina rehetra. (Asa 20, 31-32)
Tsy mba naniry izay volafotsy na volamena na fitafian'olona aho. Fantatrareo fa ireto

même que ces mains que vous voyez ont fourni à tout ce qui nous était nécessaire, à moi et à tous ceux qui étaient avec moi. Je vous ai montré, en tout, que c'est ainsi, en travaillant de ses mains et annonçant gratuitement l'Evangile, qu'il faut ménager les faibles (et leur ôter tout lieu de croire que l'on prêche par intérêt) et se souvenir de cette parole que le Seigneur a dite lui-même, qu'il y a plus de bonheur à donner qu'à recevoir. (Ac 20, 33-35)

Il écrit encore aux corinthiens : Je ne pense pas avoir été inférieur en rien aux plus grands des apôtres. Est-ce que j'ai fait une faute lorsque, afin de vous élever, je me suis rabaissé moi-même, en vous prêchant gratuitement l'Evangile de Dieu ? Il est vrai que j'ai reçu des autres églises ce dont j'avais besoin pour vous servir et que, lorsque j'étais parmi vous et que j'étais dans la nécessité, je n'ai été à charge à personne ; mais mes frères de Macédoine ont suppléé aux besoins que je pouvais avoir et j'ai pris garde à ne vous être à charge en quoi que ce fut, comme je le ferai à l'avenir. Le Verbe de Jésus Christ est en moi et on ne me ravira point cette gloire dans toute l'Achaïe (2 Co 11, 5, -10) ; et qu'on ne dise point que j'ai reçu quelque chose de ceux à qui j'ai annoncé l'Evangile.

Ecrivant aux Thessaloniciens, il leur rappelle encore sa conduite à leur égard, en disant : Et nous n'avons mangé gratuitement le pain de personne ; mais nous avons travaillé de nos mains, jour et nuit, avec peine et avec fatigue, pour n'être à charge à aucun de vous ; ce n'est pas que nous n'en eussions le pouvoir, mais c'est que nous avons voulu nous donner nous-mêmes pour modèle (2 Th 3, 8-9) afin que vous nous imitiez en travaillant vous-mêmes pour manger.

Et ailleurs, il dit encore aux corinthiens : Jusqu'à cette heure nous endurons la faim, la soif, la nudité, les mauvais traitements ; nous n'avons point de demeure stable ; nous travaillons avec beaucoup de peines de nos propres mains nous sommes maudits et nous bénissons, en butte à la persécution et

tànana ireto no nahazoako izay rehetra ilaiko sy nilain'izay rehetra niaraka tamiko. Nasehoko anareo tamin'ny zavatra rehetra fa tsy maintsy hiasa toy izany koa ianareo mba hanampiana ny mahantra (XXXXX) ka hahatsiaro ny tenin'i Jesoa Tompontsika hoe : Mahasambatra kokoa ny manome noho ny mandray. (Asa 20, 33-35)

Dia izao koa no voasorany ho an'ny Kôrintianina : Fa angaha misy mahalatsa-danja ahy noho ireo Apôstôly ambony indrindra ireo ? Na tsy ampy fahaiza-mandahatra aza aho, dia ampy fahalalana tokoa, araka ny nasehonay miharihary taminareo, tamin'ny zavatra rehetra. Sa diso aho, fa nanetry ny tenako mba hanandratako anareo, ka nitory maimaim-poana ny Evanjelin'Andriamanitra taminareo ? Ny an'ny Eglizy sasany no nalaiko fa nandray fanampiana taminy aho, mba hoentiko miasa aty aminareo. Nony nitoetra tany aminareo aho, na dia tsy nanana aza, dia tsy mba namaky tratra olona, fa ny rahalahy avy any Masedonia no nanome izay nilaiko. Notandremako mihitsy izay tsy hahavaky tratra anareo ary mbola hotandremako koa aza izany. Raha ato anatiko koa ny fahamarinan'i Kristy marina raha ho azon-javatra esorina amiko izany reharehako eran'i Akaïa manontolo izany, mba tsy hilazana fa nandray tsolotra taminareo aho tamin'nitoriako Evanjely aminareo. (2 Kor, 11, 5-10).

Ary toy izao koa no nolazainy tamin-dry zareo Tesalonisianina : Tsy mba nihinana mofon'olona maimaim-poana izahay fa niasa andro aman'alina, ka sasatra sy trotraka ery, mba hahavaky tratra na dia ny iray akory taminareo aza ; tsy noho izahay tsy manam-pahefana anefa, fa noho izahay te-hanolo-tena ho fakan-tahaka ho anareo. Fony mbola tany aminareo ihany izahay, dia efa nandidy anareo hoe : raha misy tsy mety miasa, dia aoka izy tsy hihinana koa. (2 Tes. 3, 8-9)

Dia mbola milaza koa izy any ho any ho an'ny Kôrintianina hoe : Mandraka ankehitriny dia noana izahay, mangetaheta, tsy manan-kitafy, velesina, tsy manana antom-ponenana, ary misasatra miasa amin'ny tananay. Raha ozonin'olona izahay dia mirary soa, raha enjehina

nous la souffrons. Nous sommes devenus comme les ordures du monde, comme les balayures qui sont rejetées de tous. (1 Co 4, 11-13)

Exposés à toutes sortes de travaux, de fatigues, de nombreuses veilles, à la faim, à la soif, à des jeûnes réitérés, au froid, à la nudité. (2 Co 11, 27)

Voilà comment se conduisait le grand saint Paul.

dia miaritra ; raha endrikendrehina, dia mamaly teny malefaka ; mova tsy tonga fakofakon'izao tontolo izao sy faraidin'ny olona rehetra izahay, mandraka ankehitriny. (1 Kôr 4, 11-13)

Tamin'ny famonoan-tena sy fikelezana aina, tamin'ny fiaretan-tory matetika, tamin'ny hanoanana sy hetaheta, tamin'ny fifadian-kanina matetika, tamin'ny hatsiaka amam-pitanjahana. (2 Kôr 11, 27)

Jereo amin'izany àry, hatraiza no niaretan'i Paoly ny fahoriana mba hanarahan-dia an'i

Voilà jusqu'où il portait le dévouement, la pauvreté, la charité.
Où en sommes-nous ?
Quelle différence entre notre vie et la sienne !

Prescriptions du rituel romain.

Ouvrant le rituel romain qui nous donne, dans la préface, les règles que nous devons suivre dans l'administration des sacrements, nous trouvons ces mots :
Illud porro diligenter caveat ne, in sacramentorum administratione, aliquid, quavis de causa vel occasione, directe vel indirecte exigat, aut petat ; sed ea gratis administret, et ab omni simoniae atque avaritiae suspicione, nedum crimine, longissime absit. Si quid vero, nomine Eleemosynae aut devotionis studio, peracto jam sacramento, sponte a fidelibus offeratur, id licite pro consuetudine locorum accipere poterit, nisi aliter Episcopo videatur. (Rituale Rôm Préface.)

[En outre, que, dans l'administration des sacrements, le ministre se garde soigneusement d'exiger ou de réclamer quelque chose, pour n'importe quelle raison ou occasion, directement ou indirectement ; mais qu'il les administre gratuitement et qu'il échappe absolument à tout soupçon - et à plus forte raison à toute accusation - de simonie ou de cupidité.
Si, cependant, après la cérémonie les fidèles offrent spontanément quelque chose, à titre d'aumône ou d'attention pieuse, il est permis de l'accepter, selon les coutumes locales, à moins que l'évêque n'en juge autrement]

Exercer gratuitement le saint ministère.

On ne peut trouver quelque chose de plus clair, de plus précis, sur cet article et si l'usage contraire a prévalu en France, ce n'est que par une concession tirée des circonstances fâcheuses où se trouvait le clergé après la Révolution.
En 1864, étant à Rome, nous adressâmes à Sa Sainteté Pie IX, une supplique pour lui demander la permission d'exercer gratuitement le saint ministère. Voici la teneur de la supplique et la réponse de Sa Sainteté.

Page 314

Supplique à Sa Sainteté
Très Saint Père, L'abbé Antoine François Marie Chevrier, du Tiers Ordre de saint François, prosterné humblement aux pieds de Votre Sainteté, lui expose le désir que plusieurs prêtres ont de se réunir, autant que l'autorité diocésaine le leur permettra,

Jesoa Kristy sy hamoizany ny tenany, hiainany ny fahantrana, sy ny fitiava-namany.

Aiza ho aiza amin'izany isika ?
Diniho ny elanelam-piainantsika amin'ny azy !

Soridalam-pisoronana Romanina.

Raha vao manokatra ny boky mirakitra ny soridalam-pisoronana romanina isika, dia tsy maintsy mahita izao teny manaraka izao ao amin'ny savaranonandony :
Illud porro diligenter caveat ne, in sacramentorum administratione, aliquid, quavis de causa vel occasione, directe vel indirecte exigat, aut petat ; sed ea gratis administret, et ab omni simoniae atque avaritiae suspicione, nedum crimine, longissime absit. Si quid vero, nomine Eleemosynae aut devotionis studio, peracto jam sacramento, sponte a fidelibus offeratur, id licite pro consuetudine locorum accipere poterit, nisi aliter Episcopo videatur. (Rituale Rôm Préface.)

[An-koatra izany, amin'ny fizarana ny Sakramenta, dia tsy maintsy mitandrina mihitsy ny Pretra mba tsy hitaky na hangataka inona na inona amin'ny kristianina, na inona na inona antony na inona asa fanompoana ataony, na mivantana izany na an-kolaka ; fa ataony maimaim-poana izany mba hanalavirana ny ahiahy sy ny fanenjehana azy, ho mpivarotra Sakramenta na fitiavam-bola.
Raha toa anefa ka mahatsapa ny olona fa mendrika ny karamany ny mpiasa, ka manolotra zavatra an-tsitrapo tanteraka izy, dia azo atao ny mandray izany am-pitiavana. Amin'ireo rehetra ireo anefa, dia ny fanapahan-kevitry ny Eveka no manan-kery]

Fanompoana maimaim-poana.

Tsy misy fanambarana mazavazava sy mahitsihitsy noho io. Fa noho ny toe-javatra nisy tato Frantsa taorian'ny fikomiana lozan-tany iny, dia voatery isika nandefitra ny tsy tokony noleferina akory.
Fa nony tany Roma izahay tamin'ny 1864, dia niangavy tamin'ny Ray Masina Pio IX, mba homena alalana hanao maimaim-poana ny asa fanompoana maha-Pretra ny Pretra ka toa izao manaraka izao ny fangatahana sy ny valiny avy amin'ny Ray Masina.

Pejy faha-314

Fangatahana amin'ny Ray Masina
Ry Ray Masina hajaina indrindra, Izaho manao sonia eto ambany, Pretra Antoine François Marie Chevrier, ao amin'ny fikambanana Tersieran'i Md. François d'Assise, mandohalika amim-panajana sy amim-panetren-tena eo anoloanao Ray Masina, sady

pour mener une vie régulière et exercer le Saint ministère sans autre rétribution que celle que les fidèles leur offriront spontanément.

Il demande pour lui et ses prêtres la bénédiction de Sa Sainteté
Rome 1 octobre 1864

Voici la réponse que Sa Sainteté nous a adressée par le Père Piscivillo, secrétaire de Sa Sainteté et rédacteur de la Civilta cattolica, qui avait bien voulu présenter notre supplique au Pape :

Réponse de Sa Sainteté, par le Père Piscivillo

Mon respectable ami,
Dans l'audience du 12 du mois d'octobre, je présentai à Sa Sainteté votre supplique. Il daigna la lire avec toute attention. Il me fit des demandes et me questionna sur plusieurs petites choses qui pouvaient regarder votre manière de vivre. J'y répondis de mon mieux et comme je pus.
Après ces renseignements, Sa Sainteté me dit : Je ne puis rien signer, il s'agit d'affaire très grave dans laquelle le Saint Siège procède avec toute lenteur et prudence.

Je bénis de tout mon cœur l'abbé Chevrier et ses compagnons, et je vous charge de leur transmettre ma bénédiction.
L'œuvre est bonne, mais avant de l'approuver, il faut que les années s'écoulent, que les évêques en témoignent l'opportunité et le succès ; pour le moment je ne puis qu'approuver les intentions et bénir les personnes, ce que je fais de tout mon cœur.

Rome le 1er novembre 1864
Charles Piscivillo

Le Saint Père dit que l'œuvre est bonne, mais que, pour l'approuver il faut trouver des évêques qui nous reçoivent et nous admettent avec cette manière de vivre, et rendent témoignage du succès, que pour le moment il ne peut qu'approuver les intentions et bénir les personnes.

manolotra aminao ny fanirianay Pretra maro niara-nivory ato amin'ny Diosezy, ka neken'ny Mpitondra azy, mba hahafahanay miaina ny fiainan-drelijiozy, ny hanomezanao alalana anay hanao maimaim-poana ny asa aman-draharaha fanompoana niantsoana sy nanirahana ny Pretra, tsy misy tambiny afa-tsy izay atolotry ny kristianina an-tsitrapotanteraka, tsy misy fanerena.
Mangataka ny tsodranonao aho sy ny Pretra miara-dia amiko.
Natao teto Roma 1 oktôbra 1864.

Dia ity manaraka ity ny valin-teny avy amin'ny Ray Masina, nampandaloviny tamin'ny Mompera Piscivillo sady mpitantsoratry ny Papa no Talen'ny Civilta Cattolica izay nanolotra ny fangatahantsika tamin'ny Papa.

Valin-tenin'ny Ray Masina tamin'ny alalan'i Mompera Piscivillo.

Ry Sakaizako hajaina,
Nihaona tamin'ny Ray Masina aho tamin'ny 12 Oktobra teo, ka nanolotra azy ny fangatahanareo. Novakiny tsara tokoa izany. Fangatahana maro no nataony tamiko, ary fanontaniana sesehena no napetrany mikasika ny fomba fiainanareo. Novaliako araka izay azoko natao sy mba fantatro izany rehetra izany.
Rahefa nandre ireo valin-teniko ireo ny Ray Masina, dia hoy izy tamiko : Mbola tsy afa-manao sonia ninoninona aho izao, satria mahakasika zava-dehibe tsy azon'ny Fiketrahana Masina ataotao foana izy ity ka ilàna fotoana sy fahamalinana.
Amin'ny foko manontolo no itsofako rano an'i Mompera Chevrier sy ny namany, ary ankiniko aminao ny fampitana izany aminy.
Tsara ilay sahan'asa, fa alohan'ny hankatoavana azy, dia aoka aloha hiasa taona maromaro ry zareo, hanome ny heviny momba izany sy ny ilàna azy ary ny fahombiazany ny Eveka : ny zava-kendreny no azoko ankatoavina amin'izao fotoana izao ka itsofako rano ireo olona ao anatiny amin'ny foko manontolo.
Natao teto Roma 01 Novambra 1864
Charles Piscivillo.

Tsara ilay sahan'asa hoy ny Ray Masina, kanefa alohan'ny hankatoavany azy, dia tsy maintsy mitady Eveka maromaro handray antsika hiasa any aminy isika, izy ireo indray no hankatò sy hanambara io fomba fiainantsika io sy ny fahombiazana vokariny, ary efa tsofiny rano sahady ny hetahetantsika sy ny olona mikatsaka azy.

Nous ne pouvions pas avoir une réponse plus favorable et plus sage en même temps.

Nous demandons donc la permission d'exercer le ministère gratuitement et de ne

Valin-teny sady mahafa-po no feno fahendrena tsy nampoizintsika ho azo mihitsy izany.
Mangataka alalana hanao sy hanatanteraka maimaim-poana ny asa maha-pretra isika,

recevoir, dans nos fonctions saintes, que ce que les fidèles voudront bien nous donner librement et spontanément, et de ne jamais rien exiger pour les fonctions de saint ministère, afin de mettre en pratique cette parole de Notre Seigneur : Vous avez reçu gratuitement, donnez gratuitement et de conformer notre conduite à celle de saint Paul qui travaillait de ses mains plutôt que de demander et qui se faisait une gloire et un bonheur d'évangéliser gratuitement.[1]

Nous mettrons donc un tronc dans la sacristie et dans l'église, destiné à recevoir les offrandes des fidèles à l'occasion de l'administration des sacrements et du Saint Sacrifice de la messe.[2]

Nous ferons passer un frère ou une sœur dans l'église, après les offices pour recevoir l'aumône à l'occasion des chaises. Nous éviterons de placer dans nos églises et sacristies ces affiches, ces tarifs qui fixent le prix des choses saintes, des enterrements et des chaises.[3]

Les fidèles qui ont la foi comprennent ce devoir envers le prêtre et donnent facilement aux prêtres qui ont rempli une fonction sainte. Mais que voulez-vous demander à des impies, à des gens qui méprisent déjà le prêtre, qui regardent le prêtre comme un avare et un homme de bonne chère, à des gens qui ne viennent que trois ou quatre fois à l'église durant leur vie : aux mariages, aux baptêmes et aux enterrements et que, toutes les fois qu'ils viennent à l'église, entendent du prêtre ou du sacristain ces paroles : vous devez tant, et cela avec autorité et exigence.

Ces manières de faire ne font que détourner de l'église et ils s'en vont en jurant, en critiquant la religion et appelant la religion une religion d'argent.

C'est un fait certain que très peu de gens donnent de bon cœur leur argent aux prêtres et on ne le quitte ordinairement qu'en disant quelques paroles injurieuses.

C'est pour cette raison que saint Paul ne voulait rien recevoir des corinthiens, thessaloniciens et autres, et qu'il recevait des macédoniens, pour nous montrer qu'il ne faut pas demander à ceux qui ne sont pas affermis dans la foi, pour leur donner l'exemple du détachement et ne pas mettre d'obstacle à l'Evangile.

ary tsy handray na hitaky ninoninona afa-tsy izay homen'ny kristianina an-tsitrapo feno fahafahana tokoa amin'izany asa masina indrindra izany, mba hiainantsika tanteraka ny tenin'ny Tompontsika manao hoe : Nahazo maimaim-poana ianareo, ka mba manomeza koa maimaim-poana ; ary mba hakantsika tahaka ny fiainan'i Md. Paoly izay niasa tamin'ny tenany mba tsy hahavaky tratra ny hafa, ka afa-nirehareha sy feno hasambarana mitory maimaim-poana ny Evanjely.[1]

Hasiantsika vatan-drakitra àry ao amin'ny Sakristia sy ao am-piangonana mba handrotsahan'ny kristianina izay tena foiny amin'ny fanomezana Sakramenta sy ny Sorona Masina.[2]

Hisy Frera na Masera iray hirahintsika any am-piangonana aorian'ny fotoam-pivavahana handray ny fiantrana amin'ny fotoana anaovantsika toriteny. Alavirintsika mihitsy ny fametrahana peta-drindrina na sora-baventy mamaritra ny vola tsy maintsy haloa amin'ny fandraisana Sakramenta sy ny zava-masina, fandevenana, toriteny, na ao am-piangonana izany na any amin'ny Sakristia fa tsy mendrika antsika.[3]

Ny kristianina manam-pinoana tsy hisalasala mihitsy hanome zavatra ny pretra nahavita tsara ny adidy masiny. Hangataka inona amin'ny tsy mpivavaka moa ianareo ; hahazo inona amin'ny olona sady mankahala no manaratsy anareo ho toy ny kahihitra sy lian-kanina ; hanantena inona amin'olona tsy miditra am-piangonana afa-tsy in-telo na inefatra mandritra ny fiainany : fanambadiana, batemy, fandevenana, ary amin'izay indray mbola handre ny pretra na ny kristianina hilaza amim-peo hentitra sy feno fahefana manao bodongerona hoe : izao no tsy maintsy halohanareo ?

Mampandositra ny olona ny fiangonana ireny fomba mamohehitra ireny, manompa mihitsy izy ary mitsikera lalina ny finoana sy ny fivavahana. Lazainy fa fivavaham-bola ny fivavahantsika.

Azo itokisana marimarina anie fa tena vitsy ny olona manolotra vola ho an'ny pretra amin'ny fo madio e, matetika aza dia ompa mihitsy no isarahany aminy eo.

Ireny no antony tsy nandraisan'i Md. Paoly ninoninona tamin'ny Korintianina sy ny Tesalonisianina sy ny sasany, ka naleony nandray ny fanomezana avy amin'ny Masedonianina, tiany hofantantsika fa tsy azo itakiana ninoninona ny olona tsy mato-pinoana, tiany koa ny hanome antsika ny oha-pitondran-tenan'ny fahafoizana mba tsy hanembatsembana ny fitoriana ny Evanjely.

---

1. Ms X 700 - nous rappelant que si on doit faire la charité, c'est bien surtout dans les choses spirituelles et que Notre Seigneur est mort pour nous.
2. Ms XII 256 -... afin de laisser une plus grande liberté aux fidèles et qu'on n'ait pas lieu de répondre à leur interrogation : Combien est-ce ?, mettant de côté ces affiches et ces tarifs qui sentent le commerce et qui annoncent au peuple qu'il faut payer aux

---

Ms X 700 - tsarovy fa raha hanao asa fitiava-namana dia amin'ny ara-panahy indrindra no hanatanterahana azy ary izany no namoizan'ny Tompontsika ny ainy ho antsika.
2. Ms XII 256 - mba hanomezam-pahafahana bebe kokoa ny kristianina sy hialana amin'ny fanontaniany hoe : ohatrinona no tsy maintsy haloanay ? dia esory ireny peta-drindrina mamari-bidy ireny fa tsy varotra no ataontsika.

messes et aux offices.
3. Ms XII 257 -... Se contenter de ce qu'on nous donne : "Mangez ce qu'on vous donnera" (Lc 10,7), dit le Seigneur. C'est cette exigence des prêtres dans les églises, dans leurs fonctions, qui indigne le peuple, le détourne de Dieu et de l'Eglise.

Page 316

Comment détruire ces mauvaises impressions dans le cœur des peuples ? comment y faire renaître la confiance et le respect pour le prêtre ? Ce sera par le détachement et la pauvreté que nous retrouverons notre place dans le cœur des peuples.

Comme on aime généralement un prêtre désintéressé, même le plus méchant ! et comme on méprise un prêtre avare, intéressé ! Plus nous serons pauvres et désintéressés, moins nous serons exigeants, plus nous serons amis du peuple[a] et plus le bien nous sera facile.[1] Il vaut mieux dire : Donnez ce que vous voulez, que de dire : vous me devez tant, c'est tant

Ne dirait-on pas un commerce quand on dit : Vous me devez tant ? et quand les fidèles vous demandent : Combien est-ce ? combien la messe ? Et puis, comme il est difficile de ne pas faire les choses un peu pour de l'argent ! de ne pas avoir des égards pour ceux qui donnent davantage ! de ne pas préférer une messe ou une autre fonction mieux payée, à une autre fonction moins rétribuée !et d'être tenté de demander ou de désirer de recevoir davantage ! Je n'ai désiré ni or, ni argent, ni rien. (Ac 20, 33)
Comme l'argent tente ! comme il fait envie généralement et qu'il est difficile de ne pas faire quelque faute de ce genre, de ne pas imiter Judas : combien me donnerez-vous et je vous le livrerai (Mt 26, 15), donnerai ?[b]
Avec quelle vigueur Notre Seigneur chasse les vendeurs du temple ; c'est un péché qui afflige grandement son cœur, il faut retrancher des choses saintes tout ce qui sent l'argent, le commerce, le trafic.
N'est-ce pas souvent pour punir notre avarice et notre attachement aux biens de la terre que Dieu envoie des révolutions et nous fait dépouiller par les fidèles eux-mêmes de tout ce que nous possédons ? C'est la première chose que font les révolutionnaires : nous dépouiller, nous rendre pauvres.
Ne dirait-on pas que le bon Dieu veut nous punir de notre attachement aux biens de la terre et nous forcer par là à pratiquer la pauvreté, puisque nous ne voulons pas la pratiquer volontairement ? Et c'est quelquefois bien heureux que cela arrive parce que nous nous endormirions

Ms XII 257 - mahaiza mihanina amin'izay omena antsika : hano izay aroso aminareo, hoy ny Tompo. Mampandositra ny olona ny Fiangonana sy Andriamanitra mantsy ireny fihizingizinan'ny pretra nitaky vola tsy maintsy haloa ireny.

Pejy faha-316

Atao ahoana izao ny fanalana ireny eritreri-dratsy ireny tao am-pon'ny vahoaka ? Inona no hevitra hampitsiriana indray ny fitokisana sy ny fanajana ny pretra ? Ao anatin'ny fahafoizana sy ny fahantrana ivelomantsika ihany no ahazoantsika toerana indray ao anatin'ny fon'ny olona.
Mandrakariva dia tena tian'ny olona tokoa ny pretra, tsy mitady tombon-tsoa manokana ho azy na dia masiaka toy inona aza e. Ary etsy an-kilany tena halan'ny olona mihitsy ny pretra liam-bola sy mahihitra na dia mody malefaka aza. Arakaraky ny hiainantsika ny fahantrana sy ny tsy fitadiavan-tombon-tsoa manokana no tsy maha sarotiny antsika, ka ahazoantsika ny fo sy ny fitiavan'ny vahoaka[a] sy hanamora ny fanaovantsika ny asa soa.[1] Aleo lavitra ny manao hoe : omeo izay sitrakao,
toy izay manao hoe : hoatrinona izany ? hoatrinona ny lamesa ? Dia hoatry ny sarotra ery anie ny manao zavatra tsy amim-bola ! Toa sarotra ery ny tsy manisy fotony ireo te-hanome bebe kokoa ! Toa manahirana mihitsy ny misafidy amin'ny lamesa sy ny asa hafa hidiram-bola bebe kokoa amin'ny hafa atao maimaim-poana na kely fidiram-bola ! ka halaim-panahy hitaky na haniry hahazo misimisy kokoa : Tsy naniry na volamena na volafotsy na inoninona aho ! (Asa. 20, 33).
Manangoly marina ny vola ! mampitsiriritra amin'ny ankapobeny, kanefa mampidi-doza ihany koa ary tena loza amin'atambo aza. Jereo ange i Jodasy e ! Homenareo hoatrinona aho fa atolotro anareo Izy ?[b]
Herim-po manao ahoana moa no nentin'ny Tompontsika nandroaka ireo mpivarotra tao an-tempoly ! Fahotana tena nankarary mafy ny fony io ! Esory hiala amin'ny raharaha masina izay mamofompofona vola, varotra, fanararaotana.
Fa tsy matetika moa mba hamaizana antsika noho ny fahihirantsika sy ny firaiketam-pontsika amin'ny zavatry ny tany no nandefasan'Andriamanitra fikomiana ka ireo kristianintsika ireo ihany no nanendaka ny fananantsika ? Ny voalohan-draharahan'ny mpikomy dia ny manendaka antsika mba hampahantra antsika.
Tsy azo heverina ve fa faizin'Andriamanitra ny firaiketam-pontsika amin'ny zavatry ny tany, ka tereny hiaina ny fahantrana isika satria minia tsy manatanteraka izany an-tsitrapo ? Soa ihany aza fa misy an'ireny hamoha antsika amin'ny torimaso ao anatin'

1. Ms XII 257 - Je ne nie point le droit que Dieu a donné au prêtre de vivre de l'autel. Mais saint Paul a fait abandon de ce droit en faveur des mauvais chrétiens de Corinthe et il s'en faisait gloire, et il aimait à leur rappeler qu'il ne leur demandait rien et que, bien plus, il travaillait de ses mains pour n'être à charge à personne et ne pas nuire à l'Evangile ; pourquoi donc aujourd'hui ne verrions-nous pas revivre des hommes détachés comme saint Paul, animés de son zèle pour les âmes, au point de céder leur droit en faveur des pauvres pécheurs, pour les ramener à l'Eglise et leur rendre la foi et l'estime du prêtre l'amour de Jésus Christ ? Saint Pierre dit à Simon le magicien qui lui demande de lui vendre le pouvoir de donner le Saint Esprit… (Ac 8, 20)

==========

Note a : Un autre manuscrit porte cette même phrase, avec l'expression : aimés du peuple, et non : "amis". (Ms XII 180)
Note b. La comparaison est mordante.

Ms XII. 257. Tsy laviko akory ny zo nomen'Andriamanitra ny pretra hivelona amin'ny otely. Fa nilaozan'i Md. Paoly io zo io ho fitsimbinana ireo mpino mbola malemy finoana tany Kôrinto ary noraisiny ho voninahitra ho azy izany, ary tiany ny mampahatsiaro azy ireo fa tsy mangataka na inona na inona aminy izy, ary naleony aza niasa amin'ny tànany mba tsy hahavaky tratra azy ireo sy tsy hanembantsembana ny Evanjely. Koa maninona àry no tsy hahitantsika olona mahafoy tena tahaka an'i Md. Paoly amin'izao fotoana izao ? Olona entanin'ny zotom-po hamonjy ny fanahy ka mandà ny zo ananany mba hanasoavana ny mpanota mahantra, hamerenana azy ireo indray ho ao amin'ny Fiangonana sy ny finoana ary ny fitokisana ny pretra, ny fitiavana an'i Jesoa Kristy ? Jereo ao amin'ny Asan'ny Apôstôly 8, 20, ny tenin'i Md. Piera tamin'i Simona mpamoha angatra izay nangataka taminy hoatrinona no ivarotany ny fahefana manome Fanahy Masina.

==========

Naoty a : NON TRADUIT

Naoty b : Henjana sady manaikitra be ilay fampitahana.

dans les richesses et le bien être et nous ne nous occuperions plus des choses de Dieu[a] Quand Dieu dit : Malheur aux riches (Lc 6, 24), il le dit encore plus pour ses ministres que pour les autres parce que si quelqu'un doit pratiquer la pauvreté, c'est bien surtout les prêtres, ses serviteurs.

6°) Ne pas s'inquiéter de l'avenir.

Notre Seigneur veut que nous bannissions de notre cœur toute inquiétude de l'avenir et il ne craint pas de parler longuement de cette confiance que nous devons avoir en Dieu et d'entrer dans de longs détails, afin de nous montrer que Dieu veut être véritablement notre Père et que ce serait lui faire une grave injure que de s'inquiéter quand on travaille pour lui.[1]

Ecoutons ce qu'il nous dit : Je vous le dis, ne soyez pas inquiets pour votre vie, de ce que vous mangerez ni pour votre corps de quoi vous le vêtirez. La vie n'est-elle pas plus que la nourriture et le corps plus que le vêtement ? Regardez les oiseaux du ciel qui ne sèment pas, ni ne moissonnent, ni ne recueillent dans leurs greniers et votre

ny harem-be, ny figalabonana, sy ny tsy firaharahantsika ny zavatr'Andriamanitra intsony.[a] Raha miteny Andriamanitra hoe : loza ho anareo mpanan-karena (Lk 6, 24), dia ho an'ireo mpandraharahany indrindra no ilazany izany alohan'ny hafa, satria raha mbola misy koa ny olona tsy maintsy miaina ny fahantrana, dia ny pretra mpanompony izay.

6°) Tsy miahiahy ny ho avy.

Tian'ny Tompontsika hofoanana tao am-pontsika mihitsy ny ahiahy rehetra momba izay ho avy, ary tsy misalasala mihitsy izy nanao fampianarana lava be momba io fitokisana an'Andriamanitra io, ary niditra tamin'ny an-tsipirihan-javatra maro samihafa mihitsy izy mba hanehoana amintsika fa tena Raintsika marina Andriamanitra ka miahy sy mitahiry ary mitsimbina antsika, hany ka tena faniratsirana azy marin-drano mihitsy ny fiahiahiana eo am-panaovana ny asany.[1]
Henoy àry ny lazainy : Izao no ataoko aminareo : aza manahy foana ny amin'ny ainareo, dia izay hohaninareo na hosotroinareo na ny amin'ny tenanareo, dia izay hotafianareo. Moa tsy ny aina no ambony noho ny hanina ary ny tena noho ny fitafiana ? Jereo ny voro-manidina, fa tsy mba mamafy na mijinja na manangona an-

Père céleste les nourrit. Ne valez-vous pas plus qu'eux ? Qui de vous, à force de calcul, peut ajouter à sa taille une coudée ? Et pour votre vêtement, pourquoi vous inquiétez-vous ? Regardez les lis des champs, comme ils croissent ; ils ne travaillent ni ne filent et je vous dis que Salomon lui-même dans toute sa gloire n'a pas été vêtu comme l'un d'eux. Mais si Dieu vêt ainsi l'herbe des champs qui est aujourd'hui et qui, demain, sera jetée dans le four, combien plus vous, gens de peu de foi ? Ne vous inquiétez donc pas en disant : que mangerons-nous ? ou que boirons nous ? ou de quoi nous vêtirons-nous ? Car toutes ces choses, ce sont les gentils qui les recherchent. Mais votre Père céleste sait que vous avez besoin de ces choses. Ne vous inquiétez-donc pas du lendemain : le jour de demain sera inquiet pour lui-même, à chaque jour suffit sa peine. (Mt 6, 25-33 ; Lc 12, 22-31).

_____

1. Ms XII 261 ; X 650.
Il ne veut pas que nous nous défions de lui en amassant des trésors pour l'avenir ; d'ailleurs nous ne savons pas si nous pourrons en jouir puisque Dieu dit qu'il vient redemander l'âme à ce riche qui avait fait de grandes réserves ; et, outre que ces trésors sont un sujet d'inquiétudes et de soucis pour ceux qui les possèdent, ils exposent encore à l'attachement et à l'avarice. On s'attache à ce que l'on a amassé, on aime à le voir et à y penser et la crainte de le perdre remplit notre pensée et trouble notre repos. (Ms XII 261)

La pauvreté d'esprit exclut le souci de l'avenir, l'inquiétude ; exclut le désir d'acquérir, tout souci, toute envie, tout désir ; se contente de ce qu'elle a et ne se trouble pas de ce qu'elle n'a pas. Cette pauvreté d'esprit donne la liberté de l'âme pour le bien et nous dégage de toute inquiétude. (Ms X 650)

==========

Note a : Cette opinion sur le résultat bienfaisant des spoliations opérées par les révolutionnaires ne devait pas être très répandue dans un clergé en grande majorité royaliste.

tsompitra ireny fa ny Rainareo izay any an-danitra no mamelona azy ; ka moa tsy mihoatra lavitra noho ireny va ianareo ? Ary iza aminareo na dia manahy aza, no mahay manalava ny tenany na dia iray hakiho ihany aza. Ary ahoana no anahianareo ny amin'ny fitafiana ? Zahao ny fanirin'ny lisy eny an-tsaha fa tsy mba miasa, na mamboly ireny kanefa lazaiko aminareo fa na dia i Salomona tao amin'ny voninahiny rehetra aza dia tsy mba nitafy tahaka ny anankiray amin'izy ireny. Ka raha toy izany no fanafian'Andriamanitra ny ahitra any an-tsaha, izay eny anio nefa hatsipy any am-patana rahampitso, tsy mihoatra noho izany va no hataony aminareo ry kely finoana ? Noho izany, aza manahy ianareo manao hoe : inona no hohaninay, na inona no hosotroinay, na inona no hotafianay ? Fa ny jentily no mikatsaka izany rehetra izany : ary fantatry ny Rainareo izay any an-danitra fa ilainareo izany. Ary aza manahy ny ho ampitso ianareo fa ny ampitso hanahy ny azy, ary ny anio efa ampy ny fahoriana midona aminy. (Mt 6, 25-33 ; Lk 12, 22-31)

_____

1. Ms XII 261 ; X 650.
Tsy tiany ny hifandrefesantsika aminy amin'ny fanangonantsika rakitra ho an'ny ho avy ; isika koa aza anie tsy mahalala na mbola ho eo na tsy ho eo intsony mba hihinana izay nangonintsika satria Andriamanitra ihany no milaza fa hoesoriny amin'ny ora tsy ampoizina amintsika ny fanahintsika, araka ny ohatra ao amin'ilay mpanan-karena mamory an-tsompitra ny vokany é ; any an-koatra ny maha antony manokana mitondra ahiahy sy hasorenana ny fanangonan-tahiry, dia sady manosika amin'ny firaiketam-po sy ny fahihirana izy. Iraiketana ny nangonina, tiana ny mahita azy eo, hifikirana ery ny fieritreretana azy kanefa ao koa ny tahotra sao dia angalarin'ny sasany izy ka mitebiteby ny saina. (MS XII 261)
Manala izany ahiahy izany ny fahantrana am-panahy, tsy manahy ny ho avy izy, tsy mitebiteby ary manesotra mihitsy ny faniriana hangorona, ny sorisory, ny asa loha, ny faniriana, ny fahalianana, fa mahay mihanona amin'izay efa ananana, ary tsy hitebiteby amin'izay tsy ananana. Manafaka ny fanahy hanao ny tsara ny fahantrana am-panahy ary manalalaka ny fahafahany tsy hanana ahiahy. (MS X 650)

==========

Naoty a : NON TRADUIT

Page 318

Dans la prière du Pater, nous disons : Donnez-nous aujourd'hui notre pain de chaque

Pejy faha-318

Omeo anay anio ny haninay isan'andro (Mt 6, 11), hoy isika raha manao ny vavaka :

jour. (Mt 6, 11) Ailleurs, il nous dit encore : Ne vous mettez point en peine d'acquérir des trésors sur la terre, où la rouille et les vers les consument, les voleurs les déterrent et les prennent ; faites-vous des trésors dans le ciel où ni la rouille, ni les vers ne les consument point. (Mt 6, 19-20) Gardez-vous de toute avarice, dit Notre Seigneur Jésus Christ, car en quelque abondance qu'un homme soit, la conservation de sa vie ne dépend pas de ce qu'il possède. (Lc 12, 15) Puis, Notre Seigneur nous fait l'histoire d'un riche qui, ayant fait de grandes récoltes, fait agrandir ses greniers, y place ses fruits et dit : maintenant, mon âme, repose-toi, mange, bois, fais bonne chère (Lc 12, 19) ; et voilà que Dieu lui redemande son âme cette nuit-là même. Il en est ainsi de celui qui amasse des trésors pour lui-même et qui n'est point riche en Dieu. (Lc 12, 21)

Quand Jésus envoie ses apôtres en mission, il leur dit : Ne vous mettez point en peine d'avoir de l'or ou de l'argent ou d'autre monnaie dans votre bourse, ne préparez pour votre voyage ni sac, ni habit, ni soulier, ni bâton. (Mt 10, 9-10) Ne portez rien dans le chemin, ni bâton, pour votre défense, ni sac, ni provision, ni pain, ni argent, et n'ayez pas même deux habits. (Lc 9, 3)

Par tous ces discours, Notre Seigneur veut bannir de notre âme toute inquiétude de l'avenir. Nous sommes ses enfants, ses ouvriers, ses serviteurs : il aura soin de nous. L'ouvrier est digne de son salaire. (Lc 10, 7)

S'il a soin des petits oiseaux, à plus forte raison de nous qui sommes ses créatures privilégiées, ses ouvriers qu'il envoie travailler à sa vigne. On ne fait pas travailler un ouvrier sans le payer.[1]

En nous délivrant de toute inquiétude pour l'avenir, Notre Seigneur nous préserve par là même de toute avarice. C'est parce qu'on a peur de manquer du nécessaire dans l'avenir que l'on fait des économies, que l'on ne dépense que le strict nécessaire, que 1'on cherche à gagner le plus possible, à mettre de côté, à dépenser le moins possible, à mettre de côté, à amasser des trésors[2] Celui qui a peur de l'avenir est étroit, mesquin, il a toujours peur de manquer du nécessaire plus tard ; il n'est ni généreux, ni charitable : il est avare. C'est précisément contre ce malheureux défaut que Notre Seigneur veut nous mettre en garde en nous donnant cette confiance en lui.

Rainay any an-danitra isika. Any ho any indray dia hoy Izy : Aza mihary harena ho anareo ety an-tany izay misy harafesina sy kalalao manimba ary mampangalatra manamy trano sy mangalatra ; fa miharia harena ho anareo any an-danitra izay tsy misy harafesina na kalalao manimba, sady tsy misy mpangalatra manamy trano na mangalatra. (Mt 6, 19-20) Tandremo tsara sao azon'ny fahihirana ianareo, hoy ny Tompontsika, fa ny ain'ny olona tsy miankina amin'ny habetsahan'izay ananany. (Lk 12, 15). Dia nanao fanoharana tamin'izy ireo izy ka nanao hoe : nanan-tany nahavokatra be ity lehilahy mpanan-karena anankiray ka velona eritreritra toy izao : Ry fanahiko, mialà sasatra, mihinana, misotroa, manaova fihinanam-be. (Lk 12, 19) Fa hoy kosa Andriamanitra taminy : Ry adala, anio alina ihany dia halaina aminao ny fanahinao. Koa ho an'iza àry izay novorinao ? Toy izany ny olona izay manangon-karena ho an'ny tenany ihany, fa tsy mba mihary eo amin'Andriamanitra. (Lk 12, 21)

Raha naniraka ny Apôstôliny i Jesoa Kristy dia nanao taminy hoe : Aza mitondra volamena na volafotsy na varahina ao amin'ny fehin-kibonareo, na kitapom-batsy eny an-dàlana na akanjo roa na kiraro, na tehina, fa ny mpiasa dia mendrika homen-kanina. (Mt 10, 9) Aza mitondra na inona na inona any amin'izay halehanareo any, na tehina, na kitapo, na mofo, na vola, ary aza mitondra akanjo roa. (Lk 9, 3)

Ny hanesorantsika ny ahiahy momba ny ho avy no antony nanaovan'ny Tompo ireo teny rehetra ireo. Zanany manko isika, mpiasany koa, mpanompony rahateo. Izy no miahy antsika. Mendrika ny Karamany mantsy ny mpiasa. (Lk 10, 7)

Ny voro-manidina aza karakarainy fatratra koa mainka fa isika olombelona voahary voatokana maminy indrindra, mpiasa tiany ka nirahiny hanabevoho ny tanim-boalobony. Tsy azo atao ny mampiasa olona tsy manome tambiny azy.[1]

Tian'ny Tompontsika ny hanala antsika amin'ny fahihirana ka esoriny amintsika ny ahiahin'ny ho avy. Manangona mantsy isika satria mahina dia mahina loatra mitsinjo ny ho avy, sao dia tsy hanan-katao ka hosahirana eo, dia mitsitsy, izay ilaina anio no hanina anio, mba hamoriana bebe kokoa, hitehirizana be dia be, handaniana farany izay kely indrindra, kanefa ny ambim-bava miavosa tsy tiana zaraina.[2] Tery saina sy mihetraketraka, ny olona miahy ny ho aviny. Atahorany ny tsy hanana ny ampy aoriana ao. Sady tsy mahafoy izy no tsy tia namana, fa tena kahihitra. Ny mba hananantsika toky aminy àry no antony lehibe analan'ny Tompo antsika amin'io kilema goavana io.

---

1. Ms XII 261 - Dieu peut-il abandonner son serviteur qui travaille pour luI ? et ne promet-il pas le centuple à celui qui a tout quitté pour luI ? Ne sait-il pas ce dont nous avons besoin ? et peut-on penser que celui qui aura exercé la charité envers les autres sera privé de cette même charité quand il en aura besoin ? Non. La parole de Dieu est

1. Ms XII 261 - Azon'Andriamanitra atao ve ny handao ny mpanompo miasa ho Azy ? Ary tsy nampanantenainy zato heny moa izy satria nandao ny tontolo ho Azy irery ? Tsy fantany mialoha moa izay ilaintsika ? Azo heverina ve fa izay mahafoy ho an'ny hafa noho ny fitiavany dia hojerem-potsiny tsy mba homena raha sahirana ? Tsia, eo

là et il veut que nous ayons confiance.
2. Ms X 701 - …et amasser pour quI ? souvent pour des étrangers qui s'en amuseront et riront de notre avarice...

Page 319

Celui qui est avare entasse son or et son argent ; il met de côté quelque chose chaque mois, chaque année ; il entasse autant qu'il peut afin de jouir plus tard. Il aime à voir son trésor ; il compte son argent de temps en temps ; il le place pour le faire valoir et grossir ses intérêts. On ne travaille plus pour Dieu, on travaille pour acquérir de l'argent. Quel malheur d'en arriver là ! Quand on est riche et que l'on a de quoi se suffire, outre que l'on perd l'esprit de pauvreté, on ne compte plus sur Dieu comme lorsque l'on est pauvre ; on ne prie plus aussi bien, on ne se tient plus dans l'humilité pour demander son pain de chaque jour ; on se confie dans ses trésors, on devient négligent, paresseux pour le travail. On a de quoi vivre : on devient bourgeois. On s'assoit et on compte son argent, ses revenus ; on règle ensuite ses oeuvres sur ses revenus et ce n'est plus la charité et le dévouement qui sont le principe de nos oeuvres de charité mais la quantité de revenus que nous avons.

La pauvreté nous tient dans l'humilité et la confiance en Dieu.

Les richesses et les trésors perdent les maisons ; la pauvreté les conserve et les entretient dans la vigueur et la charité.[1] Pour nous conformer à cet esprit de pauvreté que demande Notre Seigneur, qui ne veut pas que nous amassions des trésors mais que nous ayons confiance en lui pour l'avenir, nous renonçons personnellement à tout ce qui peut nous créer un avenir, tel que rentes, fermes, terres, valeurs, propriétés.

Nous nous tiendrons strictement à ce que l'Eglise demande et exige pour le titre clérical. Nous nous engageons à dépenser ce que l'on nous donnera, l'employant aux besoins des pauvres et aux bonnes oeuvres de la communauté, sans chercher à accumuler.
A vivre autant que possible au jour le jour, demandant à Dieu le pain de chaque jour, pour vivre dans l'humilité et la pauvreté. Nous éviterons même d'avoir dans les maisons ces grandes et trop abondantes provisions qui sont quelquefois un sujet de profusion et de perte.
Nous ne posséderons que les biens nécessaires pour vivre, tels que maisons, jardins, cour, maisons de vieillards et infirmes, retraites.

ny tenin' Andriamanitra manome toky antsika amin'izany.
2. Ms X 701 - …hangorona ho an'iza moa ? ho an'ny any ivelany izay haneso antsika noho ny fahihirantsika…

Pejy faha-319

Toy izao manko ny toetry ny kahihitra : angoniny ny volamena sy ny volafotsy ; ampiriminy tsy hisy mpahita, isan'andro, isan-kerinandro, isam-bolana izy mampirina zavatra hatrany, tsy mitsaha-mangorona mihitsy mba hifaliana amin'izay any aoriana any. Tiany ny mitsidika ombieny ombieny ny rakiny ; isainy matetika ny volany, arotsany any amin'ny mpanjana-bola mba hahazoana tombony. Tsy miasa ho an'Andriamanitra intsony izy fa misasatra ho an'ny volany. Loza anie izany é ! mahonena mihitsy ! Tsy miankina amin'Andriamanitra hoatry ny mahantra intsony ny mpanan-karena mifikitra amin'ny ananany : Malaina mivavaka, tsy mahay mietry tena intsony ka hangataka ny hanina hohanina isan'andro, fa dia ao amin'ny rakiny no iorenan'ny fony, dia tsy misy raharahainy, mihakamo miasa izy. Manan-katao hivelomana hono, migalabona amin'ny fananana. Mipetra-potsiny manisa vola, maminavina ny vola hiditra ; tsy mba ny fitiava-namana intsony, tsy mba ny fahafoizan-tena sy ny zotom-po intsony no manentana ny sahan'asa natsangany fa ny vola hiditra ao am-paosy ihany !
Mitahiry antsika ao amin'ny fanetren-tena sy ny fitokisana an'Andriamanitra ny fahantrana.
Ny harena sy ny tahirim-bola no mandrodana ny trano ; ny fahantrana kosa mitahiry azy sy mampisy hery azy ary manome fitiavana azy.[1] Koa mba ho tonga lafatra ao amintsika ny toe-panahin'ny mahantra angatahin'ny Tompo amintsika io, dia hiezaka mafy isika, handà sy hahafoy izay rehetra mahakasika ny fanangonana harena hitsinjovana ny hoavintsika, ary hamoy izay fidiram-bola, fiompiana, tany, saha, tahiry miankina amintsika manokana.
Ho tanterahintsika an-tsakany sy an-davany izay takian'ny Fiangonana amin'ny Pretra momba izany. Manome toky isika fa handany izay homena antsika rehetra amin'ny fanasoavana ny mahantra sy ny kominote ary ny fanaovana asa soa, tsy mikatsaka fangoronana.
Mba hiaina ny andro anio, ka hangataka mandrakariva amin'Andriamanitra ny hanina hohanina isan'andro, amim-panetren-tena sy fahantrana. Ialantsika mihitsy aza ireny tahirin-tsakafo be mihoam-pampana any an-trano ireny ; matetika mantsy mitarika amin'ny fanariariam-poana sy ny tsy fahaiza-mihafy izy ireny.
Izay tena ilaina indrindra no takiana ho fananantsika, mba hivelomana : trano fonenana, zaridaina, tokontany, trano itehirizana ny beantitra sy ny kilemaina ary

Les biens que possèdent les mères temporelles sont pour les écoles et les maîtrises[a] et ne sont pas pour des prêtres. Les prêtres doivent se soutenir entre eux.

_____

1. Ms XII 261 - Pourquoi Jésus Christ recommande-t-il tant la pauvreté ? La pauvreté nous tient sous la main de Dieu, dans l'humilité, le travail, la soumission, la crainte la piété, la prière. La richesse, au contraire, nous met dans le bien-être, nous donne nos aises, nos commodités, nous fait vivre en bourgeois. Peu à peu, on s'habitue à une vie plus commode, on craint de se déranger, on n'a besoin de personne, on a de quoi vivre. On peut se passer de tout le monde, même de Dieu. La pauvreté, c'est la force du prêtre, la puissance de..., une source de bon exemple et d'encouragement pour les autres.

==========

Note a : Les maîtrises désignent un genre d'école cléricale, de petit séminaire (Cf. p. 281)

hanaovana matsom-panahy.
Ny trano tantanan'ireo reny mpiahy ara-nofo, dia hanasoavana ny sekoly sy ny fanofanana mpampianatra[a] fa tsy ho an'ny pretra velively. Tsy maintsy mifanohana amin'izy samy izy ny pretra, mifampizara, miombom-pananana.

_____

1. Ms XII 219 - Maninona moa no dia manafatra mafy toy izao i Jesoa Kristy momba ity fahantrana ity ? Mitahiry antsika eo am-pelan-tànanan'Andriamanitra ny fahantrana, ao anatin'ny fanetren-tena, ny asa, ny fanekena amam-pandeferana, ny tahotra, ny fitiavam-bavaka, ny fivavahana. Ny fananan-karena kosa, manesika antsika higalabona, hipetra-potsiny, hidonanam-poana. Ary tsikelikely dia tarihiny isika tsy hahatsiaro ny hafa fa mampiadan-tena, tsy azo elingelenina, manan-katao sy hivelomana manko. Tsy miankina na amin'iza na amin'iza, eny fa na dia amin'Andrimanitra aza. Hery ho an'ny Pretra ny fahantrana, fahefan'ny …, loharanon'ohatra tsara, fankaherezana ho an'ny sasany.

==========

Naoty a : NON TRADUIT

Compter sur Dieu seul.

Il ne faut pas compter sur le monde : aujourd'hui il est pour nous ; demain il sera contre nous.
Le monde est variable et changeant : aujourd'hui il vous promet, demain il retire sa promesse ; aujourd'hui vous lui convenez, demain vous lui déplairez ; cela tient à un rien, vous ne faites pas comme il veut, il se détourne de vous.

Malheur à celui qui bâtit sur des promesses, il se trouvera dans le malheur et la ruine.
Il ne faut pas mettre sa confiance dans telle ou telle personne, ou parce qu'elle est riche, ou parce qu'elle est dévouée.
Il ne faut s'appuyer ni sur la science, ni sur la richesse.

Il ne faut compter sur personne dans le monde, pas même sur ceux qui sont avec nous, à moins qu'ils n'aient donné des preuves certaines de fidélité et de persévérance et ces preuves sont dans la souffrance.
Vous êtes demeurés avec moi dans mes tentations, (Lc 22, $_{28}$) disait Notre Seigneur à

7°) Miantehitra amin'Andriamanitra irery

Aza mba miankina amin'izao tontolo izao fa anio izy momba antsika, rahampitso toheriny isika.
Miovaova sy mivadibadika izao tontolo izao : mampanantena anao izy anio, hivadihany ianao rahampitso ; mahafatifaty azy ianao anio, rahampitso ianao mahasosotra azy ; zava-poana anefa no anton'izany, tsy manao izay tiany ianao ; iambohoany avy hatrany.
Loza ho an'izay manorina eo ambonin'ny fampanantenana fotsiny izao fa higoka fahoriana sy faharavana izy, ho potika tanteraka. Aza miantehitra na amin'iza na amin'iza noho izy manan-karena na noho izy be zotom-po.
Aza miantehitra amin'ny fahaizana amam-pahalalana na amin'ny fananan-karena mihitsy.
Tsy misy olona azo ianteherana ao amin'izao tontolo izao, eny fa na dia ireo milaza fa tsy misaraka aminao aza, raha tsy hoe angaha ka efa nanome porofo fa niara-kory taminao ka naharitra tao anatin'ny fijaliana noho ny fitokisana nomeny.
Nitoetra tamiko tao amin'ny fijaliako ianareo (Lk 22, 28), hoy ny Tompontsika

ses apôtres.
La souffrance est la seule preuve de fidélité. Quand vous aurez souffert, je compterai sur vous. C'est pour cela qu'il ne faut jamais engager personne à rien avant qu'il n'ait donné des preuves certaines de fidélité à l'œuvre par la souffrance.

C'est une grande erreur de dire : telle personne est riche, elle me donnera ; telle personne est généreuse, elle me donnera ; telle personne m'estime m'affectionne, elle me donnera. Le monde aime encore mieux son argent que vous et vos œuvres. Ne comptons pas non plus sur les promesses que l'on peut faire, ni sur les dépôts que l'on peut nous faire, quand même on nous dit que cela nous appartiendra après leur mort. Le proverbe est vrai : Un tiens vaut mieux que deux tu l'auras.

Ne pas accepter les dons faits à moitié, ce n'est qu'un embarras, un souci et cela peut être aussi une occasion de gêne pour eux et pour nous.
Il ne faut jamais s'appuyer sur des bases chancelantes.
Il faut compter sur Dieu seul.
Pourvu que nous fassions véritablement l'œuvre de Dieu, que nous ayons réellement la vocation de Dieu pour faire son œuvre, Dieu sera pour nous, c'est sa promesse.

Conditions pour avoir l'appui de Dieu

Cherchez premièrement le royaume de Dieu et sa justice et le reste vous sera donné par dessus. (Mt 6, 33)
La première condition est d'être appelé de Dieu pour travailler à son oeuvre.
Il faut ensuite chercher le royaume de Dieu avant tout et sa justice et Dieu nous donnera le reste.

tamin'ny Apôstôliny.
Porofo tokana anambarana ny fifampitokisana ny fiaraha-miory marina. Rahefa avy nijaly ianao, dia miantehitra aminao aho. Izany no antony tsy hanankinana ninoninona amin'ny olona tsy mbola nanome porofo fa tena azo itokisana marina izy ka mety ianteherana satria efa avy nijaly.
Hadisoana bevava mihitsy ny hoe : ianteherako iry olona iry satria sady manan-karena izy ka hanome no mahafoy tena izy ka hanome ahy, no tia ahy izy ka homeny aho izao. Ankafizin'izao tontolo izao kokoa ny volany noho ianao sy ny asa soa ataonao. Aza miantehitra amin'izay fampanantenana nomena antsika velively, na izay petra-bola homena antsika, na dia voalaza aza ho tompony isika aorian'ny fahafatesan'ny mpanome. Marina anie ity ohabolana ity é : Aleo ity ny anao toy izay ireto no ho anao rahampitso.
Aza manaiky fanomezana tapany fa mahabe sorisory sy asaloha, ary fahasahiranana na ho anao na ho azy manolotra izany.
Aza miankina amin'ny fototra mihozongozona mihitsy.
Andriamanitra irery ihany ianteherany.
Raha mbola manao marina ny asan' Andriamanitra isika, ary tena manana marina ny antson' Andriamanitra hanao ny asany, dia ho antsika Andriamanitra, izany no fampanantenany.

Fepetra ahazoana ny fanampian'Andriamanitra.

Katsaho aloha, voalohany indrindra ny Fanjakan' Andriamanitra sy ny fahamarinany, dia homena anareo ho fanambiny ny sisa rehetra. (Mt 6, 33)
Ny fepetra voalohany izany dia izao : voaantson'Andriamanitra hanao ny asany ianao.
Avy eo, katsaho ao anatin'io asa iantsoany anao io ny Fanjakan'Andriamanitra sy ny Fahamarinany dia homeny anao ho fanampiny ny sisa rehetra.

Page 321

Il est bien certain que si nous cherchons à nous établir nous mêmes, si nous cherchons nos aises, nos commodités, à faire des constructions, nous ne cherchons pas Dieu mais nous nous cherchons nous-mêmes et quelquefois le royaume de Dieu ne passe qu'après le nôtre.[1]

Il faut travailler et travailler pour Dieu ; il faut bien que le laboureur travaille pour recueillir des grains.
Dieu ne récompense et ne paye que ceux qui travaillent pour lui. L'ouvrier est digne de son salaire (Lc 10, 7). On ne paye que ceux qui travaillent. Dieu aussi ne paye que

Pejy faha-321

Mazava ho azy àry fa raha mikatsaka ny fahafinaretantsika isika, na mihetaheta te-higalabona amin'ny fanorenan-trano miezinezina no manentana antsika, dia aza minomino foana fa mikatsaka an'Andriamanitra fa ny tenantsika ihany no katsahintsika, matetika aza ny fanjakantsika no alefantsika alohan'ny Fanjakan'Andriamanitra.[1]
Tsy maintsy miasa sy miasa ho an'Andriamanitra ; tsy maintsy miasa ny tany ny mpiasa mba hioty ny vokatra.
Izay miasa ho azy ihany no valian'Andriamanitra soa sy omeny karama. Mendrika ny karaman'ny asa nataony ny mpiasa. (Lk 10, 7) Izay miasa ihany no omem-bola. Dia

ceux qui travaillent pour lui.

Il faut travailler pour Dieu et avec Dieu, c'est-à-dire avec son esprit.

Si vous dépassez les limites de ce que Dieu veut ; si, au lieu de rester dans la souffrance et la pauvreté que Dieu demande toujours dans les oeuvres qui lui appartiennent, vous sortez de ces limites, vous vous occupez de trop de choses extérieures, vous sortez de la simplicité, de la pauvreté ; vous vous aventurez, vous faites plus que vous ne devez, que vous ne pouvez, vous embellissez, vous dépensez inutilement. Si, dans une aveugle présomption vous dites : Dieu payera bien, non. Le bon Dieu ne paye pas les bêtises, les imprudences et quelquefois il nous abandonne et nous laisse tomber quand nous voulons faire plus qu'il ne veut, surtout dans le matériel.[2]

---

1. Ms XII 198 ; Ms XII 267 ; Ms XII 266.

Il faut être réellement pauvre et ne s'occuper sérieusement que de l'œuvre de Dieu. Sans ces deux conditions, Dieu ne peut pas se charger de nous. Si nous voulons vivre comme des bourgeois : bonne table, beau salon, beaux ameublements, rouler voiture, avoir de beaux habits et faire l'œuvre de Dieu négligemment, il est bien certain que Dieu n'est pas tenu de nourrir ces sortes de gens. (Ms XII 198)

… C'est pour cela qu'appuyés sur ces deux principes nous ne voulons laisser ni fondations, ni rentes, ni biens. Si vous êtes des saints, vous n'avez pas besoin de tout cela, vous en aurez n'aurez rien et ce sera bien fait parce que vous ne le mériterez pas et que vous en feriez un mauvais usage et qu'il vaut mieux laisser périr les oeuvres, si elles ne contribuent pas à la gloire de Dieu et s'il n'y a pas l'esprit de Dieu. (Ms XII 267)

… Si donc nous sommes vraiment les ouvriers de Dieu, nous aurons notre salaire, Dieu nous l'enverra. Notre maison n'est-elle pas une preuve de cette grande vérité ? Où sont nos ressources ? Où sont nos revenus ? Et cependant Dieu nourrit près de deux cents personnes chaque jour ; n'est-ce pas là une preuve évidente de la Providence de Dieu sur nous ? et que si nous continuons à vivre comme nous avons commencé, nous aurons toujours l'appui de Dieu et son secours ?

mba tahaka an'izany koa Andriamanitra izay miasa ho azy ihany no omeny ny karamany.

Koa miasà àry ho an'Andriamanitra sy miaraka aminy izany hoe miaraka amin'ny Fanahiny.

Koa raha mihoa-pefy ianareo, ka tsy izay tian'Andriamanitra no hataonareo, tsy miaritra ny fijaliana sy ny fahantrana halefany mba hanamafisany ireny asa avy aminy ireny, ka ny ety ivelany fotsiny no mahavariana anareo, minoa marimarina fa nialanareo mihitsy ny fahatsorana sy ny fahantrana ; mirenireny fotsiny ianareo, manao izay tsy tokony hataonareo sy hovitanareo, mampirenty ny tsinontsinona ka mandanilany foana. Raha ao anatin'ny hambom-po tafahoatra ianareo no hanantena hoe : Homen'Andriamanitra karama tsara aho, Tsia. Tsy mividy an-dalana Andriamanitra, tsy atakalony vola ny tsy fahamalinana, ary indraindray aza, ilaozany eo isika, avelany ho irery raha mikiry hanao mihoatra izay tadiaviny, indrindra amin'ny fitaovana ara-nofo.[2]

---

1. Ms XII 198 ; Ms XII 267 ; Ms XII 266.

Izay asa soa anirahan'Andriamanitra no katsaho fatratra ny hahatanteraka azy fa izany no tena fahantrana marina. Mialà amin'izany fepetra izany dia ho hitanareo fa tsy hiantoka anareo koa Andriamanitra. Raha ny hiaina toy ny andriana no tadiavinareo : hanim-py, efitrano mirenty, fanaka mahasondriana, tsy mandeha raha tsy ambony fiara, fitafiana mangasohaso tsy kasihin-dalitra, kanefa ny asan'Andriamanitra zara raha kasihana, ataovy ao anaty eritreritra fa Andriamanitra tsy mamelona zana-baratra. (MS XII 198)

… Ny fikatsahantsika ny tenantsika anie no mahatonga antsika hifikitra amin'ny petra-bola sy ny harena ary ny fananana sy ny fanorenantsika é. Raha olo-masina marina ianareo, tsy mila an'ireny, hanana be lavitra noho ireny aza ianareo ; fa raha tsy olo-masina kosa ianareo, tsy hananana na dia tamingany iray aza fa hangasihasy eo, tsy mendri-komena manko satria tsy hahay hitantana, ary aleo mampitsahatra ilay asa toy izay manohy azy raha tsy ho afa-maneho ny voninahitr'Andriamanitra sy miaraka amin'ny Fanhiny izany. (MS XII 267)

Koa raha tena mpiasan'Andriamanitra tokoa isika, dia hahazo ny karamantsika. Halefany ho antsika izany. Tsy manamafy izany fahamarinana izany ve ny fahitanareo ny tranontsika ? Avy aiza ny loharanom-bolantsika ? Mba manam-pidiram-bola vokatry ny petra-bola ve isika ? Kanefa fahanan'Andriamanitra hanina isan'andro isika roanjato mianaka mahery ; tsy izany ve no porofon'ny fahaizan'Andriamanitra mitondra sy mandahatra ary mitsimbina ny zava-drehetra ? Ary raha tohizintsika ny fomba fiainantsika tany am-piandohana, matokia fa

2. Ms XII 266.

Les deux principes de vie pour une maison quelconque, c'est la pauvreté et la charité. Joignez à cela la prudence qui fait que l'on ne va pas au-delà de ce qu'on peut faire, qu'il ne faut pas tenter la Providence, c'est-à-dire faire des choses au-delà de ce que nous sommes appelés à faire et dire : le bon Dieu paiera, comme l'on entend quelquefois. Alors, c'est tenter Dieu. Mais celui qui attend, qui ne fait que ce qu'il est forcé de faire, que ce qu'il peut faire, sans s'exposer, il peut aller.[a]

==========

Note a : Voir encore Ms XII 199, p. 282.

Page 322

Il faut donc agir en tout avec prudence, modération, sagesse, savoir être pauvre, souffrir.
Quand on n'a pas, ne jamais s'engager dans des dépenses inutiles et au-delà de ses forces. Il faut compter sur la Providence mais ne pas tenter la Providence et ne jamais rien entreprendre que l'on ne soit sûr de pouvoir payer.
Quand le bon Dieu envoie, agir en proportion de ce que le bon Dieu envoie. Quand je vous ai envoyé sans bourse, sans sac, sans soulier, avez-vous manqué de quelque chose ? De rien, répondirent les apôtres (Lc 22, 35)

Dieu envoie ses apôtres dans la pauvreté et il leur donne le nécessaire mais ils ne s'occupent pas de bâtir, d'affaires temporelles.

Dieu promet le centuple en ce monde, quand on travaille pour lui et que l'on fait réellement l'ouvrage de Dieu.
Et nul n'aura quitté maison, père, sœurs, ou mère, ou femme, ou enfants, ou terres à cause de moi, à cause du royaume de Dieu, à cause de l'Evangile, qu'il ne reçoive maintenant, en ce temps même, cent fois autant et beaucoup plus, des maisons et des frères, des sœurs, des fils et des terres avec des persécutions et la vie éternelle dans les siècles à venir. (Mc 10, 29-30)

Qu'il est beau cet homme de Dieu, dont les pieds touchent à peine la terre !

Quam pulchri pedes Evangelizantium pacem, Evangelizantium bona ! (Rm 10, 15, Is 52, 7) [Qu'ils sont beaux les pieds des messagers de paix, des messagers de bonnes nouvelles]

hotsimbinin'Andriamanitra isika.
2. Ms XII 266.

Ireto fepetra roa ho an'ny trano dia ny fahantrana, ny fifankatiavana. Ampiaraho aminy ny fahamalinana izay manakana antsika tsy hihoa-pefy, ka haka fanahy an'Andriamanitra, izany hoe manao mihoatra izay tokony hataontsika sy nagatahina tamintsika : lazaina matetika fa Andriamanitra no hamaly soa antsika. Fitsapana fanahy an'Andriamanitra izany. Ka izay manao afa-tsy izay tokony ho vitany sy izay nagatahana hataony tsy an-kasarotana ihany no hahavita soa ny asany.[a]

==========

Naoty a : Jereo Ms XII 199, p. 282.

Pejy faha-322

Amin'izay ataonareo rehetra àry dia manàna fahamalinana sy fahatoniana ary fahendrena, mahaiza mahantra, mijaly.
Raha tsy manana ny ampy, aza mandanindany foana mihoatra ny herin'ny tena. Matokia ny fitondran'Andriamanitra fa aza maka fanahy an'Andriamanitra ary aza mba mitihintihina manomboka asa tsy ho vita kanefa mampidi-trosa.
Rahefa andefasan'Andriamanitra fanomezana, dia izay hovitan'iny fanomezana iny tanterahina. Raha naniraka anareo tsy amin-kitapom-bola, tsy amin-kiraro, tsy amin-kitapom-batsy aho, moa ve tsy nanana ny nilainareo ianareo ? Tsia, tena nanana izahay, hoy ny Apôstôly. (Lk 22, 35)
Tamim-pahantrana no nanirahan'Andriamanitra ny Apôstôliny ary nomeny azy ireo izay nilainy fa tsy nampanorenany trano, na nampiahiany fandraharahana ara-nofo izy ireo.
Raha manao ny asa nanirahan'Andriamanitra ka tena manatanteraka izany araka ny nanirahany isika dia efa nampanantenainy zato heny eto an-tany.
… Tsy misy olona mahafoy trano, na rahalahy, na anabavy, na Ray, na reny, na zanaka, na vady, na tany noho ny fitiavany ahy sy ny Fanjakan'Andriamanitra ary ny Evanjely, ka tsy hahazo zato heny ankehitriny amin'ity fiainana ity, dia trano, rahalahy, anabavy, reny, zanaka, tany, na dia ao anatin'ny fanenjehana aza, ary ny fiainana mandrakizay any amin'ny ho avy. (Mk 10, 29-30)

Sady tsara bika hoy aho no mahafatifaty ery izany rangahy zara raha mikasi-tany izany !
Quam pulchri pedes Evangelizantium pacem, Evangelizantium bona ! (Iz 52, 7 ; Rôm 10, 15) [Endrey izany hatsaran'ny tongotr'ilay iraka eny an-tendrombohitra, mitory ny Vaovao Mahafaly, dia ny fiadanana, ilay manambara ny fahasambarana, ilay mitory ny

Ni les mains, ni le cœur, ni la tête ne touchent à la terre. Et les pieds mêmes sont beaux, parce qu'il ne font qu'effleurer la terre.
Quelle liberté, quelle puissance donne au prêtre cette sainte et belle pauvreté de Jésus Christ !
Quelle force il acquiert pour lutter contre les vices du monde !
Quel exemple il est pour le monde, ce monde qui ne travaille que pour l'argent, qui ne pense qu'à l'argent, qui ne vit que pour l'argent !

Et à côté de ce monde matériel, sensuel, un homme tout spirituel qui ne vit pas pour la terre, qui méprise l'argent et les biens de ce monde, qui ne veut rien de ces choses de la terre et qui dit au monde : garde ton or et ton argent, mon trésor est dans le ciel, ma vie, c'est Jésus Christ.

Qui se contente du strict nécessaire, qui ne demande rien à personne, qui ne travaille que pour Dieu seul, ne se dispute pas, ni pour sa robe, ni pour son manteau ; qui laisse emporter son manteau et ne redemande pas ce qu'on lui a pris ; et qui s'abandonne entre les mains de la divine Providence.
Qu'il est beau ! qu'il est grand ! qu'il est admirable cet homme !

Et comme le monde doit se retourner en le voyant et admirer en lui la puissance de la foi, de l'amour et de la confiance en Dieu.
Où sont-ils ces hommes, ils feront des choses admirables, dit la Sagesse.

famonjena]
Tsy mikasi-tany na ny tànana, na ny tongotra, na ny loha ! Tsara tarehy mihitsy ilay tongotra satria zara raha mikasi-tany !
Fahafahana anie izany é ! ary fahefana manao ahoana no azon'ny pretra avy amin'ny fahantrana, soa sy masin'i Jesoa Kristy !
Hery tsy hita navanavana no entiny hanoherana ny toe-dratsin'izao tontolo izao.
Ohatra velona tsy hita noanoa no omeny an'izao tontolo izao, dia izao tontolo izao tsy miasa raha tsy ho an'ny vola, tsy mihevitra afa-tsy vola, tsy miaina raha tsy ho an'ny vola.
Ary eo akaikin'io tontolon'ny nofo sy ny tany io, olona iray entanim-panahy, tsy miaina ho an'ny tany, manamavo ny vola sy ny haren'izao tontolo izao, tsy mila na tamingany iray aza amin'ny fananan'ny tany, afa-milaza amin'izao tontolo izao hoe : Tano ho anao ny volamenanao sy ny volafotsinao, fa ny ahy dia any an-danitra no misy ny rakitro, ny fiainako, dia i Jesoa Kristy.
Izay afa-mihanina amin'izay tena ilainy indrindra, tsy mangata-poana amin'olona, fa miasa ho an'Andriamanitra irery, tsy miady ho an'ny akanjony, na ny lambany ; fa mahafoy ny lambany ary tsy mitaky izany amin'izay nandrobaka azy taminy, ka manankin-tena amin'ny fitondran'Andriamanitra.
Mahasondriana ny mijery azy, sady ranjanana no matanjaka no tsara bika ! Olona anie izany é ! Maha-te ho tia mihitsy !
Mampiverin-dàlana an'izao tontolo izao mihitsy ny fijerena azy mba hankamamiana ny herim-pinoana ao aminy, ny fitiavana ombam-pitokisana an'Andriamanitra.
Aiza re no misy ireny olona ireny fa hanao zava-mahagaga izy ireny hoy ny Fahendrena.

Page 323

Pejy faha-323

O pauvreté, que tu es belle !

O pauvreté, que tu es belle !
Jésus Christ, mon Maître, t'a trouvée si belle qu'il t'a épousée en descendant du ciel,

qu'il a fait de toi la compagne de sa vie et qu'il a voulu mourir avec toi sur la croix.

Donnez-moi, ô mon Maître, cette belle pauvreté.
Que je la cherche avec sollicitude,
que je la prenne avec Joie,
que je l'embrasse avec amour,
pour en faire la compagne de toute ma vie[1] et mourir avec elle sur un morceau de bois,

Ry fahantrana ô ! tsara tarehy anie ianao é !

Ry fahantrana ô ! tsara tarehy anie ianao é !
Babon'ny hatsaran-tarehinao i Jesoa Kristy Mpampianatra ahy, ka nampakariny ho vadiny ianao tamin'ny nidinany avy any an-danitra,
tsy nisara-dia taminao Izy teo amin'ny fiainany ; eny fa na dia maty teo ambony hazofijaliana aza Izy, dia teo Aminy tokoa ianao vady tiany !
Mba omeo ahy io fahantrana mahafatifaty io, ry Mpampianatro ô,
Mitalaho mihitsy aho mitady sy mikaroka azy,
te hamihina azy an-kafaliana mihitsy aho,
te hanoroka azy am-pitiavana,
mba hananako azy ho andefimandry mandritra ny fiainako manontolo[1], ka hiarahako

comme mon Maître !

Hoc fac et vives [Fais cela et tu vivras]. (Lc 10, 28)

---

1. Ms XII 200.. Comme saint François, mon Père, le vrai pauvre de Jésus Christ.

Page 325

Quatrième condition : porter sa croix[545]

Page 327

Quatrième condition, annonce le Père Chevrier, mais il nous renvoie aux conditions précédentes : la croix, c'est la pauvreté, le renoncement aux créatures et à soi-même.[547]

Dans sa pensée pourtant, la croix succède bien aux conditions précédentes car ici, il attire notre attention sur les conséquences des renoncements.[549] *L'accent est mis sur un point : la vie évangélique met à l'épreuve notre patience.*

Avec la grâce de Dieu, il est relativement facile de se décider à la pauvreté, par exemple. Dans les commencements, en effet, on est généralement porté par un certain enthousiasme. On est bien d'accord pour dire que "là où il n'y a pas à souffrir, il n'y a pas de véritable pauvreté"[551] *et que "s'il y a à souffrir, tant mieux ! L'œuvre de Dieu n'en sera que plus solide"*[552]*. Ces premiers pas sont coûteux, mais ils portent avec eux leur récompense. Au contraire, quand la route s'allonge, au fur et à mesure que le temps passe, l'enthousiasme disparaît et c'est alors qu'il faut porter la croix chaque*

545 Note a. Ms XII 277-282.
546 Ms XII 277-282
547 P. 329
548 P. 329
549 Cf. p. 330, note 1.
550 Cf. p. 330, Nôty 1.
551 P. 295.
552 P. 307.

maty aminy eo ambony tapa-kazo
toy ny Mpampianatro !

Hoc fac et vives [Manaova izany dia hovelona ianao]. (Lc 10, 28)

---

1. Ms XII 200 : Tahaka an'i Md. François raiko, mahantra marin'i Jesoa Kristy.

Pejy faha-325

Fepetra fahefatra : Mitondra ny hazofijaliany[546]

Pejy faha-327

Fepetra fahefatra hoy i Mompera Chevrier, dia haveriny any amin'ny teo aloha indray isika : ny hazofijaliana, ny fahantrana, ny famoizana ny zava-boahary sy ny tenantsika.[548]

Manohy ny teo aloha mihitsy mantsy, tao an-tsainy, ny hazofijaliana, satria, manintona ny saintsika hifantoka amin'ny vokatry ny fahafoizana izy eto.[550]*. Ny ventin-kevitra dia izao : Misedra ny faharetantsika ny fiainana araka ny Evanjely.*

Toa hoatry ny mora ery mantsy ny manapa-kevitra hiaina ny fahantrana, ohatra, raha miaraka amin'ny fahasoavan'Andriamanitra. Entanim-pahavitrihana ery manko tany am-boalohany. Ifanarahana ny fanambarana fa tsy misy fahantrana raha tsy misy zavatra leferina[556]), ary manamafy ny asan'Andriamanitra, ka soa indrindra ny fisian-javatra leferina.[557]. Dingana mitaky ezaka be ireo, saingy tsy misaraka amin'ny voka-tsoa. Any andro, any volana, any taona anefa, dia miha lefy miandalana eny ilay fahavitrihana ; eo no tsy maintsy itondrana ny hazofijaliana isan'andro, eo ilay lazaina

jour, c'est-à-dire, "tous les jours être pauvre"[553]. A cause de cela, "beaucoup acceptent, prennent la croix et ne [la] portent pas"[554]. C'est une méditation du portement de croix qui nous est proposée, afin que nous soyons armés de patience, pour aller jusqu'au bout. "C'est la constance dans l'épreuve, si chère à saint Paul. Ainsi, la tribulation produit la constance, la constance une vertu éprouvée, la vertu éprouvée l'espérance. Et l'espérance ne déçoit pas…"[555]

En faisant méditer le Chemin de la croix à la chapelle du Prado, le Père Chevrier aimait dire que chacun a sa croix à prendre[561]. Il le rappelait brièvement à ses

Page 328

auditeurs à la deuxième station du Chemin de la croix, celle où, traditionnellement, on regarde Jésus recevant le fardeau de sa croix.

"Cette vie est semée de croix... tous, dans toutes les conditions, le palais et la chaumière... là où on le pense le moins, croix de bois, croix d'or pour le riche, non moins lourde, brillante en apparence. Pauvreté, travail - croix dans votre épouse, époux, enfants. Calomnies médisances - pertes de temps, de parents, déceptions, non succès.

C'est notre condition humaine - suite du péché, de la maladie.

hoe : miezaka hahantra isan'andro.[558] Izay no mahatonga ny sasany hanaiky, handray ilay hazofijaliana, fa tsy mety hitondra azy.[559] Fandinihana masina mikasika ny fitondrana ny hazofijaliana no atolotra antsika eto, mba hoentin'ny fanahin'ny fiaretana isika, ka haharitra hatramin'ny farany. Io ilay hatsaram-panahy mamin'i Md. Paoly : « Faharetana amin'ny fisedrana mamaivay : ny fahoriana mahatonga faharetana, ny faharetana mahatonga hatsaram-panahy voasedra, ary ny hatsaram-panahy voasedra mahatonga fanantenana, ary ny fanantenana tsy mba manodoka. »[560]

Teo am-panaovana ny lalan'ny hazofijaliana tao amin'ny sapelin'ny Prado, dia tian'i Mompera Chevrier mihitsy ny nampahatsiaro matetika, fa samy manana ny hazofijaliana tsy maintsy hoentiny ny isam-batan'olona.[562]

Pejy faha-328

Nampatsiahiviny tamin'ny teny fohy ny olona mihaino azy izany teo amin'ny fijanonana faharoa amin'ny lalan'ny hazofijaliana izay ahitana an'i Jesoa Kristy mandray ilay enta-mavesatra be.

Mahatsiarova mandrakariva lahy, fa feno hazofijaliana ity fiainana ity… isika rehetra, na aiza na aiza toerana misy antsika, lapa sa trano bongo, … na eo amin'ny toerana heverintsika fa tsy misy azy, dia ao izy : lakroa hazo, lakroa volamena ho an'ny mpanana, fa tsy maivan-jerena tsy akory mamirapiratra ety ivelany ihany. Fahantrana, asa mafy, lakroa ampitondrain'ny vady malalanao anao, ampitondrain'ny zanakao anao, ampitondrain'ny mpiara-belona anao : endrikendrika, fosafosa, fahaverezam-pananana, fahafatesan-dRay aman-dreny tiana sy nianteherana, fahadisoam-panantenana, tsy fahombiazana : hazofijaliana daholo izany.

Izany no fiainan'ny olombelona, vokatry ny fahotana, aretin-dratsy.

---

556 P. 295.
557 P. 307.
553 P. 333.
554 P. 331.
555 Rm 5, 3-5 ; 2 Co 6, 4 et 12, 12.
558 P. 333.
559 P. 331.
560 Rôm 5, 3-5 ; 2 Kôr 6, 4 sy 12, 12.
561 P. 331.
562 P. 331.

Quelque part que nous allions, lieu que nous habitions, inévitable".[563]

Ce genre de méditation se retrouve plusieurs fois dans ses notes sur le Chemin de la croix ou sur les Mystères du rosaire. Dans le Véritable Disciple, la conclusion est que le prêtre, et tout apôtre en général, ne doit pas s'étonner de partager le sort commun, au contraire car il a voulu prendre La croix de la vie évangélique.[565]

La fin du chapitre peut nous laisser perplexes. Après une évocation de la patience apostolique, de la constance de saint Paul, on retombe sur une pratique bien extérieure : l'emploi d'un crucifix, à porter sur le côté gauche, de 9 à 10 centimètres de longueur.[567] *Nous trouvons là, précisément, un exemple de la manière avec laquelle procède le Père Chevrier.*

Il a son intuition fondamentale sur le prêtre. Pour que cette intuition ne reste pas dans le domaine des idées, il faut qu'elle se réalise dans un genre de vie. Pour trouver ce genre de vie, avant de disposer d'une expérience personnelle suffisante, le Père Chevrier cherche ce qu'il pourrait prendre chez d'autres.

Dans le cas présent, il songe à emprunter l'usage de certains religieux et surtout de sociétés missionnaires. Il s'agit d'avoir constamment avec soi une croix assez grande pour pouvoir s'en servir[569] *c'est-à-dire un instrument destiné au catéchisme à l'annonce de Jésus Christ crucifié. Mais cette croix est aussi un rappel : pour accomplir ce ministère, il faut ressembler à Jésus Christ portant sa croix.*[570]

Au fait, si nous ne portons pas toujours sur nous un crucifix, nous avons souvent l'occasion d'en avoir un devant les yeux, à l'église, sur une table de travail, au mur d'une chambre. Est-ce pour nous routine ou humble pratique apostolique ?

Tsy hay idifirana na aiza na aiza aleha, na aiza na aiza honenana.[564]

Hita matetika amin'ny fandinihany ny lalan'ny hazofijaliana izany, hita koa amin'ny fanaovany ny Rozery masina. Ao amin'ny « Mpianatra Marina », ny fehinteny dia hoe : ny pretra, ny apôstôly na iraka, dia olona navahana amin'ireny toejavatra mianjady amin'ny velona ireny, fa vao mainka mihatra aminy aza ireny satria misafidy hitondra ny hazofijaliana izay avy amin'ny fiainana momba ny Evanjely izy.[566]

Mety hampivarahontsana antsika ny famaranana ity toko ity, satria rahefa avy nitanisa ny faharetan'ny Apôstôly, ny faharetan'i Md. Paoly, dia toa mianjera any amin'ny fampiharana ety ivelany hita maso indray : fampiasana ny sarin'i Jesoa Kristy mifantsika, izay entina eo amin'ny ilany havia, ka 9 na 10 santimetatra ny halavany.[568] *Fanehoana amintsika izany fa tena niainan'i Mompera Chevrier ny zavatra lazainy.*

Manana ny heviny fototra momba ny pretra izy. Koa mba tsy hijanona ho hevitra na nofinofy fotsiny izany dia aseho miharihary eo amin'ny fiainana manontolo. Alohan'ny hanomezany izay mba efa niainany anefa, dia ampahafantariny ny zava-tsoa saro-bidy notovoziny tamin'ny hafa.

Ka eto dia izay hitany iainan'ireo misionera no atolony aloha. Aza mba misaraka amin'ny lakroa mihitsy, manàna azy any aminao mandrakariva, ka mba ataovy lehibebe mba ho azonao ampiasaina,[571] *fitaovana ampianaranao katesizy io, hanambaranao an'i Jesoa Kristy voafantsika. Aza hadino anefa fa fampahatsiarovana ho anao koa io : eo am-panatanterahana ny iraka miantefa aminao, dia alao tahaka i Jesoa mitondra ny hazofijaliany*[572].

Na mitondra na tsy mitondra io Kristy mifantsika io isika, dia fomba mahazatra ny manana azy eo alohantsika : mihantona amin'ny rindrina, eo ambony latabatra fiasana, ao am-piangonana. Fa moa ve tsy fombafomba fotsiny ihany na zava-

563 Ms VI 251
564 Ms VI 251.
565 P. 331.
566 P. 331
567 P. 334.
568 P. 334
569 Cf. p. 334, note 1.
570 Cf. p. 334, note 1.
571 P. 334
572 P. 334

Page 329

La quatrième condition pour être un véritable disciple de Jésus Christ est de prendre sa croix[573].

Doctrine de Notre Seigneur Jésus Christ sur ce point.

Notre Seigneur dit : Si quelqu'un veut venir après moi, qu'il renonce à lui-même, qu'il prenne sa croix et me suive. (Mt 16, 24)
Si quelqu'un prend sa croix et ne me suit pas n'est pas digne de moi. (Mt 10, 38)

Quiconque ne porte pas sa croix et ne me suit pas, ne peut être mon disciple. (Lc 14, 27)
Si quelqu'un veut venir après moi, qu'il renonce à lui-même, qu'il porte sa croix tous les jours et qu'il me suive. (Lc 9, 23)
Nous voyons d'après ces paroles de Notre Seigneur Jésus Christ que, pour être son véritable disciple, il faut d'abord *prendre sa croix*.
Que si on ne la prend pas, on ne peut être son disciple, condition essentielle.
Que, non seulement il faut la prendre, mais il faut encore la porter.
Il faut, en troisième lieu la porter chaque jour.
Tout cela est bien expliqué dans les textes précédents.

Qu'est-ce que la croix ?

C'est le signe de la souffrance.
Signe général qui comprend toute espèce de souffrance.
Signe du salut, signe de la rédemption, signe du chrétien et surtout du véritable disciple de Jésus Christ.

Page 330

La croix, c'est la pauvreté, le renoncement aux créatures et à soi-même.[1]
C'est la peine qu'il y a à observer la loi du Seigneur, le joug du Seigneur.
C'est le joug de l'Evangile que nous voyons dans ce livre. C'est la connaissance de cette vie si différente de celle des autres hommes.
Cette croix, c'est Jésus qui nous la présente et nous dit : Prenez mon joug sur vous,

Pejy faha-329

Ny fepetra fahefatra mba ho mpianatra marin'i Jesoa Kristy dia ny mitondra ny hazofijaliany.[574]

Foto-pampianaran'i Jesoa Kristy Tompontsika amin'izany

Hoy ny Tompontsika hoe : Raha misy te hanaraka Ahy, aoka izy handà ny tenany, hitondra ny hazofijaliany ka hanaraka Hay. (Mt 16, 24)
Izay mandray ny hazofijaliany anefa tsy manaraka ahy, dia tsy mendrika ahy akory. (Mt 10, 38)
Na iza na iza tsy mitondra ny hazofijaliany sy tsy te hanaraka Ahy, dia tsy mpianatro mihitsy. (Lk 14, 27)
Raha misy te hanaraka ahy, aoka izy handà ny tenany, hitondra ny hazofijaliany isan'andro ka hanaraka ahy. (Lk 9, 23)
Azontsika amin'izany tenin'i Jesoa Kristy Tompontsika izany àry, fa mba ho tena mpianany marina isika, dia tsy maintsy mandray ny hazofijaliany aloha.
Fepetra tsy azo ivalozana io : raha tsy mandray azy, dia tsy ho mpianany mihitsy.
Ary tsy raisina fe raisim-potsiny fa entina : tsy maintsy entina io.
Dia ny fahatelo amin'izay : mitondra azy isan'andro isan'andro.
Efa voalazantsika teo aloha daholo moa izany rehetra izany.

Inona moa ny hazofijaliana ?

Famantarana ny fijaliana.
Fanambarana ankapobeny izay fijaliana rehetra mianjady amintsika.
Famantaram-pamonjena, famantaram-panavotana, famantarana ny maha-kristianina fa indrindra indrindra ny maha tena ho Mpianatra Marin'i Jesoa Kristy.

Pejy faha-330

Ny hazofijaliana dia ny fahantrana, ny fahafoizana ny zava-boaary, sy ny tenantsika.[1]
Fiaretana mba hitandremana ny Didin'Andriamanitra, jiogan'ny Tompo.
Jiogan'ny Evanjely hitantsika ato amin'ity boky ity. Fahalalam-piainana hafahafa tsy iveloman'ny olon-drehetra.
Io hazofijaliana io, dia i Jesoa no manolotra azy amintsika ka manambara amintsika

573 Note a. En parcourant ce chapitre on verra qu'on est certainement encore loin d'une rédaction définitive
574 NOTE NON TRADUITE

mon joug est doux et mon fardeau léger. (Mt 11, 29-30)
Ubi amatur non laboratur aut si laboratur labor amatur [Là où on aime, on ne peine pas ou, si on peine, la peine est aimée].[a]

C'est le règlement d'une maison.
Ce sont les persécutions du monde qui sont prédites, les haines du monde, les épines.

La croix, c'est le salut, c'est la gloire.
Comme la croix est devenue glorieuse depuis que Jésus Christ l'a prise et l'a portée !

Jésus présente sa croix aux âmes généreuses.

Il faut prendre sa croix. Accepter. Prendre volontairement.

Quand on se fait prêtre ou religieux, ce n'est donc pas pour mener une vie agréable, plus commode que les autres, que les gens du monde. Non, bien loin de là ; au contraire, c'est pour prendre une croix plus lourde que celle des gens du monde, pour mener une vie plus stricte, plus parfaite, plus pénible à la nature.[2 b]

Il faut prendre sa croix, prendre la croix que Jésus nous donne.
Croix dans une vie stricte et rigoureuse, vie évangélique.

hoe : Raiso eo an-tsorokareo ny jiogako, malemy ny jiogako ary maivana mora entina.
Ubi amatur non laboratur aut si laboratur labor amatur [Eo amin'izay anjakan'ny fitiavana tsy misy fijaliana, ary na dia misy aza ny fijaliana dia fijaliana tiavina ihany koa].[a]
Io no fitsipiky ny trano.
Ny fanenjehana avy amin'izao tontolo izao no ambarany ao, ny fankahalana, ny tsilo apetrany.
Ny Hazofijaliana ve ? famonjena io, voninahitra io.
Nanjary rehareha amam-boninahitra ny hazofijaliana hatramin'ny nandraisan'i Jesoa sy nitondrany azy !
Atolotr'i Jesoa ny olona tsara sitrapo rehetra ny hazofijaliany !

Tsy maintsy mandray ny hazofijaliantsika. Manaiky sy mandray an-tsitrapo.

Sao dia heverinareo àry fa noho ny fitiavanareo hanana fiainana tsaratsara kokoa, na miliba kokoa noho ny olon'izao tontolo izao no nanosika anareo hanao pretra na relijiozy ? Tsia, tena mifanohitra amin'izany mihitsy satria fiainana voafehy sy lavorary ary feno fijaliana tsy maintsy ho leferina, miavaka amin'ny fiainan'izao tontolo izao no ao. Fiainana fitondrana ny hazofijaliana, mavesabesatra kokoa noho ny an'ny olon'izao tontolo izao, tsy tantin'ny natiora fa manahirana azy.[2 b]
Tsy maintsy raisina ny hazofijalian'ny tena, dia ilay atolotr'i Jesoa.
Hazofijaliana sady mavaivay no hentitra enti-maty noho ny Evanjely ihany.

---

1. Ms XI 36-39 - Après avoir suivi ces trois degrés de renoncement, il faut prendre sa croix, c'est-à-dire qu'il faut accepter les conséquences de ces trois actes de renoncement : quand on a quitté tous ses biens, on est pauvre et la pauvreté est une croix ; quand on a renoncé aux créatures, au monde, on n'a pas le secours des hommes, leur amitié, leur protection, leur affection - privation - alors il y a la croix de cet isolement du monde, des joies et du commerce du monde, c'est une croix. Quand on a renoncé à soi-même, c'est-à-dire aux jouissances de l'esprit, à l'affection du cœur, aux aises de son corps, aux actes de sa volonté, on a à souffrir, c'est une croix.

2. Ms XII 288 - Quand on se fait prêtre ou religieux, disciple de Jésus Christ, ce n'est pas pour s'amuser, vivre en bourgeois ; se faire une position, ramasser de l'argent, avoir du bon temps, être plus heureux que dans le monde. Non. C'est pour prendre la croix, c'est pour souffrir, c'est pour travailler, c'est pour suivre Jésus Christ : Jésus Christ Flagellé, persécuté, pauvre, couronné d'épines.

1. MS XI 36-39 - Rehefa avy nanaraka ireo dingana telo ireo àry, dia tsy maintsy mandray ny hazofijaliany ny tena. Tsy maintsy ekena ny vokatr'ireo fandavana rehetra ireo : nilaozany ny fananana, mahantra izay ny tena, hazofijaliana ny fahantrana ; nafoy ny zavatry ny tany, izao tontolo izao, tsy miantehitra amin'olona, amin-tsakaiza sy ny fiahiany, ny fitiavany, fiafiana – hazofijaliana io fisaraha, fitokana-monina eo amin'izao tontolo izao io, dia ny fifaliany, ny varotra ataony, hazofijaliana daholo izany. Nafoy mihitsy koa ny tena, ny fahafinaretan-tsaina, ny fientanan'ny fo, ny filibam-batana, ny fanarahan-tsitrapo, ka mahatsiaro tena fa mafy ny iaretana : hazofijaliana koa izay.
2. MS XII 288 - Matoa miditra ho pretra, mpianatr'i Jesoa Kristy, dia tsy kilalao izany, tsy fanirina ho tandapan'izao tontolo izao ka hiliba sy higalabona, hahazo toerana hanangonam-bola aman-karena, hananana fotoana hiadanam-potsiny, ho sambatra kokoa noho ny sasany. Tsia, diso izany. Ny tena izy dia mba handray ny hazofijalian'ny tena mba hijaly bebe kokoa noho ny sasany, hiasa sy hilofo mafimafy kokoa noho ny hafa, mba hanarahana akaikikaiky kokoa an'i Jesoa Kristy voakapoka,

==========

Note a : Là où on aime, on ne peine pas ou, si on peine, la peine est aimée. On a là une citation déformée d'une phrase de saint Augustin extraite d'un ouvrage sur le veuvage. (De bono viduitatis XXVI)
Note b. Pénible à la nature. Cela signifie des conditions de vie qui ne sont pas forcément accordées à nos penchants spontanés. Le mot nature, dans ce genre d'expression n'a pas un sens philosophique ou théologique.

Page 331

Et cette condition est si essentielle que Notre Seigneur dit que celui qui n'accepte pas cette croix, qui ne prend pas sa croix, ne peut être son disciple. Ainsi donc, si on ne veut pas accepter, prendre cette croix offerte par Jésus Christ le Maître, il faut y renoncer.
Prendre la croix, c'est donc prendre la vie évangélique telle que Notre Seigneur nous la donne, c'est accepter les souffrances qui sont attachées à cette vie de pauvreté, de renoncement (renoncement aux créatures, renoncement à soi-même), de sacrifice, de dévouement. Si on n'accepte pas cela, on ne peut être son disciple.

Si quelqu'un ne prend pas sa croix, il n'est pas digne de moi. Dieu n'en veut pas pour son disciple.
Notre Seigneur veut donc avec lui des âmes courageuses, généreuses. Il faut avoir le courage d'accepter cette croix que Notre Seigneur nous présente ou bien y renoncer parce que Notre Seigneur ne veut pas de nous.
Non est me dignus. (Mt 10, 37) [Note a. Il n'est pas digne de moi]

Invitation de notre Seigneur Jésus Christ à prendre la croix.

Notre Seigneur nous invite à prendre sa croix.
Jugum meum suave est et onus meum leve. (Mt 11, 30) [Mon joug est doux et mon fardeau léger]
Il l'a prise lui-même pour nous.
Il faut la prendre à sa suite. Il nous la présente lui-même.
Ecce ancilla Domini fiat mihi secundum verbum tuum. (Lc 1, 38)

Chacun a sa croix dans le monde. Différentes croix pour chaque position.

voaenjika, mahantra, nosatrohina fehilohan-tsilo.

==========

Naoty a : Eo amin'izay anjakan'ny fitiavana tsy misy fijaliana, ary na dia misy aza ny fijaliana dia fijaliana tiavina ihany koa. MANQUE TRADUCTION

Naota b : MANQUE TRADUCTION

Pejy faha-331

Tena tsy azo ialana mihitsy io fepetra io matoa ny Tompontsika milaza hoe, izay tsy manaiky ny hazofijaliany, tsy mandray ny hazofijaliany, dia tsy ho mpianany mihitsy. Koa noho izany, raha tsy tian'ireo ho raisina, tsy hekenareo io hazofijaliana atolotr'i Jesoa Kristy Mpampianatra io, dia lavo tanteraka, mialà.
Ny fandraisana ny hazofijaliana izany dia fandraisana ny fiainana ny Evanjely natolotry ny Tompontsika ho antsika, manaiky hijaly, fijaliana tsy misara-mandeha amin'ny fiainana ny fahantrana sy ny famoizana (ny zava-boaary, ny tena), ny fandeferana, ny fahafoizan-tena sy ny zotom-po. Raha ireo no tsy ho ekena dia aza manantena ny ho mpianany mihitsy.
Raha misy tsy mandray ny hazofijaliany, dia tsy mendrika ahy izy izay. Tsy tian'Andriamanitra ho mpianany akory.
Ny tian'ny Tompontsika izany dia olona manana herim-po mahafoy tena ; koa manàna àry herim-po hanaiky izany hazofijaliana atolotry ny Tompontsika ho antsika izany na handà azy tanteraka satria tsy ilain'Andriamanitra ianao !
Non est me dignus. (Mt 10, 37) [Tsy mendrika ahy izy]

Fanasana avy amin'i Jesoa Kristy ny mandray ny hazofijaliany

Manasa antsika handray ny hazofijaliany ny Tompontsika.
Jugum meum suave est et onus meum leve. (Mt 11, 30) [Maivana ny jiogako, mora entina ny entako]
Izy mihitsy no nandray azy ho antsika.
Ary isika no handimby azy amin'izany satria izy no manolotra azy amintsika.
Ecce ancilla Domini fiat mihi secundum verbum tuum. (Lc 1, 38) [Inty aho ankizivavin'ny Tompo, aoka ho tanteraka amiko araka ny teninao]

Eto amin'izao tontolo izao, dia samy mitondra ny hazofijaliany eo amin'ny misy azy ny tsirairay.

Chacun a sa croix à prendre.
Croix du chrétien, du soldat, du prêtre, du disciple, du laboureur, du père de famille.

Il faut porter sa croix

Il ne s'agit pas seulement de la prendre.
On peut prendre une chose et ne pas la porter. On peut accepter une chose et ne pas en user.
Mais Notre Seigneur met bien les points sur les i.
Quiconque ne porte pas sa croix ne peut être mon disciple. (Lc 14, 27)
Il faut non seulement l'accepter mais la porter. Beaucoup acceptent, prennent la croix et ne [la] portent pas.
Porter la croix, c'est réellement supporter les souffrances de la croix. Il y en a qui prennent la croix et qui la rejettent dès qu'elle fait un peu mal. Ce n'est pas cela. Il faut la porter.

Page 332

Tollite jugum meum super vos. [Prenez sur vous mon joug. (Mt 11, 29)]

C'est à dire qu'il faut porter les inconvénients de la vie apostolique. Il faut porter les souffrances qui sont les conséquences de la pauvreté, du renoncement aux créatures, à soi-même ; de la haine, du mépris du monde, des persécutions qui sont les conséquences de notre vie opposée au monde. Conséquence d'un règlement de vie plus sérieux, d'une vie de détachement, de renoncement, et de sacrifice.

Il faut porter sa croix, c'est-à-dire supporter tout cela avec humilité, patience, résignation.
Avec joie et amour puisque c'est la croix du Bon Dieu, et que c'est par la Croix que nous allons au ciel, que nous glorifions Dieu sur la terre, que nous sauvons des âmes.

C'est en portant sa Croix que Jésus-Christ nous a sauvés, et qu'Il est entré Lui-même dans la gloire.
Opportuit pati Christum et ita intrare in gloriam. [Ne fallait-il pas que le Christ souffrit pour entrer dans sa gloire] (Lc 24, 26)
Quand je serai élevé sur la Croix, j'attirerai tout à moi. (Jn 12, 32)

Samy manana ny hazofijaliana ho azy ny isam-batan'olona.
Hazofijalian'ny kristianina, ny miaramila, ny pretra, ny mpianatra, ny mpiasan-tany, ny raim-pianakaviana.

Tsy maintsy entina ny hazofijaliana.

Tsy raisina fotsiny na kasihina ihany io hazofijaliana io.
Mety raisina manko ilay zavatra fa tsy entina, mety ekena fa tsy ampiasaina.

Mazava dia mazava, tsy misy safarina na olakolaka ny filazan'ny Tompontsika azy :
Izay tsy mitondra ny hazofijaliany dia tsy ho mpianatro mihitsy. (Lk 14, 27)
Tsy ekena fotsiny izany fa lanjaina mihitsy. Misy manko mody manaiky, mody mandray ny hazofijaliana, fa tsy milanja [azy].
Ny milanja ny hazofijaliana dia ny fiaretana ny fahoriana aterak'io hazofijaliana io. Misy manko mandray ny hazofijaliana dia atsipiny any raha vao reny fa maharary azy. Tsy izany. Lanjao dia lanjao mihitsy, fa arakaraky ny handrenesanao maharary no ahazoanao fy azy !

Pejy faha-332

Tollite jugum meum super vos. [Ento ny jiogako (Mt 11, 29)]

Lefero ary ento, lanjao ny zava-manahirana rehetra tojo anao ao amin'ny fiainana apôstôlika niantsoana sy nanirahana anao. Io no hevitr'izany teny izany. Lanjao ny fijaliana vokatry ny fahantrana sy ny famoizana ny zava-boaary, ary ny famoizana ny tena ; ny fankahalana, ny fanamavoan'izao tontolo izao, ny fanenjehana dia vokatry ny fiainantsika tsy mifanaraka amin'ny fiainan'izao tontolo izao. Vokatry ny lalam-piainana matomatotra kokoa ; fiainana ny fahafoizana, ny fandaozana ary ny fandeferana.
Milanja ny hazofijaliany izay mahalefitra ireny rehetra ireny amim-panentren-tena sy faharetana ary hitsim-po feno fanekena,
amin-kafaliana sy amim-pitiavana satria fanomezana an'Andriamanitra, ary avy amin'izany no hahazoantsika ny lanitra sy hanomezantsika voninahitra an'Andriamanitra eto an-tany ary hamonjentsika fanahin'olona be dia be.
Ny fitondrany ny jiogany manko no namonjen'i Jesoa antsika ka nahazoany ny voninahiny.
Opportuit pati Christum et ita intrare in gloriam. [Fa tsy maintsy hijaly i Kristy mba hidirany any amin'ny voninahitra] (Lk 24, 26)
Rahefa tafasandratra eo ambony hazofijaliana aho, dia hangoniko ho any amiko ny olon-drehetra. (Jo 12, 32)

Il faut donc porter la Croix, et la porter avec joie et amour, en pensant que c'est par la croix que nous glorifions Dieu et gagnons des âmes.

Tollite jugum meum super vos. [Prenez sur vous mon joug] (Mt 11, 29)
Il faut courber les épaules, et s'en charger.
Super vos [sur vous] (Mt 11, 29).[1]

Porter sa croix tous les jours.

Notre Seigneur ajoute en dernier lieu :
Qu'il porte sa croix chaque jour ! (Lc 9, 23)
Comme il pense à tout ; comme il détermine bien nos devoirs !
Il faut porter notre croix chaque jour, tous les jours il faut recommencer.

Tsy maintsy entina àry ny hazofijaliana, entina amin-kafaliana sy amim-pitiavana, dia hevero tsara fa avy amin'izany no hanomezam-boninahitra an'Andriamanitra sy hahazoana fanahin'olona maro.
Tollite jugum meum super vos. [Lanjao eo an-tsorokareo ny jiogako](Mt 11, 29)
Ajokoy ny sorokareo, lanjao mihitsy satria izany no hafatra.
Super vos [Ambony anareo] (Mt 11, 29).[1]

Entina isan'andro.

Hoy ny Tompontsika mamarana ny teniny
Dia ento isan'andro isan'andro ny hazofijaliana ! (Lk 9, 23)
Voadininy tsara daholo izay anafarany, ary voafetrany mazava ny adidintsika !
Tsy maintsy entina, lanjaina, isan'andro, isan'andro vaky ny hazofijaliana, ka atombohy dieny izao.

---

1 Ms XII 290 - Encouragements de Notre Seigneur à ses disciples : Prenez mon joug sur vous... et apprenez... (Mt 11, 29) Le disciple n'est pas plus que le Maître. (Mt 10, 24) Bienheureux vous serez quand… ; (Mt 5, 11) ; ceux qui souffrent persécution pour la justice. (Mt 5, 10) Jésus a porté sa Croix.
Comment nous devons la porter : - Avec soumission - c'est la volonté de Dieu... c'est notre devoir de disciple. Qui ne prend pas sa Croix (Lc 14, 27) ; comme un devoir puisqu'il faut accomplir dans sa chair ce qui manque à la Passion de Jésus-Christ. (Col 1, 24) Brebis au milieu des loups. (Mt 10, 16) - Avec patience - Quand on vous frappe sur la joue droite. (Mt 5, 39) Bénissez ceux qui vous maudissent, priez pour ceux qui vous persécutent. (Lc 6, 28) Ne pas résister au mal. (Mt 5, 39) Vaincre le mal par le bien. (Rm 12, 21) Ne craignez pas ceux qui tuent le corps. (Mt 10, 28) - Avec joie -En pensant que c'est par la croix que nous ressemblons à Jésus-Christ, que nous gagnons le Ciel, et que nous convertissons les âmes. Souffrir avec une douceur, patience accompagnée de joie (Col 1, 11 Vulg.) en pensant aux fruits qui découlent de la Croix. Quand je serai élevé sur la Croix, j'attirerai tout à moi. (Jn 12, 32) Je meurs chaque jour pour vous acquérir la gloire. (1 Co 15, 31) Portant toujours en notre corps la mort de Jésus. (2 Co 4, 10)

1. MS XII 290 - Mankahery ny mpianany ny Tompontsika manao hoe : Raiso eo an-tsorokareo ny jiogako, … ary fantaro… (Mt 11, 29) Ny mpianatra tsy lehibe noho ny mpampianatra azy (Mt 10, 24). Ho sambatra tokoa ianareo… (Mt 5, 11) raha miaritra fanenjehana noho ny rariny (Mt 5, 10). Nitondra ny hazofijaliany i Jesoa.
Hatao ahoana moa ny fitondrana azy ? amim-pandeferana. Sitrapon'Andriamanitra io… adidintsika mpianatra ; PASSAGE NON TRADUIT - Amim-paharetana satria rahefa kapohiny ny takolaka havanana. (Mt 5, 39) Tsofin-drano izay manompa, ivavahana ireo manenjika (Lk 6, 28) ; PASSAGE NON TRADUIT (Mt 5, 39) Resena amin'ny soa ny ratsy (Rôm 12, 21) ; Tsy atahorana ny mamono ny vatana… (Mt 10, 28) Amin-kafaliana koa satria itoviazana amin'i Jesoa Kristy, hahatongavana any an-danitra, hamonjena fanahy. Mijaly an-kalemem-panahy, am-paharetana arahina hafaliana (Kôl 1, 11) satria mieritreritra ny vokatra ateraky ny hazofijaliana. Rehefa hasandratra amin'ny hazofijaliana dia hoentiko aty amiko daholo ianareo (Jo 12, 32). Maty isan'andro aho mba hahazoanareo voninahitra. (1 Kor 15, 31). Miondra ao amin'ny vatantsika ny fahafatesan'i Jesoa. (2 Kôr 4, 10).

Quand on la quitte, le soir, il faut la reprendre le matin et la porter comme la veille et mieux que la veille.
Chaque jour,
sans se lasser,

Raha apetrakao izy ny hariva, raiso indray raha vao maraina, dia lanjao tontolo ny andro tahaka ny omaly, tsaratsara kokoa noho ny omaly aza.
Isan'andro,
tsy ketraka,

avec persévérance,
si on la laisse tomber,
il faut la reprendre jusqu'au bout.
Il ne faut pas se décourager dans la voie de la croix.
Il y a toujours à souffrir, jusqu'à la mort et il faudra mourir sur la croix, se laisser attacher sur la croix comme Notre Seigneur ; tomber quelquefois mais se relever par la prière et continuer sa marche.

Il faut de la persévérance.
Notre Seigneur nous dit cette parole parce que la pauvre nature se révolte souvent et que, souvent, elle se lasse et veut laisser la croix.

Mais non. Quand une fois on a commencé, il faut persévérer et porter sa croix tous les jours.
Tous les jours faire le catéchisme,
tous les jours être pauvre,
tous les jours supporter le prochain, le monde
résister aux lassitudes de la nature avec la grâce de Dieu.
La croix, c'était l'amour des saints et de saint Paul surtout qui aimait tant la croix : il en faisait sa gloire.
Mihi absit gloriari nisi in cruce Domini nostri Jesu Christi. (Ga 6, 14)
[Pour moi, que jamais je ne me glorifie, sinon dans la croix de Notre Seigneur Jésus Christ]
Je porte imprimé sur mon corps les plaies de mon Seigneur Jésus (Ga 6, 17)[575]
Il se plaisait dans la croix.
Il se réjouissait dans la croix.[577]

La croix c'est l'amour des saints.

amim-paharetana,
ary raha sendra ka navela ho latsaka izy,
dia raiso haingana dia ento hatrany amin'ny farany.
Aza mety ho kivy an-dàlana mihitsy rahefa mitondra azy.
Mahita zavatra mampijaly foana anie isika isan'andro mandra-pahatapitry ny fofon'aintsika é. Ary eo amboniny eo no tsy maintsy hialan'ny aina, tahaka ny nifantsihan'ny Tompontsika ; lavo ihany indraindray fa avy hatrany dia mitsangana amin'ny alalan'ny fivavahana, dia tohizo indray ny dia.
Mila faharetana hoy aho.
Nambaran'ny Tompontsika izany teny izany mba hankaherezana ity nofontsika osa sy malemy ka mikomy lava mora resy ity. Vizana hono izy dia tadiaviny hilaozana eo ny hazofijaliana !
Tsia ; raha vao nanomboka ianao dia tohizo ary ento ny hazofijaliany hatramin'ny farany isan'andro isan'andro vaky.
Isan'andro vaky, mampianara katesizy,
isan'andro vaky, miveloma toy ny mahantra,
isan'andro vaky, mandefera amin'ny namana, sy izao tontolo izao
reseo miaraka amin'ny fahasoavan'Andriamanitra ny harerahan'ny vatana.
Fitiavan'ny olomasina ny hazofijaliana, ary i Md. Paoly indrindra indrindra lazainy fa ataony ho rehareha io.
Mihi absit gloriari nisi in cruce Domini nostri Jesu Christi. (Ga 6, 14)
[Ho ahy dia ny Hazofijalian'i Jesoa Kristy no ireherehako.]

Ary entiko toy ny fitomboka eo amin'ny vatako ny ferin'i Jesoa Kristy. (Gal 6, 17)[576]
Mankafy mihitsy izy ao anatin'ny fijaliany.
Mifaly sy miravo aok'izany izy ao anatin'ny fahoriany.[578]

Fitiavan'ny olomasina ny hazofijaliana.

Pratique.

Pour nous rappeler cette parole de Notre Seigneur Jésus Christ et le devoir que cette

Fampiharana

Mba hampatsiarovana antsika izany hafatry ny Tompontsika izany sy ny adidy takiany

575 Note b. Cette traduction est un peu forcée. Saint Paul ne parle pas nécessairement des plaies du Christ. II vaut mieux traduire simplement : les marques de Jésus
576 N'a pas été traduit
577 Note c. Le Ms parallèle, XII-281, cite abondamment saint Paul : (Rm 8, 36 ; 1 Co 4, 9 ; 2 Co 4, 8 ; 2 Co 5, 1 ; 2 Co 6, 4 ; 2 Co 11, 22 et sq., 2 Co 12, 7 ; 2 Tm 4, 6). Le Ms XII-279 amorce une étude "Exemples de Jésus-Christ…"
578 N'a pas été traduit

parole impose, nous porterons sur le côté gauche une croix bénite et indulgenciée de 9 à 10 centimètres de longueur (Christ), pour nous rappeler cette grande vérité, nous baiserons ce Christ, surtout le matin et le soir et aussi dans la journée.[1 a]

Ms XII 287 ; Ms XII 293.
C'est pour exprimer cette pensée, cette parole du Sauveur que tous les religieux portent extérieurement la croix, pour leur rappeler qu'il faut surtout la porter intérieurement et ressembler à Jésus Christ portant sa croix. (Ms XII 287)
Porter une croix simple mais assez grande pour pouvoir s'en servir ; avoir une petite poche sur son côté gauche pour l'y placer et se rappeler que la croix est le signe de la souffrance et que la vue de cette croix nous porte toujours à aimer et à bénir la souffrance. (Ms XII 293)

==========

Note a. Cf. p. 328

Page 335

Cinquième condition
suivre Jésus Christ[a]

Note a. Ms XII 295-299

Page 337

Dernière condition à remplir[579]. Quand on parle de suivre Jésus Christ, peut-on encore parler de condition, n'est-on pas au but même ? Oui, sans doute, mais le Père Chevrier n'oublie pas le terme vers lequel doivent converger nos efforts, le terme du dessein de Dieu. Ce but ne sera atteint que lorsque "Dieu sera tout en tous".[580] Ainsi, suivre Jésus Christ dans la vie présente est encore une création.

amintsika, dia samia mitondra eo amin'ny takibany havia, lakroa, lakroa sady voahasina no nomena famela sazim-pahotana, ka ny halavany dia eo amin'ny 9 na 10 santimentatra eo ; ary mba hahatsiarovantsika an'i Kristy mandrakariva, dia horohintsika io Kristy io, ny maraina, ny hariva, ary tontolo ny andro koa aza raha azo atao.[1 a]

Ms XII 287 ; Ms XII 293.
Mba hahatsiarovana io hevitry ny Mpamonjy io anie no itondran'ny relijiozy rehetra ny lakroa eny ivelan'ny fitafiany é ! Mba tsy hanadinoan'izy ireo koa fa ao anaty ao no tsy maintsy itondrana ny hazofijalian'i Jesoa Kristy. (MS XII 287).
Lakroa tsotra entina ary atao lehibebe mba ho mora ampiasaina amin'ny ilànareo azy. Asio paosy kely eo an-kavia mba hitoerany, fa tadidio hatrany : famantarana ny fijaliana ny Lakroa ary ny fahitana azy no mitaona antsika ho tia sy hisaotra noho ny fijaliana. (MS XII 293)

==========

Naoty a. jereo p. 328

Pejy faha-335

Fepetra fahadimy
Manara-dia an'i Jesoa Kristy[a]

Naoty a. Ms XII 295-299

Pejy faha-337

Fepetra farany tsy maintsy fenoina.[581] Rahefa manara-dia an'i Jesoa Kristy ve anefa mba afaka miteny « fepetra ihany » ; tsy efa tonga any amin'ny tanjona ? Eny é, marina izany, kanefa mbola misy indro kely : tsy hadinon'i Mompera Chevrier mihitsy ny tanjona farany tsy maintsy ifanojoan'ny ezaka rehetra, dia fiafarana amin'ny kendren'Andriamanitra amin'ny voahariny. Tratra io tanjona farany io rahefa

579 P. 339
580 1 Co 15, 28
581 P. 339.

Cependant, les pages qui vont suivre décrivent un sommet de vie spirituelle et apostolique, impossible à dépasser sur terre ; c'est la sainteté accomplie autant qu'il se peut dans la condition humaine présente.

Nous allons retrouver souvent les mêmes thèmes que dans tout ce qui précède parce que le Père Chevrier ne se tient jamais rigoureusement à un plan. Mais ces thèmes sont repris aussi parce qu'il faut les voir sous un jour nouveau, dans l'état de celui qui est "dégagé de tout ce qui peut arrêter notre marche"[583], pleinement libre dans l'Esprit-Saint.

Alors, il peut "aller, parcourir, marcher, monter", avec Jésus-Christ, "ne jamais le quitter"[585]. Ces pages nous mettent en communion avec le mystère du passage, de la Pâque du Fils de Dieu parmi nous. Venu de Dieu, il est retourné à Dieu et il entraîne ses disciples derrière lui. N'est-ce pas tout l'Evangile ?[586]

A quoi bon prendre en considération un état auquel personne n'osera se croire arrivé ? Précisément, c'est nécessaire d'y penser car si nous faisons quelque chose de bon, c'est dans la mesure où nous aspirons à cet état. Suis-moi, dit Jésus en appelant son disciple[589], et même s'il dit explicitement : "Vends ce que tu as", il ajoute toujours[590] : "Suis-moi".[591]

iombonan'ny rehetra Andriamanitra.[582] Koa ny fanarahan-dia an'i Jesoa Kristy amin'izao fiainana izao dia mbola fepetra ahatongavana any ihany.

Mamelabelatra zava-miafina sarotra ivelomana eto an-tany anefa ireto takila manaraka ireto, satria tena ilay faratampon'ny fiainam-panahy sy apôstôlika no kasihiny dia ny fahamasinana lavorary, tonga lafatra mety ho vitan'olombelona.

Mbola mety hiverimberina ao ihany izay efa hitantsika teo aloha, satria hoy isika, tsy nisy lasitra maty paika teo amin'ny namolavolan'i Mompera Chevrier azy. Tsara anefa izany satria mitondra zava-baovao hatrany ny fampahatsiahivana azy, ho an'ny olona efa niendaka tamin'izay mety hanakantsakana ny diany,[584] feno fahafahana noho ny herin'ny Fanahy Masina ao anatiny.

Afaka tanteraka izy amin'izay mandeha, mitety, manjohy, miakatra miaraka amin'i Jesoa Kristy ary tsy misara-dia aminy intsony.[587] Mampiombona antsika amin'ny Misterin'ny fandalovan'ny Tompo, ny Pakan'ny Zanak'Andriamanitra eo amintsika ireto pejy ireto. Avy amin'Andriamanitra izy dia niverina any amin'Andriamanitra, ary tarihiny miaraka aminy ny mpianany. Tsy ny Evanjely manontolo moa izany ?[588]

Misy antony inona àry no iresahana zavatra hita miharihary fa tsy ho vitan'ny tena ? Tena ilaina mihitsy ny fiheverana izany satria matoa isika manao zava-mahasoa, dia manantena fa ho tonga any. « Avia manaraka ahy », hoy Jesoa Kristy amin'ny mpianany ;[592] na dia manome fepetra henjana sy mazava izy toy ny hoe : « amidio izay anananao rehetra », dia manampy ihany hoe[593] : « Avia manaraka ahy ».[594]

582 1 Kôr 15, 38.
583 P. 339
584 P. 339.
585 P. 339
586 Jn 13, 3
587 P. 339.
588 Jo 13, 3
589 Mt 8, 9, etc.
590 P. 939
591 Mt 19, 21
592 Mt 8, 9, etc.
593 P. 939
594 Mt 19, 21

Par ailleurs, Jésus disait à ses disciples : "Vous qui m'avez suivi". Pourtant bien des choses encore devaient être purifiées en eux. Mais c'est vrai, cet état si parfait en lui-même est déjà secrètement présent et agissant en nous.

Ainsi, même si c'est de manière encore bien misérable visiblement, nous pouvons, sans plus tarder, nous efforcer de suivre Jésus Christ, "sans avoir rempli les autres conditions", pourvu que nous ayons la disposition essentiellement requise : "avoir la volonté sérieuse et efficace de les accomplir et être disposé à faire tous les sacrifices pour les accomplir".

Pour les chapitres de cette demeure partie du Véritable Disciple, on peut retrouver un plan type qui a d'ailleurs inspiré des parties antérieures du livre.

Voici ce plan :

Exemples de Jésus Christ.
Enseignements de Jésus Christ.
Résumé.
Exemples de saint Paul.
Enseignements de saint Paul.
Résumé.
Pratiques, c'est-à-dire applications pour nous.

Ce plan n'est pour ainsi dire jamais suivi complètement parce que, comme nous l'avons déjà dit, le Père Chevrier ne s'oblige jamais à tenir exactement son plan. Il faut dire aussi que la plupart des chapitres qui suivent sont restés inachevés. Ils sont assez brefs et les introductions correspondantes le seront aussi.

L'ordre général de cette dernière partie est à remarquer. Cet ordre n'est pas sans importance pour saisir la pensée du Père Chevrier.

On commence par le jeûne et la prière du Christ : c'est, en effet, sur le séjour au désert que s'ouvre ce qu'on appelle la vie publique du Christ. Il s'agit de suivre Jésus Christ annonçant l'Evangile. Aussi bien, toute cette dernière partie s'ordonne autour du chapitre "Suivez-moi dans mes prédications".

Le jeûne et la prière précèdent l'œuvre du prédicateur.

La douceur, l'humilité, la pauvreté sont des dispositions essentielles de celui

Misy fotoana nilazan'i Jesoa Kristy tamin'ny mpianany hoe : « Ianareo izay efa nanara-dia ahy. » (Mt 19, 28), kanefa mbola sesehena ny fanadiovana tsy maintsy nosahaniny. Ny marina anefa, dia efa niafina tao io toetra lavorary io, mitoetra ary miasa mangina ao anatintsika ao.

Koa na dia mahatsiaro tena aza isika fa mbola lavitra satria osa sy malemy, dia afa-miezaka tsy mitaredretra manara-dia an'i Jesoa Kristy na dia tsy nahafeno ny fepetra sasany aza, kanefa manana ny toe-panahy ilaina hanatanterahana azy : sitrapo matotra sy mazoto ary vonona handefitra mba hanatanteraka azy.

Voatsikaritra fa toa mba misy filamatra voasoritra ihany amin'ity famaranana ny Mpianatra Marina ity, filamatra efa nampiasainy tamin'ny toko teo aloha.

Tahaka izao ilay nandaminany azy :

Ohatra nomen'i Jesoa Kristy,
Fampianaran'i Jesoa Kristy,
Famintinana.
Ohatra nomen'i Md. Paoly
Fampianaran'i Md.Paoly,
Famintinana.
Fampiharana ho antsika.

Tsara anefa ny manamarika fa tsy voafehiny tsara, ary tsy dia narahiny loatra ireo, fa izay tonga tao an-tsainy dia nosoratany. Maro be noho izany, amin'ireto toko manaraka ireto no natombony fa tsy vitany hatramin'ny farany.

Ny fandaharana ankapoben'ity toko farany ity dia tsara ho tandremana mba hahazoana ny ventin-kevitra tian'i Mompera Chevrier hampitaina.

Ny fifadian-kanina sy ny fivavahan'i Kristy no anombohany azy ; tsarovy fa tany an-taniefitra io, teo no nanombohan'i Jesoa Kristy ny asany, ary te-hanara-dia azy isika, dia izy mitory ny Evanjely. Izany no mahatonga ny toko farany manodidina ny hevitra hoe : « Manaraha ahy amin'ny toriteny ataoko.

Ny fifadian-kanina sy ny fivavahana no mpialoha lalana ny asan'ny mpitory teny.

Toe-panahy tsy azo ialana kosa ny fahantrana, ny halemem-panahy, ny

qui veut annoncer l'Evangile aux pauvres.

C'est dans la communion à la charité du Christ pour les hommes qu'il faut accomplir ce ministère.

Il faut aussi se préparer à soutenir luttes, persécutions, souffrances qui sont les conséquences inévitables de l'annonce de la parole car il en sera pour le disciple comme il en a été pour le Maître.

Et tout cela aboutit un jour, pour le disciple, à suivre son Maître dans sa mort pour passer avec lui dans la gloire, auprès du Père.

Page 339

[suivre Jésus Christ]

C'est la cinquième et demeure condition à remplir pour être un véritable disciple de Jésus Christ.
Notre Seigneur place toujours cette condition la dernière, pour nous montrer que l'on ne peut pas l'accomplir sans avoir rempli les autres ou au moins la volonté sérieuse et efficace de les accomplir et être disposé à faire tous les sacrifices pour les accomplir.

C'est qu'en effet, comment pourrait-on suivre Notre Seigneur si élevé, si parfait, qui est l'homme spirituel et divin, si nous sommes encore tout charnels tout attachés à la matière ?
Comment suivre un homme qui marche si vite et qui monte si haut, si soi-même on est embarrassé par toutes sortes de choses extérieures temporelles et si l'on n'est pas soi-même dégagé de tout ce qui peut arrêter notre marche ?
Et il met toujours cette condition après avoir signalé les autres, et c'est celle qu'il répète le plus souvent.
Toutes les fois qu'il parle des autres, il ajoute toujours celle-là, pour nous montrer que celle-là doit toujours suivre les autres et qu'elle est le couronnement des autres et qu'elle est la principale et le but vers lequel nous devons tendre :

Suivre Jésus Christ.

Ego sum via. (Jn 14, 6)

Suivez-moi - Suivez-moi - Suivez-moi
C'est cette condition qui glorifie le plus Dieu sur la terre et qui est le plus utile au prochain et qui mène le plus directement au ciel.
Ego sum via, veritas et vita. [Je suis le chemin, la vérité et la vie] (Jn 14, 6)

fanetren-tena eo am-panatanterahana io asa io : Mitory ny Evanjely amin'ny mahantra.

Ao anatin'ny fiombonam-pitiavana amin'i Jesoa Kristy no anatanterahana ny iraka nomeny.

Aza hadino : mivonona amin'ny lazon'ady, fanenjehana, fijaliana, vokatra tsy maintsy jinjaina eo amin'ny fitoriana ny tenin'i Jesoa Kristy, satria izay natao tamin'ny Tompony no hatao amin'ny mpanompony.

Amin'ny farany amin'izay, dia hanara-dia azy hatramin'ny fahafatesana ny mpianatra mba hiombom-boninahitra aminy eo anilan'ny Ray.

Pejy faha-339

[Manara-dia an'i Jesoa Kristy]

Fepetra fahadimy sady farany tsy maintsy fenoina, angamba, mba ho Mpianatra Marin'i Jesoa Kristy.
Amin'ny farany hatrany no ametrahan'ny Tompontsika ity fepetra ity, mba hanambarany amintsika fa tsy afa-manatanteraka azy isika raha tsy efa tanteraka ny sasany, na farafaharatsiny manana ny toe-panahy omban-tsitrapo matotra sy mazoto hanatontosa azy ary vonona hiaritra ny fijaliana eo am-panatanterahana izany.
Hatao ahoana tokoa moa no fanarahan-dia ny Tompontsika, sady avo toerana no lavorary indrindra, olon'ny Fanahin'Andriamanitra avy amin'Andriamanitra, raha mbola entanin'ny nofo fotsiny ihany isika ka mifikitra amin'ny vaingan-javatra ?
Hatao ahoana no fanarahan-dia an'izay olona sady haingam-pandeha no mananika avo dia avo, raha toa ka sahiranin'ny zavatra ety ivelany sy ara-nofo rehetra izao isika, ary raha tsy afa-niala tamin'izay rehetra mety maningotra ny diantsika ?
Izany no hevitry ny anambarany azy farany hatrany rahefa avy nilaza ireo sasany izy, ary io no tena averimberiny matetika dia matetika.
Isaky ny miresaka ireo sasany izy, dia averiny koa io, mba hampianarany antsika mandrakariva, fa tsy maintsy manaraka ireny aloha izy io, satria sady tanjona no fototra tsy maintsy irintsika io fepetra farany io.

Manara-dia an'i Jesoa Kristy :

Ego sum via. [Izaho no Làlana] (Jo 14, 6)

Manaraha ahy – Manaraha ahy – Manaraha ahy.
Ity fepetra ity no manome voninahitra an'Andriamanitra indrindra eto an-tany ary izy no ilaina indrindra ho an'ny namana ka hahatongavana mivantana any an-danitra.
Ego sum via, veritas et vita. [Izaho no Làlana, sy Fahamarinana ary Fiainana] (Jn 14, 6)

Quand Jésus choisit ses apôtres, il les choisit douze, pour être avec lui (Mc 3, 14), ne pas le quitter, le suivre partout.

Page 341

Qu'est-ce que suivre Jésus Christ ?

Suivre Jésus Christ, c'est aller partout où il va, c'est faire tout ce qu'il fait, c'est ne jamais le quitter.
C'est l'imiter dans tout ce qui est possible.
C'est suivre ses exemples, c'est lui ressembler le plus parfaitement possible afin de devenir un autre lui-même : Sacerdos alter Christus. [Le prêtre est un autre Christ]

C'est pouvoir dire comme saint Paul : imitatores mei estote sicut et ego Christi [Soyez mes imitateurs comme je le suis moi-même du Christ. (1 Co 11, 1)].
C'est ce que Notre Seigneur indique quand il dit à ses apôtres, quand il leur dit : exemplum dedi vobis ut quemadmodum ego feci ita et vos faciatis.

Suivre Jésus Christ, c'est aller avec lui dans la Crèche pour s'y faire pauvre

C'est aller avec lui en Egypte pour y partager son exil et sa pauvreté.
C'est rester avec lui à Nazareth dans le silence pour y mener une vie obscure et cachée.
C'est aller avec lui dans le désert pour y jeûner et y prier.
C'est parcourir les villes et les bourgades pour instruire les ignorants, consoler les affligés, guérir les malades et annoncer le salut au monde.

C'est combattre contre les vices et lutter contre le mal avec courage, fermeté.
C'est marcher au milieu des persécutions et des injustices du monde.
C'est monter sur le calvaire pour y mourir.
C'est se laisser clouer sur la croix et y mourir pour obéir à Dieu et sauver le monde.

C'est aller au ciel avec lui parce qu'il a dit que ceux qui l'auraient suivi sur la terre seraient à côté de lui dans le ciel.
Le serviteur n'est pas plus que le maître : il suffit au serviteur de ressembler à son maître (Mt 10, 24-25) pour être parfait.
Ego sum via. [Je suis le chemin] (Jn 14, 6)

Raha nifidy ny Apôstôliny i Jesoa dia nataony roa ambin'ny folo izy ireo mba hitoetra eo aminy (Mk 3, 14), tsy hisaraka aminy fa manaraka azy hatraiza hatraiza.

Pejy faha-341

Inona moa izany manara-dia an'i Jesoa Kristy izany ?

Ny manara-dia an'i Jesoa Kristy dia ny miara-mandeha aminy na aiza na aiza no alehany, manao izay ataony, tsy misaraka aminy na oviana na oviana mihitsy.
Maka tahaka azy amin'izay rehetra mbola azo angalana tahaka azy.
Manahaka ny ohatra nomeny, miezaka hitovy aminy araka izay tena tratry ny aina, mba ho tena tonga Izy mihitsy. Sacerdos alter Christus [Ny pretra dia i Kristy hafa koa].
Afaka milaza toa an'i Md. Paoly hoe : imitatores mei estote sicut et ego Christi [alao tahaka aho, toy ny nangalako tahaka an'i Kristy. (1 Kôr 11, 1)]
Io no nanafaran'i Jesoa ny Apôstôliny tamin'izy nilaza hoe : exemplum dedi vobis ut quemadmodum ego feci ita et vos faciatis. [Nanome ohatra anareo aho, mba hanaovanareo ny nataoko taminareo koa aminareo samy anareo. (Jo 13, 15)]
Ny manara-dia an'i Jesoa Kristy, izany hoe : miaraka aminy any an-tranon'omby mba ho tonga mahantra,
miaraka aminy any Ejipta mba hifampizara aminy ny sesitany sy ny fahantrany ;
miara-monina aminy ao Nazareta, anatin'ny fahanginana mba hiainana ny fiainana miafina sy tsy fantatr'olona,
miaraka aminy any an-taniefitra mba hifady hanina sy hivavaka.
Mitety ny vohitra sy ny tanàna miaraka aminy mba hampianatra ny bado, hanala alahelo ny tra-pahoriana, hanasitrana ny marary, ary hitory ny famonjena an'izao tontolo izao.
Miady amin'ny kilema sy ny fahazaran-dratsy, amin-kerim-po sy fahamatoran-tsaina.
Mizotra mora eo anivon'ny fanenjehana sy ny hasomparan'izao tontolo izao.
Miara-miakatra aminy eo an-tampon'ny Kalvery mba hiara-maty aminy.
Manaiky hofantsihina miaraka aminy eo ambony lakroa, ka miara-maty aminy eo mba ho fanekena an'Andriamanitra sy ho famonjena ny olona.
Miara-miakatra aminy any an-danitra satria voalazany fa ireo izay nanaraka azy teto an-tany dia efa nanokanany toerana eo akaikiny any an-danitra.
Tsy ambony noho ny tompony ny mpanompo, ampy azy ny mifanahaka aminy mba ho lavorary izy. (Mt 10, 24-25)
Ego sum via. [Izaho no lalana] (Jn 14, 6)

C'est non seulement le suivre extérieurement en faisant comme il a fait, suivant ses exemples mais c'est encore se remplir de son esprit.

Hoc sentite in vobis quod et in Christo Jesu. (Ph 2, 5) [Ayez entre vous les mêmes sentiments qui furent dans le Christ-Jésus.]
Se remplir de son esprit d'humilité, de pauvreté, de douceur et de charité :

qui dicit se in ipso manere debet sicut ille ambulavit et ipse ambulare. (1 Jn 2, 6) [Celui qui prétend demeurer en lui doit se conduire lui aussi comme celui-là s'est conduit.]
Ainsi, ce serait peu de chose de se contenter de l'extérieur mais il faut surtout se remplir de son intérieur afin de marcher réellement sur ses traces et agir dans le même sens et le même esprit.[1]

Comment faut-il suivre Jésus Christ ?

Avec foi, amour et générosité !
C'est le Verbe éternel, la Parole de Dieu vivante.
Avec foi. Je suis la voie, la vérité, la vie. (Jn 14, 6)
On peut suivre quelqu'un de près, de loin ; de loin, de près, pas du tout.
Je suis la lumière du monde, celui qui me suit ne marche pas dans les ténèbres mais il aura les lumières de la vie. (Jn 8, 12)

---

1. Ms XII 315 - Avant de suivre Jésus Christ, tout ce qu'il y a à faire : renoncer à tout, à la terre, aux créatures, à soi ; prendre la croix et le suivre. Sans toutes ces conditions, on est incapable de suivre vraiment Jésus Christ et de devenir un véritable disciple.

Pour suivre vraiment Jésus Christ, il faut être dégagé de tout, il faut être léger. C'est l'homme céleste. Ce n'est qu'à ces conditions qu'on peut vraiment être son disciple.

Suivez-moi dans mon esprit ; il ne s'agit pas de faire comme l'on veut, comme l'on pense mais comme Jésus Christ le pense, le veut. Ma manière de faire : esprit de Jésus Christ.
Suivez-moi, c'est-à-dire faites comme moi, passez par le même chemin que moi ;

Tsy vitan'ny fanahafana azy ety ivelany fotsiny amin'ny fanaovana toy ny nataony sy ny fanarahana ny ohatra nomeny, fa tena ivontosana mihitsy ny Fanahiny hanetsaka ny ainao manontolo.
Hoc sentite in vobis quod et in Christo Jesu. (Ph 2, 5) [Ataovy izay hanananareo ny toe-panahy hita ao amin'i Jesoa Kristy. (Fil 2, 5)]
Mifenoa ny fanahin'ny fanetren-tena, fanahin'ny fahantrana, fanahin'ny hamoram-po sy fahalemem-panahy ary ny fanahin'ny fitiavana.
qui dicit se in ipso manere debet sicut ille ambulavit et ipse ambulare. (1 Jn 2, 6) [Izay milaza fa mitoetra ao aminy ao izy, dia tsy maintsy mandeha toy ny nandehanany koa.]

Koa fenoy àry ny ao anaty fa tsy ampy toy inona akory ny ety ivelany é ! amin'izay dia tena hizotra amin'ny lalananalehany isika, hanao toy ny nataony koa.[1] même esprit ? ? ?

Atao ahoana ny manara-dia an'i Jesoa Kristy ?

Amim-pinoana sy fitiavana, ary fahafoizan-tena !
Izy no Teny mandrakizay sady tenin' Andriamanitra velona.
Amim-pinoana. Izaho no Lalanasy Fahamarinana ary Fiainana (Jo 14, 16).
Azo arahina akaiky, na lavitra ny olona iray ; lavitra na akaiky na tsy arahina mihitsy.
Izaho no fahazavan'izao tontolo izao, izay manaraka ahy tsy mba mandeha amin'ny maizina fa hahazo ny fanilon'ny fiainana. (Jo 8, 12).

---

1. MS XII 315 : Ny tsy maintsy atao alohan'ny hanarahan-dia an'i Jesoa Kristy : mamoy ny zava-drehetra, ny tany, ny zava-boaary, ny tena ; mandray ny hazofijaliany ; avy eo vao manaraka azy. Tsy ho tonga mpianany marina mihitsy raha tsy mahatanteraka ireo fepetra ireo. "Manana ny toe-panahin'i Jesoa Kristy ao aminareo." (Fil 2, 5)
Mba hanarahan-dia an'i Jesoa Kristy marina tokoa dia ialao izay rehetra manavesatra anareo, tsara raha tena maivana mihitsy. Izany no olon'ny lanitra, tsy vesaran-java-tsy ilaina. Ary matokia marina fa tena mpianatra marin'i Jesoa Kristy ianareo, raha tsy vesaran'ny entan-tsy ilaina amin'ny fanarahan-dia azy
Araho aho amin'ny fanahiko ! Aza manao izay saim-pantatrareo, fa ny saiko no araho, izay hevitro heverina, izay ataoko no ataovy ! Izany no tenin'i Jesoa Kristy ; izany no fanahin'i Jesoa Kristy.
Manaraha ahy, ataovy izay ataoko ary izay nandehanako andeha. Manaraha ny lalana

suivez-moi dans le chemin que j'ai pris pour accomplir ma mission ; faites comme j'ai fait, marchez sur mes traces, ne prenez pas d'autre chemin car vous pourriez vous tromper et ne pas arriver au but. Il faut que vous continuiez mon oeuvre. Vous êtes mes apôtres, mes [..] mes successeurs : il faut que vous fassiez comme moi pour arriver au but. J'ai converti l'univers : J'ai pris le chemin de la crèche, de la croix. Prenez la même route pour arriver au même but, autrement vous n'arriverez pas... dans l'esprit.

Je vous envoie comme mon Père m'a envoyé (Jn 20, 21) ; faites donc comme moi, si vous voulez remplir la mission que je vous confie au nom de mon Père.

==========

Note c. Mot illisible.

nombako nanatanteraka ny iraka nomena ahy. Manaova tahaka ny nataoko, aza maka lalanahafa fa izay efa naehako no andehano, ny diako no araho, raha tsy izany dia ho sodoka ianareo ka ho very an-javona, dia tsy ho tonga any amin'ny tanjona. Tsy maintsy manohy ny asako ianareo, satria irako, apôstôliko mpandimby ahy. Tsy maintsy manao ny nataoko ianareo vao ho tonga any amin'ny tanjona ho tratrarina. Nampibebaka ny voaary manontolo aho ; nomba tamin'ny lalananankany an-tranon'omby, nankany ambony lakroa. Iny lalanainy koa hombana fa aza maka làlan-kafa, raha tianareo ny ho tonga any amin'ny tanjona nahatongavako, raha tsy izany, tsy ho tonga any amin'ny … fanahiko ianareo.
Tahaka ny nanirahan'ny Ray ahy, no anirahako anareo koa ; manaova re toy ny nataoko é ! Amin'izay dia hotontosainareo tahaka ny nanatontosako azy ny iraky ny Ray miantefa aminareo !

==========

Note non traduite

Page 343

Verbum vitae. (1 Jn 1, 1) [Parole de vie]
Lux vera quae illuminat omnem hominem venientem in hunc mundum (Jn 1, 9). [La vraie lumière qui éclaire tout homme venant en ce monde]
Splendor patris, candor lucis aeternae. (Sg 7, 26) [Splendeur du Père, Resplendissement de la lumière éternelle.]
In quo sunt omnes thesauri sapientiae et scientiae. (Col 2, 3) [En lui sont cachés tous les trésors de la sagesse et de la science.]
In ipso inhabitat omnis plenitudo divinitatis corporaliter. (Col 2, 9). [En lui habite corporellement toute la plénitude de la divinité.]
A qui irions-nous ? vous avez les paroles de la vie éternelle. (Jn 6, 68).[1]

Avec amour. - C'est notre Sauveur
Nous sommes à lui, il nous a appelés, il nous a comblés de ses bienfaits, il nous a tout donné ; c'est notre Père, notre bienfaiteur : suivez-moi.
jugum meum suave et onus meum leve (Mc 11, 30), et invenietis requiem animabus vestris. (Mc 11, 29) [Mon joug est doux et mon fardeau léger et vous trouverez soulagement pour vos âmes.]

Avec générosité. - Le disciple n'est pas plus que le Maître. (Lc 6, 40)

Pejy faha-343

Verbum vitae. (1 Jn 1, 1) [Tenin'ny fiainana]
Lux vera quae illuminat omnem hominem venientem in hunc mundum (Jn 1, 9). [Fahazavana marina manilo an'izao tontolo izao] Famirapiratan'ny Ray (Heb 1, 3)
Splendor patris, candor lucis aeternae. (Sg 7, 26) [Taratry ny fahazavana mandrakizay (Fahendrena 7, 26)]
In quo sunt omnes thesauri sapientiae et scientiae. (Kôl 2, 3) [Ao aminy no miafina ny tahirim-pahendrena sy fahalalana]
In ipso inhabitat omnis plenitudo divinitatis corporaliter. (Kôl 2, 9) [Ao amin'ny tenany no tonga nofo ilay hafenoan'ny fomban'Andriamanitra]
"Handeha any amin'iza moa izahay, Tompo ? Ianao no manana ny teny mahavelona mandrakizay." (Jo 6, 68)[1]

Amim-pitiavana - Ny Mpamonjy antsika izany.

jugum meum suave et onus meum leve (Mc 11, 30), et invenietis requiem animabus vestris. (Mc 11, 29)[b] Azy isika, nantsoiny, nofenoiny soa, nomeny ny zava-drehetra. Ny Raintsika ihany koa, mpanao soa antsika : manaraha ahy. Mora ny jiogako, maivana ny entako ary hahita fiadanana ho an'ny fanahinareo ianareo. (Mt 11, 29).

Amim-pahafoizan-tena : Ny mpianatra tsy lehibe noho ny mpampianatra. (Lk 6, 40)

Il suffit au disciple de ressembler à son maître. (Mt 10, 25)
Je vous suivrai partout où vous irez. (Mt 8, 19)
je suis prêt à mourir pour vous. (Lc 22, 29 ; Mt 26, 35)
je donnerai ma vie poux vous. (Jn 13, 37)
allons et mourons avec lui. (Jn 11, 16)
Il y a trois sortes de disciples ; les bons, les mauvais, les parfaits.
Les bons font le nécessaire ; loi ; beaucoup, bons curés, bons vicaires.

Les mauvais ne font rien, scandalisent.
Les parfaits qui sentent le besoin de suivre Jésus Christ de plus près, qui sont touchés de sa pauvreté, de sa charité, de son dévouement, [de son] sacrifice et qui cherchent à lui ressembler le plus possible ; plus que la vie ordinaire : cela ne leur suffit pas.

Quelle différence entre ces âmes saintes et généreuses et les autres. Comme elles glorifient plus le bon Dieu.

Un vrai disciple glorifie plus Jésus Christ que cent autres bons.[2]

---

1. Ms XII 317 - Ce n'est pas un homme que nous suivons, c'est le Fils de Dieu. En suivant Jésus Christ, nous suivons la vraie lumière. C'est le Verbe de vie, c'est notre Maître, notre roi, notre fondement solide ; c'est la vérité, la vie, la résurrection.

2. Ms XII 318 - Ceux qui sentent le besoin de suivre Jésus Christ de plus près dans la pauvreté, l'humilité, la souffrance ; beaucoup de bons, mais il semble que ce n'est pas suffisant, qu'on peut mieux faire, qu'il faut avoir plus de vie, que cette vie ordinaire ne contente pas l'âme, ne satisfait pas le désir d'être à Dieu, que l'on peut mieux faire, que Jésus Christ demande de nous quelque chose de plus. Suis-moi.

Page 344

Pas de lenteur, de dégoût, de négligence.
Pas de loin, mais de près.
C'est la gloire de mon Père que vous deveniez mes disciples et que vous portiez

Ampy ho an'ny mpianatra ny manahaka ny mpampianatra azy. (Mt 10, 25)
Hanaraka anao aho, na aiza na aiza halehanao. (Mt 8, 19)
Vonona ny hiara-maty aminao aho. (Lk 22, 29 ; Mt 26, 35)
Homeko ho anao ny aiko (Jo 13, 37)
Ndeha isika hiara-maty aminy (Jo 11, 16)
Misy telo karazana ny mpianatra : ny tsara, ny ratsy, ny lavorary.
Ireo tsara dia manao izay tsy maintsy ataony ihany ; mahavita be, mompera curé mahafatra-po, vikera tsara fanahy.
Ireo ratsy kosa tsy manao ninoninona fa manafintohina fotsiny.
Fa ireo izay lavorary kosa, dia mahatsapa ny halalin'ny fanarahan-dia an'i Jesoa Kristy akaiky dia akaiky hany ka tolominy ny fahantrany, ny fitiavany, ny zotom-pony, ny fandeferany, ary karohana mandrakariva izay fomba rehetra hanahafana azy ambohimbony kokoa noho ny fiainana an-davan'andro satria tsy ampy azy mihitsy izany.
Be anie ny elanelana eo amin'ireo karazam-panahy ireo é : ny mahafoy tena sy ny sasany. Tena manome voninahitra an'Andriamanitra tokoa noho ny hafa ny mahafoy tena
Manome voninahitra an'i Jesoa Kristy bebe kokoa ny tena mpianany iray, toy izay ny zato tsara ihany.[2]

---

1. MS XII 317 : Tsy olombelona no arahitsika fa zanak'Andriamanitra. Eo ampanarahan-dia an'i Jesoa Kristy isika, dia manaraka ny fahazavany. Izy no Tenin'ny fiainana, Izy no Mpampianatra, Mpanjakantsika, fototra mafy orina ho antsika ; Izy no Fahamarinana, fiainana, fitsanganan-ko velona.
2. MS XII 318. Ireo izay mahatsapa fa ilaina tokoa ny manara-dia an'i Jesoa Kristy akaiky dia akaiky amin'ny fahantrana, fanetren-tena, fahoriana ; maro ny tsara fotsiny ihany, kanefa tsy ampy io toetra io ; manaova misimisy kokoa ; asio tsirony bebe kokoa ny fiainana satria tsy ampy hifalian'ny fanahy io fiainana an-davan'andro mitsilopilopy, mitsipozipozy io, tsy mahasahana ilay faniriana te ho an'Andriamanitra manontolo. Mety hahavita bebe ary tsaratsara kokoa isika, ary izany no angatahin'i Jesoa Kristy amintsika hoe : Manaraha ahy.

Pejy faha-344

Aza mitaredretra, aza be rikoriko, aza mba kamo.
Araho akaiky dia akaiky fa aza manalavitra.
Ho voninahitra ho an'ny Raiko ianareo raha tonga mpianatra, ary hahavokatra be

beaucoup de fruits. (Jn 15, 8)

Comment il faut suivre Jésus Christ.

Si nous examinons les principales actions de Notre Seigneur Jésus Christ, nous trouvons que pour imiter Jésus Christ, il faut le suivre
dans le jeûne et la prière,
dans sa douceur et son humilité, et sa pauvreté,
dans sa charité pour les hommes,
dans ses prédications,
dans ses combats,
dans ses persécutions,
dans ses souffrances,
et puis nous le suivrons dans sa gloire.

Ego sum via. (Jn 14, 6) [Je suis le chemin]
Exemplum. [Exemple]
Suivons Jésus Christ.

Page 345

1. Suivez-moi dans mon jeûne.[595]

Page 347

Le Père Chevrier voit le jeûne en relation avec la mission apostolique, conformément d'ailleurs à ce qu'on trouve dans la Bible.

Les règles qu'il donne nous apparaissent rigoureuses. Il faut se rappeler qu'à l'époque, la loi ecclésiastique du jeûne était encore exigeante. Il fallait notamment jeûner tous les jours de carême, les dimanches exceptés. Le Père Chevrier y ajoute les jeûnes alors prescrits dans le Tiers-Ordre de saint François. Mais il demande qu'on prenne le nécessaire quant à la quantité, pour pouvoir faire son catéchisme[597] et on

tokoa. (Jo 15, 8)

Atao ahoana no fanarahana an'i Jesoa Kristy.

Raha mandinika akaiky ireo asa lehibe nataon'i Jesoa Kristy Tompontsika isika, dia hahita fa raha te hanahaka Azy dia tsy maintsy hanaraka Azy
ao anatin'ny fifadian-kanina sy ny fivavahana,
ao anatin'ny halemem-panahiny sy ny fanetren-tena ary ny fahantrany,
ao anatin'ny fitiavany ny olona rehetra,
ao anatin'ny fitoriany ny Vaovao Mahafaly,
ao anatin'ny ady nataony,
ny fanenjehana azy,
ny fijaliany,
ary farany dia hanaraka azy any amin'ny voninahiny koa isika.

Ego sum via. (Jn 14, 6) [Izaho no lalana]
Exemplum. [Ohatra velona]
Arahintsika àry i Jesoa Kristy.

Pejy faha-345

1. Manaraha ahy ao anatin'ny fifadiako hanina.[596]

Pejy faha-347

Misy fifandraisana amin'ny iraka maha Apôstôly, voarakitra ao amin'ny Baiboly ny fahitan'i Mompera Chevrier ny fifadian-kanina.

Henjana tokoa ny fitsipika tiany harahintsika amin'izany. Tsara ho fantatra koa fa tamin'ny andron'i Mompera Chevrier anie ka tena henjam-be mihitsy ny lalàn'ny fiangonana mikasika ity fifadian-kanina ity. Tsy maintsy mifady hanina marina tokoa isan'andron'ny karemy, afa-tsy ny alahady. Nampian'i Mompera Chevrier ny fifadian-kanin'ny Tersieran'i Md. François koa io fa ny angatahiny kosa, dia ny hinanana izay

595 Ms XII 299-305
596 Ms XII 299-305.
597 P. 354

sent que ses préférences vont au jeûne de charité[598] *"quand on n'a pas le temps de manger et que l'on préfère rendre service au prochain plutôt que d'aller manger".*[599]

Au centre de tout, proposées à notre méditation, il y a ces paroles de Jésus qui ont tant frappé le Père Chevrier : Ma nourriture est de faire la volonté de celui qui m'a envoyé.[603] *"Quelles belles paroles" !*[604]

Pour ce chapitre, le Père Chevrier a fait un texte rédigé à la suite en laissant, comme d'habitude, une marge dans laquelle il comptait mettre sans doute des sous-titres, comme on pourra le voir dans la disposition typographique adoptée ; pratiquement, il n'a pas fait ce travail ; il n'y a que deux sous-titres à la fin.

Page 349

C'est le premier exemple que Jésus Christ nous donne dans sa vie en commençant sa vie apostolique ; avant de prêcher, d'enseigner, il se retire.

Jeûner, c'est se priver de nourriture
ou pour obéir à un précepte du Seigneur,
ou pour acquérir, acheter quelque grâce particulière,
ou pour remplir un précepte de charité qui est plus pressant que celui d'aller prendre sa nourriture.

C'est ce que nous remarquons dans la conduite de Notre Seigneur Jésus Christ, notre Maître.
Trois actes préparatoires à sa mission.

- Baptisé par Jean. Recevoir la consécration de Jean, le témoignage. La mission

tena ilain'ny vatana raha ny fatran-kanina no tenenina, mba hahavitana tsara ny fanabeazam-pinoana,[600] *tsapa ombieny ombieny aza fa tiany kokoa ny fifadian-kanina mba hitiavana bebe kokoa*[601] *ohatra, tsy manam-potoana hisakafoanana noho ny andraikitra hanompo ny namana.*[602]

Fa ny tena ifantohan'izany rehetra izany ka atolotra hodinihintsika, dia ny tenin'i Jesoa : « Ny sakafoko, dia ny manatanteraka ny sitrapon'Ilay naniraka ahy. »[605] *(Jo 4, 34). Tsara anie izany teny izany é ! ary tena nanaitra sy nanentana an'i Mompera Chevrier mihitsy.*[606]

Dia hoatry ny nahazatra azy ihany : tsy feno tanteraka ilay toko satria mbola naniry mafy ny hameno sy hanohy azy i Mompera Chevrier. Misy aza lohateny ihany no ao, dia pejy tsy misy soratra hafa…

Pejy faha-349

Ohatra voalohany nomen'i Jesoa Kristy antsika io teo amin'ny fiainany, teo am-panombohana ny asa nanirahana azy, alohan'ny hitory, hampianatra, nisintona izy aloha.
Tsy nihinana mihitsy, izany no dikan'ny hoe : mifady hanina
ka na hanekena ny didin'Andriamanitra io,
na hahazoam-pahasoavana manokana,
na hanatanterahana didim-pitiavana ahitam-bokatra bebe kokoa noho ny fihinanana sakafom-batana.

Izany no tsy maintsy tsapantsika eo amin'ny toetra nasehon'i Jesoa Kristy Tompontsika.
Zavatra telo loha mivaingana sy mazava tsara nanomanany ny firotsahana an-tsehatra amin'ny iraka niantefa taminy.

- Ny Batemy nataon'i Joany azy ! Fanokanana nataon'i Joany ! fanambarana sy

598 P. 353
599 P. 351
600 P. 354.
601 P. 353.
602 P. 351 ; jereo koa pp. 182, 188, 478.
603 Jn 4, 34
604 P. 351. Voir aussi pp. 182, 188, 478
605 Jo 4, 34
606 P. 351.

de Jean était de montrer Jésus Christ, de prêcher Jésus Christ, de l'annoncer au monde. Il vient pour ainsi dire, recevoir la mission de Jean, puisque Jean était son précurseur, l'ange[607] Nous ne pouvons agir sans mission... C'était sa consécration extérieure.

- Jeûner, dépouillement de la chair ; retranchement de tout ce qui est charnel, grossier, naturel.[609]
- Prière, homme spirituel par le jeûne et la prière. Et d'abord nous le voyons de suite après avoir reçu le baptême, poussé par le Saint Esprit, aller dans le désert pour y passer quarante jours dans le jeûne et la prière.

fitsanganan-ko vavolombelona. Ny nanirahana an'i Joany dia ny hanondro an'i Jesoa Kristy mba halalan'ny olona azy ; hanambara mialoha azy, satria mpialoha lalana azy izy, ary ny hanolotra azy ho fanta-bahoaka. Koa sahala amin'ny hoe handray ny iraka avy amin'i Joany no nahatongavany teo, dia i Joany mpialoha làlana, ilay anjely[608] mpanambara, iraka mahatoky. (Mk 1, 2)
Tsy afa-manao ninoninona isika raha tsy nirahina. Fanokanana azy hita maso io.
- Ny fifadiany hanina, fahafoizana ny ara-nofo, fanalavirana izay rehetra miankina amin'ny nofo, mantamanta, natoraly, manara-batana.[610]
- Ny fivavahana, olon'ny fanahy, noho ny fifadian-kanina sy ny fivavahana. Koa andeha àry avy hatrany dia harahintsika Izy, nentin'ny Fanahy nankany an-taniefitra mba hifady hanina sy hivavaka mandritra ny efapolo andro, raha vao nandray ny bateminy.

Page 350

Pejy faha-350

Il jeûne donc dans cette circonstance pour obéir à la volonté de son Père et acheter les grâces dont il a besoin pour commencer sa grande mission sur la terre qui est d'évangéliser les hommes.
Ainsi nous, quand nous avons quelque mission à remplir, nous devons la commencer par le jeûne et la prière.
Le Saint Esprit dit lui-même : Bona est oratio cum jejunio[La prière est bonne avec le jeûne. (Tb 12, 8)]
Un jour les apôtres n'avaient pu chasser un démon impur du corps d'un possédé et ils en demandaient la raison. Notre Seigneur leur répondit que ce démon ne peut se chasser que par le jeûne et la prière. (Mt 17, 21)

Il y a donc des grâces que nous ne pouvons obtenir que par le jeûne et la prière.

C'est ce que Moyse a fait sur la montagne où il a jeûné pendant quarante jours et quarante nuits.
C'est ce que saint Jean-Baptiste faisait dans le désert où il ne vivait que de sauterelles et de miel sauvage. (Mt 3, 4)
Anne ne sortant pas du temple, servant Dieu Jour et nuit dans le jeûne et la prière. (Lc 2, 37)

Mba hanekena ny sitrapon'ny Rainy sy ho takalon'ny fahasoavana ilainy eo am-panombohana ny asa lehibe nanirahana azy, dia ny fitoriana ny Evanjely amin'ny olombelona rehetra, dia nifady hanina Izy.
Dia tahaka izany koa no tsy maintsy ataontsika isaky ny hanomboka iraka lehibe. Mifadia hanina ary mivavaha.
Hoy manko ny Fanahy Masina : Bona est oratio cum jejunio (Tob. 12, 8) [Ny vavaka ombam-pifadian-kanina dia tsara.].
Indray andro, tsy naharoaka demony maloto tamin'ny vatan'olona iray ny apôstôly ka nanontany an'i Jesoa ny anton'izany. Namaly azy ireo ny Tompontsika ka hoy izy : Io karazan-demony io dia tsy voaroaka afa-tsy amin'ny fifadian-kanina sy ny fivavahana ihany. (Mt 17, 21)
Misy izany ny fahasoavana tsy ho azontsika mihitsy raha tsy amin'ny alalan'ny fifadian-kanina sy ny fivavahana.
Izany no nataon'i Moïzy tany an-tendrombohitra raha tsy nihinan-kanina nandritra ny efapolo andro sy efapolo alina izy.
Dia izany koa no nataon'i Joany Batista tany an-taniefitra satria tsy nihinana afa-tsy valala sy tantely remby izy. (Mt 3, 4)
Hanà tsy nivoaka ny tempoly fa nanompo an'Andriamanitra tamin'ny fifadian-kanina sy ny fivavahana. (Lk 2, 37)

607 Note a : Le mot ange qui signifie messager est appliqué à Jean-Baptiste par saint Marc.
608 NON TRADUIT
609 Note b. "Naturel", au sens de soumis à nos penchants spontanés.
610 NON TRADUIT

Et les apôtres eux-mêmes, avant d'imposer les mains à Paul et à Barnabé : ils jeûnèrent et prièrent et, après avoir jeûné et prié, ils leur imposèrent les mains et les laissèrent aller. (Ac 13, 3)

Et saint Paul recommande aux prêtres de se montrer de dignes ministres de Dieu en supportant avec patience les tribulations, les prisons, les nécessités et vivant dans le travail, les veilles, les jeûnes et la chasteté. (2 Co 6, 4)

Et en toutes choses nous nous rendons recommandables comme membres de Dieu par une grande patience dans les maux, dans les nécessités, angoisses, sous les coups, dans les prisons, les séditions, les travaux, dans les veilles, dans les jeûnes. (2 Co 6, 4-5)

J'ai été exposé à toutes sortes de travaux, de fatigues,

Ary ny Apôstôly, alohan'ny nametra-tànana tamin'i Paoly sy i Barnabe : nifady hanina sy nivavaka izy ireo, ary rahefa avy nifady hanina sy nivavaka, dia nametra-tànana tamin'izy roa lahy ary namela azy handeha. (Asa 13, 3)

I Md. Paoly indray namela izao hafatra izao ho an'ny pretran'ny fiangonana : Ento hahamendrika ny maha-mpandraharahan'Andriamanitra anareo, ny faharetana lehibe amin'ny fahoriana, amin'ny fahaterena, amin'ny fahantrana, amin'ny kapoka, amin'ny trano maizina, amin'ny tabataba, amin'ny fisasarana, amin'ny fiaretan-tory, amin'ny fifadian-kanina, ary fahadiovan-toetra… (2 Kôr 6, 4)

Ary amin'ny zavatra rehetra, mba tsy ho azo tsinina ny fandraharahanay, fa mainka entinay hahamendrika ny tenanay araka ny mety amin'ny mpandraharahan'Andriamanitra, dia faharetana lehibe amin'ny fahoriana, amin'ny fahaterena, amin'ny kapoka, amin'ny fahantrana, amin'ny trano maizina, amin'ny fisasarana, amin'ny fiaretan-tory, amin'ny fifadian-kanina, ary fahadiovan-toetra. (2 Kôr 6, 4-5)

Matetika saika nidiran-doza aho, dia loza avy amin'ny asa mafy, hasasarana…

de nombreuses veilles, à la faim à la soif, à des jeûnes réitérés, au froid, à la nudité. (2 Co 11, 27)

Quatre sortes de jeûnes,

1. On peut jeûner parce que la loi le commande,
2. ou parce qu'on n'a pas de quoi manger,
3. ou bien aussi parce qu'on veut faire pénitence pour obtenir quelques grâces particulières,
4. ou parce que l'on n'a pas le temps de manger et que l'on préfère rendre service au prochain plutôt que d'aller manger.

Il y a le jeûne volontaire par lequel on se prive de nourriture pour rendre service au prochain.

C'est l'amour qui nous impose la charité et l'amour de Dieu et des âmes, par lequel on préfère servir Dieu et le prochain à prendre sa nourriture.

C'est ce que Notre Seigneur exprime très bien quand il répond à ses apôtres qui lui disent de manger : Moi, j'ai une nourriture que vous ne connaissez pas, ma nourriture, c'est de faire la volonté de mon Père. (Jn 4, 34)

Quelles belles paroles ! La volonté de son Père, c'est sa nourriture ; lorsque les autres ne pensent qu'à manger, qu'à acheter, qu'à préparer ce qu'ils doivent manger, Jésus Christ ne pense qu'à faire la volonté de son Père et oublie, pour ainsi dire, cette

… fiaretan-tory matetika, hanoanana, hetaheta, fifadian-kanina matetika, ny hatsiaka, ny fitanjahana. (2 Kôr 11, 27)

Karazam-pifadian-kanina efatra

1. Azo atao ny mifady hanina satria voadidin'ny lalàna,
2. na noho ny tsy fananan-ko hanina,
3. na noho ny fitiavana hanao asa fivalozana, mba hahazoana fahasoavana manokana,
4. na noho ny tsy fananana fotoana ihinanana satria be ny andraikitra ka aleo tsy mihinana toy izay mampijaly ny sasany.

Misy araka izany ny fifadian-kanina atao an-tsitrapo tanteraka ka tsy ihinanan-kanina noho ny fitiavana hanompo ny namana.

Terem-pitiavana isika amin'izany dia ilay fitiavana an'Andriamanitra manosika antsika hanompo ny namana mba hampihinana azy.

Izany hevitra izany no tian'ny Tompontsika ho takarintsika raha namaly ny Apôstôly nanasa azy hihinana izy hoe : Manana karazan-kanina izay tsy fantatrareo aho, ny haniko dia ny manatanteraka ny sitrapon'ny Raiko. (Jo 4, 34)

Tsara anie izany teny izany é ! Ny sitrapon'ny Rainy no hanin-ko haniny ; ny an'ny sasany dia ny hihinana, hividy, hanomana io sakafom-batany mora simba io no mahamay azy, fa ny an'i Jesoa Kristy kosa ny hanao ny sitraky ny Rainy, ka hadinony

nourriture du corps que nous cherchons tant. La volonté de son Père passe avant tout ; il laisse tout pour accomplir cette sainte volonté.
Quel bel exemple pour nous qui craignons tant de retarder nos repas, de manquer d'un plat, du dessert ! Comme il s'occupait peu de cette nourriture corporelle ! Assis sur le bord du puits de Jacob, il demande un peu d'eau à la Samaritaine. (Jn 4, 7)

Quand les apôtres lui apportent à manger, il leur dit qu'il a une nourriture qu'ils ne connaissent pas. Nourriture invisible qui est de faire la volonté de son Père.

En passant le long des blés avec les apôtres, ils froissent des épis dans leurs mains pour les manger, parce qu'ils avaient faim. (Mt 12, 1)

mihitsy io vatana mahafatifaty antsika io. Ny sitrapon'ny Rainy aloha no voalohany indrindra, ampiandrasany ny sisa rehetra mba hanatontosany io sitrapo masina io.
Oha-pitondran-tena tena mahazendana mihitsy raha ampitahaina amin'ny antsika, dia isika matahotra ny tsy hahazo anjara satria lanin'ny sasany ny sakafo, ny karazan-kanina iray, ny tsindrin-tsakafo ka mety hangaina eo isika ! Tsy dia noraharahiny firy mihitsy ny sakafom-batana ! Teo amoron'ny fantsakan'i Jakoba izy no nipetraka dia nangata-drano kely tamin'ilay vehivavy samaritanina mba hosotroina. (Jo 4, 7)
Rahefa tonga ny Apôstôly nitondra sakafo ho azy, dia novaliany fa manan-kanina tsy fantatr'izy ireo Izy. Hanina tsy hita maso dia ny fanaovana ny sitrapon'ny Rainy.

Raha nandalo nanamorona ny tanimbary niaraka tamin'ny Apôstôliny izy, dia nioty varimbazaha izy ireo ka nokosehiny tamin'ny tanany dia nihinana satria efa noana mafy. (Mt 12, 1)

Page 352

Pejy faha-352

Il cherche des figues sur un figuier parce qu'il avait faim. (Mt 21, 18)[1]
Et souvent ils n'avaient pas le temps de manger parce que la foule de monde était si grande qu'ils ne pouvaient sortir et se contentaient probablement d'un morceau de pain.
Sur la croix, il a soif et on ne lui donne que du fiel et du vinaigre.
Voilà donc comment vivait Notre Seigneur.
Il cherchait la volonté de son Père et le salut du prochain avant sa propre nourriture.
Et ce jeûne qu'impose la charité n'est pas le moins agréable à Dieu et il vaut bien celui qui est commandé et que l'on ne fait souvent qu'à moitié ou qu'avec répugnance.

C'est ce jeûne dont parle saint Paul : jeûne volontaire, jeûne de charité. (2 Co 6, 5)

Les saints n'avaient point d'heure pour manger ; ils mangeaient comme en courant et ils mangeaient ce qu'ils avaient, ce qu'ils trouvaient, ce qu'ils pouvaient. Et nous, nous voulons toujours être bien traités, avoir toujours un certain nombre de plats, ne pas manquer de dessert.
Avoir toujours la quantité et la qualité.
Avoir toujours sa table bien mise, bien propre, bien préparée, bien arrangée.

Notre Seigneur et les saints avaient tantôt ce qu'il fallait, tantôt ils manquaient du nécessaire et ils faisaient comme ils pouvaient.
Scio esurire. Scio abundare. (Ph 4, 12) [Je me suis initié à la satiété comme à la faim.]
Le mérite du jeûne vient de ce qu'on fait à Dieu un sacrifice réel de soi-même à Dieu

Nitady voan'aviavy izy hohanina satria noana. (Mt 21, 18).[1]
Matetika mihitsy izy ireo no tsy nanam-potoana nihinanana noho ny hamaroan'ny olona ka tsy afa-nivoaka akory, ary angamba dia nihinana tamin'ny tapa-mofo maina fotsiny.
Teo ambony lakroa, nangetaheta izy dia nomena afero miharo vinaingitra.
Izany ny niainan'ny Tompontsika.
Nikatsaka ny sitrapon'ny Rainy sy ny fanavotana ny fanahin'ny olona aloha izy.
Ary vao mba nihinan-kanina noho ny fitiavana ny namana io ; ambonimbony kokoa aza noho ilay voadidin'ny lalàna izay tanterahina satria voatery dia sady atao tapany no am-pimonjomonjoana.
Io fifadian-kanina io no voalazan'i Md. Paoly : fifadian-kanina an-tsitrapo, fifadian-kanina noho ny fitiava-namana. (2 Kôr 6, 5)
Tsy mba nanana ora nihinanana ny olomasina : tahaka ny nihazakazaka izy nihinana ; izay nisy teo no nohaniny ; izay azony nohanina no nasesiny ; ary izay hitany no narapany ; isika anefa mitady hokarakaraina fatratra, mitaky karazan-kanina betsaka, tsy mahafoy tsindrin-tsakafo.
Sady mila be no mitady ny matsiro mandrakariva.
Takiana daholo izao rehetra izao : latabatra voadio tsara, voamboatra, voaomana, voaravaka.
Ny Tompontsika sy ny olomasina mba nanana ny ampy indraindray fa matetika dia matetika, tsy nanana ny nilaina akory ka izay azony natao no nataony.
Scio esurire. Scio abundare. (Fil 4, 12) [Haiko ny mihafy, haiko ny manambe.]
Ny tombon-tsoa lehibe indrindra azo avy amin'ny fifadian-kanina, na atao am-

par obéissance ou volontairement. Et quand cette privation se fait par un motif de charité pour le prochain, que l'on se prive pour être utile à son prochain, alors il y a double mérite.

Quant à l'abstinence, Dieu nous en montre la

panekena na atao an-tsitrapo, dia ny fanaovana izany ho an'Andriamanitra, am-pandeferana, ka ahafoizana ny tena manontolo noho ny fitiavana Azy. Tombon-tsoa roa sosona kosa no azo raha toa ka noho ny fitiavana hanompo ny namana no hafoizana ny hanin-kohanina.
Raha ny fifadian-kena indray no resahina, dia Andriamanitra mihitsy no manambara amintsika...

---

1. Ms XII 326 - Il mange avec ses apôtres dans les plaines, les déserts, les montagnes : on allait acheter de quoi manger et on le mangeait sous un arbre.

1. Ms XII – 326 : Teny an-tany lemaka teny izy no niara-nihinana tamin'ny Apôstôliny ; tany an-taniefitra, tany an-tendrombohitra ; nividy izay nety nohanina dia teo am-body hazo no nihinana.

nécessité et l'utilité quand il l'impose lui-même à Adam pour lui faire mériter le ciel par un acte d'obéissance et de privation ; elle est donc juste et légitime.[611]

… ny ilàna azy sy ny tombon-tsoany tamin'ny nanomezany azy an'i Adama mba hahamendrika azy ny lanitra amin'ny alalan'ny fanekena sy ny fifadiana ; koa sady rariny izy io no ara-dalàna.[612]

Pratique.

Pour suivre Notre Seigneur Jésus Christ dans son jeûne et entrer dans son esprit, nous observerons, autant que nous pourrons, les jeûnes de préceptes, les jeûnes des pauvres, les jeûnes de charité et l'abstinence.

- *Jeûnes de préceptes*, sont les jeûnes de l'Eglise : carême, vigiles, quatre-temps ; jeûnes du Tiers-ordre, avent (le mercredi et le vendredi seulement), vigile de saint François et de l'Immaculée-Conception et tous les vendredis de l'année.

- *Jeûne du pauvre*, savoir jeûner quand on n'a pas de quoi manger ; manger ce qu'on nous donne une fois par mois, le jour de la retraite du mois.

- *Jeûne de charité*, c'est-à-dire que nous ne craindrons pas de retarder notre repas, quand ce sera nécessaire pour exercer la charité, de sortir de table pour aller remplir un autre devoir de charité à l'égard du prochain. Il faut s'oublier soi-même pour les autres ; dans ce cas, pour ne déranger personne et n'être pas, pour les

Fampiharana.

Mba hanarahantsika dia an'i Jesoa Kristy amin'ny fifadiany hanina àry ka hahazoantsika ny fanahiny, dia hiezaka isika, hitandrina araka izay mety ho vitantsika, ny fifadian-kanina voadidy, ny fifadian-kanin'ny mahantra, nu fifadian-kanina noho ny fitiava-namana, ary ny fifadian-kena.

- *Fifadian-kanina voadidy*, dia izay andidian'ny fiangonana antsika : Amin'ny Karemy sy ny andro mialohan'ny fety lehibe sasany, ny isan-telo volana ; ny fifadian-kanin'ny Tersiera ; amin'ny Fiavian'ny Tompo (Alarobia sy Zoma ihany), ny andro mialoha ny fetin'i Md. François sy Masina Maria notorontoronina tsy azon-keloka ; ary isaky ny zoma mandavan-taona.
- *Fifadian-kanin'ny mahantra*, mizatra mifady hanina raha tsy manan-ko hanina ; hano izay atolotra hohaninareo indray mandeha isam-bolana amin'ny fotoana anaovana ny laretirety.
- *Fifadian-kanina noho ny fitiavana* hanompo ny namana dia toy izao : aza matahotra ny hanemotra ny oran'ny sakafonao raha ohatra ka ny fanompoanao ny namana no mitaky izany ; na mitsangan-komana noho ny fanompoana ny namana ihany koa. Mbà mahay manadino ny tena hanompoana ny sasany ; ka amin'izay

611 Note a. Cette interprétation du "fruit défendu" de Gn 3, n'est pas propre au Père Chevrier. Elle rétrécit considérablement le sens de ce passage de l'Ecriture.
612 Nôty a : NON TRADUITE

autres, un sujet de mécontentement ou de peine, on mangera sa portion qui doit rester sur la table et qu'on aura soin de ne pas emporter. Si c'est froid, tant pis. Et, si on veut, on fera bien de laver son assiette et verre pour ne causer de dérangement à personne à cause de soi. Il faut savoir souffrir et ne faire souffrir personne.

Abstinence : le mercredi, vendredi et samedi.

Observations sur le jeûne.

Les jours de jeûne nous prendrons le frustulum[613] permis par l'Eglise.

Page 354

On servira toujours, les jours de jeûne, le matin, du pain, du vin et des fruits et chacun prendra ce qui lui sera nécessaire quant à la quantité, pour pouvoir faire son catéchisme.
Les estomacs plus délicats, plus faibles, pourront prendre du chocolat ou café à l'eau, en quantité suffisante pour accomplir le devoir de leur charge parce que les devoirs de charité, des offices spirituels, les emplois dits charges sont plus excellents que le jeûne. Si on ne peut Jeûner matériellement, on peut toujours faire le jeûne spirituel.
Quand on ne pourra pas jeûner du tout on dira, à genoux, avant le déjeuner dans sa chambre ou au réfectoire, si cela se peut, un Pater et un Ave à genoux, les bras en croix, pour nous rappeler que si nous mangeons c'est par grâce et par nécessité et qu'il faut demander pardon à Dieu avant de le faire.

Il faut tenir surtout à ce qu'il y ait une différence entre les jours de jeûne et les autres jours ; que le service du matin soit tout différent et représente un signe de pénitence.

Si la santé ne permet pas de jeûner, on peut prendre la même quantité de nourriture, mais qu'elle soit différente, c'est-à-dire plus pauvre, plus simple, plus grossière : du pain, du vin, fruits, mais rien de cuit, de préparé exprès et alors on entre dans l'esprit de pénitence.

Page 355

fotoana izay, mba tsy hanelingelina na hampatezitra ny sasany, dia avelao eo ambony latabatra ny anjara haninao fa aza enti-manaraka, ka rehefa tafaverina ianao mihinana azy na dia mangatsiaka aza izy ; rehefa avy mihinana dia sasao ny lovia sy ny vera mba tsy hanomezam-pahasahiranana ny namana. Mahaiza mijaly fa aza mampijaly olona.
Ny fifadian-kena kosa dia isaky ny alarobia sy zoma ary sabotsy.

Fanamarihana momba ny fifadian-kanina.

Mandritra ireo andro fifadian-kanina voalaza ireo, dia ho tanterahintsika ilay frustulum[614] [sakafo indray am-bava] eken'ny fiangonana.

Pejy faha-354

Amin'ireo andro ifadian-kanina ireo, dia hasiana mofo sy divay ary voankazo mandrakariva eo ambony latabatra, amin'ny maraina, ka anjaran'ny tsirairay ny maka izay ilainy mba hahatanterahany tsara ny fanaovana katesizy.
Ny manam-bavony marisarisa kosa dia afaka mihinana sôkôla kely, na kafe mitapo-drano ampy hanatontosana ny adidin'ny tena, satria ny fanatanterahana ny adidin'ny tena na ara-nofo na ara-panahy dia ambony lavitra noho ny fifadian-kanina. Raha tsy afa-mifady hanina ara-nofo dia mahaiza mifady am-panahy.
Raha tsy afa-mifady hanina mihitsy, dia miezaha alohan'ny hihinana, na ao an-trano fihinanana, na any an-taniefitranonao, hanao am-pandohalihana, ny Rainay any an-danitra iray, Arahaba ry Maria iray, ka ahinjitra ny tànana mba hahatsiarovana fa fahasoavana ny sakafo sady ilain'ny aina ka angataha-pamelana amin'Andriamanitra ny tsy fahafahana mifady azy.
Tandremo mandrakariva ny hisian'ny fahasamihafana eo amin'ny andro fifadiana sy ny an-davan'andro ; mariho tsara io amin'ny sakafo maraina mba ho famantarana ny fivalozana atao.
Mihinana izay fihinanao raha tsy afa-mifady noho ny antom-pahasalamana ianao, fa aoka kosa mba ho tsotsotra sy mahantrahantra kokoa izy noho ny an-davan'andro : mofo, divay, voankazo, fa aza asiana hani-masaka voavoatra manokana mba hiombonana amin'ny toe-panahim-pivalozana.

Pejy faha-355

613 Note b. Mot latin qui désigne un repas très léger : prendre juste une "bouchée".
614 Nôty b : NON TRADUITE

2. Suivez-moi dans ma prière[615]

Page 357

Le Père Chevrier n'a jamais donné beaucoup d'explications sur ce qu'est la prière en elle-même, que ce soit dans le Véritable Disciple ou ailleurs. Il préfère en montrer les résultats, les bons effets de la prière[617]. Ces effets culminent dans la transfiguration de celui qui prie, il est de plus en plus transformé à l'image du Christ[618]. Nous sommes donc établis dans une visée tout à la fois apostolique et contemplative.

Comment apprendre à prier ? Le Père Chevrier nous met simplement devant les exemples et les enseignements de Jésus Christ. C'est à force de regarder, d'écouter Jésus priant qu'on peut découvrir en soi la prière.

Un autre souci du Père Chevrier est de vivifier les exercices habituels de prière. C'est ainsi qu'il a toujours fait, soit envers les enfants de la Première communion, soit envers le public de la chapelle du Prado, soit envers les prêtres et séminaristes de la maison. Il n'a pas cherché spécialement à créer de nouvelles formules de prières mais il a fait beaucoup de tentatives pour adapter les formules couramment employées autour de lui, particulièrement le Rosaire et le Chemin de la croix. Dans ses efforts d'adaptation il veut mettre au premier plan la connaissance de Jésus Christ, la méditation des mystères du Christ. Les formules de prières sont utilisées pour aider et soutenir cette méditation et, au besoin, elles sont adaptées pour y mieux parvenir.

Pour la célébration de l'Office divin auquel les prêtres sont tenus, on perçoit une préoccupation analogue. Il propose des intentions de prière pour chaque partie de l'Office.[621] C'est une tentative pour montrer l'unité qui doit exister entre la prière du prêtre et son activité apostolique.

615 Note a : MS XII 305-313.
616 Nôty a : Ms XII 305-513.
617 Pp. 361-363.
618 Cf. 2 Co 3, 18.
619 Pp. 361-363.
620 2 Kôr 3, 18.
621 P. 363.

2. Manaraha Ahy amin'ny fivavahako.[616]

Pejy faha-357

Tsy nanazava zavatra maro momba ny fivavahana mihitsy i Mompera Chevrier, raha ny hoe fivavahana fe fivavahana no tenenina, na ato amin'ny boky Mpianatra Marina na any an-kafa. Fa ny vokatra azo avy aminy kosa no tena nasehony : « ny voka-tsoa azo avy amin'ny fivavahana.[619] Ny faratampon'ny vokany dia ny fanovana endrika ilay mpivavaka, miha miova hatrany izy ka maka ny endrik'i Kristy.[620] Koa sady irahina isika eto no mibanjina.

Ny fibanjinana an'i Jesoa sy ny fihainoana azy mivavaka no ahazoantsika mamantatra ny fivavahana. Izany hevi-dehibe izany no nentin'i Mompera Chevrier namaly ny fanontaniana hoe : atao ahoana no mianatra mivavaka ? Ny ohatra sy ny fampianaran'i Jesoa Kristy ihany no nomeny antsika.

Anisan'ny zavatra nimasoan'i Mompera Chevrier ny famelombelomana ny vavaka an-davan'andro. Nataony izany na tamin'ireo ankizy nanomana ny komonio voalohany, na tamin'ireo vahoaka tao amin'ny sapelin'ny Prado, na tamin'ireo pretra sy ny seminarista tao an-trano. Tsy nikaroka ny hamorom-bavaka manokana mihitsy izy, fa ireo efa nisy sy fanao an-davan'andro, toy ny Rozery sy ny Làlan'ny hazofijaliana no namafisiny. Ny fahalalana an'i Jesoa Kristy no nataony lohalaharana tamin'izany ezaka rehetra izany, ny fandinihana lalina ny misterin'i Kristy. Natao hanampy manko ny tonom-bavaka, natao hanohana ny fandinihana sy ny fandalinana, ary natao hifanaraka amin'izay ilàna azy ka hahatongavana amin'izay kendrena ho azo.

Toy izany koa no tsapa eo amin'ny fankalazana ny vavaka tsy maintsy ataon'ny pretra isan'andro. Nanolotra ranombavaka ho an'ny isan-tokom-pivavahana izy.[622] Ireo tolo-kevitra nomeny ireo dia mba hampifandraisana ny vavaka atao sy ny asa nanirahana ny pretra.

On peut percevoir une autre préoccupation. A l'époque du Père Chevrier, la coutume veut qu'un bon prêtre dise, dans l'après-midi ou le soir, matines et laudes qui devraient être la prière nocturne et l'office du matin. Au début de sa journée, il dit à la suite Prime, Tierce, Sexte et None, qui devraient être réparties au cours de la journée et au début de l'après-midi, Vêpres et Complies qui sont, en fait, deux

Mbola misy zavatra tsapa hafa koa an-koatra izany dia izao : tamin'ny andron'i Mompera Chevrier, dia fanao nahazatra ny pretra ny manao ny « matines » sy ny « laudes » amin'ny tolak'andro na amin'ny hariva na dia vavaka amin'ny alina sy madiva maraina aza izany. Koa teo am-panombohana ny andro, vao maraina be, dia nataony nifanesy ny « Prime, Tierce, Sexte, None ». ny tokony ho izy dia tsinjaraina araka ny ora anatin'ny andro iray ireo ; ary amin'ny fiandohan'ny tolak'andro no nataony ny « Vêpres » [vavaka hariva] sy ny « Complies » [vavaka hatory],

Page 358

Pejy faha-358

offices du soir. Le Père Chevrier ne songe pas à réagir contre ce décalage anormal ; mais les prières qu'il propose au lever, Cantique des créatures[623] et psaume 50, sont comme un résumé de l'Office de Laudes et les prières prévues au moment du coucher sont diverses pièces de l'Office des Complies.

izay samy vavaka hariva daholo. Tsy dia nasiany teny firy ny amin'ireny tsy fietezan-javatra ireny ; fa ny soso-keviny kosa dia ny hanaovana ny « tononkiran'ny voaary » sy ny salamo 50 raha vao mifoha, mba hamintinana ny « Laudes » [vavaka maraina], ary alohan'ny hatory kosa ny tonom-bavaka sasantsasany amin'ny « Complies » [vavaka hatory].

On retrouve ailleurs, chez le Père Chevrier, ce désir de vie liturgique adaptée. Quand il s'agit d'initier les séminaristes à l'étude personnelle de l'Évangile, il propose de le faire en conformité avec le cadre du cycle liturgique annuel. Dans la formation catéchistique des enfants du Prado, il avait le désir de les faire participer à la messe de telle façon qu'ils ne s'y ennuient pas (ou du moins pas trop !) et surtout qu'ils découvrent dans la messe la présence de tout ce qu'ils apprenaient au catéchisme.

Tsapa mihitsy ny fampanarahana ny fandaharam-bavaka amin'ny tonon'andro, tao amin'i Mompera Chevrier. Ho an'ny seminarista mianatra manokana ny Evanjely, dia nampanarahiny ny Evanjely mandavan-taona izy ireo. Mba tsy hampanorisory ny ankizy nianatra katesizy tao amin'ny Prado, dia nataony izay azony natao mba hamonjen'izy ireo ny Sorona Masina, ka nanarahany ny Evanjely nifanaraka tamin'ny fianarany.

C'est un instinct apostolique très sûr qui lui donnait ces préoccupations, mais la vie liturgique de l'époque ne lui fournissait pour ainsi dire aucun moyen adapté et il n'était pas capable d'être un précurseur en ce domaine, sinon par le désir.

Na dia faniriany fatratra aza anefa ny hahatontosa izany araka ny iainantsika azy ankehitriny, dia izay efa nisy no nampiasainy satria nahiany mafy ny tsy hifanaraka amin'izay efa nalahitry ny fiangonana.

Page 359

Pejy faha-359

La prière est un des devoirs les plus importants de la religion. Nous avons donc à bien examiner comment Notre Seigneur le remplit afin que nous puissions faire de même.

Anisan'ireo adidy lehibe indrindra tsy maintsy tanterahina ao amin'ny finoana ny fivavahana. Koa andeha hodinihintsika akaiky ny fomba nentin'ny Tompontsika nanatontosa azy mba hanaovantsika toy ny nataony koa.

Il se retire pendant quarante jours dans le désert pour y jeûner et y prier.

Nitokana efapolo andro tany an-taniefitra izy mba hifady hanina sy hivavaka.

Or Jésus, plein du Saint Esprit, revient du Jourdain et aussitôt l'Esprit le poussa dans le désert pour être tenté par le diable et il était parmi les bêtes et il y resta quarante

Ary feno ny Fanahy Masina i Jesoa, dia niverina avy tany Joridany, ka nentin'ny Fanahy tany an-taniefitra efapolo andro, sady nalain'ny demony fanahy izy no niara-

622 P. 363.
623 Dan 3, 57-58.

jours et quarante nuits. (Lc 4, 1)

Il se lève de grand matin pour aller prier dans un lieu désert.

Quand le jour fut venu, Jésus s'étant levé de grand matin, sortit et s'en alla dans un lieu désert et là il priait. Et ses apôtres le cherchaient et, l'ayant trouvé, il alla avec eux. (Mc 1, 35.)

Il se retire de la foule et va prier dans le désert.

Après ses miracles, lorsque la foule affluait de toutes parts, lui se retirait dans le désert et là, il priait. (Lc 5, 16)

Il priait en chemin avec ses disciples.

Quand il était en chemin, même avec ses disciples, il se tenait quelquefois seul, à l'écart et priait. (Lc 9, 18)

Il se retira la nuit au jardin des oliviers pour y prier

Le jour, Jésus enseignait dans le temple ; mais la nuit, sortant, il se retirait sur la montagne des oliviers pour prier et tout le peuple venait de grand matin vers lui au temple, pour l'entendre dans le temple. (Lc 21, 37)

Page 360

Il se retire sur une haute montagne pour prier.

Jésus prit avec lui Pierre, Jacques et Jean et les conduisit seuls, sur une haute montagne, à l'écart et il monta sur la montagne pour prier et pendant qu'il priait, son visage devint tout autre et il fut transfiguré devant eux. (Lc 9, 28-29 ; Mc 9, 2 ; Mt 17, 1)

Ses apôtres le voyant toujours prier lui demandèrent comment il fallait prier.

Comme il priait en un certain lieu un de ses disciples, après qu'il eut fini, lui dit : Seigneur, enseignez-nous à prier, comme Jean lui-même l'a enseigné à ses disciples. (Lc 11, 1)

Il prie après son baptême.

Et voilà que, pendant que Jésus, après son baptême, était en prière, les cieux lui furent ouverts. (Lc 3, 21)

nonina tamin'ny biby dia ary nijanona tany efapolo andro sy efapolo alina. (Lk 4, 1)

Nifoha vao maraina koa izy dia naka toerana mangina mba hivavaka.

Ny ampitso, nifoha maraina koa Izy, dia nivoaka nankany amin'ny tany mangingina, ka nivavaka tany. Dia nitady azy ny Apôstôliny ka rahefa nahita azy izy ireo dia nanaraka azy ireo izy. (Mk 1, 35)

Niala teo amin'ny vahoaka Izy dia lasa nivavaka tany an-taniefitra.

Taorian'ireo fahagagana betsaka ireo dia nirohotra nankeo aminy ny vahoaka, Izy kosa anefa, lasa nihataka kely tany an-taniefitra ka nivavaka tany. (Lk 5, 16)

Teny an-dàlana Izy dia nivavaka niaraka tamin'ny mpianany.

Teny an-dàlana, nihataka kely izy indraindray, na dia niaraka tamin'ny mpianany aza dia nivavaka. (Lk 9, 18)

Ny alina, dia lasa tany an-tanimbolin'ny oliva izy mba hivavaka.

Nampianatra tao an-tempoly i Jesoa ny antoandro, fa nony alina dia nivoaka nankany an-tendrombohitry ny Oliva izy, mba hivavaka tany, ary vao maraina be dia nitanjozotra nanatona azy tao an-tempoly ny vahoaka mba hihaino azy. (Lk 21, 37)

Pejy faha-360

Nihataka tany an-tendrombohitra avo Izy mba hivavaka.

Dia nentin'i Jesoa niaraka taminy i Piera sy Joany ary Jakoba, ka niakatra niaraka tamin'izy ireo tany an-tampon-tendrombohitra avo izy ireo, nihataka kely, niakatra tao an-tendrombohitra izy mba hivavaka, ka teo am-pivavahana dia niova hafa be ny tarehiny, ary niova tarehy teo imason'izy ireo izy. (Lk 9, 28)

Nahita azy nivavaka mandrakariva ny Apôstôliny ka nangataka mba hampianariny mivavaka.

Raha sendra nivavaka tao amin'ny toerana iray Izy, dia nisy mpianany anankiray, nony vita ny fivavahany, nanao taminy hoe : Tompo ô, ampianaro mivavaka izahay tahaka ny nataon'i Joany tamin'ny mpianany. (Lk 11, 1)

Taorian'ny bateminy dia nivavaka Izy.

Taorian'ny Bateminy, raha mbola nivavaka iny izy, dia indro fa nisokatra ny lanitra. (Lk 3, 21)

Il prie après la Sainte Eucharistie.

Au jardin des olives, il prie longuement, à genoux, le front prosterné, versant des larmes de sang et répétant toujours la même prière.

Et, s'étant un peu avancé, il s'éloigna de ses disciples à la distance d'un jet de pierre et, s'étant mis à genoux, il se prosterna la face contre terre et il demandait que, s'il était possible, cette heure s'éloignât de lui.
Alors un ange apparut à Jésus, un ange du ciel, le fortifiait.
Et lui, entrant en agonie, il priait plus longuement.
Et il lui vint une sueur, comme des gouttes de sang découlant jusqu'à terre. (Lc 22, 41-44)

Il prie les bras étendus sur la croix.

Pendant trois heures, il prie les bras étendus sur la croix.

Instruction que Notre Seigneur Jésus Christ donne à ses apôtres sur la prière.

Quand vous priez, vous ne serez pas comme des hypocrites qui aiment à prier debout dans les synagogues et au coin des places pour être vus des hommes.
En vérité, Je vous le dis, ils ont reçu leur récompense. (Mt 6, 5)

Prier en secret,

Mais toi, quand tu prieras, entre dans ta chambre et, la porte fermée, prie ton Père en secret et ton Père qui voit dans le secret, te le rendra. (Mt 6, 6)

Taorian'ny Eokaristia Masina dia nivavaka Izy.

Tao an-tanimbolin'ny oliva, nivavaka ela izy, nandohalika niankohoka tamin'ny tany, latsa-dranomason-drà, ary ny vavaka teo ihany no naverimberiny.

Ary nandroso kely lavidavitra ny mpianany tokony ho indray mitora-bato izy, ka nandohalika, niankohoka tamin'ny tany ary nangataka, raha azo atao, mba hanalavirana izao ora izao aminy.
Ary nisy anjely avy any an-danitra niseho tamin'i Jesoa nankahery azy.
Izy kosa niady aina sy tsembo-drà, ary nivavaka elaela kokoa indray.
Dia nisy hatsembohana tahaka ny rà avy ao aminy ka nandriaka tamin'ny tany. (Lk 22, 41-44)

Teo ambony lakroa Izy nivavaka naninjitra tànana.

Nandritra ny adiny telo izy naninjitra tànana nivavaka teo ambony lakroa.

Fampianarana nomen'i Jesoa Kristy Tompontsika ny Apôstôliny momba ny fivavahana.

Raha mivavaka ianareo, aza manao toy ny mpiatsaravelatsihy izay tia mivavaka mitsangana ao amin'ny sinagaoga sy eny an-joron-dàlana mba ho hitan'ny olona.
Fa lazaiko marina aminareo, fa efa azony ny valisoany. (Mt 6, 5)

Mivavaka ao amin'ny toerana miafina,

Fa ianao kosa, raha mivavaka ianao, midira ao an-taniefitranonao, hidio ny varavarana dia mivavaha mangina amin'ny Rainao, ary ny Rainao izay mahita ny miafina dia hamaly anao. (Mt 6, 6)

et sans beaucoup de paroles.

Quand vous priez, ne multipliez pas vos paroles comme les païens car ils pensent que c'est à force de paroles qu'ils seront exaucés. Ne leur ressemblez pas car votre Père sait de quoi vous avez besoin, avant que vous le lui demandiez.
Voici donc comment vous prierez :
Notre Père qui êtes aux cieux... (Mt 6, 7-9)

Il faut toujours prier.

Jésus dit encore à ses disciples qu'il faut toujours prier et ne jamais se lasser de le faire. (Lc 18, 1)

ary aza be teny.

Raha mivavaka ianareo, aza be resaka toy ny fanaon'ny jentily, izay mihevitra fa arakaraky ny hamaroan'ny teny no hankatoavana ny fangatahany. Aza manahaka azy ireny, fa efa fantatry ny Rainareo mialoha izay ilainareo.
Koa raha mivavaka ianareo, dia izao atao :
Rainay any an-danitra… (Mt 6, 7)

Mivavaha lalandava.

Ary mbola nanafatra ny mpianany i Jesoa fa tsy maintsy mivavaka lalandava ary tsy mitsahatra mihitsy. (Lk 18, 1).

Jésus dit à la Samaritaine qui l'interrogeait sur le lieu où il faut adorer :

Adorer en esprit et en vérité.

L'heure vient et c'est maintenant que les vrais adorateurs adoreront le Père en esprit et en vérité car le Père cherche de tels adorateurs.
Dieu est esprit et ceux qui l'adorent, il faut qu'ils l'adorent en esprit et en vérité. (Jn 4, 23-24)

Que la prière commune est très puissante.

Je vous dis encore que si deux d'entre vous s'accordent sur la terre, quelle que chose qu'ils demandent, elle leur sera accordée par mon Père qui est dans les cieux.
Car, là où deux ou trois sont réunis en mon nom, je suis au milieu d'eux. (Mt 18, 19-20)

Prier au nom de Jésus Christ.

Et tout ce que vous demanderez à mon Père en mon nom, je le ferai afin que le Père soit glorifié dans le Fils. (Jn 14, 13)
Vous n'avez rien demandé en mon nom, demandez et vous recevrez. (Jn 16, 24)

Reproches de Jésus à ses apôtres.

Simon, tu dors ! Ainsi, vous n'avez pu veiller une heure avec moi, pourquoi dormez-vous ?
Levez-vous ! veillez et priez afin que vous n'entriez point en tentation. L'esprit est prompt mais la chair est faible. (Mt 26, 40-41)

Bons effets de la prière

Elle nous fortifie, préserve contre les tentations.

Veillez et priez pour ne pas tomber en tentation. (Mt 26, 41)

Page 362

Elle chasse le démon impur.

Ce démon ne se chasse que par le jeûne et la prière (Mt 17, 21) dit Notre Seigneur à ses Apôtres.

Dia izao no lazain'i Jesoa an'ilay vehivavy Samaritana nanontany azy momba ny toerana hitsaohana :

Mitsaoka amin'ny fanahy sy fahamarinana.

Tonga ny fotoana izay hivavahan'ny olona amin'ny Ray am-panahy sy fahamarinana, fa ireny olona ireny no tian'ny Ray hitsaoka azy.
Andriamanitra dia fanahy sy fahamarinana, ka izay mitsaoka azy dia tsy maintsy manao izany am-panahy sy am-pahamarinana koa. (Jo 4, 23-24)

Mahery ny vavaky ny maro.

Mbola lazaiko aminareo indray, fa raha misy olona roa mifanaraka eto an-tany ka miara-mangataka azy, dia homen'ny Raiko izay any an-danitra azy ireo izany.
Satria raha misy olona roa na telo miara-mivory amin'ny anarako dia eo afovoan'izy ireo aho. (Mt 18, 19-20)

Mivavaka amin'ny anaran'i Jesoa Kristy.

Izay angatahinareo amin'ny Raiko, amin'ny anarako, dia ataoko mba hahazoan'ny Ray voninahitra eo amin'ny zanaka. (Jo 14, 13)
Mbola tsy nangataka ninoninona tamin'ny anarako ianareo, mangataha dia homena anareo izany. (Jo 16, 24)

Notsinian'i Jesoa Kristy ny Apôstôliny.

Matory ve ianao ry Simona ? Dia tsy afa-miaritory adiny iray niaraka tamiko akory ve ianao ? Nahoana no matory ianao ?
Mitsangàna ianareo, mianbena ary mivavaha mba tsy ho resin'ny fakam-panahy ianareo. Mavitrika ny fanahy fa ny nofo no osa. (Mt 26, 40-41)

Voka-tsoan'ny fivavahana

Mankahery antsika sy miaro amin'ny fakam-panahy izy.

Miambena ary mivavaha mba tsy ho latsaka amin'ny fakam-panahy ianareo. (Mt 26, 41)

Pejy faha-362

Mandroaka ny demony maloto ny fivavahana.

Hoy ny Tompontsika tamin'ny Apôstôliny hoe : io karazana demony iray io dia tsy voaroaka raha tsy amin'ny alalan'ny fifadian-kanina sy ny fivavahana. (Mt 17, 21)

On obtient tout par la prière.

Tout ce que vous demanderez à mon Père en mon nom, je le ferai (Jn 14, 13)

Elle nous donne le Saint Esprit.

Après son baptême, pendant que Jésus priait, le Saint Esprit vint sur Lui, et se reposa sur Lui.

Elle nous transfigure.

Pendant que Jésus était en prière sur le Thabor, son visage fut transfiguré, et il devint tout autre. (Lc 9, 29)

Exemples des Apôtres et des saints.

Les Apôtres laissent tout pour vaquer à la prière et à la prédication.

Saint Paul priait jour et nuit, pour lui et ses fidèles.

Résumé de ce chapitre sur la prière.

Nous nous rappellerons souvent que la douceur est une vertu qui plaît singulièrement à Dieu et qui attire surtout les âmes.
Nous éviterons de nous disputer avec qui que ce soit ; d'élever trop la voix en parlant ; de marcher avec bruit et précipitation.
Nous ferons en sorte de traiter toutes choses avec ménagement et douceur pour ne rien briser, ni froisser, ou casser ; de supporter les incommodités de la vie et aussi celles du prochain.
D'éviter toutes paroles ou actions brusques pour ménager les faibles.

De conserver toujours un visage gai et affable avec tout le monde.

Ny tarigetram-piainany dia ity : ny famindram-po no ilaiko fa tsy ny sorona dorana.

Nanomezany tsiny ny farisiana ny fomban'izy ireo mampitondra entan-tsy zaka ny olona kanefa tsy kasihiny amin'ny loha-rantsan-tànany.
Noteneniny mafy koa ny Apôstôliny tsy ampy halemem-panahy tamin'ny zaza madinika.
Nomeny teny tsy valiana i Jakoba sy i Joany nitady handatsa-baratra tao Samaria.

Noraisiny tamin-kalemem-panahy i Jodasy.
Noteneniny mafy i Piera nampiasa sabatra.
Ny nataony mba hanoneran'i Piera ny fandavana azy in-telo.
Tiany hitovy amin'ny zanak'ondry kely isika
ka handray an-kalemem-panahy izay rehetra mitranga fa tsy hamaly ratsy ny ratsy,
hatrany amin'ny fanolorana ny takolaka havia, raha kapohina ny havanana,
hahafoy ny akanjontsika toy izay hitory any amin'ny fitsarana,
hanao roa rivo dingana miaraka amin'izay manery antsika hanao arivo dingana miaraka aminy,
tsy ho vinitra mihitsy,
tsy hanozona, tsy hanompa, na hanao teny mandratra ny fon'ny olona.

Fehiny.

Ho an'izay manao toy izany, mampanantena Andriamanitra fa izy no handova ny tany.

Fitsipi-pitondran-tena manoloana ny halemem-panahy.

Mba hampifanaraka ny fitondran-tenantsika amin'izay halemem-panahy hitantsika ao amin'i Jesoa Kristy izay àry
Tsaroantsika matetika fa ny halemem-panahy dia hatsaram-panahy ankasitrahan' Andriamanitra indrindra sady manintona ny olona tokoa.
Alavirintsika ny fifandirana sy ny adiady na amin'iza na amin'iza ; tsy hampiaka-peo isika rahefa miteny : mitsaitsaika raha mandeha fa tsy migodogodona manabataba.
Hahay mandanjalanja sy hikolokolo isika manao zavatra, mba tsy hanimba azy, tsy hanapotika azy tsy hamaky azy, ary mandefitra amin-kalemem-panahy ny hasorenana isan-karazany eo amin'ny fiainana na avy amin'ny namana na avy amin'ny natiora.
Alavirintsika ny trevatreva sy ny vatravatra amin'izay atao mba hitsimbinana ny osa sy ny malemy.
Tanantsika mandrakariva ny endrika miramirana sy maha-te ho tia manoloana ny olon-

Page 379

De ne pas imposer aux autres un joug lourd et insupportable.
De garder des ménagements pour chaque personne en particulier.
De recevoir tout le monde avec bonté et douceur.
De ne jamais frapper personne.
De ne faire du mal à qui que ce soit.
De nous regarder comme des agneaux au milieu des loups.
De pousser la douceur jusqu'à ne pas résister au mal,
jusqu'à présenter la joue gauche à qui nous a frappé sur la droite

jusqu'à nous laisser dépouiller de notre robe
jusqu'à faire deux mille pas avec celui qui ne nous en demande que mille.

à ne prononcer jamais aucune parole injurieuse ou blessante.
Que Dieu nous aide à pratiquer cette belle vertu !

La douceur est opposée à toute aigreur, tout emportement, toute brusquerie, parole, menaces, colère, etc.
La douceur est une vertu qui supporte tout du prochain, sans se fâcher et s'aigrir et qui ne fait rien supporter à personne.
Patiens. Sait souffrir.

Page 381

4. Suivez-moi dans mon humilité[642]

Page 383

drehetra.

Pejy faha-379

Tsy hampitondra enta-mavesatra tsy zakan'ny sasany na sarotra entina ho azy.
Tsimbinina ny isam-batan'olona araka izay azo atao.
Raisina amim-pitiavana sy halemem-panahy ny olona tsirairay.
Aza mikapoka olona na oviana na oviana.
Aza manao ratsy olona, na iza izy na iza.
Mahaiza mitondra tena tahaka ny zanak'ondry eo am-povoan'ny amboadia.
Aza mamaly ratsy ny ratsy, fa valio amin'ny soa ny ratsy, iareto an-kalemem-panahy, mahaiza manolotra ny tavanao havia raha misy mikapoka ny havanana fa izany ny halemem-panahin'i Jesoa Kristy.
Eny fa na dia handao ny akanjonao amin'izay nanendaka ny lambanao aza dia ataovy.
Ampitomboy ny fitiavana ny mpankahala anao, ka miaraha roa arivo dingana raha tereny hanao arivo miaraka aminy.
Fadio ny ompa sy ny teny tsy zaka.
Ho tahin'Andriamanitra anie isika ka hahay hanatanteraka io hatsaram-panahy mahasondriana io.
Mifanohitra ny halemem-panahy sy ny fahasorenana, fahatezerana, fahasarotam-po, fitrevatrevana, fahabasiam-bava, fandrahonana, hasosorana sns…
Maharitra ny zava-drehetra avy amin'ny namana ny halemem-panahy, tsy mora sosotra, tsy manorisory, fa saingy tsy mba mitaky fandeferana avy aminy kosa izy.
Manàna faharetana. Mahareta fijaliana.

Pejy faha-381

4. Manaraha ahy amin'ny fanetren-tenako[643]

Pejy faha-383

642 Note a. Ms XII 391 à 410
643 Nôty a. Ms XII 391 – 410

« Je suis doux et humble de cœur », a dit Jésus[644]. Douceur ne va pas sans humilité, c'est évident. D'ailleurs Jésus s'exprime conformément à la manière juive qui aime bien dire une même chose sous deux mots différents.

Nous avons ici une abondante étude d'Évangile et de saint Paul que le Père Chevrier n'a pas eu le temps de mettre parfaitement en ordre.

Jésus a fréquemment appelé les apôtres à l'humilité. Cela s'adresse donc aussi aux prêtres et à tous ceux qui sont envoyés au nom du Christ.

Cette humilité, c'est celle de Jésus, Fils de Dieu, bien convaincu de sa mission et heureux d'être homme parmi les hommes. Il a aimé ce genre de vie[646]. C'est l'humilité de l'envoyé du Christ auprès des pauvres qui choisira de préférence la compagnie des pauvres et des pécheurs, non par contrainte mais par attrait et par amour.[647]

« Malemy fanahy sy manetry tena ao am-po aho », hoy i Jesoa.[645] Tsy afa-mandeha tsy miaraka ny halemem-panahy sy ny fanetren-tena, tsy azo lavina izany fa marina loatra. Fomba fitenin'ny Jody mantsy no ampiasain'i Jesoa eto : fanambarana zavatra iray amin'ny teny roa samy hafa.

Fianarana ny Evanjely sy i Md. Paoly matevim-be mihitsy no hita ato na dia tsy voarindran'i Mompera Chevrier araka ny tokony ho izy aza.

Nantsoin'i Jesoa matetika ny Apôstôly hiaina io fanetren-tena io. Miantefa amin'ny pretra sy amin'ireo rehetra voairaka amin'ny anaran'i Kristy izany antso izany.

Fanetren-tenan'i Jesoa Zanak'Andriamanitra, nahalala tsara ny fanirahana azy ka sambatra tonga olombelona eo anivon'ny olombelona. Tiany io fiainana io.[648] Fanetren-tenan'ny irak'i Kristy eo akaikin'ny mahantra, misafidy manokana ny fiarahan-dia amin'ny mahantra sy ny mpanota, tsy an-teri-vozona, sanatria, fa voasinton'ny fitiavana.[649]

Page 385

Enseignement de notre Seigneur Jésus Christ sur l'humilité.

Voyez les exemples d'humilité de notre Seigneur, [p. 390][650]

Il ne faut pas faire ses actions pour être vu des hommes.

Prenez garde à ne pas faire votre justice devant les hommes, pour être vu d'eux, autrement, vous n'aurez point la récompense de votre Père qui est dans les cieux. (Mt 6, 1)

sa justice, actions religieuses.

Lors donc que tu fais l'aumône, ne sonne pas de la trompette devant toi, comme font les hypocrites, dans les synagogues et dans les rues, afin d'être honorés des hommes.

Pejy faha-385

Fampianaran'i Jesoa Kristy Tompontsika momba ny Fanetren-tena.

Jereo ny oha-panetren-tena nasehon'ny Tompontsika. [p. 390][651]

Aza manao asa soa mba hohitan'ny olona

Tandremo sao hataonareo eo imason'ny olona ny asa soa ataonareo mba hahitana azy, fa raha izany, dia tsy hahita valisoa amin'ny Raiko izay any an-danitra ianareo. (Mt 6, 1)

Ny fitsarany, asam-pivavahana.

Koa amin'izany, raha manao fiantrana ianao, dia aza mitsoka trompetra eo alohanao, tahaka ny fanaon'ny mpihatsaravelatsihy, ao amin'ny Sinagaoga sy eny an-dalambe,

644 Mt 11, 29
645 Mt 11, 29
646 Ms XII 381 ; cf Prov. 8, 31.
647 P. 402.
648 Ms XII. 381 ; jereo Oh 8, 31
649 P. 402
650 Note a. Le Père Chevrier a rajouté cette note, pensant qu'il aurait mieux valu mettre les exemples du Christ avant son enseignement.
651 Nôty a : Fanamarihan'i Mompera Chevrier io. Nihevitra izy fa tsaratsara kokoa ny hitanisana ny ohatra nomen'i Jesoa Kristy alohan'ny fampianarany.

En vérité, en vérité, je vous le dis, ils ont reçu leur récompense.
Pour toi, quand tu fais l'aumône, que ta main gauche ne sache pas ce que fait ta droite, afin que ton aumône soit dans le secret et ton Père qui voit dans le secret te le rendra.

Et quand vous priez, vous ne serez pas comme les hypocrites qui aiment à prier debout dans les synagogues et au coin des places, afin d'être vus des hommes.
En vérité, en vérité, je vous le dis : ils ont reçu leur récompense.
Mais toi, quand tu prieras, entre dans ta chambre et, la porte fermée, prie ton Père en secret et ton Père qui voit dans le secret, te le rendra. (Mt 6, 2-6)

Quand vous jeûnez, ne devenez pas tristes comme les hypocrites car ils défigurent leurs visages pour faire voir aux hommes qu'ils jeûnent.

En vérité, je vous le dis, ils ont reçu leur récompense.
Pour toi, quand tu jeûnes, parfume ta tête et lave ton visage, pour ne pas faire voir ton jeûne aux hommes, mais à ton Père, qui est présent aux choses cachées et ton Père qui voit les choses cachées, te le rendra. (Mt 6, 16-18)

mba hankalazan'ny olona azy.

Lazaiko anareo marina tokoa fa efa azony ny valisoany.
Fa raha manao fiantrana ianao, aoka ny tànanao havia, tsy hahalala izay ataon'ny havanana, mba hiafina ny fiantrana ataonao, ary ny Rainao izay mahita ny miafina no hamaly soa anao.
Ary raha mivavaka ianareo, dia aza manao ny fanaon'ny mpihatsaravelatsihy izay tia mivavaka mitsangana ao anaty sinagoga sy eny an-joron-kianja mba ho hitan'ny olona.
Lazaiko marina dia marina aminareo fa efa azony ny valisoany.
Fa ianao kosa, raha hivavaka, midira ao an-taniefitranonao dia hidio ny varavarana, mivavaha mangina amin'ny Rainao, fa ny Rainao izay mahita ny miafina no hamaly izany aminao. (Mt 6, 2-6)
Raha hifady hanina ianareo, aza maka endrika malahelo tahaka ny fanaon'ny mpihatsaravelatsihy izay manova ny endriny mba hahitan'ny olona fa mifady hanina izy.
Lazaiko marina tokoa aminareo fa efa azony ny valisoany.
Fa ianao, raha hifady hanina, hosory zava-manitra ny lohanao, sasao madio ny tarehinao, mba tsy ho fantatry ny olona fa mifady hanina ianao, fa ny Rainao ao izay mahita ny miafina rehetra sy ao anatin'ny zava-miafina no hamaly izany aminao. (Mt 6, 16-18)

Page 386

Il faut choisir la dernière place.

Jésus dit cette parabole aux invités, en voyant comment ils choisissaient les premières places à table.
Lorsque tu seras invité à des noces, ne te mets pas à la première place, de peur que quelqu'un de plus considéré que toi n'ait été invité aussi et que celui qui t'a invité ne vienne et ne te dise : Donne cette place à celui-ci ; et qu'alors tu n'ailles avec confusion occuper la dernière place. Mais, lorsque tu seras invité, va te mettre à la dernière place afin que, quand viendra celui qui t'a convié, il te dise : Mon ami, monte plus haut. Alors, ce sera une gloire pour toi, devant ceux qui seront à table avec toi car quiconque s'exalte sera abaissé, humilié et quiconque s'humilie, s'abaisse, sera exalté. (Lc 14, 7-11)

Prendre la dernière place toujours, par esprit d'humilité, pensant que les autres valent mieux que nous et sont plus dignes que nous. Car il n'y a que Dieu seul qui voit et connaît les hommes et l'intérieur. Ces titres et dignités ne sont rien devant Dieu. Par

Pejy faha-386

Fidio ny toerana farany.

Raha nahita ny famonjen'ny olona sasany ny toerana ambony teo am-pisakafoanana i Jesoa, dia nanao izao fanoharana izao.
Raha asain'olona amin'ny fampakaram-bady ianao, dia aza mba mihazakazaka maka ny toerana voalohany, satria mety hisy olo-manan-kaja bebe kokoa noho ianao ho tonga aorianao, ka hoesorin'ny mpanasa ianao hataony hoe : Omeo an-drangahy ity ny toeranao ; dia hosafon-kenatra ianao hamonjy ny toerana farany. Fa raha misy manasa anao, alao aloha ny toerana farany ka rahefa tonga ilay nanasa anao, dia hilaza aminao hoe : Ry sakaiza, miakara amin'ny toerana ambonimbony kokoa. Ho henin-kaja amam-boninahitra ianao amin'izany eo anatrehan'ny besinimaro miara-misakafo aminao satria izay manandra-tena dia haetry, izay manetry tena dia asandratra. (Lk 14, 7-11)
Toe-panahy manetry tena mandrakariva no entina misafidy ilay toerana farany ; heverina manko fa manan-kaja sy hasina bebe kokoa noho isika ny sasany. Andriamanitra irery ihany no tena mahita ny atim-panahin'ny olona tsirairay.

charité : en laissant aux autres les places les plus commodes, les plus à l'aise, les plus agréables, où l'on peut mieux voir, mieux... ; faire plaisir à son prochain. Notre Seigneur condamne cet empressement à se bien placer à se bien caser ; on court pour être le premier, choisir... dans tous les endroits.

Choisir la dernière place sur la terre pour avoir la première dans le ciel.

Et dans le siècle à venir, il en sera de même : beaucoup qui étaient les premiers seront les derniers et beaucoup qui étaient les derniers seront les premiers. (Mt 19, 30 ; Mc 10, 31)
Notre Seigneur dit cela de ceux qui auront tout quitté pour lui sur la terre et qui auront été les derniers dans le monde, humiliés, méprisés ; qui se seront mis au dernier rang dans le monde, selon le monde ; ils seront les premiers dans le ciel.

Jésus parla au peuple et à ses disciples et leur dit, dans son enseignement : C'est sur la chaire de Moïse que sont assis les scribes et les pharisiens. Gardez donc et pratiquez ce qu'ils vous disent, mais n'agissent pas selon leurs oeuvres car ils disent et ne font pas. Ils attachent des fardeaux pesants et qu'on ne peut porter et ils les mettent sur les épaules des hommes et ils ne veulent pas même les remuer du doigt. Ils font toutes leurs oeuvres pour être vus des hommes. (Mt 23, 1-5)

Eviter de se montrer dans ses habits, paraître, se montrer, prendre les premières places.

Soyez attentifs. Gardez-vous des scribes qui se plaisent à se promener avec de longues robes ; ils élargissent leurs phylactères, ils allongent leurs franges, ils aiment à s'asseoir sur les premiers sièges dans les synagogues et aux premières places dans les festins, (Mc 12, 38-39, Mt 23, 5-6)

Tsinontsinona eo imasony ny anaram-panajana sy voninahitra entintsika. Toe-panahim-pitiavana ihany koa no anomezana ny sasany ny toerana metimety kokoa, mampiadana sy mampahazo fahafinaretana tsaratsara kokoa, ahitan-javatra bebe kokoa, … ; izany hoe : mamalifaly ny namana é. Nohelohin'ny Tompontsika mafy ity fihazakazahana haka toerana na trano tsaratsara kokoa ity : dodona erý mba ho voalohany, koa afa-mifidy… any rehetra any.

Mifidy ny toerana farany eto an-tany mba hahazo ny voalohany any an-danitra.

Any an-koatra any dia ho toy izany koa fa maro izay voalohany no ho farany ary maro izay farany no ho voalohany. (Mt 19, 30 ; Mk 10, 31)

Nataon'ny Tompontsika ho an'ireo nahafoy ny zava-drehetra eto an-tany noho izy, izany teny izany, dia ireo izay natao ho fakofakon'olona satria manetry tena, noharatsiana ka natao ho farany eo amin'izao tontolo izao ; ireo no ho voalohany any an-danitra any.
Niteny tamin'ny vahoaka sy ny mpianany i Jesoa ka nampianatra azy ireo hoe : napetraka eo amin'ny fiketrahan'ny Moïzy ny mpanora-dalàna sy ny farisiana. Tano ary tanteraho izay lazainy aminareo fa aza manao ny ataony, satria miteny fotsiny izy fa tsy mba manatanteraka. Afatony ny enta-mavesatra tsy zaka bataina, dia apetrany eo an-tsoroky ny olona, fa izy kosa tsy mikasika izany amin'ny loharantsan-tànany akory. Ny hohitan'ny olona no imatimatesany amin'izay ataony rehetra. (Mt 23, 1-5)

Aza te hiseho amin'ny fitafiana, te hohita, te hoderaina, maka ny toerana voalohany.

Mitandrema mafy ; mahimahina amin'ny mpanora-dalàna izay tia mivezivezy eny an-kianja, manao ny akanjo lavany, alalahany ny filaterana ; alavainy ny rebareban'akanjony ; tiany ny mipetraka eo amin'ny seza voalohany any amin'ny sinagoga, ary eo amin'ny toerana voalohany any amin'ny fanasana. (Mk 12, 38-39 ; Mt 23, 5-6)

être salués.

A être salués sur la place publique. (Mt 23, 7)

aimer les noms, les titres.

A être appelés maîtres par les hommes. Ils dévorent les maisons des veuves, sous le prétexte de longues prières, feignant de prier longuement.

Te hoharabaina.

Ny hoharabain'ny olona eny an-kianja. (Mt 23, 7)

Tia anaram-panajana sy anaram-boninahitra.

Ny hantsoin'ny olona hoe : mpampianatra. Mihinana ny fananan'ny mpitondra tena izy ireo ka mody manao vavaka lava dia lava, ela dia ela.

Ces hommes-là subiront un jugement plus rigoureux, une condamnation plus sévère. (Mt 23, 14 ; Mc 12, 40 ; Lc 20, 47)

Eviter les titres et noms honorifiques, ne pas accepter les titres de père et de maître, si on nous les donne, penser qu'il n'y a qu'un Père qui est au ciel et un Maître, Jésus Christ.

Pour vous, ne veuillez pas être appelés maîtres car un seul est votre maître et vous êtes tous frères.

Et n'appelez sur la terre personne votre Père, car un seul est votre Père, lequel, est dans les cieux.

Qu'on ne vous appelle pas non plus maîtres parce qu'un seul est votre Maître, le Christ.

Celui qui est le plus grand parmi vous, sera votre serviteur.

Car quiconque s'exaltera sera humilié et quiconque s'humiliera sera exalté. (Mt 23, 8-12)

Il vaut mieux être persécuté, humilié que d'être loué, applaudi.

Malheur à vous, lorsque les hommes vous applaudiront, diront du bien de vous. (Lc 6, 26)
Vous serez bienheureux lorsque les hommes vous haïront, qu'ils vous sépareront, qu'ils vous diront des injures et qu'ils rejetteront votre nom comme mauvais, à cause du Fils de l'homme. (Lc 6, 22)

Parabole du pharisien et du publicain

Jésus dit cette parabole à quelques uns qui se confiaient en eux-mêmes, comme étant justes et méprisaient les autres.
Deux hommes montaient au temple pour prier : l'un était pharisien et l'autre publicain. (Lc 18, 9-10)

il se compare aux autres.

Le pharisien debout, priant ainsi en lui-même : O Dieu, je vous rends grâces de ce que je ne suis pas comme le reste des hommes qui sont voleurs, injustes, adultères ; ni aussi comme ce publicain. (Lc 18, 11)

Il est content de ce qu'il fait, il se repose sur ses actions.

Je jeûne deux fois la semaine ; je paye la dîme de tout ce que je possède. (Lc 18, 12)
Et le publicain, se tenant éloigné, n'osait même pas lever les yeux au ciel mais il se

Ho mafy ny fanamelohana azy amin'ny fitsarana, ho henjana ny fiampangana azy. (Mt 23, 14 ; Mk 12, 40 ; Lk 20, 47)

Alaviro ireny anaram-panajana sy anaram-boninahitra afitsoka amintsika ireny. Fa ho anareo kosa, aza manaiky ny hantsoina hoe mpampianatra satria iray ihany ny mpampianatra anareo ary ianareo dia mpirahalahy.

Aza manaiky antsoina mompera sy mpampianatra fa iray ihany ny Raintsika any an-danitra ary i Jesoa Kristy irery no Mpampianatra.

Ary aza miantso an'iza na iza ho Rainareo eto ambonin'ny tany satrla iray ihany ny Rainareo dia ilay any an-danitra.

Aoka tsy hisy Mes° anareo mihitsy hoe mpampianatra satria iray ihany ny mpampianatra anareo dia i Jesoa Kristy.

Izay lehibe indrindra aminareo no mpanomponareo rehetra.

Satria izay manandra-tena dia haetry, izay manetry tena dia hasandratra. (Mt 23, 8-12)

Aleo lavitra enjehina sy ambaniana toy izay deraina sy bobina.

Loza ho anareo raha tehafin'ny olona ianareo ka hataaralny noho ny asanareo. (Lk 6, 26)
Ho sambatra tokoa ianareo, raha hankahalain'ny olona, hosarahiny, hompainy ary hariany toy ny ratsy ny anaranareo noho ny amin'ny Zanak'olona. (Lk 6, 22)

Ny fanoharan'ny farisiana sy ny poblikana.

Dia nanao izao fanoharana izao i Jesoa ho an'ireo matoky tena loatra ho marina ka manaratsy ny sasany :
Nisy olona roa lahy niakatra tao an-tempoly iray farisiana, iray poblikana. (Lk 18, 9-10)

Ohariny amin'ny hafa ny tenany.

Nitsanga-mahitsy ilay farisiana ka nivavaka tao am-pony hoe : Andriamanitra ô, misaotra anao aho fa tsy mba tahaka ny olona rehetra, mpangalatra, olona tsy marina ; mpaka vadin'olona ; tsy mitovy amin'ilay poblikana ity akory aza. (Lk 18, 11)

Miravo amin'ny asa vitany izy ary mifonoka amin'izany.

Izaho mifady hanina in-droa isan-kerin'andro, manome ny am-pahafolon'ny fananako.
Nipetraka ter lavidavitra kosa ilay poblikana, niondrika tsy sahy

frappait la poitrine, disant : O Dieu, ayez pitié de moi qui suis un pécheur. (Lc 18, 13)

Page 388

Je vous le dis, celui-ci s'en retourna justifié dans sa maison et non pas l'autre.

Car quiconque s'exalte sera humilié et quiconque s'humilie sera exalté. (Lc 18, 14)

Nous ne sommes que des serviteurs inutiles.

Qui de vous, ayant un serviteur attaché au labourage ou aux troupeaux lui dit, aussitôt qu'il revient des champs : Viens vite ; mets-toi à table ; et ne lui dit pas, au contraire : prépare-moi à souper et ceins-toi, et me sers jusqu'à ce que j'ai mangé et bu et après cela, tu mangeras et boiras.

Se croit-il l'obligé de ce serviteur parce que celui-ci a fait ce qu'il lui avait commandé ? Je pense que non.
Ainsi vous-mêmes, quand vous aurez fait tout ce qui vous est commandé, dites : Nous sommes des serviteurs inutiles : nous avons fait ce que nous devions faire. (Lc 17, 7-10)

Il ne faut pas s'enorgueillir de sa puissance.

Les soixante et douze disciples revinrent avec joie, disant : Seigneur, les démons mêmes nous sont soumis, à votre Nom. Et il leur dit : Je voyais Satan tombant du ciel comme la foudre. Voilà que je vous ai donné le pouvoir de fouler aux pieds les serpents et les scorpions et toute la puissance de l'ennemi et rien ne vous nuira.

Cependant, ne vous réjouissez pas de ce que les esprits vous sont soumis ; mais réjouissez-vous de ce que vos noms sont écrits dans les cieux. (Lc 10, 17-20)

Réponse de Jésus à Jacques et Jean qui demandent à être les premiers dans son royaume.

La mère des fils de Zébédée s'approcha de Jésus avec ses fils, l'adorant et lui demandant quelque chose. Jésus lui dit : Que veux-tu ? (Mt 20, 20-21)

Demande d'une mère naturelle.[652]

nanandra-maso nijery ny lanitra akory fa nandon-tratra nanao hoe : Andriamanitra ô, mamimdrà fo amiko fa mpanota aho.

Pejy faha-388

Lazaiko aminareo fa ity farany ity dia niverina any an-tranony nohamarinana fa tsy iry voalohany.
Satria, izay manandran-tena dia haetry, izay manetry tena dia hasandratra. (Lk 18, 10)

Mpanompo tsy mahasoa fotsiny ihany isika.

Iza aminareo moa, manana mpanompo miasa any an-tsaha, na miandry ny andian'ondriny tafaverina any an-tsaha, no hanao aminy hoe : Avia haingana, mipetraha ary mihinàna ; fa tsy hilaza aminy hoe aza : haingana ianao, anomano sakafo aho, ampisikino aho, avy eo rosoy sakafo aho mandra-paha-vokiko sy hisotroako, vita izany vao homana sy hisotro ianao.
Mihevitra ve izy fa manan-trosa amin'io mpanompo io noho ny nataony taminy ? Tsia hoy aho aminareo !
Dia toy izany koa ianareo, rahefa vita ny nanirahana anareo, dia milazà hoe : Mpanompo tsy mahasoa fotsiny ihany izahay fa tsy nanao afa-tsy izay tsy tokony ho nataonay ihany. (Lk 17, 7-10)

Aza mba mirehereha noho ny fahefana eo an-tanana.

Rahefa tafaverina izy roa amby fitopolo lahy, mpianatra nirahin'i Jesoa, dia nilaza taminy tamin-kafaliana hoe : Tompoko, na dia ny demony aza dia nanaiky anay noho ny anaranao. Dia namaly azy i Jesoa hoe : Hitako i Satana nianjera avy any an-danitra ohatry ny varatra. Efa nomeko anareo izao ny fahefana hanitsaka ny bibilava sy ny maingoka, ary ny herin'ny fahavalo ka tsy hisy hahavita ratsy aminareo.
Kanefa aza variana amin'ny faneken'ny fanahy ratsy ianareo, fa mifalia noho ny anaranareo voasoratra any an-danitra. (Lk 10, 17-20)

Nangataka ho voalohany ao amin'ny fanjakana i Jakoba sy i Joany ka novalian'i Jesoa.

Ny renin'ny zanak'i Zebede, nanatona an'i Jesoa niaraka tamin'ny zanany lahy, nitsaoka azy ary nangataka zavatra taminy. Dia hoy i Jesoa : Inona no tianao ? (Mt 20, 20-21)

Fangahan-dreny ara-nofo ihany.[653]

652 Note a. Demande d'une mère qui reste à un plan naturel.

Elle lui dit : Ordonnez que mes deux fils que voici soient assis, l'un à votre droite, l'autre à votre gauche dans votre royaume. (Mt 20, 21)

Ruse des apôtres.

Et Jacques et Jean, fils de Zébédée, s'approchant, disant : Maître, nous voulons que tout ce que nous demanderons, vous le fassiez. Mais il leur dit : Que voulez-vous que je fasse pour vous ? (Mc 10, 35-36)

idées terrestres, gloire.

Et ils dirent : Accordez-nous que nous soyons assis l'un à votre droite et l'autre à votre gauche dans votre gloire. Mais Jésus leur dit : Vous ne savez

Dia hoy izy : Mandidia mba hipetraka eo an-kavia sy eo an-kavananao ireo, rahefa tonga ny fanjakanao.

Hafetsen'ny Apôstôly.

Nanatona azy i Jakoba sy i Joany zanak'i Zebede ka nilaza taminy hoc : Ry mpampianatra ô, mba tianay hataonao aminay izay hangatahinay. Dia hoy i Jesoa taminy : Inona no tianareo hataoko anareo ? (Mk 10, 35-36)

hevitry ny tany, voninahitra.

Dia hoy izy ireo : aoka mba hipetraka eo an-kavia sy an-kavananao izahay rahefa tonga ny voninahitrao. Dia hoy i Jesoa hoe : "Tsy fantatrareo akory

ce que vous demandez. Pouvez-vous boire le calice que je bois ? ou être baptisés du baptême dont je suis baptisé ? Ils lui répondirent : Nous le pouvons. (Mc 10, 37-39)

souffrances.

Mais Jésus leur dit : à la vérité, le calice que je bois, vous le boirez, (Mc 10, 39)

mort.

et vous serez baptisés du baptême dont je suis baptisé. (Mc 10, 39)
Mais, d'être assis à ma droite ou à ma gauche, il ne m'appartient pas de vous le donner à vous, mais à ceux à qui il a été préparé par mon Père.
Or, en entendant cela, les dix commandement à s'indigner contre les deux frères, Jacques et Jean.
Mais Jésus les appela à lui et leur dit : (Mt 20, 23-25, Mc 10, 41)

De quelle manière nous devons être les premiers parmi nos frères.

Vous savez que ceux qui passent pour régner sur les nations, les dominent et que les grands exercent la puissance sur elles. (Mc 10, 42)

différence.

Il n'en sera pas ainsi parmi vous. Mais quiconque voudra devenir le plus grand parmi vous, qu'il soit votre serviteur et quiconque parmi vous voudra être le premier, sera le serviteur de tous.

izay angatahinareo. Vitanareo ve ny hisotro ny kaopy tsy maintsy hosotroiko ? na hatao 389 batemy amin'izay hanaovana batemy ahy ?" Vitanay ihany. (Mk 10, 37-39)

fijaliana.

Fa hoy i Jesoa taminrizy ireo : lazaiko aminareo marina fa hosotrolnareo ny kalisy sotroiko. (Mk 10, 39)

fahafatesana.

ary hatao batemy amin'izay hanaovana batemy ahy ianareo,
Fa ny ho eo an-kavia na an-kavanana kosa, dia tsy ahy no hanome Izany anareo, fa ho an'izay efa natokan'ny Raiko amin'izany ihany.
Raha nandre izany anefa ny folo lahy dia nimonjomonjo tamin'i Jakoba sy Joany.

Fa nantsoin'i Jesoa ho eo aminy izy ireo ka nataony hoe : (Mt 20, 23-25 ; Mk 10, 41)

Fomba entina mba ho voalohany eo anivon'ny rahalahintsika.

Fantatrareo fa eo amin'izao tontolo izao, ny mpitondra firenena dia mandidy manapaka ka mampihatra ny fahefany ao aminy.

tsy fitoviazana.

Tsy sahala amin'izany kosa aminareo, fa izay te ho lehibe aminareo no ho mpanompon'ny sasany ; ary izay te ho voalohany aminareo no aoka ho mpanomponareo rehetra.

653 Note non traduite

Car, même le Fils de l'homme n'est pas venu pour être servi, mais pour servir et donner sa vie pour la rédemption du monde. (Mc 10, 43-45, Mt 20, 28)

Les choses de Dieu, cachées aux sages du siècle, sont révélées aux petits et aux humbles.

En cette heure-là, même, c'est-à-dire après que les disciples, revenant de leur mission, se réjouissaient de voir les démons soumis à leur voix, au nom de Jésus.
Jésus se réjouit dans l'Esprit-Saint et dit :
Je vous rends gloire, ô Père, Seigneur du ciel et de la terre, de ce que vous avez caché ces choses aux sages et aux prudents et que vous les avez révélées aux petits. Oui, Père, car tel a été votre bon plaisir. Toutes choses m'ont été données par mon Père et personne ne sait quel est le Fils, sinon le Père et quel est le Père, sinon le Fils et celui à qui le Fils a voulu le révéler. (Lc 10, 21-22) Prenez mon joug sur vous et apprenez de moi que je suis doux et humble de cœur. (Mt 11, 29)

Jésus enseigne à ses apôtres en quoi doit consister chez eux la primauté et la prééminence.

Il s'éleva une contestation parmi les apôtres : savoir lequel d'entre eux devait être estimé le plus grand.
Mais Jésus leur dit : Les rois des

Satria na dia ny Zanak'olona aza, dia tsy tonga ho tompoina fa tonga hanompo ary hanome ny ainy ho fanavotana an'izao tontolo izao. (Mt 20, 24)

Naseho tamin'ny madinika sy manetry tena, nefa nafenina ny hendry sy be sain'izao tontolo izao ny zavatr' Andriamanitra.

Tamin'io ora io ihany, izany hoe teo amin'ny fotoana niverenan'ireo mpianatra nirahin'i Jesoa ka faly aoka izany noho ny demony nanaiky ny feony tamin'ny anaran'i Jesoa,
dia nientan-kafaliana tao amin'ny Fanahy Masina i Jesoa ary nanao hoe :
Misaotra anao aho Raiko, Tompon'ny lanitra sy ny tany, fa nanafina izany zavatra izany tamin'ny hendry sy ny be saina ianao, fa naneho azy kosa tamin'ny madinika indrindra. Eny, Raiko ô, izany tokoa no sitrakao. Efa nomen'ny Raiko ahy ny zava-drehetra ; ary tsy misy mahalala ny Zanaka afa-tsy ny Ray, ary tsy misy mahalala ny Ray afa-tsy ny Zanaka ary izay tian'ny Zanaka hanehoana azy. (Lk 10, 21) Ento ny jiogako, ary mianara amiko fa malemy fanahy sy manetry tena ao am-po aho. Mt 11, 29)

Ampianarin'i Jesoa ny Apôstôliny ny fisehoan'ny fahamboniana sy ny fitondrana.

Dia nifanditra sy niady hevitra mafy izy ireo mba hahalalana izay ho lehibe amireizy ireo.
Fa hoy i Jesoa taminy : Ny mpanjakan'ny

nations les dominent et ceux qui ont puissance sur elles sont appelés bienfaiteurs. Pour vous, ne faites pas ainsi ; mais que celui qui est le plus grand parmi vous soit comme le plus petit et celui qui a la préséance, comme celui qui sert. Car, lequel est le plus grand : celui qui est à table ou celui qui sert ? n'est-ce pas celui qui est à table ? Or moi, je suis au milieu de vous comme celui qui sert. C'est vous qui êtes demeurés avec moi dans mes tentations. (Lc 22, 24-28)

Leçon d'humilité que donne Notre Seigneur Jésus Christ à ses apôtres qui se disputaient sur la préséance.

Une pensée vint à l'esprit des apôtres : savoir lequel d'entre eux était le plus grand. (Lc 9, 46)
Mais Jésus, voyant les pensées de leur cœur, lorsqu'ils furent dans la maison, leur demanda : Que discutiez-vous en chemin ?
Et ils se taisaient parce que, dans le chemin, ils avaient disputé ensemble qui d'entre eux était le plus grand. (Mc 9, 33-34)

firenena eto an-tany, dla mifehy azy mafy, ary izay manana ny fahefana dia antsoiny hoe mpanad soa azy. Fa ho anareo kosa tsy ho toy izany ; fa izay lehibe indrindra aminareo no aoka ho madinika indrindra, ary izay nomena hitondra no aoka ho mpanompo, satria iza moa no lehibe kokoa, ilay rosoan-kanina sa ilay mandroso sakafo ? Moa•tsy ilay rosoan-kanina va ? Izaho anefa eto am-povoanareo dia toy ny mpandroso sakafo anareo izay nitoetra teo amiko niaritra ny fitsapana. (Lk 22, 24-28)

Niady toeram-boninahitra ny Apôstôly dia nomen'i Jesoa Kristy Tompontsika anatra momba ny fanetren-tena.

Nandalo tao an-tsain'ny Apôstôly ny hevitra iray : iza amin'izy ireo tokoa moa no ho lehibe indrindra. (Lk 9, 46)
Fa i Jesoa nahalala ny tao am-pon'izy ireo, nony tonga tany an-trano dia nanontany azy hoe : Inona moa no niresahinareo teny an-dalana ?
Fa tsy niteny tsy nivolana izy ireo satria teny an-dàlana dia niady hevitra amin'izay ho lehibebe kokoa amin'izy rehetra izy ireo. (Mk 9, 33-34)

Et, s’étant assis, il appela les douze et les disciples s’approchèrent de Jésus et dirent : Qui pensez-vous est le plus grand dans le royaume des cieux ?

Et il leur dit : Si quelqu’un veut être le premier, il sera le dernier de tous et le serviteur de tous. (Mc 9, 35)
Et Jésus, appelant un petit enfant, le prend et le place près de lui, au milieu d’eux, et le tenant dans ses bras. Il leur dit : (Mc 9, 36)

Il faut devenir comme de petits enfants.

En vérité, je vous le dis, si vous ne vous transformez et ne devenez comme les petits enfants, vous n’entrerez point dans le royaume des cieux. Quiconque donc se sera abaissé, comme ce petit enfant, celui-là est plus grand dans le royaume des cieux et qui reçoit en mon nom un petit enfant semblable, me reçoit (Mt 18, 3-5) ; et quiconque me reçoit, reçoit, non pas moi, mais celui qui m’a envoyé. Car celui qui est le plus petit, humble entre vous tous, celui-là est le plus grand (Lc 9, 48).[654]

Comment Notre Seigneur Jésus Christ a pratiqué l’humilité.

Dans son incarnation.

Le Verbe s’est fait chair et il a habité parmi nous. (Jn 1, 14)
Il s’est anéanti lui-même en prenant la forme et la nature de l’esclave et se rendant semblable aux hommes, étant reconnu pour homme par tout ce qui a paru de lui au dehors. (Ph 2, 7)

Page 391

Dans sa naissance.

Et quand ils furent à Bethléem et que le jour de son enfantement arriva, et elle enfanta son premier né et l’enveloppa de langes et le coucha dans une crèche, parce qu’il n’y avait pas de place pour eux dans l’hôtellerie. (Lc 2, 6-7)

L’ange dit aux bergers : aujourd’hui vous est né le Sauveur qui est le Christ, le Seigneur, dans la ville de David et ceci sera pour vous le signe : vous trouverez un enfant enveloppé de langes et couché dans une crèche. (Lc 2, 10-12)

Ary rahefa nipetraka izy, dia niantso ny roa ambin'ny folo lahy, ary nanatona an'i Jesoa ny mpianany ka nilaza taminy hoe : Iza no heverinareo fa lehibe indrindra any amin'ny fanjakan'ny lanitra ?
Dia hoy izy namaly : Raha misy te ho voalohany, dia aoka izy ho farany ka ho mpanomponareo. (Mk 9, 35)
Dia niantso ankizy kely iray i Jesoa, noraisiny sy napetrany teo ankaikiny, teo afovoan'izy ireo, dia nofihininy ka hoy izy hoe : (Mk 9, 36)

Tsy maintsy tonga toy ny zazakely.

Lazaiko marina aminareo, fa raha tsy miova ianareo ka tonga toy ny zazakely, dia tsy hiditra any amin'ny fanjakan'ny lanitra velively. Fa na iza na iza mietry tena, tahaka ity zazakely ity dia izy no ho lehibe indrindra any amin'ny fanjakan'ny lanitra ; ary na iza na iza handray zazakely toy ity, amin'ny anarako, dia izaho mihitsy no raisiny (Mt 18, 3-5)° ; ary izay mandray ahy, dia tsy izaho ihany no raisiny fa ilay naniraka ahy koa. Satria izay kely indrindra, aminareo no ho lehibe indrindra. (Lk 9, 48)[655]

Fomba niainan'i Jesoa Kristy Tompontsika ny fanetren-tena.

Tamin'ny fahatongavana ho nofo.

Ary ny teny tonga nofo, ary izy niara-nonina tamintsika. (Jo 1, 14)
Fa nialany izany toetra maha-Andriamanitra azy izany tamin'ny nakany ny fomban'ny mpanompo ka tonga mitovy amin'ny olombelona, hita ary fantatra fa olombelona amin'izay hitan'ny maso. (Fil 2, 7)

Pejy faha-391

Tamin'ny fahaterahany.

Ary rahefa tonga tao Betilehema izy ireo, ka tonga ny andro hahaterahany, dia niteraka ny lahimatoany izy, ka nofonosiny lamban-jaza, dia nampandriany teo amin'ny fihinanam-bilona, satria tsy nisy toerana ho azy ireo tany amin'ny trano fandraisam-bahiny. (Lk 2, 6-7)
Dia hoy ny Anjely tamin'ny mpiandry ondry : teraka anio ho anareo ny Mpamonjy dia i Kristy, ny Tompo, ao amin'ny tanànan'i Davida, ka izao no hamantaranareo azy : hahita zazakely mifono lamban-jaza mandry ao anatin'ny fihinanam-bilona ianareo. (Lk 2, 10-12)

654 Ms XII 20 - Plus on se fait petit, plus on est grand.
655 Ms XII 20 - Arakaraka ny hanetren-tena, no hisandratana.

Rien de grand dans cette naissance, rien qui flatte l'amour propre, la vanité ; rien qui attire la gloire. Au contraire, tout est petit, méprisable, indigne ; il est le rejeté, le rebut du monde, l'ordure des rues,[a] C'est là que naît le Verbe éternel...

Dans sa circoncision.

Il fut circoncis le huitième jour et on lui donna le nom de Jésus. (Lc 2, 21)
Il prend la marque des pécheurs : il se soumet à cette loi du péché.[1]

Sa présentation.

Comme un pauvre, sans éclat, sans bruit, parents pauvres, offrande des pauvres, confondu avec tout le monde. Marie se confond avec les femmes et reçoit une bénédiction comme les femmes ordinaires.

La fuite en Egypte.

Il fuit comme un homme sans force, sans défense, pas d'opposition. Quelle humiliation de fuir devant un homme, quelle marque de faiblesse, de peur, de crainte ! Il ne résiste pas : douceur et humilité.

Sa vie cachée à Nazareth.

Dans le travail et l'obéissance. Il leur était soumis. (Lc 3, 51) Se soumettre à des inférieurs, passer pour un enfant, un ignorant, avoir besoin d'être gardé, commandé, recevoir les leçons, les ordres d'un homme, lui qui commande à la nature entière, maître de la nature.

Il passe pour le fils de Joseph

Lui, le Fils de Dieu, conçu de l'Esprit Saint, Verbe éternel, comme sa dignité est cachée ! Le Fils de Dieu passe pour le fils de l'homme, le fils d'un charpentier. Quelle leçon pour ceux qui tiennent à leurs titres et leurs dignités ! Il n'a demandé ni grâce, ni privilège ; il s'est conduit comme un homme ordinaire.

Tsy nisy lehibe mihitsy tamin'ity fahaterahana ity, tsy nisy nanasohaso ny fitiavan-tena, ny fizahozahoana, tsy nisy nanintona voninahitra. Ny mifanohitra amin'izany no hita : kely sy bitika loatra, ka sady tsy maha-te hijery no mahamenatra ; narian'ny olona, rikorikon'izao tontolo izao, fakofakon-dalana.[a] Tao no teraka ilay Teny mandrakizay...

Tamin'ny famorana azy.

Nony feno ny havaloana, dia noforàna izy ka nomena anarana hoe : Jesoa. (Lk 2, 21)
Nalainy ny famantarana ny mpanota ; noleferiny io lalàna noho ny ota io.[1]

Tamin'ny nanolorana azy.

Mitovy arnin'ny mahantra, tsy nisy fomba nanetriketrika, tsy nisy fanambarana niezinezina, ray aman-dreny mahantra, fanoloran'ny mahantra, nifangaro amin'ny sarambamben'olona : i Maria tsy niavaka tamin'ny vehivavy hafa, ary nandray ny tsodranom-pandiovana toy ny vehivavy tsotra rehetra.

Tamin'ny fandosirana tany Ejipta.

Nandositra hoatry ny lehilahy tsy amin-kery, kanosa, tsy maha aro tena, tsy manam-panoherana. Fahambaniana anie izany mandositra eo anoloan'ny lehilahy iray izany é, fahosana tsy misy toa azy, tahotra, fangovitana ! Tsy nanohitra izy : halemem-panahy, fanetren-tena.

Ny fiainana miafina tao Nazareta.

Niasa sy nanaiky. Nankato azy ireo izy. (Lk 3, 51) Miforitra amin'ny lefitry ny tena ; nanao ny tenany ho zaza, bado, mila tandremana sy arahi-maso, fehezina sy irahina, ampianarim-pomba, baikon'olombelona, kanefa izy no mibaiko ny voary manontolo, Tompon'izao tontolo izao.

Nanaiky ho zanak'i Josefa.

Izy ilay Zanak' Andriamanitra, noforonin'ny Fanahy Masina, Teny mandrakizay, tena nafeniny mihitsy ny fahamboniany. Nanjary zanak' olombelona, zanaky ny mpandrafitra ny Zanak' Andriamanitra ; Fampianarana tsy manam-paharoa izany ho an' ireo mifikitra amin'ny anaram-boninahiny sy amin'ny anaram-panajany. Tsy nangataka fanafahana na tombontsoa manokana izy fa dia nitondra tena toy ny olon-tsotra rehetra.

---

1. Ms XII 282 - Pas de privilège, pas d'exemption, loi commune.

Ms XII 282. Tsy nisy tombon-tsoa manokana, tsy nisy fanavakavahana, lalàna

==========

Note a. Le ton est un peu exagéré.

Page 392

Il se fait baptiser par Jean.

Jésus va vers Jean, son inférieur, il reconnaît et honore le ministère de Jean quoique bien inférieur au sien.

Il arriva que, pendant que tout le peuple recevait le baptême de Jean, Jésus vint de Nazareth, ville de Galilée, trouver Jean sur le Jourdain, pour être baptisé par lui. (Lc 3, 21, Mt 3, 13)

Mais Jean lui résistait en disant : C'est moi qui dois être baptisé par vous et vous venez à moi ! (Mt 3, 14)

Il ne dédaigne pas la grâce qui vient de Jean.
Il se confond avec les pécheurs.
Il reçoit le baptême des pécheurs.

Et Jésus lui dit : Laisse maintenant,

Il faut qu'il accomplisse tout ce qui est juste et bon.

car c'est ainsi qu'il convient que nous accomplissions toute justice. (Mt 3, 14-15)

Bon exemple. Combien Dieu l'honore ensuite !

Il fait aussi l'éloge de saint Jean ; plus tard, il ne craint pas d'amoindrir son ministère en élevant le sien.

Alors il consentit et Jésus fut baptisé par Jean dans le Jourdain et, pendant sa prière, colombe, voix du ciel. (Mc 1, 9)

Il va dans le désert pour Jeûner et être tenté par le diable.

L'Esprit-Saint le pousse dans le désert. (Mc 1, 12)

Et Jésus, plein du Saint Esprit, revint du Jourdain et aussitôt l'Esprit le poussa dans le désert pour être tenté par le diable. (Lc 4, 1)

Il était avec les bêtes.

iombonana ihany.

==========

Naoty a : Mafy loatra ilay teny ilazany azy.

Pejy faha-392

Nanaiky nataon'i Joany Batemy Izy.

Nanatona an'i Joany, i Jesoa, nekeny ary nohajainy ny asa nanirahana an'i Joany na dia ambanimbany kokoa noho ny azy aza.

Nirohotra nandray ny batemin'i Joany ny vahoaka tamin'izay fotoana izay. Tonga avy any Nazareta, tanàna any Galilea i Jesoa ka nanatona an'i Joany tao Jordany mba hataony batemy. (Lk 3, 21 ; Mt 3, 13)

Tsy nety anefa i Joany ka nanao taminy hoe : Izaho tokony hataonao batemy indray ve no hanao batemy anao.

Tsy niavonany ny fahasoavana avy amin'i Joany.
Nifangaro tamin'ny Mpanota tao Izy.
Nandray ny Batemy natokana ho an'ny Mpanota Izy.

Ary hoy i Jesoa : Meteza ihany,

Tsy maintsy tontosainy izay marina sy tsotra rehetra

satria tsy maintsy tontosaintsika ny marina rehetra. (Mt 3, 14-15)

Ohatra tsara izany ! Ary nanomezan'Andriamanitra voninahitra azy avy eo.

Taty aoriana dia nodokafany aoka izany i Joany, ary tsy natahorany mihitsy ny nietry mba hanandratana azy.

Dia nekeny ka nataony batemy tao amin'i Jordany i Jesoa, ary teo min'ny vavaka nataony dia indro nisy voromailala, sy feo nidina avy any an-danitra. (Mk 1, 9)

Lasa tany an-taniefitra izy hifady hanina sy halain'ny demony fanahy.

Nentin'ny Fanahy Masina tany an-taniefitra izy. (Mk 1, 12)

Ary feno ny Fanahy Masina i Jesoa rahefa niala tao Jordany, ka nentin'ny Fanahy tany antaniefitra mba halain'ny demony fanahy. (Lk 4, 1)

Niara-nonina tamin'ny bibidia.

Et il était parmi les bêtes. (Mc 1, 13)

Afovoan'ny bibidia Izy. (Mk 1, 13)

Il a faim.

Et quand il eut jeûné pendant quarante jours et quarante nuits, il eut faim.

Noana Izy.

Ary raha nifidy hanina nandritra ny efapolo andro sy efapolo alina Izy ka noana mafy tokoa.

Quelle humiliation d'être tenté par un inférieur qui vient voir ce que vous êtes, essayer de vous forcer, tendre des pièges, solliciter au mal, voir si vous êtes capables de faire quelque chose.

Et le tentateur s'approchant lui dit : Si tu es le Fils de Dieu, dis que ces pierres deviennent des pains.

Et Jésus dit : L'homme ne vit pas seulement de pain mais de toute parole qui sort de la bouche de Dieu. (Mt 4, 2-4)

Fanambaniana tsy misy hoatr'izany hoe alain'ny fehezina fanahy izany, tsikiloviny, tereny, fandrihany, atosiny amin'ny ratsy, tsapainy na mahavita na tsia !

Dia nanatona azy ny mpaka fanahy ka nanao taminy hoe : raha zanak' Andriamanitra ianao, ataovy tonga mofo ireto vato ireto.

Ary hoy i jesoa : tsy ny mofo ihany no iveloman'ny olona, fa ny teny rehetra aloaky ny vavan'Andriamanitra koa.

Jésus ne montre pas ce qu'il est ; il ne fait rien d'éclatant ; il ne répond rien qui puisse lui attirer quelque gloire, il ne se vante pas de ses titres ; il ne montre pas sa puissance ; il ne demande pas à son Père des miracles pour lui, des choses extraordinaires.

Jésus Christ commence sa grande mission par trois grands actes d'humilité :

Baptême
Jeûne
tentation, épreuve,
il faut être éprouvé.

Tsy nolazain'i Jesoa ny momba azy ; tsy nanao zava-mahatalanjona izy ; tsy nanao zava-mampitolagaga hisandratam-boninahitra ; tsy mba nidoka tena tamin'ny anaram-boninahitra nananany ; tsy nanampatra ny fahefana teo an-tanany, tsy nangata-pahagagana ho azy tamin'ny Rainy ; na zavatra tsy fahita.

Zavatra telo lehibe manambara fanetren-tena no nanombohan'i Jesoa Kristy ny asa nanirahana azy :

Batêmy
fifadian-kanina,
fakam-panahy, fisedrana
ilaina ny sedra.

Il n'y avait pas de place pour eux dans l'hôtellerie (Lc 2, 7)[656]

Tsy nisy toerana ho azy ireo tao amin'ny tranom-bahiny. (Lk 2, 7)[657]

Il se cache quand il fait une bonne action.

Raha avy nanao asa soa lzy dia miafina kely.

Après avoir guéri le paralytique de la piscine, Jésus se retira de la foule. Celui qui avait été guéri ne savait lui-même qui il était, car Jésus s'était retiré de la foule du peuple qui était là. (Jn 5, 13)

Nanasitrana ilay malemy tongotra tao amin'ny dobo filomanou i Jesoa, nialany kely ny vahoaka dia niafina izy. Ilay nositraniny mahalala azy akory, satria efa tsy teo afovoan'ny vahoaka be teo Intsony i Jesoa. (Jo 5, 13)

Il défend aux malades qu'il a guéris d'en parler à qui que ce soit.

Norarany tsy hiteny na amin'iza na amin'iza ireo nositraniny.

Jésus, ayant guéri deux aveugles, leur défendit fortement d'en parler, leur disant :

Rahefa avy nanasitrana ireo jamba roalahy i Jesoa dia nandrara mafy ireo tsy hiteny na

656 Note a. On ne voit pas pourquoi cette phrase est notée ici. Une idée a dû passer dans la tête du Père Chevrier et il n'a pas voulu la laisser perdre, puis il a dû oublier de rayer cette phrase après coup. Peut-être faut-il y voir un exemple de refus des privilèges.

657 Nôty a : Tsy fantatra mihitsy ny antony nahatonga io fehezan-teny io hitsofoka eo. Azo heverina anefa fa nisy tsirin-kevitra tsy tiany ho very tao an-dohan'i Mompera Chevrier ka nosoratany tao ilay teny mba tsy hadino. Tsy tsaroany intsony anefa ny namafa azy aoriana na nety nisy ohatra nomeny tao fa tsy voasorany.

Prenez bien garde que qui que ce soit ne le sache. (Mt 9, 30)

Jésus, ayant guéri un lépreux, il lui défendit d'en parler à personne. (Lc 5, 14)

Après la résurrection de la fille de Jaïre, il leur commanda fortement que personne ne le sut. (Mc 5, 43)

Il va à l'écart pour guérir le sourd-muet.

Quand Notre Seigneur eut guéri le sourd-muet qu'il avait mené à l'écart pour l'éloigner du monde, qu'il eut dit : Ephpheta et qu'il fut guéri, il défendit à tous ceux qui étaient là, praecepit eis, de le dire à personne ; mais plus il leur défendait, plus ils le publiaient. (Mc 7, 36)

Il cherche même à atténuer la gloire de ses miracles.

Jésus se rendait chez Jaïre pour guérir sa fille quand on vient dire au chef de la synagogue : Ne tourmentez pas davantage le Maître, votre fille est morte. Jésus cependant alla avec ses trois apôtres et, entrant, il dit : Pourquoi faites-vous tant de bruit et qu'avez- vous à pleurer ? cette fille n'est pas morte, elle n'est qu'endormie, et ils se moquaient de lui. Il fit retirer tout le monde ; il prit le père et la mère et ses trois apôtres,

amin'iza na amin'iza ka hoy izy : Tandremo mba tsy ho fantatr'iza na iza izao natao anareo izao. (Mt 9, 30)

Avy nanasitrana ilay boka i Jesoa dia nandrara azy tsy hilazalaza izany amin'ny olona. (Lk 5, 14)

Tamin'ny nananganany ho velona ny zanaka vavin'i Jaira, dia norarany mafy dia mafy izy ireo mba tsy hampahalala izany na amin'iza na amin'iza. (Mk 5, 43)

Nihataka kely izy nanasitrana ilay moana marenina.

Rahefa avy nanasitrana ilay moana marenina nasindany kely hiala teo afovoan'ny vahoaka i Jesoa, ka nilaza taminy hoe : Efetà, misokafa, dia sitrana izy, dia nandrara mafy dia mafy ireo olona nifanesika teo aminy, mba tsy hiteny na amin'iza na amin'iza, fa saingy arakaraka ny nandrarany azy no vao mainka nanaparitahan'izy ireo ny zava-mahagaga hitany. (Mk 7, 36)

Notadiaviny hahena koa aza ny lazan'ny fahagagana nataony.

Nankany an-tranon'i Jaira i Jesoa hanasitrana ny zanany vavy ; tonga hilaza amin'ity lehiben'ny sinagoga ity anefa ny iraka avy any an-trano nanao hoe : Aza manahirana ny Mpampianatra intsony ianao fa efa maty ny zanaka vavinao. Lasa ihany anefa i Jesoa niaraka tamin'ny Apôstôliny telo lahy, ary teo am-pidirana izy dia nanontany hoe : Inona izany tabataba sy tomany izany ? — Tsy maty akory razazavavy fa matory. Kanjo nihomezan'izy ireo izy. Nasainy navoaka ny vahoaka ; ny ray sy ny reny ary ireo Apôstôly telo lahy

et la prenant par la main, il lui dit : lève toi et elle se mit à marcher et il leur commanda très fortement de n'en rien dire à personne et que personne ne le sût. (Mc 5, 35-43)

Il défend à ses apôtres de parler de sa transfiguration, sinon après sa mort.

Après la transfiguration, lorsque les apôtres descendaient de la montagne, Jésus leur fit ce commandement et leur dit : Ne parlez à personne de ce que vous venez de voir, jusqu'à ce que le Fils de l'homme soit ressuscité d'entre les morts. (Mt 17, 9)

Il défend même à ses apôtres de dire qu'il était le Christ.

Quand saint Pierre eut fait sa profession de foi et qu'il eut dit : Je crois que vous êtes

no sisa notanany tao an-trano, ary noraisiny ny tanan-drazazavavy dia hoy Izy : « mitsangana » dia iny izy fa nandeha avy hatrany, ary norarany mafy izay tonga teo mba tsy hilaza na amin'iza na amin'iza ary tsy nisy olon-kafa hahafantatra izany mihitsy. (Mk 5, 35-43)

Tsy navelany hiteny momba ny fiovany tarehy koa ny Apôstôliny raha tay aorian'ny fahafatesany.

Taorian'ny fiovan-tarehy, raha nidina avy any an-tendrombohitra Iny ny Apôstôly, dia nandidy azy ireo i Jesoa ka nanao taminy hoe : Aza miteny na amin'iza na amin'iza izao zavatra hitanareo izao ianareo, alohan'ny hitsanganan'ny Zanak' Olona amin'ny maty. (Mt 17, 9)

Norarany tsy hiantso azy Kristy mihitsy aza ny Apôstôliny.

Rahefa naneho ny finoany i Md. Piera, ka nilaza hoe : Mino aho fa ianao no Kristy

le Christ, le Fils du Dieu vivant, et qu'il lui eut donné les clefs du royaume, il défendit à ses disciples de dire à personne qu'il fût Jésus, le Christ. (Mt 16, 20)

Il s'éloigne de la foule qui l'admire et va prier dans le désert.

Comme sa réputation se répandait de plus en plus, les peuples venaient en foule pour l'entendre et être guéris. Mais lui se retirait dans le désert et il y priait. (Lc 5, 15)

Quand tout le monde est dans l'admiration de lui, il parle de sa passion.

Après ses miracles, tous étaient étonnés de la grande puissance de Dieu en lui et lorsqu'ils étaient dans l'admiration de tout ce que faisait Jésus, il dit à ses disciples : Mettez bien dans votre cœur ce que je vais vous dire : Le Fils de l'homme doit être livré entre les mains des hommes. (Lc 9, 43-44)

Il cache ses noms et titres glorieux.

Il cache ses noms et titres glorieux pour ne s'appeler que le Fils de l'homme et l'envoyé de Dieu.

Il ne s'occupe pas de ce qu'on dit de lui.

Il ne répond pas aux discours que l'on tient contre lui.

En parlant de Jean, il dit : Jean est venu ne mangeant point de pain et ne buvant point de vin et ils disent :
il est possédé du démon
Le Fils de l'homme est venu mangeant et buvant comme les autres et ils disent : C'est un homme de bonne chère et qui aime boire. (Mt 11, 18-19, Lc 33, 34)

Il fait des pauvres et des pécheurs sa compagnie de prédilection.

Les scribes et les pharisiens reprochaient à Jésus de manger avec les publicains et les pécheurs et Jésus leur dit : Ce ne sont pas les bien portants qui ont besoin de médecin, mais ceux qui sont malades. (Lc 5, 30-31, Mt 9, 11-12, Mc 16, 17)
Il va chez Zachée, le publicain.
Il va se faire baptiser avec les pécheurs.
Il est ami des publicains et des gens de mauvaise vie, disaient les scribes et les pharisiens. (Mt 11, 19)

Il n'accepte pas la gloire des hommes.

Zanak' Andriamanitra Velona ; ary notolorana ny fanalahidin'ny lanitra izy, dia norarany ny mpianany tsy hanambara fa izy no Jesoa, ilay Kristy. (Mt 16, 20)

Niatahany ny vahoaka nankalaza Azy, ary lasa nivavaka tany an-taniefitra Izy.

Niparitaka hatraiza hatraiza ny lazany ary tonga mba hihaino azy sy hositraniny ny vahoaka. Fa izy kosa lasa nihataka tany an-taniefitra mba hivavaka. (Lk 5, 15)

Talanjona ny olona noho ny asa nataony, kanefa ny hijaliany indray no nolazainy.

Gaga sy talanjona noho ny herin'Andriamanitra tao aminy ny olona taorian'ireo fahagagana maro be ireo, ka variana dia variana tamin'ny asan'i Jesoa, fa i Jesoa kosa nanao tamin'ny mpianany hoe : Ataovy masaka tsara ao am-ponareo izao lazaiko aminareo izao : tsy maintsy atolotra eo am-pelan-tanan'ny olombelona ny Zanak' Olona. (Lk 9, 43 ; Mt 16, 21)

Nafeniny ny anaram-boninahiny.

Nafeniny ny tena anarany sy ny anaram-boninahiny ka nitondra ho Zanak'Olona, Irak' Andriamanitra fotsiny Izy.

Tsy nisahirana tamin'izay nolazaina momba azy Izy.

Tsy novaliany akory ny kabary nanoherana Azy.

Niteny momba an'i Joany izy nanao hoe : tonga teto i Joany, tsy nihina mofo tsy nisotro divay, dia hoy ianareo :
Olona azon'ny demony io.
Tonga indray ny Zanak'Olona, mihinana sy misotro hoatry ny olon-drehetra, dia hoy ianareo : olona tenda-kanina sy mpisotro toaka io. (Mt 11, 19)

Ny mahantra sy ny mpanota no nofidiny ho mpiara-dia mitory teny.

Nanome tsiny an'i Jesoa ny Mpanora-dalàna sy ny farisiana noho Lay miara-mihinana amin'ny poblikana sy ny mpanota ka novaliany hos tsy ny finaritra no mila mpitsabo fa ny marary. (Lk 5, 30-31 ; Mt 9, 11-12 ; Mk 16, 17)
Nankany amin'i Zake ilay poblikana Izy.
Nanaiky hatao batemy niaraka tamin'ny mpanota Izy.
Sakaizan'ny poblikana sy ny ratsy fitondran-tena ilay io, hoy ny mpanora-dalàna sy ny farisiana. (Mt 11, 19)

Tsy noraisiny ny voninahitr' olombelona.

Il ne tire pas sa gloire des hommes,

Je ne tire pas ma gloire des hommes. (Jn 5, 41)

Il ne cherche point sa gloire.

Pour moi, je ne cherche point ma propre gloire. (Jn 8, 50)

Il laisse à son Père le soin de sa gloire,

Un autre la recherchera. (Jn 8, 50),

et de juger ce qu'il faut faire pour cela.

et fera Justice. (Jn 8, 50)

Il dit que tout ce qu'il peut dire pour sa gloire, n'est rien

Si Je me glorifie, ma gloire n'est rien. (Jn 8, 54)

que son Père seul peut le glorifier.

Mais c'est mon Père qui me glorifie. (Jn 8, 54)

Il attribue à son Père les oeuvres bonnes qu'il a faites.

Notre Seigneur, ayant prouvé aux Juifs sa divinité, leur dit : J'ai fait devant vous plusieurs bonnes oeuvres, par la puissance de mon Père ; pour laquelle est-ce que vous me lapidez ? (Jn 10, 32)

Il se regarde comme le Serviteur de tous.

Qui est le plus grand, de celui qui est à table, ou de celui qui sert ? n'est-ce pas celui qui est à table ?
Et moi cependant, Je suis parmi vous comme celui qui sert. (Lc 22, 27)

Celui qui voudra être le plus grand parmi vous, soit votre esclave ; comme le Fils de l'homme n'est pas venu pour être servi, mais pour servir. (Mt 20, 27)

Page 396

Jésus lave les pieds à ses apôtres.

A la cène, Jésus se leva de table, posa ses vêtements et, ayant pris un linge, il s'en ceignit ; puis il versa de l'eau dans une bassine et commença à laver les pieds de ses apôtres et à les essuyer avec le linge dont il était ceint. (Jn 13, 4-5)

Tsy avy amin'ny olombeona koa ny voninahiny.

Tsy avy amin'ny olombelona ny voninahitro. (Jo 5, 41)

Tsy nikatsaka ny voninahiny Izy.

Tsy ny voninahitro no katsahiko. (Jo 8, 50)

Napetrany amin'ny Rainy izany sy manao izay mety amin' izany,

Ny hafa no mikatsaka izany ho ahy (Jo 8, 50)

sy mitsara izay ataoko.

Xxxxxxxx (Jo 8, 50)

Tsinontsinona izay lazainy momba ny voninahiny hoy Izy,

Raha miteny momba ahy aho, dia tsinontsinona izay lazaiko. (Jo 8, 54)

fa ny Rainy ihany no afa-manome voninahitra azy.

Fa ny Raiko ihany no afa-manome voninahitra ahy. (Jo 8, 54)

Ny asa soa rehetra vitany dia ny Rainy no manao azy, hoy izy.

Nanaporofo ny maha-Andriamanitra azy tamin'ny Jody ny Tompontaika ka nanao tamin'izy ireo hoe : Nanao asa soa maro teo imasonareo, tamin'ny alalan'ny herin'ny aiko aho, ka inona amin'izy ireny no hitorahanareo vato ahy ? (Jo 10, 32)

Nilatsa-tena ho mpanompon'izy rehetra izy.

Iza no lehibebe kokoa, ny mihinana eo ambony latabatra sa ny mpandroso sakafo ho azy ? Moa tsy ilay eo ambony latabatra va ?
Fa izaho kosa eo am-povoanareo, dia sahala amin'ilay mpanomponareo. (Lk 22, 27)

Fa izay te ho lehibe indrindra aminareo no ho andevonamo rehetra ; satria tsy tonga mba ho tompoina ny Zanak'Olona fa tonga hanompo. (Mt 20, 27)

Pejy faha-396

Nanasa ny tongotry ny Apôstôliny i Jesoa.

Tamin'ny sakafo farany, dia nitsangana teo am-pihinanana i Jesoa, nametraka ny lambany, ka naka lamba famaohana nosikininy, dia nandraraka rano tao anatin'ny lovia be izy ka nirotsaka nanasa ny tongotry ny Apôstôliny ary namaoka azy tamin'ilay lamba nosikininy. (Jo 13, 4-5)

Il leur apprend qu'ils doivent faire de même aux autres.

Après donc qu'il eut lavé les pieds à ses apôtres et qu'il eut pris ses vêtements, s'étant remis à table, il leur dit : Savez-vous ce que je vous ai fait ?
Vous m'appelez Maître et Seigneur et vous dites bien car je le suis.

Si donc j'ai lavé vos pieds, moi Seigneur et Maître, vous devez, vous aussi, vous laver les pieds les uns aux autres, car je vous ai donné l'exemple afin que, comme j'ai fait, vous fassiez aussi vous-mêmes. (Jn 13, 12-15)

Le serviteur n'est pas plus que son maître.

En vérité, en vérité, je vous le dis, le serviteur n'est pas plus que son maître, ni l'apôtre plus grand que celui qui l'a envoyé. Si vous savez ces choses, vous serez bienheureux, pourvu que vous les pratiquiez. (Jn 13, 16-17)

Jésus prépare le repas sur le rivage

Les apôtres avaient passé la nuit à ne rien prendre.
Après la pêche miraculeuse, les apôtres descendirent à terre et virent des charbons préparés et des poissons placés dessus et du pain.
Jésus leur dit : Apportez quelques-uns des poissons que vous avez pris à l'instant. Puis Jésus leur dit : Venez et mangez.
Jésus vint, prit le pain et le leur donna et des poissons pareillement. (Jn 21, 9-10.12-13)

Les humiliations de la crèche,

de la passion.

Page 397

Enseignement de Saint Paul sur l'humilité.

Nous avons tout reçu de Dieu.

Qu'avez-vous que vous n'ayez pas reçu de Dieu ? Mais, si vous l'avez reçu de Dieu, pourquoi vous en glorifiez-vous comme si vous ne l'aviez pas reçu de lui ? (1 Co.4, 7)

Pas capables même de former une bonne pensée de nous-mêmes.

Nous ne sommes pas même capables de former de nous-mêmes une bonne pensée, comme de nous-mêmes mais c'est Dieu qui nous en rend capables. (2 Co 3, 5)

Nampianariny azy ireo fa izany koa no tsy maintsy hifanaovany.

Rahefa avy nanao izany izy, dia nandray ny lambany indray ka nipetraka nihinana, dia nanao tamin'izy ireo hoe : Moa fantatrareo va izay nataoko taminareo teo ?
Ianareo miantso ahy hoe : Mpampianatra, ary marina ny filazanareo fa izany tokoa Aho.
Koa raha izaho Tompo sy Mpampianatrareo no manasa ny tongotrareo, dia tsy maintsy mifanasa tongotra koa ianareo ; efa nanome ohatra anareo aho izao mba hanaovanareo toy ny nataoko koa aminareo samy ianareo. (Jo 13, 12-15)

Ny mpanompo tsy lehibe noho ny Tompony.

Lazaiko marina dia marina aminareo fa ny mpanompo tsy ambony noho ny tompony, ary ny iraka tsy lehibe noho izay naniraka azy. Raha fantatrareo izany dia ho sambatra ianareo raha manatanteraka izany (Jo 13, 16-17)

Nanomana sakafo teo amorom-parihy i Jesoa.

Nanarato nandritra ny alina ny Apôstôly kanefa tsy nahazo na inona na inona.
Ka rahefa nidina avy tao an-tsambo izy ireo, taorian'ilay jono mahagaga, dia nahita vain'afo teo am-patana, ary teo amboniny dia nisy trondro sy mofo efa voatono.
Dia hoy i Jesoa taminy : Itondrao trondro amin'izay vao azonareo. Dia nampiany hoe : Avia ary mihinàna.
Dia tonga i Jesoa, nandray ny mofo ka nanome azy ireo, dia nataony toy izany koa ny trondro. (Jo 21, 9-10.12-13)

Ny fahafaham-baraka tao an-tranon'omby

sy teo am-pijaliana.

Pejy faha-397

Fampianaran'i Md. Paoly momba ny fanetren-tena.

Avy amin'Andriamanitra no nandraisantsika ny zava-drehetra.

Inona moa no anananareo ka tsy noraisinareo avy amin' Andriamanitra ? Ary raha avy amin'Andriamanitra no nahazoanareo azy, nahoana mirehareha toyny tsy nandray na inona na inona avyamin'Andriam ianareo ? (1 Kor. 4, 7)

Tsy afa-mamoron-kevitra tsara akory aza isika.

Raha noho isika fotsiny, dia tsy afa-mamoron-kevitra tsara akory us isika, fa Andriamanitra no mametraka izany ao amintsika. (2 Kor. 3, 5)

Pourquoi Dieu choisit ce qu'il y a de plus petit selon le monde pour ses œuvres

Dieu a choisi les moins sages selon le monde, pour confondre les sages.

Il a choisi les faibles selon le monde, pour confondre les puissants.

Il a choisi les plus vils et les plus méprisables selon le monde et ce qui n'était rien pour détruire ce qui était quelque chose dans le monde, afin qu'aucun homme ne se glorifie devant lui, afin que, selon qu'il est écrit, celui qui se glorifie ne se glorifie que dans le Seigneur. (1 Co 1, 27-29, 31)

Il ne faut se glorifier que dans le Seigneur.

Que celui qui se glorifie, ne se glorifie que dans le Seigneur. (1 Co 1, 31, 2 Co10, 17)

Notre gloire n'est rien.

Car ce n'est pas celui qui se rend témoignage qui est vraiment estimable mais c'est celui a qui Dieu rend témoignage. (2 Co 10, 18)

Page 398

C'est Dieu qui seul fait croître.

J'ai planté. C'est Apollos qui a arrosé, mais c'est Dieu qui a donné l'accroissement. Ainsi celui qui plante n'est rien, celui qui arrose n'est rien, mais c'est Dieu qui donne l'accroissement et qui est tout. (1 Co 3, 6-7)

S'abaisser dans ses pensées jusqu'aux personnes les plus humbles.

Tenez-vous toujours unis les uns avec les autres, dans les mêmes sentiments et les mêmes affections et ne vous élevez point dans vous-mêmes par des pensées présomptueuses, mais rabaissez-vous jusqu'aux personnes les plus humbles. (Rm 12, 16)

et ne pas être sage à ses propres yeux.

et ne soyez pas sages à vos propres yeux. (Rm 12, 16)

S'assujettir aux autres.

Nahoana no izay heverin'izao tontolo izao ho bitika indrindra no fidin'Andriamanitra hanao ny asany

Izay noheverin'izao tontolo izao ho adala indrindra no nofidin' Andriamanitra hampahamenatra ny hendry.
Izay noheverin'izao tontolo izao ho osa indrindra no nofidiny hampahamenatra ny mpanjakazaka.
Izay maharikoriko sy nohosihosen'ny mpiarabelona amin'izao tontolo izao ka nataony ho tsinontsinona no nofidiny mba hanapotika ny andrandrain'izao tontolo izao ho tena zavatra, mba tsy hisy hirehareha eo anatrehany ny olona, mba hahatanteraka ny voasoratra hoe : Izay mirehareha dia aoka izy hirehareha ao amin'ny Tompo irery ihany. (1 Kor. 1, 27)

Ny Tompo ihany no ireharehantsika.

Izay te hirehareha, dia aoka izy hirehareha ao amin'ny Tompo. (1 Kôr 1, 31 ; 2 Kôr 10, 17)

Tsinontsinona ny Voninahintsika.

Satria tsy izay midera tena, fa izay derain'ny Tompo, no tena olona voazaha toetra. (2 Kôr 10, 18)

Pejy faha-398

Andriamanitra irery ihany no mampitombo.

Izaho namboly. i Apolo nanondraka, fa Andriamanitra irery ihany no afa-mampitombo. Ka noho izany, izay mamboly sy izay manondraka dia tsinontsinona avokoa satria ny Tompo ihany no mampitsimoka ny voa. Izy no mahavita ny zavatra rehetra. (1 Kôr 3, 6-7)

Mietry tena ho faran'ny ambany.

Miraisa hina ianareo, miraisa saina, miraisa fo amin'ny fitiavana, aza manandra-tena ho ambonin'ny hafa, amin'ny hevitrareo, fa mietre tena ho farany ambany.

Ary aza mihevi-tena ho hendry eo imasonareo.

Ary aza mihevi-tena ho hendry eo imasonareo. (Rôm 12, 16)

Manompoa ny hafa.

Assujettissez-vous les uns aux autres par une charité vraiment spirituelle servite invicem. (Ga 5, 13)
Ne faites rien par un esprit de contention ou de vaine gloire. (Ph 2, 3).

Croire les autres au-dessus de soi.

Mais que chacun, par humilité, croie les autres au-dessus de soi. (Ph 2, 3)

Nous ne sommes rien.

Si quelqu'un s'estime être quelque chose, il se trompe parce qu'il n'est rien. (Ga 6, 3)

Il ne faut pas se comparer aux autres ou s'estimer plus que les autres parce que les autres sont tombés dans quelque faute.

Mais que chacun examine ses propres actions et il trouvera sa gloire lui-même, c'est-à-dire dans le mérite de ses oeuvres qui lui sont propres et non dans un autre, dans les rapports qu'il fera avec les autres. (Ga 6, 4)

Se prévenir d'honneur et de déférence.

Que chacun ait pour son prochain une affection et une tendresse vraiment fraternelle.

Prévenez-vous les uns les autres par des témoignages d'honneur et de déférence. (Rm 12, 10)

Saint Paul nous avertit que la science enfle.

Saint Paul nous avertit que la science enfle, que la charité édifie. (1 Co 8, 1)

Que la science sans la charité n'est rien

Si quelqu'un se persuade savoir quelque chose, n'ayant pas la charité, il ne sait pas même encore de quelle

manière il doit savoir (1 Co 8, 2). Ni comment il doit se servir de sa science ; il ne sait pas se servir de sa science.

Dieu est maître de faire ce qu'il veut nous ne devons pas murmurer contre Dieu.

Mifanompoa ao anatin'ny fifankatiavana ara-panahy lavorary. (Gal. 5, 13)

Ary aza manao na inona na inona mba hanandratan-tena na hahazoam-boninahitra. (Fil 2, 3)

Atao ambonin'ny tena ny namana.

Aoka ny tsirairay avy, hanao ny sasany ho ambonimbony kokoa noho izy. (Fil 2, 3)

Tsinontsinona isika.

Raha misy manao ny tenany ho tena zavatra, dia diso hevitra izy satria tsinontsinona akory izy. (Gal 6, 3)

Aza mampitaha tena amin'ny sasany, na manambony tena satria nanao hadisoana izy.

Fa aoka ny tsirairay handini-tena amin'ny asany ka hahita ny voninahiny amin'izany ; izany hoe : ao amin'ny fahamendrehan'ny asany manokana, fa tsy amin'ny hafa, ifandraisany amin'ny sasany. (Gal 6, 3)

Mifanome haja amam-boninahitra.

Aoka ny tsirairay hanana fitiavana sy fitsimbinana ny namany amim-pirahalahiana feno.
Mifampitsimbina ianareo ary mifanomeza haja amam-boninahitra toy ny mpirahalahy. (Rôm 12, 10)

Mampitandrina antsika i Md. Paoly fa mampihebohebo ny fahaizana.

Mampihebohebo ny fahalalana amam-pahaizana, fa ny fifankatiavana kosa mahasarika ho tia, hoy i Md. Paoly. (1 Kôr 8, 1)

Tsinontsinona ny fahaizana tsy misy fifankatiavana.

Na dia misy aza mirehareha ho mahalala ny zava-drehetra, nefa tsy manam-pitiavana, tsy fantany akory

ny fomba ampiasàny ny fahaizany (1 Kôr 8,1) ; na ahoana no hampiharany ny fahaizana amam-pahalalany tsy hainy ny mampihatra izay tompoiny fa fantany.

Masi-mandidy amin'ny asany Andriamanitra ka tsy mahazo mimona monina aminy isika.

O homme, qui êtes-vous pour contester avec Dieu ? Un vase d'argile dit-il à celui qui l'a fait : pourquoi m'avez vous fait ainsi ? Le potier n'a-t-il pas le pouvoir de faire de la même masse d'argile un vase destiné à des usages honorables et d'autres destinés à des usages honteux ? (Rm 9, 20-21)

Exemples d'humilité.

Abraham

Il s'appelle cendre et poussière. (Gn 18, 27)

David

C'est vous qui m'avez formé. (Ps 119, 73)

Saint Paul

Je suis le moindre des apôtres et je ne suis pas digne d'être appelé apôtre parce que j'ai persécuté l'Eglise de Dieu.
Mais c'est par la grâce de Dieu que je suis ce que je suis et sa grâce n'a pas été stérile en moi. J'ai travaillé plus que les autres, non pas moi mais la grâce de Dieu avec moi. (1 Co 15, 9-10)
Il est dans un état de faiblesse, de crainte et de tremblement devant les Corinthiens. (1 Co 2, 3)

Fausse humilité.

Gens qui feignent de s'humilier et dont l'intérieur est plein de déguisement et d'orgueil. (Si 19, 26)

Résumé des enseignements de notre seigneur Jésus Christ sur l'humilité.

Il ne faut pas faire nos actions, notre justice, pour être vus des hommes.
Il faut chercher les dernières places par humilité et charité.
Eviter de se montrer dans ses habits, dans ses manières.

Fa mba iza moa ianao ry olombelona no hanohitra an'Andrimanitra Tavoara tanimanga, hoy izy, amin'ilay harin-tanany, ka nahoana no manao toy izao amiko ? Tsy azon'ny mpanefy moa ny manao vilany araka izay ilainy amin'ny tanimanga eo am-pelantanany, ka ity homeny haja, ity homeny henatra ? (Rôm 9, 20-21)

Ohatra ho amin'ny fanetren-tena.

Abrahama.

Lavenona sy vovoka no anarany. (Jen 18, 27)

Davida.

Ianao no namorona ahy tamin'ny tsy misy. (Sal 118)

Md. Paoly.

Izaho no kely indrindra amin'ny Apôstôly, ary tsy mendrika ny antsoina hoe Apôstôly akory aza satria nanenjika ny Fiangonan'Andriamanitra aho.
Fa noho ny fahasoavan' Andriamanitra no maha toy izao ahy, ary namokatra ny fahasoavany, satria niasa mafimafy kokoa noho ny sasany aho, tsy noho izaho, fa noho ny fahasoavan' Andriamanitra ao amiko. (1 Kôr ; 2, 3)
xxxxxxxxx

Fanetren-tena sandoka.

Olona mody mietry nefa ao anaty feno avonavona sy sarintsarim-panetren-tena. (Ekl 19, 23)

Famintinana ny ampianaran'i Jesoa Kristy Tompontsika momba ny fanetren-tena.

Aza atao ho hitan'ny olona ny asa sy ny fahamarinantsika.
Makà ny toerana farany ambany, amim-panetren-tena sy am-pitiavana.
Alaviro ny fisehosehoana amin'ny fitafiana sy ny fihetsika.

Ne pas rechercher, ni même accepter les saluts, les titres, les noms flatteurs, les marques d'estime et de respect.
Il faut bien se garder des applaudissements des hommes.
Il ne faut pas mettre sa confiance dans ses oeuvres ni se comparer aux autres.
Il ne faut pas s'enorgueillir de ses succès, croire au contraire que nous ne sommes que des serviteurs inutiles.

Aza mikaroka na manaiky ny fiarahabana, ny anaram-panajana, ny anaram-panasohasoana, ny fanamariham-pankatoavana sy fanajana.
Mahimahina amin'ny tehaka sy ny fihobian'ny olombelona.
Aza mitoky amin'ny asa vita na amin'ny fampitahan-tena amin'ny sasany.
Aza miavonavona amin'ny fahombiazana fa vao mainka aza mahatsiarova fa mpanompo tsy mahasoa isika.

Nous ne devons pas désirer les premières places.
De quelle manière nous devons être les premiers.
Différence qu'il y a entre les premiers parmi nous et les premiers dans le monde.

Il faut devenir comme de petits enfants, ce sont ceux qui sont les plus grands dans le royaume des cieux.
C'est aux petits et aux humbles que le Seigneur se révèle.

Exemples d'humilité
que notre Seigneur Jésus Christ
nous donne pendant sa vie.

Dans son incarnation.
Dans sa naissance.
Dans sa présentation au temple.
Dans sa vie cachée à Nazareth, où il passe pour être le fils de Joseph le charpentier.
Dans tout ce commencement de sa vie, il suit les lois ordinaires, il ne demande ni grâces, ni privilèges, ni aucune exemption ; il n'y a que le péché qu'il ne prend pas, il suit les lois ordinaires pour tout le reste.
Il reconnaît, il honore la mission et le ministère de Jean, son précurseur, en se faisant baptiser par lui.
Il va dans le désert où il jeûne et prie comme un pécheur et un pauvre qui a besoin de la grâce.
Il se cache quand il fait une bonne action.
Il défend aux malades de parler de leur guérison, à qui que ce soit.
Il se retire souvent à l'écart, quand il peut, pour faire des miracles.
Il cherche à atténuer la gloire de ses miracles avant de les faire.

Il défend à ses apôtres de parler de sa transfiguration, si ce n'est après sa mort.

Il défend même à ses apôtres de dire même qu'il était le Christ.
Il se retire de la foule qui l'admire, pour aller prier dans le désert.
Quand tout le monde est dans l'admiration de lui, il parle de sa passion.
Il cache son nom et ses titres glorieux pour ne s'appeler que le Fils de l'homme.

Il ne répond pas aux discours que l'on tient contre lui.

Aza maniry ny toerana voalohany mihitsy.
Fomba ahoana no tokony haha voalohany antsika.
Ny maha samy hafa ny voalohany eo amintsika sy ny voalohany amin'izao tontolo izao.
Tsy maintsy tonga toy ny zazakely satria ireny no ho lehibe indrindra any amin'ny fanjakan'ny lanitra.
Ny bitika sy ny ataon'ny olona tsinontsinona no nisehoan' Andriamanitra.

Ohatra amin'ny fanetren-tena
nomen'i Jesoa Kristy Tompontsika ho antsika
teo amin'ny fiainany.

Tamin'ny fahatongavana ho nofo.
Tamin'ny nahaterahany.
Tamin'ny nanolorana azy tao an-tempoly.
Teo amin'ny fiainany tao Nazareta, ka nanekeny ho zanak'i Josefa mpandrafitra.
Tamin'ireo fanombohany ny fiainany ireo, fantany ny lalàna rehetra, kanefa tsy mba nitady tombon-tsoa manokani Izy, ny fahotana ihany no tsy noraisiny, fa nekeny avokoa ny lalàna an-davan'andro rehetra.
Nekeny, nohajainy ny iraka sy asa nampanaovina an'i Joany mpialoha lalana ary nataony batemy izy.
Nankany an-taniefitra izy, nifady hanina, nivavaka toy ny mpanota farany ambany, toy ny mahantra mila fiantrana sy famindram-po.
Niafina izy raha vao nahavita asa soa iray.
Norarany tsy hanambara ny fahasitranany ny marary, na amin'iza na amin'iza.
Nihataka izy matetika, raha nanao fahagagana mba tsy ho maro mpahita loatra.
Alohan'ny hanaovany fahagagana, dia niezahany hatrany ny tsy hisintona ny mason'ny olona ka hahazoany laza amam-boninahitra.
Norarany ny Apôstôly tsy hiteniteny momba ny fiovan-tarehy, alohan'ny fitsanganan-ko velona.
Tsy navelany hanambara azy ho Kristy aza ny Apôstôly.
Nihataka tamin'ny vahoaka nihoby azy izy, ary lasa nivavaka tany an-taniefitra.
Ny vahoaka talanjona taminy, izy nanambara ny fijaliany taminhy ireo.
Nafeniny ny anarany sy ny fanajana azy rehetra ka nitonona ho Zanak' Olona fotsiny izy.
Tsy nasiany antony akory ny kabary nanoherana azy.

Il fait des pauvres et des pécheurs sa compagnie de prédilection.
Il n’accepte pas la gloire des hommes.
Il ne tire pas sa gloire des hommes.
Il ne cherche pas sa gloire.
Il laisse le souci de sa gloire à son Père et de juger ce qu’il doit faire pour cela.
Tout ce qu’il peut faire pour sa gloire n’est rien.
Son Père seul peut le glorifier.
Il attribue à son Père les oeuvres qu’il fait.
Il se regarde comme le serviteur de tous.
Il n’est pas venu pour être servi, mais pour servir.
Il lave les pieds à ses apôtres.
Il leur dit que le serviteur n’est pas plus que le maître.
Il prépare le repas sur le rivage, après sa résurrection.

Humiliations de la passion.

Enseignements de Saint Paul sur l’humilité.

Nous avons tout reçu de Dieu.
Nous ne sommes pas capables, par nous-mêmes, de produire une bonne pensée.
Il ne faut se glorifier que dans le Seigneur.
Notre gloire n’est rien.
C’est Dieu seul qui fait croître.
Ne pas être sage à ses propres yeux.
Il faut s’abaisser, dans ses pensées, jusqu’aux personnes les plus abjectes.
S’assujettir les uns aux autres, et croire les autres au-dessus de soi.
Ne pas nous comparer aux autres.
Nous ne sommes rien.
Se prévenir les uns les autres d’honneur et de déférence.
Il ne faut pas s’enorgueillir de sa science qui ne fait que nous enfler, si elle n’est pas fondée sur la charité.
Dieu choisit ce qu’il y a de plus pauvre et de plus petit pour faire ses oeuvres.

Dieu est maître de nous, il fait de nous ce qu’il veut ; nous devons bien nous garder de murmurer contre lui

Exemples d’humilité :
- Abraham
- David

Ny mahantra sy ny mpanota no nataony ho mpiara-dia aminy teny am-pampianarana.
Tsy nekeny ny fanomezam-boninahitry ny olombelona.
Tsy avy amin'ny olombelona ny voninahiny.
Tsy ny voninahiny manokana no katsahiny.
Ny Rainy no nanankinany ny fitsarana izay rehetra vitany.
Tsinontsinona izay ataony ho voninahiny.
Ny Rainy irery ihany no afa-manome voninahitra azy.
Izay rehetra nataony dia nolazainy fa asan'ny Rainy avokoa.
Nilaza Izy fa mpanompon'izy rehetra.
Tsy tonga ho tompoina hono Izy fa tonga hanompo.
Nanasa ny tongotry ny Apôstôliny Izy.
Nolazainy tamin'izy ireo fa ny mpanompo tsy ambony noho ny tompony.
Nanomana hanina ho an'ny Apôstôliny teo amorom-parihy izy taorian'ny fitsanganany tamin'ny maty.
Fahafaham-baraka tamin'ny fijaliana.

Fampianaran'i Md Paoly momba ny fanetren-tena.

Avy amin'Andriamanitra izay rehetra ananantsika.
Tsy afa-mamoron-kevitra tsara akory noho ny amintsika fotsiny ihany.
Ao amin'Andriamanitra irery no ireharehantsika.
Tsinontsinona ny voninahintsika.
Andriamanitra irery ihany no afa-mampitombo.
Aza mihevi-tena ho hendry.
Mietre ho farany ambany sy ho rikoriko eo imason'ny olona.
Mifanompoa ianareo samy ianareo, ary raiso ho ambony noho ianao ny sasany.
Aza mampitaha tena amin'ny hafa,
tsinontsinona isika.
Mifanomeza haja amam-boninahitra toy ny mpirahalahy.
Azamireharehaamin'ny fahaizanaamam-pahalalana famampihebohebo fotsiny ireny raha tsy miorina amin'ny fifankatiavana.
Ny mahantra sy ny ataon'ny olona ho tsinontsinona no fidin' Andriamanitra hanao ny asany.
Tsy refesi-mandidy amintsika Andriamanitra, afa-manao izay tiany atao Izy, ka tsy afa-mimenomenona aminy mihitsy isika.

Oha-panetren-tena :
- Abrahama
- Davida

Page 402

Pratiques.[658]

_____

Ms XII 357

Pour suivre Notre Seigneur et imiter son humilité,

Nous choisirons, comme lui, ce qu'il y a de plus humble et de plus pauvre sur la terre.
Nous demanderons à Notre Seigneur cette humilité de cœur afin de ne pas le faire par contrainte mais par attrait et par amour. Humble de cœur.

Nous choisirons de préférence la compagnie des pauvres et des pécheurs.
Nous cacherons tout ce qui peut nous élever aux yeux des hommes.
Nous saurons nous cacher pour éviter la gloire et les honneurs.

Nous ne ferons rien pour nous faire aimer ou connaître ou glorifier

Nous rapporterons tout à Dieu.
Nous parlerons aisément de ce qui peut nous abaisser ou nous humilier.
Nous ne craindrons pas de faire les actions les plus basses et les plus humiliantes.
Nous supporterons les humiliations sans nous plaindre et en silence

Nous éviterons de nous vanter en quoi que ce soit, de faire connaître nos actions aux hommes.
Nous ne craindrons rien tant que les louanges et honneurs.
Nous n'accepterons aucun titre, ni aucun nom flatteur.
Nous prendrons toujours les dernières places dans le monde et partout.

Quand nous aurons fait tout ce que nous devons faire nous dirons en nous-même et hautement et avec sincérité : Je ne suis qu'un serviteur inutile.

Pejy faha-402

Fampiharana.[659]

_____

Ms XII 357

Mba hanarahantsika ny Tompontsika sy hakantsika tahaka ny fanetreny tena dia :

Hofidintsika izay tsotra sy mahantra indrindra eto an-tany.

Hangatahintsika amin'ny Tompo izany fanetren-tena marina izany ka hotanterahintsika tsy an-keriny fotsiny fa amin'ny fo feno fitiavana : manetry tena ao am-po.
Hofidintsika hatrany ny fiarahan-dia amin'ny mahantra sy ny mpanota.
Hafenintsika izay mety hanandratan'ny olona antsika ety ivelany.
Hahay miasa mangingina isika mba tsy hisintonana ny mason'ny olona sy ny fiderany.
Tsy hanao na inona na inona mba hiderana sy hitiavana ary hahalalana antsika isika.
« Ho tanterintsika amin' Andriamanitra ny rehetra.
« Ho lazaintsika malalaka tsara izay mety hanombany na hanala baraka antsika.
Ny toerana ambany indrindra mandrakariva no halaintsika eo amin'izao tontolo izao sy any rehetra any.
Zakaintsika amim-pitiavana ny fanambaniana, ka sady tsy hitarainana no atao amim-pahanginana.
Tsy hidoka tena na oviana na oviana ary na amin'inona na amin'inona mihitsy isika, tsy hanao izay hahalalana ny asantsika amin'ny olombelona.
Ny haja sy ny voninahitra no tsy maintsy hatahorantsika indrindra.
Tsy hanaiky anaram-boninahitra na anaram-panasohasoana mihitsy isika.
Hifidy mandrakariva ny toerana farany amin' izao tontolo izao ary hatraiza hatraiza isika.
Rahefa vitantsika izay tokony nataontsika rehetra, dia lazaintsika mafy sy amim-pahamarinana hoe : mpanompo tsy mahasoa fotsiny ihany aho.

658 Note a. Le manuscrit XII 391 ne comporte ici que le titre. Nous donnons le développement de XII 357
659 Nôty a : Io ihany no ao amin'ny sora-tanana XII 391. Fa ny omenay eto dia ny famelabelarana ao amin'ny Ms XII 357

Nous serons bien convaincu que le serviteur n’est pas plus que le maître, et que si nous voulons être les premiers dans le cœur de Dieu et des hommes, il faut que nous soyons les derniers, c’est-à-dire leur serviteur et leur esclave.

> Qui potest capere capiat. [Que celui qui peut comprendre, comprenne !]

Vous serez bienheureux si vous connaissez ces choses et si vous les mettez en pratique.

Page 403

5. Suivez-moi dans ma pauvreté.[660]

Page 405

Le thème de la pauvreté a déjà été traité dans le chapitre Renoncement aux biens de la terre[662] auquel on pourra se reporter.

Le Père Chevrier avait certainement l’intention de reprendre le thème une deuxième fois, mais il semble que le texte définitif n’ait pas vu le jour. C’est ainsi que, dans le texte reproduit ici, on retrouve, sous le titre règles de pauvreté[664], l’énoncé des diverses parties du renoncement aux biens de la terre.

Mais La manière d’aborder le sujet est bien conforme à l’allure générale de la dernière partie du Véritable Disciple. Il s’agit d’un regard paisible, attentif, prolongé sur Jésus Christ né comme un pauvre, qui a vécu comme un pauvre, qui est mort comme un pauvre, et tout cela par amour pour la pauvreté, par obéissance à son Père et par amour pour nous.[666]

Ho tena resy lahatra ary mino marina isika fa tsy ambony noho ny tompony ny mpanompo ; ary raha te ho voalohany ao am-pon'Andriamanitra sy ny olombelona isika, dia tsy maintsy manaiky ho farany, izany hoe : ho mpanompon'ny rehetra sy ho andevony.

> Qui potest capere capiat. [Aoka hahalala izay te-hahafantatra.]

Ho sambatra ianareo raha mahalala izany rehetra izanyka manatanteraka azy.

Pejy faha-403

5. Manaraha ahy amin'ny fahantrako[661]

Pejy faha-405

Efa novelabelarina tany amin'ny toko mikasika ny fandaozana ny haren'ny tany[663] ity lohahevitry ny fahantrana ity, ka mety ihany ny hitodihana any.

Toa hoatry ny tian'i Mompera Chevrier niverenana fanindroany ilay lohahevitra saingy tsy nahita masoandro ny lahatsoratra tena izy. Izany no antony anehoana eto indray, ka ampitondraina ny lohateny hoe : fitsipiky ny fahantrana[665], ireo efa voalaza tany amin'ny fandaozana ny haren'ny tany.

Na dia izany aza anefa, dia manaraka tsara ny fizotry ny fampianarana an-kapobeny ao amin'ny 'Mpianatra Marina" ny fomba nandrindrana ny lahatsoratra. Fomba fijery milamina, mifantoka, lavalava sy maharitra an'i Jesoa Kristy teraka sahala amin'ny mahantra, niaina hoatry ny mahantra, maty tahaka ny mahantra, ary izany rehetra izany dia noho ny fitiavany ny fahantrana, tamim-panekena an-dRainy sy noho ny fitiavana antsika.[667]

660 Note a : Ms XII 411-415.
661 Nôty a : Ms XII 411 - 415.
662 P. 275
663 P. 275
664 P. 407
665 P. 407
666 P. 412
667 P. 412

Page 407

Comment notre Seigneur Jésus Christ a pratiqué la pauvreté.

C’est le premier exemple que Jésus Christ nous donne en entrant dans le monde.

Il a voulu être pauvre[668],
il a choisi des parents pauvres,
il est né comme un pauvre,
la pauvreté a été son caractère distinctif.
il s’est mis au rang des pauvres,
il se plaisait avec les pauvres,
il a vécu comme un pauvre,
il a travaillé comme un pauvre,
il a souffert comme un pauvre,
il a été méprisé comme un pauvre,
il était sans asile comme un pauvre
Il s’est conduit comme un pauvre,
il s’est abaissé comme un pauvre,
il a eu faim comme un pauvre,
il a eu soif comme un pauvre,
il a été nu comme un pauvre,
il a été délaissé comme un pauvre,
il est mort comme un pauvre.
Et tout cela, par amour pour la pauvreté,
par obéissance à son Père
et par amour pour nous.

Page 408

Il a voulu être pauvre.[1]

Saint Paul nous dit : Vous savez quelle a été la bonté de Notre Seigneur Jésus Christ qui, étant riche, s’est rendu pauvre pour l’amour de nous, afin que nous

Pejy faha-407

Fomba ahoana no niainan'i Jesoa Kristy Tompontsika ny fahantrana.

Io no oha-pitondran-tena voalohany nasehon'i Jesoa Kristy antsika raha vao tonga teto an-tany Izy.

Tiany ny ho isan'ny mahantra,[669]
ray aman-dreny mahantra no nofidiny,
teraka toy ny mahantra Izy,
ny fahantrana no famantarana azy voalohany indrindra.
Nitovy torosy tamin'ny mahantra Izy,
nankafy ny fiarahana tamin'ny mahantra,
niaina toy ny mahantra,
niasa toy ny mahantra,
nijaly toy ny mahantra,
tsy nasiana fotony toy ny mahantra,
tsy nanan-kialofana toy ny mahantra,
nitondra tena toy ny mahantra,
nietry tena toy ny mahantra aho,
niharan'ny hanoanana toy ny mahantra,
nangetaheta toy ny mahantra,
niboridana toy ny mahantra,
nilaozana toy ny mahantra,
maty toy ny mahantra,
Izany rehetra izany, noho ny fitiavana ny fahantrana,
ho fanekena ny Rainy
sy ho fitiavana antsika.

Pejy faha-408

Te-hahantra izy.[1]

Hoy i Md. Paoly : fantatrareo ny fitiavan'i Jesoa Kristy Tompontsika, fa na dia nanan-karena aza izy, dia naka ny fahantrantsika mba hampanankarena antsika

668 Note a. Dans le manuscrit chacune de ces phrases comporte un renvoi à un autre cahier dont nous reproduisons l'étude d'Evangile L'écriture de ce cahier n'est pas de la main du Père Chevrier mais il a retouché et annoté ce cahier.

669 Nôty a : Isaky ny fehezan-teny tsirairay avy ao amin'ny sora-tànany dia manana fanamarihans mampitodika amin'ny kahie asehonay eto ho fandinihana ny Evanjely. (p. 408) Tsy soratr'i Mompera Chevrier anefa no ao fa notsarainy sy nasiany fanamarihans.

devinssions riches par sa pauvreté. (2 Co 8, 9)

Il a choisi des parents pauvres.

L’ange Gabriel fut envoyé de Dieu à une vierge qui était fiancée à un homme de la maison de David, nommé Joseph, et le nom de la vierge était Marie. (Lc 1, 26)

Il a été méprisé comme un pauvre.

Les juifs le méprisaient à cause de cela et disaient : N’est-ce pas là le fils de ce charpentier ? sa mère ne s’appelle-t-elle pas Marie ? Et ils se scandalisaient à ce sujet. (Mt 13, 55-57)

Je suis né comme un pauvre.

Marie à Bethléem. Et son temps arriva ; elle enfanta son premier-né, elle l’enveloppa de langes et le coucha dans une crèche. (Lc 2, 6-7)

Il a été rebuté comme un pauvre.

Parce qu’il n’y avait point de place pour eux dans l’hôtellerie (Lc 2, 7)

La pauvreté a été mon signe, mon caractère distinctif.

L’ange dit aux bergers : Voici la marque que Je vous donne pour le reconnaître, vous trouverez un enfant enveloppé de langes et couché dans une crèche. (Lc 2, 10-12)

Je me suis mis au rang des pauvres.

En choisissant une mère pauvre. Par la famille... par devoir religieux... Présentation... Dans la vie toujours avec les pauvres : c’était le reproche des juifs.

J’ai vécu comme un pauvre.

Dans l’humilité, la petitesse, sans luxe, le travail. Je suis pauvre et dans l’indigence (Ps 40, 18). Epis froissés. Au jour le jour. Mendicus et pauper [Je suis mendiant et pauvre].

J’ai travaillé comme un pauvre.

Je suis pauvre et dans les travaux dès ma jeunesse (Ps 88, 16). Il a travaillé jusqu’à trente ans pour gagner sa vie, pour obéir à l’ordre de Dieu : Tu travailleras à la sueur de ton front. (Gn 3, 19)

Il se plaisait au milieu des pauvres

J’ai souffert comme un pauvre.

Je suis pauvre et souffrant. (Ps 70, 30)

Il a été méprisé comme un pauvre.

Il n’y avait pas de place pour eux dans l’hôtellerie. (Lc 2, 7) In propria venit et sui eum non receperunt [Il est venu chez les siens et les siens ne l'ont pas reçu]. (Jn 1, 11)

noho ny fahantrany. (2 Kôr 8, 9)

Olo-mahantra no nofidiny ho ray aman-dreniny.

Nirahin' Andriamanitra ny Anjely Gabriely ho any amin'ny Virjiny, fofombadin' ny lehilahy iray avy ao amin'ny tranon'i Davida atao hoe Jôsefa, ny anaran'izany virjiny izany dia i Maria. (Lk 1, 26)

Tsy nasiana antony toy mahantra izy.

Izany no nanaratsian'ny Jody azy ka nilazany hoe : moa tsy ilay zanaky ny mpandrafitra va io ? Tsy Maria moa no anaran-dreniny ? Dia tafintohina noho izany izy ireo. (Mt 13, 55-57)

Teraka hoatry ny mahantra aho.

I Maria tao Betilehema. Tonga ny fotoana hiterahany ny zanany lahimatoa. Dia nofonosiny lamban-jaza izy ka nampandriany teo amin'ny fihinanam-bilona.

Nahilikilika toy ny mahantra izy.

Satria tsy nisy toerana ho azy ireo tao amin'ny trano fandraisam-bahiny. (Lk 2, 7)

Ny famantarana ahy manokana dia ny fahantrana.

Hoy ny Anjely tamin'ny mpiandry ondry : Toy izao no hamantaranareo azy : hahita zazakely mifono lamban-jaza mandryeo ambony fihinanam-bilona ianareo. (Lk 2, 12)

Niandany tamin'ny mahantra aho.

Reny mahantra no safidiko ; noho ny fianakaviana... noho ny adidy maha mpino... Fanolorana tao an-tempoly... fiarahana tamin'ny mahantra teo amin'ny fiainana ka nanomezan'ny Jody tsiny ahy.

Niaina toy ny mahantra aho.

Tao anatin'ny fanetren-tena sy ny maha vahoaka madinika, tsotra dia tsotra, teo amin'ny asa. Mahantra sy malahelo aho. (Sal 40, 18) Salohy voakosoka. Ny anio miantoka ny anio. Mpangataka aho satria mahantra [Mendicus et pauper].

Niasa toy ny mahantra aho.

Mahantra aho ary niasa mafy hatramin'ny fahatanorako. (Sal 87) Mba hanekeny ny lahatry ny Rainy, dia niasa mafy izy hatramin'ny faha-telopolo taonany. Ny hatsembohan'ny handrinao no hahitanao fivelomana. (Jen 3, 19)

Teo anivon'ny mahantra ny fahafinaretany.

Nijaly toy ny mahantra aho.

Mahantra sy zohim-pahoriana aho. (Sal 69, 30)

Voahilika toy ny mahantra izy.

Tsy nisy toerana ho azy ireo tao amin'ny trano fandraisam-bahiny. (Lk 2, 7). In propria venit et sui eum non receperunt [Tonga teo amin'ny olony izy, nefa tsy noraisin'ny olony]. (Jo 1, 11)

J’ai été sans abri comme un pauvre, pendant ma vie.

Jésus répond à un scribe qui lui dit : Maître, je vous suivrai partout où vous irez. Les renards ont leurs tanières, les oiseaux ont leurs nids, mais le Fils de l’homme n’a pas où reposer sa tête. (Mt 8, 19-20)

Je me suis conduit comme un pauvre.

Je suis au milieu de vous comme celui qui sert. (Lc 22, 27) Le Fils de l’homme n’est pas venu pour être servi, mais pour servir (Mt 20, 28)

_____

1. Ms XII 219

Page 409

Je me suis humilié comme un pauvre.

Il lave les pieds à ses apôtres. (Jn 13, 5)

J’ai eu faim comme un pauvre.

Dans le désert, après son jeûne : esuriit il eut faim (Mt 4, 2) Le matin passant près d’un figuier, il lui demanda des fruits parce qu’il avait faim (Mt 21, 18). Et passant un jour le long des blés, ses disciples mangèrent des épis de blé, ayant faim. (Mt 12, 1)

J’ai eu soif comme un pauvre.

Sur la croix, il dit : Sitio [J’ai soif]. (Jn 19, 28)

Et sur le chemin, fatigué, il s’assied sur le bord du puits de Jacob et dit : da mihi bibere [Donne-moi à boire]. (Jn 4, 6-7)

Fiel et vinaigre sur la croix.

J’ai été nu comme un pauvre.

Avant d’être attaché à la croix et sur la croix, il a été dépouillé de ses vêtements.

J’ai été délaissé comme un pauvre.

Sur la croix, il dit : Mon Père, pourquoi m’avez-vous abandonné ? (Mt 27, 46).

Et personne qui puisse le secourir…

Je suis mort comme un pauvre.

Sur une planche, nu, dépouillé, abandonné, méprisé.

Et tout cela parce que je l’ai voulu.

Tsy nanan-kialofana toy ny mahantra aho, nandritra ny fiainako.

Nisy mpanora-dalàna iray nilaza tamin'ny Jesoa hoe : Hanaraka anao aho ry Tompo, na aiza na aiza halehanao. Dia hoy i Jesoa taminy Ny amboadia manana ny lavany, ny fody manana ny ankaniny fa ny Zanak' Olona kosa tsy manana na dia vato iray hiondanana aza. (Mt 8, 19)

Nitondra tena toy ny mahantra aho.

Toy ny mpanompo aho teo anivonareo. (Lk 22, 27) Tsy tonga ho tompoina ny Zanak'Olona, fa tonga hanompo. (Mt 20, 28)

_____

1. Ms XII 219

Pejy faha-409

Nietry tena toy ny mahantra aho.

Nanasa ny tongotry ny Apôstôliny izy. (Jo 13, 5)

Niharan'ny hanoanana toy ny mahantra aho.

Rahefa avy nifady hanina tany an-taniefitra izy dia noana. (Mt 4, 2) Indray maraina nony nandalo teo am-pototry ny aviavy iray izy dia nitady voany satria noana. (Mt 21, 18) Ary nanamorona ny saham-barim-bazaha izy indray andro, ka nioty salohim-bary ka nokosehiny tamin'ny tànany ary nohaniny satria noana izy ireo. (Mt 12, 1)

Nangetaheta toy ny mahantra aho.

Teo ambony hazofijaliana, hoy izy : Sitio [Mangetaheta aho] (Jo 19, 28)

Teny an-dàlana, vizana izy, dia nitorevaka teo ambony fantsakan'i jakoba ary nanan hoe : da mihi bibere [Mba hanovozy rano kely aho hosotroiko]. (Jo 4, 6-7)

Tangena sy vinaingitra teo ambony hazofijaliana.

Niboridana toy ny mahantra aho.

Talohan'ny namantsihana azy teo ambony lakroa, ary teo ambony lakroa, nendahina taminy ny lamba sy ny akanjony rehetra.

Nilaozana tahaka ny mahantra aho.

Hoy izy teo ambony lakroa : Raiko ô, nahoana no dia nilaozanao aho ? (Mt 27, 46) Ary tsy nisy olona afa-nanavotra azy...

Maty toy ny mahantra aho.

Nihantona teo ambony hazo, tsy nitafy, nendahina akanjo, nilaozana, naratsiana...

Izany rehetra izany no nisy dia satria izany no sitrako.

Saint Paul nous dit : Vous savez quelle a été la bonté de Notre Seigneur Jésus Christ qui, étant riche, s'est rendu pauvre, pour l'amour de nous, afin que nous devinssions riches par sa pauvreté. (2 Co 8, 9)

Le démon vint offrir à Jésus toutes les richesses de la terre, les lui faisant voir et les lui promettant, s'il veut l'adorer. Jésus lui dit : Retire-toi, Satan, car il est écrit, tu adoreras ton Dieu et tu ne serviras que lui seul. (Mt 4, 10)

Par obéissance à mon Père.

Je ne suis pas venu pour faire ma volonté, mais la volonté de mon Père. (Jn 5, 30 ; 6, 38)

Et par amour pour vous.

Vous savez quelle a été la bonté de Notre Seigneur Jésus Christ qui, étant riche, s'est fait pauvre pour l'amour de nous, afin que nous devinssions riches par sa pauvreté. (2 Co 8, 9)

Enseignement de notre Seigneur Jésus Christ sur la pauvreté.

Quand Jésus envoie ses apôtres dans le monde, prêcher et guérir, il leur commande :

de donner gratuitement (Mt 10, 8),
de n'avoir ni or, ni argent, ni sac, ni double vêtement, de manger ce qu'on leur donnera (Lc 9, 3, 10, 7, Mt 10, 9-10)
qu'il ne faut point se faire de trésor sur la terre (Mt 6, 19),
qu'il faut vendre ce que l'on a et le donner aux pauvres. (Mc 10, 21, Lc 12, 33)

Hoy i Md. Paoly hoe : Fantatrareo ny fitiavan'i Jesoa Kristy Tompontsika, fa na dia nanan-karembe aza izy, dia tonga nahantra noho ny fitiavany antsika mba hampanan-karena antsika noho ny fahantrany. (2 Kôr 8, 9).

Tonga ny demony, nanolotra an'i Jesoa ny harena rehetra eto an-tany nampiseho izany taminy ary nampanantena azy ho tompony raha mety hitsaoka azy izy. Fa i Jesoa kosa namaly hoe : Mialà amiko ry Satana, fa efa voasoratra hoe : tsy hitsaoka afa-tsy ny Tompo Andriamanitrao ianao. (Mt 4, 10)

Noho ny fanekena ny Raiko.

Tsy tonga hanao ny sitrapoko aho, fa hanatanteraka ny sitrapon'ny Raiko. (Jo 5, 30 ; 6, 38)

Ary noho ny fitiavana antsika.

Fantatrareo ny fitiavan'i Jesoa Kristy Tompontsika, fa na dia nanakarembe aza izy, dia tonga nahantra noho ny fitiavany antsika mba hampanan-karena antsika noho ny fahantrany. (2 Kôr 8, 9)

Fampianaran'i Jesoa Kristy Tompontsika momba ny fahantrana.

Tamin'ny nanirahany ny Apôstôliny hitory teny sy hanasitrana, dia toy izao ny hafatra nomen'i Jesoa azy ireo :

Manomeza maimaim-poana. (Mt 10, 8)
Aza mitondra volamena na volafotsy, na kitapom-bola na akanjo roa, fa mihinana izay atolotra hohaninareo. (Lk 9, 1 ; 10, 1 ; Mt 10, 1)
Aza mitahiry vatan-drakitra eto an-tany. (Mt 6, 19)
Amidio izay anananareo ka omeo ny mahantra ny vidiny. (Lk 12, 32)

Il veut que nous poussions le détachement jusqu'à nous laisser prendre notre manteau,

donner à qui demande,
à ne pas redemander ce qu'on nous a pris (Lc 6, 30)
et à prêter sans rien espérer, à donner à qui demande. (Mt 5, 42)

Que le détachement de toutes choses est une des conditions essentielles pour être son véritable disciple. (Lc 14, 33)
Quand quelqu'un lui demande à le suivre, il exige avant tout de tout quitter. (Lc 9, 57)

Que pour être parfait il faut vendre ce que l'on a et quitter tous les biens de la terre, suivre Jésus Christ. (Mt 19, 21)

Ny tena tadiaviny aza mba hiainana bebe kokoa ny fahafoizana dia ny hamelantsika horobaina ny akanjontsika,
ny hanomezana izay mangataka,
ny tsy hitakiana izay nalaina an-keriny tamintsika (Lk 6, 30)
ny hampindramana tsy misy fanantenan-kamerenana, ny hanomezana izay mangataka. (Mt 5, 42)

Anisan'ny matoan-javatra takiana amin'ny olona te-ho mpianany marina ny fahafoizana ny zava-drehetra.
Rahefa misy olona mangataka aminy hanaraka azy, dia takiany aloha ny fandaozana ny zava-drehetra. (Lk 9, 57)
Raha te-ho lavorary dia tsy maintsy hamidy aloha izay relues ananana, ary ilaozana ny haren'ny tany rehetra, vao manaraki an'i Jesoa Kristy. (Mt 19, 21)

Qu’il est impossible à un homme riche, attaché aux biens, de suivre réellement Jésus Christ, (Mc 10, 21)
que personne ne peut servir deux maîtres, (Mt 6, 24)
que Dieu se charge de nourrir et de vêtir ceux qui travaillent pour lui. (Mt 6, 25)

qu’il n’a jamais laissé manquer de rien ceux qui travaillent réellement pour lui. (Lc 22, 35)
C’est sa promesse : Cherchez premièrement le royaume de Dieu. (Mt 6, 33)
Qu’il a promis à ceux qui avaient tout quitté pour lui le centuple en ce monde et la vie éternelle en l’autre (Mc 10, 30)
que le bonheur est attaché à la véritable pauvreté. (Lc 6, 20)
Notre Seigneur ne peut supporter le plus petit commerce dans son Eglise. (Jn 2, 15)

Qu’il faut se contenter du nécessaire. (Lc 10, 38)
ne pas même s’occuper d’affaire d’argent. (Lc 12, 13)
que le pauvre seul est véritablement heureux selon Notre Seigneur. (Mt 5, 3)
Paroles de Notre Seigneur qui peuvent être la devise du vrai pauvre. (Jn 17, 10)

Comment Notre Seigneur Jésus a pratiqué lui-même la pauvreté.

(Plus haut)[670]

Comment les saints ont accompli ces prescriptions du divin Maître.

Saint Jean Baptiste. (Mt 3)
Les premiers chrétiens. (Ac 4, 32)

Page 411

Exemple de saint Paul.

il évangélise gratuitement (1 Co 9, 11)
il cède ses droits en faveur de l’Evangile,
il n’est à charge à personne (2 Co 12, 14)
il n’a désiré le bien de personne
il travaille de ses mains (Ac 20, 34)
il s’excuse d’avoir prêché gratuitement mais il ne veut pas cesser de le faire quand

Tsy afa manara-dia an'i Jesoa Kristy mihitsy ny olona miraiki-po amin'ny haren'ny tany, nofinofy fotsiny angaha. (Mt 10, 21)
tsy misy afa-manompo Tompo roa. (Mt 6, 24)
hain'Andriamanitra ny mamelona sy manafy ireo izay miasa ho azy amin-kitsim-po. (Mt 6, 25)
tsy navelany tsy hanana ny ampy ilainy ireo miasa amin-kitsim-po tanteraka ho azy. (Lk 22, 35)
Fampanantenana nataony izany : Katsaho aloha ny Fanjakan' Andriamanitra (Mt 6, 24)
Nampanantenainy an'izay nandao ny zava-drehetra noho ny aminy, ny zato heny eto an-tany ary ny fiainana mandrakizay any an-koatra. (Mk 10, 30)
Que Notre Seigneur regarde comme fait à lui-même tout le bien que nous aurons fait au plus petit d'entre les siens. Réponse que le Christ donne aux élus qui lui demandent : quand est-ce que nous vous avons nourri, vêtu ? (Mt 25, 37-38)

Qui vous accueille, m'accueille. (Mt 10, 40)
Et celui qui aura donné à boire à l'un de ces [petits]… (Mt 10, 40).
Quiconque vous aura donné un verre d'eau... (Mt 10, 42)
Tout ce que vous aurez fait au plus petit... (Mt 25, 40)
Celui qui vous reçoit, me reçoit. (Mt 10, 40)

amin'iza raha tiantsika horaisina ny fivavahantsika. heloka aloha. (Mk 11, 25)

Izay ataontsika amin'ireny madinika indrindra ireny, dia raisin'ny Tompontsika ho natao taminy mihitsy. Hoy i Kristy mamaly ny olom-boafidy manontany Azy hoe : oviana moa, Tompo, no nanomezanay hanina Anao, na nanafianay Anao ? (Mt 25, 37-38)

Izay mandray anareo, mandray Ahy. (Mt 10, 40)
Izay manome rano hosotroina an'ireny madinika indrindra ireny. (Mt 10, 40)
Izay manome rano iray kaopy hosotroinareo. (Mt 10, 40)
Izay ataonareo amin'ireny madinika indrindra ireny. (Mt 25, 40)
Izay mandray anareo, mandray Ahy. (Mt 10, 40)

Page 427

Pejy faha-427

Qu'au jour du jugement, nous serons jugés principalement sur la charité. Or quand le Fils de l'homme viendra... (Mt 25, 31)

Que la charité est son commandement de prédilection. Je vous donne un commandement nouveau,

Ce que je vous commande, c'est que vous [vous aimiez..]. (Jn 13, 34 ; 15, 17)

Que la charité est le signe distinctif de ses véritables disciples. C'est en cela que tous connaîtront que vous êtes mes disciples (Jn 13, 35)

Je suis en eux et vous en moi afin qu'ils [soient consommés dans l'unité] et que le monde connaisse [que vous m'avez envoyé]. (Jn 17, 23)

Que ce commandement renferme tous les autres. Un scribe s'approchant de Notre Seigneur... (Mc 12, 28)

A ces deux commandements se rattachent tous les autres. (Mt 22, 40)
Toute la loi est renfermée dans ce seul précepte. (Rm 8, 10 ; Ga 5, 14)

Que la charité est la fin de tous les préceptes. La fin des préceptes est la charité qui vient d'un cœur pur. (1 Tm 1, 5)

Et qu'avant de donner à Pierre le gouvernement de son Eglise, il ne lui demande rien d'autre que l'amour. Lorsqu'ils eurent mangé, Jésus dit à Simon... (Jn 21, 15)

Ny fitiavana indrindra no hitsarana antsika amin'ny fitsarana farany. Rahefa ho tonga ny Zanak' Olona amin'izany andro izany... (Mt 25, 31)

Ny didiny lehibe sady maminy indrindra dia ny fifankatiavana. Didy vaovao no omeko anareo,

dia ny hifankatiavanareo... (Mt 13, 34 ; 15, 17)

Ny fifankatiavana no famantarana manokana ny tena mpianany marina. Izany no hamantaran'ny olona fa tena mpianatro marina ianareo. (Jo 13, 35)

Izaho eo aminy ary Ianao ato amiko, mba ho iray tanteraka izy ireo, ka hahalalan'izao tontolo izao fa Ianao tokoa no ilay naniraka Ahy. (Jo 17, 23)

Io didy io no fehin'ny didy rehetra. Nisy mpanora-dalàna nanatona ny Tompontsika... (Mk 12, 28)

Ireo didy roa ireo no mamehy ny lalàna hafa rehetra. (Mt 22, 40)
Voarakitra amin'io didy io daholo ny lalàna rehetra. (Rôm 8, 10 ; Gal 5, 14)

Ny fitiavana no faratampon'ny didy rehetra. Ny fanaperan'ny didy rehetra dia ny fitiavana miloatra avy amin'ny fo madio. (1 Tim 1, 5)

Zavatra iray fotsiny no nangatahiny tamin'i Piera, talohan'ny nanan-kinany taminy ny fitantanana ny fiangonany : Ny Fitiavana. Ary rahefa avy nisakafo izy ireo, dia hoy i Jesoa tamin'i Simona... (Jo 21, 15)

La charité se connaît aux paroles et aux œuvres. Ce n’est pas un bon arbre qui porte de [mauvais fruits]. (Mt 7, 18)

Amin'ny teny sy ny asa no ahitana ny fifankatiavana. Ny hazo tsara tsy mamoa voa ratsy. (Mt 7, 18)

Page 428

Pejy faha-428

Enseignement de Saint Paul sur la charité

Ny fampianaran'i Md Paoly momba ny fitiavana.

Il nous apprend que la charité est la plus excellente de toutes les vertus. Le scribe le dit dans l’Evangile, en répétant ce que Jésus Christ avait dit qu’ aimer son prochain comme soi-même est plus que les holocaustes et les sacrifices. (Mc 12, 33)

Ampianariny antsika fa ny fitiavana no ambony indrindra. Namerina ny voalazan'i Jesoa Kristy ilay mpanora-dalàna ao amin'ny Evanjely, ka nanambara fa ny fitiavana ny namana tahaka ny tena dia ambony lavitra noho ny fanatitra sy ny sorona dorana. (Mk 12, 33)

Elle est plus excellente que le don des langues, que la science, (1 Co 13) Quand je parlerais toutes les langues des hommes et des anges

Ambony lavitra noho ny fanomezana hahay fiteny samihafa, ny fahaizana amam-pahalalana ny fitiavana. 1 Kôr 13. Na dia miteny ny fitenin'ny olombelona rehetra sy ny Anjely aza aho...

Bien parler. Théologie. Connaître toutes les langues. Evangile. Savoir parler des choses spirituelles, prêcher
don des langues,
don de prophétie,
don de science,
Quand j’aurai le don de prophétie ; discernement, pénétration, conseil ; pénétré les mystères et que j’aurai toute science, mystère de la nature et du ciel.

Mahay miteny, Teolojia Mahay ny fiteny samihafa. Evanjely. Mahay manambara ny zavatra ara-panahy, mitory teny.
fanomezana hiteny fiteny samihafa,
fanomezana faminaniana,
fanomezana fahaizana amam-pahalalana,
Na dia nahazo ny fanomezana haminany aza aho, ka mahalala ny zavamiafina rehetra, ny fahaiza-mandanjalanja, ny fahaiza-manolo-tsaina, na manana ny fahaizana amam-pahalalana ny zava-miafin'ny voary tontolo sy ny lanitra.

plus excellente que la foi et le don des miracles, quand j’aurai toute la foi possible... (1 Co 13, 2)

Ambony lavitra noho ny finoana sy ny fanomezam-pahagagana, Ary manana ny finoana rehetra... (1 Kôr 13, 2)

plus excellente que l’humanité qui donne tous ses biens, quand j’aurai distribué mon [bien],.. (1 Co 13, 3)

ambony lavitra noho ny fitsimbinana ny maha-olona ka hizarana ny fananana rehetra, na dia zaraiko aza ny fananako rehetra (1 Kôr 13, 3)

plus excellente que la pauvreté qui se dépouille de tout, distribué tout mon bien, (1 Co 13, 3)

ambony lavitra noho ny fahantrana ahafoizana ny zava-drehetra, mizara ny fananana rehetra (1 Kôr 13, 3)

plus excellente que la mortification, quand j’aurai livré mon corps pour être brûlé par la pénitence. (1 Co 13, 3)

ambony lavitra noho ny fampijalian-tena, ka atolotra hodorana hatramin'ny tenako mba ho fivalozana (1 Kôr 13, 3)

et le martyre. brûlé par le martyre, quand j’aurai livré mon corps pour être brûlé comme

sy ny maritiry. dorana ho maritiry ; ka atolotra hodorana toy ny an'ny maritiry ny tenako. (1 Kôr

martyre. (1 Co 13, 3)

La charité est patiente. (1 Co 13, 4) Le mot patient veut dire souffrir, c'est-à-dire que celui qui a la charité souffre sans se plaindre, les peines et les contrariétés des autres.

Elle est douce, (1 Co 13, 4) Elle est douce, c'est-à-dire qu'elle ne fait souffrir personne, ce qui est doux est agréable, bon et ne contrarie pas. Ce sont les deux principaux caractères

de la charité : souffrir ce que les autres nous font endurer, sans se plaindre et ne faire souffrir personne, être agréable pour tout le monde.

bienfaisante, (1 Co 13, 4) Elle fait du bien aux autres. (1 Co 13, 4)

elle n'est point envieuse, (1 Co 13, 4)

ni téméraire, (1 Co 13, 4)

ni orgueilleuse, (1 Co 13, 4) Assujettissez-vous les uns aux autres. (Ga 5, 13)

ni précipitée. (1 Co 13, 5) Jacques et Jean qui veulent faire tomber le ciel sur Samarie.

Elle n'est point ambitieuse, (1 Co 13, 5)

elle ne cherche point ses intérêts, (1 Co 13, 5)

elle ne s'irrite point, (1 Co 13, 5)

elle ne pense point mal, (1 Co 13, 5)

elle ne se réjouit point du mal ; (1 Co 13, 6)

elle se réjouit de la vérité. (1 Co 13, 6)

13, 3)

Ny fitiavana dia sady mahari-po. Ny teny hoe mahari-po dia midika fiaretam-pijaliana, izany hoe : izay manam-pitiavana dia tsy maintsy mahazaka, tsy amim-pitarainana, ny hadisoana sy ny dikidiky noho ny toetry ny sasany.

No malemy fanahy. (1 Kôr 13, 4) Malemy fanahy izy, izany hoe : tsy mba mampijaly n'iza na iza ; mahafinaritra ny malemy fanahy, sady maha-te ho tia izy no tsy mba be tohika. Ireo no tena famantarana roa miavaka amin'ny fitiavana : leferina izay fahoriana

ampitondrain' ny sasany antsika, tsy mitaraina mihitsy ary tsy mampahory ny hafa mihitsy fa manao izay mahafa-po ny olon-drehetra.

Fanaovan-tsoa, (1 Kôr 13, 4) Manasoa ny olona rehetra izy. (1 Kôr 13, 4)

tsy mialona izy, (1 Kôr 13, 4)

tsy mieboebo, (1 Kôr 13, 4)

tsy miavonavona, (1 Kôr 13, 4) Mifanompoa ianareo. (Gal 5, 13)

tsy manaonao foana, (1 Kôr 13, 5) I Jakoba sy Joany te-handatsa-baratra tao Samaria. (Lk 9, 52)

tsy manao an-dolom-po izy, (1 Kôr 13, 5)

tsy mitady ny ho azy izy, (1 Kôr 13, 5)

tsy tezitra izy, (1 Kôr 13, 5)

tsy manao an-dolompo, (1 Kôr 13, 5)

tsy mifaly amin'ny ratsy atao amin'ny sasany izy, (1 Kôr 13, 6)

mifaly amin'ny fahamarinany. (1 Kôr 13, 6)

Elle supporte tout, (1 Co 13, 7)

elle croit tout, (1 Co 13, 7)

elle espère tout, (1 Co 13, 7)

elle souffre tout, (1 Co 13, 7)

elle ne finira jamais. (1 Co 13, 8)

Nous devons nous considérer tous comme formant un corps dont Jésus Christ est l'âme et la tête et dont chacun de nous est un membre. (1 Co 12, 12)

mandefitra ny zavatra rehetra izy, (1 Kôr 13, 7)

mino ny zavatra rehetra izy, (1 Kôr 13, 7)

manantena ny zavatra rehetra izy, (1 Kôr 13, 7)

manala tsiny ny zavatra rehetra izy, (1 Kôr 13, 7)

tsy manam-pahataperana izy. (1 Kôr 13, 8)

Tsy maintsy mifampitondra toy ny vatana iray ao amin'i Jesoa Kristy, fanahy sy loha isika, ka ny tsirairay amintsika dia rantsam-batany. (1 Kôr 12, 12)

Page 430

Avant toutes choses, nous devons avoir la charité qui est le véritable lien de la perfection. (Col 3, 14)[1]

La fin des préceptes est la charité. La fin des préceptes est la charité qui vient d'un cœur pur et d'une bonne conscience. (1 Tm 1, 5)

Rendez donc à chacun ce qui lui est dû, le tribut. (Rm 13, 7)

Nous remarquons dans saint Paul l'amour de tendresse et d'affection. 2 Co 6, 11-18 ; 7, 2-3 ; 11, 2 ; 12, 20
Ph 1, 3-8 ; 4, 1-3 ;
Ga 4, 19
1 Th 2, 7-12.

L'amour de zèle et de sollicitude, Ep 1, 3-11 ; 1, 15-18 ; 3, 13-18 ;
Ph 1, 2
2 Co 11, 28-29

Pejy faha-430

Fa ambonin'ny zavatra rehetra dia tsy maintsy mitafy ny fitiavana izay tena fehy marin'ny fahalavorariana isika. (Kol 3, 14)[1]

Ny fitiavana no fanamperan'ny didy aman-dalana rehetra. Ny fitiavana avy ao amin'ny fo madio sy ny feon'ny fieritreretana mandry tsara no fanamperan'ny didy rehetra. (1 Tim 1, 5)

Omeo ny tsirairay àry izay sahaza azy (hetra) (Rôm 13, 7)

Hitantsika ao amin'i Md Paoly ny fitiavana sady mangoraka no be fiantrana. 2 Kôr 6, 11-18 ; 7, 2-3 ; 11, 2 ; 12, 20
Fil 1, 3-8 ; 4, 1-3 ;
Gal 4, 19
1 Tes 2, 7-12.

Ny fitiavana feno zotom-po sy fitsimbinana. Ef 1, 3-11 ; 1, 15-18 ; 3, 13-18 ;
Fil 1, 2
2 Kôr 11, 28-29

Col 1, 9-11 ; 11, 1-3[697]

et l'amour de sacrifice.

1 Co 9, 18-23 ; 10, 33 ; 15, 30-31 ;
Ph 1, 22-25 ; 2, 1-8 ;11, 17 ;
2 Co 5, 1-2 ; 12, 14-15 ;

Exhortation de Saint Paul à la charité.

Acquittez-vous envers tous de tout ce que vous leur devez, ne demeurant redevable que de l'amour qu'on se doit. (Rm 13, 8)
Je vous conjure mes frères, moi qui suis dans les chaînes pour le Seigneur, de vous conduire d'une manière digne. (Eph 4, 1)
S'il y a quelque consolation que je puisse attendre de vous, s'il y a quelque soulagement... (Ph 2, 1)

---

1. Ms XII 456 - La charité doit être le principe de nos actions, réglée ensuite par le Saint Esprit. Les uns commencent leurs actions par examiner, par considérer : compas, règle.. Si on commence par là, on n'en finit pas et on ne fait rien ; il faut commencer par l'amour et qu'on voit d'abord tout ce qui peut être utile, et agir. La science, le raisonnement viennent toujours resserrer l'amour, restreindre les actions.

Page 431

Ayons les yeux les uns sur les autres pour nous animer à la charité et aux bonnes oeuvres. (He.10, 24).
Assujettissez-vous les uns aux autres par une charité vraiment spirituelle. (Ga 5, 13)
Que votre charité soit sincère et sans déguisement. (Rm 12, 9)
Pratiquez en toutes choses l'humilité et la douceur. (Eph 4, 2)
Que toutes vos actions se fassent avec amour. (1 Co 16, 14)
Soyez donc des imitateurs de Dieu comme des enfants. (Eph 5, 1)
Que le Dieu de patience et de consolation vous fasse la (grâce) (Rm 15, 5)

Soyez bons les uns envers les autres. (Eph 4, 32)
Car comme dans un seul corps nous avons plusieurs membres... (Rm 12, 4).
Revêtez-vous donc, comme des élus de Dieu, saints et bons. (Col 3, 12).

Kôl 1, 9-11 ; 11, 1-3[698]

Ny fitiavana feno fandeferana.

1 Kôr 9, 18-23 ; 10, 33 ; 15, 30-31 ;
Fil 1, 22-25 ; 2, 1-8 ;11, 17 ;
2 Kôr 5, 1-2 ; 12, 14-15 ;

Fankaherezana avy amin'i Md Paoly momba ny fifankatiavana.

Koa ataovy amidizy rehetra àry izay tokony ho azy ; ary aoka tsy hisy hanan-trosa aminareo afa-tsy ny fifankatiavana ihany. (Rôm 13, 8)
Koa mangataka aminareo aho izay aty am-pifatorana noho ny amin'ny Tompo, mba manaova fitondran-tena mendrika. (Ef 4, 1)
Koa raha manana fanalana alahelo handrasako aminareo na fitserana.... (Fil 2, 5)

Ms XII 456 - Ny fifankatiavana, entaninny Fanahy Masina, no tsy maintsy ho lohan' asantsika. Raha hanomboka asa manko ny sasany dia mandinika, mijery : kompà, fitsipika. Raha eo no hanombohana azy dia tsy hahavita na inona na inona. Atombohy amin'ny fitiavana aloha ka jereo daholo izay mahasoa avy eo izay vao miesa. Maneritery ny fitiavana sy manety ny asa ny fahaizana amam-pahalalana matetika.

Pejy faha-431

Aoka mba hifandinika isika mba hampandroso ny fifankatiavana sy ny asa soa. (Heb 10, 24)
Mifampitondrà ao anatin'ny fifankatiavana tena ara-panahy ianareo. (Gal 5, 13)
Aza asiana fiatsarambelatsihy ny fifankatiavanareo. (Rôm 12, 9)
Tanteraho amim-panetren-tena sy halemem-panahy ny zava-drehetra. (Ef 4, 2)
Amin'izay ataonareo rehetra, manàna fitiavana. (1 Kôr 16, 14)
Koa makà tahaka an'Andriamanitra tahaka ny zazakely àry ianareo. (Ef 5, 1)
Koa Andriamanitra be faharetana sy fanalana alahelo anie hamindra fo aminareo. (Rôm 15, 5)
Manàna hatsaram-po eo aminareo samy ianareo. (Ef 4, 32)
Satria tahaka ny vatana iray, manana rantsambatana maro isika. (Rôm 12, 4)
Koa mitafia toy ny olom-boafidin'Andriamanitra ny fahamasinana sy ny hatsaram-po.

---

697 Note a. Nous donnons ici les référencer des textes transcrits dans un manuscrit parallèle. (XII 11 b).
698 Note a. NON TRADUITE. (XII 11 b).

Portez les fardeaux les uns des autres. (Ga 6, 2)
Si quelqu'un d'entre vous est tombé par surprise en [faute)... (Ga 6, 1).
Que toute aigreur tout emportement, toute colère [soient rejetés]. (Eph 4, 31).
Que chacun donne ce qu'il aura résolu de donner. (2 Co 9, 7)
Tout est permis, mais tout n'édifie pas. (1 Co 10, 23)
Recherchons donc ce qui peut entretenir la paix. (Rm 14, 19)
Recevez et traitez avec douceur celui qui est encore faible. (Rm 14, 1).
Qu'on n'entende pas parmi vous ni paroles déshonnêtes... (Eph 5, 4).
Ne nous jugeons pas les uns les autres. (Rm 14, 13)
Que chacun de vous ait de la complaisance. (Rm 15, 1)
Renoncez à la colère, à l'aigreur, à la médisance. (Col 3, 8, Eph 4, 31)
Vous donc, pourquoi condamnez-vous votre frère ? (Rm 14, 10)
Ne jugez point avant le temps. (1 Co 4, 5)
O Homme, qui que vous soyez qui condamnez les autres. (Rm 2, 1)
Or je vous conjure, mes frères, au nom de Jésus Christ (1 Co 1, 10)
Je crains qu'à mon arrivée je ne vous trouve pas tels (2 Co 12, 20).

Il y a diversité de grâces. (1 Co 12, 4)
Enfin, mes frères, soyez dans la joie, rendez-vous parfaits. (2 Co 13, 11)

Exhortation de Saint Pierre

Ayez soin surtout d'avoir une charité persévérante. (1 P 4, 8)
Rendez vos âmes pures par une obéissance d'amour. (1 P 1, 22)
Exercez l'hospitalité entre vous, sans murmurer. (1 P 4, 9)
Défaites-vous donc de toutes sortes de malices, de tromperies. (1 P 2, 1).
Que chacun de vous rende service aux autres, selon la [grâce reçue]. (1 P 4, 10)

Page 432

Exhortation de Saint Jean

Aimons-nous les uns les autres car l'amour sort de Dieu. (1 Jn 4, 7).
Dieu a fait paraître son amour envers nous. (1 Jn 4, 9)
Nous reconnaissons à l'amour que nous avons pour nos frères que nous sommes passés [de la mort à la vie] (1 Jn 3, 14)
Mon enfant, n'aimez point de parole ou de bouche. (1 Jn 3, 18)
Un homme qui a des biens de ce monde et qui voyant [son frère dans le besoin..] (1 Jn 3, 17).

(Kôl 3, 12)
Mifampitondrà entana ianareo. (Gal 6, 2)
Raha misy aminareo latsaka tampoka amin'ny fahadisoana. (Gal 6, 1)
Alaviro ny disadisa, ny havinirana, ny fahatezerana... (Ef 4, 31)
Manomeza izay efa natokanao homena... (2 Kôr 9, 7)
Tsy mahasoa daholo akory izay rehetra mety atao... (1 Kôr 10, 23)
Karohy mandrakariva ary izay mety hampaharitra ny fiadanana. (Rôm 14, 19)
Raiso ary tsimbino tsara izay mbola osa. (Rôm 14, 1)
Aoka tsy haloaky ny vavanareo akory ny teny tsy mendrika. (Ef 5, 4)
Aza mifampitsara mihitsy. (Rôm 14, 13)
Mifamalifalia lalandava. (Rôm 15, 1)
Alaviro ny fahatezerana, ny disadisa, ny fifosana. (Kôl 3, 8)
Ka maninona ary ianareo no manameloka ny rahalahinareo. (Rôm 14, 10)
Aza mitsara alohan'ny fotoana. (1 Kôr 4, 5)
O ry olombelona, Iza moa ianao no manameloka ny sasany (Rôm 2, 1)
Koa mitalaho aminareo amin'ny anaran'i Jesoa Kristy aho, ry rahalahy. (1 Co 1, 10)
Manahy ny tsy hahita anareo ho toy izany intsony aho amin'ny andro hiverenako. (2 Kôr 12, 20)
Maro samihafa ny fanomezam-pahasoavana. (1 Kôr 12, 4)
Ary farany ry rahalahy, mifalia ary aoka ho lavorary ianareo. (2 Kôr 13, 11)

Fankaherezana avy amin'i Md Piera

Miezaha indrindra mba haharitra ny fifankatiavanareo. (1 P 4, 8)
Diovy amin'ny fanekem-pitiavana ny fanahinareo. (1 P 1, 22)
Mifampiantranoa tsy amim-pimonjomonjoana ianareo. (1 P 4, 9)
Esory tsy ho eo aminareo akory izay mety ho sain-dratsy sy fitaka. (1 P 2, 1)
Mahaiza mifamonjy, arakaraka izay fanomezam-pahasoavana azony. (1 P 4, 10)

Pejy faha-432

Fankaherezana avy amin'i Md Joany

Mifankatiava isika, fa ny fitiavana dia avy amin' Andriamanitra. (1 Jo 4, 7)
Nasehon' Andriamanitra antsika ny fitiavany. (1 Jo 4, 9)
Ny fitiavantsika ny rahalahintsika no ahafantarantsika fa niala tamin'ny fahafatesana ho any amin'ny fiainana isika. (1 Jo 3, 14)
Anaka, aza mitia amin'ny teny na am-bava fotsiny. (1 Jo 3, 18)
Ny mpanan-karen'izao tontolo izao mahita ny havany sahirana... (1 Jo 3, 17)

Celui qui aime son frère est dans la lumière. (1 Jn 2, 10)
Aimez-vous les uns les autres. C'était ses dernières paroles.

Exhortation de Saint Jacques

[Si un frère ou une sœur sont nus et manquent de nourriture.] (Jc 2, 15)

Ne parlez pas mal les uns des autres. (Jc 4, 11)
La langue, [personne ne peut la dompter]. (Jc 3, 8)
Si quelqu'un croit avoir de la piété et ne met pas [un frein à sa langue..). (Jc 1, 26)
Bouchez-vous l'oreille avec des épines et n'écoutez point la méchante langue. Mettez à votre bouche une porte et des serrures. (Si 28, 24-25)[699]
Toute la multitude des premiers chrétiens n'était qu'un cœur et qu'une âme. (Ac 4, 32)

Page 433

Ms XII 470.

Règles de charité qu'un véritable disciple de Jésus Christ doit observer.

Conformément aux paroles et aux exemples de Notre Seigneur Jésus Christ, nous voyons qu'il faut :

Ce qu'il faut éviter pour ne pas blesser la charité.

ne jamais nous mettre en colère contre personne,
ne jamais dire aucune parole d'injure ou de mépris, à qui que ce soit
ne Jamais rendre le mal pour le mal,
ne pas même résister au mal.
Ne se disputer avec personne, ni procès, ni dispute, perdre son bien plutôt que de perdre la charité.

Il faut bien se garder de mépriser un seul de ces petits.

Ne pas voir la paille dans l'œil de son frère, quand nous avons une poutre dans le nôtre ; ne pas vouloir ôter la paille de l'œil de son frère quand nous avons une poutre dans le nôtre ; il faut d'abord ôter la poutre de son oeil avant d'ôter la paille de l'œil de son frère.

Izay tia ny rahalahiny, mahita ny mazava. (1 Jo 2, 10)
Mifankatiava ianareo. Izany no teniny farany.

Fankaherezana avy amin'i Md Jakôba

Raha misy rahalahy na anabavy tsy manan-kitafiana na tsy manan-kanin-kohanina. (Jak 2, 15)
Aza mifankahala na mifampiteny ratsy ianareo. (Jak 4, 11)
Tsy misy olona mahafolaka ny lela. (Jak 3, 8)
Izay mihevitra ho manam-pangorahana nefa tsy mahatan-dela. (Jak 1, 26)
Hodidino fefy tsilo ny sofinao mba tsy handrenesany ny teny ratsy : ary manaova hidy amam-baravarana ho an'ny vavanao. (Ekl 28, 24-25)[700]
Niray fo sy fanahy ny Kristianina rehetra tany am-piandohana. (As 4, 32)

Pejy faha-433

Ms XII 470.

Fitsipi-pifankatiavana tsy maintsy tandreman'ny tena mpianatra Marin'i Jesoa Kristy.

Araka ny teny sy ny ohatra nomen'i Jesoa Kristy Tompontsika àry, dia mahatsapa izao manaraka izao isika.

Izao no tsy maintsy halavirina mba tsy hanimba ny fifankatiavana.

aza mety ho tezitra na amin'iza na amin'iza mihitsy,
aza manevateva na manaratsy olona amin'ny teny na oviana na oviana,
aza mamaly ratsy ny ratsy,
aza mifanohitra amin'ny ratsy akory aza.
Aleo very tsikalakalam-bola toy izay very tsikalakalam-pihavanana, ka noho izany alaviro ny fifamaliana, ny fitoriana any amin'ny fitsarana, na amin'iza na amin'iza.
Tandremo sao dia manafintohina na dia ny iray ihany amin'ireny madinika ireny aza.
Tandremo sao mahita tapak'ahitra ao anaty mason'ny havana kanefa tsy mahita ny sakamandimby ao anaty masontsika ; na te-hanala ny tapak'ahitra ao anaty mason'ny rahalahy kanefa ny sakamandimby ao anaty masontsika tsy afatsika ; ary esory aloha ny sakamandimby ao anaty masontsika, izay vao manala ny

699 Note a. Traduction du texte Latin. Le texte de nos Bibles modernes, est souvent assez différent pour le livre de l'Ecclésiastique.
700 Nôty a NON TRADUITE

Un aveugle ne peut conduire un autre aveugle. (Lc 6, 39)
Ne juger personne, ne condamner personne, ne pas penser mal des autres.

A l’exemple de Notre Seigneur, nous devons ressentir en nous une grande compassion.

Ce que nous devons ressentir en nous.

Appeler à nous les malheureux pour les soulager.
Ressentir en nous ce feu divin que Jésus est venu apporter sur la terre : ignem veni mittere. (Lc 12, 49)
Dire comme saint Paul, caritas Christi urget nos [L'amour du Christ nous presse] (2 Co 5, 14)
Désirer de dépenser notre vie pour le prochain, de donner notre vie pour lui.

Je dois être baptisé d’un baptême et je me sens pressé de le voir s’accomplir. (Lc 12, 50)
Sentir en nous cette mission qui nous a été donnée de soulager et de guérir.
Gémir sur le sort des malheureux.

Page 434

Ce qu’il faut faire.

Il faut nous réconcilier avec nos ennemis avant d’aller à l’autel.
Aller au devant d’eux lors même que l’on n’a pas tort.
Ne pas souffrir que les autres aient le plus petit ressentiment contre nous.
Se mettre d’accord avec ses adversaires.
Donner à qui demande ; prêter à qui a besoin ; si on nous demande un service, en accorder le double.
Aimer ses ennemis ; faire du bien à ceux qui nous haïssent ; bénir ceux qui nous maudissent ; prier pour ceux qui nous persécutent et nous calomnient. (Lc 6, 27)
Faire aux autres tout le bien que nous voulons que les autres nous fassent à nous-mêmes.
Recevoir tout le monde avec douceur et charité, les enfants, les pauvres, les malades, les pécheurs ; ne renvoyer personne sans secours ; aller même au-devant des malheureux pour les soulager.
Faire le bien, malgré la jalousie et la méchanceté des hommes.
Soigner les malades que nous trouvons sur le chemin.

tapak'ahitra ao anaty mason'ny rahalahy.
Tsy misy jamba afa-mitantana jamba. (Lk 6, 39)
Aza mitsara n'iza na iza, aza manameloka n’iza na iza, aza manan-kevidratsy amin'ny sasany.
Manàna fangorahan-dehibe ao anaty tahaka an'i Jesoa Kristy Tompontsika.

Ny tsy maintsy tsapantsika ao anatintsika ao.

Antsoy hanatona antsika ny zohi-pahoriana mba hanalana alahelo azy.
Teren'ny fitiavan'i Kristy isika, ka manàna ilay afom-pitiavan Andriamanitra miredareda nentin'i Jesoa teto an-tany. ignem veni mittere. (Lk 12, 49)
Averimbereno ny tenin'i Md. Paoly hoe : caritas Christi urget nos [Manery ahy ny fitiavan'i Kristy] (2 Kôr 5, 14)
Manam-panirina mba handany ny fiainantsika manontolo ho an'ny namana, hanome ny aintsika ho azy.
Tsy maintsy hatao batemy amin'ny batemy iray aho, ka akory ny fahamaizako hahita ny fahatanterahany. (Lk 12, 50)
Mandre ao anatintsika ao ilay iraka nomena antsika, hanala alahelo sy hanasitrana.
Mitoloko eo am-pahitana ny manjo ireo zohi-pahoriana.

Pejy faha-434

Ny tsy maintsy atao.

Mihavana amin'ny fahavalontsika alohan'ny hankanesana eo amin'ny otely.
Na mahatsiarova tena na tsy diso aza isika, dia midodododo manatona azy mialoha.
Aza leferina mihitsy izany ananan'olona alahelo izany.
Mihavana mandrakariva amin'izay manohitra ny tena.
Manome an'izay mangataka ; mampisambotra an'izay mila izany ; raha misy mangataka ny fanampiantsika, manao in-droa heny amin'izay angatahiny.
Mitia ny fahavalo ; manao soa an'izay mankahala, mitsoka rano izay manozona ; mivavaka ho an'izay manenjika sy manendrikendrika.
Manao amin'ny sasany izay tsara irina fa ataony amin'ny tena.

Mandray amin-kalemem-panahy sy fitiavana ny olon-drehetra, ny zaza, ny mahantra, ny marary, ny mpanota ; ary aza manositosika olona mila vonjy ; mankany aza any amin'ireo zohim-pahoriana mba hanala alahelo azy.
Manao soa na dia mialona sy manisy ratsy aza ny olombelona.
Mitsabo ny marary mifanena eny an-dalana.

Donner à dîner aux pauvres ; les inviter à nos fêtes.
Courir après les brebis égarées.
Reprendre son frère avec prudence et charité quand il tombe en quelque faute.

Pardonner jusqu'à soixante dix fois sept fois. (Mt 18, 22)
Ne pas se rebuter des obstacles.

Notre charité doit être toute surnaturelle.

Il faut que notre charité soit plus grande que celle des gens du monde.

Si les pécheurs aiment ceux qui les aiment, saluent ceux qui les saluent, font du bien à ceux qui leur font du bien, prêtent à ceux qui leur donnent des intérêts,
pour nous, il faut aimer nos ennemis, aller au-devant de ceux qui nous veulent du mal, saluer ceux qui ne nous disent rien, faire du bien sans en attendre de récompense, prêter sans intérêt, faire du bien aux bons et aux méchants, aux justes et aux injustes,

et nous serons les enfants du Très-haut, et nous serons parfaits comme notre Père céleste est parfait.

Que Dieu nous traitera comme nous aurons traité les autres.

Nous devons nous rappeler que Dieu usera envers nous de la même mesure dont nous nous serons servis à l'égard des autres.
Si nous ne jugeons pas, nous ne serons pas jugés ; si nous ne condamnons pas, nous ne serons pas condamnés ; si nous pardonnons, nous serons pardonnés ; si nous donnons, on nous donnera et on nous donnera beaucoup plus que nous aurons donné.
Si nous voulons que nos prières soient exaucées, il ne faut rien garder dans son cœur contre son prochain.
Qu'au jour du jugement nous serons jugés principalement sur la charité à l'égard du prochain.
Que Jésus regarde comme fait à lui-même tout ce que nous aurons fait au plus petit d'entre les siens.
Que la charité est son commandement de prédilection,
qu'elle est la marque de ses véritables disciples,
que ce commandement renferme tous les autres,
qu'avant de donner à Pierre le gouvernement de l'Eglise, Jésus Christ ne demande de lui que l'amour.

Manome sakafo ny mahantra, manasa amin'ny fifaliantsika izy ireo.
Mitady ny reniondry nania.
Mananatra amim-pahalinana sy amim-pitiavana ny rahalahy raha sendra lavo amin'ny hadisoana.
Mamela heloka hatramin'ny im-pitopolo fito. (Mt 18, 22)
Aza mandositra ny fisakantsakanana.

Tsy maintsy ho sopernatoraly nyfifankatiavantsika.

Tsy maintsy ambony lavitra noho ny fifankatiavan'izao tontolo izao ny fifankatiavantsika.
Raha tia izay tia azy ihany ny mpanota, miarahaba izay miarahaba azy ihany, manao soa izay nahitany soa ihany, mapisambotra izay manome tambiny azy ihany ;
isika kosa, asy maintsy mitia ny fahavalontsika, manatona izay te hanao ratsy antsika, miarahaba izay mianjonanjona amintsika, manao soa tsy miandry valiny, mampisambotra tsy misy tambiny, manasoa ny tsara sy ny ratsy fanahy, ny olomarina sy ny tsy marina,
ka amin'izay isika dia ho tena Zanaky ny Avo indrindra marina tokoa, ary ho tena lavorary tahaka ny maha-lavorary ny Raintsika any an-danitra.

Hataon' Andriamanitra amintsika izay ataontsika amin'ny sasany.

Tadidio mandrakariva fa ny famarana ampiasaintsika amin'ny sasany no hamaran' Andriamanitra ho antsika koa.
Raha tsy mitsara isika dia tsy hotsaraina, raha tsy manameloka dia tsy hohelohina, raha mamela heloka dia havela heloka, raha manome dia omena, ary bebe kokoa noho izay homentsika no homena antsika.
Raha tiantsika horaisina ny vavaka ataontsika, dia aza mitana an-dolom-po amin'ny namana.
Ary amin'ny andron'ny fitsarana dia ny fitiavantsika ny namana no tena hitsarana antsika.
Fa raisin'i Jesoa ho toy ny natao tamin'ny tenany mihitsy izay rehetra ataontsika amin'ireny madinika indrindra amin'ny azy ireny.
Fa ny fitiavana no didy lehibe indrindra ankasitrahany,
dia io no ahafantarana ny tena mpianany marina,
ary io didy io no mifehy ny didy sisa rehetra,
ka talohan'ny nanomezany an'i Piera ny fitondrana ny fiangonana dia ny fitiavana irery ihany no nangatahin'i Jesoa Kristy taminy.

Excellence de la charité.

Nous devons nous rappeler que la charité est la plus excellente de toutes les vertus.

Qu'elle est plus excellente que la science, que la foi, que la pauvreté, que la pénitence.

Qualités de la charité.

Que la charité est douce et patiente ; qu'elle n'est ni envieuse, ni téméraire, ni orgueilleuse, ni précipitée.
Qu'elle n'est point ambitieuse ; elle ne cherche point ses intérêts ; elle ne s'irrite point ; elle ne pense pas mal ; elle ne se réjouit pas du mal ; elle se réjouit de la vérité, du bien.
Elle supporte tout, elle croit tout, elle espère tout, elle souffre tout, elle ne finira jamais.

Page 437

7. Suivez-moi dans mes prédications.[701]

Page 439

Pour réussir sa vie, pour être utile aux autres, il faut savoir ce qu'on a à faire et tout le reste se met en place. Quand une chose importante se fait bien, le reste va bien aussi.[703]

Pour le Père Chevrier, c'est très net, prêcher est la grande mission du prêtre[705]*. Le chapitre suivez-moi dans mes prédications, resté inachevé, est cependant une clef de voûte du Véritable Disciple.*[706]

Fahambonianiny fitiavana.

Tadidio lalandava fa ny fitiavana no ambony indrindra amin'ny hatsaram-panahy rehetra.
Ambony lavitra noho ny fahaizana amam-pahalalana, ny finoana, ny fahantrana, ny fivalozana izy.

Hatsaran'ny fitiavana.

Fa ny fitiavana dia malemy fanahy sy mahari-po ; tsy mialona, tsy mirehareha, tsy miavonavona, tsy manaonao foana.
Tsy miambo tena, tsy mitady ho azy, tsy tezitra, tsy manisy ratsy olona, tsy mifaly amin'ny ratsy ataon'ny olona, fa miravoravo amin'ny fahamarinany, ny tsara vitany.

Mahalefitra ny zava-drehetra izy, mino ny zavatra rehetra, manantena ny zavatra rehetra, manala tsiny ny zavatra rehetra ary tsy hana-pahatamperana.

Pejy faha-437

7. Manaraha ahy amin'ny toriteniko.[702]

Pejy faha-439

Mba hahombiazana amin'ny fiainana, mba hanasoavana ny sasany, dia tsy maintsy fantarina aloha ny hatao dia mahazo ny toerana sahaza azy ny sisa rehetra. Mandeha ho azy ny sisa rehetra rahefa misy zava-dehibe mizotra tsara araka ny tena ilana azy.[704]

Mazava tsara izany ho an'i Mompera Chevrier satria ny mitory teny no iraka goavana indrindra ho an'ny Pretra.[707] *Ny toko mamelabelatra ny Manaraha ahy amin'ny toriteniko, na dia tsy vita hatramin'nyfarany aza no hidin'andohalambon'ny*

701 Note a. Ms XII 544-559
702 Nôty a : Ms XII 544-559
703 P. 299
704 P. 299
705 P. 448
706 Cf. pp. 59-60, indications pour l'étude du thème La Parole et aussi p. 338.
707 P. 448

Cette vue n'est admissible que si on entend les expressions prêcher, faire le catéchisme, dans le sens de faire connaître Jésus Christ. Ne sommes-nous pas là pour cela et cela seul : Connaître Jésus Christ et son Père et le faire connaître aux autres ?[709]

L'étude de l'Evangile et de saint Paul nous met d'abord devant l'ampleur du ministère de la Parole et les multiples formes que peut revêtir ce ministère : Jésus prêche partout et il prêche tous les jours.[711]

Passant aux applications concrètes, le Père Chevrier se cantonne spécialement à deux secteurs : le catéchisme et les petites missions[713]*. Conformément à ce que nous savons de lui, il s'en tient à ce qu'il a expérimenté.*

A travers les indications qu'il donne, passent de grandes idées qui méritent d'être retenues.

En ce qui concerne le catéchisme, il ne nous présente pas une pédagogie adaptée aux divers âges, comme on le ferait maintenant. Il a eu le souci de s'adapter au milieu social, au genre d'esprit des enfants du Prado, mais il l'a fait avec les moyens de son époque.

Cependant, il suit Les principes doctrinaux qui doivent guider toute pédagogie catéchistique. Il le fait avec beaucoup de simplicité mais aussi beaucoup de justesse.

Page 440

Ce Catéchisme du Prado, si remarquable par le ton simple des développements, par l'abondance des images ou des comparaisons, par la pénétration des examens de

boky Ny tena Mpianatra Marina.[708]

Tsy azo ekena anefa izany fomba fijery izany raha tsy raisin ho fampahalalana an'i Jesoa Kristy ny toriteny sy ny fampianarana katesizy. Tsy izany moa no nahatongavantsika eto ary dia izany ihany dia ny hahalala an'i Jesoa Kristy sy ny Rainy ary hampahalala azy amin'ny sasany ?[710]

Mametraka antsika eo anoloan'ny asa makadirin'ny Fitoriana ny Teny aloha ny fandinihana ny Evanjely sy taratasin'i Md.Paoly, ka manoro antsika ireo endrika maro samihafa fonosin'izany fanirahana izany : nitory teny hatraiza hatraiza i Jesoa, ary nitory teny isan'andro.[712]

Eo amin'ny fampiharana io fanirahana io, dia antitranterin'i Mompera Chevrier lalina tokoa ireto lafiny roa ireto : ny Katesizy sy ny famitana petites missions.[714] *Tsy mivaona amin'ny fahalalantsika azy ny fampiharany satria ny traikefa nananany no nifantohany fatratra.*

Ombieny ombieny dia tsapa amin'ny sori-dalana nomeny fa misy hevi-dehibe avoitrany ka tsara hotanana mandrakariva.

Mikasika ny fampianarana katesizy indray, dia tsy mba manolotra paika manokana mifanaraka amin'ny taonan'ny olona sahala amin'ny atao ankehitriny izy ; fa nifantoka tamin'ny fiaraha-monina, ny toe-tsaina tsapa tamin'ny ankizy tao amin'ny Prado ; eny fa na dia tsy ampy fitaovana aza, dia izay nisy tamin' izany fotoana izany no nampiasainy.

Na izany na tsy izany anefa, dia narahiny an-tsakany sy an-davany ny foto-pampianarana nosoritan'ny Fiangonana hoenti-mampianatra ny teny finoana. Tsotra fa ara-drariny mihitsy ny fomba nanatanterahany azy.

Pejy faha-440

Io katesizin'ny Prado io, tsotra dia tsotra amin'ny famelabelaran-kevitra, mafonja dia mafonja amin'ny fanoharana sy ny sary anehoana azy sy ny fandentehana

708 Jereo VD. P. 59-60, ny filazana momba ny fianaran'ny Teny ka p. 338.
709 Lettre n° 181 (231) [4] à notre soeur Véronique au Prado, 30 juin 1873
710 Taratasy faha-181 (231) [4] Ho an'i Masera Véronique an'ny Prado, 30 juno 1873
711 P. 441-442
712 P. 441-442
713 P. 450-451
714 P. 450-451

conscience, n'a rien perdu de son actualité. Un maître le transposerait facilement en un Catéchisme pour aujourd'hui.[715]

Les petites missions, ce sont des séries de prédications appelées généralement missions paroissiales. Les grands modèles, dans ce genre de ministère, restent ceux du XVII[e] *siècle, comme saint Vincent de Paul et sa Congrégation de la Mission, saint Grignion de Montfort, etc.*

Le Père Chevrier parle de petites missions. C'est qu'il veut renoncer à toutes prédications grandes et solennelles.[717] *A son avis, ce genre de prédication ne peut répondre au but qu'il se propose : faire en sorte que les pauvres qui viendraient puissent se sentir à l'aise, les familiariser avec l'Evangile, avec le Christ. Cela se sent bien à travers les conseils pratiques qu'il donne : ne pas monter en chaire, ne pas obliger à s'avancer jusqu'aux premières places des gens qui sont entrés furtivement à l'église, chercher un cadre qui ne soit pas intimidant, etc. Il aurait désiré pouvoir en faire autant, même pour célébrer la messe. Il avait préparé une supplique au Pape pour obtenir la permission de dire la messe dans les villages, au cours des missions, hors de l'église paroissiale.*[718]

Nous voyons ainsi comment le prêtre doit suivre Jésus Christ dans sa douceur, son humilité, sa charité, non pas seulement à côté de son ministère, comme en préparation à ce ministère mais dans l'exercice de sa grande fonction de prêtre.

Le manuscrit que nous suivons ici est un relevé très copieux de passages d'Ecriture. Il contient, en effet, toute la prédication de Jésus, et donc tous les discours contenus dans les Evangiles. Cette transcription n'est pas de la main du Père Chevrier et de très nombreuses pages ne contiennent aucune annotation de sa part. Nous avons choisi de ne reproduire que le texte écrit par le Père Chevrier lui-même,

azy ao am po ka mampandini-tena lalina dia lalina, dia tena mifanentana amin'ny fiainana ankehitriny tokoa ka tsy very tadidy. Noraisin' ny mpampianatra iray aza izy io ka nataony hoe : Katesizy manoloana ny toetr'andro ankehitriny.[716]

Ny antsoina hoe : petites mission ? kosa, dia ireo asa pastoraly na toriteny atao any amin'ny paroasy any. Ny nataon-dry Md. Vincent de Paul sy ny fikambanana noforonin'ny (Congrégation des Missions na Lazaristes), ry Md. Grignion de Monfort, sns, izay samy niasa tamin'ny taon-jato faha XVII, no filamatra malaza indrindra tamin'izany.

« Petites missions », hoy i Mompera Chevrier. Tsy nekeny manko itony fitorian-teny sady miezinezina no manetriketrika itony.[719] *Tsy mifanentana amin'ny tanjona tiany ho tratrarina manko ireny fomba ireny : mba ataovy izay mahafa-po sy hiadanan'ny mahantra tonga ao, ka hahatamana azy satria tsy hahatsiaro tena ho voahilikilika izy fa ho tompony mandray anjara feno dia feno, amin'ny fifaneraserana amin'ny Evanjely sy i Kristy, hoy izy. Ary tsapa izany ao amin'ny sori-dàlana fampiharana napetrany : aza miakatra eny ambony fitorian-teny ; aza terena handroso eny amin'ny seza aloha ny olona miditra an-tsokosoko ao am-piangonana ; ary ataovy izay tsy hahamenatra ny olona, sns. Niriny mihitsy aza ny hampihatra izany amin'ny Lamesa. Nanomana taratasy fangatahana alalanatamin'ny Papa koa izy, mba ho afa-manao Lamesa any amin'ny tanàna madinika tsy misy fiangonana, ivelan'ny Paroasy.*[720]

Hitantsika amin'izany ny fomba entin'ny pretra manara-dia an'i Jesoa Kristy eo amin'ny halemem-panahiny, ny fanetren-tenany, ny fitiavany ; tsy vitan'ny hoe eo anilany fotsiny hanomana ny asa maha-pretra, fa tena ao anatin'ny fanatanterahana ilay Iraka maha-pretra mihitsy. Goavam-be io.

Dikan-tsoratra feno mitafotafo notovozina tao amin'ny Soratra Masina no hitantsika amin'ity sora-tanana ity. Ao avokoa manko ny toritenin'i Jesoa, mazava ho azy fa ny kabary hita ao amin'ny Evanjely no tian-kambara amin'izany. Tsy sora-tànan'i Mompera Chevrier mivantana izy io, ary misy pejy maro dia maro tsy ahitana fanamarihana avy aminy nihitsy. Nofantenanay mihitsy àry ireo lahatsoratra

715 P. Broutin - Le mouvement catéchistique en France au XIXe siècle. Nouvelle Revue Théologique, 6 juin 1960 p. 632
716 P. Broutin - Le mouvement catéchistique en France au XIXe siècle. Nouvelle Revue Théologique, 6 juin 1960 p. 632 [P. Broutin — Ny hetsika momba ny katesizy teto Frantsa tamin'ny taon-jato fa XIX. Gazety boky vaovao momba ny teolojia, 06 Jiona 1960 p. 632.]
717 Ms X 275
718 Ms X 164
719 Ms X 275
720 Ms X 164

en indiquant simplement la référence des passages qu'il commente.

Page 441

C'est sa grande mission.

A Nazareth, il entre dans la synagogue. (Lc 4, 16)
Il lit et explique la prophétie d'Isaïe qui le concerne, évangéliser les pauvres. Etonnement qu'il produit sur la foule : cependant ils se scandalisent en disant, nous connaissons son père et sa mère. Réponse de Jésus Christ : Nul n'est prophète dans sa patrie. (Lc 4, 24) Ils furent remplis de colère, le jetèrent dehors et le conduisirent sur la montagne pour le précipiter. (Lc 4, 28)

A douze ans, il reste à Jérusalem et enseigne les docteurs de la loi.

Réponse qu'il fait à Marie, sa mère.
Il répond à ses apôtres qui lui disaient que le monde le cherchait : Allons dans les villes et les bourgades afin que j'y prêche, car je suis venu pour cela. (Mc 1, 35)

La foule veut le retenir parce qu'elle ne le quitte pas et il leur dit : Il y a encore d'autres villes où il faut que j'évangélise le royaume de Dieu, car je suis envoyé pour cela. (Lk 4, 43 ; Mk 1, 38)

Il parcourt les villes et les bourgades.

De Nazareth, il va à Capharnaüm. (Mt 4, 13)
Accomplissement de la prophétie d'Isaïe.
Il commence à prêcher. Et il enseignait dans les synagogues. (Mt 4, 23)
Il dit à ses disciples : Allons dans les bourgades et les villes afin que j'y prêche aussi, je suis venu pour cela. (Mc 1, 38)
On s'efforce de le retenir : Il y a encore d'autres villes, je suis venu pour cela. Et il parcourait toute la Galilée, enseignant et guérissant.

Il parcourait les villes et les bourgades, prêchant et guérissant (Mt 9, 35) ; prêcher et guérir, il ne sépare pas ces deux actions.
Et les douze étaient avec lui. (Lc 8, 1)
Quand on le chasse de Nazareth, il parcourt les villages d'alentour. (Lk 4, 31)

Il prêche partout

nosoratan'i Mompera Chevrier dia nasianay fanamarihana mampitodika any amin'ny famelabelarana nataony.

Pejy faha-441

Io no fanirahana lehibe ho azy.

Niditra tao amin'ny Sinagôga izy tao Nazareta. (Lk 4, 16)
Novakiny sy nazavainy ny faminanian'i Izaia momba azy : mitory ny Vaovao Mahafaly amin'ny mahantra. Gaga sy talanjona ny vahoaka kanefa tafintohina ihany koa, ka nanao hoe : fa angaha tsy fantantsika ny ray sy ny reniny. Valin-tenin'i Jesoa Kristy : tsy misy mpaminany masina an-taniny. (Lk 4, 24) Romotra mafy izy ireo ka nandroaka azy tany ivelany ary nitondra azy teo an-tampon-kavoana mba hanipazana azy any anaty hantsana. (Lk 4, 28)
Roa ambin'ny folo taona izy tamin'izay, tafajanona tao Jerosalema ary nampianatra ny mpanara-dalàna.
Ny valin-teniny amin'i Maria reniny. (Lk 1, 41)
Mitady anao hatraiza hatraiza ny vahoaka, hoy ny Apôstôliny taminy dia novaliny hoe : Andeha isika ho any an-tanan-dehibe sy ny vohitra madinika mba hitoriako teny any fa izany no nahatongavako. (Mk 1, 35)
Tian'ny vahoaka honina eo aminy izy satria tsy foiny kanefa hoy izy hoe : Mbola misy tanàna hafa tsy maintsy hanambarako ny Vaovao Mahafalin' ny Fanjakan' Andriamanitra any, satria izany no nanirahana ahy. (Lk 4, 43 ; Mk 1, 38)

Teteziny ny tanàna sy ny vohitra madinika.

Avy ao Nazareta izy dia mankao Kafarnaôma (Mt 4, 13)
Tanteraka ny faminanian'i Izaia. (Iz 9)
Fanombohan'ny toriteny. Ary nampianatra tao amin'ny Sinagôga izy. (Mt 4, 23)
Hoy izy tamin'ny mpianany : Andeha ho any amin'ny vohitra madinika sy ny tanàn-dehibe fa mba hitoriteny any koa aho, satria izany no nahatongavako. (Mk 1, 38)
Miezaka hitana azy eo aminy ny olona fa mbola misy tanàna hafa, hoy izy, ary izany no nahatongavako. Notetezin'y Galilea manontolo ka sady nampianatra izy no nanasitrana.
Voatetiny avokoa ny tanàna sy ny vohitra, ka sady mitory teny izy no nanasitrana. (Mt 9, 35) Mitory teny sy manasitrana, tsy nosarahiny mihitsy ireo asa roa Ioha ireo.
Ary niaraka taminy teny rehetra teny izy roa ambin'ny folo lahy. (Lk 8 ; 1)
Voaroaka tao Nazareta izy, dia nitety ny tanàna manodidina. (Lk 4, 31)

Mitory teny hatraiza hatraiza izy

Dans le temple. (Lc 21, 37)
Tous les jours dans le temple. (Lc 19, 47 ; Mt 21, 14)

Page 442

Dans les synagogues. (Lc 4, 15 ; Mc 1, 21 ; Mt 9, 35)
Il s'arrête dans une plaine et il prêche. Et lui, levant les yeux vers [la] multitude [et vers] ses disciples disait : Bienheureux pauvres ! parce que le royaume de Dieu est à vous. (Lc 6, 20)
Jésus monte sur une montagne et il prêche à ses disciples et la foule. (Mt 5, 1)

Sur le chemin, il instruit la samaritaine. (Jn 4, 4) Il prend occasion de l'eau pour l'instruire et lui parler de cette eau vive qui donne la vie éternelle. Il lui reproche doucement sa vie ; il l'instruit sur la manière d'adorer Dieu.

Il monte dans la barque de Simon et il instruit la foule de la barque. (Lc 5, 3 ; Mt 13, 2)

A table chez les pharisiens. (Lc 11, 37)
Dans les maisons. (Mc 2, 2)
Sur le rivage. (Mc 2, 13)
Sur le bord de la mer.
Dans une barque. (Mc 4, 1)

Il prêche tous les jours. (Lc 21, 37 ; 19, 47)

Il parle avec fidélité.

Ma doctrine n'est pas de moi. (Jn 7, 16)
Si quelqu'un veut la mettre en pratique, il verra si elle vient de Dieu ou si je parle de moi-même. (Jn 7, 17)
Il ne cherche pas sa gloire.
Celui qui croit en moi, ne croit pas en moi mais en Dieu. (Jn 12, 44)
Je n'ai point parlé de moi-même mais celui qui m'a envoyé, m'a dit... (Jn 12, 49)
Je dis ce que mon Père m'a ordonné. (Jn 12, 50)
Je dis ce que j'ai entendu de mon Père. (Jn 8, 26)
Je parle comme mon Père m'a enseigné. (Jn 8, 28)
Mon Père est avec moi. (Jn 8, 29)
Je parle de ce que j'ai vu en mon Père. (Jn 8, 38)

Il parle avec simplicité.

Tao an-tempoly. (Lk 21, 37)
Isan'andro isan'andro, ao an-tempoly. (Lk 19, 47 ; Mt 21, 14)

Pejy faha-442

Tao anatin'ny Sinagôga, (Lk 4, 15 ; Mk 1, 21 ; Mt 9, 35)
Mijanona eo an-tany lemaka izy dia mitory teny. (Lk 6, 17) Ary nitraka izy ka nijery ny vahoaka be sy ny mpianany dia nanao hoe : Sambatra ianareo ry mahantra satria anareo ny fanjakan' Andriamanitra. (Lk 6, 20)
Niakatra teo an-tendrombohitra i Jesoa, ka nitory teny amin'ny mpianany sy ny vahoaka. (Mt 5,1)
Eny an-dàlana, nampianatra ilay vehivavy Samaritana izy. (Jo 4, 4). Nanararaotra ilay rano tovozina izy mba hampianarana azy sy hiresahana aminy ilay manome ny fiainana mandrakizay. somary notsininy kely tamin-kalemem-panahy ny fiainan-dratsiny dia namplanariny azy ny fomba fitsaohana an' Andriamanitra.
Miondrana ao an-tsambokelin'i Simona izy, dia avy ao no mamplanatra ny vahoaka (Lk 5, 3 ; Mt 13, 2)
Fisakafoanana tany amin'ireo Farisiana. (Lk 11, 37)
Tany an-trano. (Mk 2, 2)
Teny amoron-drano. (Mk 2, 13)
Teny amoron-dranomasina.
Tao an-tsambokely iray. (Mk 4, 1)

Isan'andro isan'andro, mitory teny hatrany Izy (Lk 21, 37 ; 19, 47)

Amim-pitokisana no itenenany.

Tsy avy amiko irery ny foto-pampianarako. (Jo 7, 16)
Izay manatanteraka azy dia hahita na avy amin' Andriamanitra izy na miteny fotsiny momba ahy aho. (Jo 7, 17)
Tsy mikatsaka ny voninahiny izy.
Izay mino ahy, tsy mino ahy fotsiny fa mino an'Andriamanitra. (Jo 12, 44)
Tsy niteny momba ahy mihitsy aho, fa ilay naniraka ahy no nilaza tamiko... (Jo 12, 49)
Izay nandidian'ny Raiko ahy no lazaiko. (Jo 12, 50)
Izaho manambara izay reko tamin'ny Raiko. (Jo 8, 26)
Miteny izay nampianarin'ny Raiko ahy aho. (Jo 8, 28)
Ato amiko ny Raiko. (Jo 8, 29)
Miresaka izay hitako tao amin'ny Raiko aho. (Jo 8, 38)

Miteny amim-pahatsorana izy.

Dans tout ce discours [sur la montagne], on ne voit ni recherche, ni préambule ; rien de ce qui sent l'étude, la recherche, la peine, l'annonce, l'emphase, le soin, l'ostentation, les manières. Tout est simple dans le ton, les paroles, la tenue, les manières ; beaucoup de doctrine et peu de mots ; et nous c'est le contraire.

Les comparaisons sont : le sel, la lumière, la lampe, l'oiseau, le lys, la paille, la poutre, les brebis, les loups, les arbres, les ronces, les épines, les maisons, le vent, la pluie, le rocher : toutes choses qui se comprennent.

Dans ces paraboles, tout des choses connues, visibles, sensibles :

le grain que l'on sème (Mt 13, 1)
l'ivraie. (Mt 13, 36)

Ao amin'ilay kabary tany an-tendrombohitra (Mt 5, 7 ; Lk 6, 20), tsy ahitana na fikarohana na safarin-teny ; tsy misy maneho zava-nianarana tsianjery na fitadiavan-drehareha, na fijaliana, na dokam-barotra, na fifanoheran-kevitra, na fanamboamboarana, na fanambonian-tena, na fiangetsangetsanana. Tsotra dia tsotra avokoa na ny fomba fitenenana, na ny teny lazaina, na ny fihetsika na ny fanehoan-kevitra ; foto-pampianarana miavosa ao anatin'ny teny vitsy dia vitsy ; ny antsika anefa toa ny mifanohitra amin'izany no hita.

Ireto ny fanoharana : ny fanasina, ny fahazavana, ny jiro, ny voromanidina, ny lisy, ny tapak'ahitra, ny sakamandimby, ny ranonorana, ny amboadia, ny hazo, ny kirihitr'ala be tsilo, ny tsilo, ny trano, ny rivotra, ny reniondry, ny vatolampy ; izay voary rehetra mety hahazoana ny heviny.

Ao anatin'ireo fanoharana ireo : zava-pantatra, hita maso, azo tsapain-tànana avokoa.

Ny voa nafafy. (Mt 13, 1)
Ny ahi-dratsy. (Mt 13, 36)

le grain de sénevé. (Mc 4, 30)
la semence qui fructifie d'elle-même. (Mc 4, 26)
le levain. (Lc 13, 20)
le trésor caché. (Mt 13, 44)
la perle précieuse. (Mt 13, 45)
les filets du pêcheur. (Mt 13, 47)
les deux fils. (Mt 21, 28)
l'enfant prodigue. (Lc 15, 11)

Ny voatsinampy. (Mk 4, 30)
Ny voa nafafy mamokatra ho azy. (Mk 4, 26)
Ny lalivay. (Lk 13, 20)
Ny vatan-drakitra nafenina. (Mt 13, 44)
Ny vatosoa sarobidy. (Mt 13, 45)
Ny haraton'ny mpanjono. (Mt 13, 47)
Ny zanaka roalahy. (Mt 21, 28)
Ilay zaza mpandany. (Lk 15, 11)

Il parle avec autorité.

Il s'appuie sur l'autorité de son Père. (Jn 8, 13 et sq ; Mt 5, 18, 20, 22, 28, 32, 34, 39 ; Mt 7, 29)

Quelle autorité de langage, quelle sublimité de doctrine règne dans tout ce discours [sur la montagne]. Il suffit de lire pour remarquer que c'est un Maître qui parle.[721]

Miteny amim-pahefana izy.

Ny fahefan'ny Rainy no iankinany. (Jo 8, 13 sy ny manaraka ; Mt 5, 18, 20, 20, 22, 28, 32, 34, 39 ; Mt 7, 29)

Tsikaritra eo am-pamakiana an'io kabary tany an-tendrombohitra io fa tena Mpampianatra mihitsy no miteny : na ny fahefana entiny manambara ny tiany ho lazaina izany na ny fahambonian'ny foto-pampianarana tena igagana tokoa.[722]

Il parle avec fermeté.

(Jn 18, 37)
Il reprend les scribes et les pharisiens sur leurs fausses maximes. (Mt 15, 3)

Hentitra tokoa ny teniny.

(Jo 18, 37)
Noteneniny mafy momba ny fampianarana diso omeny ireo mpanora-dalàna sy ny

721 Note a. Ces deux phrases de commentaire ne sont pas de la main du Père mais recopiées sans doute sur un premier texte préparatoire établi par le Père lui-même.
722 Nôty a : NON TRADUIT

Il les traite d'hypocrites. (Mt 15, 7)
à Hérode. (Lc 13, 32)
Il reprend les pharisiens qui l'observaient. (Lc 14, 1 ; Mt 22, 18 ; Mt 23, 2)

C'est la grande mission que Jésus Christ confère à ses apôtres.

Jésus Christ choisit douze hommes pour être avec lui et les envoyer prêcher. (Mc 3, 14)
Ils vont d'abord avec Jésus et le suivent dans ses prédications. (Lc 8, 1)

Instructions qu'il donne à ses apôtres en les envoyant prêcher.

Il les envoie deux à deux. (Mc 6, 7)
Où ils doivent aller. (Mt 10, 5)
Ce qu'ils doivent dire ; ce qu'ils doivent faire ; tout cela gratuitement.

Dans quelles conditions ils doivent aller : pauvreté.
L'ouvrier trouve sa nourriture où il travaille.
Où ils doivent loger ; comment ils doivent se présenter ; comment seront traités ceux qui les recevront ; et ceux qui ne les auraient pas reçus.
Dans quelles dispositions ils doivent être ; quelles doivent être leurs vertus principales. (Mt 10, 16)
Avertissements qu'il leur donne ; persécutions qu'il leur prédit ; ne pas s'inquiéter de ce qu'ils doivent dire à leurs juges ; guerre terrible dans les familles.

farisiana. (Mt 15, 3)
Nataony hoe mpiatsaravelatsihy izy ireo. (Mt 15, 7)
Tamin'i Heroda indray. (Lk 13, 32)
Nitsikilo azy ny farisiana ka noteneniny mafy koa. (Lk 14, 1 ; Mt 22, 18 ; Mt 23, 2)

Iraka goavana nankinin'i Jesoa Kristy tamin'ny mpianany io.

Nifidy lehilahy roa ambin'ny folo hiaraka aminy sy hirahiny hitory teny i Jesoa Kristy (Mk 3, 13)
Niaraka tamin'i Jesoa aloha izy ireo ary nanara-dia azy tamin'ny fitorianteny nataony. (Lk 8, 1)

Teo am-panirahana ny apôstôliny dia izao ny fampianarana nomeny azy ireo.

Nirahiny tsiroaroa izy ireo. (Mk 6, 7)
Aiza no tsy maintsy halehany. (Mt 10, 5)
Ny tsy maintsy lazainy ; ny tsy maintsy ataony ; maimaim-poana daholo izany rehetra izany.
Fepetra manao ahoana no tsy maintsy tandremany eny am-pandehanana : Fahantrana.
Eo amin'ny toerana iasany no ahitan'ny mpiasa ny hanin-kohaniny.
Aiza izy ireo no tokony hiantrano ; fomba ahoana no tsy maintsy ahafantarana azy ; fomba ahoana no amaliana ireo mandray azy ; na ireo mandà tsy mandray azy.
Toe-tsaina manao ahoana no tsy maintsy ananany ; inona avy ireo hatsaram-panahy fototra tsy maintsy ivelomany. (Mt 10, 16)
Fampitandremany azy ireo ; fanenjehana nolazainy mialoha ; tsy mahazo miahiahy amin'izay tokony holazainy amin'ny mpitsara azy ; ady mahatsiravina ao amin'ny fianakaviana maro.

Page 444

Dans les persécutions, fuir dans d'autres villes ; ne rien craindre : le disciple n'est pas plus que le Maître. (Mt 10, 24) Que cela ne vous empêche pas de parler, prêcher sur les toits ; ne pas craindre ceux qui tuent le corps. Dieu veille sur vous, confiance. (Mt 10, 28-31

Quiconque me confessera [devant les hommes..]. (Mt 10, 32)
Je suis venu apporter le glaive et la séparation. (Mt 10, 34, Lc 12, 51)
Prendre sa croix ; (Mt 10, 38) perdre sa vie.
Récompense accordée à ceux qui nous reçoivent. (Mt 10, 40)
Sel de la terre (Mt 5, 13) ; la lumière du monde (Mt 5, 14),
Il faut éclairer les autres par le bon exemple.

Pejy faha-444

Amin'ny fanenjehana, mandositra any amin'ny tanàna hafa ; tsy matahotra na inona na inona, tsy lehibe noho ny mpampianatra azy ny mpianatra. (Mt 10, 24) Tsy manakana anao hiteny izany, vao mainka aza mitoria eny an-tafontrano. Aza matahotra izay mamono ny vatana. Miahy sy mitantana anareo Andriamanitra ka matokisa. (Mt 10, 28-31)
Izay rehetra hanaiky Ahy [eo anatrehan'ny olona…] (Mt 10, 32)
Tonga hitondra sabatra sy fisarahana aho. (Mt 10, 34, Lc 12, 51)
Mandray ny hazofijaliany (Mt 10, 38) ; manary ny ainy.
Valisoa homena izay mandray antsika. (Mt 10, 40)
Fanasin'ny tany (Mt 5, 13) ; fahazavan'izao tontolo izao. (Mt 5, 14)
Hazavao amin'ny oha-pitondran-tena tsara ny sasany.

Bons exemples.
Force de cette parole. (Mt 5, 18) Bonheur de celui qui aura enseigné ; fait et enseigné. (Mt 5, 19)
Mission des soixante-douze disciples. (Lc 10, 1)
Il demande des ouvriers pour la moisson.
Etre comme des agneaux au milieu des loups. Dans la pauvreté ; pas s'amuser à causer avec le monde.
Le salut des prêtres en entrant : [paix à cette maison].

Les apôtres tiennent la place de Jésus Christ. (Lc 10, 16)
Grande mission que Jésus confie à ses apôtres avant de les quitter. (Mt 28, 16 ; Mc 16, 15)
Prêcher au nom de Jésus Christ la pénitence et la rémission des péchés. (Lc 24, 46)

Il faut qu'ils soient auparavant remplis du Saint Esprit. (Lc 24, 49) Quand ils eurent reçu le Saint Esprit, ils commencèrent à parler caeperunt loqui ; ariis linguis, prout Spiritus Sanctus dabat illis eloqui [Ils commencèrent à parler en d'autres langues, selon que l'Esprit leur donnait de s'exprimer]. (Ac 2, 4)
La mission de prêcher est la plus importante de toutes, c'est elle qui passe avant toutes les autres ; il faut prêcher avant de baptiser ; prêcher avant de confesser pour convertir, éclairer, instruire, mission fondamentale ; sans elle, rien dans le monde.

Comment les apôtres ont rempli leur mission.[723]

Enseignement de Saint Paul, le grand docteur des nations, sur la prédication.

Saint Paul est redevable à tout le monde de la prédication de l'Evangile. (Rm 14, 17)
Il ne rougit point de l'Evangile. (2 Tm 2, 15)

Oha-pitondran-tena tsara.
Teny mahery io. (Mt 5, 18) Hasambaran'ny olona mampianatra ; manao sy mampianatra. (Mt 5, 19)
Fanirahana ny mpianatra roa ambin'ny folo lahy. (Lk 10, 1)
Mangataka ny mpiasa hiasa ny sahany izy.
Toy ny zanak' ondry eo am-povoan'ny amboadia. Anatin'ny fahantrana ; aza miady varotra amin'izao tontolo izao.
Ny fiarahabana ataon'ny pretra eo am-pidirana an-tranon'olona Fiadanana ho an'ity trano ity.
Mitana ny toeran'i Jesoa Kristy ny Apôstôly. (Lk 10, 16)
Iraka lehibe nankinin'i Jesoa amin'ny Apôstôliny alohan'ny handaozany azy ireo. (Mt 28, 16 ; Mk 16, 15)
Mitory ny fivalozana sy ny famelana ny fahotana amin'ny anaran'i Jesoa Kristy. (Lk 24, 46)
Tsy maintsy feno ny Fanahy Masina izy ireo aloha. (Lk 24, 49) Ary rahefa nahazo ny Fanahy Masina izy ireo dia nanomboka niteny… caeperunt loqui ; ariis linguis, prout Spiritus Sanctus dabat illis eloqui. [fiteny maro samihafa araka izay nanazavan'ny Fanahy Masina azy avy]. (Asa 2, 4)
Ny iraka hitory teny no lehibe indrindra amin'ny fanirahana rehetra ; izy no mialoha lalanany sisa rehetra. Tsy maintsy mitory teny aloha vao manao batemy ; tsy maintsy mitory teny aloha hibebahan'ny olona, hanazavana azy, hampianarana azy, izay vao mampikonfesy ; iraka fototra io, ka raha tsy io no vita dia tsy misy azo atao eto amin'izao tontolo izao.
Ahoana àry no nanatanterahan'ny Apôstôly izany iraka niantefa taminy izany.[724]

Fampianaran'i Md Paoly, ilay mpampianatra igagana tamin'ny fitorian-teny ho an'ny firenena rehetra.

I Md. Paoly no nahazoan'ny olon-drehetra ny fitoriana ny Evanjely. (Rôm 14, 17)
Tsy menatra ny Evanjely mihitsy izy. (2 Tim 2, 15)

Prêcher sans les artifices de la parole pour ne pas anéantir la croix de Jésus Christ. (1 Co 1, 17-25)
Dieu détruit la sagesse des sages.
Folie de la prédication.

Mitory teny tsy amin'ny lahateny kanto mba tsy hahafoana ny hazo-fijalian'i Jesoa Kristy. (1 Kôr 1, 17-25)
Arodan' Andriamanitra ny fahendren'ny mahiratra.
Hadalan'ny fitorian-teny.

723 Note b. Cf pp. 447 et 450
724 Nôty b. Jereo pp. 447 et 450

Prêcher Jésus Christ crucifié.
Force et sagesse de Dieu.
En Dieu, ce qui paraît folie est une sagesse ; ce qui paraît une faiblesse est plus fort que les hommes.
Ce n’est pas avec des discours élevés, d’une éloquence et d’une sagesse humaine. (1 Co 2, 1-16)
Je ne sais que Jésus Christ et Jésus Christ crucifié. (1 Co 2, 2)
Ne pas s’appuyer sur les arguments persuasifs de la sagesse humaine.
Et que la foi ne soit pas établie sur la sagesse humaine, mais sur Dieu.

Nous n’avons pas reçu l’esprit du monde, mais l’esprit de Dieu. (1 Co 2, 12)

Annoncer les vérités, non avec les discours étudiés de la sagesse humaine, mais avec ceux que l’Esprit Saint enseigne.
Il faut donner à chacun la nourriture qui lui convient. (1 Co 3, 1-13)
Le lait aux faibles.
Celui qui plante, celui qui arrose, n’est rien, tout vient de Dieu. (1 Co 3, 7)

On ne peut poser d’autre fondement dans les âmes que Jésus Christ. (1 Co 3, 11)

Il prêche gratuitement, pour ne pas apporter le plus petit obstacle à l’Evangile de Jésus Christ. (1 Co 9, 9-23)
Il aimerait mieux mourir plutôt que de perdre cette gloire.
Je suis obligé de prêcher l’Evangile. Malheur à moi si je ne prêche pas ! (1 Co 9, 16) de bon cœur, non à regret, par force. Ma récompense est de prêcher gratuitement. (1 Co 9, 18)
Libre à l’égard de tous ; il se fait serviteur de tous pour en gagner davantage. (1 Co 8, 19)
Il s’est fait tout à tous. (1 Co 9, 22)
Odeur de mort, odeur de vie. (2 Co 4, 14-17)
Prêcher avec sincérité, de la part de Dieu, en présence de Dieu, dans l’esprit de Jésus Christ, (2 Co 4, 1-13)
n’altérant pas la parole de Dieu.
Notre recommandation est la sincérité avec laquelle nous prêchons. (2 Co 4, 2)
Prêcher Jésus Christ. Nous sommes vos serviteurs par Jésus Christ. (2 Co 4, 5)
Dieu a fait luire sa clarté dans nos cœurs (2 Co 4, 6), pour éclairer les autres.

Prêcher l’Evangile dans les persécutions et les afflictions de la chair. (Ga 4, 11-20)
Il est comme une mère qui enfante Jésus Christ en nous.

Mitory an'i Jesoa Kristy voafantsika.
Hery sy fahendren'Andriamanitra.
Izay nataon'ny olombelona ho fahadalàna dia fahendrena ao amin' Andriamanitra ; ary izay heveriny ho fahalemena dia mahery lavitra noho ny olombelona.
Tsy amin'ny lahateny ambony, na fahaiza-mandahatra kanto, na tamin'ny fahendren' olombelona. (1 Kôr 2, 1-16).
I Jesoa Kristy ary Izy ilay voafantsika ihany no fantatro.
Aza miantehitra amin'ny fandresen-dahatry ny fahendren' olombelona.
Ary aoka tsy hiorina amin'ny fahendren'olombelona ny finoanareo fa aoreno amin'Andriamanitra.
Tsy ny fanahin'izao tontolo izao no nomena antsika, fa ny fanahin' Andriamanitra. (1 Kôr 2, 12)
Manambara ny fahamarinana tsy amin'ny teny tsara lahatry ny fahaizan' olombelona fa izay ampianarin'ny Fanahy Masina ihany.
Omeo ny tsirairay avy izay hanina sahaza azy. (1 Kôr 3, 1-13)
Ronono ho an'ny osa.
Izay mamboly, izay manondraka, dia tsinontsinona avokoa, fa ny Tompo ihany no manome. (1 Kôr 3, 7)
Tsy misy fototra hafa azo aorina ao amin'ny fanahy an-koatra an'i Jesoa Kristy. (1 Kôr 3, 11)
Mitory teny maimaim-poana izy mba tsy hanisy sakana na dia kely akory aza amin'ny Evanjelin’i Jesoa Kristy. (1 Kôr 9, 9-23)
Aleony maty toy izay manary io voninahitra io.
Tsy maintsy mitory ny Evanjely aho. Loza ho ahy raha tsy mitory ny Evanjely aho ! (1 Kôr 9, 16) amin'ny fo madio, tsy misy nenina, amin-kery. Ny mitory teny maimaim-poana no valisoako. (1 Kôr 9, 18)
Tsy miankin-doha na amin'iza na amin'iza, afaka tanteraka, mahafoy tena ho mpanompon'ny rehetra mba hahazo vokatra bebe kokoa. (1 Kôr 8, 19)
Ho azy ireo manontolo izy. (1 Kôr 9, 22)
Fofom-paty, fofon'aina (2 Kôr 2, 14-17)
Mitory teny amin-kitsi-po, amin'ny anaran' Andriamanitra, eo anatrehan' Andriamanitra, araka ny toe-panahin'i Jesoa Kristy. (2 Kôr 4, 1-13)
tsy manimba ny tenin’ Andriamanitra.
Ny mitory teny amin-kitsi-po tsy misy fitaka no hafatray aminareo. (2 Kôr 4, 2)
Mitoria an'i Jesoa Kristy. Mpanomponareo noho i Jesoa Kristy izahay. (2 Kôr 4, 5)
Nampamirapiratin' Andriamanitra ao am-ponay ny fahazavana (2 Kôr 4, 6), mba hanilovanay ny fonareo koa.
Mitory ny Evanjely ao anatin'ny fanenjehana sy ny fahosan'ny nofo. (Gal 4, 11-20)
Sahala amin'ny reny niteraka an'i Jesoa Kristy ao amintsika izy.

Que Dieu mette sa parole sur mes lèvres. (Ep 4, 18-20)
Annoncer librement l'Evangile. Liberté et hardiesse dans les chaînes.
Prêcher Jésus Christ, reprenant tout homme, instruisant en toute sagesse. (Col 1, 21-29)

Fin de mes travaux.

Page 446

Nous parlons, non pour plaire aux hommes, mais à Dieu. (1 Th 2, 4)

Ni flatterie, ni avarice, ni la gloire des hommes ; pauvrement ; comme une nourrice pleine de tendresse ; disposé à donner notre vie pour vous, dans les peines et les fatigues. Le travail, nuit et jour, pauvre. Conduite irréprochable. (2 Th 3, 8)

Comme un père. (1 Th 2, 11)
Supplication de Paul à Timothée, par Jésus Christ. (2 Tm 4, 1-5)
Il faut parler, prêcher toujours, à chaque instant.
Veillez, souffrez, remplissez les devoirs d'un prédicateur de l'Evangile.
Prêchez, exhortez, reprenez. (Tite 2, 15 ; Hé 4, 12)

Condition pour bien prêcher.

Paissez le troupeau, veillant sur lui, non forcément mais avec une affection volontaire ; non par intérêt mais avec désintéressement (1 P 5, 2)
Non comme maître, nais comme modèle. (1 P 5, 3)
Pas de scandale. (1 Co 10, 32-33)
Cherchant ce qui est utile aux autres.
Supporter les faibles et ne pas chercher notre satisfaction. (Rm 15, 1-7)
Chercher à plaire à son prochain. (Rm 15, 2)
Nécessité de prédicateurs envoyés de Dieu. (Rm 10, 15)
C'est Dieu qui vous exhorte par notre bouche ; parler au nom de Dieu. (2 Co 5, 20-21)

Ne pas donner de scandale à personne, afin de ne pas déshonorer notre ministère. (2 Co 6, 3) Mais nous rendre recommandables par la patience.
Quoique jeune, servir d'exemple aux fidèles. (1 Tm 4, 12)
Modèle de bonnes œuvres. (Tt 2, 7-8) Paroles pures et irrépréhensibles.
Les apôtres choisissent exclusivement la prière et la prédication. (Ac 6, 4)
Saint Paul ne cesse de prêcher en public et dans les maisons. Publice et per domos. (Ac 20, 20).

Andriamanitra no miteny amin'ny molony. (Ef 4, 18-20)
Mitory ny Evanjely am-pahafahana. Fahafahana sy fahasahiana eo am-pifatorana.
Manambara an'i Jesoa Kristy mananatra ny olona tsirairay amim-pahendrena lavorary. (Kôl 1, 21-29)
Fiafaran'ny asako rehetra.

Pejy faha-446

Tsy ny hankasitrahan'ny olombelona no itenenantsika, fa ny hankasitrahan' Andriamanitra. (1 Tes 2,1-13)
Tsy fandokafana, tsy fahihirana, tsy voninahiteolombelona ; amim-pahantrana tahaka ny mpampinono feno fitiavana ; vonona ny hanolotra ny fiainanay ho anareo, amin'ny asa sy ny hasasarana. Asa andro aman' alina, mahantra. Fitondran-tena tsy azo kianina. (1 Tes 4, 8)
Tena raim-pianakaviana marina. (1 Tes 2, 11)
Fihantahantan'i Paoly amin'i Timote noho i Jesoa Kristy. (Tim 4, 1-5)
Mitory, mananatra mandrakariva na amin'ny fotoanana na tsy amin'ny fotoanana.
Miambena, mandefera, tanteraho ny asa fitoriana ny Evanjely.
Mitoria ny teny, mankahereza, mananàra. (Tit 2, 15 ; Heb 4, 12)

Fepetra mba ho tsara ny toriteny.

Fahano ny andian'ondry, ambeno tsara izy, tsy an-keriny fa an-tsitrapo feno fitiavana ; tsy mila ny ho azy fa maimaim-poana. (1 Pi 5, 2)
Tsy sahala amin'ny Tompo tsy mba hotompoina fa ho fakan-tahaka. (1 P 5, 3)
Tsy misy fanafintohinana. (1 Kôr 10, 32-33)
Katsahina izay mahasoa ny besinimaro.
Mandefitra ny fahalemena, tsy mikatsaka ny fahafaham-pon'ny tena. (Rôm 15, 1-7)
Katsahina izay tian'ny namana. (Rôm 15, 2)
Ilaina ny mpitory teny nirahin'Andriamanitra. (Rôm 11, 15)
Andriamanitra no manainga anareo amin'ny alalan'ny vavanay ; miteny amin'ny anaran'Andriamanitra. (2 Kôr 5, 20-21)
Tsy manafintohina n'iza na iza mba tsy hanala baraka ny asa nanirahana antsika. (2 Kôr 6, 3) Fa aoka ho fakan-tahaka amin'ny fahari-po.
Na dia tanora aza, miezaha mba ho fakan-tahaka ho an'ny mpino rehetra. (1 Tim 4, 12)
Fakan-tahaka amin'ny asa soa. (Tit 2, 7-8) Teny madio tsy misy tsininy.
Ny fivavahana sy ny fitorian-teny ihany no nofidin'ny Apôstôly. (As 6, 4)
Tsy nitsaha-nitory teny i Md. Paoly, na am-pahibemaso na tany an-tranon'olona. Publice et per domos. [Am-pahibemaso, isan-trano] (Asa 20, 20)

Les apôtres ne cessaient pas d'annoncer Jésus Christ dans le temple et dans les maisons. (Ac 5, 42)
Qualités d'un prédicateur : ne pas disputer, modéré, capable, patient, doux, plein d'espérance pour les pécheurs, leur conversion. (2 Tm 2, 24-26)[725]

Tsy nitsahatra nanambara an'i Jesoa Kristy ny Apôstôly na tao an-tempoly na tany amin'ny isan-trano. (Asa 5, 42)
Lafatry ny mpitory teny : tsy mifamaly amin'olona ; tony, mahomby, mahari-po, malemy fanahy, feno fanantenana ho an'ny mpanota, ho fivalozan'izy ireo. (2 Tim 2, 24-26)[726]

Page 447

Pejy faha-447

Résumé de la conduite de Notre Seigneur dans ses prédications.

C'est la grande mission qu'il a reçue de son Père. Il parcourt les villes et les bourgades en prêchant et en guérissant.

Il prêche partout,
il prêche tous les Jours,
il prêche avec fidélité,
il prêche avec simplicité,
il prêche avec autorité,
il prêche avec fermeté.

Famintinana ny fomba fitorian-tenin'ny Tompontsika.

Iraka lehibe indrindra azony av)r amin'ny Rainy io. Nitety tanàna sy vohitra maro izy hitory sy hanasitrana.

Nitory hatraiza hatraiza izy.
Nitory isan'andro isan'andro.
Nitory tamim-pitokisana.
Nitory tamim-pahatsorana.
Nitory tamim-pahefana.
Hentitra ny teniny.

Jésus choisit douze apôtres pour les envoyer prêcher.

Il les mène d'abord avec lui ; il les envoie deux à deux.
Il les envoie d'abord aux brebis d'Israël,
il leur donne en même temps le pouvoir de guérir.
Il les envoie dans la plus grande pauvreté.
Il leur dit de prêcher gratuitement, que l'ouvrier est digne de son salaire.

Il leur dit de loger chez des gens dignes.
Il leur recommande d'être doux comme des agneaux, prudents comme des serpents, simples comme des colombes.
Il leur annonce des persécutions car il est venu apporter sur la terre le glaive et la séparation.
Il leur dit d'avoir confiance, que lui aussi a été persécuté.
Prêchez sur les toits, ne craignez [rien], Dieu veille sur vous.
Vous devez être le sel de la terre et la lumière du monde.

Nifidy ny Apôstôly roa ambin'ny folo izy ary naniraka azy ireo hitory teny.

Nentiny niaraka taminy aloha izy ireo, vao nalefany tsiroaroa.
Teo amin'ny ondrin'Israely aloha no nanirahany azy ireo,
ary nomeny azy niaraka tamin'izany ny fahefana hanasitrana.
Tao anatin'ny fahantrana tanteraka no nanirahany azy ireo.
Nafarany mafy izy ireo mba hitory maimaim-poana, mendrika ny karamany ny mpiasa, hoy izy.
Nirahiny hiantrano any amin'ny olo-mendrika izy ireo.
Nanafatra azy ireo koa izy mba halemy fanahy sahala amin'ny zanak'ondry, ho malina sahala amin'ny biby lava, ho tsotra sahala amin'ny voromailala.
Nambarany taminy fa tsy maintsy hoenjehina izy ireo, satria tonga hitondra sabatra sy fisaraham-bazana izy.
Fa nasainy hanam-pitokisana anefa izy ireo satria na dia izy aza nenjehina koa.
Mitoriaenyan-tafon-trano fa azamatahotra, miaroanareoAndriamanitra.
Tsy maintsy ho fanasin'ny tany sy fahazavan'izao tontolo izao ianareo.

Avant de monter au ciel Jésus Christ leur donne ses grands pouvoirs.

Alohan'ny hiakarany any an-danitra dia nomeny azy ireo ny fahefany.

725 Note a. C'est le Père Chevrier qui a de sa main recopié le texte de 2 Tm 2, 24-26, oublié par celui qui avait préparé le cahier.
726 Nôty a : NOTE NON TRADUITE

Toute puissance m’a été donnée.
Allez, enseignez toutes les nations, baptisez-les. ite docete. (Mt 28, 18-19)

Comment les apôtres ont rempli cette mission.[a]

Après avoir reçu le Saint Esprit, saint Pierre : trois mille, cinq mille hommes convertis.
Persécution, flagellation, prisons.
Ibant gaudentes. [Ils s’en allaient, joyeux] (Ac 5, 41)
Ils laissent tout pour prêcher : non vero oratione et predicatione instantes erimus. [Quant à nous, nous resterons assidus à la prière et au service de la parole] (Ac 6, 4) [c]

Ils ne cessaient point d’enseigner et d’annoncer Jésus Christ dans le temple et dans les maisons (Ac 5, 42). Saint Paul : publice et per domos. (Ac 20, 20)

---

a. Cf. p.444 note b.

Page 448

Résumé de la doctrine de Saint Paul sur la prédication.

Nous sommes obligés de prêcher. Nous ne devons pas rougir de la simplicité de l’Evangile et ne pas anéantir la puissance de la croix par les artifices d’une éloquence humaine.
Nous ne sommes rien dans la prédication, c’est Dieu qui fait tout.

Nous ne devons nous appuyer que sur Dieu.
Nous devons plaire à Dieu et non aux hommes.
Nous devons faire tous les sacrifices possibles pour gagner les âmes à Jésus Christ.

Nous devons trouver notre récompense dans les âmes.
Invitation pressante qu’il nous fait à tous de prêcher.
Une des grandes conditions pour faire du fruit, c’est le bon exemple.

Résumé pratique.

Prêcher c’est la grande mission du prêtre.

Il faut prêcher avec fidélité.

Efa nomena ahy ny fahefana, any an-danitra sy ety an-tany
Mandehana, mampianara ny firenen-drehetra, manaova batemy azy ireo. ite docete. [Mandehana, mampianara] (Mt 28, 18-19)

Ahoana no nanatanterahan'ny Apôstôly ny iraka.[a]

Raha vao nandray ny Fanahy Masina i Md. Piera dia lehilahy telo arivo, dimy arivo no nampibebahany.
Fanenjehana, kapoka, tranomaizina.
Ibant gaudentes. [Ary nandeha tamin-kafaliana izy ireo] (Asa 5, 41)
Navelany ny zava-drehetra ka lasa nitory teny izy : non vero oratione et predicatione instantes erimus. [fa izahay kosa hifantoka amin'ny fivavahana sy ny fitorian-teny] (Asa 6, 4)
Tsy nitsahatra mihitsy izy ireo nampianatra sy nanambara an'i Jesoa Kristy tao an-tempoly sy tany amin'ny isan-trano. (Asa 5, 42). Md. Paoly : publice et per domos [am-pahibemaso sy isan-trano] (Asa 20, 20)

Noaty a. Jereo p. 444 noaty b.

Pejy faha-448

Famintinana ny foto-pampianaran'i Md Paoly momba ny fitorian-teny.

Tsy maintsy mitory teny isika. Tsy azontsika atao ny ho menatra noho ny fahatsoran'ny Evanjely na ny hanafoana ny fahefan'ny hazofijaliana amin'ny hain-teny kanton'ny olombelona.
Andriamanitra no manao ny zavatra rehetra amin'ny toriteny, tsinontsinona akory isika.
Andriamanitra irery ihany no itokisantsika.
Ny sitrak'Andriamanitra ihany no katsahina fa tsy ny an'ny olombelona.
Tsy maintsy mandefitra amin'ny zavatra rehetra mety ho leferina isika mba hahazoana fanahy ho an'i Jesoa Kristy.
Ao amin'ireny fanahy azontsika ireny ny valisoantsika.
Manasa antsika tsy tapaka hitory teny izy.
Anisan'ny fepetra lehibe ahitam-bokatra ny oha-pitondran-tena tsara.

Famitinam-pampiharana.

Iraka lehibe indrindra ho an'ny pretra ny mitory teny.

Mitory teny amim-pitokisana.

Ne parler que de ce que Dieu nous a enseigné, ne rien dire de nous-mêmes.

Ne dire que ce que Jésus Christ nous a enseigné, l'Evangile.
Si nous disons quelque chose de nous, mais ce n'est plus la parole de Dieu, c'est la parole humaine.
Ne pas se prêcher soi-même, prêcher Jésus Christ.
On se prêche soi-même quand on cherche tout par l'étude, la combinaison, les recherches, satisfactions.[1]

Avec simplicité.[2]

_____

1. Ms XII 543. Parler avec sincérité, de la part de Dieu, en présence de Dieu et dans l'esprit de Jésus Christ.

2. Ms XII 524-534.
La parole est le pain des âmes ; c'est la nourriture des chrétiens ; les hommes se portent bien selon la nourriture que l'on prend ; la santé, la vie est en rapport. Si la nourriture que l'on donne est bonne, nos fidèles auront de la vie.
Il en est de l'instruction à donner comme de la nourriture (non in solo pane). Il y a les grands dîners, il y a la nourriture ordinaire, il y a les pâtisseries, gâteaux, gourmandises, on est friand. C'est la nourriture ordinaire qui est la plus nécessaire, la plus utile à la santé et c'est d'elle que dépend notre santé. La nourriture ordinaire, c'est l'instruction simple : catéchisme. (Ms XII 524).

Simplicité dans les paroles, dans la tenue, dans les manières. Pas de recherche ; pas de règle, quand l'occasion se présente, en marchant, à l'occasion dans... pas de tribune, de préparation, assis par terre, sur une barque. (Ms XII 534)

Tsy milaza afa-tsy izay nampianarin' Andriamanitra antsika. Tsy manambara ny tenantsika mihitsy.
Tsy milaza afa-tsy izay nampianarin'i Jesoa Kristy antsika ihany, ny Evanjely.
Fa raha vao manambara ny tenantsika isika, dia tsy tenin' Andriamanitra intsony izay fa tenin'olombelona fotsiny.
I Jesoa Kristy ihany lazaina fa aza milaza tena.
Manambara tena ianao raha mikaroka izao rehetra izao amin'ny fianarana, amin'ny laron-teny, amin'ny fikarohana, amin'ny fahazoam-pahafinaretanan.[1]

Amim-pahatsorana.[2]

_____

1. Ms XII 543. Miteny amin-kitsi-po, amin'ny anaran'Andriamanitra, ary ao amin'ny fanahin'i Jesoa Kristy.

2. Ms XII 524-534.
Mofon'ny fanahy ny teny ; sakafon'ny Kristianina ; arakaraky ny sakafo hohaniny no mahasalama ny olombelona ; iankinan'ny fahasalamana sy ny fiainana izany. Raha tsara ny sakafo atolotra azy, dia hahazo ny fiainana ny mpino rehetra.
Dia toy izany koa ny fampianarana homena ho sakafo (Tsy ny mofo irery ihany). Misy ny sakafo lehibe ; misy ny sakafo an-davan'andro ; dia ao koa ny nahandro matsiro, ny mofomamy, ny haingitraingitra maha-te-hihinana, mahafatifaty antsika. Ny tena ilaina indrindra, ny mahasoa indrindra ny fahasalamana sy iankinany, dia ny sakafo tsotra an-davan'andro. Ny sakafo tsotra an-davan'andro dia ny fampianarana tsotra : ny katesizy. (Ms XII. 524)
Fahatsorana eo amin'ny fitenenana, eo amin'ny fihetsika, eo amin'ny fomba amam-panao. Tsy asiana filatrony, tsy asiam-pilamatra, fa raha vao mahita hirika, na eny am-pandehana, na trangan-javatra azo hararaotina... tsy mita toerana voatokana, na fanomanana, mety ny mipetraka amin'ny tany, na ao anaty sambo kely. (Ms XII. 534)

Page 449

Avec autorité.

Avec fermeté.

Quand devons-nous prêcher ?

Tous les jours et les dimanches plusieurs fois. C'est le dimanche surtout qu'il faut

Pejy faha-449

Arnim-pahefana.

Amin'ny fomba hentitra.

Rahoviana no tsy maintsy itoriana teny ?

Isan'andro vaky, fa amin'ny alahady kosa im-betsaka be. Amin'ny alahady indrindra

prêcher, catéchiser. A chaque instant ; un prêtre doit toujours être prêt à parler, comme Notre Seigneur : il parlait, instruisait, reprenait à chaque instant et dans toute occasion.

Avant la messe, expliquer la Sainte Messe et réciter hautement les prières de la messe.

Après l'Evangile, expliquer l'Epître et l'Evangile, simplement.
Après les Vêpres, expliquer le rosaire.
Le soir, expliquer le chemin de la croix avant de le faire et le faire en forme d'instruction.
A la prière, expliquer un commandement de Dieu.
Pendant l'examen
praedica verbum insta argue obscera. [Prêche la parole, insiste, réfute, menace] (2 Tm 4, 2)[a]
Tous les soirs, l'enseignement de Notre Seigneur Jésus Christ aux fidèles.
Notre Seigneur a dit tout ce qu'il fallait dire : nous n'avons qu'à ouvrir son livre et le lire aux fidèles avec une petite explication.

Qui devons-nous prêcher ?

Jésus Christ. Haec est vita aeterna ut cognoscant te solum Deum verum et quem misisti Jesum Christum. [La vie éternelle, c'est qu'ils te connaissent, toi le seul vrai Dieu et celui que tu as envoyé, Jésus Christ] (Jn 17, 3)[b]
Je ne connais que Jésus Christ et Jésus Christ crucifié (1 Co 2, 2), c'est le fondement de toutes choses.
Sa divinité. C'est là un des points principaux. Predica, praedicate Evangelium. [Prêche, prêchez l'Evangile] (Mc 16, 15)[c]
Un peu moins de dévotion et un peu plus de foi en Jésus Christ.

Que devons-nous enseigner surtout ?

Le rosaire, le chemin de la croix, la messe, les commandements de Dieu, l'enseignement de Jésus aux fidèles : Dieu - Jésus Christ - l'Eglise.

Où devons-nous prêcher ?

Partout, comme Jésus Christ.
Partout où nous trouvons l'occasion, où nous pensons que notre parole pourra produire quelque effet, comme Jésus Christ.

isika no tsy maintsy mitory teny sy mampianatra katesizy. Na amin'ny fotoana inona na amin'ny fotoana inona dia tsy maintsy vonona hiteny, sahala amin'i Jesoa Kristy Tompontsika mandrakariva ny Pretra. Niteny izy, nampianatra izy, nananatra lalandava izy raha vao nisy hirika kely nanaovany izany.
Alohan'ny Lamesa, manazava ny Soratra Masina ary mitanisa ny vavaka atao amin'ny sorona amin'ny feo avo.
Aorian'ny Evanjely, mivaofy ny Epistola sy ny Evanjely, amim-pahatsorana.
Aorian'ny vavaka hariva, manazava ny rozery.
Ny hariva, manazava ny lalan'ny hazofijaliana aloha, izay vao manao azy ho toy ny fampianarana.
Eo am-pivavahana, manazava ny iray amin'ny didin'Andriamanitra.
Mandritra ny fandinihan-tena :
praedica verbum insta argue obscera. [mitoria ny teny, mahareta amin'izany, manitsia, mananàra, mamporisiha] (2 Tim 4, 3)
isan'andro vaky, ny fampianaran'i Jesoa Kristy Tompontsika amin'ny mpino.
Nambaran'ny Tompontsika avokoa izay rehetra tsy maintsy lazaina : sokafy ny bokiny dia vakio amin'ny mpino ary asio famoaboasany kely fotsiny.

Iza no tsy maintsy toriantsika ?

I Jesoa Kristy : Haec est vita aeterna ut cognoscant te solum Deum verum et quem misisti Jesum Christum. [Izao no fiainana mandrakizay, dia ny mahalala anao Ray Andriamanitra tokana sy masina sy i Jesoa Kristy ilay nirahinao] (Jo 17, 3)
I Jesoa Kristy, ary i Jesoa Kristy voafantsika ihany no fantatro (1 Kôr 2, 2), io no fototry ny zavatra rehetra.
Ny maha-Andriamanitra azy. Iray amin'ny foto-dehibe io. Predica, praedicate Evangelium. [Torio, torio ny Evanjely] (Mk 16, 15)
Ahenao ny fahamaizam-po, fa ampitomboy ny finoana an'i Jesoa Kristy.

Inona indrindra no tsy maintsy ampianarintsika ?

Ny rozery, nylalan'ny hazofijaliana, ny Lamesa, ny didin'Andriamanitra, ny fampianaran'i Jesoa Kristy ho an'ny mpino : Andriamanitra - Jesoa Kristy — ny Eglizy.

Aiza no tsy maintsy mitory teny ?

Hatraiza hatraiza, sahala amin'i Jesoa Kristy.
Amin'ny toerana rehetra ahitantsika hirika hanaovana azy, ka eritreretintsika fa itondran'ny tenantsika voka-tsoa, sahala amin'i Jesoa Kristy.

Comme les apôtres. Publice et per domos. [En public et en privé][a] (Ac 20, 20)
S'il nous était permis à nous d'aller dans les maisons, c'est-à-dire d'établir des salles ou lieux d'instruction chez les fidèles, et là réunir les gens pour les instruire, faire des conférences religieuses ; les gens ne viennent pas, il faut aller les chercher.

Qui empêcherait de diviser une paroisse en plusieurs quartiers et d'aller passer un mois dans chaque quartier ? se fixer dans un lieu convenable : une grange, une salle, une maison et instruire le monde chaque soir ; comme nous remplirions notre tâche de la prédication !

Exemple de Jésus Christ à Nazareth

Notre Seigneur entre dans la synagogue pour lire dans le rouleau qu'il déroule et lit et, après la lecture, il explique la prophétie. (Lc 4, 16)

Ainsi, lire d'abord un morceau de l'Evangile, de la Sainte Ecriture, et l'expliquer : voilà la forme ordinaire de l'instruction.
Avoir un pupitre sur lequel on place, avant l'exercice, le livre qui contient la partie qui sert de fondement de l'instruction ; lire d'abord le fond et en donner ensuite l'explication pratique, ceci pour l'Evangile.

…[b]
le rosaire
le chemin de la croix
le catéchisme du soir

Catéchisme, instruction simple,

C'est l'instruction simple, par demande et par réponse. Ce n'est pas le livre qui instruit, c'est le prêtre.
Notre Seigneur n'a pas dit : lisez, instruisez-vous, mais il a dit au prêtre : docete. (Mt 28, 19)[c]
Qu'il est triste de voir des enfants passer deux heures par jour à apprendre des mots et s'ennuyer à répéter toujours la même chose, eux et le catéchiste ! car c'est assommant. Tandis que l'on peut leur donner plus de foi et d'amour et de religion en un quart d'heure qu'ils n'en prennent en deux heures de temps.

Tahaka ny Apôstôly. Publice et per domos. [am-pahibemaso, isan-trano][a] (Asa 20, 20)
Raha avela hitety trano isika, izany hoe, manokana efitrano fampianarana any amin'ny kristianina any, ka mamory ny olona ao mba hampianarana azy ireo, na hanomezana famelabelaran-kevitra fandalinam-pinoana : tsy tonga aty amintsika manko ny olona ka tsy maintsy tadiavina any aminy.
Iza moa no misakana antsika raha zaraintsika ho kartie maromaro ny Paroasy dia manokana iray volana ho an'ny kartie tsirairay avy ? ary mba toerana mendrika ao no hifamontoanana fa tsy mifindrafindra lava : ohatra hoe trano malalaka fasiana mololo na efitrano tsotra na trano fotsiny izao aza, dia ao no ampianarana ny olona isan-kariva. Mety hahatanteraka tsara ny fanirahana maha mpitory teny anie isika amin'izany e !

Oha-piainan'i Jesoa Kristy tao Nazareta.

Niditra tao amin'ny Sinagôga ny tompontsika mba hamaky izay voasoratra ao anaty horonan-taratasy izay novelariny, dia novakiny, ary rahefa voavaky dia nohazavainy ny faminaniana. (Lk 4, 16)
Hitantsika fa vakina aloha ny andininy vitsivitsy ao amin'ny Evanjely, ao amin'ny Soratra Masina dia voaboasana : izany no fomba fampianarana mahazatra.
Ho an'ny Evanjely manokana indray, dia tsara raha mba manana pliera hametrahana ny boky misy ny foto-kevi-pampianarana alohan'ny fanatanterahana azy, dia vakina aloha ny fototra izay vao hatao ny famoaboasana fampiharana azy amin'ny fiainana.

…[b]
ny rozery
ny lalàn'ny hazofijaliana
ny katesizy hariva.

Fampianarana tsotra ny katesizy

Fampianarana tsotra indrindra io, satria sady misy fanontaniana no misy valiny. Tsy ny boky akory no mampianatra fa ny pretra.
Ny Tompontsika, anie tsy nilaza hoe : vakio, mampianara tena, fa hoy izy amin'ny pretra hoe : docete [mampianara]. (Mt 28, 19)
Mampalahelo anie ny mahita ny ankizy mandany adiny roa isan'andro hianatra teny ary sorena mafy mamerimberina izay efa voalaza, izy sy ny mpampianatra katesizy, mahasosotra mihitsy. Kanefa azo atao tsara tokoa ny manolotra ny finoana sy ny fitiavana ary fitiavam-bavaka ho azy ao anatin'ny am-pahefa-kadiny fotsiny, noho ny adiny roa be lany fotsiny.

Quand on instruit des grandes personnes, ou des ignorants, on ne peut pas leur dire : allez, prenez ces catéchismes et lisez ; il faut instruire soi-même,

==========

Note a. Cf.p.444 note b.
Note b. Texte incertain, on lit : et le prêtre.

Page 451

se mettre à la portée de chacun et du grand nombre et instruire par la parole. Fides ex auditu [La foi naît de la prédication] (Rm 10, 17).[1]

manière de procéder.

Il faut procéder par vérités, commencer par les vérités fondamentales et aller ensuite aux plus éloignées.
Quand on bâtit une maison, on commence toujours par les gros murs et ensuite on va au plus fin et aux ornements.
Les questions fondamentales sont : Dieu, le péché, Jésus Christ son enseignement sa mort, son Eglise, sacrements, la résurrection générale, les fins dernières.

Il faut mettre toute la foi en ces grandes vérités et ne pas perdre son temps à toutes ces petites instructions qui ne tiennent pas parce que les fondements n'existent pas.

dans les petites missions.

Eviter de monter en chaire, ou n'y monter que lorsqu'on ne peut pas faire autrement à cause de la foule...

Quand on va évangéliser une paroisse, commencer par l'église... se mettre dans un côté de l'église ou en bas, puis monter à mesure que le monde vient.

Dans les villages, on commence par y aller chaque soir. S'établir dans une grange ou une chambre d'un habitant honnête, dès qu'il y a suffisamment du monde, s'y installer et y dire la messe. Aller surtout dans les villages ignorants et sans religion.

But de toute instruction et du catéchisme.

C'est d'éclairer l'intelligence par la connaissance, de toucher le cœur par l'amour et

Raha olon-dehibe na tsy mahay na inona na inona indray no ampianarina, tsy azo atao mihitsy ny maniraka azy hoe : raiso ny bokinareo, dia vakio ; isika no tsy maintsy mampianatra azy ireo,

==========

Jereo p. 444, noaty b

Pejy faha-451

ka atao izay handraisan'ny tsirairay anjara, atao izay hahazoan'ny maro an'isa mandray izay omena azy, ary amin'ny alalan'ny teny no ampianarana azy. Fides ex auditu [Teraka avy amin'ny teny ny finoana]. (Rôm 10, 17)[1]

Paika fitondrana fampianarana.

Paika tsara indrindra ny fampitana ny zava-marina iorenan'ny finoana aloha, izay vao miroso tsikelikely amin'ny an-tsipiriany.
Raha manorina trano isika, dia ny rindrim-be no hajoro, avy eo miditra miandalana amin'ny famitàna sy ny ravaka madinika.
Koa ny fahamarinana fototra dia ireto : Andriamanitra, nyfahotana, Jesoa Kristy, ny fampianarany, ny fahafatesany, ny fiangonany, ny Sakramenta, ny fitsanganan'ny maty rehetra, ny fiafaran'ny olombelona.
Tsy maintsy ampitaina ny finoana an'ireo fahamarinana fototra ireo fa tsy mandany andro amin'ny an-tsipirihan-javatra tsy hita fototra akory.

Any amin'ny "petites missions".

Aza miakatra eny amin'ny fitorian-teny mihitsy, raha tsy hoe betsaka loatra ny olona ka raha tsy miakatra eny tsy ifandrenesana mihitsy...

Raha mitory teny any amin'ny Paroasy indray, dia ao am-piangonana anombohana azy... maka toerana iray ao somary ambanimbany aloha, dia miakatra miandalana arakaraky ny fahatongavan'ny olona.
Any amin'ny vohitra madinika indray, dia isan-kariva anombohana azy. Mindrana trano fasia-mololo na efitrano iray amin'olona mba azo antoka, ka rahefa maromaro ny olona tonga dia ao mipetraka ary koa manolotra ny Soratra Masina. Ny vohitra madinika tsy maintsy kendrena amin'ireny dia ireo be olona tsy mahay na inona na inona na tsy manam-pinoana mihitsy.

Zava-kendrentsika amin'ny fampianarana katesizy.

Manazava ny saina amin'ny fahalalana, manohina ny fo amin'ny fitiavana, mandrisika

de déterminer la volonté à agir.
La foi, l'amour et l'action, voilà les trois effets qu'il faut chercher à produire dans toute instruction.
Donner la foi par la connaissance, les raisonnements, la vue des choses.

Faire naître l'amour pour la vérité que l'on enseigne.
Et porter à faire des actions en rapport avec la vérité connue et aimée.
Pour arriver à ces trois effets, il faut prendre tous les moyens possibles et,

ny sitrapo hiasa sy hanatanteraka.
Ny finoana, ny fitiavana, ny asa, ireo no vokatra telo tsy maintsy ateraky ny fampianarana ataontsika.
Mampita ny finoana amin'ny alalan'ny fahalalana, ny fanamarinana ny fijerena ny zava-misy.
Ny marina ampianarina indray no miteraka ny fitiavana ao am-po.
Ka rahefa fantatra sy tiana ilay fahamarinana, dia raisina ka ampiharina amin'ny asa.
Mba hahatongavana amin'ireo vokatra telo ireo anefa, dia ampiasao daholo izay tetika mety ampiasaina

_____

1. Ms XII 526 docete (Mt 28, 19), se rappeler cette parole du Maître. Il faut enseigner, pas faire lire. Inutilité des livres ; l'enseignement ne vient pas des livres, peu. Que de livres ! L'Evangile. Pas lire, on ne comprend pas, on comprend mal. Le livre est froid, la parole vaut mieux que le livre, la parole atteint mieux le monde.

1. Ms XII 526 : docete [mampianatra] (Mt 28, 19) : tadidio io tenin'ny Tompo. Tsy maintsy mampianatra, fa tsy mampamaky teny. Tsy misy ilàna ny boky, tsy avy amin'ny boky ny fampianarana, kely fotsiny. Maro loatra koa ny boky ! Ny Evanjely. Tsy vakina fotsiny satria sady tsy misy azon'ny olona firy no tsy manentana azy koa satria tsy mazava aminy akory. Tsy mitondra hafanana e ! koa aleo lavitra teny toy izay boky ; manentana olona maromaro kokoa ny teny.

comme dit saint Paul, il faut enfanter comme une mère, se faire nourrice et père et donner sa vie par charité.

former des catéchistes.

Moyens de devenir de bons catéchistes.

Il faut faire le catéchisme souvent et longtemps, connaître la méthode pour faire le catéchisme.
Avoir un grand cahier ou, mieux encore, plusieurs cahiers pour écrire soi-même son catéchisme.

> Le catéchisme souvent, tous les jours. Il faut faire son catéchisme soi-même, écrire soi-même son catéchisme ; avoir un gros cahier ou plusieurs sur lesquels sont écrits, à la marge, les titres de chaque leçon et, chaque jour, noter ce que l'on apprend dans ses lectures, instructions et, au bout de quelques années, on a son catéchisme complet et au cours d'instructions que l'on a fait soi-même et où l'on peut aller puiser pour ses catéchismes et ses instructions.

Il faut commencer ce travail de bonne heure, dès le moment où l'on commence à faire

ary manaova toy ny voalazan'i Md. Paoly hoe : miteraha hoatry ny reny, ka sady ray ianao no mpampinono ary manome ny fiainana noho ny fitiavana.

Manofana katekista.

Mba ho Katesista tsara ianao dia.

Mampianatra katesizy matetika ary maharitra mba hahaizanao ny paika rehetra enti-manatanteraka azy.
Manàna kahie iray lehibe, na metimety kokoa, kahie maromaro anoratanao ny katesizy ampianarinao.

> Mampianatra Katesizy matetika, isan'andro isan'andro. Ny tena lhany no manomana ny Katesizy ampianarin'ny tena, ny tena ihany no manoratra azy ao anatin'ny kahie maromaro, ka eny amin'ny sisiny no soratana mazava tsara ny lohatenin-desona, ary isan'andro dia marihIna ao Izay mba voatana tamin'ny vakiteny natao sy ny fampianarana nomena ; any aoriana any, na raha afaka taona maromaro, dia ho feno tsars ny katesizinao, satria ianao mihitsy no nanoratra ny fanomananao, ka hanjary tahirin-kevitra mahomby mitan-tsoroka anao izany.

Raha vao manomboka ny fampianarana katesizy ianao, dia ataovy **loess** io fa aza

le catéchisme et vous ajoutez chaque fois que vous faites le catéchisme, quelque chose aux articles ; à mesure qu'on lit ou qu'on étudie une question, on écrit sur la page ce que l'on a appris dans une lecture, dans une instruction, dans ses prières, études ou conversations ; et ainsi vous vous enrichissez chaque jour sans effort, sans peine et, au bout d'un certain temps, vous vous trouvez d'avoir, sur toutes les questions religieuses, un travail complet et pour prêcher et catéchiser, vous n'avez qu'à consulter votre catéchisme et vous trouvez votre sujet tout traité et vous n'avez qu'à réfléchir, prier et coordonner un peu vos idées pour parler en public, et comme c'est votre travail propre, vous avez peu de peine pour le rappeler à votre mémoire.

Suivre pour cela la suite des questions ou leçons que nous avons données pour le catéchisme. Placer chaque titre de la leçon et ses articles à la marge, assez peu espacés, selon la grandeur du sujet, pour que vous puissiez écrire en abrégé et succinctement les réflexions, preuves, histoires ou indications nécessaires au sujet ; et faire cela sur toutes les leçons du catéchisme. Et, au bout de quelques années on arrive à avoir un ouvrage complet dont on peut tirer grand profit, sans que cela ait coûté beaucoup de peines et il se trouve ainsi que l'on prépare dix ans d'avance les instructions que l'on a à donner pendant toute sa vie.

ordre des leçons.[727]

andrasana ela loatra, dia ampio miandalana eny izay efa vitanao isaky ny manao katesizy ianao. Isaky ny mamaky na mianatra lanao, dia mariho eo amin'ny toko natokanao ampianarina izay tsapanao fa tsy maintsy ampitainao, na tamin'ny vakiteny izany, na tamin'ny fiofanana na tamin'ny fivavahana, na tamin'ny fianarana sy ny resaka ; amin'izay fotoana izay dia ianao ihany no hahatsapa fa miha-matevina hatrany hatrany ny asanao, ka manamaivana ny ezaka, ny hasasarana, ary hohitanao koa fa raha ny fanabezam-pinoana no resahina dia ho feno mihitsy ny hevitrao, ka na hitory teny ianao na hampianatra katesizy na hampanao fandalinam-pinoana, dia efa vonona mialoha ny asanao, hany ka tsy firy intsony ny hampianao aminy, fa fanampi-pitadidiana ihany no ataonao satria asanao manokana io.
Mba hahatomombana azy tsara, tsy hisaritaka, dia araho ny firindran'ny fanontaniana na ny lesona efa nosoritana. Soraty mazava tsara erý an-tsisiny ny lohatenin-desona sy ny andininy, aza atao malalaka loatra, mba hahazoanao manoratra ny tsapanao toy ny porofo, ny tantara, ny fandinihana sy ny sisa... Ataovy toy izany daholo ny lesona rehetra, fa afaka taona vitsivitsy fotsiny hahaforona boky tena hahasoa tokoa ianao satria sady feno no iankinan'ny traikefa, na dia tsy hita fa nisasarana firy aza. Izany no mahatonga ny hoe : nomanina tao anatin'ny folo taona mialoha ny fampianarana omena mandritra ny fiainana manontolo.

Fandaminana ny lesona.[728]

Page 453

Pejy faha-453

8. Suivez-moi dans mes combats contre le monde.[729]

8. Manaraha ahy amin'ny ady ataoko amin'izao tontolo izao.[730]

Page 455

Pejy faha-455

Le Père Chevrier avait d'abord pensé rassembler en un seul chapitre Suivez-moi dans mes persécutions, mes souffrances et ma mort, puis il a pensé à trois chapitres distincts, le premier ayant pour titre Suivez-moi dans mes combats et mes persécutions. Enfin, il s'est résolu à scinder à nouveau celui-ci en distinguant Suivez-

Tany am-piandohana, ny vinavinan'i Mo mpera Chevrier dia ny hanambarana ao amin'ny toko iray ihany ny Manaraha ahy amin'ny fanenjehana ahy sy ny fijaliako ary fahafatesako. Navadiny ho toko telo mahaleo tena indray io hevitra io tato aoriana ka nomeny ny lohateny mifanarakaraka hoe : Manaraha ahy amin'ny ady ataoko sy ny fanenjehana ahy, ny voalohany. Tamin'ny farany no nanapahany hevitra

727 Note a. Le manuscrit se termine ainsi avec l'annonce d'un développement qui n'a pas vu le jour, ou bien c'est une invitation à se reporter aux indications données dans les notes sur le catéchisme rédigées par ailleurs. Ces notes sont assez nombreuses. (Ms VII).
728 Nôty a : Tapitra eo ny sora-tànana na dia fanambarana fitohizan'ny asa aza io. Tsy vita ny famelabelarana azy.
729 Note a. Ms XII 609-614
730 Nôty a : Ms XII 609 - 614

moi dans mes combats et Suivez-moi dans mes persécutions.

Ainsi, l'intention est bien claire, les combats de Jésus ne sont pas les assauts qu'il subit de la part des autres, mais les assauts qu'il mène contre les autres.

A première vue, on est surpris de trouver une telle préoccupation chez un homme doux et paisible comme le Père Chevrier. Et quand on compulse les manuscrits, la surprise grandit devant le nombre d'études intitulées expressément ou équivalemment Lutte contre les Juifs. On se demande ce que signifie cet accès d'anti-sémitisme.

Quand on y regarde de plus près, la surprise cesse.

Un gros cahier de plus de six cents pages contient une étude de ce genre, liée à une étude sur la Passion[731]*. Tout peut se résumer ainsi :*

Lutte entre Jésus Christ et les juifs qui aboutit au triomphe des juifs Lorsque la mise à mort de Jésus est décidée.

Jésus s'engage alors Librement dans sa Passion et, par sa mort et sa résurrection, c'est Lui qui emporte la victoire définitive.

745 P. 465 : cf. pp. 325-334
746 P. 471
747 P. 465 : jereo pp. 325-334
748 P. 471

Hérode, par hypocrisie, dit aux Mages de bien s'informer de lui et de revenir le lui dire, afin qu'il aille l'adorer. (Mt 2, 8)

Voici que cet enfant est placé pour la ruine et la résurrection et en signe de contradiction et ton âme sera traversée par le glaive, et les pensées de beaucoup de cœurs seront dévoilées. (Lc 2, 34-35)
L'ange dit à Joseph : Lève-toi, prends l'enfant et sa mère et fuis en Egypte, car Hérode cherche l'enfant pour le faire mourir. (Mt 2, 13)
Il est venu chez les siens et les siens ne l'ont pas reçu. (Jn 1, 11).
Après que Jésus eut chassé les vendeurs du Temple, les Juifs lui demandèrent raison de son action en disant : Par quel miracle nous montres-tu que tu as le droit de le faire ? (Jn 2, 18)
La lumière est venue dans le monde et les hommes ont mieux aimé les ténèbres que la lumière, parce que leurs oeuvres étaient mauvaises. Car tout homme qui fait le mal, hait la lumière et ne s'approche pas de la lumière afin que ses oeuvres ne soient pas découvertes (et s'il s'en approche, il l'éteint), mais celui qui agit selon la vérité approche. (Jn 3, 19-21)
Bienheureux ceux qui souffrent persécution pour la justice… Bienheureux êtes-vous quand les hommes vous maudiront, vous persécuteront [diront] toute sorte de mal contre vous à cause de moi (Mt 5, 10-11)
Jésus chasse un démon muet. Les pharisiens disaient : C'est par Béelzéboul, prince des démons, qu'il chasse les démons. (Mt 9, 34)
Bienheureux serez-vous lorsque les hommes vous haïront, lorsqu'ils vous sépareront. (Lc 6, 22)
Bienheureux est celui qui ne sera pas scandalisé de moi. (Lc 7, 23)
Les juifs persécutent Jésus, parce qu'il guérit les jours de sabbat. (Jn 5, 15)
Sur quoi les Juifs cherchaient encore plus à le faire mourir, parce que, non seulement il violait le sabbat mais parce qu'il disait que Dieu était son Père, se faisant égal à Dieu. (Jn 5, 18)
Quand Jésus eut guéri le jour du sabbat, malgré eux, un homme qui avait

Noho ny fiatsarambelatsihy dia nanafatra ny Majy i Herôda, mba hamotopototra tsara ny momba ilay zaza ka hiverina mba hanao tatitra aminy hahafahany hitsaoka azy koa. (Mt 2, 8)
Indro fa ity zaza ity dia napetraka ho fandrodanana sy fananganana ary ho famantarana ifanoherana ary ho tanterahitsabatra ny fonao, ary ho hita hiharihary ny ao am-po tsy miloaka. (Lk 2, 34-35)
Hoy ny anjely tamin'i Josefa mifohaza ka ento ny zaza sy ny reniny ka mandosira any Ejipta, satria tadiavin'i Herôda hovonoina ny zaza. (Mt 2, 13)
Tonga teo amin'ny olony izy fa tsy nandray azy ny olony. (Jo 1, 11)
Taorian'ny nandroahan'i Jesoa ireo mpivarotra tao an-tempoly, dia nanontany azy ny antony nanaovany izany ny Jody ka nanao taminy hoe : Inona no famantarana omenao anay mba hahalalanay izany fahefanao izany ? (Jo 2, 18)
Tonga teo amin'izao tontolo izao ny fahazavana, fa naleon'ny olombelona naka ny haizina toy izay ny fahazavana, satria ratsy ny asan'izy ireo. Satria halan'ny mpanao ratsy ny fahazavana ka mandositra ny fahazavana izy mba tsy habita ny asany (ary raha manatona azy ny fahazavana dia vonoiny) fa izay manao ny marina ihany no manatona azy. (Jo 3, 19-21)
Sambatra izay miaritra ny fanenjehana noho ny rariny. Sambatra ianareo raha enjehin'ny olona sy ozoniny noho ny amiko ; tevatevainy sy ampangainy ratsy noho ny amiko. (Mt 5, 10-11)
Tamin'ny nandroahan'i Jesoa ilay demony moana, dia hoy ny farisiana ; i Belzeboba lehiben'ny demony no nandroahany ny demony. (Mt 9, 34)
Sambatra ianareo raha hankahalain'ny olona sy hosarahiny. (Lk 6, 22)

Sambatra izay tsy tafintohina noho ny amiko. (Lk 7, 23)
Noenjehin'ny Jody i Jesoa satria nanasitrana olona tamin'ny andro sabata. (Jo 5, 15)
Ny amin' izany indrindra no tena nitadiavan'ny Jody hamonoana azy, satria tsy vitan' izay nandika lalàna izy fa mbola nilaza azy ho Zanak' Andriamanitra sy mitovy amin'Andriamanitra. (Jo 5, 18)
Na dia nanakana an'i Jesoa aza izy ireo, ka nanasitrana ihany i Jesoa na sabata aza ny andro,

la main desséchée, ils furent remplis de rage et ils délibéraient entre eux sur ce qu'ils feraient à Jésus. (Lc 6, 11)

Les pharisiens tinrent conseil avec les hérodiens après ce fait, pour savoir comment ils

dia indro lehilahy malemy tànana iray fa tonga teo aminy koa dia nositraniny. Romotry ny hatezerana izy ireo satria efa 470 nanapa-kevitra amin'izay hatao amin'i Jesoa. (Lk 6, 11)
Taorian'izany dia nifanatona ny farisiana sy ny herôdiana mba hikotrika

le perdraient ; il s’en va et la foule le suit. (Mc 3, 6) Les uns le persécutent, la foule, le peuple le suit.
Les siens, ayant appris ces choses (c’est-à-dire la guérison d’un possédé) disaient : Il est fou (Mc 3, 21). Et les pharisiens disaient que c’était par Béelzéboul, prince des démons, qu’il chassait les démons (Mt 12, 24), d’autres demandaient des miracles. (Lc 11, 16)
Comment Jésus répond à toutes ces persécutions. Si c’est par Béelzéboul, prince des démons, que je chasse les démons... (Lc 11, 19)
Combien est grand le péché de ceux qui persécutent le bon Dieu et refusent de croire à ses miracles quand ils les voient de leurs yeux, parce qu’ils disaient : il a l’esprit immonde. (Mc 3, 30)
Ils demandent un miracle pour se moquer. Génération mauvaise et adultère. (Mt 12, 39)
Explication de cette guerre contre Jésus, le cœur de ce peuple s’est appesanti, ses oreilles se sont endurcies et ils ont fermé les yeux. (Mt 13, 15)
Persécution qu’il eut à endurer à Nazareth, où il dit que nul prophète n’est agréé dans son pays et il le prouve par des faits. Ils le chassent et le mènent sur la crête de la montagne pour le précipiter. (Lc 4, 29)

Recommandation que Jésus donne à ses apôtres en les envoyant en mission : je vous envoie comme des brebis au milieu des loups. Soyez prudents comme des serpents et simples comme des colombes (Mt 10, 16)
Car ils vous traduiront devant les assemblées, vous flagelleront… Persécutions qu’ils auront à subir à cause de moi. Conduite qu’ils auront à tenir. (Mt 10, 17).
Après ces choses, Jésus parcourait la Galilée, car il ne voulait pas parcourir la Judée parce que les Juifs cherchaient à le faire mourir. (Jn 7, 1)
Dissension qui s’élève dans le peuple à son sujet : les uns disent qu’il est bon, d’autres veulent le prendre mais aucun ne mit la main sur lui. (Jn 7, 43)
Les Juifs prennent des pierres pour le lapider. (Jn 8, 59)
Après que Jésus eut dit qu’il était le bon Pasteur, beaucoup d’autres disaient : Il est possédé, il est fou. D’autres disaient qu’un possédé ne peut parler ainsi. (Jn 10, 19-21)

Pensez-vous que je sois venu apporter la paix sur la terre ? Non je vous le dis, mais la séparation. (Lc 12, 51)
Après que Jésus eut dit que lui et son Père étaient une même chose, ils prirent des pierres. (Jn 10, 30-31)
Après la résurrection de Lazare, quelques Juifs allèrent chez les pharisiens pour leur dire ce qu’avait fait Jésus. (Jn 11, 46)
Les pontifes et les pharisiens assemblent leur conseil pour décréter sa mort. (Jn 11,

izay hamadihana azy ; Izy kosa anefa niala teo, ary ny vahoaka nanaraka azy. (Mk 3, 6) Ny sasany nifofo ny ainy ; fa ny vahoaka, ny mponina, kosa nanaraka azy.
Ireo havany kosa raha naheno fa nanasitrana olona azon'ny demony izy, dia nilaza fa lasa adala izy. (Mk 3, 21) Ny Farisiana kosa etsy an-daniny dia nanizingizina fa i Belzeboba, lehiben'ny demony no nandroahany ny demony. (Mt 12, 24) ny sasany amin'izany mbola mitaky famantarana ihany. (Lk 11, 16)
Ahoana no navalin'i Jesoa izany fanenjehana azy izany. Raha i Belzeboba Iehiben'ny demony no entiko mandroaka ny demony... (Lk 11, 19)
Lehibe anie ny fahotan'ny olona manenjika an'Andriamanitra ka mandà an-kitsirano tsy hino ny fahagagana hitan'ny masony satria lazainy fa fanahy maimbo no ao aminy. (Mk 3, 30)
Te haneso azy izy dia mody mangata-pahagagana. Taranaka ratsy sy mpijangajanga. (Mt 12, 39)
Ny fanazavana io fanenjehana an'i Jesoa io : fa ny fon'ity vahoaka ity efa nihamafy, ny sofiny efa nihadonto ary ny masony efa nakimpiny. (Mt 13, 15)
Efa niaretany hatrany Nazareta izany fanenjehana azy izany ka nahatonga azy nilaza hoe : tsy misy mpaminany masina an-taniny, sy noporofoiny tamin'ny alalan'ny zava-nisy. Noroahin'izy ireo izy dia nentiny teny an-tampon-kavoana mba hazera any anaty hantsana. (Lk 4, 29)
Hafatra nataon'i Jesoa tamin'ny apôstôly teo am-panirahana azy ireo : maniraka anareo mova tsy ny reniondry eo am-povoan'ny amboadia aho. Aoka ho malina toy ny bibilava ianareo, ary ho tsotra toy ny domoina. (Mt 10, 16)
Satria hotarihitarihina eo anoloan'ny fivoriana ianareo, hokapohiny… Fanenjehana tsy maintsy hihatra aminy noho ny amiko. Ny toetra tsy maintsy hananany... (Mt 10, 17)
Taorian'izany rehetra izany indray, dia notetezin'i Jesoa i Galilea satria noho ny Jody nitady hamono azy dia tsy nety hitety an'i Jodea izy. (Jo 7, 1)
Fisavorovoroana teo amin'ny mponina : tao ny nilaza fa tsara izy, tao ny nitady hisambotra azy fa tsy nisy sahy nikasika azy mihitsy. (Jo 7, 43)
Naka vato hitorahana azy ny Jody. (Jo 8, 59)
Rahefa avy niteny momba ny Mpiandry ondry tsara izy, dia nolazain'ny sasany fa olona azon'ny demony, adala. Tetsy an-kilany indray anefa nisy namaly fa tsy miteny toy izany ny olona azon'ny demony. (Jo 10, 19-21)
Heverinareo angaha fa tonga hitondra fiadanana eto an-tany aho ? Tsia hoy aho aminareo, fa fisaraham-bazana. (Lk 12, 51)
Rahefa nilaza koa i Jesoa fa iray ihany izy sy ny Rainy, dia naka vato izy ireo. (Jo 10, 30-31)
Taorian'ny nananganana an'i Lazara tamin'ny maty, dia nisy Jody nandeha nitati-bolana momba ny nataon'i Jesoa tany amin'ny farisiana. (Jo 11, 46)
Namory ny mpanolo-tsainy rehetra ny lohandohan'ny mpisorona sy ny farisiana ka

47).

Page 471

Une grande multitude de Juifs vinrent voir Lazare et crurent et les princes des prêtres songèrent à tuer Lazare. (Jn 12, 9-10)
Réflexion des pharisiens à la vue de la foule qui honore Jésus entrant à Jérusalem. Les pharisiens se dirent donc entre eux… Maître, reprenez vos disciples. (Lc 19, 39)

Les Juifs demandent par quelle autorité il fait ces choses et qui lui en a donné le pouvoir. (Lc 20, 2)
Les pharisiens et les hérodiens, pour lui tendre des embûches et le livrer aux magistrats, lui demandent s'il est permis de payer le tribut à César. (Mt 22, 17)

Jésus prédit les persécutions à ses apôtres. On mettra la main sur vous, [on vous] livrera aux synagogues, prisons, tribunaux... battus, témoignage. (Mt 24, 9)

Jésus promet le centuple avec des persécutions. (Mc 10, 30)

Les princes des prêtres et les scribes cherchaient à le faire mourir. Conseil pour le prendre. (Mc 14, 1 et parallèles)
Satan. (Lc 22, 3)
Il prédit la trahison de Judas. (Mc 14, 18)
Satan entre dans Judas, et il sortit (Jn 13, 27)
Voilà que Satan vous a demandé pour vous cribler comme le froment. (Lc 22, 31)
Réponse de Pierre : Seigneur, je suis prêt à aller avec vous en prison et à la mort. (Lc 22, 33)
Il a été mis au rang des scélérats. (Lc 22, 37)
Jésus prédit sa Passion. (Mt 20, 17-18)
Si le monde vous hait, sachez qu'il m'a haï avant vous. (Jn 15, 18)

Vous pleurez, vous gémirez mais votre tristesse se changera en joie. (Jn 16, 20)

Dans le monde, vous aurez des tribulations mais ayez confiance, j'ai vaincu. (Jn 16, 33)
Le monde les a haïs, parce qu'ils ne sont pas du monde. (Jn 17, 14)
Comment Jésus se conduit quand ses ennemis viennent le prendre. (Mt 26, 47-56 ; Jn 18, 4-11)

nandidy ny fahafatesany. (Jo 11, 47)

Pejy faha-471

Tonga namangy an'i Lazara ny vahoaka Jody maro be ka nino an'i Jesoa, dia i Lazara indray no notetehin'ny lohandohan'ny mpisorona hovonoina. (Jo 12, 9-10)
Diniky ny farisiana teo am-pahitana ny vahoaka nanome voninahitra an'i Jesoa niditra tao Jerosalema. Ary nifandinika tamin'izy samy izy ny farisiana... Ry Mpampianatra ô, ampangino ny mpianatrao. (Lk 19, 39)
Nanontany azy ny Jody na fahefana avy aiza na fahefana avy amin'iza no ahafahany manao toy izao. (Lk 20, 2)
Nitady hamandrika azy indray ny farisiana sy ny herôdiana mba hiampangana azy amin'ny mpanapaka, dia mody nanontany azy na mety sa tsy mety ny mandoa hetra amin'i Sezara. (Mt 22, 17)
Nanambara mialoha ny fanenjehana ny Apôstôliny i Jesoa. Hosamborina ianareo, hoentina any amin'ny sinagôga, tranomaizina, fitsarana... kapoka, vavolombelona. (Mt 24, 9)
Nampanantenainy fa hahazo zato heny izy ireo, miaraka amin'ny fanenjehana. (Mk 10, 30)
Nikaon-doha mafy hamono azy ny lohandohan'ny mpisorona sy ny mpanora-dalàna. Torohevitra hisamborana azy. (Mk 14, 1)
Satana. (Lk 22, 3)
Nambarany mialoha ny hamadihan'i Jodasy azy. (Mk 14, 18)
Nidiran'i Satana i Jodasy dia lasa nivoaka. (Jn 13, 27)
Indro i Satana nangataka hikororoka anareo toy ny mikororoka vary. (Lk 22, 31)
Valin-tenin'i Piera : Tompo, vonona hiaraka aminao ho any an-tranomaizina ; eny fa na dia ho faty miaraka aminao aza aho. (Lk 22, 33)
Natao ho anisan'ny jiolahy izy. (Lk 22, 37)
Nanambara mialoha ny fijaliany i Jesoa. (Mt 20, 17-18)
Raha mankahala anareo izao tontolo izao, dia fantaro fa izaho no efa nankahalainy talohanareo. (Jo 15, 18)
hitomany sy higogogogo ianareo, ary hifaly izao tontolo izao ; halahelo ianareo, fa hody hafaliana ny alahelonareo. (Jo 16, 20)
Hozoim-pahoriana ianareo eto amin'izao ; fa matokia, efa nandresy an'izao tontolo izao Aho. (Jo 16, 33)
Halan'izao tontolo izao izy ireo satria tsy an'izao tontolo izao. (Jo 17, 14)
Toetra nasehon'i Jesoa rahefa tonga hisambotra azy ny fahavalony. (Mt 26, 47-56 ; Jo 18, 4-11)

Chez Anne. (Jn 18, 13)
Pierre renie son Maître. (Mt 26, 69-75 ; Jn 18, 15-27)
Comment il répond aux interrogations. (Jn 18, 19-23)
Ils cherchent de faux témoignages contre Jésus. (Mt 26, 59)
Il ne craint pas de dire ce qu'il est. (Mt 26, 64)
Comment Jésus répond aux prêtres. (Lc 22, 66-67)
Accusations devant Pilate. (Lc 23, 2)

Page 472

(Cahier de la Passion)

Avec quelle dignité il parle à ses juges et à ses ennemis.

Avec quelle douceur il traite ses ennemis et se livre à eux.

Avec quelle majesté il parle à ses Juges.
Avec quelle patience il endure tous les mauvais traitements.
Son silence dans toutes les accusations...
Avec quelle douleur il reçoit les injures et les humiliations.
Avec quelle bonté il pardonne.

Malice et méchanceté des juifs et des prêtres dans la flagellation et le couronnement d'épines.

Jésus prédit à Pierre sa mort et lui dit : Quand tu étais jeune, tu te ceignais toi-même et tu allais où tu voulais. Suis-moi. (Jn 21, 18-19)

Jésus dit à ses apôtres qu'ils rendront témoignage de lui. (Jn 15, 27 ; Ac 1, 8)

Page 473

10. Suivez-moi dans mes souffrances.[749]

749 Note a. Ms XII 691-697.

Tao amin'i Hana.(Jo 18, 13)
Nanda ny Tompony i Piera (Mt 26, 69-75 ; Jo 18, 15-27)
Famaliany ny famotorana azy. (Jo 18, 19-23)
Nikaroka fiampangana tsy marina izy ireo. (Mt 26, 59)
Tsy matahotra ny hilaza ny tena maha-izy azy izy. (Mt 26, 64)
Famaliany ny mpisorona. (Lk 22, 66-67)
Fiampangana teo anoloan'i Pilaty. (Lk 23, 2)

Pejy faha-472

(Kahien'ny Fijaliana)

Fahamendrehana manao ahoana moa no nitenenany tamin'ny mpitsara azy sy ny fahavalony.

Fahalemem-panahy manao ahoana no nasehony ny fahavalony ka nanolorany ny tenany tamin'izy ireo.

Dia diniho koa ny fahamboniany miteny amin'ny mpitsara azy.
Eo ihany koa ny fahatoniana sy ny fahari-pony niaritra ny fampijaliana azy.
Ny fahanginany manoloana ny fiampangana azy...
Ny alahelony niaritra ny tevateva sy ny latsa ary ny fanambaniana.
Ny hatsaram-pony mamela heloka.

Faharatsiana sy hafetsen-dratsin'ny Jody sy ny mpisorona tamin'ny kapoka sy ny fehiloha tsilo.

Nambaran'iJesoa tamin'1 P mialoha ny fomba hahafatesany ka hoy izy Raha mbola natanjaka ianao, dia nahasikin-tena, sy nandeha tamin'izay tianao haleha. Manaraha ahy (Jo 21, 18-19)

Nolazain'i Jesoa tamin'ny Apôstôly fa ho vavolombelony izy ireo. (Jo 15, 27 ; Asa 1, 8)

Pejy faha-473

10. Manaraha ahy amin'ny fijaliako.[750]

750 Nôty a : Ms XII 691-697.

On pourrait intituler ces pages : le mystère de la souffrance dans la vie du prêtre.

Sujet important dans la pensée du Père Chevrier car nous avons seize manuscrits témoins de son travail sur la question, mais aucun n'est la rédaction définitive. Voici le plan qu'aurait dû avoir ce chapitre :

Exemples de Jésus Christ.
Instructions de Jésus Christ.
Exemples de saint Paul.
Comment suivrons-nous Jésus Christ dans ses souffrances.[751]

Et voici l'accent principal qui semble ressortir quand on a compulsé tous ces papiers :

La souffrance est le cachet de l'amour et de la conversion du cœur,

…

Ce caractère-là est le plus beau, le plus grand, le plus fort, le plus puissant sur Dieu et sur les hommes et c'est celui qui convertit et guérit.

…[753]

On pense au Christ ressuscité apparaissant à Thomas et lui montrant les marques de sa passion pour le guérir de son incrédulité.[755] *On pense à Paul converti au Christ, devenu apôtre et portant partout et toujours dans son corps les souffrances de mort de Jésus, afin que la vie de Jésus soit manifestée dans son corps.*[756]

Azo ampitondraina ny lohateny hoe : Ny misterin'ny fijaliana eo amin'ny fiainan'ny pretra ireto pejy manaraka ireto.

Nafonja dia nafonja tokoa izany hevitra izany tao an-tsain'i Mompera Chevrier ary sora-tànana enina ambin'ny folo be izao no vavolombelona napetrany amintsika mikasika izany, saingy tsy nisy na iray aza azo lazaina fa tena vita tanteraka. Toy izao àry no filamatra tokony nandaharany ity toko ity :

Ohatra nomen'i Jesoa Kristy.
Fampianaran'i Jesoa Kristy.
Ohatra nomen'i Md. Paoly.
Fomba anarahantsika an'i Jesoa Kristy amin'ny fijaliany :[752]

Ireto avy no tena hita misongadina teo am-pandrafetana ny asa :

Tombon-kasen'ny fitiavana sy ny fibebahan'ny fo ny fijaliana,

…

Io lafiny iray io no mahatetehotia indrindra, lehibe indrindra, mahery indrindra, mahefa indrindra eo amin'Andriamanitra sy ny olombelona, ary io no mampibebaka sy manasitrana

…[754]

Mahatsiaro an'i Kristy tafatsangana miseho tamin'i Tomà isika, manondro azy ny tànany mitondra ny mariky ny fijaliany mba hanasitrana ny tsy finoany.[757] *Mahatsiaro an'i Paoly nibebaka tamin'i Kristy, ka tonga apôstôly, ka mitondra amin'ny tenany manontolo hatraiza hatraiza ny fijalian'ny fahafatesan'i Jesoa, mba hanehoany amin'ny tenany ny fiainan'i Jesoa Kristy...*[758]

751 Cf. Ms XII 683-684.
752 Jereo Ms XII 683-684.
753 Ms XII 657-658.
754 Ms XII 657-658.
755 Jn 20,27-28
756 2 Co 4, 10
757 Jo 20,27-28
758 2 Kôr 4, 10

Ce caractère, ce cachet de la souffrance ne doit pas être compris nécessairement dans un sens physique, visible. Au contraire divers manuscrits mettent en lumière l'importance de la souffrance du cœur[759]*. Celle-ci vient tout spécialement de l'anxiété*

Page 475

de l'apôtre qui, avec son Maître souffre dans son cœur en voyant les brebis sans pasteur.[761]

Nous avons choisi de reproduire le commentaire le plus développé D'autres manuscrits lui sont sûrement postérieurs mais ils ne font qu'ébaucher un nouveau plan et ne contiennent pas de commentaire.

Page 477

(Notre Seigneur a porté extérieurement le caractère de la pauvreté et de la souffrance ; ceux qui ne l'ont qu'intérieurement risquent bien de ne pas l'avoir du tout).[763]

Il naît dans une étable.

Il a souffert de la pauvreté. (Lc 2, 6-7)

Les anges donnent aux bergers sa pauvreté pour signe auquel ils le reconnaîtront.

La pauvreté a été son caractère particulier. (Lc 2, 12)

Il fut circoncis le huitième jour.

Il a souffert de l'accomplissement de la loi. (Lc 2, 21)

Le vieillard Siméon annonce à Marie la souffrance.

Il a souffert des contradictions du monde.
Et la Sainte Vierge sera percée du glaive. (Lc 2, 34-35)

Il reste sept ans en exil en Egypte.

Izany zava-miafina misongadina indrindra izany anefa, tsy azo raisina amin'ny lafiny ara-batana sy ara-nofo hita masofotsiny. Vao mainka havoitry ny sora-tànana maromaro aza ny maha zava-dehibe ny fijalian'ny fo.[760] *Ao amin'ny tebitebin-tsain'ny*

Pejy faha-475

apôstôly indrindra no ipoiran'izany, noho izy mijaly miaraka amin'ny Tompony eo anatrehan'ireo ondry tsy misy mpiandry.[762]

Nalainay fanahy iniana mihitsy izay famelabelarana lava indrindra. Misy ihany sora-tànana taorian'ireo, saingy, fanambarana fandaharana tsy misy famelabelarana akory.

Pejy faha-477

(Nitondra ny mariky ny fahantrana tety ivelany ny Tompontsika, ka izay tsy mitondra izany afa-tsy ao anatiny ihany dia mety tsy hanana azy mihitsy).[764]

Teraka tao an-tranonomby izy.

Niainany sy niaretany ny fahantrana. (Lk 2, 6-7)

Ny fahantrany no famantarana azy nomen'ny anjely ny mpiandry ondry.

Ny fahantrana no famantarana azy manokana. (Lk 2, 12)

Noforàna izy afaka havaloana.

Niainany sy niaretany ny fanatanterahana ny lalàna. (Lk 2, 21)

Nambaran'i Simeona lahi-antitra tamin'i Maria ny fijaliany.

Niaretany ny fanoheran'izao tontolo izao,
ary notanterahin-tsabatra ny fon'i Maria Virjiny. (Lk 2, 34-35)

Fito taona voasesitany tany Ejipta.

759 Ms XII 683.
760 Ms XII 683.
761 P. 479
762 P. 479
763 Note a. Cf. p. 278
764 Nôty a. Jereo p. 278

Il a souffert des persécutions. Il a souffert en exil. (Mt 2, 13-15)

Il est pour les autres une occasion de souffrance.

involontairement. (Mt 2, 16-18)

Page 478

Il est venu chez les siens et les siens ne l'ont pas reçu.

Il a souffert les rebuts du monde. Pas de place pour eux. (Jn 1, 11 ; Lc 2, 7)

Saint Jean-Baptiste porte sur lui le caractère de la souffrance. (Mc 1, 6)

Jésus Christ va dans le désert, il jeûne, il prie, il est avec les bêtes, il a faim.

Il a souffert dans le désert. Pénitence volontaire. (Mc 1, 13 ; Mt 4, 2)

Il est l'Agneau de Dieu qui porte les péchés du monde

Il a souffert parce qu'il a voulu porter les péchés du monde. (Jn 1, 29)

L'ange dit à Joseph que c'est lui qui sauvera le peuple de ses péchés.

[Il a souffert] parce qu'il a sauvé le peuple de ses péchés. (Mt 1, 20-21)

Il fallait qu'il souffrit, de même que Moise a élevé le serpent dans le désert.. (Jn 3, 14)[1]

Quand ses disciples l'engagent à manger, il leur répond qu'il a une nourriture qu'ils ne connaissent pas

Il souffre de fatigue et de faim, quand il s'assied sur le bord du puits de Jacob.

Il oublie qu'il souffre pour faire la volonté de son Père qui est sa nourriture. (Jn 4, 31-34)

Bienheureux ceux qui souffrent.

Nous serons bienheureux quand nous souffrirons quelque chose pour Dieu. (Mt 5, 10-11)

Il faut souffrir à la suite de Jésus ; c'est ce qu'il fait entendre à ce jeune homme qui lui demande de le suivre.

Niaretany ny fanenjehana, niaretany ny sesitany. (Mt 2, 13-15)

Zary fahoriana ho an'ny hafa izy.

Tsy niniany anefa izany. (Mt 2, 16-18)

Pejy faha-478

Tonga teo amin'ny olony izy nefs tsy nandray azy ny olony.

Niaretany ny fanarian'izao tontolo izao azy.Tsy nisy toerana ho azy ireo tao. (Jo 1, 11 ; Lk 2, 7)

Nitondra ny mariky ny fijaliana tamin'ny tenany i Md. Joany Batista. (Mk 1, 6)

Nankany an-taniefitra i Jesoa Kristy, nifady hanina, nivavaka, naira-niaina tamin'ny biby dia, noana.

Nijaly izy tany an-taniefitra. Asa fivalozana an-tsitrapo. (Mk 1, 13 ; Mt 4, 2)

Izy no Zanak'Ondrin'Andriamanitra mizaka ny fahotanIzao tontolo izao.

Nijaly izy satria nanaiky an-tsitrapo hizaka ny fahotan'izao tontolo izao. (Jo 1, 29)

Nolazain'ny anjely tamin'i Josefa fa izy no hanavotra ny olombelona amin'ny ota.

Nijaly izy satria nanavotra ny olombelona tamin'ny otany. (Mt 1, 20-21)

Tahaka ny nanantonan'i Moizy ilay menarana tany an-taniefitra no tsy maintsy hijalian'ny Zanak'Olona. (Jo 3, 14)[1]

Raha nanasa azy hihinana ny mpianany, dia novaliany fa manankanina tsy fantatr'izy ireo izy.

Niaritra ny havizanana sy ny hanoanana izy matoa nipetraka teo amoron'ny fantsakan'i Jakoba.

Tsy tsaroany akory fa noana izy noho ny fitiavany hanao ny sitrapon'ny Rainy, fa izany no sakafony. (Jo 4, 31-34)

Sambatra izay mijaly.

Ho sambatra isika raha mba miaritra fijaliana ho an'Andriamanitra. (Mt 5, 10-11)

Tsy maintsy manara-dia an'i Jesoa mijaly ; izany no nangatahiny tamin'ilay tovolahy te hanaraka azy.

Il souffre de la pauvreté… (Mt 8, 19-20)

---

1. Ms XII 681 - Il n'est pas venu sur la terre pour jouir et vivre à l'aise ; il est venu pour convertir le monde, porter les péchés du monde, expier les péchés du monde, lutter contre et donner aux hommes l'exemple des vertus ; et cela n'a pu se faire sans souffrance. Instruire, reprendre, corriger, donner l'exemple ; convertir, expier ; tout cela n'a pu se faire sans souffrance.

Page 479

Jésus souffre dans son âme en voyant cette multitude sans pasteur.

Il souffre dans son cœur en voyant les brebis sans pasteur. (Mt 9, 35-38)

Comme il réprimande sévèrement Pierre qui voulait s'opposer à ses souffrances.

Il parle ouvertement de ses souffrances comme d'une chose très naturelle. La souffrance est un mystère que l'on ne peut comprendre que par l'esprit de Dieu. (Mt 9, 35-38)

Si quelqu'un veut être mon disciple, qu'il se renonce lui-même, qu'il porte sa croix.

Pour suivre Jésus Christ, il faut souffrir ; il y a à souffrir ; prendre sa croix. (Mc 8, 34)

Qui veut sauver son âme la perdra.

Il faut perdre sa vie. (Mc 8, 35)

Il parle de ses souffrances dans sa transfiguration.

Il parle avec Moïse et Elie de la passion. (Lc 9, 28-31)

Il souffre d'être avec cette race.

Il souffre de vivre avec les hommes si éloignés de la vérité, si grossiers. (Lc 9, 41)

Jésus prédit ses souffrances à ses apôtres, mais c'était un mystère caché.

Il parle des souffrances de sa passion. Les apôtres n'y entendaient rien, c'était une

Niaritra ny fahantrana... (Mt 8, 19-20)

---

1. Ms XII 681 - Tsy tonga teto an-tany izy mba hahazo ny fahafinaretan'izao tontolo izao ; ny hampibebaka an'izao tontolo izao no nahatongavany, ny hitondra ny fahotan'izao tontolo izao, ny hanonitra ny fahotan'izao tontolo izao, ny hiady aminy ka hanome oha-pitondran-tena tsara ny olombelona. Tsy vita mora tsy amim-pijaliana anefa izany rehetra izany. Nampianatra, mananatra, manitsy, manome ohatra : mampibebaka, manonitra ; tsy maintsy mijaly vao mahavita izany.

Pejy faha-479

Ory mafy ny fanahin'i Jesoa nahita ity vahoaka be tsy misy mpiandry.

Ory ny fanahiny nahita ny reniondry tsy manam-piandry. (Mt 9, 35-38).

Notezeriny mihitsy i Piera nanohitra ny fijaliany.

Niteny am-pahibemaso momba ny tsy maintsy hijaliany izy, tahaka ny zavatra tsotra andavanandro. Mistery iray tsy takatry ny sain ny fijaliana raha tsy miaraka amin'ny fanahin'Andriamanitra. (Mt 9, 35-38)

Raha misy te hanaraka ahy, dia aoka izy handà ny tenany sy hitondra ny hazofijaliany.

Tsy maintsy mijaly raha te hanaraka an'i Jesoa Kristy : tsy maintsy inlay zavatra iaretana, mandray ny hazofijaliany. (Mk 8, 34)

Izay te hamonjy ny ainy no hahavery azy.

Mahafoy ny ainy. (Mk 8, 35)

Teo am-piovan-tarehy izy efa niresaka ny tsy maintsy hijaliany.

Niresaka tamin'i Moizy sy Elia momba ny fijaliany izy. (Lk 9, 28-31)

Mijaly izy noho io taranaka io.

Mijaly izy miara-belona amin'ny olombelona lavitry ny fahamarinana, mpiteny ratsy. (Lk 9, 41)

Nambaran'i Jesoa mialoha tamin'ny Apôstôliny ny fijaliany, kanefa zava-niafina tamin'izy ireo izany.

Miresaka ny fijaliany sy ny fahafatesany izy, fa tsy nisy azon'ny Apôstôly na dia kely

parole voilée. (Lc 9, 43-45)

Je suis le bon Pasteur je donne ma vie.

Il donne sa vie pour ses brebis.
Différence entre le bon pasteur et le mercenaire.
Il souffre pour ramener au bercail les brebis égarées.
C'est par la souffrance qu'il gagne l'amour de son Père. Il souffre volontairement. (Jn 10, 11-18)

Je suis venu apporter le feu sur la terre.

Il est venu apporter le feu de l'amour qui fait aimer la souffrance. (Lc 12, 49-50)

Je dois être baptisé d'un baptême. (Lc 12, 50)

Plaintes de Jésus sur Jérusalem. (Lc 13, 31-35)

Page 480

Quiconque ne renonce pas à tout ce qu'il possède...

Pauvreté [premier) caractère du véritable disciple. (Lc 14, 33)

Jésus pleure sur Lazare.

Il souffre dans son âme en voyant Lazare mort. (Jn 11, 34-36)

Jésus annonce à ses apôtres sa passion.

Jésus parle de ses souffrances à ses apôtres et c'était un mystère pour eux. (Lc 18, 31-34)

Ce que Jésus répond à ses deux apôtres qui lui demandent les premières places.

Ce que Jésus répond à la mère [des fils] de Zébédée qui lui demande que ses fils soient placés à sa droite et à sa gauche : Pouvez-vous souffrir ? deuxième caractère du disciple. Les deux caractères des véritables disciples : pauvreté, souffrances[1] (et charité). On connaîtra que vous [êtes mes disciples]. Il ne s'agit pas ici de place ou d'honneur, il s'agit de souffrir. Pouvez-vous boire mon [calice] ? être baptisé. (Mc 10, 35-41)

aza, satria zava-miafina ho azy ireo izany. (Lk 9, 43-45)

Izaho no Mpiandry ondry, manome ny aiko ho an'ny ondriko aho.

Omeny ny reniondriny ny' ainy.
Samy hafa ny mpiandry ondry tsara sy ny mpikarama.
Mijaly izy mamerina ny ondry nania.
Ny fiaretam-pijaliana no nahazoany ny fitiavan'ny Rainy. Nijaly an-tsitrapo tanteraka izy. (Jo 10, 11-18)

Tonga hitondra afo eto an-tany Aho.

Tonga izy hitondra ny afom-pitiavana mampitia ny fijaliana. (Lk 12, 49-50)

Tsy maintsy hatao batemy amin'ny batemy iray aho. (Lk 12, 50)

Fitomanian'i Jesoa an'i Jesrosalema (Lk 13, 31-35)

Pejy faha-480

Raha tsy mandà izay fanananao rehetra ianao...

Toetra voalohany indrindra hamantarana ny tena mpianatra marina ny fahantrana. (Lk 14, 33)

Mitomany an'i Lazara i Jesoa.

Ory ny fanahiny eo anatrehan'i Lazara niharan'ny fahafatesana. (Jo 11, 34-36)

Manambara ny fahafatesany amin'ny Apôstôliny i Jesoa.

Manambara ny fijaliany amin'ny Apôstôly i Jesoa, saingy zary zava-miafina amin'izy ireo izany. (Lk 18, 31-34)

Ny navalin'i Jesoa ireo apôstôliny roalahy nangataka taminy ny toerana roa voalohany.

Ny famalian'i Jesoa ny renin'ny zanak'i Zebede izay niangavy taminy mba homena ny zanany roa lahy ny toerana eo an-kavanana sy eo an-kaviany. Zakanareo ve ny fijaliana ? toetra faharoa tsy maintsy ananan'ny mpianatra tena marina. Ny toetra raikitra roa famantarana ny tena mpianatra marina : ny fahantrana, ny fijaliana[1] (sy ny fitiavana). Ho fantatry ny olona fa tena mpianatro marina ianareo. Tsy toerana na voninahitra ity fa fijaliana.Zakanareo ve ny hisotro ny kalisiko ? ka hatao batemy amin'izany... (Mk 10, 35-41)

Il est venu pour servir.

Il souffre en servant lui-même et donne sa vie ; il est venu pour servir et donner sa vie. (Mc 10, 45)

Il faut souffrir pour porter des fruits. (Jn 12, 24)

Qui aime son âme la perdra, qui hait son âme la sauvera.

Il faut haïr son âme, sa vie. (Jn 12, 25)

Son âme se trouble à la vue des souffrances.

Il est venu pour souffrir et mourir. (Jn 12, 27-28)

En allant à Jérusalem il marchait devant eux. (Lc 19, 28)

Et moi quand je serai élevé de terre j'attirerai tout à moi.

C'est par la souffrance que l'on attire tout à soi. (Jn 12, 32-33)

_____

1. Ms XII 684 - Le crucifix, le calvaire, c'est le second état dans lequel Notre Seigneur se montre à nous comme modèle. La croix est partout ; le signe de la souffrance existe partout : c'est ainsi que Notre Seigneur se montre à nous. Que signifie un crucifix, sinon la souffrance du Christ ?

Page 481

J'ai désiré d'un grand désir de manger cette [Pâque avec vous].

Il désire d'un grand désir de se donner à eux. (Lc 22, 14)

Comme son cœur dût souffrir en voyant Judas.

Il souffre dans son âme en voyant Judas, son disciple, qui va le trahir. (Mt 26, 21-25)

Saint Pierre à qui il annonce son reniement. Les disciples s'éloignent de Jésus à cause de la parole difficile à comprendre : durus est hic sermo (Jn 6, 60) ; et vous, voulez-vous aussi vous en aller ? (Jn 6, 67)

Ceci est mon sang qui sera répandu.

Il donne son sang pour la rémission des péchés. (Mt 26, 27)

Tonga hanompo Izy.

Mijaly izy satria sady manompo no manolotra ny ainy. Tonga hanompo sy hanolotra ny ainy manko izy. (Mk 10, 45)

Tsy maintsy mijaly mba hioty ny vokatra. (Jo 12, 24)

Izay tia ny ainy no hahavery azy fa izay mankahala ny ainy kosa no hahavonjy azy.

Tsy maintsy hafoy ny fanahy sy ny fiainana. (Jo 12, 25)

Mitebiteby ny fanahiny manoloana ny fijaliana.

Tonga hijaly sy ho faty izy. (Jo 12, 27-28)

Mitodi-doha ho any Jerosalema nialoha lalanaazy ireo izy. (Lk 19, 28)

Ary izaho, rahefa hasandratra amin'ny tany dia hitarika ny olondrehetra ho eo amiko.

Noho ny faharetana ny fijaliana no anintonana ny olona. (Jo 12, 32-34)

_____

1. Ms XII 684 - Ny hazofijaliana, ny kalvery, no toetra faharoa isehoan'i Jesoa Kristy Tompo ho filamatra ho antsika. Amin'ny toerana rehetra ny Lakroa. Famantarana ny fijaliana hita amin'ny toerana rehetra. Io no isehoan'ny Tompontsika amintsika. Inona moa ny Lakroa, moa va tsy ny fijalian'ny Tompo ?

Pejy faha-481

Naniry dia naniry ny hihinana ity Paka ity miaraka aminareo aho.

Naniry dia naniry ny hanolotra ny ainy ho azy ireo izy. (Lk 22, 14)

Nangoraka mafy tokoa anie ny fony nahita an'i Jodasy e !

Ory dia ory tokoa ny fanahiny nahita an'i Jodasy, mpianany, hamadika azy. (Mt 26, 21-25)
Nambarany tamin'i Md. Piera fa handà azy izy. Nihataka taminy ny mpianany noho ny teniny. Sarotra raisina : durus est hic sermo [mafy loatra izany teny izany] (Jn 6, 60) ; . Ary ianareo, te-hiala koa ve ? (Jo 6, 67)

Ity no rako halatsaka.

Atolony ny rany ho famelàna ny fahotana. (Mt 26, 27)

Voici que la main de celui qui me trahit. (Lc 22, 21)

Jésus prédit à Saint Pierre son reniement.

Troisième caractère du véritable disciple : l'amour, la charité, Marque. (Jn 13, 35-38)

Je me sanctifie moi-même, afin qu'eux aussi soient sanctifiés.

Il s'immole lui-même pour sanctifier les autres dans la vérité. (Jn 17, 19)

Il ressent la peur, la tristesse, la désolation.

Il souffre dans son âme à la vue des péchés que les hommes vont commettre. Son âme est triste jusqu'à la mort. (Mt 26, 37)

Sueur de sang.

Il souffre jusqu'à suer du sang à la vue des crimes de la terre. (Lc 22, 44)

Jésus trahi par Judas. (Lc 22, 47)

Jésus lié et conduit comme un malfaiteur.

C'est moi : il ne recule pas devant la souffrance. (Jn 18, 4 ; 18, 12)

Jésus frappé chez Caïphe. (Jn 18, 22)

Coups, insultes et avanies dans la maison de Caïphe. (Lc 22, 63-65)

Reniement de saint Pierre. (Lc 22, 55-62)

Page 482

Désespoir et mort de Judas. (Mt 27, 3-10)

Jésus méprisé par Hérode et renvoyé à Pilate. (Lc 23, 8-11)

Jésus comparé à Barrabas et flagellé. (Mt 27, 15-21 ; Jn 19, 1)

Couronnement d'épines. (Jn 19, 2-3)

Jésus présenté au peuple et livré pour être crucifié. (Jn 19, 4-16)

Jésus porte sa croix. (Jn 19, 16)

Indro ny tànan'ilay mamadika ahy : (Lk 22, 21)

Ambaran'i Jesoa amin'i Piera ny fandavany azy.

Famantarana manokana fahatelo ny tena mpianatra marina : ny fitiavana, ny fifankatiavana. Famantarana. (Jo 13, 35-38)

Manamasina ny tenako, mba homasina koa izy rehetra.

Nanao sorona ny tenany izy, mba hanamasinana ny olon-drehetra amin'ny fahamarinana. (Jo 17, 19)

Mandindona azy ny tahotra, ny alahelo, ny fahoriana.

Ory ny fony mahita ny fahotana vitan'ny olombelona. Malahelo ny fanahiny ka mila hahafaty azy. (Mt 26, 37)

Tsembo-drà.

Ory mafy izy ka tsembo-drà, mahita ny heloka bevavan'ny tany tontolo. (Jk. 22, 44)

I Jesoa nivadihan'i Jodasy (Lk 22, 47)

I Jesoa voafatotra ary nentina ohatry ny olon-dratsy.

Izaho no izy. Tsy mihemotra teo alohan'ny fijaliana izy. (Jo 18, 4 ; 18, 12)

I Jesoa nokapohina tao amin'i Kaïfa. (Jo 18, 22)

Tao an-tranon'i Kaïfa : kapoka, ompa, latsa. (Lk 22, 63-65)

Fandavan'i Md. Piera (Lk 22, 55-62)

Pejy faha-482

Fanarian-toky sy fahafatesan'i Jodasy. (Mt 27, 3-10)

I Jesoa voatsiratsira tao amin'i Heroda, dia voahilika any amin'i Pilaty. (Lk 23, 8-11)

I Jesoa noharina tamin'i Barabasy dia nokapohina mafy. (Mt 27,15-21 ; Jo 19,1)

Satroka fehiloha tsilo. (Jo 19, 2-3)

I Jesoa natolotra ny vahoaka ary voaheloka ho fantsihana. (Jo 19, 4-16)

Entin'i Jesoa ny Lakroa. (Jo 19, 16)

Jésus abreuvé de fiel. (Mt 27, 34)

Jésus crucifié. (Lc 23, 33)

Il est mis au rang des scélérats. (Mc 15, 28)

Jésus est blasphémé. (Mt 27, 39-43)

Jésus abreuvé de vinaigre. (Mt 27, 48)

Soif de Jésus. (Jn 19, 28)

Jésus rend l'esprit. (Jn 19, 30)

La croix signe de la souffrance est montrée partout.
La rédemption ne s'est opérée que par la croix.

Comment Jésus Christ a porté en lui et sur lui ce caractère de la souffrance.[1]

_____

1. Ms XII 681 - Aucun caractère de bourgeois, de bien-être, de commodité, d'aises. Travail.

Page 483

Il s'offre avec générosité à son Père pour souffrir.

Il accepte avec soumission tout ce que le Père exige dans sa Justice.

Pour cela, il combat avec force les sentiments de la nature.

Mon Père, délivrez-moi de cette heure ; mais c'est pour cela que je suis venu. (Jn 12, 27)

Il parle avec calme de sa passion et de sa mort.

Il la désire avec ardeur.

Il va au-devant de ses ennemis et s'annonce pour ce qu'il est. Se fait connaître à eux et ne craint pas de dire que c'est lui.

Il leur parle avec dignité, sans crainte.

Il les traite avec bonté.

I Jesoa ampisotroina ranon'afero. (Mt 27, 34)

I Jesoa voafantsika. (Lk 23, 33)

Nalahatra amin'ny olon-dratsy izy. (Mk 15, 28)

Notevatevaina i Jesoa. (Mt 27, 39-43)

NON TRADUIT

Hetahetan'i Jesoa. (Jo 19, 28)

NON TRADUIT

Ny Lakroa famantarana ny fijaliana dia naseho hatraiza hatraiza.
Tsy vita ny fanavotana raha tsy teo amin'ny hazofijaliana.

Nanao ahoana àry ny nitondran'i Jesoa tao anatiny sy teo amin'ny tenany io famantarana io.[1]

_____

1. Ms XII 681 - Tsy nisy na kely aza famantarana ny maha-andriana na famantarana nyfahafinaretana, na figalabonana. Asa.

Pejy faha-483

Nanolo-tena an-tsitrapo tamin'ny Rainy izy mba Maly.

Nekeny tamim-pandeferana lalina avokoa izay notakian'ny Ray noho ny fahamarinana.

Ho an'izany dia niadiany mafy ny fihetseham-pony.

Ray ô afaho amin'ity ora ity aho, kanefa izany no nahatongavako. (Jo 12, 27)

Tamim-pitoniana no iresahany momba ny fijaliany sy ny fahafatesany.

Niriny fatratra tokoa izany.

Nandroso teo anoloan'ny fahavalony Izy ary nanambara fa izy no Izy. Nampahalala azy ireo ny tenany ary tsy nanahy mihitsy ny nitolo-batana.

Tamim-pahamendrehana tsy aman-tahotra no nitenenany tamin'izy ireo.

Noraisiny tamin-katsaram-po izy ireo.

Il se laisse prendre et conduire partout, sans résistance.

Il parle à ses Juges avec dignité sans détour et sans faiblesse. Vérité.

Il souffre avec patience.

Il écoute avec patience toutes les accusations que l'on fait contre lui.

Il se défend en gardant le silence.[765]

Page 484

Il souffre tout avec la plus grande patience.

Le mépris, les injures, les humiliations, les mauvais traitements.

Il pardonne avec bonté.

Il obéit en tout avec la plus grande perfection.

Il souffre tout avec amour.

Il s'oublie lui-même dans ses souffrances pour ne penser qu'aux autres.

Il ne recherche aucune consolation.

Il meurt martyr de l'obéissance et de l'amour.

On le représente toujours cloué sur sa croix.

On ne peut donner une plus grande marque d'amour que de donner sa vie pour quelqu'un. (Jn 15, 13)

Il faut haïr sa propre vie. (Lc 14, 26)

Nécessité de la souffrance pour tout chrétien et surtout pour le prêtre.

Nanolo-tena hosamborina sy ho entina any rehetra any tsy nisy fanoherana izy.

Niteny tamin'ny mpitsara azy tamim-pahamendrehana izy, tsy nisy holakolaka na fahosana. Fahamarinana.

Nijaly tamim-paharetana izy.

Nohenoiny tamim-paharetana ny fiampangana azy.

Ny fahanginana no fiarovan-tenany.[766]

Pejy faha-484

Tamim-paharetana lehibe tokoa no nandeferany ny zavatra rehetra.

Ny faniratsirana, ny ompa, ny fanivahivana, ny kapoka.

Namela heloka tamim-pitiavana izy.

Nanaiky tamim-pahalavorariana hatrany hatrany izy.

NON TRADUIT

Tsy tsaroany intsony ny tenany tao anatin'ny fijaliana fa ny sasany ihany no noheveriny.

Tsy nitady fanalàna alahelo izy.

Maty martirin'ny fanekena sy ny fitiavana izy.

Voafantsika eo ambony Lakroa mandrakariva no fanehoana azy.

Tsy misy famantaram-pitiavan-dehibe mihoatra ny mahafoy ny ainy ho an'ny olona iray. (Jo 15, 13)

Tsy maintsy lavina ny ain'ny tena. (Lk 14, 26)

Ny filàna ny fijaliana eo amin'ny fiainana maha-Kristianina, indrindra ny maha-pretra.

765 Note a. Il est intéressant de voir sur le manuscrit lui-même comment le Père Chevrier a travaillé son commentaire. Les corrections qu'il apporte vont dans le sens de la simplicité, de la sobriété. Il a d'abord noté une exclamation : Comme il garde le silence ! Puis cette phrase est biffée et il explique : Au lieu de se défendre, il garde un profond silence. Il biffe à nouveau et écrit : Il se défend en gardant le silence. Nul doute que cette dernière phrase l'emporte sur les précédentes par la simplicité et la force d'expression.

766 Nôty a : Zava-dehibe sady mahaliana ny nanomanan'i Mompera Chevrier io famelabelarana io ao amin'ny sora-tanany. Nahitsiny ombieny ombieny mba ho tsotsotra kokoa. Nataony fiontanana aloha ka hoy izy : fahanginana anie izany e ! Notsipihiny indray io dia nasiany fanazavana : Tsy niaro tena izy fa nangina fatratra dia nofafany indray io ka hoy izy : Ny fahanginana no niarovany ny tenany. Dia io no tena izy ary io no notanany.

Ne fallait-il pas que le Christ souffrît et qu'il entrât dans sa gloire ? (Lc 24, 26.)

Moa tsy maintsy mijaly aloha i Kristy mba hidirany amin'ny voninahitra ? (Lk 24, 26)

Page 485

Pejy faha-485

A l'exemple de Jésus Christ, il faut souffrir.

Tsy maintsy mijaly toa an'i Jesoa Kristy.

Il faut souffrir pour obtenir de Dieu les grâces.

Tsy maintsy mijaly mba hahazoana ny fahasoavana avy amin' Andriamanitra.

Il faut souffrir les mépris, les injures et les coups de son prochain, sans rien dire.

Tsy maintsy iaretana ny faniratsirana, ny ompa, ny kapoka ataon'ny namana, ary mangina.

Il faut souffrir les vols de son prochain.

Iaretana ny halatry ny namana.

Il faut supporter et même porter les péchés du monde,
son orgueil,
son avarice,
sa Jalousie,
sa méchanceté,
sa haine,
sa colère,
sa paresse.

Tsy maintsy leferina ny entina mihitsy aza ny fahotan'izao tontolo izao,
ny fiavonavonany,
ny fahihirany,
ny fialonany,
ny faharatsiam-panahiny,
ny fankahalany,
ny havinirany,
ny hakamoany.

Souffrance dans la privation des choses de la terre :

Fijaliana ateraky ny fifadiana ny haren'ny tany.

Il a eu faim, soif, sans asile.

Noana, nangetaheta, tsy nanan-kialofana izy.

Souffrances dans les pénitences volontaires :

Fijaliana ateraky ny asa fivalozana atao an-tsitrapo.

Jeûnes, prières, veilles de nuit.

Fifadian-kanina, fivavahana, fiaretan-tory amin'ny alina.

Souffrances imposées par Dieu son Père.

Fijaliana voatendrin'Andriamanitra rainy.

La souffrance est dans le monde depuis le péché d'Adam.

Eo amin'izao tontolo izao hatramin'ny fahotan'i Adama ny fijaliana.

Prendre les péchés des autres.

Entina koa ny fahotan'ny sasany.

Prendre les peines et les misères des autres.

Entina koa ny fahoriana sy ny fijalian'ny sasany.

Page 486

Pejy faha-486

La souffrance est le caractère d'un véritable apôtre de Jésus Christ.[1]

Ny fijaliana no famantarana manokana ny tena apôstôly marin'i Jesoa Kristy.[1]

C'est le caractère de l'apôtre. (Ac 9, 8-16)

Io no tena toetra manokan'ny apôstôly. (As 9, 8-16)

Saint Paul fait remarquer que Dieu traite ses véritables apôtres comme les derniers

Tsipihin'i Md. Paoly fa tahaka ny farany indrindra amin'ny olombelona no

des hommes.

Opposition entre les ministres protestants, Juifs[a] et les vrais apôtres de Jésus Christ. Etre un sujet de spectacle au monde par la souffrance.
Différence entre les vrais ministres et les faux. Nous, vrais ministres, nous sommes [faibles] et vous [forts] ; vous êtes honorés [et nous méprisés].

Souffrances de l'apôtre.
Comment il souffre. (1 Co 4, 9-13)

Saint Paul aime mieux souffrir en travaillant de ses mains pour gagner sa vie que d'occasionner le plus petit obstacle à l'évangélisation.

Saint Paul a porté le caractère de la pauvreté du disciple de Jésus Christ. La pauvreté donne la liberté.
Souffrir pour gagner les âmes à Jésus Christ.

Je châtie mon corps et je le réduis en servitude.

Il s'impose volontairement des pénitences pour assurer son salut. (1 Co 9, 27)

_____

1. Ms XII 680 - Il y a des souffrances qui viennent de la pauvreté, d'autres qui viennent de la charité, d'autres qui viennent de Dieu, d'autres qui viennent de nous mêmes, des efforts que l'on fait pour accomplir son devoir. Souffrances dans les peines que l'on endure pour sauver une âme. C'est le grand signe de l'amour véritable. Effet de la souffrance. Rien n'attire plus que la souffrance. La souffrance a un attrait qui convertit les âmes les plus dures, attire les cœurs les plus endurcis. C'est le cachet des grandes âmes. Partout où il y a souffrance, il y a générosité, dévouement, sacrifice, amour et, par conséquent, grâce, mérite et récompense de la part du Maître pour qui on souffre. Il a souffert dans son corps et dans son âme ; il a souffert de la part des apôtres, de la part des Juifs, de la part de son Père.

==========

Note a. Cette attaque inopinée contre les ministres protestants et juifs est curieuse. On n'en voit guère la raison ici. Quoiqu'il en soit, si le Père Chevrier a connu et estimé des protestants, il est vraisemblable qu'il n'a pas eu de relations personnelles avec des ministres protestants ou juifs. Il se fait simplement l'écho d'une mauvaise apologétique qui était monnaie courante à l'époque : on voulait prouver la vérité du catholicisme en dénigrant les non-catholiques.

itondran'Andriamanitra ny tena Apôstôliny marina.

Zava-mifanohitra eo amin'ny mpitandrina protestanta, Jody[a] sy ny apôstôly marin'i Jesoa Kristy. Ataon'ny olona fihomehezana noho ny fahoriana mianjady aminy.
Tena samy hafa mihitsy ny tena mpandraharaha marina sy ny sandoka. Izahay tena mpandraharaha marina dia osa fa ianareo mahery ; izahay voahilikilika fa ianareo kosa hajaina.
Fahorian'ny apôstôly.
Fomba ahoana no nijaliany. (1 Kôr 4, 9-13)

Aleon'i Md. Paoly mijaly miasa amin'ny tanany roa mba hivelomany toy izay ho zary sakana ho an'ny fitoriana ny Evanjely.

Hita tao amin'i Md. Paoly ny toetram-pahantran'ny mpianatr'i Jesoa Kristy. Manafaka ny fahantrana.
Mijaly mba hahazo fanahy ho an'i Jesoa Kristy. (1 Kôr 9, 11-26)

Kapohiko ny vatako ary andevoziko mihitsy.

Manao asa fivalozana an-tsitrapo betsaka izy mba hamonjeny ny fanahiny. (1 Kôr 9, 27)

_____

Ces difficultés sont inévitables pour les étudiants en théologie. Quand ils découvrent la valeur scientifique de l'exégèse moderne, ils sont un peu éblouis et ont tendance à croire qu'avec cela ils vont pouvoir pénétrer l'Evangile à fond. Pourtant il faut bien, un jour ou l'autre, revenir à des questions encore plus fondamentales. L'Evangile est-il fait pour me permettre de rencontrer Jésus Christ ou seulement pour entendre parler de lui ? Est-il fait pour transformer ma vie ou seulement pour me donner quelques idées que j'utiliserai à ma guise ? On sait la réponse de la foi et on est alors bien obligé de recourir à la grâce de l'Esprit qui, seul, peut mettre l'Evangile à notre usage pour nous faire connaître, aimer, suivre Jésus Christ.

Le Père Chevrier compare l'étude d'Evangile à la découverte d'une maison. Un psaume qui emploie une comparaison semblable exprime fort bien ce qu'est cette étude d'Evangile,

Longez Sion, parcourez-la,
dénombrez ses tours ;
que vos cœurs s'attachent à ses murs,
détaillez ses palais ;

pour raconter aux âges futurs
que lui est Dieu,
notre Dieu aux siècles des siècles,
lui, il nous conduit.[783]

Page 516

[Connaître l'Evangile]

tsotra dia tsotra noho izany aza no tiany dia ny hampidiran'ny fandinihana masina ny fahatsorana amin'ny Evanjely.

Tsy manakana ny fandalinana na mifanohitra velively aminy ny fiainana ara-panahy ny Evanjely. Aoka hazava izany. Miteraka fahasahiranana kely ihany izy aloha eo am-pampiharana, tsy lavina koa io.

Pejy faha-515

Ny mpianatra mandalina teolojia indrindra no tsy maintsy misedra iofahasarotan-javatra io. Fanina mihitsy izy rahefa mahatakatra ny soatoavina ara-tsiansa môderna, ka alaim-panahy hino fa ampy hiainany ny Evanjely izany. Ny tena izy anefa, dia tsy maintsy hiverina amin'ilay foto-kevitra niandohana ihany indray andro any, ka hametrahana ny fanontaniana hoe : natao hihaonako sy hahalalako an'i Jesoa Kristy ve ny Evanjely sa hitenenana azy amiko fotsiny ? Natao hanova ny fiainako ve izy sa hanomezana ahy hevitra hanaovana izay saim-pantatro ? Ny finoana ihany no afa-mamaly izany, izy ihany no afa-manery antsika hitodika amin'ny fahasoavan'ny Fanahy Masina, hany irery afa-mametraka ny Evanjely ho fitaovana enti-mahalala, mitia, manaraka an'i Jesoa Kristy.

Ampitahain'i Mompera Chevrier amin'ny fahitana trano iray mbola tsy fantatra ny fandinihana ny Evanjely. Misy Salamo iray koa tena maneho marina an'io hevitra io :

Mandiava an'i Siona ianareo, mandehana manodidina azy
Isao ny tranony mimanda,
jereo tsara ny mandany,
Diniho tsara ny lapany,

hitantarana azy amin'ny taranaka ho avy.
Io no Andriamanitra
izay Andriamanitra mandrakizay doria.
Izy no mpitarika antsika amin'ny taona mandrakizay.[784]

Pejy faha-516

[Mahalala ny Evanjely]

783 Ps 48, 13-15
784 Sal 48, 13-15

Dans la vie de Notre Seigneur se trouvent la Sagesse et la lumière. C’est dans ces petits détails que nous trouvons toute notre règle de conduite et que nous trouvons la perfection et un enseignement sûr et selon Dieu, puisque c’est Dieu lui-même qui se montre à nous.

A quoi sert l’Evangile si on ne l’étudie pas ?

Pour bien connaître l’Evangile, il faut entrer dans les petits détails de chaque fait, de chaque action, c’est là que nous trouvons la sagesse.

Quand on passe dans une rue et que l’on voit une belle maison, on la regarde en passant et l’on dit : voilà une belle maison ; on ne voit que de l’extérieur, on ne se rend pas compte de tout ce qu’il y a dedans, de tout ce qu’il y a d’arrangement, de beauté, de commodités, etc. On passe, on regarde, on dit : c’est beau, voilà tout : on ne s’en sert pas... Mais si on entre dedans et que l’on visite chaque étage, chaque pièce, on peut en admirer l’ordre, la beauté intérieure, l’ordonnance parfaite.

Ainsi de l’Evangile ; beaucoup le regardent et disent : c’est beau et ne sont pas entrés dedans pour en examiner les beautés intérieures et ne peuvent s’en servir, en jouir et mettre à leur usage les choses qui s’y trouvent.

Pour connaître une maison, il faut y entrer et mettre à son usage les chambres qui la composent.

Pour connaître l’Evangile, il faut y entrer, voir les détails et mettre en pratique les choses que nous y trouvons ; et nous n’avons qu’à y entrer un peu, à étudier ses détails pour comprendre de suite combien cette maison est belle, grande, parfaite. C’est véritablement la maison de la Sagesse.

Nous trouvons dans l’étude de Notre Seigneur la véritable lumière ; nous trouvons notre règlement de vie tout fait, tout préparé, tout mâché ; seulement,

Ao anatin'ny fiainan'ny Tompontsika no misy ny Fahendrena sy ny Fahazavana. Amin'ireny an-tsipirihany ireny no ahltantslka ny fitsipl-' piainantsika sy ny fahalavorariantsika ary fampianarana azo antoka sy araka an'Andriamanitra, satria Andriamanitra mihitsy no miseho vatana amintsika.

Atao inona moa ny Evanjely raha tsy dinihina ?

Mba hahalalana tsara ny Evanjely dia tsy maintsy idirana ny an-tsipirihany amin'ny zava-niseho, ny asa natao, amin'izany no ahitantsika ny fahendrena.

Raha mandalo eny amin'ny arabe ianao, ka mahita trano tsara tarehy, dia mitazana azy eny am-pandehanana sady manao anakam-po hoe tena tsara izany trano izany ; fa saingy ny eny ivelany ihany no tazanao, fa tsy misy hitanao mihitsy izay ao anatiny ao, na ny fanamboarana sy ny ravaka, ny hatsaram-bika, ny filatro maneho fahafinaretana, sns... Mandalo, mitazana, dia miteny hoe : tsara be, dia izay ; tsy mampiasa azy akory. Fa raha tahiny ka miditra ao anatiny ao, ka mijery ny rihana sy ny efitra rehetra dia ho afa-mibanjina ny filaqiinana, ny hatsarana ao anatiny, ny firindrana lavorary.

Dia toy izany koa ny Evanjely : be ny mijery azy fotsiny dia milaza fa tsara kanefa tsy miditra ao anatiny mba handinika ny tena vontoatiny ka tsy afa-mampiasa azy, mankafy azy, mandray azy ho fitaovana enti-miaina ao anatiny.

Mba hahalalana ny trano iray, dia tsy maintsy miditra ao anatiny mba ho afa-mampiasa ny efitra rehetra ao.

Mba hahalalana ny Evanjely dia tsy maintsy idirana koa ny an-tsipiriany ka ampiharina ny zavatra hita ao anatiny ao ; vao miditra kely fotsiny anie isika dia efa mahatsikaritra sahady fa ao amin'ireo an-tsipiriany ireo ny tena hakanton'ilay trano, ny habeny, ny fahalavorariany. Tena tranon'ny Fahendrena marina mihitsy.

Hitantsika ao amin'ny fandinihana ny fiainan'ny Tompontsika ny Fahazavana tena marina ; hitantsika ao ny fitsipi-piainana efa voalahatra tsara, voaomana, voatsako ;

il faut l’y chercher et l’y trouver ; quand on va dans un grand champ, il y a toutes sortes de plantes dans ce champ ; si vous avez besoin d’une violette, il faut la chercher ; si vous avez besoin de bourrache, il faut la chercher ; si vous avez besoin de feuilles rares il faut les chercher.

Cherchez dans l’Evangile et vous trouverez toutes les plantes et les fleurs qui nous sont nécessaires pour nous donner la vie et l’entretenir en nous.

saingy tsy maintsy karohina, tsy maintsy tadiavina ; raha mankany an-tsaha malalaka ianao, dia hahita karazan-javamaniry maro be ao ; raha mila violety ianao, dia tsy maintsy mitady izay misy ny violety, raha mitady nifinakanga ianao dia karohy izy.

Karohy ao amin'ny Evanjely àry fa hohitanao ao ny zava-maniry sy ny voninkazo ilainao mba hanome anao ny fiainana sy hitahirizanao azy.

Page 518

ANNEXE III Ms X 653-661

Ces pensées sur la Pauvreté traitent de la pauvreté du prêtre. Il suffit de renvoyer aux introductions particulières sur le Renoncement aux biens de la terre[785]*, et sur Suivez-moi dans ma pauvreté.*[786]

Deux phrases latines scandent ces pages comme une sorte de refrain : nos vero orationi et praedicationi instantes erimus.[789] *C'est la parole des apôtres au moment de l'institution des diacres : Quant à nous, nous resterons assidus à la prière et au service de la parole.*[790]

Virtus de illo exibat[793]*. Une force sortait de lui, dit l'Evangile de saint Luc à propos de Jésus.*[794]

Ces paroles nous donnent le sens de la pauvreté du prêtre selon le Père Chevrier. Cette pauvreté est fondée sur la conviction que seule la Parole de Dieu est efficace pour faire l'œuvre de Dieu.

Page 519

Pensées sur la Pauvreté - Le prêtre, homme dépouillé.

C'est dans la pauvreté que le prêtre trouve sa force, sa puissance et sa liberté. Que peut-on contre un prêtre pauvre, détaché ? Aujourd'hui, plus que jamais, il faut être pauvre pour lutter contre le monde, contre les jouissances terrestres, le luxe et le bien-être qui prend un accroissement prodigieux partout.

785 P. 275
786 P. 403
787 P. 275
788 P. 403
789 Ac 6, 4
790 Cf. p. 5I8, note a ; pp. 523-524
791 As 6, 4
792 Jereo p. 518, Nôty a sy p. 523-524
793 Lc 6, 19
794 Cf. pp. 521-522
795 Lk 6, 19
796 Jereo p. 521-522

Pejy faha-518

Tovana III : Ms X 653-661.

Ny fahantrana ho an'ny Pretra no vontoatin'izao dinika momba ny Fahantrana izao. Ampy angamba ny hampitodihana antsika indray any amin'ny teny fampidirana momba ny Fandavana ny haren'ny tany[787] *sy ny Manaraha ahy amin'ny fahantrako.*[788]

Misy fehezanteny latinina roa miverimberina ato manao hoe : nos vero orationi et praedicationi instantes erimus.[791] *Tenin'ny Apôstôly tamin'ny fananganana ny diakra izany : Ary izahay kosa hanokan-tena amin'ny fivavahana sy ny fitoriana ny teny.*[792]

Virtus de illo exibat[795]*. Ary nisy hery niala avy ao aminy, hoy i Md. Lioka ao amin'ny Evanjely nosoratany, mikasika an'i Jesoa.*[796]

Manome antsika ny hevitry ny fahantrana ho an'ny pretra ireo teny ireo, hoy i Mompera Chevrier. Ity fahantrana ity dia mifototra amin'ny finoana mafy orina fa ny Tenin' Andriamanitra irery ihany no hahavitana ny asan' Andriamanitra.

Pejy faha-519

Eritreritra momba ny fahantrana - Olona voaendaka ny pretra.

Ao amin'ny fahantrana no ahitan'ny pretra ny heriny sy ny fahefany ary ny fahafahany. Inona moa no azo atao hamelezana izay pretra sady mahantra no tsy mifikitra na amin'inona na amin'inona ? Ankehitriny, mihoatra noho izay lasa rehetra izay, dia tsy maintsy iainana ny fahantrana mba hiadiana amin'izao tontolo izao, amin'ny fifalian'ny

Le prêtre ne doit pas suivre le monde, il doit aller devant et être son maître pour l'arrêter et le conduire.
Si le prêtre fait comme tout le monde, comment pourra-t-il le conduire et l'instruire ?

Le luxe et le bien-être aujourd'hui perdent le monde ; à nous d'agir autrement et de donner aux hommes des exemples tout opposés aux leurs.

Le prêtre est l'ornement et la gloire de la maison de Dieu ; c'est lui qui doit en être la richesse et la gloire ; que sont tous les ornements extérieurs sans le prêtre ?

Ne mettons pas notre esprit et notre temps à (nous) occuper de l'accessoire et [à] laisser le principal.
A quoi servent tant de bougies et de lumières si le prêtre n'est pas la véritable lumière des fidèles ?
A quoi servent ces richesses d'ornement et de lustre extérieurs si le prêtre n'est pas revêtu de charité et d'humilité ?
La richesse de Dieu, la grandeur de Dieu est donc dans la sainteté du prêtre et non dans les ornements ou richesses extérieures de nos temples.
Ne pas confondre le principal et l'accessoire, c'est malheureusement ce que l'on fait de nos jours ; on ne pense qu'à orner les églises, à bâtir de beaux temples, de belles maisons, à leur donner toute la beauté extérieure et on ne voit pas que cela déplaît à Dieu et fait négliger le vrai et le seul utile et nécessaire.

Page 520

Ne nous occupons pas de bâtir, ni d'embellir, laissons faire cela aux laïcs. Le temps employé à cela est un temps perdu ; les rapports que cela nécessite et les misères que cela occasionne nous détournent de l'affaire principale qui est le salut du prochain et notre sanctification. Souvent aussi des chicanes, des procès, des difficultés de paiement ; on passe sa vie à demander de l'argent et à ennuyer le monde. Nos vero orationi et praedicationi erimus [Quant à nous, nous resterons assidus à la prière et au service de la parole] (Ac 6, 4).[797]

tany, ny haren-tsarobidiny sy ny figalabonana miha mahazo vahana aoka izany hatraiza hatraiza.
Tsy mpanaraka an'izao tontolo izao ny pretra fa mpialoha lalana azy ka sady ho mpifehy azy izy no ho mpampianatra mba hanakana sy hitarika azy.
Raha manaraka am-bokony izay ataon'ny besinimaro fotsiny ny pretra, hataony ahoana no hitarika sy hampianatra azy ?
Mandrendrika izao tontolo izao ankehitriny ny harem-be sy ny fahafinaretana ; anjarantsika kosa ny manohitra izany ka hanome ohatra mifanipaka amin'ny ataon'ny olombelona.
Ravaka sady voninahitry ny tranon'Andriamanitra ny Pretra ; izy no tsy maintsy harena sy voninahiny ; inona tokoa moa izay ravaka fotsiny ety ivelany tsy misy pretra ?
Aza variana mandany ron-doha sy fotoana amin'izay fanampin-javatra tsy ilaina loatra ka manadino ny tena izy.
Hatao inona moa labozia be dia be sy fahazavana tsy Mambo isaina raha tsy te ho fanilo manazava ny kristianina ny pretra ?
Hatao inona ireny lamba mamirapiratra na fitaovana ra bika ireny raha tsy mitafy ny fitiavana sy ny fanetren-tena ny pretra ?
Tsy ao anatin'ny ravaka sy ny harena ivelany hita amin'ny tempolintsika ny haren' Andriamanitra sy ny fahamboniany fa ao amin'ny fahamasinan'ny pretra.
Aza afangaro ny tena izy sy ny haingitraingitra, na dia izany aza, indrisy no zava-misy amin'izao androntsika izao ; ny handravaka fiangonana ihany no masaka ao an-tsaina, ny hanorina fiangonana mijoalajoala, trano marevaka, sy ny hanome azy endrika mamiratra ivelany fotsiny, hadino fa mampalahelo an'Andriamanitra izany ary mahatonga antsika hanao tsinontsinona izay tena ilaina sy mahasoa.

Pejy faha-520

Aza variana amin'ny fanorenana sy ny fanatsaràna isika ; anjaran'ny lahika izany ka avelao izy hanao ny asany. Fotoam-bery no lanintsika amin'ireny : ny rapaoro takiany, ny fahoriana tarihiny no manodina antsika tsy habita ny tena asantsika dia ny famonjena ny fanahy sy ny fanamasinan-tena. Tsy miala amin'izy ireny matetika ny fifamaliana, ny fifampitoriana, ny fahasahiranan'ny fandoavam-bola ; laniana amin'ny fangataham-bola sy ny fanorisorenana olona ny fiainana. Nos vero orationi et praedicationi erimus [Fa izahay kosa, hanokan-tena amin'ny fivavahana sy ny fitorian-teny] As 6, 4).[798]

797 Note a. Texte latin exact : nos vero orationi et ministerio verbi instantes erimus.
798 Nôty a : teny latinina ihany : nos vero orationi et ministerio verbi instantes erimus.

Martha, Martha porro unum est necessarium. (Lc 10, 41)

Ne rien bâtir, ne pas chercher à embellir sa demeure, voilà la règle que je prends avec la grâce de Dieu, laissant entièrement cela aux laïcs et aux gens chargés de cela, quand cela est absolument nécessaire et ne jamais faire plus qu'on ne peut payer.

Il vaut mieux n'avoir qu'une planche et une tuile pour se couvrir que se mettre dans l'embarras et les fidèles en nous voyant souffrir et manquer de tout n'en seront que plus édifiés par le bon exemple qui en ressortira.
Jésus Christ, notre modèle, n'avait ni maison, ni appareil extérieur ; il se servait de ce qu'il avait, où il était et on ne voit pas qu'il ait rien fait bâtir ; il était lui-même la richesse et la beauté des fidèles.
Un prêtre saint, pauvre, est toute richesse.
Un prêtre pauvre, saint dans une église de bois est plus agréable à Dieu, utile aux fidèles qu'un prêtre ordinaire dans une église d'or. Ce qui convertit le pécheur, ce ne sont pas les choses riches, extérieures ; cela, au contraire, ne sert qu'à exciter leur curiosité et leur jalousie.

Ordinairement, ce n'est pas devant des statues d'or et d'argent que se font les miracles et les pèlerinages mais devant des statues humbles, pauvres et dédaignées des honneurs de la terre.
Ce qui excite la curiosité ne porte pas à la piété et le but principal qu'on doit se proposer en toutes choses, c'est la piété, la foi, l'amour de Notre [Seigneur].

C'est pourquoi il faut être pauvre partout, même dans ses discours, dans ses sermons, afin que le luxe et la curiosité et une certaine complaisance ne viennent remplacer la foi et la piété.

Quand nous n'aurons point de logement, qu'un logement d'emprunt et qu'on nous renverra ailleurs et que nous serons obligés de déménager comme les pauvres, c'est alors que nous aurons la véritable pauvreté. Pourquoi les soldats de Jésus Christ ne pratiqueraient-ils pas la pauvreté comme les soldats de l'empereur ? Ils portent tout avec eux, déménagent au premier ordre, couchent sur la planche.

Quel droit avons-nous donc d'être mieux traités, mieux logés, mieux nourris que les pauvres de la terre ?

Martha, Martha porro unum est necessarium [Marta, Marta, zavatra iray ihany no tena ilaina]. (Lk 10, 41)
Tsy manorin-trano mihitsy, tsy manatsara fonenana, izany no fitsipika raisiko miaraka amin'ny voninahitr' Andriamanitra ; avelao hataon'ny lahika na izay nomena ny andraikitra hisahana azy izany, raha toa ka tena ilaina dia ilaina, ary aza manao mihoatra ny takatry ny vola eo am-pelan-tànana.
Aleo lavitra tsy manana afa-tsy hazo fisaka iray sy tafo tanimanga iray isika, toy izay hidiram-pahasahiranana, ary raha mahita antsika mijaly sy tsy manana ny ampy anie ny kristianina vao mainka afa-po noho ny ohatra tsara vokatr'izany.
I Jesoa Kristy, modelintsika tsy nanan-trano, tsy nanam-pitaovana teny ivelany ; izay nisy teo aminy no nampiasainy, tamin'izay nalehany ; ary tsy nahita trano naoriny isika, fa ny tenany mihitsy no harena sy hatsaran-tarehin'ny mpino azy.
Harena saro-bidy ny pretra masina, mahantra.
Ankasitrahan' Andriamanitra sy mahasoa ny kristianina bebe kokoa ny pretra iray sady mahantra no masina ao an-tranom-piangonana vita amin'ny hazo, toy izay ilay pretra tsy dia manahoana loatra ao am-piangonana vita amin'ny volamena. Vao mainka manentana ny fahalianana sy ny fialonan'ny mpanota ny harena sy ny kanto ety ivelany fa tsy mampibebaka azy mihitsy.
Tsy eo anoloan'ny sary vongana volamena na volafotsy anie, mazàna no isehoan'ny fahagagana sy anaovana fivahinianana masina, fa eny amin'ireny sary vongana tsotra, mahantra ianjonanjonan'ny voninahitry ny tany ireny.
Tsy mitondra amin'ny fitiavam-bavaka izay manintona fotsiny fahalianana hijery, ary ny tanjona voalohany tsy maintsy tratrarina amin'ny zava-drehetra dia hananana fitiavam-bavaka, finoana, fitiavana ny Tompontsika.
Izany no antony manokana tsy maintsy iainana ny fahantrana na aiza na aiza, eny fa na dia amin'ny kabary aza, amin'ny toriteny atao, mba hisorohana ny rendrarendra na fitiavan-kahita na fahafinaretana sadasada tsy hangalatra ny toeran'ny finoana sy ny fitiavam-bavaka.
Raha tsy manan-kialofana afa-tsy trano indramina isika, ka voaroaka tao ary voatery hitaona entana toy ny mahantra, dia tsarovy fa amin'izay fotoana izay isika vao tena manana ny fahantrana marina. Fa nahoana moa ny miaramilan'i Jesoa Kristy no tsy hiaina ny fahantrana tahaka ny miaramilan'ny Amperora ? Entiny miaraka aminy daholo ny fananany dia miainga avy hatrany izy raha vao mahazo baiko, dia matory eo ambony hazo fisaka.
Zo avy aiza no ananantsika ho voakarakara, hanan-trano fonenana, sakafo mafilopilotra kokoa noho ny mahantran'ny tany ?

La pauvreté nous tient dans l'humilité, la douceur, la confiance, la prière, vis-à-vis de Dieu et des hommes.
Il suffit que nos pieds touchent la terre ; n'y mettons ni les mains ni la tête. C'est le prêtre qui est la plus belle bougie de l'église.
C'est le prêtre qui est le plus beau lustre de l'église, le plus beau chandelier de l'église.
C'est une grande erreur de croire qu'on attire par cet éclat extérieur ; on peut exciter la curiosité. Mais produire la grâce par les moyens extérieurs : on se trompe. Un prêtre pauvre et saint convertira plus le monde par son exemple que tous les lustres du monde, que toutes les bougies du monde, que toutes les beautés extérieures que l'on étale mal à propos pour attirer vainement les hommes. Jésus Christ pauvre et dénué attirait plus à lui par sa pauvreté que tout l'or du monde, virtus ex illo exibat [Une force sortait de lui] (Lc 6, 19), ce qu'on ne peut pas dire d'aucune chose extérieure.

C'est qu'il est plus facile d'avoir des bougies, des lustres, des troncs, des baldaquins, et tout cet attirail, que d'avoir la sainteté ; une once de sainteté et de pauvreté vaut plus que tout l'éclat du monde.

Il ne faut pas fatiguer les fidèles par des demandes inutiles ; si nous prêchons et pratiquons la pauvreté et que d'un autre côté nous soyons continuellement à leur demander des affaires, objets, etc. alors nous les fatiguons, ennuyons et nous les éloignons de nous ; laissons les offrandes libres afin qu'ils n'aient rien à dire.
Il vaut mieux un sou offert librement que mille francs donnés avec peine.

Si nous sommes véritablement pauvres, on nous estimera plus et on nous donnera plus ; ne fatiguons pas les fidèles par nos demandes importunes et réitérées. Le pauvre véritable souffre et ne demande que le nécessaire que le bon Dieu ne refuse pas.

Un prêtre pauvre et saint dans une église de bois convertira plus de pêcheurs qu'un prêtre ordinaire dans une église d'or et de marbre et ornée de toutes sortes de beautés extérieures.

C'est une preuve qu'on est bien pauvre en vertu et en sainteté soi-même quand on est obligé d'emprunter aux choses extérieures l'éclat et la beauté pour attirer le monde à

Eo anatrehan'Andriamanitra sy ny olombelona, dia azontsika avy amin'ny fanetren-tena, ny halemem-panahy, ny fahatokisana sy ny fivavahana ny fahantrana.
Ny tongontsika ihany no am-pandehanina amin'ny tany, aza akasika eo mihitsy ny loha aman-tanana.
Ny pretra no jiro tsara indrindra ao am-piangonana.

Ny pretra no fanaovan-jiro sy fitaratra tsara indrindra ao am-piangonana. Fahadisoana bevava ny fiheverana fa manintona ny olona ireny famirapiratana ety ivelany ireny ; manintona ny fahalian-kijery angaha ka ekeko. Fa raha hoe hanome fahasoavana amin'ny fitaovana ety ivelany, dia diso tanteraka. Ny pretra iray masin-toetra, mahantra dia hampibebaka olona bebe kokoa noho ny oha-pitondran-tena omeny noho ny lustrerehetra eran-tany, na ny labozia rehetra eran-tany, noho ny hakanto rehetra mirentina ety ivelany ka haderadera mba hanintonana ny olona. Nahatarika olona bebe kokoa ho eo aminy i Jesoa Kristy na antra sy niboridana toy izay ny volamena rehetra eran-tany, virtus ex illo exibat [nisy hery niala avy ao aminy] (Lk 6,19) ; tsy afa-milaza an'izany amin'ireo zavatra eny ivela y isika na dia iray aza.
Moramora kokoa manko ny mahazo labozia be dia be, varavaram-pitaratra, vatan-drakitra, fiketrahana sy ny fitaovana maro samihafa, toy izay ny fahamasinana ; lafolafo kokoa ny fahamasinana sy ny fahantrana vary iray venty toy izay ny famirapiratana rehetra eo amin'izao tontolo izao.
Aza vizanina amin'ny hataka tsy mahasoa ny Kristianina ; etsy an-daniny isika mitory sy miaina ny fahantrana, ery an-kilany indray mangata-dava na zavatra na fitaovana tsy misy iainana, mandreraka sy manorisory ny kristianina izany, ka analavirany antsika ; avelao izy hanolotra izay sitrany homena mba tsy hampimenomenona azy.
Aleo sosoa arahin-tsetsetra, toa izay matavy arahin-dromoromo : aleo vola omena am-pahatsorana, toy izay arivo arahin'alahelo.
Raha tena mahantra marina isika, dia ho be mpankasitraka kokoa, ary ho be mpanome kokoa. Aza mandreraka ny Kristianina amin'ny fangatahan-java-dehibe tsy misy farany. Ny tena mahantra marina anie mijaly e, nefa tsy mangataka afa-tsy izay tena ilainy, dia omen'Andriamanitra azy izany.
Ny pretra mahantra sy masina iray, ao anaty fiangonana vita amin'ny hazo, dia mampibebaka mpanota maromaro kokoa noho ny pretra tsotra fotsiny amin'izao ao anaty fiangonana vita amin'ny volamena sy marbra ary voaravaka fitaratra mamirapiratra sy izao ravaka marevaka ety ivelany rehetra izao.
Fanambarana fa tsyampy nyhatsaram-panahintsika ombam-pahamasinana ao anaty ny findramana amin'ny zavatra ety ivelany ny hatsarany sy ny famirapiratany mba

soi.
Notre Seigneur Jésus Christ disait : Quand je serai élevé sur la croix, j'attirerai tout à moi, (Jn 12, 32) La croix pauvre et ensanglantée a attiré le monde.

La pauvreté et la souffrance attireront donc plus que tous les fastes et les beautés extérieures du monde.
N'est-il pas honteux d'être obligé d'emprunter aux choses extérieures cet éclat, cette pompe que nous devrions avoir en nous-mêmes ?
N'est-ce pas une grande preuve de notre pauvreté, de notre indigence lorsque, pour attirer le mode, nous sommes obligés de faire tant de frais extérieurs ?

Page 522

N'est-ce pas en outre mépriser les fidèles et les regarder comme des enfants que de les attirer par des jouets, par des jeux ou autre chose, comme on le ferait dans les vogues et marchés ou étalages de marchandises ; on disait de Jésus Christ : virtus de illo exibat, (Lc 6, 19)[799]
Non pas qu'il faille condamner le culte extérieur, non, puisque l'Eglise le demande et que nous sommes composés d'un corps et d'une âme et que les choses extérieures doivent nous porter à Dieu. Mais ne nous ne laissons pas aller à cette passion qui existe de nos jours et ne prenons pas l'accessoire pour le principal.

La simplicité, la pauvreté, voilà ce qui nous convient à nous en particulier et que nous devons embrasser.
Nous devons bien nous garder d'employer des moyens naturels pour avoir de l'argent, qui ne viennent pas de Dieu mais qui sont inventés pour exciter la cupidité des gens, tels que loteries, les concerts, les soirées, les amusements ; rien n'est plus opposé à la véritable charité. Ce n'est plus une aumône, une curiosité, une cupidité et on fait plus commettre de péchés en employant ces moyens qu'on ne fait faire des actes de charité.

N'allons pas chercher de l'argent dans le monde, en passant son temps dans les salons, les visites des grands ; il faut perdre du temps, dire des mensonges, recevoir des éloges ou en donner au monde ; perdre son temps, scandaliser peut-être et fatiguer les gens qui ne reçoivent pas toujours avec plaisir. Se rappeler que quand on va demander de l'argent aux gens du monde, on ne leur fait pas plaisir. N'y aller que quand ils vous le disent, vous y engagent, et courtement.

hisarihana ny olona hanatona ny tena.
Hoy i Jesoa Kristy Tompontsika hoe : Rahefa hasandratra eo ambony hazofijaliana aho, dia hisarika ny olona ho eo amiko. (Jo 12, 32) Nosarihin'ny Lakroa mahantra sy mihosin-drà ho eo aminy tokoa izao tontolo izao.
Ny fahantrana sy ny fijaliana izany manintona bebe kokoa noho ny rendrarendra sy ny hakanton'izao tontolo izao ety iveany.
Tsy hitanareo fa mahamenatra ve ny voatery hindrana ny famirapiratanjavatra tsy mihetsika kanefa isika no tokony hanana azy ?
Tsy porofo manambara ny halemen'ny finoantsika ve, raha ohatra ka mba hanintona an'izao tontolo izao isika, dia ny famirapiratany koa no hindramintsika amin'izany ?

Pejy faha-522

Sao dia fanesoana ny kristianina ary fandraisana azy ireo ho zazakely ny fanintonana azy amin'ny kilalao tahaka ny atao eny an-tsena, eny amin'ny toeram-pivarotana ; izao no lazaina momba an'i Jesoa : virtus de illo exibat [nisy hery niala tao aminy]. (Lk 6, 19)[800]
Tsy helohina akory ny fomba enti-mivavaka ety ivelany, tsia, satria angatahin'ny Fiangonana izany, ary nofo aman-drà isika, vatana sy fanahy, ary natao hitondra antsika hankeo amin' Andriamanitra ny zavatra ety ivelany. Fa mba mahalalà onony ; aza mety hanjakan'ny fahalianana izay miroborobo fatratra amin'izao fotoana izao ka manadino ny tena zavatra mba hitsimponana ny sombitsombiny.
Ny fahatsorana, ny fahantrana, ireo no tena mety amintsika manokana sy manendrika antsika ka fihino tsara.
Mitandrema mba tsy hampiasa fitaovana natoraly loatra mba hahazoam-bola, fa tsy sitrak' Andriamanitra loatra ireny satria noforonina mba hanentanana ny fitsiritan'ny olona ; anisan'ireny ny loteria, ny loka, ny rindran-kira, ny alim-pandihizana, ny fialam-boly sasany ; manohitra mafy ny tena fifankatiavana ireny. Tsy asa fiantrana intsony no atao, fa fitiavana te hahita, fitsiriritana te hanana, ka mampiditra ny olona amin'ny fahotana fa tsy manentana azy ho tia marina ny namana.
Aza mandeha mitady vola any amin'izao tontolo izao ka mandany fotoana amin'ny toeram-piresahana sy famangiana ny mpanana ; be ny fotoana very, tsy maintsy handainga, na handray fandokafana, na hidoka tsy marina ; very ny fotoana, hanafintohina aza angamba, na haridreraka Ireo tsy dia te handray anao loatra.Tadidio tsara fa ny fangataham-bola any am-paosin'olona dia tsy mahafaly azy na oviana na oviana.

799 Note a. Cf. p. 521, note a.
800 Nôty a : Jereo p. 521, Nôty a.

Soyons véritablement pauvres et rapprochons-nous le plus possible des pauvres. On est mieux dans son droit et son état en mendiant à la porte d'une église ou dans la rue qu'en faisant des visites inutiles et pénibles. En mendiant à la porte de l'église ou sur une place, on ne fatigue personne et chacun donne librement. Tous ces coureurs d'argent, chercheurs d'argent, ne font point l'œuvre du bon Dieu et surtout un prêtre ne doit point perdre son temps à une chose si nuisible à lui et aux autres.

Quel droit avons-nous à être mieux logés, mieux vêtus, mieux nourris que les pauvres du monde ?
N'est-il pas honteux de voir des prêtres s'enrichir, acheter des terres, des maisons et cela de l'argent de l'Eglise, et des prêtres qui, dans le monde, auraient été de pauvres ouvriers, qui auraient à peine suffi pour vivre dans le monde, des prêtres qui doivent à l'Eglise et à l'aumône d'être prêtre et qui s'enrichissent ?

Est-ce qu'on se fait prêtre pour s'enrichir ?
Quel malheur pour l'Eglise !
Ceux qui n'ont pas de patrimoine ne doivent pas en acquérir.

Page 523

De nos jours, la passion de bâtir semble envahir tous les prêtres. Ceux surtout qui sont à la tête des établissements religieux ou église : tous veulent agrandir leur église, leur presbytère, leur pensionnat. Alors, qu'arrive-t-il ? c'est qu'il faut laisser l'œuvre spirituelle, l'œuvre des âmes, pour ne s'occuper que de l'œuvre matérielle, les pierres, les murs, les chaires, les autels... et on est obligé de laisser les catéchismes, la prière, la confession, l'œuvre des âmes.

Les apôtres avaient dit : nos vero orationi et praedicationi instantes erimus (Ac 6, 4)[801] ; il faut donc laisser les choses extérieures pour ne s'occuper que des choses de Dieu : c'est là l'affaire principale du prêtre.

Que de temps perdu pour Dieu, pour les âmes, pour sa propre sanctification ! Ils sont

Aza mankany raha tsy asainy na taominy, ary aza maharitra ela any. Aoka ho tena mahantra marina isika, ary miezaka hanakaiky ny mahantra bebe kokoa hatrany. Metimetykokoa amin'izay ny manan-jo hangatam-plantrana eny am-baravaram-piangonana sy eny an-dalam-be, toy izay hanao famangiana sady tsy mahasoa no manahirana olona. Tsy manelingelina an'iza na iza ianao mangatam-piantrana eny am-baravaram-piangonans na eny an-kianja, ka afaka manome anao an-kalalahana ny tsirairay. Tsy manao ny asan'Andriamanitra manko ireny mpanenji-bola, liam-bola ireny, mainka moa fa raha pretra no manao izany ! tsy tokony hanary fotoana amin'izany mihitsy ny pretra e, sady tsy mahasoa azy izany no tay ahitan'ny sasany vokatra tsara koa !
Zo avy aiza moa no ananantsika ka ho tsara fonenana kokoa, tsara tafy kokoa, tsara sakafo kokoa noho ny mahantra hafa any amin'izao tontolo izao ?
Moa tsy mahamenatra ny mahita pretra mangoron-karena, mividy tany be, trano be, ary ny volan'ny Fiangonana no laniny amin'izany : ary raha nijanona tany amin'izao tontolo izao ireny pretra ireny, zara raha nahavelon-tena, mpiasa mitrongy vao homana ; pretra manan-trosa amin'ny Fiangonana sy ny fiantrana maha-pretra azy ve ka hanan-karena mihoam-pampana ?
Sa miditra ho pretra ny sasany mba hanan-karena ?
Raha izany dia mampalahelo ny Fiangonana !
Izay tsy manan-dova tsy mahazo mamorona lova ho azy.

Pejy faha-523

Zary fahalianana manototra ny pretra rehetra ankehitriny ity fanorenan-trano ity. Ireo nanankinana ny fitantanana ny tranon-drelijiozy sy ny fiangonana indrindra no tena voan'izany aretina izany : samy te hanitatra ny trano fiangonany, ny trano fonenan'ny pretra, ny tranon'ny kilasy mandry ao aminy avokoa izy rehetra. Inona àry no zava-mitranga avy eo ? Tsy voasahana intsony ny asa fanasoavana ny fanahy, fa ny fanasoavana ny vatana no ampanjakaina : vato, rindrina, fitorian-teny, otely... dia voatery mandefitra ny katesizy ampihafiana ny fivavahana, ny fampikonfesena, ny asa famonjena ny fanahy.
Ny apôstôly anefa nilaza hoe : nos vero orationi et praedicationi instantes erimus [aoka izahay hanokan-tena amin'ny fivavahana sy ny fitorian-teny]. (As 6, 4)[802] Avelao àry ny fisahanana ny zavatra ety ivelany mba hanatontosana tsara ny zavatr'Andriamanitra fa io no tena lahin'asan'ny pretra.
Be ny fotoana tsy azon'Andriamanitra, very ho an'ny fanahy, tsy azon'ny fanamasinan-

801 Note a. Cf. p. 520, note a
802 Nôty a : Jereo p. 520, Nôty a

obligés de courir continuellement chez M. le Préfet, chez le maire, chez l'empereur, chez M. Untel, chez Mme Unetelle. Est-ce là l'œuvre de Dieu ! Non, c'est l'œuvre humaine. Cherchez le royaume de Dieu et tout le reste vous sera donné par-dessus. (Lc 12, 31)

Le curé d'Ars s'occupait-il de bâtir ? Allait-il chercher de l'argent, courir chez l'un, chez l'autre ? et cependant quel prêtre a eu plus d'argent que lui ? on lui en apportait de tous les bouts du monde...
La raison, c'est qu'il est plus facile de courir chez l'un, chez l'autre, que d'être des saints.
Voulez-vous avoir beaucoup d'argent, de belles églises, de beaux ornements ? devenez des saints, soyez pauvres...
Dans une église, comme dans sa chambre, il faut éviter d'avoir des choses qui excitent la curiosité et détruisent l'attention à Dieu. Dans les ornements et autres choses... il faut que la pensée de Dieu en ressorte et non la pensée de l'art ou du goût... Spiritus est Deus et eos qui adorant eum in spiritu et veritate oportet adorare [Dieu est esprit et ceux qui l'adorent doivent l'adorer en esprit et en vérité]. (Jn 4, 24)

C'est encore contre l'esprit de pauvreté de faire des loteries, de donner des concerts, de faire des assemblées pour avoir de l'argent sous quelque prétexte que ce soit. Ce n'est pas la véritable charité et ce sont des moyens trop naturels pour un prêtre.
Le pauvre trouve sa gloire dans le règlement de sa vie et de la crainte de Dieu, d'autres sont honorés pour leur grand bien.[803]

C'est encore contre l'esprit de pauvreté et d'humilité de s'imposer au monde, de croire que tout le monde vous doit, que ceux qui ne nous donnent pas manquent à leurs devoirs. Exiger d'eux des aumônes, des biens, c'est ridicule. Est-ce qu'on nous doit quelque chose ? quel droit avons-nous ?
C'est encore contre l'esprit de pauvreté et de l'Evangile de s'embarrasser de mille soucis temporels, d'être commerçants ou de s'ingérer dans les affaires

du siècle, même sous prétexte de bonnes oeuvres, comme par exemple de faire travailler les enfants, d'être à la tête des ateliers...

tena. Voatery manko izy ireo hihazakaza-dava mankany amin' Ingahy Préfet, mankany amin'ingahy Ben'ny tanàna, mankatsy amin'ny amperora, mankaroa amin'ingahy ranona sy ramatoa ranona. Dia mbola asan' Andriamanitra avokoa ve izany ? Tsia, asan'olombelona fotsiny tsotra izao. Katsaho aloha ny fanjakan' Andriamanitra sy ny fahamarinany dia homena anareo ho fanampiny ny sisa rehetra.
Mba hitanareo nanorin-trano ve ny Curé d'Ars ? Mba hitanareo nitady vola ve izy ka nitety trano atsy sy aroa ? Kanefa iza no pretra afa-milaza fa nahazo vola bebe kokoa noho izy ? Samy tonga nanatitra vola ho azy daholo avy any rehetra any...
Tsotra ny antony : moramora kokoa ho antsika ny mihazakazaka sy mandeha etsy sy eroa toy izay mba hitoetra hanompo ny fanahy ka ho tonga olo-masina.
Tianareo ve ny hahazo vola be, hanana fiangonana meva sy madera, fitaovam-pitafiana enti-misorona ? Tongava olomasina, mahaiza ho mahantra !...
Na ao am-piangonana na ao an-trano ny tena, dia tsy maintsy halavirina ny fananan-javatra mandrisika ny fitiavan'ny maso ka manembatsembana ny fifantohana amin' Andriamanitra. Eo amin'ny ravaka aman-damba sy ny fitaovana hafa...dia aoka hisongadina ny heviteAndriamanitra fa tsy ny hevitry ny kanto sy ny fitsirovana... Spiritus est Deus et eos qui adorant eum in spiritu et veritate oportet adorare [Fanahy Andriamanitra, ka izay mitsaoka azy dia tsy maintsy fanahy sy fahamarinana]. (Jo 4, 24)
Tsy mifanaraka amin'ny fahantrana ny fanaovana loka, fanomezana rindran-kira, famorian'olona hanangonam-bola na inona antony na inona. Fitaovana natoraly loatra ireny ho an'ny pretra fa tsy fitiavana tena marina.
Tsy mifanaraka amin'ny fahantrana ny fanaovana loka, fanomezana rindran-kira, famorian'olona hanangonam-bola na inona antony na inona. Fitaovana natoraly loatra ireny ho an'ny pretra fa tsy fitiavana tena marina.[804]
Mbola mifanohitra amin'ny fahantrana sy ny fanetren-tena koa ny fanerena olona, ny filazana fa tsy maintsy manome ho anao ny olona, ary izay tsy manolotra tsy mahavita adidy. Mahatsikaiky anie izany manery olona hanao asa fiantrana na hanome fitaovana izany. Moa manan-trosa amintsika ve ny olona ? Zo inona no ananantsika ?
Mbola manohitra ny fahantrana sy ny Evanjey koa ny fitadiavam-pahasahiranana amin'ny asalohan'ny zavatry ny tany : hanjary mpivarotra,

hitsabaka amin'ny fitandremam-pananana aman-draharahan'izao tontolo izao. Eny fa na dia lazaina hoe asa soa aza no antony, tahaka ny fampiasana ny ankizy madinika,

803 Note c. Probablement une traduction libre d'un texte de l'Ecriture, voir par exemple. Ecc 10,30
804 Nôty c :

L’œuvre du prêtre doit être une oeuvre toute spirituelle.
Nos vero orationi et praedicationi instantes erimus. (Ac 6, 4).[805]

Ces oeuvres forcent nécessairement d’avoir des rapports de négoce avec le monde, des marchés, des ventes, des achats et par là même créent mille soucis et mille embarras.

Ne jamais se mettre à la tête de pareilles maisons.
Il faut bien se rappeler que la pauvreté volontaire et recherchée ne vaut pas la pauvreté effective du monde des pauvres de la terre, des mères de famille, des ouvriers sans travail, des pauvres sans nourriture et sans logement... et que jamais un pauvre volontaire religieux ne souffrira autant que les pauvres du monde.

C’est pour cela que saint François, qui aimait vraiment la pauvreté, enviait le sort des pauvres et travaillait à devenir semblable à eux.

ny fitantanana trano fiasana...
Ny fitantanana ny asam-panahy no tena anton'asan'ny pretra.
Nos vero orationi et praedicationi instantes erimus [Aoka izahay hifantoka amin'ny fivavahana sy ny fitorian-teny]. (As 6, 4)[806]
Ireny asa ireny mantsy manery antsika hifandray amin'ny fanelanelanana, eo amin'ny tontolon'ny varotra, ny tsena, ny fanjifàna, ka sady mitondra fahasahiranana tsy hita pesipesenina no mandany ron-doha amin'ny tsy ilaina.
Aza mba miloloha ireny trano ireny.
Tsarovy mandrakariva anefa fa ny fahantrana an-tsitrapo sy notadiavina, dia tsy mitovy velively amin'ny tsy fahampian'izao tontolo izao mahantra, renim-pianakaviana, tsy an'asa, tsy manan-kohanina, tsy manan-kialofana na tsy manan-kitafiana ary na ho vy na ho vato, ny relijiozy mahantra antsitrapo tsy hijaly mihoatra ny mahantran'ny tany.
Izany no tena nitiavan'i Md. François ny fahantrana, nitsiriritany ny anjaran'ny mahantra ka nilofosany hitovy amin'izy ireo.

Page 525

ANNEXE IV - Ms X 150-156.

En Janvier 1879, quelques mois avant sa mort, le Père Chevrier prie l’archevêque de Lyon d’accepter sa démission de supérieur du Prado et de désigner comme nouveau supérieur François Duret, alors âgé de 26 ans et prêtre depuis 18 mois.[807]

Quelques notes qui nous sont restées montrent qu’il réfléchissait depuis un certain temps à cette question et restait perplexe :

Nomination d’un supérieur.
Nécessité.
Difficultés : jeunes et incapables de bien choisir eux-mêmes.
Nomination : mieux vaudrait peut-être le faire nommer par l’autorité.
Comment : réunion générale, prêtres anciens, deux tiers des voix.

Un peu plus loin on lit à propos des qualités qu’il voudrait pour ce nouveau

Pejy faha-525

Tovana IV. Ms X 150-156.

Tamin'ny Janoary 1879, volana vitsivitsy mialoha ny nahafatesany, dia niangavy ny Arsevekan'i Lyon mba handray ny fialany amin'ny maha lehiben'ny Prado azy i Mompera Chevrier ary hanendry an'i François Duret, 26 taona, 18 volana naha-pretra, handimby azy.[808]

Ireto fanamarihana vitsivitsy mbola tavela ireto no manambara fa tena nandinika mafy sy ela mikasika izany mihitsy izy, ary tena very hevitra aza :

Fanendrena ny lehibe.
Ny ilàna azy.
Zava-manahirana : tanora sady toa mbola tsy mahay mifidy ry zareo.
Fanendrena : aleo angaha ny mpitondra no hampanendrena azy.
Fomba ahoana : fivoriam-be, pretra tranainy, ny roa tokon'ny vaton'ny mpifidy.

Ery ambanimbany indray dia ny toetra mendrik'ilay hofidina ho lehibe no

805 Note a. Cf. p. 520, note a.
806 Nôty a. Jereo p. 520, Nôty a.
807 Introduction p. 9
808 Savaranonando P. 9

supérieur :

Le plus l'esprit de l'œuvre : catéchisme, pauvreté, disciple[809]

Cette dernière énumération est importante car elle résume toute la conception du Père Chevrier sur l'apôtre des pauvres.

C'est un catéchiste, c'est-à-dire qu'il se consacre totalement à faire connaître Jésus Christ avec simplicité.

C'est un pauvre, c'est-à-dire que la pauvreté est le signe principal qui accompagne sa prédication de l'Evangile.

C'est un disciple, c'est-à-dire que son ministère et sa vie trouvent leur source dans son union à Jésus Christ.

Nous avons déjà montré quelle idée de la Mission, et en particulier de la mission du prêtre est sous jacente au Véritable Disciple.[811]

Page 526

A propos de la mission du supérieur on retrouve ici la même doctrine : le supérieur ne remplace pas un absent, il ne succède pas à quelqu'un qui s'est effacé, il représente un Invisible qui se manifeste à travers lui. D'où l'obligation, pour le supérieur, comme pour tout apôtre, de ne rien dire ou faire de lui-même mais de tout dire et tout faire par Jésus Christ ou avec Jésus Christ et en union avec Jésus Christ.[813] L'allusion à la conclusion de la prière eucharistique dans la liturgie romaine est évidente. Par Lui, avec Lui et en Lui...

Les indications que donne ensuite le Père Chevrier sont intéressantes. Il a une certaine insistance sur le fait que le supérieur ne doit pas laisser à d'autres sa fonction spécifique, le gouvernement. Cette insistance s'explique par la situation où allait se trouver le Père Duret. Jeune supérieur, il avait trois confrères de son âge et d'autres plus anciens. Parmi ces derniers, certains n'avaient pas toujours approuvé le

nosorin-tsoritiny :

Manana ny toe-tsaina takian'ny asa soa atao : Katesizy, fahantrana, mpianatra[810]

Zava-dehibe io fitanisana farany io satria mamintina ny eritreritr'i Mompera Chevrier manontolo momba ny apôstôlin'ny mahantra.

Mpampianatra katesizy satria manokan-tena manontolo hampahalala an'i Jesoa Kristy amim-pahatsorana.

Mahantra satria ny fahantrana no famantarana lehibe indrindra tsy misaraka amin'ny fitoriana ny Evanjely.

Mpianatra satria ny firaisana mandrakariva amin'i Jesoa Kristy no loharano anovozany ny fiainany sy ny fanatontosana ny iraka azony.

Efa voalazantsika moa ny fiheverana izany iraka izany ary asongadiny tsara ny iraka maha-pretra ao ambadiky ny maha Mpianatra Marina.[812]

Pejy faha-526

Mikasika ny adidy aman'andraikitry ny lehibe indray, dia mbola hita ato koa ilay foto-pampianarana : tsy misolo toerana olon-tsy eo ny lehibe, tsy maka ny toerana navelan'ny nafindra toerana izy, fa misolo tena ilay tsy hita maso, miseho amin'ny alalany. Izany no maha voatery ny lehibe, hoatry ny apôstôly rehetra, tsy hilaza na hanao na inona na inona amin'ny anaran'ny tenany, fa hanambara sy hanao ny zavatra rehetra avy amin'i Jesoa Kristy, miaraka amin'i Jesoa Kristy, ary miombona amin'i Jesoa Kristy.[814] Mafonja dia mafonja io fandraisana ny famaranana ny vavaka eokaristika ao amin'ny litorjia romanina io eto : fa amin'ny alalany sy miaraka Aminy ary ao Aminy.

Mahaliana koa ny torolalana omen'i Mompera Chevrier manaraka izany. Antitranteriny mihitsy ny tsy hanolahan'ny lehibe ny anjara toerana sy ny asany amin'ny hafa : ny fitondrana. Ny toerana misy an'i Mompera Duret no mahatonga izany hafatra mafonja be izany. Lehibe mbola tanora, miaraka amina rahalahy telo mitovy taona aminy, ary ny sasany efa tranainy be noho izy. Anisan'ireo tranainy ireo,

809 Ms X 145.
810 Ms X 145.
811 Cf. p. 208
812 Jereo p. 208
813 P. 527
814 P. 527

Père Chevrier, loin de là ; d'autres n'avaient pas le jugement, la fermeté nécessaires pour gouverner correctement. Il fallait donc mettre le Père Duret en garde contre des ingérences indiscrètes.

Certains termes ont, à l'heure actuelle, une résonance déplaisante, comme celui de surveillance générale. Il suffit de lire les explications du Père Chevrier pour comprendre dans le bon sens.[815]

Nous n'avons que la copie de ce texte, le manuscrit est perdu.

dia nisy tsy nankatà an'i Mompera Chevrier mihitsy, lavitra izany ; ny sasany indray, tsy nanana ny toe-tsaina amarn-panahy, ny fahamatorana ilaina amin'ny fitondrana mahitsy. Ka i Mompera Duret no tsy maintsy nampitandremana amin'ny fitsabahana mangina mety hitranga.

Misy teny sasany manimba sofina ny fandrenesana azy ankehitriny, tahaka ny hoe : fiambenana an-kapobeny. Fa rahefa voavaky tsara kosa ny fanazavan'i Mompera Chevrier azy dia hisinda izany ahiahy izany.[816]

Ny dika mitovy amin'io lahatsoratra io no ananantsika fa very ilay soratànana.

A mon frère François Duret, Supérieur de la Providence du Prado.

Avertissement

